Torolalana Ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera

# "Torio ny Filazantsarako"

(F&F 50:14)



"Mibebaha, ianareo rehetra faran'ny tany, ary mankanesa aty amiko ary aoka hatao batisa amin'ny anarako mba hahazoana manamasina anareo amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina" (3 Nefia 27:20).

Anarana:

Anaran'ny Misiôna sy Datin'ny Asa Fanompoana:

Lisitr'ireo Faritra nitoriana:

Anaran'ireo Mpiara-mitory:

Anarana sy Adiresin'ireo Olona Vita Batisa sy Noraisina ho Mpikambana:

# “Torio ny Filazantsarako” (F&F 50:14)

Navoakan’ny Fiangonan’i Jesoa Kristy Ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Ny Sary eo amin'ny fonom-boky: *Jaona Mpanao Batisa manao Batisa an'i Jesoa* © 1988 nataon'i Greg K. Olsen
Gazetin'ny Courtesy Mill Pond Press sy Dr. Gerry Hooper. Tsy azo adika.

© 2004 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana

Natonta tany Etazonia Amerika
Fankatoavana ny teny Anglisy: 11/04
Fankatoavana ny fandikana: 11/04
Fandikana ny *Torio ny Filazantsarako*
Malagasy
36617 654

# “Torio ny Filazantsarako” (F&F 50:14)


Ny Hafatry ny Fiadidiana Voalohany . . . . . . . . . . v

Teny Fanolorana: Ahoana no fomba Tsara indrindra hampiasako ny *“Torio ny Filazantsarako”*? . . . . . . . . . . vii

1 Inona no Tanjoko amin’ny Maha-Misiônera ahy? . . . . . . . . . . 1

2 Ahoana no Fomba handalinako am-pahombiazana ary Hiomanako Hampianatra? . . . . . . . . . . 19

3 Inona no Ampianariko sy Ianarako? . . . . . . . . . . 33

- Lesona 1: Ny Hafatry ny Famerenana amin’ny Laoniny ny Filazantsaran’i Jesoa Kristy . . . . . . . . . . 36
- Lesona 2: Ny Drafitry ny Famonjena . . . . . . . . . . 55
- Lesona 3: Ny Filazantsaran’i Jesoa Kristy . . . . . . . . . . 70
- Lesona 4: Ny Didy . . . . . . . . . . 84
- Lesona 5: Ny Lalàna sy Ôrdônansy . . . . . . . . . . 97

4 Ahoana no Fomba Hamantarako sy Hahazoako ny Fanahy? . . . . . . . . . . 105

5 Inona no Anjara asan’ny Bokin’i Môrmôna? . . . . . . . . . . 123

6 Ahoana no Fomba hananako ireo Toetra tahaka ny an’i Kristy? . . . . . . . . . . 139

7 Ahoana no Fomba Ianarako Tsara Kokoa ny Fiteny ampiasaina ao amin’ny misiôna? . . . . . . . . . . 153

8 Ahoana no Fomba Hampiasako ny Fotoanako am-pahendrena? . . . . . . . . . . 163

9 Ahoana no Fomba Hahitako Olona hampianarina? . . . . . . . . . . 185

10 Ahoana no Fomba Hanatsarako ny Fahaizako Mampianatra? . . . . . . . . . . 209

11 Ahoana no Hanampiako ny Olona Hanao sy Hanaja ireo Fanoloran-tena? . . . . . . . . . . 233

12 Ahoana no Fomba hanomanako ny Olona amin’ny Batisa sy ny Fandraisana ho Mpikambana? . . . . . . . . . . 243

13 Ahoana no Fomba Iarahako Miasa amin’ny Mpitarika ao amin’ny Tsatòka sy ny Paroasy? . . . . . . . . . . 255

Fanoroana . . . . . . . . . . 269

# Ny Hafatry ny Fiadidiana Voalohany

*Ry Misiônera Malala:*

*Miarahaba anareo izahay noho ny fahafahana lehibe anananareo ho misiônera. Tsy misy asa maha-te-hanao na asa izay hitondra fahafaham-po bebe kokoa noho ity.*

"Torio ny Filazantsarako" *dia novolavolaina mba hanampiana anao ho voaomana tsara sy ho misiônera matotra ara-panahy kokoa ary ho mpampianatra maharesy lahatra kokoa. Mamporisika anao izahay mba hampiasa azy isan'andro amin'ny fanomananao manokana na miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao sy any amin'ny fivorian'ny distrika sy ny fivoriam-paritra. Halalino ny soratra masina hanovozan-kevitra ary ianaro ny fotopampianarana sy ny fitsipika.*

*Manentana anao izahay mba haneho fanoloran-tena vaovao amin'ny fanampiana ny Ray any an-danitra ao amin'ny asa lehibeny. Ny misiônera tsirairay dia manana anjara asa lehibe amin'ny fanampiana amin'ny fanatanterahana ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona (jereo Mosesy 1:39).*


*Hamaly soa sy hitahy be dia be anao ny Tompo rehefa manompo Azy am-panetren-tena sy am-bavaka ianao. Rehefa miasa eo anivon'ireo zanany ianao, dia ho bebe kokoa noho izay efa mety niainanao ny fifaliana miandry anao.*

*Ny Fiadidiana Voalohany*

Fanamarihana

# Teny Fanolorana: Ahoana no Fomba Tsara indrindra hampiasako ny *"Torio ny Filazantsarako"*?

## *"Torio ny Filazantsarako"*




Ampiasao ny *"Torio ny Filazantsarako"* mba hahazoana izay ilainao amin'ny maha-misiônera anao. Afaka mandany fotoam-pandalinana iray manontolo ianao handalinana andinin-tsoratra vitsivitsy monja—na fizarana iray manontolo. Afaka mandalina ireo fizarana araka ny filaharany ianao na mandrafitra fomba hafa izay hahazoanao bebe kokoa izay ilainao. Ity fahafahana manovaova ity dia mamela anao hianatra izay tadiavinao rehefa ilainao izany ary rehefa nahazo toromarika avy tamin'ny filohan'ny misiôna ianao.

Ny fizarana rehetra ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia hanampy anao hanatanteraka ny tanjonao amin'ny maha-misiônera anao. Nefa, rehefa manomboka mandalina ny fizarana faha-3 ianao dia mety hahatsikaritra ny fahasamihafan'ny fomba fampianarana. Ny ankamaroan'ny fizarana dia natao ho anao. Ny Fizarana faha-3 dia saika natao ho an'ny olona rehetra. Mianatra ny fotopampianarana ianao ao amin'ny fizarana faha-3 (a) mba hanamafisana ny fahalalanao ny filazantsara sy ny fijoroanao ho vavolombelona ary (b) mba hampianaranao ny hafa sy hanomananao azy ireo hitandrina ny fanoloran-tena sy ny fanekempihavanana.

Ny fotopampianarana ao amin'ny fizarana sasany dia afaka manampy anao amin'ny fampianarana ny naman'ny Fiangonana sy ny mpikambana vaovao. Ohatra, ny fizarana faha-4, "Ahoana no Fomba Hamantarako sy Hahazoako ny Fanahy?" dia afaka manampy anao amin'ny fampianarana ny naman'ny Fiangonana sasany momba ny fomba hahazoana fijoroana ho vavolombelona amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Ny Fizarana faha-5, "Inona no Anjara Asan'ny Bokin'i Môrmôna?" dia afaka manampy anao hamaha ny olan'ny naman'ny Fiangonanao momba ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna. Ny hevitra avy amin'ny fizarana faha-2, "Ahoana no Fomba Handalinako am-pahombiazana sy Hiomanako hampianatra?" dia afaka manampy ny olona vao niova fo hahazo zavatra bebe kokoa amin'ny fandalinany ny Bokin'i Môrmôna.

Ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia mifantoka amin'ny votoatin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Tsy mamaly ny fanontaniana mipetraka rehetra izany na mamaha ny olana amin'ny toe-javatra mitranga rehetra ho hitanao. Tena hahomby ianao raha manaraka ny Fanahy sy mandalina ny soratra masina, sy mitandrina ny didy ary mampihatra izay nianaranao.

Halalino ireo fizarana ireo mandritra ny misiônanao. Ampiharo izay nianaranao. Manaova tombatombana ny asanao. Ny misiônera izay miezaka ny miomana isan'andro ary mikatsaka ny hivoatra hatrany dia hahazo fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina ary hahita fahasoavana eo amin'ny fiainan'izy ireo.

Fanamarihana

## Ny Leson'ny Misiônera

Afaka manovaova ny fomba fampianarana ny lesona ianao arak'izay fomba tsara indrindra hanampiana ny olona hiomana amin'ny batisany sy ny fandraisana azy ho mpikambana. Ny tanjonao dia tsy ny hahavita fotsiny izay ao anaty boky fa hanampy ny olona hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana sy ny batisa, ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany. Mahalana ihany vao tokony hihoatra ny 45 minitra ny lesona iray. Mety hahita ianao fa fampianarana fohy ihany no vita amin'ilay famangiana hampianarana. Raha izany dia mety mila manao famangiana fohy hampianarana matetitetika ianao mba hampianarana ampahany tsikelikely ao anatin'ny boky.

Afaka mampianatra ny lesona amin'ny fomba maro ianao. Ny lesona izay hampianarinao sy ny fotoana hampianaranao azy ary ny halavam-potoana hanaovanao izany dia miankina amin'ny zavatra ilain'ny naman'ny Fiangonanao sy ny fitarihan'ny Fanahy. Aza manao tsianjery ny lesona iray manontolo.

## Fandalinana Manokana, Fandalinan'ny Mpiara-mitory, Fivorian'ny Distrika, Fivoriam-paritra

Ny fandalinana mahomby mandritra ny misiônanao dia hanampy anao hahatanteraka ny tanjonao amin'ny maha-misiônera anao ary hanamafy ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny fotoam-pandalinana manan-danja lehibe indrindra ho anao dia ny fandalinana manokana, ny fandalinan'ny mpiara-mitory, sy ny fivorian'ny distrika ary ny fivoriam-paritra. Ny fandaharam-potoananao isan'andro dia ahitana ny fotoana ho an'ny fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory isan'andro.

Ny fandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro*

| | |
|---|---|
| 6:30 maraina. | Mifohaza, mivavaha sy manaova fanatanjahan-tena (30 minitra), ary miomana amin'ny andro. |
| 7:30 maraina. | Sakafo maraina. |
| 8:00 maraina. | Fandalinana manokana: ny Bokin'i Môrmôna, soratra masina hafa, ny fotopampianaran'ny leson'ny misiônera, ary fizarana hafa avy ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako."* |
| 9:00 maraina. | Fandalinan'ny mpiara-mitory: Zarao izay nianaranao nandritra ny fandalinana manokana, ny fiomanana hampianatra sy ny fampiharana ny fampianarana ary ny fandalinana ireo fizarana avy ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako,"* hamafiso ireo drafitra ho an'ny anio. |
| 10:00 maraina. | Atombohy ny asa fitoriana. Ny misiônera izay mianatra fiteny dia mandalina izany mandritra ny 30 ka hatramin'ny 60 minitra fanampin'izay ahitana ny famolavolana asa atao amin'ny fianarana ny fiteny izay ampiasaina mandritra ny andro. |
| | Ny misiônera dia afaka manokana adiny iray ho an'ny sakafo atoandro sy ny fandalinana fanampiny ary adiny iray ho an'ny sakafo hariva mandritra ny fotoana izay mahamety izany ao amin'ny fotoam-pitoriana. Raha ny tokony ho izy dia tokony ho vita tsy tara ny amin'ny 6:00 hariva ny sakafo hariva. |
| 9:00 alina. | Miverena any amin'ny toeram-ponenana (raha tsy hoe mampianatra lesona; dia modia amin'ny 9:30) ary manaova ny drafitry ny asa atao amin'ny andro manaraka (30 minitra). Manorata ao anaty diary, miomàna hatory ary mivavaha. |
| 10:30 alina. | Matoria. |

** Araka ny nolazain'ny Fiadidian'ny Fitopololahy sy ny Fiadidiam-paritra dia mety hanova io fandaharam-potoana io ny filohan'ny misiônanao hampifanaraka izany amin'ny toe-javatra mitranga eo an-toerana.*

Fanamarihana

Izay ianaranao mandritra ny fandalinana manokana dia hanampy anao mandritra ny fandalinan'ny mpiara-mitory sy ny fivorian'ny distrika ary ny fivoriam-paritra izay ahafahanao mifampianatra ny fotopampianaran'ny fanjakana (jereo F&F 88:77). Ny zavatra azonao avy amin'ny fotoam-pandalinanao sy ny fivorian'ny distrika dia hanampy anao hampianatra amin'ny hery ara-panahy.




**Fandalinana Manokana**

Ny tanjon'ny fandalinana manokana dia ny hanamafisana ny fahalalanao sy ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ary hanampiana anao hiomana hanome izay ilain'ireo izay ampianarinao. Mandritra ny fandalinanao manokana dia mifantoha amin'ireo Soratra Masina nankatoavin'ny Fiangonana sy ireo boky nahazoana alalana ampiasain'ny misiônera:

- *Jésus le Christ*
- *Notre patrimoine*
- *Our Search for Happiness*
- *True to the Faith*

Afaka manao fandalinana manokana mahomby ianao rehefa:

- Mamaky ny Bokin'i Môrmôna sy ny soratra masina hafa.
- Mandalina ny fotopampianarana ao amin'ny leson'ny misiônera.
- Mandalina ireo fizarana hafa avy ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako."*

**Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Ny tanjon'ny fandalinan'ny mpiara-mitory dia mba (1) hisian'ny firaisana eo aminareo mpiara-mitory mba hahafahana mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy sy mba (2) hifantohanareo amin'ireo izay ampianarinareo. Afaka manao fandalinan'ny mpiara-mitory mahomby ianao rehefa:

- Mifampizara ny ambangovangon'ny fandalinana manokana nataonareo ianareo.
- Miomana amin'ny fotoana manokana ampianarana, sy famangiana mpikambana, sy fotoana ahafahana mitady olona, ary asa atao hafa. Halalino ireo fitaovana izay manampy anareo hampianatra sy hahita olona ary hiasa am-pahombiazana bebe kokoa. Resaho ny momba ireo olona izay iandraiketanareo. Manaova drafitra mba ampiharanao izay ianaranao.
- Mandritra ny andro dia tohizo ny firesahana ireo fitsipika, sy tanjona, sy ny fahaiza-manao ary ny drafitra avy amin'ny fandalinan'ny mpiara-mitory.

**Fivorian'ny Distrika**

Ny tanjon'ny fivorian'ny distrika dia mba hifampianarana ny fotopampianaran'ny fanjakana (jereo F&F 88:77).

- Ny fivorian'ny distrika dia atao isan-kerinandro mandritra ny 60 ka hatramin'ny 90 minitra.

Fanamarihana

- Ny mpitarika ny distrika no mandrafitra sy mitarika ny fivorian'ny distrika ary afaka manasa misiônera hafa izy hanampy azy.
- Ny fivorian'ny distrika dia mety ahitana:
  - Fizarana ny ambangovangon'ny fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory.
  - Fampiharana ny lesona amin'ny toe-javatra maro.
  - Fanazavana sy fampisehoana ary fampiharana ny fitsipika sy fahaizana enti-mampianatra izay voafaritra ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako."*
  - Firesahana momba ny fivoarana sy ny zavatra ilain'ny naman'ny Fiangonana.
  - Firesahana momba ny olana sy fampahalalana izany ao amin'ny distrika.
  - Fizarana ny traikefa sy ny fijoroana ho vavolombelona momba ny asa fitoriana ny filazantsara.
- Ny mpitarika ny distrika dia afaka manokana ny fivorian'ny distrika ho fandraisana ireo tatitra momba ny ezaky ny misiônera ao amin'ny distrika. Tsy tokony hametraka tanjona na isa tsy maintsy tratrarina ho an'ny misiônera hafa izy ireo na hangataka azy ireo hilazalaza momba ny tanjony.

#### Fivoriam-paritra

Ny fivoriam-paritra dia eo ambany fitarihan'ny filohan'ny misiôna.

## Ny rafitry ny *"Torio ny Filazantsarako"*

Ny fizarana tsirairay ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia ahitana rafitra maro samihafa. Ireo rafitra ireo dia tokony hanampy anao hahazo vokatra tsara kokoa avy amin'ny fandalinanao—fa tsy manery anao hianatra amin'ny fomba iray izany. Ampiasao ireo rafitra ireo amin'ny fomba azo ovaovaina ary mifototra amin'izay ilainao.

#### Diarim-pianarana

Ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia mangataka anao matetika mba hampiasa ny diarim-pianaranao mba hanampiana anao hahatakatra sy hanazava ary hahatsiaro izay ianaranao. Ny Loholona Richard G. Scott dia nampianatra hoe, "Ny fahalalana noraketina tsara an-tsoratra dia fahalalana azo ampiasaina foana amin'ny fotoana ilana azy. Ny toe-javatra iainana ara-panahy dia tokony hotazonina ho masina ao amin'ny toerana izay maneho amin'ny Tompo fa sarobidy aminao izany. Ity fampiharana ity dia mampitombo ny mety handraisanao fahazavana bebe kokoa" ("Acquiring Spiritual Knowledge," *Ensign,* Nov. 1993, 86). Avereno dinihina ny diarim-pianaranao hahatsiarovana ireo traikefa ara-panahy, sy hahitana toe-java-baovao ary hahitana ny fivoaranao.

Ny diarim-pianaranao dia mety ho boky diary, na boky fandraisana naoty, na boky voaravitra. Raketo sy alamino ny eritreritrao sy ny fahatsapanao hifanaraka amin'izay fomba fianaranao. Mamorona fomba izay anao manokana mba hahafahana mahazo moramora kokoa ireo zavatra tsara ho fantatra ho an'ny ho avy. Ampiasao matetika izany hamerenana, sy hahafahana mahazo ary mampihatra izay nianaranao. Ampiasao ny diarim-pianaranao handraisana naoty sy hiraketana ny fahatsapanao nandritra ny fandalinanao manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory, ny fivorian'ny distrika, sy ny fivoriam-paritra ary ny dinidinika miaraka amin'ny filohan'ny misiôna.

Fanamarihana

### Faritra ahitana ireo zavatra tsara ho fantatra

Ireo faritra ahitana ireo zavatra tsara ho fantatra ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia hanampy anao hianatra. Ny faritra sasany dia maneho na mamintina ireo zavatra manan-danja. Ny sasany dia manampy anao hifantoka amin'ny fandalinanao, hianatra ny soratra masina, hampihatra izay ianaranao, sy hampivelatra ny fahaiza-manaonao, ary hanome ny zavatra ilain'ireo izay ampianarinao. Matetika, ireo faritra ireo dia fanombohana fotsiny ihany. Ampiasao am-bavaka ireo asa atao ao anatin'ireo faritra amin'ny famoronana fomba fandalinana vaovao sy fitadiavana soratra masina fanampiny.

---

**Diniho Ireto**

- Inona no hevitry ny
- Ahoana no hampit
- Nahoana aho no to' olona?

**"Diniho Ireto."** Ny ankamaroan'ny fizarana dia manomboka amin'ny fanontaniana ao anatin'ny faritra "Diniho Ireto". Ireo fanontaniana ireo dia mifantoka amin'ny zavatra manan-danja ao amin'ny fizarana ary manome ny firafitry ny fandalinanao. Ampiasao ireo fanontaniana ireo handrafetana, sy hahatakarana ary hisaintsainana sy hampiharana izay ianaranao.

---

**Tadidio Ireto**

- Aoreno amin'ny ala
- Tadiavo sy araho r
- Voaomana handrav misy anao.

**"Tadidio Ireto."** Ny ankamaroan'ny fizarana dia mifarana amin'ny faritra "Tadidio Ireto"—famintinana ireo zavatra manan-danja indrindra ao amin'ny fizarana. Rehefa vitanao ny fandalinanao ny fizarana iray, dia avereno dinihina ireo hevitra ireo mba hahazoana antoka fa azonao ireo hevitra fototra ireo. Tombatombano ny fomba fampiharanao ireo hevitra ireo ary manaova drafitra mba hampiharana izay nianaranao.

---

**Fandalinana Soratra**

**Inona no lazain'ireto Kristy?**

3 Nefia 12:48
3 Nefia 27:21, 27

**"Fandalinana Soratra Masina."** Ireo faritra ireo dia mitondra anao any amin'ny soratra masina hanovozan-kevitra izay manampy ny fahatakaranao sy ny fijoroanao ho vavolombelona. Ampiasao ireo soratra masina hanovozan-kevitra ireo amin'ny fitadiavana soratra masina fanampiny. Manontania fanontaniana mifandray amin'izany izay hanampy anao hahazo fahalalana sy hampihatra izay ianaranao.

---

**Asa Atao: Fandalinan**

Diniho ny sarin'ny haz ao amin'ny 1 Nefia 8 fitiavan'Andriamanitra

- Inona no fanirian'i

**"Asa Atao."** Ny ankamaroan'ny fizarana dia manana asa atao ho an'ny fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory mba hampivelatra ny fianaranao sy ny fampiharanao. Avereno dinihina ireo asa atao ireo mandritra ny misiônanao. Hahazo fahalalana vaovao ianao isaky ny manao izany satria ny zavatra ilainao—sy ny zavatra ilain'ireo izay ampianarinao—dia hiova.

---

**Manaraha ny Fanahy**

"Ny Fanahy no singa ho an'ny Tompo ianao hery amin'ny antsonao *inona na inona* talenta filohan'ny misiôna vao

**Faritra miloko mena.** Ireo faritra ireo dia manana zavatra manan-danja tokony ho fantatra sy soso-kevitra ho an'ny fampianarana sy ho an'ny toe-java-mitranga eo amin'ny asa fitoriana.


Fanamarihana

### Ny Tantara

Ny tantara rehetra ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia marina na dia novaina aza ny ankamaroan'ny anaran'ny olona. Ny tantara tsirairay dia mampisongadina fitsipika maromaro izay mifandray amin'ny asa fitoriana. Rehefa mamaky ireo tantara ireo ianao dia tadiavo ny fitsipika izay asongadiny.

### Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

Ny fizarana tsirairay avy dia mifarana amin'ny hevitra fanampiny ho an'ny fandalinana manokana sy ny fandalinan'ny mpiara-mitory, ny fivorian'ny distrika ary ny fivoriam-paritra. Ity loharanom-pianarana ity dia manome ohatra momba ny fomba mahomby hianarana ny fitaovana enti-mampianatra. Mbà mahay mamorona ary mitadiava aingampanahy mba hamoronana asa atao fanampiny isaky ny mianatra na mampianatra ny iray amin'ireto fizarana ireto ianao. Ataovy matetika ireto asa atao ireto mandritra ny misiônanao.


Hevitra Ho an'ny
Fandalinana sy Fampiharana

Fandalinana Manokana


- Vakio ity taratasy manaraka ity izay nosoratan'ny misiônera iray ho an'ire
aman-dreniny: "Nampianatra vehivavy iray mahafinaritra aho teny ambon
fitaterana. Nody avy nanatrika fivorian'ny distrika izahay, iray sisa no toer
banga ka dia nipetraka aho ary nanomboka nijery ireo taratasiko. Mazava
fa ny voalohany hovakiana dia ny anareo izay misy ny sarin'i Evan kely.
fa nijery ireo sary ihany koa ny mason'ilay olona teo akaikiko, koa nitraka
nifanojo tamin'ny mason'ny ramatoa iray efa zokin-jokiny ny masoko. So
nitsiky kely tamiko izy dia nitodika nijery tany am-baravarakely. Nikipy izy
avy eo tahaka ny hoe andeha hatory. Nivavaka aho, 'Ry Ray izay any an-
te-hiresaka aminy aho. Miangavy aho mba ampio.' Afaka iray minitra dia
nosokafany ny masony ary nipetraka mahitsy tsara izy. Niteny haingana
nanao hoe 'Tsy hitanao mahafatifaty ve izy?' sady nampiseho ireo sarin'i
kely aho ary nanomboka niresaka momba ny fianakaviana taminy. Nanon

## Ny misiônera izay manompo any amin'ny Sampana sy ny Distrika

Maro ireo misiônera izay manompo any amin'ny sampana sy ny distrika. Na dia miresaka momba ny paroasy sy ny tsatòka aza ity boky ity dia mihatra amin'ny sampana sy ny distrika koa ireo fitsipika sy fomba fianarana mitovy. Hanome torolalana anao ny filohan'ny misiôna momba ny fanamboarana hatao rehefa miara-miasa amin'ny mpitondra ao amin'ny sampana sy ny distrika.

## Ny fampiasan'ny misiôneran'ny paroasy sy ny mpitondra ny lesona

Ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia ho an'ny misiôneran'ny Fiangonana amin'ny fotoana maharitra. Nefa ny fitsipika sy ny fotopampianarana ampianarina ao dia afaka ampiasain'ny misiôneran'ny paroasy sy ny mpitondra noho izy ireo mikatsaka ny hanorina ny fanjakan'Andriamanitra. Ny fandalinana matetika an'ity boky ity dia hamela aza ireo hanatanteraka ny andraikiny amin'ny maha-mpikambana misiônera azy ireo ary hampisy ny firaisana amin'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra.



*I Dan Jones, izay iray amin'ireo misiônera lehibe amin'izao fotoampitantanana izao, dia mitory ny filazantsara any Pays de Galles.*

# Inona no Tanjoko amin'ny Maha-Misiônera ahy?

Fanamarihana

## Ny Tanjoko

Asao ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, ny fibebahana sy ny batisa ary ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina sy ny faharetana hatramin'ny farany.

## Diniho ireto

- Inona no tanjoko amin'ny maha-misiônera ahy?
- Inona no atao hoe filazantsara?
- Maninona isika no mitory ny filazantsara?
- Nahoana aho no tsy maintsy mampianatra amin'ny hery sy amin'ny fahefana?
- Inona no atao hoe hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny? Nahoana izany no manan-danja?
- Inona no andraikitro amin'ny fanampiana ny hafa hiova fo?
- Ahoana no ahafantarako fa misiônera mahomby aho?

## Ny Asa hampiandraiketana anao, Hampianatra ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy Naverina amin'ny laoniny

Voahodidin'ny olona maro ianao. Mifanena amin'izy ireo eny an-dalana ianao, sy mamangy azy ireo any an-tokantranony ary mivezivezy eo anivon'izy ireo. Zanak'Andriamanitra daholo izy ireo, rahalahinao sy anabavinao. Tian'Andriamanitra toy ny hitiavany anao izy ireo. Maro amin'ireo olona ireo no eo am-pitadiavana ny tanjon'ny fiainana. Miahiahy ny amin'ny fianakaviany izy ireo. Mila manana ny fahatsapana fa

© 1993 Clark Kelley Price. Tsy azo adika.

Fanamarihana

miray amin'ny hafa izy ireo avy amin'ny alalan'ny fahalalana fa zanak'Andriamanitra ary mpikamban'ny fianakaviany mandrakizay izy ireo. Te-ho voaro eo anivon'ilay izao tontolo izao izay miovaova hasina izy ireo. Mitady fiadanana eto ambonin'ny tany ary fiainana mandrakizay amin'ny fiainan-ko avy izy ireo (jereo F&F 59:23), saingy tsy mahita ny fahamarinana izy ireo noho ny tsy fahafantarany izay ahitana izany fotsiny (jereo F&F 123:12).

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay naverina amin'ny laoniny avy tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith dia hitahy ny fianakaviany, hanome ireo izay ilainy ara-panahy ary hanampy azy ireo hanatanteraka ireo faniriany lehibe indrindra. Na dia mety tsy fantany aza ny antony dia mila fanamaivanana ny fahatsapana ho meloka noho ny hadisoana sy ny fahotana izy ireo. Mila miaina ny fifaliana azo avy amin'ny fanavotana amin'ny alalan'ny fandraisana ny famelana ny fahotany sy ny fananana ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo.



Amin'ny maha-solontena nahazo fahefana an'i Jesoa Kristy anao, dia afaka mampianatra ny olona amin'ny hery sy amin'ny fahefana ianao fa "Ny fanavotana dia tonga amin'ny alalan'ny Mesia Masina," ary tsy misy "afaka mitoetra eo anatrehan'Andriamanitra raha tsy noho ny fahamendrehana sy ny famindram-po ary ny fahasoavan'ny Mesia Masina" (2 Nefia 2:6, 8). Rehefa manaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny ny olona ary nahazo ireo ôrdônansin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana avy amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana, dia afaka mahazo antoka izy ireo fa "tsy holavina mandrakizay" (Bokin'i Môrmôna, Pejy misy ny Lohatenin'ny Bokin'i Môrmôna).

Hitombo ny fanirianao hizara ny filazantsara, rehefa mitombo ny fahazoanao an-tsaina ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Hahatsapa izay tsapan'i Lehia ianao, amin'ny "maha . . . manan-danja ery ny fampahafantarana ny mponina eran-tany ireo zavatra ireo" (2 Nefia 2:8).

Nampianatra toy izao ny Filoha Ezra Taft Benson: "Nodidian'Andriamanitra isika mba hitondra ity filazantsara ity eran'izao tontolo izao. Izay no antony tokony hampiray hina antsika amin'izao fotoana izao. Ny filazantsara ihany no hany hanavotra an'izao tontolo izao amin'ny antambo izay mamotika ny tenany ihany. Ny filazantsara ihany no hany hampiray ny olon-drehetra avy amin'ny karazam-pirazanana sy karazam-piaviana ao amin'ny fiadanana. Ny filazantsara ihany no hany hitondra fifaliana sy fahasambarana ary famonjena ho an'ny fianakavian'ny olombelona" (*The Teachings of Ezra Taft Benson* [1988], 167).

Voantso hisolo tena an'i Jesoa Kristy ianao amin'ny alalan'ny fanampiana ny olona mba ho voadio amin'ny fahotany. Ataonao izany amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hanatona an'i Jesoa Kristy ary hiova fo ao amin'ny filazantsarany naverina amin'ny laoniny. Raha hanatona ny Mpamonjy dia tsy maintsy manam-pinoana Azy ho amin'ny fibebahana izy ireo—manao ny fanovana ilaina mba hampifanaraka ny fiainan'izy ireo amin'ny fampianarany. Afaka manampy ny olona hanana izany finoana izany ianao amin'ny fampianarana azy ireo ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny Fanahy ary amin'ny fanasana azy ireo hanolo-tena hiaina araka ny

Fanamarihana

fampianarany. Ny fitazonana io fanoloran-tena io dia hanomana azy ireo amin'ny fanekempihavanan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ary ny fanomezana sarobidy ny Fanahy Masina. Natao hanaisotra ny "maha-olon'ny nofo" azy sy tonga Olomasina "amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Kristy Tompo" (Môsià 3:19).

**Asa Atao: Fandalinana manokana na miaraka amin'ny mpiara-mitory**

Diniho ny sarin'ny hazon'aina ao amin'ity pejy ity rehefa mianatra ny fahitana ny hazon'aina hita ao amin'ny 1 Nefia 8 sy 11 ianao. Ao anatin'io fahitana io, ny hazon'aina dia maneho ny fitiavan'Andriamanitra (jereo 1 Nefia 11:21–22).

- Inona no fanirian'i Lehia taorian'ny nihinanany tamin'ny voankazo? (jereo 1 Nefia 8:10–18.)
- Inona no zavatra tokony nataon'ny olona mba nahafahan'izy ireo nihinana tamin'ny voankazo, tao amin'ny fahitana? Inona no tokony ataontsika mba hahazoantsika ny fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana? Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fanoloran-tena sy ny fanekempihavanana antsika hahazo ireo fitahiana ireo?
- Amin'ny maha-misiônera anao, inona no andraikitrao amin'ny fanampiana ny hafa hahita sy hihinana ireo voankazon'ny filazantsara?

## Mitahy ny Fianakaviana ny Filazantsara

Mitahy ny fianakaviana ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Mahatakatra ny tanjon'Andriamanitra momba ny fianakaviana isika noho ny Famerenana amin'ny laoniny: "Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no mahatonga izany ho azo tanterahina ho an'ny tsirairay mba hiverenany eo anatrehan'Andriamanitra sy hahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay." ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign*, Nov. 1995, 102).

> *"Ny zavatra manan-danja indrindra amin'ny asan'ny Tompo izay ho afaka ataonao dia izay ataonao ao anatin'ny rindrin'ny tokantranonao."*
>
> – NY FILOHA HAROLD B. LEE
> *THE TEACHINGS OF HAROLD B. LEE*, SEL. CLYDE J. WILLIAMS (1996), 280

Ny fikambanan'ny fianakaviana dia afaka ho isan'ny loharanon'ireo fifaliantsika lehibe, eto an-tany. Mamotika ny fianakaviana amin'ny fomba rehetra i Satana ary maro ireo fianakaviana izay rava noho ny filofosany. Ny hafatry ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manome fahafahana ny fianakaviana ho iray amin'izao fotoana izao sy any amin'ny mandrakizay. Afaka mahatsapa fiadanana, sy fifaliana ary manana fahatsapana fa miray amin'ny hafa sy manana ny maha-izy azy eo amin'ny fiainana ny fianakaviana rehefa miaina ny fitsipiky ny filazantsara. Afaka mamaha ny tsy fifankazahoan-kevitra sy ny adiady ary ny fitsapana ny fianakaviana amin'ny alalan'ny fahazavan'ny filazantsara. Ny fianakaviana izay misaratsaraka noho ny fifandirana dia mety ho sitrana amin'ny alalan'ny fibebahana, ny famelan-keloka sy ny finoana ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. "Ny fahasambarana eo amin'ny fiainam-pianakaviana dia tontosa hatrany rehefa mifototra amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fahombiazan'ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia voaorina sy voakolokolo amin'ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka ary ny fifanajana, ny fitiavana, ny fangorahana, sy ny fialam-boly madio." (*Ensign*, Nov. 1995, 102).

Fanamarihana

Miezaha ny hahita sy hampianatra fianakaviana—ray, reny ary zanaka–izay afaka mifanohana amin'ny fiainana ny filazantsara ary koa ho fehezina ho toy ny vondrona fianakaviana iray amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana.

## Mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy

Satria ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ny "herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino an'izany" (Romana 1:16), dia tsy maintsy ampianarina amin'ny alalan'ny heriny masina ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara—ny herin'ny Fanahy Masina, izay mpikambana fahatelo ao amin'ny Andriamanitra. Antsoina matetika hoe Fanahy Izy ary anisan'ny anjara asany ny mampianatra sy mijoro ho vavolombelona ny fahamarinana. Rehefa mampianatra amin'ny alalan'izany hery izany ianao, ny Fanahy Masina dia:

- Hampianatra fahamarinana vaovao anao sy hampahatsiaro anao fotopampianarana izay nianaranao (jereo Jaona 14:26).
- Hanome anao ireo teny holazaina amin'ny fotoana tena ilanao izany (jereo F&F 84:85).
- Hitondra ny hafatrao mankany am-pon'ny olona izay ampianarinao (jereo 2 Nefia 33:1).
- Hijoro ho vavolombelona ny fahamarinan'ny hafatrao ary hanamafy ny teninao (jereo F&F 100:5–8).
- Hanampy anao hahalala ny zavatra ilain'ny olona izay ampianarinao (jereo Alma 12:7).

Ilaina ny Fanahy amin'ny fampianarana ny fahamarinana ao amin'ny filazantsara mba hampiorina ny finoana ao amin'ny hafa. Rehefa miezaka mampitombo ny finoana hiankina amin'ny Fanahy ianao dia tokony:

- Mivavaka hanana ny Fanahy (jereo F&F 42:14).
- Manadio ny fonao (jereo F&F 112:28).
- Mitandrina ny didy (jereo F&F 20:77, 79).
- Mitahiry ao an-tsaina sy ao am-po amim-pahatokiana ny tenin'Andriamanitra (jereo F&F 11:21; 84:85).
- Mampianatra amin'izay fomba hahatakaran'ny hafa ny hafatrao ary hanazavana ny sain'izy ireo (jereo F&F 50:13–22).
- Mampihatra ny finoana (jereo Môrônia 10:7).

Natokana tamin'ny antsonao masina ianao niaraka tamin'ny fampanantenana fa omena ny Fanahy rehefa mahafeno ireo fepetra izay napetraky ny Tompo. Ny fananana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy no tokony ho fanirianao lehibe indrindra.

## Ny Hery sy ny Fahefan'ny Antsonao

Ny misiônera dia tokony handeha amin'ny herin'ny fanokanana izay efa nanokanana [azy], hanambara ny vaovao mahafalin'ny fifaliana lehibe dia ny filazantsara maharitra mandrakizay (jereo F&F 79:1). Manana ny fahefana hitory ny filazantsara ianao. Manana ny fahefana hanatanteraka ireo ôrdônansy amin'izany ianao raha mihazona ny fisoronana. Rehefa mampiasa io fahefana io amim-bavaka sy amim-pahamendrehana ianao dia hahazo hery ara-panahy izay porofon'ny fisian'ny antsonao. Aza matahotra na menatra amin'ny fanatanterahana io asa nampiandraiketana anao io. Toy ny zanakalahin'i Môsià, dia natao hampianatra amin'ny hery sy fahefan'Andriamanitra ianao (jereo Alma 17:2–3).

Fanamarihana

Manana ny zo sy fahafahana manokana hisolo tena ny Tompo ianao rehefa avy natokana tamin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Nahazo taratasy fahazoan-dalana hitory izay manamarina io fahefana io eo amin'izao tontolo izao ianao. Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Ny fanokanana dia mety ho raisina ara-bakiteny, ho fanalavirana ny fahotana sy ny filana ara-nofo, ary ny zavatra rehetra kivalavala, ambany fisainana, vetaveta, mora na mahafabaraka; ary koa ny fanalavirana an'izao tontolo izao mba ho any amin'ny fananana fari-pisainana sy asa atao ambonimbony kokoa. Ny fitahiana dia miankina amin'ny fanatanterahana am-pinoana ny andraikitra" (*The Teachings of Spencer W. Kimball*, ed. Edward L. Kimball [1982], 478).

Miaraka amin'izany fahefanao izany koa ny andraikitra hiaina am-pahamendrehana ny antsonao. Amin'ny maha-solotenan'ny Tompo anao dia tokony ho "ohatra ho an'ny mpino" ianao (1 Timoty 4:12). Miezaha hiaina araka ny didin'Andriamanitra ary tazony ireo fanekempihavanana izay nataonao tany amin'ny tempoly; fantaro ny soratra masina; mbà mahalala fomba, mbà ara-potoana sy azo ianteherana; araho ny fitsipi-pitondrantenan'ny misiônera, ny fomba fitafy, sy ny fikarakarana ny vatana; tiavo ireo olona izay tompoinao sy hiarahanao miasa. Hajao ny anaran'i Kristy amin'ny alalan'ny asanao.

Ankoatra ny fahefana dia tokony hampihatra hery koa ianao eo amin'ny asanao. Ny fahefana izay azonao dia mitondra hery. Ny hery ara-panahy dia tena porofo fa misy ny fahefanao. Ny hery ara-panahy dia fanomezana iray izay manome fahafahana anao hanao ny asanao tsaratsara kokoa.

Ny hery sy ny fahefana dia tokony hiharihary rehefa miasa sy mampianatra ianao. Mety miseho amin'ny zavatra maro izay ataonao ny hery, toy ny:

- Fitarihan'ny Fanahy hilaza izay tian'ny Tompo holazainao amin'ny fotoana ilana izany (jereo F&F 84:85).
- Fahazoana fitarihana amin'izay lalana tokony haleha sy amin'izay tokony atao (jereo F&F 28:15; 31:11; 75:26–27).
- Fahazoana fanamafisana ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny alalan'ny vavolombelon'ny Fanahy (jereo 2 Nefia 33:1; jereo F&F 100:5–8).
- Fandraisana anjara amin'ny ôrdônansin'ny famonjena (jereo F&F 84:19–20).
- Fanomezana tsodranon'ny fisoronana raha loholona ianao (jereo Jakoba 5:14–15).
- Fivavahana miaraka sy ho an'ny olona izay tompoinao (jereo Alma 6:6; 8:18–22; 10:7–11; 31:26–35; F&F 75:19).
- Fanehoana fitiavana ny Tompo, sy ny fianakavianao ary ireo namana misiônera sy ny olona tompoinao.

### Fandalinana Soratra Masina

**Ahoana no fomba hahazoanao hery?**

Alma 17:2–3 | F&F 53:3 | 1 Korintiana 2:4

### Asa atao: Fandalinana manokana na miaraka amin'ny mpiara-mitory

Jereo ilay sary hoso-doko ahitana an' i Kristy nanendry ny Apôstôliny ary vakio Jaona 15:1–16. Amin'ny fomba ahoana no maha-voaloboka an'i Kristy? Nahoana ianao no sampana iray amin'io voaloboka io? Ahoana no fomba hifandraisan'ny fanokanana anao amin'izany?

Fanamarihana

Vakio indray ny taratasy fahazoan-dalanao hitory. Raketo an-tsoratra ny zavatra tsapanao sy ny eritreritrao momba izay novakianao. Isaky ny mianatra ity fizarana ity ianao dia avereno io fomba io. Mariho ny fiovaovan'ny zavatra tsapanao.

Ianaro ny Fotopampianarana sy ny Fanekempihavanana 109:13–15, 21–30, 38–39, 55–57, izay notsongaina tamin'ny vavaka fanokanana nanainga fanahy nataon'ny Mpaminany Joseph Smith ho an'ny Tempolin'ny Kirtland. Inona ireo fitahiana nangatahan'i Joseph Smith ho an'ireo mahatoky?



## Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mamaritra ny hafatrao sy ny tanjonao; izay manazava ny "inona" no atao hoe asa fitoriana ny filazantsara ary "nahoana" no atao izany. Namaritra ny Mpamonjy fa ny filazantsarany dia ahitana ireo fotopampianarana fototra sy manan-danja. Tonga teto an-tany Izy hanao ny sitrapon'ny Rainy ary nirahin'ny Rainy teto an-tany Izy mba homboana amin'ny hazo fijaliana. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia hasandratra hijoro eo anoloan'i Kristy ny olona rehetra mba hotsaraina amin'ny asany, na tsara na ratsy izy ireo. Ireo izay mampihatra ny finoana an'i Kristy, mibebaka amin'ny fahotany ary atao batisa amin'ny anaran'i Kristy dia afaka hohamasinina amin'ny Fanahy Masina. Raha maharitra hatramin'ny farany izy ireo dia hijoro ho madio tsy misy pentina eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny andro farany ary hiditra ao amin'ny fitsaharan'ny Tompo. Hanao izay tsy hahameloka azy ireo eo anatrehan'ny Ray i Kristy. Ho Mpanelanelana sy ho Mpisolo vava azy ireo Izy. Ireo izay tsy maharitra hatramin'ny

> *"Torio ny fitsipika voalohan'ny Filazantsara—Torio foana izany: ho hitanao fa hambara miandalana aminao ireo hevitra vaovao sy fanazavana fanampiny momba azy ireo. Afaka ampitomboanao ny fahatakaranao azy ireo mba hazava kokoa aminao izy ireo. Amin'izay dia afaka hanao izay hahatsotra ny fahazoan'ireo izay ampianarina izany ianao avy eo."*
>
> — HYRUM SMITH
> *TANTARAN'NY FIANGONANA,* 6:323

Fanamarihana

farany am-pahatokiana dia hatsipy any anaty afo . . . noho ny fahamarinan'ny Ray. (Jereo 3 Nefia 27:13–22; ampitahao amin'ny 2 Nefia 31:10–21; 3 Nefia 11:31–41; F&F 76:40–42, 50–53.)

Ny tanjon'ny filazantsara dia ny hanadio ny olona amin'ny fahotany mba hahafahan'izy ireo mahazo ny famindram-pon'ny Mpamonjy amin'ny andron'ny fitsarana. Noho izany ny votoatin'ity boky ity ary ny tena zava-dehibe dia ny asa ataonao isan'andro, izay manasa ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy, sy ny Sorompanavotany, ny fibebahana sy ny batisa ary ny fandraisana ny Fanahy Masina sy ny faharetana hatramin'ny farany.

Manomboka manaraka an'i Kristy ny olona tsirairay sy ny fianakaviana rehefa mampihatra ny finoany Azy sy mibebaka amin'ny fahotany. Mahazo ny famelan-keloka amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina izy ireo avy amin'ny olona iray izay manana ny fahefana avy amin'Andriamanitra hanatanteraka ireo ôrdônansy ireo. Noho izany dia maharitra hatramin'ny farany izy ireo, na amin'ny teny hafa dia hoe manohy ny fiainany amin'ny fampiharana ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana sy ny fanavaozana ny fanekempihavanana nataony izy ireo. Tsy dingana izay andalovany in-dray mandeha eo amin'ny fiainany ireo fa lasa fomba fiainana mitondra tombontsoa rehefa miverimberina eo amin'ny fiainana. Raha ny marina dia io no hany lalam-piainana izay hitondra fiadanan-tsaina sy hahafahan'ny zanaky ny Ray any an-danitra hiverina hitoetra eo anatrehany.

Fanoloran-tena mandritra ny fiainana ny fankatoavana an'i Jesoa Kristy. Afaka miaina ny fahasitranana, ny famelan-keloka sy ny fiovam-po tanteraka ao amin'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany isika amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana, ny fibebahana sy ny fanaovana batisa ary ny fanoloran-tena hanompo an'i Kristy sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Ampio ny olona hanana ny finoana an'i Jesoa Kristy ho amin'ny fibebahana, amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fijoroana ho vavolombelona fa naverina amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fahefan'ny fisoronana ary amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hiaina ny fampianarany.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no atao hoe filazantsara na fotopampianaran'i Kristy?**

2 Nefia 31:10–21 | 3 Nefia 11:31–41 | 3 Nefia 27:13–22

## Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny Laoniny: Ny Fototra iorenan'ny Finoana

Na aiza toerana hanompoanao na iza olona ampianarinao dia afantohy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fampianaranao. "Hitahy anao ny Tompo rehefa mampianatra ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny an'ity izao tontolo izao ity izay mila mafy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao" ("Statement on Missionary Work," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002). Rehefa mandalina ny fotopampianarana ao amin'ireo leson'ny misiônera ianao dia ho hitanao fa manana hafatra iray isika: Tamin'ny alalan'ny mpaminany amin'izao fotoana izao, Andriamanitra dia namerina amin'ny laoniny ny fahalalana momba ny drafitry ny famonjena izay mifototra amin'ny Sorompanavotan'i Kristy ary tanteraka amin'ny alalan'ny fiainana ny fitsipika voalohany sy ny ôrdônansin'ny filazantsara.

Fanamarihana

Ataovy izay ahatakaran'ny olona tsirairay izay ampianarinao tsara ireto manaraka ireto:

- Andriamanitra dia Raintsika any an-danitra ara-bakiteny. Tia antsika Izy. Ny olona tsirairay eto an-tany dia zanak'Andriamanitra sy mpikambana ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra. I Jesoa Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia Mpamonjintsika sy Mpanavotra antsika.
- Ny Raintsika any an-danitra dia nanampy ny zanany araka ny tantaran'ny baiboly, tamin'ny alalan'ny fanambarana ny filazatsarany tamin'ny mpaminany. Indrisy anefa fa nolavina izany filazantsara izany; ary ireo sasany izay nanaiky izany dia nanova ireo fotopampianaran'ny filazantsara sy ireo ôrdônansy ary nilatsaka tao anatin'ny tsy finoana sy ny apôstazia.
- Nandefa ny Zanany Malalany, Jesoa Kristy, teto an-tany ny Raintsika any an-danitra. Nanao fahagagana Izy ary nampianatra ny filazantsarany. Nanatanteraka ny Sorompanavotana Izy ary nitsangana tamin'ny maty.
- Nanomboka tamin'ny Fahitana Voalohany dia nampiseho ny fitiavany an-janany indray Andriamanitra. Namerina tamin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fahefan'ny fisoronana Izy ary nanorina ny Fiangonany teto ambonin'ny tany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mandresy lahatra an'izany Famerenana amin'ny laoniny izany.



Rehefa manampy ny naman'ny Fiangonana ianao handinika ny mombamomba ny apôstazia sy ny famerenana amin'ny laoniny dia ho voaomana izy ireo hahatakatra ny filana lehibe ny Famerenana amin'ny laoniny amin'ny andro farany. Ho hitan'izy ireo ny filana ny fanekena ny filazantsara naverina amin'ny laoniny sy ny fandraisana ireo ôrdônansin'ny famonjena amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana naverina amin'ny laoniny ary ny fizorana amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Ampio ny olona hahafantatra fa ny Fiangonana dia tsy antokom-pivavahana iray hafa fotsiny na fiangonana Amerikana iray. Fa kosa, famerenana amin'ny laoniny " ny fahafenoan'[ny] filazantsara" (jereo F&F 1:23), mitovy amin'izay nambara sy nampianarina tany am-piandohana.

Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an'i Jesoa Kristy dia porofo mandresy lahatra iray fa mpaminany i Joseph Smith ary naverina amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Vato ifaharan'ny fivavahantsika izany ary loharanon-kery hampianarana ity hafatra ity. Ireo Fahamarinana lehibe naverina tamin'ny alalan'i Joseph Smith dia ahitana ny fahalalana fa Raintsika Andriamanitra ary zanaka fanahiny isika. Niara-niaina Taminy isika talohan'ny nahaterahana, ary ny fianakaviana dia afaka miara-mitoetra mandrakizay eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara.

Porofon'ny fitiavan'Andriamanitra an-janany ny Bokin'i Môrmôna. Mampiseho izany fa miresaka amin'ny zanany Andriamanitra. Rehefa mampianatra sy mijoro ho

Fanamarihana

vavolombelona ianao dia asao hamaky ny Bokin'i Môrmôna sy hivavaka momba ny hafatra ao anatiny ny olona. Ny olona tsirairay ampianarinao dia tokony hanapa-kevitra ny hanaiky ny Bokin'i Môrmôna ho toy ny fanambarana avy amin'Andriamanitra na tsia.

Matokia ny fampanantenana mahagaga ao amin'i Môrônia 10:3–5. Ataovy izay azonao atao handresena lahatra ny olona hamaky ny boky, hahatakatra izany ary hangataka amim-kitsimpo raha marina izany. Ny tenivavolombelon'ny Fanahy Masina dia lasa vato fehizoron'ny finoany fa i Kristy dia namerina tamin'ny laoniny ny Fiangonany. Ampio ireo izay ampianarinao mba handray izany fanamafisana ara-panahy izany.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Ahoana no fomba ampiasanao ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny asa fitorianao ny filazantsara?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 13:39 | Môrônia 10:3–5 | F&F 42:12–14 |
| 2 Nefia 29:8–10 | F&F 20:5–16 | |

**Asa atao: Fandalinana Manokana**

Eritrereto hoe hanoratra lahatsoratra momba ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ao anaty gazety eo an-toerana ianao. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny lohateny izay mamaritra ny votoatin'ny hafatra. Avy eo dia raketo ireo eritreritrao sy ireo zavatra tsapanao momba io hafatra io, ao anatin'izany ny nampiova ny fomba fiainanao sy ny fahitanao ny tontolo manodidina anao, noho ny fahatakaranao tsaratsara kokoa izany.

## Fanampiana ny Hafa Hanao Fanoloran-tena: Ny Lalana mitondra any amin'ny Finoana sy ny Fibebahana

Ampio ny olona mba ho mendrika ny hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana amin'ny alalan'ny fampianarana azy ireo ny fotopampianarana marina sy ny fanasana azy ireo hibebaka ary hanova ny fiainan'izy ireo amin'ny fanaovana sy fitandremana fanoloran-tena izay manorina ny finoana an'i Jesoa Kristy. Ireo fanoloran-tena ireo dia manomana ny olona hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanana masina.

Ny Loholona Jeffery R. Holland dia nampianatra hoe: "Ny zavatra voalohany hataonao rehefa miteny aminao ny naman'ny Fiangonana fa tsy namaky na nivavaka momba ny Bokin'i Môrmôna izy dia ny malahelo! . . . Matetika isika dia tsy mandray am-po loatra ny momba izany rehetra izany. Ity no Fiainana mandrakizay. Famonjena ny zanak'Andriamanitra ity. Miankina amin'izay hofidian'ny naman'ny Fiangonana hatao ny mandrakizainy. . . . Ity no tena lalana tokony hizoran'ny naman'ny Fiangonana. Nefa raha tsy mahafantatra izany izy dia farafaharatsiny mahalala izany ianao! . . . Koa raiso an-tanana izany zavatra izany. Mampianara amin'ny hery sy amin'ny fahefana ary mbà malahelo rehefa tsy nahomby ny fiantombohan'ny dingana voalohany mankany amin'ny fitandremana ny didy sy ny fanekempihavanana" ("Making and Keeping Covenants," missionary satellite broadcast, Apr. 1997).

Rehefa mampianatra ny olona hahazo ny momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsara ianao dia mitory ny fibebahana ianao (jereo F&F 15:6). Ny fibebahana dia mitaky fiovam-po ary ny faniriana hiala amin'ny fahotana sy ny fanompoana an'Andriamanitra. Mitaky ny fangatahana am-panetren-tena ny Fanahy sy ny fanekena ny sitrapon'Andriamanitra izany. Izany dia mitaky ny olona mba hampitombo ny fanoloran-tenan'izy ireo hiaina araka ny sitrapon'Andriamanitra. Ny fibebahana dia mitaky fiovana amin-kitsimpo sy maharitry ny eritreritra sy ny faniriana ary ny fahazarana sy ny asa.

Fanamarihana

Traikefa tsara izay mitondra fifaliana sy fiadanana izany. Mbà sahy sy be fitiavana amin'ny fanampiana ny olona hahatakatra izay tokony hataony raha hibebaka izy ireo. Rehefa manasa olona hanao fanoloran-tena ianao dia afaka maneho fampitandremana sy mitondra fanantenana.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no ampianarin'ireto soratra masina ireto momba ny fitoriana ny fibebahana?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 29:1–4 | Alma 62:45 | F&F 15:6; 16:6 |
| Alma 42:31 | F&F 14:8 | |

## Ny Batisa sy ny fandraisana ho mpikambana

Ny fanaovana batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ireo olona izay ampianarinao no fototry ny tanjonao. Ny batisa dia natao ho an'ny famelan-keloka ary ny fanomezana ny Fanahy Masina dia mitondra fitahiana maro ho an'ireo izay miaina izany ampahamendrehana. Miditra ny vavahady sy manohy mizotra any amin'ny lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay ny olona amin'ny alalan'ireo ôrdônansy ireo. Hoy ny Loholona Dallin H. Oaks hoe: "Tsy mitory na mampianatra isika mba 'hitondrana olona ao am-piangonana' na hampitomboana ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana. Tsy mitory sy mampianatra mba handresy lahatra fotsiny ny olona hanana fiainana tsaratsara kokoa isika. . . . Manasa ny olona rehetra isika mba hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny batisa ary ny fandraisana ho mpikambana, mba hanokafana ny varavaran'ny fanjakana selestialy ho an'ny zanakalahy sy ny zanakavavin'Andriamanitra. Tsy misy olon-kafa afaka manao izany" ("The Purpose of Missionary Work," missionary satellite broadcast, Apr. 1995).

Rehefa mampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ianao dia ampio ny olona hahatakatra ny toetoetra masin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Ampio izy ireo hahatsapa fa ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina dia fitahiana lehibe eto amin'ity fiainana ity ary fanalahidin'ny famonjena azy ireo. Ny Fanahy Masina dia "hampianatra [azy ireo] ny zavatra rehetra" (Jaona 14:26). Ny Filoha Boyd K. Packer dia nampianatra hoe: "Rehefa mampianatra ny naman'ny Fiangonana ary manomana azy ireo amin'ny batisan'ny rano ianao, dia tokony hieritreritra koa ny fanomezana ny Fanahy Masina—ny batisan'ny afo. Eritrereto ho toy ny fehezan-teny iray izany. Mandeha voalohany ny batisan'ny rano ary avy eo ny batisan'ny afo" ("The Gift of the Holy Ghost: What Every Missionary Should Know—and Every Member As Well," seminar for new mission presidents, June 2003). Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra hoe, "Ny Batisan'ny rano dia antsasaky ny batisa ihany ary tsy misy ilana an'izany raha tsy eo ny antsasany —dia ny batisan'ny Fanahy Masina" (*Tantaran'ny Fiangonana,* 5:499).

Ampio ireo izay ampianarinao hahazo fa mba ho mendrika hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia tokony mahafeno ireo fepetra nomena ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 izy ireo.

**F&F 20:37 Fepetra ilaina ho an'ny Batisa**

- Manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo.
- Maniry ny hatao batisa.

Fanamarihana

- Manatona amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina.
- Mibebaka amin'ny fahotany rehetra.
- Te-hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy.
- Tapa-kevitra hanompo an'i Kristy hatramin'ny farany.
- Mampiseho amin'ny alalan'ny asany fa nandray ny Fanahin'i Kristy ho amin'ny famelan-keloka izy ireo.

Rehefa vita batisa ireo niova fo mendrika, dia raisina ho mpikamban'ny Fiangonana izy ireo ary omena azy ireo ny fanomezana ny Fanahy Masina. Io fandraisana ho mpikambana io dia atao eo ambanin'ny fitarihan'ny eveka na ny filohan'ny sampana mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo, fotoana fohy aorian'ny batisa. Na dia elanelanin'ny fotoana fohy aza ireo ôrdônansy roa ireo, dia manampy sy mameno ny batisa ny fandraisana ho mpikambana.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny Fanahy Masina ho iray amin'ny fanomezana lehibe izay afaka ho azontsika?**

3 Nefia 19:1–13
F&F 45:56–57
Jaona 3:5
Jaona 14:26
Galatiana 5:22–25
Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanahy Masina"

**Maninona no tokony haniry hahazo ny fanomezana ny Fanahy Masina ireo niova fo?**

2 Nefia 31:12–17
2 Nefia 32:1–5
Asan'ny Apôstôliy 8:14–17
Asan'ny Apôstôliy 19:1–6

**Asa Atao: Fandalinan'ny mpiara-mitory**

Tadiavo ireto soratra masina manaraka ireto ary manaova lisitry ny fepetra sy ny fanekempihavanana ho an'ny batisa. Diniho amin'ny mpiara-mitory aminao ny fomba hampianarana ireo zavatra takiana amin'ny hafa ireo.

2 Nefia 31:13
Môsià 18:8–10
Alma 7:14–16
3 Nefia 11:21–41
Môrônia 6:1–4
F&F 20:37

## Ny Fanorenana ny Fiangonana

Rehefa vita batisa sy noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana ny olona, dia tohizo ny fiaraha-miasa amin'ny mpitondra ny paroasy sy ny mpikambana mba hanampiana ireo olona vao niova fo ho zatra amin'ny fiainany vaovao sy hanohy ny fandrosoany ara-panahy. Tafaorina ny Fiangonana rehefa manana fijoroana ho vavolombelona sy vita batisa ary raisina ho mpikambana ny olona, rehefa mitandrina ny fanekempihavanana ary miomana an-kafanam-po handeha ho any amin'ny tempoly, ary mampatanjaka ny paroasy na sampana izy ireo.

Hitombo ny fijoroana ho vavolombelona sy ny finoan'ny olona niova fo izay manana namana efa mpikambana, sy nomena andraikitra ary fahanana amin'ny tenin'Andriamanitra. Ny misiônera, ny mpitondra ny paroasy sy ny mpikambana dia tsy tokony hiala andraikitra amin'ny famahanana sy fampaherezana ireo mpikambana vaovao.

Fanamarihana

## Ny Misiônera Mahomby

Ny fahombiazanao amin'ny maha-misiônera anao dia refesina voalohany indrindra amin'ny fanoloran-tenanao hitady sy hampianatra ary handray ho mpikambana ny olona ary hanampy azy ho lasa mpikambana mahatoky izay manana ny Fanahy Masina.

Aza mampitaha ny tenanao amin'ny misiônera hafa ary aza mampitaha ny vokatry ny ezakao amin'ny azy ireo eo amin'ny isa tratra. Tadidio fa manana ny fahafahana misafidy ny hanaiky na tsia ny hafatrao ny olona. Ny andraikitrao dia ny mampianatra mazava sy amin-kery mba hahafahany manao safidy tsara. Ny sasany dia mety tsy hanaiky na dia nahazo fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy aza izy fa marina izany. Halahelo ianao satria tia azy ireo ary maniry ny famonjena azy ireo. Nefa tsy tokony ho kivy ianao; ny fahakiviana dia hampihena ny finoanao. Raha ataonao kely ny fanantenanao, dia hihena ny fahavitanao ny asa, ary hihakely ny fanirianao ary hanana fahasarotana lehibe ianao amin'ny fanarahana ny Fanahy.

Afaka mamantatra fa misiônera mahomby ianao rehefa:

- Mahatsapa ny Fanahy izay mijoro ho vavolombelona amin'ny alalanao ny olona.
- Tia ny olona ary maniry ny famonjena azy ireo.
- Manaja amin'ny antsipiriany ny lalàna.
- Miaina arak'izany mba hahazoanao sy hahafantaranao ny fomba fanarahana ny Fanahy, izay hanoro anao ny lalana haleha, sy izay hatao ary tokony holazaina.
- Mampivoatra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy.
- Miasa am-pahombiazana isan'andro, manao izay tsara indrindra vitanao amin'ny fitondrana fanahy eo amin'i Kristy ary miezaka am-pahamatorana ny hianatra sy hanatsara.
- Manampy amin'ny fananganana ny Fiangonana (ny paroasy) na aiza na aiza hanendrena anao hiasa.
- Mampitandrina ny olona amin'ny vokatry ny fahotana. Manasa azy ireo hanao sy hitandrina ireo fanoloran-tena.
- Mampianatra sy manompo ireo misiônera hafa.
- Mandehandeha manao soa ary manompo ny olona amin'ny fotoana rehetra na manaiky ny hafatrao izy na tsia.

Rehefa nahavita ny tsara indrindra vitanao ianao dia mety mbola hiaina fahadisoam-panantenana, nefa tsy ho diso fanantenana aminao ianao. Afaka mahatoky ianao fa faly ny Tompo rehefa mahatsapa ny Fanahy masina miasa amin'ny alalanao ianao.

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no tsapan'ny mpanompon'ny Tompo momba ny asa? Ahoana no fomba hanentanan'ny mpanompon'ny Tompo ireo izay tompoiny?**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 28:3 | 3 Nefia 28:4–10 | F&F 68:2–6 |
| Alma 8:14–15 | Etera 12:13–15 | |
| Helamana 10:3–5 | F&F 15:4–6; 16:4–6 | |

### Asa Atao: Fandalinana Manokana

- Vakio Helamana 10:1–5 sy 3 Nefia 7:17–18. Ahoana no fihetseham-pon'ny Tompo amin'ireo misiônera ireo sy ny asa fanompoany?

Fanamarihana

- Eritrereto ny ezaka tamin'ny asa fitoriana ny filazantsara nataon'i Abinadia sy Amôna (jereo Môsià 11–18; Alma 17–20, 23–24). Nahoana no nahazo fahombiazana ireo misiônera roa ireo na dia samy hafa aza ny vokatra mivantana tamin'ny ezak'izy ireo?
- Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao izay zavatra nianaranao.

**Tadidio ireto**

- Ny tanjonao dia ny hanasa ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, ny fibebahana sy ny batisa ary ny fandraisana ny Fanahy Masina sy ny faharetana hatramin'ny farany.
- Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny no hany lalana izay hahafahantsika mahita ny fifaliana mandrakizay.
- Manome fahefana anao ny antsonao; ny fitandremana ny fanekempihavananao dia manome hery anao.
- Naverina amin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo fa mpaminany i Joseph Smith.
- Manampy ny olona hiaina ny filazantsara ianao amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hanao sy hitandrina ny fanoloran-tena.
- Mampiseho ny fitiavanao ny Tompo sy ny fankasitrahanao ny Sorompanavotany ianao amin'ny alalan'ny fitondrana fanahy eo Aminy.
- Mahomby ianao rehefa mankato sy miaina am-pahamarinana ary manao izay tsara indrindra vitanao mba hanampiana ny hafa hiaina ny filazantsara.

## Ny Asa fitoriana ny filazantsara

Ireto manaraka ireto dia fanambarana izay nataon'ny Filohan'ny Fiangonana ao amin'ity fotoampitantanana ity.

**Ny Filoha Joseph Smith (1830–1844)**

"Ankoatr'izay rehetra efa voalaza dia ny andraikitra lehibe sy manan-danja indrindra dia ny mitory ny filazantsara" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* sel. Joseph Fielding Smith [1976], 113).

"Aoka ny Olomasina hahatsiaro fa ny zava-dehibe rehetra dia miankina amin'ny ezak'izy ireo manokana, ary izy ireo dia antsoina ho mpiara-miasa amintsika sy ny Fanahy Masina amin'ny fanatanterahana ny asa lehibe amin'ny andro farany" (*Teachings of the Prophet Joseph Smith,* 178–79).

**Ny Filoha Brigham Young (1847–1877)**

"Tsy misy lehilahy na vehivavy ao amin'ity Fiangonana ity izay tsy manao asa fitoriana. Izany asa fitoriana izany dia haharitra mandritra ny fiainany, ary izany dia ny fanaovana ny tsara, ny fampahalalana ny fahitsiana, ny fampianarana ny fitsipiky ny fahamarinana ary ny fandresena lahatra ny tenan'izy ireo sy ny olona manodidina azy ireo hiaina ireo fitsipika ireo mba hahazoan'izy ireo ny fiainana mandrakizay" (*Discourses of Brigham Young,* sel. John A. Widtsoe [1954], 322).

Fanamarihana

### Ny Filoha John Taylor (1880–1887)

"Ny andraikintsika dia ny mitory ny filazantsara amin'ny olona rehetra. . . . Izany no handrasan'Andriamanitra amintsika" (*The Gospel Kingdom,* sel. G. Homer Durham [1943], 234–35).

### Ny Filoha Wilford Woodruff (1889–1898)

"Tonga teto an-tany isika mba hanatanteraka iraka; . . . dia ny mba hahafahantsika manana hery handeha sy hampitandrina ny firenena rehetra eran-tany. . . . Amin'ny maha-loholon'Isiraely, antsika dia vitsy amintsika no mahazo tanteraka ny toerana misy antsika, ny antsontsika, ary ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny andraikintsika na ny asa izay takian'ny Tompo hataontsika" (*The Discourses of Wilford Woodruff,* sel. G. Homer Durham [1946], 124).

### Ny Filoha Lorenzo Snow (1898–1901)

"Tsy misy olona eto an-tany ankoatra ny Tompo izay naniraka azy, izay liana tokoa amin'ny fahombiazan'ny rahalahy iray rehefa mitory ny filazantsara amin'ireo olona izay zanaky ny Tompo izy" (*The Teachings of Lorenzo Snow,* comp. Clyde J. Williams [1984], 70).

### Ny Filoha Joseph F. Smith (1901–1918)

"Manana asa nanirahana antsika isika eto an-tany: ny lehilahy tsirairay sy ny vehivavy tsirairay ary ny ankizy tsirairay izay efa mitombo ara-pahalalana sy tonga amin'ny taona maha-tompon'andraikitra dia tokony . . . ho mendrika ny hitory ny fahamarinana sy hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana" (*Gospel Doctrine,* 13th ed. [1968], 251–52).

### Ny Filoha Heber J. Grant (1918–1945)

"Amin'ny maha-vahoaka antsika dia manana zavatra iray lehibe hatao isika, ary izany dia ny mitory amin'izao tontolo izao mba hibebaka amin'ny fahotana sy hanatona an'Andriamanitra. Ary adidintsika ambonin'ny zavatra hafa rehetra ny mandeha sy mitory ny filazantsaran'i Jesoa Kristy Tompo, ny famerenana amin'ny laoniny indray eto an-tany ny drafitry ny fiainana sy ny famonjena. . . . Tena manana ny voahangy lafo vidy isika. Manana izay tena manan-danja mihoatra ny harena rehetra sy ny fahalalana ara-tsiantifika izay hananan'izao tontolo izao isika. Manana ny drafitry ny fiainana sy ny famonjena isika. . . . Ny fomba tsara indrindra hanehoana ny fitiavantsika ny mpifanolobodirindrina amintsika dia ny mitory ny filazantsaran'i Jesoa Kristy Tompo, izay ahitana ny fanomezany antsika ny fahalalana feno momba ny fahamasinan'izany" (in Conference Report, Apr. 1927, 175–76).

### Ny Filoha George Albert Smith (1945–1951)

"Izany no asa hanirahana anareo, ry rahalahy sy ranabavy ao amin'ny Fiangonana, izany no andraikitrareo. Nahazo maimaim-poana ianareo dia miandry ny hizaranareo maimaim-poana amin'ireo zanakalahiny sy zanakavaviny izany fahamarinana lehibe izany ny Raintsika any an-danitra" (*Sharing the Gospel with Others,* sel. Preston Nibley [1948], 213).

"Tsy hahazo ny fisandratana any amin'ny Fanjakana Selestialy isika raha tsy mizara amin'ireo zanak'Andriamanitra hafa ny fitahian'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy mitandrina ny didy izay hampivoatra ny fiainantsika eto sy aorian'izao" (*Sharing the Gospel with Others,* 190).

### Ny Filoha David O. McKay (1951–1970)

"Ny mpikambana tsirairay . . . dia misiônera!" (in Conference Report, Apr. 1959, 122).

"Ny toetra Kristianina marina dia ny fitiavana aseho amin'ny asa. Tsy misy fomba tsara hafa hanehoana ny fitiavana an'Andriamanitra noho ny fampisehoana fitiavana tsy misy fitiavan-tena ho an'ireo namanao. Izany no toetra amin'ny asa fitoriana ny filazantsara" (*Gospel Ideals* [1954], 129).

### Ny Filoha Joseph Fielding Smith (1970–1972)

"Henontsika fa misiônera daholo isika. Ny mpikambana tsirairay . . . dia misiônera na tokony ho misiônera; . . . amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika sy noho isika nirotsaka

Fanamarihana

amin'ny fampandrosoana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia lasa misiônera isika. Anjara andraikitry ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay izany" (*Take Heed to Yourselves* [1971], 27–28).

### Ny Filoha Harold B. Lee (1972–1973)

"Ny asa fitoriana ny filazantsara dia tsy inona fa fampianarana isan-tokantrano ihany amin'izao fotoana izao ho an'ireo izay tsy mpikamban'ny Fiangonana, ary ny fampianarana isan-tokantrano dia mitovitovy amin'ny asa fitoriana ny filazantsara ihany ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana" (*Improvement Era,* Dec. 1964, 1078).

### Ny Filoha Spencer W. Kimball (1973–1985)

"Izao no fotoana ao amin'ny fandaharam-potoanan'ny Tompo hitondrana lavidavitra ny filazantsara noho izay nitondrana azy teo aloha. . . . Misy olona maro izay mahalala na tsy mahalala eto amin'ity izao tontolo izao ity izay miantso hoe, 'Avia . . . ary ampio izahay.' Mety ho mpifanolobodirindrina aminao izany lehilahy izany. Mety ho namanao izany vehivavy izany. Mety ho havanao izany lehilahy izany. Mety ho vehivavy vao nifanena taminao omaly izany. Fa manana izay ilainy isika. Ndeha isika handray herimpo vaovao avy amin'ny fandalinantsika sy ny vavaka ataontsika, toy ny nataon'ny Petera, 'Koa ankehitriny, Tompo ô, . . . omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra" ' (Asan'ny Apôstôly 4:29)" (*Teachings of Spencer W. Kimball* [1982], 546).

### Ny Filoha Ezra Taft Benson (1985–1994)

"Tokony hizara ny filazantsara amin'ny hafa isika. Andraikintsika izany—ny mpikambana tsirairay dia misiônera. Izany no antson'ireo mpaminanin'Andriamanitra. . . .

". . . Ny asa fitoriana ny filazantsara ataon'ny mpikambana dia iray amin'ny fanalahidy lehibe amin'ny fandrosoana manokana ara-panahin'ireo mpikambana. Ny finoako dia ny mba hampitomboan'ny asa fitoriana ny filazantsara ataon'ny mpikambana, ny aim-panahy any amin'ny paroasy izay ampiharana izany" (*Teachings of Ezra Taft Benson,* 208–9).

### Ny Filoha Howard W. Hunter (1994–1995)

"Ny fitondrana ny filazantsara amin'ny fianakaviana sy amin'ny fiteny rehetra sy amin'ny olon-drehetra no tena hany andraikintsika lehibe eto an-tany. . . . Tombontsoa manokana ho antsika ny teraka amin'izao andro farany izao, izay mifanohitra amin'ny fotoampitantanana teo aloha, mba hanampy hitondra ny filazantsara eran'izao tontolo izao" ("Walls of the Mind," *Ensign,* Sept. 1990, 10).

"Inona no idiran'ny Sorompanavotana amin'ny asa fitoriana ny filazantsara? Isaky ny mahazo ny fitahiana avy amin'ny Sorompanavotana eo amin'ny fiainantsika isika dia tsy mety fa mieritreritra izay hanasoavana ny hafa. . . . Ny mari-pamantarana lehibe amin'ny fiovam-po manokan'ny olona iray dia ny faniriana hizara ny filazantsara amin'ny hafa." ("The Atonement and Missionary Work," Seminera ho filohan'ny misiôna vaovao, Jiona 1994).

### Ny Filoha Gordon B. Hinckley (1995– )

"Tonga eto isika mba hanampy ny Raintsika amin'ny asany sy ny voninahin: 'ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona' (Mosesy 1:39). Ny adidinao dia tena zava-dehibe eo amin'ny toerana iandraiketanao toy ny adidiko eo amin'ny toerana iandraiketako" (in Conference Report, Apr. 1995, 94; or *Ensign,* May 1995, 71).

"Aoka hisy fampitomboana ny fahatsiarovan-tena ao am-pon'ny mpikambana tsirairay amin'ny fahafahany mitondra ny hafa amin'ny fahalalana ny fahamarinana. Avelao izy hikolokolo an'izany. Aoka izy hivavaka amin-kafanam-po momba izany" ("Find the Lambs, Feed the Sheep," *Ensign,* May 1999, 106).

Fanamarihana

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

## Fandalinana Manokana

- Manomàna lahateny eo amin'ny roa na telo minitra momba ny iray amin'ireo fanontaniana tany amin'ny fiandohan'ity fizarana ity. Miomàna hizara izany amin'ny namana mpiara-mitory aminao na amin'ny misiônera hafa mandritra ny fivorian'ny distrika.

- Angataho ireo olona vao niova fo mba hitantara ny tantaran'ny fiovam-pon'izy ireo. Inona no nanampy azy ireo hahazo "ny finoana ho amin'ny fibebahana" (Alma 34:17)? Inona no nahatapa-kevitra azy ireo hatao batisa sy horaisina ho mpikambana? Manao ahoana izany lasa mpikambana vaovaon'ny Fiangonana izany ho azy ireo? Inona no fomba tsaratsara kokoa tokony nanampian'ny misiônera azy ireo?

- Diniho ny dikan'ny hoe mamoaka ny feo fampitandremana (jereo Jakôba 3:12; F&F 1:4; 38:41; 63:57–58; 88:81; 112:5; Ezekiela 3:17–21; 33:1–12). Soraty ny dikan'izany amin'ny alalan'ny fampiasana ny teninao manokana ary ahoana no fomba hahafahanao manao izany.

- Vakio Môrmôna 8 sy Môrônia 1 sy 10. Rehefa mamaky ianao dia manontania tena hoe, "Inona no fanantenan'i Môrônia amin'izao androntsika izao? Inona no tiany ataontsika amin'ny Bokin'i Môrmôna? Inona no tokony nolazaiko an'i Môrônia raha nanana fahafahana nanao izany aho?" Raketo ao anaty diarim-pianaranao ireo eritreritrao.

- Diniho ireo zava-nitranga teo amin'ny fiainanao ka nampatanjaka ny fijoroanao ho vavolombelona momba an'i Joseph Smith sy ny Famerenana amin'ny laoniny. Avy eo dia soraty ny valin'ity fanontaniana ity: Inona no nanampy anao nahafantatra fa niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy?

## Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Mifampizarà ny valin'ireo fanontaniana avy amin'ny "Diniho ireto" any amin'ny fiantombohan'ny fizarana.

- Mifampizarà ireo fanantenana sy faniriana momba ny asa fitorianao rehefa nandray ny antsonao amin'ny asa fitoriana ianao. Raha ny traikefanao hatramin'izao dia hatraiza amin'ireo fanantenanao no tanteraka? Ahoana no hahafahanao manatanteraka feno ireo fanantenanao ireo?

- Vakio sy diniho ny hoe "Fanompoana" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.

- Mifidiana iray amin'ireto misiônera lehibe ireto ary vakio ireo soratra masina nanovozan-kevitra notanisaina ireo. Rehefa mamaky izany ianao, dia resaho ny hoe (1) ahoana no fahatakaran'ilay misiônera sy nanolorany tena hanao ny antsony, (2) ahoana no fomba nanehoany ny fitondrantenany sy ny faniriany hanao ny asa, ary (3) ahoana no nanampiany ny hafa hanaiky ny filazantsara.

  Alma (Môsià 18)
  Aharôna (Alma 22; 23:1–6)
  Nefia and Lehia (Helamana 5)
  Petera (Asan'ny Apôstôly 2)
  Paoly (Asan'ny Apôstôly 16)

- Mifidiana hira roa ao anatin'ny lohahevitra "Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsara" izay ao amin'ny fihirana toy ny "Misaotra anao noho ny Mpaminany" (jereo ny pejy [00] 424). Vakio na hirao ny hira. Resaho ny dikan'ny tononkira.

- Miaraha mamaky ny "Finoana," "Mibebaka, Fibebahana," "Batisa, Manao batisa," sy "Fanahy Masina" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina.Vakio sy diniho ny soratra masina nanovozan-kevitra isaky ny lohahevitra.

- Miaraha mamaky ny "Fotoampitantanana" ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina. Vakio sy diniho koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 136:37.

## Ny Fivorian'ny Distrika sy fivoriam-paritra

- Manasà olona vao niova fo roa na telo mba hizara ny tantaran'ny fiovam-pony. Inona no tsapan'izy ireo momba ny misiônera? momba ny zavatra nampianarin'ireo misiônera? momba ny fitandremana ny fanoloran-tena? Inona no tena nahatonga ny fiovam-pony?

- Manasà mpitondra iray ao amin'ny fisoronana hiresaka amin'ny misiônera momba ny tombontsoa sy ny olana amin'ny fananganana ny fiangonana ao amin'ny faritra misy anao.

- Vakio Alma 18 ary diniho ireto fanontaniana ireto: Inona no zavatra tsapan'i Lamônia teo am-piantombohan'ny tantara? Ahoana no fiovan'izy ireo? Inona ireo fahatsapana tokony hananan'ny olona iray mba hahazoany ny fitahian'ny filazantsara? Vakio Alma 34:15–16, ary ampitahao amin'ny tantaran'i Lamônia izany. Ahoana no hahafahantsika mahazo famindram-po avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy?

- Diniho ny dikan'ny hoe misiônera mahomby. Asao ny misiônera hanome ohatra mivaingana momba ny fahombiazana.

- Zarao ao anaty vondrona telo ny misiônera. Asaivo mamaky ny Asan'ny Apôstôly 2:36–38 ny vondrona iray (Petera), ny vondrona iray mamaky ny Asan'ny Apôstôly 16:25–33 (Paoly), ary ny vondrona farany mamaky an'i Môsià 18:8–11 (Alma). Asaivo mamaly ny fanontaniana hoe, "Inona no nataon'ity misiônera ity mba nanampiana ny hafa hampitombo ny finoan'izy ireo an'i Kristy, hibebaka ary hatao batisa sy raisina ho mpikambana?" Diniho ny hoe inona no zavatra nianaran'ireo misiônera ireo avy amin'ireo tantara ireo, izay mety manampy azy ireo hampihatra ny finoana rehefa manasa olona hibebaka sy hatao batisa ary handray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

- Andro maromaro alohan'ny fivoriana dia asaivo misaintsaina ireo fanontaniana voafantina ao amin'ny "Diniho ireto" any amin'ny fiantombohan'ny fizarana ny misiônera maromaro. Angataho ny misiônera tsirairay hanomana lahateny eo amin'ny roa ka hatramin'ny telo minitra momba ny fanontaniana nasaina novaliany. Omeo fahafahana hanao ny lahateniny ny misiônera mandritra ny fivorian'ny distrika na ny fivoriam-paritra. Aorian'ny lahateny dia diniho ny hoe, inona no zavatra nianarany ary ahoana no fomba hampiasain'izy ireo an'izany amin'ny asa fitoriana ny filazantsara.

- Zarao ho vondrona efatra ny misiônera. Angataho ny vondrona tsirairay hanao lisitra faran'izay lava vitan'izy ireo ahitana ireo fahamarinana, ireo fanekempihavanana, sy ireo ôrdônansy izay naverina amin'ny laoniny sy nambaran'ny Mpaminany Joseph Smith. Asaivo mizara ny vokatr'izany izy ireo. Asao ny misiônera mba hizara ny fiantraikan'ny fahamarinana nambara tamin'ny alalan'ny Famerenana amin'ny laoniny, teo amin'ny fiainany.

## Filohan'ny Misiôna


- Mandritra ny dinidinika, dia angataho ireo misiônera hizara aminao matetika:
  - Ny fijoroany ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy.
  - Ny fijoroany ho vavolombelona momba ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ary ny asa nanirahana an'i Joseph Smith.
  - Ny fijoroany ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna.
  - Ny eritreriny momba ny tanjony amin'ny maha-misiônera azy ireo.

- Angataho ny misiônera hirakitra ao anatin'ny diarim-pianarany, izay tsapany momba ny tanjon'ny asa fitorian'izy ireo. Angataho izy ireo hizara izay nosoratany mandritra ny dinidinika.

- Mandefasa taratasy fiarahabana ho an'ny mpikambana vaovao.

Fanamarihana

Fanamarihana



# Ahoana no Fomba handalinako am-pahombiazana ary Hiomanako Hampianatra?

Fanamarihana

## Diniho Ireto

- Nahoana no zava-dehibe ny fandalinana ny filazantsara?
- Amin'ny fomba ahoana no hampisy fiantraikany ny fandalinako eo amin'ireo izay ampianariko?
- Nahoana aho no tokony hirakitra lalandava ao an-tsaina ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?
- Ahoana no ahafahako mianatra am-pahombiazana ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny sy miomana hampianatra ny hafa?
- Ahoana no fomba hanatsarako ny fandalinako manokana sy ny fandalinan'ny mpiara-mitory?

Ny Tompo dia nilaza hoe, "Aza mikatsaka hitory ny teniko fa katsaho aloha ny hahazo ny teniko ary amin'izay dia hovahana ny lelanao; amin'izay raha irinao dia hanana ny Fanahiko sy ny teniko ianao, eny, ny fahefan'Andriamanitra ho fandresen-dahatra ny olona" (F&F 11:21). Raha te-hampianatra am-pahombiazana ianao dia mila mahazo fahalalana ara-panahy. Mba hivoaranao ao amin'ny filazantsara sy hijanonanao amin'ny lalana izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay dia mila manana fahazarana handalina ny filazantsara ianao (jereo F&F 131:6). Ny fanananao fahazarana mandalina amin'ny maha-misiônera anao dia hitahy anao manokana ary hanampy ireo izay ampianarinao hitombo finoana ny Mpamonjy.

Fanamarihana

Tsy maintsy manomboka foana amin'ny vavaka ny fandalinana isan'andro mahomby. Ny fandalinana dia fanehoam-pinoana izay mitaky ny fampiasana ny fahafahan'ny tena misafidy. Maro ireo misiônera izay sahirana amin'ny fitadiavana ny fomba fandalinana am-pahombiazana. Ny sasany dia miantehitra tanteraka amin'ny hafa na amin'ny rafim-pandaharana voalamina mba hilaza amin'izy ireo izay tokony halalininy sy ny fomba fandalinany izany. Raha tena zava-dehibe ny mianatra amin'ny mpampianatra mahay, dia zava-dehibe kokoa noho izany ny fananana traikefam-pianarana misy lanjany izay ataonao manokana. Ny fahazoana vokany tsara avy amin'ny fandalinanao dia miankina amin'ny fananana faniriana mafy hianatra, amin'ny fandalinana "am-piniavana" (Môrônia 10:4), amin'ny "hanoanana sy hetaheta ny fahamarinana" (Matio 5:6), ary ny fitadiavana ny valin'ireo fanontanian'ireo naman'ny Fiangonana sy ny olan'izy ireo.

**Asa Atao: Fandalinana Manokana**

Jereo ny sarin'i Joseph Smith tao amin'ny pejy teo aloha. Vakio Joseph Smith—Tantara 1:11–13. Valio ao amin'ny diarim-pianaranao ireto fanontaniana manaraka ireto.

- Ahoana no fomba nahatonga ny famakian'i Joseph Smith ny Jakoba 1:5 sy ny fisaintsainany an'izany, hitondra azy any amin'ny fandraisana fanambarana?
- Inona no fiantraikan'ny fandalinany teo amin'ireo taranaka maro nifandimby taty aoriany?
- Inona no fiantraikan'ny fanapahan-keviny handalina sy hitady teo amin'ny fiainanao?
- Ahoana no fomba fiantraikan'ny fandalinanao ny filazantsara teo amin'ny fiainanao?

**Fandalinana Soratra Masina**

**Ahoana no fomba tian'ny Tompo handalinantsika ny filazantsara?**

2 Nefia 4:15–16
2 Nefia 32:3
F&F 58:26–28
F&F 88:118

## Mianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina

Mahomby indrindra ny fandalinanao ny filazantsara rehefa ampianarin'ny Fanahy Masina ianao. Atombohy foana amin'ny vavaka ny fandalinanao ny filazantsara ho fangatahana ny Fanahy Masina mba hanampy anao hianatra. Hitondra fahalalana sy faharesen-dahatra Izy, ka hitahy ny fiainanao sy hanome fahafahana anao hitahy ny fiainan'ny hafa izany. Hitombo ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Hitombo ny fanirianao hibebaka sy hihatsara.



Ity karazana fandalinana ity dia manomana anao amin'ny asa fanompoanao, mitondra fampaherezana sy mamaha ireo olana ary manome anao ny hery ahafahana haharitra hatramin'ny farany. Ny fandalinana filazantsara mahomby dia mitaky faniriana sy asa. "Fa izay mitady amim-pahazotoana tokoa no hahita; ary hovelabelarina amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ny mistery momba an'Andriamanitra, na amin'izao fotoana ankehitriny izao izany tahaka ny tamin'ny fahagolan-tany" (1 Nefia 10:19). Toa

Fanamarihana

an'i Enôsa, rehefa mangetaheta ny hahafantatra ny tenin'ny fiainana mandrakizay ianao ary rehefa mamela ireo teny ireo "[hilatsaka] lalina ao am-po[nao]" (Enôsa 1:3), dia hanokatra ny sainao sy ny fonao ho amin'ny fahazavana sy fahatakarana bebe kokoa ny Fanahy Masina.

Ny fianarana ny filazantsara dia karazana fandraisana fanambarana ihany koa (jereo Jakôba 4:8). Hoy ny Tompo tamin'i Oliver Cowdery: Indro, tsy azonao; noheverinao fa homeko anao izany rehefa tsy nanana eritreritra afa-tsy ny hangataka izany Amiko ianao. Nefa indro, lazaiko anao, fa tokony handinika izany ao an-tsainao ianao; rehefa izany dia tokony hanontany Ahy ianao raha marina izany, ary raha marina izany, dia hahamay ny ao anatin'ny tratranao Aho; koa ho tsapanao fa marina izany (jereo F&F 9:7–8). Rehefa mandalina ianao, dia mifantoha amin'ireo hevitra izay tonga ao an-tsainao sy ny fahatsapana tonga ao am-ponao, izay miompana indrindra amin'ireo olona ampianarinao.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no anjara asan'ny Fanahy Masina amin'ny fanampiana antsika hianatra ny filazantsara?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 32:5 | F&F 11:12–14 | Jaona 16:13 |
| Alma 5:45–46 | F&F 39:5–6 | 1 Korintiana 2:9–14 |
| Môrônia 10:5 | Jaona 14:26 | |

## Iaino izay ianaranao

Rehefa tsapanao ny fifaliana avy amin'ny fahatakarana ny filazantsara, dia haniry hampihatra izay nianaranao ianao. Miezaha hiaina amin'ny fomba mifanaraka amin'ny fahatakaranao. Ny fanaovanao izany dia mampahery ny finoanao sy ny fahalalanao ary fijoroana ho vavolombelona anananao. Ny fanaovana asa mifanaraka amin'ny zavatra nianaranao dia hitondra fahatakarana fanampiny sy maharitra (jereo Jaona 7:17).

Rehefa mitahiry an-tsaina ireo tenin'ny soratra masina sy ny tenin'ny mpaminany amin'ny andro farany ianao amin'ny alalan'ny fandalinana sy ny finoana dia hitombo ny fanirianao hizara ny filazantsara. Nampanantenaina ianao fa hanampy anao ny Fanahy hahafantaranao izay tokony hotenenina rehefa mampianatra ianao. Hoy ny Tompo, Aza manahy mialoha koa ny amin'izay holazainareo; fa raketo lalandava ao an-tsainareo ny tenin'ny fiainana dia homena anareo amin'izany ora izany ny ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay (jereo F&F 84:85).

*"Ny fotopampianarana marina, rehefa takatra, dia manova ny fihetsika sy ny fitondrantena. Ny fandalinana ny fotopampianaran'ny filazantsara no hanatsara haingankaingana kokoa ny fitondrantena raha oharina amin'ny fandalinana ny fitondrantena."*

– NY FILOHA BOYD K. PACKER
"LITTLE CHILDREN," *ENSIGN*, NOV. 1986, 17

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no ampianarin'ny soratra masina momba ny fianarana ny filazantsara?**

1 Nefia 10:17–19 | F&F 50:19–22 | F&F 88:118
F&F 11:21–22

## Fandalinana sy Fanomanana mba hampianarana ireo Lesona

Ny lesona (hita ao amin'ny fizarana faha-3) dia ahitana ireo fanontaniana amin'ny dinidiniky ny batisa, ireo fanoloran-tena, ary ireo fotopampianarana izay tokony ampianarinao. Hahita hevitra mahasoa ho an'ny fampianarana koa ianao ao anatin'ireo lesona ireo. Ireo lesona ireo anefa dia tsy milaza ny zava-drehetra tokony hoteneninao—na ny fomba hitenenana izany. Fa manana andraikitra kosa ianao hahatakatra tanteraka ireo lesona ary hampianatra amin'ny teninao manokana amin'ny alalan'ny Fanahy. Mampianara mba hanamafisan'ny hafa ny finoany an'i Jesoa Kristy, sy haniriany hibebaka ary hanaovany fanekempihavanana amin'Andriamanitra.

Ny mpampianatra mahomby dia miezaka hatrany hanatsara ny fahalalany sy ny fahaiza-manaony. Na dia tsy hampianatra ny zava-drehetra fantatrao momba ny fotopampianarana aza ianao dia hanamafy ny fijoroana ho vavolombelona anananao ny fahalalanao bebe kokoa ary hanatsara ny fahaizanao hampianatra miaraka amin'ny hery ara-panahy. Ho fantatrao fa mampiasa ny lesona araka ny tokony ho izy ianao rehefa:

- Mikatsaka sy manaraka ny fitarihan'ny Fanahy rehefa manomana sy mampianatra ireo lesona ianao.
- Miezaka ny handalina, sy hitahiry ao an-tsaina ary hampihatra lalandava ireo fotopampianarana eo amin'ny fiainanao.
- Miara-miasa amin'ny mpiara-mitory aminao mba hanaovana lamina manokana ho an'ny olona tsirairay izay ampianarinareo.
- Mifantoka amin'ny hevi-dehiben'ny hafatra sy ny fotopampianarana, rehefa mampianatra ianao.
- Manamboatra ny filaharan'ny lesona sy ny halavany ary ny hafainganany mba hifanaraka amin'izay ilain'ireo ampianarinao.
- Mampianatra matetika avy ao amin'ny soratra masina amin'ny fomba mazava sy amin'ny faharesen-dahatra.
- Mijoro ho vavolombelona matetika.
- Manampy ny hafa hanao sy hitandrina ny fanoloran-tena izay mitondra any amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

Ny fanaovana ireo zavatra ireo dia hahafahanao hanampy ny hafa hahazo fijoroana ho vavolombelon'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny.

Rehefa manomboka ny asa fitorianao ianao dia mila mianatra ny firafitry ny hafatra ary mianatra ireo fomba fampianarana ilaina. Rehefa mahazo traikefa ianao dia haniry hampitombo ny fahalalanao ary hampivelatra ny fahaizanao mampianatra. Rehefa miomana hamonjy fotoam-pampianarana ianao dia haniry ny hanana drafi-pampianarana izay manome fahafahana anao hampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy ary hanampy ny hafa hanao fanoloran-tena sy hitandrina izany. Ireo torolalana etsy ambany dia soso-kevitra izay azonao ampiharina mandritra ny asa fitorianao manontolo. Kanefa,

aza mieritreritra hoe tsy maintsy ampiasaina amin'ny toe-javatra rehetra izay miseho ireo torolalana rehetra. Fa ampiharo kosa ireo torolalana ireo arak'izay ilànao azy ary araka izay hitarihan'ny Fanahy anao. Raha mianatra fiteny vaovao ianao dia ampiharo amin'ny fiteninao aloha ireto torolalana ireto izay vao amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.

- **Mifantoha amin'ny fanoloran-tena sy amin'ny fanontaniana amin'ny dinidiniky ny batisa.** Mampianara mba hanaovan'ny olona fanoloran-tena ary hiomanany amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Fantaro tsara ny fanontaniana amin'ny dinidiniky ny batisa sy ny fanoloran-tena ho an'ny lesona tsirairay. Fantaro izay tokony ho fantatry ny olona iray sy izay tokony ho tsapa ary tokony hataony noho ny fampianaranao. Miaraha miasa amin'ny mpiara-mitory aminao mba hanazavana tsara sy amin-kery ireo fitsipika ireo amin'ny fampiasana teny manokana nofidinao.

- **Ianaro sy ampiharo ny fotopampianarana.** Ny fotopampianarana no fototra iorenan'ny lesona. Halalino amim-bavaka ny soratra masina, ireo lesona, ireo bokikely, ny "Hevitra ho an'ny Fampianarana," ary ny boky ampiasain'ny misiônera mba hahazoana fahatakarana mafy orina momba ny fotopampianarana. Mitadiava fitaovana izay manohana ny fotopampianaran'ny lesona. Ataovy izay ahatadidiavana ny filaharan'ireo fitsipiky ny fotopampianarana. Ampiharo izay nianaranao. Raketo ao amin'ny diarim-pianaranao izay nianaranao. Zarao amin'ny misiônera hafa izay nianaranao.

- **Alamino ary fintino izay tokony ampianarina.** Mba hiomanana hampianatra ny fotopampianarana amin'ny fomba mazava sy amin'ny hery ara-panahy, dia alamino sy fintino ho tonga drafi-pampianarana izay ampianarinao. Mifantoha amin'ny fotopampianarana, sy amin'ny fanontaniana amin'ny dinidiniky amin'ny batisa, ary amin'ny fanoloran-tena ao amin'ny lesona. Ateveno amin'ny soratra masina, sy fanontaniana, ary ohatra ny drafi-pampianaranao. Tokony hiova araka ny halavan'ny fotoam-pampianarana ireo zavatra ireo. Tsy tokony hanao drafi-pampianarana vaovao ho an'ny naman'ny fiangonana tsirairay ianao fa tokony hanohy hanatsara ireo drafi-pampianaranao ary hanova izany arak'izay ilain'ireo olona ampianarinao. Rehefa manomana drafi-pampianarana amin'ny voalohany ianao, dia ezaho ny ho tsotra sy fohy. Ateveno ny drafi-pampianaranao araka ny fahazoanao traikefa.



- **Mifantoha amin'izay zavatra ilaina.** Na natao ho an'ny tsirairay aza ny fotopampianaran'ny filazantsara dia tokony amboarinao ny fomba fampianaranao mba hifanaraka amin'izay ilain'ireo olona ampianarinao. Rehefa mandalina fotopampianarana sy manao drafi-pampianarana ianao, dia fantaro ireo faritra ao amin'ny lesona izay ahazoanao manamboatra ny fomba fampianarana mba hifanaraka amin'izay mety ho ilaina. Avereno dinihina sy hatsaraina ireo fanamboarana ireo rehefa miomana amina fotoana raikitra manokana ianao. Fantaro ireo fanasana izay hatolotrao. Mifantoha amin'ilay tanjona farany dia ny fanampiana ireo izay ampianarinao handray ny

Fanamarihana

Fanamarihana

filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

- **Miomàna hamaly fanontaniana.** Amin'ny maha-misiônera anao dia haheno fanontaniana maro ianao. Raketo ao amin'ny diarim-pianaranao ireo fanontaniana ireo. Tadiavo ao anatin'ny soratra masina na boky hafa ny valiny. Mivavaha mba hahazo fahalalana. Raketo ao amin'ny diarim-pianaranao ny valiny. Diniho miaraka amin'ny misiônera hafa izay hitanao. Ampio ao amin'ny diarim-pianaranao ireo fanontaniana mipetraka matetika sy ny valin'izany mba hanovozan-kevitra.
- **Ampianaro ny lesona.** Ny fampianarana dia tombontsoa lehibe iray hahafahanao manatsara ny fahalalanao sy ny fahaiza-manaonao. Rehefa mianatra ny fotopampianarana sy mandrafitra ny drafi-pampianarana ianao dia ampianaro ny mpiara-mitory aminao sy ireo misiônera hafa. Manandrama fomba fanazavana, sy fomba fampianarana, sy fomba fiasa sy fanontaniana ary fomba vaovao hanasana ny hafa hanao fanoloran-tena. Mangataha hevitra sy soso-kevitra.
- **Tombatombano ny fampianaranao.** Isaky ny aorian'ny fotoam-pampianarana dia tombano ny hatsaran'izay nataonao. Moa ve ianao nifantoka tamin'ny fotopampianarana? Moa ve ianao nanasa ireo naman'ny Fiangonana hibebaka sy hanao ary hitandrina fanoloran-tena? Moa ve ianao nanomana azy ireo amin'ny batisa sy amin'ny fandraisana ho mpikambana? Moa ve ianao nampiasa fanontaniana mahomby? Moa ve ianao nijoro vavolombelona? Moa ve ianao nangataka anaran'olona azo ampianarina? Amboary araka ny fivoaranao ny drafi-pampianaranao.

Rehefa mianatra ny lesona ianao dia tohizo ny fikatsahana fahalalana lalindalina kokoa ny fotopampianarana. Miezaha mafy hampianatra amin-kery bebe kokoa. Rehefa mandalina am-bavaka sy am-pinoana ianao dia hitombo ny fahalalanao sy ny fijoroana ho vavolombelona ananànao. Nefa aza manandrana mampianatra ny zavatra rehetra fantatrao. Ampianaro amin'ny fomba mazava sy tsotra ary mifototra amin'izay ilain'ny olona tsirairay ny hafatra, ary amin'ny fitarihan'ny Fanahy mba hampianatra ny ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay (jereo F&F 84:85).

#### Famaritana Teny

Manana hafatra lehibe ahitana voambolana manokana isika. Tahaka ny fahasamihafan'ny firesaky ny dokotera ao amin'ny efitrano fiandrasan'ny fianakaviana sy ny firesany ao amin'ny efitrano fandidiana, dia tahaka izany ihany koa no tokony hianaranao miresaka mba hahafahan'ireo izay tsy zatra loatra amin'ny hafatra entintsika hahatakatra izay ampianarinao.

Mba hanampiana ny hafa hahazo ireo teny tsy mahazatra azy ireo, dia ianaro ireo lisitry ny famaritana ireo teny manan-danja sy ireo teny ao amin'ny fizarana "Hevitra ho an'ny Fampianarana" ao amin'ny lesona tsirairay. Mizàra amin'ireo famaritana izay omena. Ampiasao ny *True to the Faith* sy ny Torolalana ho an'ny Soratra masina mba hahitana famaritana teny hafa. Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ireo famaritana ireo. Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao sy amin'ny hafa ireo famaritana ireo mba ahitanao raha azonao izany. Raha tsy mazava amin'ny hafa ireo famaritana dia avereno dinihina ireo famaritana ireo avy amin'ny boky izay nohalalininao.

Rehefa mampianatra ianao dia mahaiza manavaka raha vaovao amin'ilay olona ampianarinao ny teny na fitsipika nampianarinao. Makà fotoana hanazavana ireo teny na fitsipika tsy mahazatra. Tadidio ny mampianatra mba hahazoana fahalalana hahafahanao sy ireo izay ampianarinao mahazo hery sy miara-mifaly (jereo F&F 50:22).

Fanamarihana

**Asa Atao: Fandalinana Manokana**

Jereo ny lesona "Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy" izay hita ao amin'ny fizarana faha-3. Vakio ireo lisitry ny famaritana ireo teny manan-danja ao amin'ny fizarana hoe "Hevitra ho an'ny Fampianarana". Mitadiava teny telo hafa izay tianao ho faritana. Araho ny torohevitra etsy ambony raha mamorona famaritana tsirairay ho azy ireo ianao.

## Halalino ireo Hevitra sy Soso-kevitra

Ny hevitra sy ny soso-kevitra tsirairay ato amin'ity fizarana ity dia afaka ahatonga ny fotoam-pandalinanao hanome fahafaham-po sy hampitombo ara-panahy bebe kokoa. Diniho ireto manaraka ireto rehefa mandrafitra ny fotoam-pandalinanao ianao:

- Atombohy amin'ny vavaka foana.
- Manomàna atrik'asam-pandalinana izay hampiorina ny finoanao ao amin'ny Mpamonjy ary ampiasao amin'ny fomba hahazoam-bokatra ny fotoananao.
- Aompano amin'ireo olona ny drafitry ny fandalinanao, sy amin'ny zavatra ilainy, sy ny fanomanana azy ireo ho amin'ny batisa sy ny fandraisana azy ireo ho mpikambana ary ny faharetana hatramin'ny farany. Mariho ao anatin'ny diary fandaminam-potoananao ny drafitry ny fandalinanao.
- Arafeto ny fandalinanao amin'ny alalan'ny fanontaniana hoe: Inona no hampianariko anio? Ahoana no fomba ahafahako mandrafitra ny fandalinako mba hahafahako manampy tsara ireo izay ampianariko? Inona amin'ireo hevitra sy soso-kevitra ato amin'ity fizarana ity no hampidiriko ao amin'ny fandalinako?

Rehefa mandrafitra ny atrik'asam-pandalinanao ianao dia andramo ny sasany amin'ireto hevitra sy soso-kevitra manaraka ireto na ireo hevitra fanampiny azonao avy tamin'ny hafa.

### Ampiharo sy Iaino izay Ianaranao

- "Ampiharo" amin'ny tenanao izay ianaranao (jereo 1 Nefia 19:23).
- Mametraha tanjona mba hiaina izay ianaranao.
- Soloy amin'ny anaranao ny andinin-tenin-tsoratra masina iray mba hahatonga izany hiresaka momba anao.
- Manontania tena hoe, "Ahoana no fomba tokony hiovako noho izay zavatra nianarako?" Mametraha tanjona mifanandrify amin'izany.

**Asa Atao: Fandalinana Manokana**

Mifidiana iray amin'ireto soratra masina hanovozan-kevitra ireto. Rehefa mamaky sy misaintsaina ny andinin-tsoratra nofidianao ianao dia mitadiava fomba roa na telo izay ahafahanao mampihatra izany eo amin'ny fiainanao.

- 2 Nefia 31
- Alma 32:26–43
- Môrônia 7:32–48

Tombatombano hoe hatraiza ny fiainanao ireo fitsipika izay ampianarinao. Mifidiana fomba iray izay ahafahanao mivoatra ary manaova drafitra mba hanao izany.

Fanamarihana

### Mitadiava, Mandalinà, ary Mitadidiava

- Mba taitaitra. Manaova fanatanjahan-tena, mandroa ary mivavahà alohan'ny handalinanao.
- Mandalìna eo amin'ny birao na latabatra izay ahafahanao manoratra (aza mitsotra na mipetraka eo am-pandriana), omano ny fitaovam-pandalinanao, ary mba taitaitra hatrany.
- Mivavaha sy mangataha fahalalana.
- Mandalìna amin'ny alalan'ny fanarahana lohahevitra.
- Manontania tena hoe, "Inona no lazain'ny mpanoratra? Inona no votoatin'ny hafatra? Ahoana no fiantraikan'izany eo amiko?"
- Alaivo sary an-tsaina izay zavatra halalininao. Ohatra, eritrereto hoe nanao ahoana i Amôna raha nijoro teo anoloan'ny Mpanjaka Lamanita.
- Halalino ireo tenin'ireo mpaminany velona (ao amin'ireo boky nahazoana alalana ampiasain'ny misiônera sy ireo gazetibokin'ny fiangonana).
- Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ireo fanontanianao, ary ampiasao ny soratra masina sy ny tenin'ny mpaminany amin'ny andro farany ary ireo loharanom-pandalinana hafa mba hahitana valiny.
- Ny andinin-tsoratra masina iray dia mety ahitana hevitra maro. Tsipiho na mariho ireo teny na fehezan-teny mba hahafahanao manavaka ireo hevitra ao amin'ny andinin-tsoratra iray.
- Zarao amin'ny misiônera hafa izay nianaranao. Afaka mahazo fahalalana betsaka ianao rehefa manazava fotopampianarana sy fitsipika amin'olona hafa iray.
- Asio marika ny soratra masinao ary manaova fanamarihana eo amin'izy ireo. Soraty eo amin'ny sisin'ny boky ireo soratra masina hanovozan-kevitra izay manazava ny andinin-tsoratra halalininao.
- Tadidio ireo andinin-tsoratra masina izay manazava sy manamafy ireo fitsipika ampianarinao.

### Ampiasao Ireo Loharanom-pandalinana

- Ampiasao ireo fanampiana amin'ny fandalinana ao amin'ny boky soratra masina navoakan'ny Olomasin'ny Andro Farany (Torolalana ho an'ny lohahevitra, Bible Dictionary, Dikantenin'i Joseph Smith, Index to the triple combination, sasin-tenin'ny toko, fanamarihana hanovozan-kevitra, ary sarintany).
- Ampiasao ny leson'ny misiônera, ny boky nahazoana alalana ampiasain'ny misiônera, ny gazetibokin'ny Fiangonana ary ity boky ity.
- Avereno dinihina ireo sasin-tenin'ny toko ao amin'ny soratra masina. Ny famerenana izany dia hanome anao ny ambangovangon'izay tokony hotadiavina ao amin'ilay toko.
- Ampiasao ny diarim-pianaranao hiraketanao sy handaminanao izay zavatra ianaranao. Avereno dinihina matetika ireo hevitra noraketinao. Halamino tsara ny diarim-pianaranao mba hahafahanao hahatsiaro mora foana ireo zavatra nianaranao.
- Ampiasao ho toy ny boky azo soratana sy asiana marika ity boky ity. Ampiasao ireo faritra natokana ho an'ny fanamarihana mba hiraketana ireo fihetseham-po sy hevitra hitanao.
- Halalino ireo andinin-tsoratra masina izay tanisaina ao anatin'ity boky ity. Raketo ao anatin'ity boky ity na ao anatin'ny diarim-pianaranao ireo andinin-tsoratra masina hafa izay hitanao.

Fanamarihana

### Jereo ny Kisary Ankapobeny

- Manaova topy maso, na amin'ny alalan'ny famakiana haingana ny boky, na ny toko na ny andinin-tsoratra, na amin'ny alalan'ny famerenana mamaky ireo sasin-tenin'ny toko. Miezaha mba hahatakatra ny toe-javatra voarakitra sy ny votoatiny.
- Andramo soratana ao anatin'ny fehezanteny iray na ao anatin'ny andalana fohy ny hevi-dehiben'ny andinin-tsoratra.
- Ampiasao ny Baiboly sy ny sarintany mampiseho ny tantaran'ny Fiangonana mba hianarana ny jeografia, ny halavirana, ny toetrandro sy ny tany.
- Avereno dinihina ny filaharan'ireo zava-niseho sy ny kolotsaina. Vakio ny fampahalalana ara-tantara ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra masina sy ny famintinana ny toko sy ny fizarana.

**Asa Atao: Fandalinana Manokana**

Vakio ireo famintinana ny toko ao amin'ireto boky eto ambany ireto ary manorata fanazavana izay mamaritra ny toerana, ny zava-dehibe nitranga sy ny fotopampianarana lehibe ao amin'ny boky tsirairay.

1 Nefia　　Mosesy　　Asan'ny Apôstôly

### Karohy ny Antsipirian-javatra

- Jereo ireo teny manan-danja ary makà antoka fa azonao ny dikany. Ampiasao ireo fanamarihana hanovozan-kevitra, ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, na rakibolana hafa hamaritana teny. Jereo ny teny na fehezan-teny manodidina mba hamantarana ny hevitry ny teny manan-danja.
- Tadiavo ireo teny mpampitohy toy ny *koa noho izany, ary koa, noho izany, noho izany antony izany* ary ny hafa. Jereo avy eo ny fifandraisan'ireo andinin-tsoratra eo aloha sy ao aoriana.
- Ampiasao ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ahitana ny fomba nampiasaina ilay teny any amina toe-javatra hafa na ny fomba nampiasain'ireo mpaminany hafa io teny io ihany.
- Tadiavo ireo teny na fehezanteny tsy mahazatra ary makà antoka fa azonao izy ireo.

### Fanaovana Marika amin'ny Soratra masina

Ny fanaovana marika amin'ny soratra masinao dia afaka manampy anao hieritreritra lalina momba ny andinin-tsoratra na fotopampianarana ao amin'ny filazantsara. Afaka manao marika amin'ny soratra masinao amin'ny fomba maro ianao. Mitadiava fomba izay mety aminao. Misy torolalana momba ny fanaovana marika ireto ambany ireto.

- Mampiasà penisily hazo na penina miloko fanaovana marika. Aza mampiasa penina izay tanteraka any ambadiky ny taratasy.
- Lokoy matroka, na tsipiho, na ataovy anaty fononteny, na ataovy miavaka ny ampahany amin'ny andininy iray, na ny andininy manontolo na ny fitambaran'andininy maromaro.
- Ialao ny fanaovana marika be loatra. Very ny tombontsoa ilàna izany raha tsy azonao ny dikan'ny marika nataonao satria nanao fanamarihana, sy tsipika ary loko be loatra ianao.

Fanamarihana

- Teny manan-danja vitsivitsy ihany no tsipiho mba hanavahana andininy, na fizarana na toko.
- Ataovy anaty faribolana na tsipiho ireo teny manan-danja ary avy eo dia asio tsipika mahitsy mba hanohizana ireo teny mifandray akaiky.
- Rehefa misy andian-kevitra mifandray ao amin'ny andininy iray na andalan-tsoratra masina dia soraty eo amin'ny sisin'ny boky na eo amin'ny lahatsoratra ny laharany.
- Ampiasao ireo fanamarihana hanovozan-kevitra ho loharano ampiasana ny fanaovana marika sy ny fanazavana ireo soratra masina.
- Mametraha mari-pamantarana (toy ny marika fanamarinana) eo amin'ny sisin'ny boky ho an'ireo andininy izay heverinao fa tena ilaina tadidiana.

Ny fanaovana marika ao amin'ny soratra masina dia tokony hanampy anao hifantoka amin'ny fampiharana izay nianaranao sy amin'ny fampianarana ny hafa. Mamolavolà fomba fiasa mitombona sy manampy anao hanatanteraka ny tanjonao amin'ny maha-misiônera anao.

### Asa Atao: Fandalinana Manokana

Inona amin'ireo soso-kevitra ireo no tsy mbola nandramanao? Mitadiava soso-kevitra iray ao amin'ny "Halalino ireo Hevitra sy Soso-kevitra" mba handramanao atao mandritra ny fotoam-pandalinana manokana manaraka na miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao.

### Tadidio Ireto

- Ny fanohizana ny fanirianao hianatra dia zava-dehibe ho an'ny famonjena anao sy ny fahombiazanao amin'ny maha-misiônera anao.
- Mianatra ny filazantsara ianao amin'ny alalan'ny fandalinana sy ny finoana ary amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.
- Ny fianarana dia fifaliana ary mitondra fitahiana maro.
- Ny fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory isan'andro dia manamafy ny finoanao sy ny fahaizanao mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy.
- Mampiasà fomba fandalinana maro karazana izay hahatonga ny traikefa hisy dikany sy hahafinaritra.

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy ny Fampiharana

Fanamarihana

## Fandalinana Manokana

- Tsarao amin'ireto lafiny manaraka ireto ny tenanao (1= tsy manao mihitsy, 3=indraindray, ary 5=saika isan'andro).
  - Mieritreritra ny olona ampianariko aho rehefa mandalina.
  - Mandritra ny andro dia mieritreritra ny zavatra nohalaliniko tamin'ny maraina aho.
  - Rehefa mandalina aho dia misy hevitra tonga ato an-tsaiko izay tsy noeritreretiko teo aloha.
  - Raketiko ao amin'ny toerana mahamety azy ny fihetseham-po ara-panahy sy ny hevitra.
  - Resy tory aho rehefa mandalina.
  - Tsindrindaona aho hanao ny fandalinana manokana.
  - Tsindrindaona aho hanao ny fandalinana miaraka amin'ny mpiara-mitory.

  Avereno dinihina ireo valin-teninao. Inona no zavatra ataonao tsara? Moa ve misy valin-teny izay irinao ho hafa kokoa? Mametraha tanjona iray na roa izay hanatsara ny fandalinanao.

- Avereno dinihina ny fanontaniana ao amin'ny "Diniho Ireto" any amin'ny fiandohan'ity fizarana ity. Inona no fiantraikan'ireo fanontaniana ireo eo amin'ny fandalinanao?

- Avereno dinihina ny "Halalino ireo Hevitra sy Soso-kevitra." Mitadiava soso-kevitra iray avy amin'ny sokajy tsirairay izay tsy nampiasainao, ary andramo ireo hevitra ireo mandritra ny fandalinanao manokana.

- Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:1–11. Rehefa mamaky ireo andininy ireo ianao dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
  - Inona no tsy maintsy nataon'ny Filoha Smith mba hampisokatra ny sainy?
  - Inona no tsapany momba ny fotopampianarana izay nosaintsaininy?

- Vakio ny famaritana ny teny hoe fahalalana ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ary ny lisitry ny fanovozan-kevitra. Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ny valin'ny fanontaniana hoe "Inona no fahalalana afaka manampy ahy hanompoako ny Tompo amin'ny fomba mahomby amin'ny maha-misiônera ahy?"

- Mifidiana fotopampianarana iray ao amin'ny Fizarana faha-3 izay tianao ho azo tsara kokoa. Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ireo fanontaniana tianao hovaliana. Halalino tsara io fotopampianarana io mandritra ny fotoana voatokana (andro vitsivitsy), ary mivavaha manokana mba hahazoanao fahalalana bebe kokoa amin'izany. Soraty izay zavatra nianaranao.

- Vakio 1 Nefia 10:17; 11:1–6. Rehefa mamaky ireo andininy ireo ianao dia valio ny fanontaniana hoe "Nahoana no afaka nianatra izay zavatra fantatry ny rainy i Nefia?"

## Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Miaraha mamaky ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto. Valio ny fanontaniana hoe "Nahoana isika no tokony hitady fahazavana avy amin'Andriamanitra?"

  F&F 11:11–14 | Jaona 8:12 | Salamo 119:105
  F&F 84:43–47

Fanamarihana

- Miaraha mamaky ireto andinin-tsoratra masina maromaro eto ambany ireto ary diniho ireo fitahiana azo avy amin'ny fandalinana ny tenin'Andriamanitra. Iza amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo no tena mety hanampy tsara ireo izay ampianarinao?

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 10:19 | Alma 32:42–43 | F&F 130:19 |
| 2 Nefia 32:3 | Alma 37:44–46 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Soratra Masina," Fanampin-dohateny: "Ny Hasin'ny soratra masina," 221–22 |
| Môsià 1:6–7 | Alma 49:30 | |
| Alma 17:2–3 | F&F 90:24 | |

### Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Mifidiana lohahevitra iray avy amin'ny leson'ny misiônera izay nohalalininao tsara. Ataovy ireto manaraka ireto:
  - Mizarà hevi-dehibe roa na telo izay nianaranao avy tamin'ny fandalinanao ary nanampy anao tamin'ny fampianarana io lesona io.
  - Hazavao ny fomba nitondranao ny fandalinanao izay nanampy anao hahita ireo hevitra ireo (ny fomba famakianao, ny loharano nampiasainao, ny fanontaniana notadiavinao sy ny sisa).
  - Asehoy ny fomba niraketanao sy nandaminanao ny vokatry ny fandalinanao.

  Raha misy ny fotoana, dia mangataha misiônera vitsivitsy hanao izany koa.

- Ity atrik'asa ity dia mety ataon'ny tsirairay na ataon'ny vondrona kely. Asaivo mifidy iray amin'ireto fanontaniana ireto ny misiônera (na azonao atao ny mamorona ny sasany amin'ireo fanontanianao). Asaivo soratan'izy ireo ny fanontaniana.
  - Nahoana no tena manan-danja ny fianakaviana eo amin'ny drafitr'Andriamanitra?
  - Nahoana ny olona no mandalo fitsapana sy mijaly?
  - Inona no anjara asan'ny Fanahy eo amin'ny fiovam-po?

  Hazavao fa manana dimy ka hatramin'ny fito minitra izy mba:
  - Hahitana soratra masina hanovozan-kevitra roa farafahakeliny izay mamaly ilay fanontaniana.
  - Hanoratana fanazavana tsotra ny fomba hamalian'ireo soratra masina nofidiany an'ilay fanontaniana.
  - Hilazalaza izay ho ataony mba hitadidiany ny valiny.
  - Hilazalaza izay ho ataony mba handalinana bebe kokoa ilay fanontaniana.

  Asao ireo misiônera vitsivitsy (na ny vondrona tsirairay) hizara ny valim-panontaniany. Hiadio hevitra ireo valim-panontaniana.

- Asaivo manoratra fanontaniana iray na roa momba ny fitsipiky ny filazantsara na fotopampianarana avy amin'ny iray amin'ireo lesona ao amin'ny fizarana faha-3 izay tiany hahazoam-baliny ny misiônera. Asao ny misiônera mba hizara ny fanontaniany amin'ny vondrona. Isaky ny fanontaniana iray dia resaho ireto manaraka ireto:
  - Ahoana no hitahiana ny fiainan'ilay misiônera avy amin'ny famaliana izany fanontaniana izany?
  - Ahoana no hitahian'izany ny fiainan'ireo naman'ny Fiangonana?
  - Ahoana no fomba hahitan'ny misiônera iray ny valiny?

Fanamarihana

- Asaivo mizara fitsipiky ny filazantsara iray izay nampianarin'ny mpiara-mitory aminy azy ny misiônera maromaro. Asaivo hazavain'izy ireo ilay fitsipika sy ny fomba nampianaran'ny mpiara-mitory aminy azy an'izany.

- Zarao isaky ny mpiara-mitory na zarao ho vondrona kely ireo misiônera. Asaivo mamaky toko iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny vondrona tsirairay. Asaivo mifidy hevitra iray isaky ny sokajy ao amin'ireo sokajy ao amin'ny fizarana "Halalino ireo Hevitra sy Soso-kevitra" ny vondrona tsirairay. Asao ireo vondrona mba hampihatra ny soso-kevitra tsirairay avy rehefa mamaky miaraka ny toko vakiany izy ireo. Manokàna 15 ka hatramin'ny 20 minitra ho an'ny famakiana sy ny ady hevitra. Asaivo manazava ireo soso-kevitra izay nampiasainy, ny fomba nahombiazan'ilay soso-kevitra, ary ny zavatra nianaran'izy ireo ny vondrona tsirairay.

- Asaivo mieritreritra tantara iray na zava-niseho ao anatin'ny soratra masina izay manan-danja ho azy ny misiônera tsirairay (toy ny fahitan'i Lehia ny hazon'aina, ny lahatenin'ny mpanjaka Benjamina, ny Toriteny teo an-tendrombohitra, na ny fisehoan'i Kristy tamin'ny Nefita). Asaivo manao kisary tsotsotra na manoritsoritra ny fomba fahitan'izy ireo ny tantara izay nofidiany izy ireo. Asaivo mizara izay zavatra hitany ny misiônera roa na telo. Angataho ny hafa mba hitantara ny tantara ary hampifandray izany amin'ireo fotopampianarana ao amin'iray amin'ireo lesona. Vakio Môrônia 10:3 ary resaho ny lanjan'ny fisaintsainana lalina ny fahalalana ara-panahy.

## Ny Filohan'ny misiôna

- Asaivo mitondra ny diarim-pianarany mandritra ny dinidinika ny misiônera. Asaivo mizara toe-javatra iray aminao izy ireo.

- Mandritra ny dinidinika, dia apetraho ny sasany amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:
  - Inona avy ireo fihetseham-ponao tsapanao tato ho ato nandritra ny fandalinanao ny soratra masina?
  - Inona no fitsipiky ny filazantsara iray izay nampianarin'ny mpiara-mitory aminao anao vao haingana?
  - Iza amin'ireo fizarana na sampana ao amin'ity boky ity no tena nanampy anao nandritra ny roa herinandro lasa?
  - Inona no ataonao mandritra ny fandalinanao manokana izay tena manampy anao hianatra?

- Mandritra ny fivoriam-paritra dia manasà misiônera hizara traikefa manan-danja azon'izy ireo tamin'ny fandalinany manokana na tamin'ny fandalinana miaraka amin'ny mpiara-mitory.

- Mandritra ny fivoriam-paritra dia avelao ny misiônera hizara hevitra momba ny fandalinana manokana.

- Zarao amin'ny misiônera ireo traikefa izay nananao tamin'ny fandalinanao manokana. Mizarà toe-javatra avy ao amin'ny diarim-pianaranao sy ny fijoroanao vavolombelona momba ny maha-zava-dehibe ny fandalinana ny filazantsara.

- Raha afaka ianao dia mandraisa anjara miaraka amin'ny misiônera mandritra ny fandalinan'ny mpiara-mitory.

- Mandritra ny dinidinika dia asaivo mizara ny iray amin'ireo drafi-pampianarany avy amin'ny leson'ny misiônera iray ireo misiônera. Anontanio azy ireo ny fandraisan'izy ireo ireo fotopampianarana ireo.

Fanamarihana



Ny Toriteny teo An-tendrombohitra, nataon'i Carl Bloch. Nalaina avy tamin'ny modely ao amin'ny Trano Fiangonan'ny Château de Frederiksborg, Danemark. Nampiasaina rehefa nahazoana alalana avy tamin'ny Musée de Frederiksborg. Tsy azo adika.

# Inona no Ianarako sy Ampianariko?

Ny lesona ao anatin'ity fizarana ity dia ahitana ireo fotopampianarana, sy fitsipika ary didy ilaina izay tokony ianaranao, inoanao, tiavinao, sy iainanao ary ampianarinao. Ireo no asain'ireo mpaminany velona sy ireo apôstôly ampianarinao. Narindra izy ireo amin'ny fomba izay ahafahanao manampy ny hafa hahazo mazava tsara ny fotopampianaran'i Kristy.

Ireo lesona ato amin'ity fizarana ity dia:

- Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy
- Ny Drafitry ny Famonjena
- Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy
- Ny Didy
- Ny Lalàna sy Ôrdônansy

Ampianaro mialohan'ny batisa ireo lesona efatra voalohany. Makà antoka tsara fa afaka atao batisa sy raisina ho mpikambana ireo izay ampianarinao amin'ny alalan'ny fanaovana sy ny fitandremana ireo fanoloran-tena rehetra hita ao amin'ireto lesona ireto.

Ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra no mitarika ny fampianarana ireo lesona miaraka amin'ny fanampian'ireo misiônera ao amin'ny paroasy sy ireo mpikambana hafa. Aorian'ny batisa, dia ampianarina an'ireo mpikambana vaovao indray ireo lesona efatra voalohany ary koa ny "Lalàna sy ôrdônansy". Ireo mpitondra ao amin'ny paroasy dia manara-maso raha mandray andraikitra ireo misiônera ao amin'ny paroasy sy ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra amin'ny fakàna antoka fa ampianarina ireo lesona ireo, ary hoe hafiriana no handraisan'ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra anjara. Entano ny mpikambana vaovao tsirairay mba hitandrina ireo fanoloran-tena rehetra hita ao amin'ireo lesona ireo.

Tokony ampiasainao koa ireo lesona ireo mandritra ny fotoana fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao, ary mandritra ny fivorian'ny distrika sy ny

Fanamarihana

Fanamarihana

karazam-piofanana hafa. Rehefa mandalina ny soratra masina sy mirakitra ao an-tsainao ireo fotopampianarana ao amin'ireo lesona ireo ianao dia homen'ny Fanahy Masina anao amin'izany ora izany izay tokony holazainao sy tokony hataonao mba hanampiana ny hafa hahazo fijoroana ho vavombelona momba ny fahamarinan'ny fampianarana.

Amin'ny maha-misiônera anao dia manana andraikitra lehibe ianao hampianatra amin'ny fo sy miaraka amin'ny Fanahy. Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy dia nilaza hoe: "Ny tanjonay dia ny hampianatra ny hafatry ny filazantsara naverina amin'ny laoniny, amin'ny alalan'ny famelana ny Fanahy hitarika ireo misiônera sy ireo izay ampianarina. Ilaina ny mianatra ny votoatin-kevitr'ireo lesona, nefa tsy tokony hatao toy ny tsianjery ny fampianarana izany. Ilay misiônera dia afaka mampiasa ny voambolany manokana araka ny fibitsiky ny Fanahy Masina. Tsy tokony hanao toy ny tsianjery izay notadidiana izy fa tokony hiresaka avy amin'ny fo amin'ny alalan'ny fampiasana ireo voambolany manokana. Afaka miala amin'ny filaharan'ny lesona izy, ary mizara izay hitaoman'ny Fanahy azy, arakarak'izay tadiavina sy ilain'ny naman'ny Fiangonana. Rehefa mizara amin'ny alalan'izay inoany sy amin'ny alalan'ny voambolany manokana izy dia tokony hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana ao amin'ny fampianarany" ("Statement on Missionary Work," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002). Rehefa mianatra ireo lesona ireo sy miomana ny hampianatra ianao sy ny misiônera mpiara-mitory aminao, dia tadidio hatrany ireo torolalana ireo. Makà antoka hoe nampianarinao ireo fotopampianarana rehetra ao amin'ireo lesona ireo.

Raha tsy hoe angaha voatariky ny Fanahy Masina, dia tokony hampianatra feno izay ao anatin'ny tsirairay amin'ny lesona telo voalohany ianao araka ny filaharany izay nanoratana azy. Azo ampidirina koa ny sasany amin'ireo didy raha mety, na koa ampianarina toy ny lesona mitokana.

Ny lesona tsirairay dia ahitana ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa, ireo fanoloran-tena, sy ireo fotopampianarana izay tokony ampianarinao. Ianaro tsara ireo fotopampianarana. Mifantoha foana amin'ny fanampiana ireo izay ampianarinao hanao sy hitandrina ireo fanoloran-tena. Ampiasao ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa hanomanana ireo izay ampianarinao ho amin'ny batisa sy amin'ny fandraisana ho mpikambana. Ireo lesona koa dia manana hevitra ho an'ny fampianarana. Ampiasao ireo hevitra ireo mba hanamafisana ny fomba fiomananao sy fampianaranao.

### Ny Anjara Asan'ny Fitadidiana

Tadidio ireo soratra masina izay ho ampiasaina ao amin'ny fampianaranao. Mivonona ny hitadidy ny filaharan'ireo fotopampianarana ao amin'ny leson'ny misiônera tsirairay. Ireo misiônera izay mianatra fiteny hafa dia tokony hampifantoka ny fianarany ny fiteny ao amin'ny fiomanana hampianatra ireo leson'ny misiônera. Tokony hitadidy ireo voambolana, sy fehezanteny, sy karazam pehezanteny ary fanambarana fohifohy momba ny fotopampianarana izay hita ao amin'ny lesona izy ireo, kanefa alohan'izany dia tokony hisy dikany ho an'ny tena manokana aloha izany. Aza mitadidy lesona manontolo.

### Mampianara Mazava Tsara

Any amin'ny faran'ny tsirairay amin'ireo lesona telo voalohany dia misy lisitry ny teny izay mety tsy mahazatra an'ireo izay ampianarinao. Mianara fomba hamaritana ireo teny ireo amin'ny fomba tsotra. Rehefa mampianatra ianao dia ataovy izay hahamora ny fahazoana ny hafatra.

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no Asaina Ampianarinao?**

Môsià 18:18–20 F&F 43:15–16 F&F 52:9

**Maninona ianao no tsy maintsy mianatra ireo fotopampianarana ao amin'ny lesona?**

Alma 17:2–3 F&F 84:85

Fanamarihana

# Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny Laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy



© 1991 Greg K. Olsen. Tsy azo adika.

## Ny Tanjonao

Rehefa mampianatra ianao, dia omano ireo naman'ny fiangonanao mba hahafeno ireo fepetra ilaina ho an'ny batisa izay ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 sy ao amin'ny fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa. Tanteraka tsara izany amin'ny alalan'ny fanasana ireo naman'ny Fiangonana hanao sy hitandrina ireo fanoloran-tena izay tanisaina eto ambany.

**Fanontaniana amin'ny Dinidinika amin'ny Batisa**

- Mino ve ianao fa Andriamanitra dia ilay Raintsika Mandrakizay?
- Mino ve ianao fa i Jesoa Kristy dia Zanak'Andriamanitra, sy Mpamonjy ary Mpanavotra an'izao tontolo izao?
- Mino ve ianao fa ny Fiangonana sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith?
- Mino ve ianao fa [Ny Filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao] dia mpaminanin'Andriamanitra? Midika inona aminao izany?

**Fanoloran-tena**

- Hamaky sy hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?
- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa mpaminany i Joseph Smith?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka mametraka fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Ireo didy hafa avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Andriamanitra dia Ilay Raintsika be Fitiavana any An-danitra

Andriamanitra dia ilay Raintsika any an-danitra. Zanany isika. Manana vatana nofo sy taolana izay feno voninahitra sy tanteraka Izy. Tia antsika Izy. Miara-mitomany amintsika Izy rehefa mijaly isika ary faly Izy rehefa manao ny marina isika. Te-hifandray amintsika Izy ary afaka mifandray Aminy isika amin'ny alalan'ny vavaka avy amin'ny fo.

Nomena izao traikefa eto an-tany izao isika mba hahafahantsika mianatra sy mivoatra. Afaka mampiseho ny fitiavantsika Azy isika amin'ny alalan'ny safidintsika sy ny fankatoavantsika ny didiny.

Ny Ray any an-danitra dia nanome antsika zanany lalana iray izay ahafahantsika mahazo fahombiazana eto amin'ity fiainana ity ary miverina miaina eo anatrehany indray. Nefa tsy maintsy madio tsy misy pentina amin'ny alalan'ny fankatoavana isika mba hahatanteraka izany. Ny tsy fankatoavana dia mampiala antsika tsy ho eo Aminy. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ivo ao anatin'ny drafitr'Andriamanitra. Ny Sorompanavotana dia nahitana ny fijaliany tao amin'ny Zaridainan'i Getsemane, ary koa ny fanaintainany sy ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotana dia afaka amin'ny vesatry ny otantsika isika ary afaka mampitombo ny finoana sy ny hery hiatrehana ireo fitsapantsika.

### Ny Finoana momba an'Andriamanitra

Fantaro ny fahazoan'ny olona tsirairay ampianarinao ny finoan'ny Kristianina momba an'Andriamanitra. Maro ny olona eto amin'izao tontolo izao ankehitriny, na tsy manana hevitra momba an'Andriamanitra, na manana fijery tena hafa momba ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra.

Nisy misiônera roa tao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia i Amôna sy Aharôna, izay nampianatra olona tsy nanana fahalalana kristianina. Nampianatra fahamarinana tsotra ary nanasa ireo naman'ny Fiangonana hivavaka izy ireo. Niova fo i Lamônia sy ny rainy. Vakio Alma 18:24–40 sy 22:4–23, ary valio ireto fanontaniana eto ambany ireto:

- Inona no nampianarin'ireto misiônera ireto momba ny toetoetran'Andriamanitra?
- Ahoana no fomba hanarahanao ny ohatr'izy ireo?

### Fandilanana Soratra masina

**Inona ny toetoetran'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia17:36 | 3 Nefia 27:13–22 | Jaona 3:16–17 |
| 2 Nefia 9:6 | F&F 38:1–3 | Asan'ny Apôstôly 17:27–29 |
| Môsià 4:9 | F&F 130:22 | Romana 8:16 |
| 3 Nefia 12:48 | Mosesy 1:39 | Hebreo 12:9 |
| 3 Nefia 14:9–11 | Matio 5:48 | 1 Jaona 4:7–9 |

## Mitahy ny Fianakaviana ny Filazantsara

Ny filazantsara naverina amin'ny laoniny dia mitondra fahasoavana sy manampy ireo mpivady, sy ireo ray aman-dreny sy zanaka, rehefa miezaka ny hanamafy ny fifandraisana sy hampitombo ny hery ara-panahy eo amin'ny fianakaviany izy ireo. Ireo fitahiana ireo dia mety azo amin'izao fotoana izao sy any amin'ny mandrakizay. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manome fanampiana amin'ireo olana sy ireo fanamby misy amin'izao fotoana izao.

Koa satria voatendrin'Andriamanitra ny fianakaviana, dia vondrona sôsialy manandanja indrindra amin'izao fotoana izao sy any amin'ny mandrakizay izy ireo. Nanorina ny fianakaviana Andriamanitra mba hitondràna fifaliana ho an'ireo zanany, mba hanomezana fahafahana azy ireo hianatra ireo fitsipika marina ao amin'ny toerana hanjakan'ny fitiavana, ary mba hanomanana azy ireo ho amin'ny fiainana mandrakizay.

Fanamarihana

Ny tokantrano no toerana tsara indrindra ampianarana sy ianarana ary ampiharana ireo fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ny tokantrano izay mifototra amin'ny fitsipiky ny filazantsara dia ho toerana fialofana sy voaro. Ho toerana izay ahafahan'ny Fanahin'ny Tompo mitoetra izany, ka hitahy ny fianakaviana amin'ny fiadanana, fifaliana ary fahasambarana. Avy amin'ny alalan'ny mpaminany tamin'ny fotoana rehetra, ao anatin'izany koa ny antsika, no nanambaran'Andriamanitra ny drafitry ny fahasambarana ho an'ny olona tsirairay ary ho an'ny fianakaviana.


## Manambara ny Filazantsarany isaky ny Fotoampitantanana ny Ray any An-danitra

Ny fomba lehibe iray hanehoan'Andriamanitra ny fitiavany antsika dia amin'ny alalan'ny fiantsoana mpaminany, izay nomena ny fisoronana—ny hery sy fahefana nomena ny olona hiasàna amin'ny anaran'Andriamanitra mba ho famonjena ireo zanany. Mandray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy avy amin'ny alalan'ny fanambarana ny mpaminany. Avy eo izy ireo dia mampianatra ny filazantsara amin'ny hafa sy mijoro ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy ho Mpamonjy sy Mpanavotra. Ny fampianaran'ireo mpaminany dia hita ao anatin'ireo boky masina antsoina hoe soratra masina.

Ilay drafitr'Andriamanitra ho antsika mba hahazoantsika fahombiazana eto amin'ity fiainana ity ary mba hiverenantsika hiaina miaraka aminy indray dia antsoina hoe ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary ny Sorompanavotan'i Jesoa no ivon'izany drafitra izany. Avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka mahazo ny fiainana mandrakizay isika raha mampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy, mibebaka, atao batisa asitrika ho famelana ny fahotana, sy mandray ny fanomezan'ny Fanahy Masina ary maharitra hatramin'ny farany. "Izany no làlana; ary tsy misy làlana na anarana hafa nomena ambanin'ny lanitra, izay hahazoana mamonjy ny olona ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Ary ankehitriny, indro izany no fotopampianaran'i Kristy" (2 Nefia 31:21). Ny olona rehetra dia manana ny fanomezam-pahasoavana ahafahana misafidy, izay ahitana ny fahafahana manaiky na mandà ny filazantsara arak'izay ampianarin'ny mpaminany sy ny apôstôly izany. Ireo izay misafidy ny hankato dia hahazo fahasoavana, fa ireo izay tsy miraharaha kosa, na mandà, na manova ny filazantsara dia tsy mahazo ny fahasoavana nampanantenain'Andriamanitra.

Isaky ny misafidy ny tsy hiraharaha, tsy hankato, na hanova izay fitsipika na ôrdônansy ao amin'ny filazantsara ny olona, isaky ny mandà ireo mpaminanin'Andriamanitra, na koa isaky ny tsy maharitra am-pinoana izy ireo dia manalavitra an'Andriamanitra ary manomboka miaina ao anatin'ny fahamaizinana ara-panahy. Avy eo izany dia mitarika amin'ny toe-javatra iray antsoina hoe Apôstazia. Rehefa mitranga ny fihanahan'ny Apôstazia dia esorin'Andriamanitra ny fahefan'ny fisoronana hampianarana ary hanatanterahana ireo ôrdônansin'ny filazantsara.

Fanamarihana



Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia mirakitra ohatra maro momba ny niresahan'Andriamanitra tamin'ireo mpaminany, ary miresaka ihany koa ohatra maro momba ny apôstazia. Mba hamaranana ny apôstazia niseho teo anivon'ny olona dia nampisehoan'Andriamanitra ny fitiavany an'ireo zanany tamin'ny fiantsoana mpaminany ary tamin'ny fanomezana azy ny fahefan'ny fisoronana mba hamerenana amin'ny laoniny sy hampianarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy indray. Raha ny marina, dia miasa ho toy ny mpitandrina izay miambina ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany ny mpaminany. Ireo vanim-potoana tarihan'ny mpaminany ireo dia antsoina hoe fotoampitantanana.

Nanambara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'i Adama Andriamanitra ary nanome azy ny fahefan'ny fisoronana. I Adama no mpaminany voalohany teto an-tany. Tamin'ny alalan'ny fanambarana no nianaran'i Adama ny tena fifandraisan'ny olombelona amin'Andriamanitra Ray sy amin'ny Zanany Jesoa Kristy ary amin'ny Fanahy Masina, ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty, ary ireo fitsipika sy ôrdônansy voalohan'ny filazantsara. Nampianatra ny zanany ireo fahamarinana ireo i Adama sy Eva ary nanentana azy ireo mba hampitombo ny finoana ary hiaina ny filazantsara amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainany. Nisy mpaminany hafa taorian'i Adama, nefa nisy ny fotoana izay nanarian'ny taranak'i Adama ny filazantsara ary nilatsahany tao anatin'ny apôstazia ary nisafidianany ny tsy ho marina.

Izany no nanombohan'ny môdelin'ny fotoampitantanan'ny mpaminany izay mameno ny ankamaroan'ny tantara voarakitrin'ny Testamenta Taloha. Nambaran'ny Ray any an-danitra tamin'ny firesahana mivantana tamin'ireo mpaminany toa an-dry Noà, Abrahama sy Mosesy ny filazantsarany. Ny mpaminany tsirairay dia nantsoin'Andriamanitra mba hanomboka fotoampitantanan'ny filazantsara vaovao iray. Nanome ny fahefan'ny fisoronana tamin'ireo mpaminany tsirairay avy ireo Andriamanitra ary nambara ny fahamarinana mandrakizay. Nampalahelo anefa fa isaky ny fotoampitantana tsirairay dia nampiasa ny fahafahany misafidy ny olona ka nifidy ny handà ny filazantsara ka nilatsaka tao anatin'ny apôstazia.

**Ny Mpaminany**

Fantaro ny fahazoan'ilay olona ampianarinao momba ny mpaminany. Ao amin'ny ankamaroan'ny kolotsaina dia misy ny olona izay mino fa ny olona masina na taomin'ny fanahy dia mahazo karazana fitarihana sy fitantanana avy amin'Andriamanitra. Kanefa, tsy ny olona rehetra izay taomin'ny fanahy akory dia mpaminanin'Andriamanitra avokoa, araky ny voafaritra ao anatin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Hazavao tsara fa Andriamanitra dia manorina ny fanjakany ety ambonin'ny tany amin'ny alalan'ny fiantsoana mpaminany mba hanomboka fotoampitantanana iray vaovao. Omeny an'io mpaminany io ny fahefan'ny fisoronana. Avy eo ilay mpaminany dia manampy ny olona hahatakatra ny fifandraisan'izy ireo amin'Andriamanitra, ao anatin'izany ny fomba ahazoana ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Fanamarihana

Mety hanontany tena ianao ny momba ny fomba maha ilaina ireo fotoampitantanana filazantsara rehefa mampianatra olona tsy manana fahalalana na kolotsaina kristianina. Fa ho hitanao fa rehefa mitantara fohifohy ny tantaran'ireo fotoampitantanana filazantsara ianao dia afaka manampy ny olona hahazo fa tia ny zanany Andriamanitra ary tsy miova Izy omaly, anio ary mandrakizay.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Ny Mpaminany**

Jakôba 4:4, 6
Môsià 8:13–18
Asan'ny Apôstôly 10:34–43
Amosa 3:7

**Ny Fotoampitantanana**

F&F 136:36–38
Mosesy 5:4–12, 55–59
Mosesy 8:19–30
Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Fotoampitantanana"

## Ny Asa fanompoan'ny Mpamonjy teto An-tany

Taonjato vitsivitsy talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy dia nilatsaka tao anatin'ny apôstazia indray ny olona. Fa rehefa nanomboka ny asa fanompoany teto an-tany ny Mpamonjy dia naoriny teto ambonin'ny tany indray ny Fiangonany.

Nandefa ny Zanany tety ambonin'ny tany ny Ray any an-danitra mba hanonitra ny fahotan'ny olona rehetra ary handresy ny fahafatesana: "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany lahitokana . . . mba hamonjeny izao tontolo izao" (Jaona 3:16–17). Nandefa ny Zanany, Jesoa Kristy, ny Raintsika any an-danitra, mba hitondra tamin'ny alalan'ny fijaliany, ny fahotan'ireo rehetra izay hiaina eto amin'ity tany ity ary mba handresy ny fahafatesan'ny vatana. Ny Mpamonjy dia nanao sorompanavotana tsy manam-petra, mba hahafahantsika mahazo ny famelana ny helontsika ary mandray sy manaraka ny lalana izay mitondra antsika any amin'ny fiainana mandrakizay ho eo anatrehan'Andriamanitra, raha toa isika manam-pinoana Azy, ka mibebaka, sy atao batisa, ary mandray ny Fanahy Masina sy maharitra hatramin'ny farany (jereo 2 Nefia 31:13–21).



Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany, dia nampianatra ny filazantsarany ny Mpamonjy ary nanao fahagagana maro. Niantso lehilahy roambinifolo Izy ho Apôstôliny ary nametraka ny tanany teo ambonin'ny lohan'izy ireo mba hanome azy ireo ny fahefan'ny fisoronana. Nanorina ny Fiangonany Izy, nanatanteraka ny faminaniana, dia nolavina ary nohomboana. Ny zava-dehibe indrindra dia nahatontosa ny Sorompanavotana Izy. Ny Zanak'Andriamanitra, ny Tompo Jesoa Kristy, dia nahatanteraka izay rehetra nanirahan'ny Rainy any an-danitra Azy.

Talohan'ny nahafatesan'ny Mpamonjy sy ny nitsanganany tamin'ny maty, dia nomeny ireo Apôstôliny ny fahefana hampianatra ny filazantsarany, sy hanatanteraka ireo ôrdônansin'ny famonjena, ary hanorina ny Fiangonany eran'izao tontolo izao.

**Fandalinana Soratra masina**

Fanekem-pinoana 1:5
Matio 10:1–10
Lioka 6:13
Jaona 15:16
Hebreo 5:4

Fanamarihana

## Ny Apôstazia Lehibe

Taorian'ny nahafatesan'i Jesoa Kristy dia nenjehin'ireo olona ratsy fanahy ireo Apôstôly sy ireo mpikamban'ny Fiangonana ary novonoiny ny maro tamin'izy ireo. Niaraka tamin'ny fahafatesan'ny Apôstôly, dia nesorina teto an-tany ireo fanalahidin'ny fisoronana sy ny fahefana miahy ao amin'ny fisoronana. Ireo Apôstôly dia nitazona ireo fotopampianaran'ny filazantsara ho madio tsy misy pentina ary nitandrina ny filaminana sy nametraka ny fitsipiky ny fahamendrehana ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana. Noho ny tsy fisian'ny Apôstôly dia niova ireo fotopampianarana rehefa nandeha ny fotoana, ary nisy ireo fanovana tsy nahazoana alalana natao teo amin'ny rafitry ny Fiangonana sy ireo ôrdônansin'ny fisoronana, toy ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Nohon'ny tsy fisian'ny fanambarana sy ny fahefan'ny fisoronana dia niantehitra tamin'ny fahaizan'olombelona ny olona nanazavana ny soratra masina sy ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Hevi-diso no nampianarina ho fahamarinana. Very avokoa ny ankamaroan'ny fahalalana momban'ny toe-tena sy ny toetoetra marin'Andriamanitra Ray sy ny Zanany Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina. Ireo fotopampianarana momba ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina dia novaina na nohadinoina. Ny fahefan'ny fisoronana izay nomena ireo Apôstôlin'i Kristy dia tsy teto an-tany intsony. Izany Apôstazia izany avy eo no nitondra tamin'ny fitsanganan'ny fiangonana maro.

Taorian'ny taonjato maro nisian'ny fahamaizinana ara-panahy dia nanohitra ireo fomba fivavahana nisy tamin'izany ireo lehilahy sy vehivavy nikatsaka ny fahamarinana. Hitan'izy ireo fa maro tamin'ireo fotopampianarana sy ôrdônansin'ny filazantsara no novaina na very. Nitady fahazavana ara-panahy lehibe kokoa izy ireo ary maro no nilaza fa ilaina ny famerenana amin'ny laoniny ny fahamarinana. Kanefa tsy nilaza kosa izy ireo hoe nantsoin'Andriamanitra ho mpaminany. Fa kosa nanandrana nanavao ireo fampianarana sy fomba amam-panao izay noheverin'izy ireo fa novaina na nosolokina. Ny ezak'izy ireo dia nitondra tany amin'ny fananganana fiangonana Protestanta maro. Io Fanavaozana io dia nitarika tamin'ny fifantohana bebe kokoa tamin'ny fahalalahana ara-pinoana, izay nanokatra ny lalana ho an'ny Famerenana amin'ny laoniny farany.

Ireo Apôstôlin'ny Mpamonjy dia efa nanambara mialoha ity Apôstazia faobe ity. Nanambara mialoha koa izy ireo fa haverina amin'ny laoniny eto ambonin'ny tany indray ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany.

Fanamarihana

## Fandalinana Soratra Masina

1 Nefia13
2 Nefia 26:20–21
2 Nefia 28
4 Nefia 1:27
F&F 86:1–3
Matio 24:9–11
Marka 12:1–9
Asan'ny Apôstôly 3:19–21
Asan'ny Apôstôly 20:28–30
Galatiana 1:6–9
2 Tesaloniana 2:1–12 (DJS andininy faha 2, 3, 7–9)
1 Timoty 4:1–3
2 Timoty 4:3–4
2 Petera 2:1–2
Amosa 8:11–12
Torolalana ho an'ny soratra masina, "Apôstazia"
*True to the Faith,* pejy 13–14
*Our Search for Happiness,* pejy 23–32
*Jesus the Christ,* toko faha-40, "The Long Night of Apostasy"

## Ny Apôstazia Lehibe

Tokony ho takatry ny naman'ny Fiangonana fa nisy apôstazia faobe nitranga taorian'ny nahafatesan'i Jesoa Kristy sy ny Apôstôliny. Raha tsy nisy ny apôstazia dia tsy ho nilaina ny Famerenana amin'ny laoniny. Mamiratra kokoa ny diamondra rehefa harenty eo ambonin'ny lamba volory mainty, dia toy izany koa ny Famerenana amin'ny laoniny izay tena miavaka raha ampitahana amin'ny aloky ny fahamaizinan'ny Apôstazia Lehibe. Araka ny fitarihan'ny Fanahy dia ampianaro momba ny Apôstazia Lehibe ny naman'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny fanazavana izay mifanaraka amin'ny ilainy sy ny zava-mitranga eo amin'ny fiainany. Ny Tanjonao dia ny hanampy azy ireo hahazo ny antony ilàna ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy.

### Ireo Votoatin-kevitra Manan-danja

- Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia miorina amin'ny fototra izay ahitana ireo apôstôly sy mpaminany (Jereo Efesiana 2:19–20; 4:11–14). Ireo mpitondra ireo dia manana ny fahefana masin'ny fisoronana. Amin'ny alalan'ny fanambarana no hitantanan'izy ireo ny asa amandraharahan'ny Fiangonana. Mitazona ny fahadiovan'ny fotopampianarana izy ireo sy manome alalana ny fanatanterahana ireo ôrdônansy, ary miantso ny hafa sy manome ny fahefan'ny fisoronana.
- Nandà ary namono an'i Jesoa Kristy sy ireo Apôstôly ny olona (jereo Matio 24:9; 1 Nefia 11:32–34; 2 Nefia 27:5). Niaraka tamin'ny nahafatesan'ireo Apôstôly, no tsy nahitana intsony tao amin'ny Fiangonana ny fahefana miahy ao amin'ny fisoronana. Noho izany dia tsy nisy intsony ny fahefana hanomezana ny Fanahy masina na hanatanterahana ôrdônansin'ny famonjena hafa. Nitsahatra ny fanambarana ary lasa novaina ny fotopampianarana.
- Na dia talohan'ny nahafatesan'ireo Apôstôly aza dia efa maro ireo tsy fifankahazoana nitranga momba ny fotopampianarana. Ny Fanjakana Romana izay nanenjika ireo Kristianina tamin'ny voalohany dia lasa nandray ny finoana Kristianina taty aoriana. Ireo fanontaniana lehibe momba ny finoana dia novahana tamin'ny alalan'ny filan-kevitra. Ireo fotopampianarana tsotra sy ireo ôrdônansy nampianarin'ny Mpamonjy dia lasa ady hevitra ary novaina hifanaraka amin'ny filôzôfian'izao tontolo izao (jereo Isaia 24:5). Novaina ny endrikin'ny soratra masina, ary nesorina tao ireo fotopampianarana tsotra sy sarobidy (1 Nefia 13:26–40). Namorona fanekem-pinoana, na fanambarana momba ny finoana mifototra amina fotopampianarana diso sy novaina izy ireo (jereo Joseph Smith—Tantara 1:19). Noho ny fieboeboana, dia nitady toerana mba ho lohany ny sasany (jereo 3 Jaona 1:9–10). Nanaiky ireo hevi-diso ireo ny olona ary nanome voninahitra ireo mpampianatra sandoka izay nampianatra fotopampianarana mahafinaritra fa tsy ny fahamarinan'Andriamanitra (jereo 2 Timoty 4:3–4).
- Araka ny tantara dia maro ny olona nino tokoa ireo fanekem-pinoana sy fotopampianarana diso ireo. Nivavaka araka ny fahazavana izay nananany izy ireo ary nahazo valim-bavaka. Nefa izy ireo dia tsy [n]ahita ny fahamarinana satria tsy fantany izay ahitana izany fotsiny (jereo F&F 123:12).

Fanamarihana

- Noho izany dia famerenana amin'ny laoniny fa tsy fanavaozana no nilaina. Ny fahefan'ny Fisoronana dia tsy nitohy ho toy ny fifandimbiasam-pahefana tsy tapaka avy tamin'i Apôstôly Petera. Ny atao hoe manavao dia manova izay efa misy; ary ny mamerina amin'ny laoniny dia ny mamerina zavatra iray araka ny endriny tena izy. Noho izany dia ny famerenana amin'ny laoniny ny fahefan'ny fisoronana amin'ny alalan'ny iraka avy tamin'Andriamanitra no hany lalana azo nandresena ny Apôstazia lehibe.

## Ny Famerenana amin'ny Laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'i Joseph Smith

Rehefa tonga ny fotoana nahamety izany, dia nampiseho fitiavana an'ireo zanany indray ny Ray any an-danitra. Niantso zatovolahy iray antsoina hoe Joseph Smith Izy mba ho mpaminany. Tamin'ny alalany no namerenana tamin'ny laoniny teto an-tany ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

I Joseph Smith dia nipetraka tany Etazonia, izay angamba hany firenena nahafahana niaina ny fahalalahana ara-pinoana tamin'izany fotoana izany. Fotoanan'ny firoboroboana ara-pinoana lehibe tany atsinanan'i Etazonia tamin'izany. Ny fianakaviany dia tena vontom-pinoana tokoa ary nitady hatrany ny fahamarinana. Fa maro ireo mpitory izay nilaza ho manana ny filazantsara marina. Naniry i Joseph "ny hahafantatra hoe iza amin'ireo antokom-pivavahana rehetra ireo no marina" (Joseph Smith—Tantara 1:18). Ny Baiboly dia mampianatra fa "iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa" (Efesiana 4:5). Nanatrika fiangonana maro samihafa i Joseph, nefa mbola nisavorovoro ihany ny sainy amin'ny hoe fiangonana iza no tokony hidirany. Nanoratra izao izy taty aoriana:


"Saingy lehibe izaitsizy ny fifanjevoana sy ny adilahy teo anivon'ireo fivavahana samy hafa, ka tsy vitan'ny tanora toa ahy . . . ny hamantatra marina hoe iza no marina ary iza no diso. . . . Teo afovoan'ny ady atsanga sy horakoraka teo amin'izany hevitra izany dia hoy aho mazàna anakampo: Inona no tokony hatao? Iza amin'ireo andiany rehetra no marina; sa miara-diso avokoa izy ireo? Raha marina ny anankiray aminy, dia iza izany? Ary ahoana no hahafantarako azy?" (Joseph Smith—Tantara 1:8, 10).

Rehefa nitady ny fahamarinana teo amin'ireo karazam-pinoana ireo i Joseph dia nitodika tany amin'ny Baiboly izy ahazoana torolalana. Izao no novakiany, "Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa ary dia homena azy izany" (Jakoba 1:5). Noho io andalana io dia nanapa-kevitra i Joseph hanontany an'Andriamanitra izay tokony atao. Ny lohataonan'ny 1820 dia nandeha tany amina kirihitr'ala akaikaiky izy ary nandohalika nivavaka. Nitantara ny zava-nitranga taminy izy:

"Izaho dia nahita andrim-pahazavana teo ambonin'ny lohako indrindra, nihoatra ny famirapiratan'ny masoandro, nidina tsikelikely teo amboniko. . . . Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana dia nahita Olona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray taminy, niantso ahy tamin'ny anarako sady nanondro ilay anankiray nanao hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*" (Joseph Smith—Tantara 1:16–17).

Lesona 1: Ny Famerenana amin'ny Laoniny

Fanamarihana



Niseho tamin'i Joseph Smith tamin'io fahitana io Andriamanitra Ray sy ny Zanany, Jesoa Kristy. Nilaza tamin'i Joseph Smith ny Mpamonjy fa tsy misy amin'izy ireo izay tokony hidirany, fa "diso avokoa izy ireo" ary "ny fanekem-pinoany rehetra dia fahavetavetana." Nilaza Izy fa, "Manatona Ahy amin'ny molony izy ireo nefa lavitra Ahy ny fony, mampianatra ny didin'olombelona ho fotopampianarana izy ireo sady manana ny fomban'ny toetra araka an'Andriamanitra nefa mandà ny heriny" (Joseph Smith—Tantara 1:19). Na dia maro aza ireo olona nino an'i Jesoa Kristy sy niezaka ny hahatakatra sy hampianatra ny filazantsarany dia tsy nanana ny fahamarinana feno izy ireo na ny fahefan'ny fisoronana hanaovana batisa sy hanatanterahana ireo ôrdônansin'ny famonjena hafa. Nandova ny Apôstazia izy ireo satria ny taranaka tsirairay dia voasarik'izay nomen'ny teo aloha, tao anatin'izany ny fiovan'ny fotopampianarana sy ireo ôrdônansy toy ny batisa. Toy ny nataon'Andriamanitra tamin'i Adama, Noa, Abrahama, Mosesy, ary ireo mpaminany hafa, dia nantsoiny ho mpaminany i Joseph Smith ary tamin'ny alalany no namerenany tamin'ny laoniny teto ambonin'ny tany ny fahafenoan'ny filazantsara.

Taorian'ny fisehoan'ny Ray sy ny Zanaka, dia nirahina tany amin'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery mpiara-miasa aminy ny iraky ny lanitra na anjely hafa. I Jaona mpanao batisa dia niseho ary nanome ny Fisoronana Aharôna an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery, izay ahitana ny fahefana hanatanterahana ny ôrdônansin'ny batisa. I Petera sy Jakoba ary Jaona (telo tamin'ireo Apôstôlin'i Kristy tany am-piandohana) dia niseho ary nanome ny Fisoronana Melkizedeka an'i Joseph Smith sy Oliver Cowdery, ka namerina amin'ny laoniny indray ilay fahefana mitovy amin' izay nomena ireo Apôstôlin'i Kristy tany aloha. Niaraka tamin'io fahefan'ny fisoronana io, dia voatendry i Joseph Smith hanorina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy indray eto an-tany. Tamin'ny alalany no niantsoan'i Jesoa Kristy Apôstôly roambinifolo indray.

Ny fotoana izay iainantsika ankehitriny dia nambaran'ireo mpaminany ao amin'ny Baiboly ho andro farany, na ny fotoampitantanan'ny fahafenoam-pahasoavana. Vanim-potoana tena ankatokin'ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany izao. Ity no fotoampitantanana farany. Izay no mahatonga ny Fiangonana antsoina hoe Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Mpaminany velona no mitarika ny Fiangonana amin'izao fotoana izao. Io mpaminany io, izay Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, no mpandimby an'i Joseph Smith nahazo alalana. Izy sy ireo Apôstôly ankehitriny dia afaka manaraka ny fahefan'izy ireo hatrany amin'i Jesoa Kristy, toy ny rohim-panendrena tsy tapaka amin'ny alalan'i Joseph Smith.

Fanamarihana

**Tadidio Joseph Smith—Tantara 1:16—17**

Tadidio ny fitantaran'i Joseph Smith ny fahitany ny Ray sy ny Zanaka (Joseph Smith—Tantara 1:16–17), ary aoka ho vonona foana hanazava ny Fahitana Voalohany amin'ny fampiasana ireo teny nampiasainy. Aza maimaika rehefa manao izany. Mijoroa ho vavolombelona amin-kitsimpo fa fantatrao fa marina izany. Aza misalasala manazava ny fomba nahafantaranao ny fahamarinan'izany. Asao ny misiônera mpiara-mitory aminao hanao izany koa.

**Mijoroa ho vavolombelona**

Anisan'ny anjara andraikitra lehiben'ny misiônera ny mijoro ho vavolombelona momba ny mpaminany sy ny filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 3 | Efesiana 4:5 | Bokikely, *Ny Fijoroana ho vavolombelon'ny Mpaminany Joseph Smith* |
| F&F 112:30 | Jakoba 1:5 | |
| Efesiana 1:10 | | |

## Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy



Noho ny fahafantarany fa mbola hisy ny fiahiahiana sy ny tsy finoana ary ny fahalalana diso aorian'ny taonjato maro tao anatin'ny fahamaizinana, dia namoaka bokin-tsoratra masina fahiny azo oharina amin'ny Baiboly ny Raintsika any an-danitra be fitiavana, izay mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsara mandrakizain'i Jesoa Kristy. Izany bokin-tsoratra masina izany dia mitondra ny porofo mandresy lahatra fa mpaminanin'Andriamanitra marina i Joseph Smith. Izany rakitsoratra izany dia ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy.

Notarihan'ny iraky ny lanitra iray antsoina hoe Môrônia i Joseph Smith ho any amin'ny vohitra iray izay nilevenan'ireo takelaka volamena nandritra ny taonjato maro. Ireo takelaka volamena ireo dia mirakitra ny soratr'ireo mpaminany izay nitantara ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ny mponina fahiny tany Amerika. I Joseph Smith no nandika izay voarakitra tao amin'ireo takelaka ireo tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Ireo mpaminany tao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nahalala ny asa nanirahana ny Mpamonjy ary nampianatra ny filazantsarany. Taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty dia niseho tamin'ireo vahoaka ireo i Kristy. Nampianariny azy ireo ny filazantsarany ary nanorina ny Fiangonany Izy. Ny Bokin'i Môrmôna dia manaporofo fa Andriamanitra dia mitaona ny olona am-panahy sy miantso azy ho amin'ny asany masina amin'ity taona sy taranaka ity, ary koa tamin'ireo taranaka fahiny (jereo F&F 20:11). Raha te-hahafantatra ny olona iray fa marina ny Bokin'i Môrmôna, dia tokony hamaky sy hisaintsaina ary hivavaka momba izany izy. Ny mpikatsaka marina ny fahamarinana dia hahatsapa haingana fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna.

Fanamarihana

Ny famakiana, sy ny fisaintsainana, ary ny fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna dia zava-dehibe ho an'ny fiovam-po maharitra. Ireo izay manomboka mamaky ny Bokin'i Môrmôna vao voalohany dia mandalo amin'ireo dingana lehibe mitondra any amin'ny fahalalana fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith ary naverina teto ambonin'ny tany indray ny Fiangonana marina.

**Ampiasao ny Bokin'i Môrmôna hanamafisana ny Fahamarinan'ny Famerenana amin'ny laoniny**

Ity manaraka ity misy ohatra momba izay mety hoteneninao rehefa mampahafantatra ny Bokin'i Môrmôna ianao:

"Tia ny zanany Andriamanitra, noho izany dia nanome fomba maharesy lahatra Izy hanamafisana ny fahamarinan'izay nolazainay. Ny Bokin'i Môrmôna izany. Vakio azafady ireo andinin-tsoratra roa farany ao amin'ny teny fanoloran'ny boky?"

Hazavao tsara ny votoatin-kevitra tsirairay ao amin'ireo andinin-tsoratra roa ireo ary asao ny naman'ny Fiangonana mba hanolo-tena hamaky ampahany amin'ny Bokin'i Môrmôna ary hampihatra ireo fitsipika voasoritra ao amin'ireo andinin-tsoratra ireo.

Rehefa mampahafantatra olona iray ny Bokin'i Môrmôna dia manampy ny fampisehoana azy ny tahadikan'ny boky, sy ny fanazavana fohifohy izay votoatiny ary ny fizarana tsongan-dahatsoratra iray na roa izay misy dikany lehibe manokana aminao na mety hisy dikany lehibe ho azy.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Pejy misy ny Lohatenin'ny Bokin'i Môrmôna | F&F 1:17–23 | Joseph Smith—Tantara 1:27–64 |
| Teny Fanolorana ny Bokin'i Môrmôna, andinin-tsoratra 1–7 | F&F 20:5–12 | |

## Mivavaha mba Hahafantarana ny Fahamarinana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina

Ity hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ity dia na marina na diso. Afaka fantarintsika fa marina izany avy amin'ny alalan'ny Fanahy masina, araka ny nampanantenaina ao amin'i Môrônia 10:3–5. Na iza na iza maniry ny hahafantatra ny fahamarinana, rehefa avy mamaky sy misaintsaina ny hafatra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia tokony hanontany amim-bavaka amin'Andriamanitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy hoe marina ve izany. Mba hanaovana izany dia miantso ny anaran'ny Ray any An-danitra isika. Misaotra Azy isika noho ireo fahasoavantsika ary mangataka isika mba hahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Tsy misy afaka mahalala ny fahamarinana ara-panahy raha tsy misy vavaka.

**Ny Vavaka**

- Miantsoa ny Raintsika any An-danitra ("Ry Rainay any An-danitra, . . .").
- Asehoy ireo fihetseham-ponao (fankasitrahana, fanontaniana, fangatahana fanamafisana ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna, sy ny sisa).
- Farano ("Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena").

Fanamarihana

Ho valin'ny vavaka nataontsika dia hampianatra ny fahamarinana antsika ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fahatsapantsika sy ny eritrerintsika. Ireo fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina dia mahery, nefa koa mazàna dia malefaka sy tony izy ireo. Rehefa manomboka mahatsapa isika fa marina izay zavatra ianarantsika dia haniry ny hahalala izay rehetra tratrantsika momba ny Famerenana amin'ny laoniny isika.

Ny fahafantarana fa marina ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra any amin'ny fahalalana fa voantso ho mpaminany i Joseph Smith ary naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

## Ny Vavaka

Na dia manana anjara toerana ao amin'ireo antokom-pivavahana na kolotsaina maro aza ny vavaka, dia mahalana ny vavaka no raisina ho toy ny fifandraisana mifamaly eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Ampio ireo izay ampianarinao mba hahatakatra fa afaka maneho ny fihetseham-pony izy ireo ao anatin'ny vavaka. Ampisehoy izany amin'ny fomba fivavahanao rehefa manomboka na mamarana ny lesona amin'ny vavaka ianao. Mampiasà fiteny tsotra izay afaka ampiasain'izy ireo koa rehefa mivavaka izy ireo. Ampio izy ireo hahatakatra fa hamaly ny vavaka ataony ny Raintsika any An-danitra, matetika amin'ny alalan'ny fahatsapana ao am-pon'izy ireo sy ny eritreritra ao an-tsain'izy ireo. Raha tena tso-po sy te-hahafantatra marina izy ireo fa eo Andriamanitra, dia hovaliany izy ireo. Asao ny loham-pianakaviana hanao vavaka am-pandohalihana any amin'ny faran'ny lesona.

## Fandalinana Soratra Masina

| | | |
|---|---|---|
| Alma 5:45–46 | Jaona 14:26 | Teny Fanolorana ny Bokin'i Môrmôna, andinin-tsoratra 8–9 |
| F&F 8:2–3 | | |

## Fanasana Hatao Batisa

Mandritra ity lesona ity na ny lesona hafa, dia aza misalasala hanasa ny olona hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana.

Mba hanomanana ny olona amin'ny fanasana hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia mijoroa ho vavolombelona matetika momba ny maha-zava-dehibe ny fanaovana batisa ny olona rehetra amin'ny alalan'ny fahefana, sy ny fahazoana ny famelan-keloka, ary ny fanomezana ny Fanahy Masina. Afaka miteny ianao hoe: "Rehefa namaly vavaka anao ny Tompo ary nahatsapa ianao fa marina ity hafatra ity, dia hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy ve ianao amin'ny alalan'ny fanaovana batisa anao?"

Ny fanasana hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia tokony ho mazava sy mivantana: "Vonona ve ianao hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy, hatao batisa amin'ny alalan'ny olona iray izay manana ny fahefan'ny fisoronan'Andriamanitra? Hisy fotoam-batisa amin'ny (daty). Hiomana ve ianao ny hatao batisa amin'izany daty izany?"

Fanamarihana

# Hevitra ho an'ny Fampianarana

Ity fizarana ity dia misy hevitra ho anao mba hampiasainao rehefa manomana na mampianatra ity lesona ity. Manaraha amim-bavaka ny Fanahy rehefa manapa-kevitra ny fomba hampiasaina ireto hevitra ireto ianao. Ampidiro ao anatin'ny drafitrin'ny lesonao ireo hevitra nofidinao. Ataovy ao an-tsaina fa ireo hevitra ireo dia soso-kevitra—fa tsy zavatra takiana—hanampiana anao hanome fahafahampo an'ireo zavatra ilain'ny olona ampianarinao.

## Drafi-pampianarana fohy (3–5 minitra)

Rehefa very nandritra ny taonjato maro dia naverin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana tamin'ny laoniny teto an-tany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny mpaminany velona iray. Ny Bokin'i Môrmôna no porofon'izany. Azonao tsapain-tanana izany boky izany. Afaka mamaky azy ianao, afaka misaintsaina momba izay fomba ahafahan'ny hafatra ao amin'ity boky ity manatsara ny fiainanao, ary afaka mivavaka mba hahafantarana fa tenin'Andriamanitra ity hafatra ity.

- Andriamanitra dia Raintsika Be Fitiavana any An-danitra
- Mitahy ny Fianakaviana ny Filazantsara
- Manambara ny Filazantsarany isaky ny Fotoampitantanana rehetra ny Ray any An-danitra
- Ny Asa fanompoan'ny Mpamonjy teto An-tany
- Ny Apôstazia Lehibe
- Ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'i Joseph Smith
- Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy
- Mivavaha mba hahafantarana ny Fahamarinana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina

Fanoloran-tena:

- Hamaky sy hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?
- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa mpaminany i Joseph Smith?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Drafi-pampianarana antonontonony (10–15 minitra)

Ny hafatray dia manintona sy tsotra. Andriamanitra dia Raintsika. Zanany isika. Anisan'ny fianakaviany isika. Tia antsika Izy. Hatramin'ny fiatombohan'izao tontolo izao dia nanaraka fomba fanehoana fitiavana sy fiahiana Izy. Imbetsaka Izy no nampiseho fitiavana tamin'ny fanambaràna ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mba hahafantaran'ny zanany ny fomba hiverenana any Aminy. Nambarany tamin'ireo mpaminany toa an'i Adama, Noa, Abrahama, sy Mosesy izany. Nefa nisafidy ny handà izany filazantsarany izany foana ny olona. Roa arivo taona lasa izay dia

Fanamarihana

i Jesoa Kristy mihitsy no nampianatra ny Filazantsarany ary nanorina ny Fiangonany. Sarotra inoana tokoa fa na i Jesoa aza dia nolavin'izy ireo. Rehefa tsy miraharaha na manova ireo fotopampianarana sy ôrdônansy marina ny olona, dia esorin'Andriamanitra ny Fahefany hitantanana ny Fiangonany.

Ny fanasana ataonay aminao sy amin'ny olona rehetra dia ny hanampy ireo fahamarinana izay efa ankamamianao. Diniho ny porofo entinay fa ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy, dia nampiseho fitiavana an'ireo zanak'Andriamanitra indray ary nanambara ny fahafenoan'ny filazantsara tamina mpaminany iray. Ny anaran'io mpaminany io dia i Joseph Smith. Ny porofon'io fahamarinana lehibe io dia hita ao amin'ny boky iray—ny Bokin'i Môrmôna—izay azonao vakiana, sy saintsainina ary azonao ivavahana ny momba azy. Raha manontany amin-kitsimpo, omban'ny tena finiavana sady manampinoana an'i Kristy ianao, dia haneho aminao Andriamanitra, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, fa marina izany.

Fanoloran-tena:

- Hamaky sy hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?
- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa mpaminany i Joseph Smith?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka mametraka fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Drafi-pampianarana feno (30–45 minitra)

- Andriamanitra dia ilay Raintsika Be Fitiavana any An-danitra
  - Zanak'Adriamanitra isika (jereo ny Asan'ny Apôstôly 17:29).
  - Tia antsika Andriamanitra ary hanampy antsika hanao safidy tsara.
  - Afaka hiara-hiaina amin'Andriamanitra indray isika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy (jereo Jaona 3:16–17).
- Mitahy ny Fianakaviana ny Filazantsara
  - Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manampy ireo fianakaviana hanamafy ny fifandraisana misy amin'izy ireo.
  - Ny fianakaviana dia voatendrin'Andriamanitra ary vondrona sôsialy manan-danja indrindra mandritra ny androm-piainana sy mandrakizay (jereo F&F 49:15–16).
  - Ny fianakaviana no toerana tsara indrindra ampianarana, sy ianarana ary ampiharana ny fitsipiky ny filazantsara (jereo F&F 68:25; Genesisy 18:19; Deoteronomia 6:7).
  - Ny fianakaviana dia mety ho toerana ahitana fiarovana, sy fiadanana ary fifaliana.

Fanamarihana

- Ny Ray any An-danitra dia manambara ny Filazantsarany amin'ny Fotoampitantanana rehetra
  - Andriamanitra dia miantso ireo mpaminany hampianatra ny filazantsarany (jereo Amosa 3:7).
  - Ny atao hoe Apôstazia dia ny fandavana ireo mpaminany sy ny filazantsara.
  - Ny fotoampitantanana dia vanim-potoana izay nampianaran'ny mpaminany ny filazantsara. Ireo fotoampitantanana teo aloha dia nifarana tamin'ny apôstazia (jereo F&F 136:36–38).
  - I Adama, Noa, Abrahama, sy Mosesy, sy ireo mpaminany hafa taloha dia nampianatra ny filazantsara avokoa (jereo Mosesy 5:4–12).
- Ny Asa Fanompoan'ny Mpamonjy teto An-tany
  - Namerina tamin'ny laoniny sy nampianatra ny filazantsara ny Zanak'Andriamanitra. Nanao fahagagana maro Izy (jereo Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Fahagagana," 732–33).
  - Niantso Apôstôly Izy ary nomeny ny fahefan'ny fisoronana izy ireo hitoriana ny filazantsara sy hanatanterahana ireo ôrdônansin'ny famonjena toy ny batisa (jereo Jaona 15:16).
  - Nanorina ny Fiangonany i Kristy.
  - Nohomboana tamin'ny hazo fijaliana i Kristy, ary nolavina sy novonoina ireo Apôstôliny (jereo Matio 27:35; Marka 15:25).
  - Nahatanteraka ny Sorompanavotana i Kristy (jereo Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Sorompanavotana," 617).
- Ny Apôstazia Lehibe
  - Rehefa tsy misy ny fanambarana azo avy amin'ny mpaminany dia milatsaka ao anatin'ny fahamaizinana ara-panahy ny olona (jereo Amosa 8:11–12).
  - Nanambara mialoha ny Apôstazia Lehibe ireo Mpaminany sy ireo Apôstôly (jereo 2 Tesaloniana 2:1–3).
- Ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'i Joseph Smith
  - Nitady ny fahamarinana i Joseph Smith (jereo Joseph Smith—Tantara 1:8, 10).
  - Niseho tamin'i Joseph Smith Andriamanitra sy Jesoa Kristy (jereo Joseph Smith—Tantara 1:16–17).
  - Toa an'ireo mpaminany tamin'ireo fotoampitantanana teo aloha dia voantso ho mpaminany amin'izao fotoampitantanana farany izao i Joseph Smith.
  - Naverin'Andriamanitra tamin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsara tamin'ny alalan'i Joseph Smith (jereo F&F 35:17; 135:3).
  - Naverin'ireo iraky ny lanitra hafa tamin'ny laoniny ny fisoronana, ary naorina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy (jereo F&F 13; 27:12).
  - Mpaminany velona no mitondra ny Fiangonana amin'izao fotoana izao.

Fanamarihana

- Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray Hafa momba An'i Jesoa Kristy
  - Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mandresy lahatra fa mpaminany i Joseph Smith.
  - Nandika ireo takelaka tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra i Joseph (jereo ny Teny Fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna, andinin-tsoratra faha-5).
  - Ny Bokin'i Môrmôna dia manaporofo fa Andriamanitra dia manentana ireo mpaminany amin'izao androntsika izao toy ny nataony tamin'ny fotoampitantanana rehetra (jereo F&F 20:5–12).
  - Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy (jereo F&F 20:8–9).
- Mivavaha mba hahafantarana ny Fahamarinana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina
  - Azonao fantarina fa marina ny Bokin'i Môrmôna (jereo Môrônia 10:3–5; Teny Fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna, andinin-tsoratra 1, 8–9).
  - Ny Fanahy Masina dia hampianatra anao amin'ny alalan'ny eritreritrao sy ny fahatsapanao (jereo F&F 8:2–3).

Fanoloran-tena:

- Hamaky sy Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?
- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa mpaminany i Joseph Smith?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka mametraka fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

### Fanontaniana Apetraka aorian'ny Fampianarana

- Misy fanontaniana ve momba ny zavatra nampianarinay?
- Raha misy mpaminany eto an-tany amin'izao fotoana izao, inona no mety hanontanianao azy?
- Mahatsapa ve ianao fa maheno ny vavaka ataonao Andriamanitra? Nahoana?
- Te-hahalala ve ianao fa marina ny Bokin'i Môrmôna? Nahoana?

### Famaritana ireo Teny manan-danja

- **Apôstazia:** Ny fisitahan'ny olona iray, na ny Fiangonana, na ny firenena manontolo amin'ny fahamarinana. Tafiditra amin'izany ny fanoherana ny fahefana sy ny fandavana ireo mpaminany. Ny mariky ny fisian'ny apôstazia dia ahitana ny fandikana ireo lalàn'Andriamanitra, ny fanovana ireo ôrdônansin'ny filazantsara, ny fandravana ny fanekempihavanana (jereo Isaia 24:5).
- **Fahafahana misafidy:** Ny fahafahana sy tombontsoa manokana nomen'Andriamanitra ny olona hisafidy sy hiasa ho an'ny tenan'izy ireo.

Fanamarihana

- **Famerenana amin'ny Laoniny:** Ny atao hoe mamerina amin'ny laoniny dia mamerina indray amin'ny endrika teo aloha, na mampody indray. Ny Famerenana amin'ny Laoniny, araka ny ampiasain'ny Olomasina amin'ny Andro Farany izany, dia midika fa ny Fiangonan'i Jesoa Kristy marina, izay very noho ny apôstazia, dia naverina indray toy ny tany am-piandohany raha naorin'i Jesoa Kristy izany. Tsy toy ny Fanavaozana ny Famerenana amin'ny Laoniny fa notanterahina tamin'ny fahefana avy amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanambarana,.

- **Fanambarana:** Filazana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo zanany eto an-tany. Ny fanambarana dia mety ho tonga avy amin'ny Fahazavan'i Kristy sy ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fitaomam-panahy, na fahitana, na nofy, na fitsidihan'anjely. Ny fanambarana dia manome sori-dalana izay afaka mitondra ireo manam-pinoana ho any amin'ny famonjena mandrakizay ao amin'ny fanjakana selestialy. Ny Tompo dia manambara ny asany amin'ireo mpaminaniny ary manamafy amin'ireo mpino fa marina ireo fanambarana omeny ny mpaminany (jereo Amosa 3:7). Amin'ny alalan'ny fanambarana no hanomezan'ny Tompo fitarihana manokana ho an'ny olona tsirairay izay mikatsaka izany ka manam-pinoana, sy mibebaka ary mankato ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

- **Fisoronana:** Ny fahefana sy hery nomen'Andriamanitra ho an'ny olona mba hanaovana asa amin'ny anaran'i Jesoa Kristy amin'ny zavatra rehetra ho famonjena ny olombelona

- **Fotoampitantanana:** Vanim-potoana iray izay hananan'ny Tompo farafahakeliny mpanompo iray nahazo alalana eto ambonin'ny tany izay manana ireo fanalahidin'ny fisoronana masina. Ankoatran'i Jesoa Kristy, ireo mpaminany toa an'i Adama, Enoka, Noa, Abrahama, Mosesy, ary Joseph Smith dia samy nanomboka fotoampitantanana filazantsara vaovao tsirairay avy. Rehefa manorina fotoampitantanana iray ny Tompo, dia averina ambara indray ny filazantsara mba hahafahan'ny olona amin'io fotoampitantanana io tsy miankina amin'ireo fotoampitantanana teo aloha raha te-hahafantatra ny drafitry ny famonjena. Ny fotoampitantanana natombok'i Joseph Smith dia fantatra amin'ny hoe "fotoampitantananan'ny fahafenoam-pahasoavana."

- **Mpaminany:** Lehilahy iray voantson'Andriamanitra ary mitondra ny teniny. Amin'ny maha irak'Andriamanitra azy, dia mandray ny fahefan'ny fisoronana, didy, faminaniana, ary fanambarana avy amin'Andriamanitra ny mpaminany. Ny andraikiny dia ny mampahafantatra ny olombelona ny sitrapon'Andriamanitra sy ny tena toetrany ary mampiseho ny anton'ny fifandraisany amin'izy ireo. Ny mpaminany dia miampanga ny fahotana ary manambara mialoha ny vokany. Mpitory ny fahamarinana izy. Indraindray ny mpaminany dia taomin'ny Fanahy hanambara mialoha ny ho avy mba ho tombontsoan'ny olombelona. Ny andraikiny voalohany nefa dia ny mijoro ho vavolombelona an'i Kristy.

- **Mpanavotra:** I Jesoa Kristy no Mpanavotra lehiben'ny olombelona satria nanefa ny valin'ny fahotan'ny olombelona Izy, ary nanao izay hahatanteraka ny fitsanganan'ny olon-drehetra amin'ny maty, tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Ny atao hoe manavotra dia manafaka, manefa, na manonitra, toy ny manafaka olona iray amin'ny fanandevozana amin'ny alalan'ny fandoavam-bola. Ny tiana hambara amin'ny hoe fanavotana dia ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fanafahana tamin'ny ota. Ny Sorompanavotan'i Jesoa dia manavotra ny olombelona rehetra amin'ny fahafatesan'ny vatana. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotany, izay ahitana ny fijaliany tao Getsemane sy teo amin'ny hazo fijaliana ary koa ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia avotra amin'ny fahafatesan'ny vatana ireo izay manam-pinoana Aminy sy mibebaka.

Fanamarihana

- **Mpitondra fanavaozana:** Ny atao hoe manavao dia manova zavatra iray mba hanatsarana azy. Ny teny hoe *mpitondra fanavaozana* dia entina hilazana ireo lehilahy sy vehivavy (toa an-dry Martin Luther, John Calvin, William Tyndale, ary John Wycliffe) izay nanohitra ireo fomba fanaon'ny fiangonana nisy tamin'izany, izay tsapan'izy ireo fa nila fanavaozana.

### Teny Hafa Izay Mety Ilàna Fanazavana Fanampiny Ho an'ireo Izay Ampianarinao

- Apôstôly
- Baiboly
- Fahotana
- Fankatoavana sy tsy fankatoavana ny didy
- Fanomezana ny Fanahy Masina
- Filazantsara
- Fitantanan-draharaha
- Maharitra hatramin'ny farany
- Miverina mitoetra eo anatrehany
- Mpamonjy
- Ôrdônansin'ny famonjena
- Soratra Masina
- Vavaka

### Ireo Mpitondra Fanavaozana sy ireo Mpitondra Fivavahana Maneran-tany

**Ireto manaraka ireto dia fampahalalana fototra izay rehefa ilaina ihany vao ampiasaina.**

**John Wycliffe:** Teraka tamin'ny taonjato faha-14 tany Angletera. Nianatra Teôlôjia tany amin'ny Oniversiten'ny Oxford. Nampianatra fa ny Fiangonana Katôlika dia tsy nanana ny fanalahidin'ny fisoronana ary ny Eôkaristia Masina (na ny fanasan'ny Tompo) dia tsy ilay tena vatan'i Kristy, ary ny fiangonana dia tsy tokony hampiasa fahefana pôlitika amin'ny olona. Nandika ny Baiboly tamin'ny teny Anglisy. Maty tamin'ny 31 Desambra 1384.

**Martin Luther:** Teraka tamin'ny 10 Novambra 1483, tany Alemanina. Nianatra tany amin'ny Oniversiten'i Erfurt sy Wittenberg. Namantsika foto-kevitra 95 teo amin'ny varavaram-piangonana tao Castle ho fitsipahana ireo fampianarana maro tamin'izany fotoana izany ataon'ny Fiangonana Katôlika Romana, anisan'izany ny fampandoavana vola ny olona ho famelana ny fahotany. Maty tamin'ny 18 Febroary 1546.

**William Tyndale:** Teraka tamin'ny 1494 tany Pays de Galles. Nianatra tany Oxford sy tany Cambridge. Nandika ny Testamenta Vaovao tamin'ny teny Anglisy. Nanao izay ahazoan'ny olon-tsotra ny soratra masina mba hampisehoana ireo fotopampianarana diso sy ny kolikolin'ireo mpitondra fivavahana. Novonoina tamin'ny 6 Ôktôbra 1536.

**John Calvin:** Teraka tamin'ny 10 Jolay 1509, tany Frantsa. Nianatra ho pretra tao Paris. Lohandohan'ny mpitarika tamin'ny hetsika ho fanavaozana ny Fiangonana Katôlika. Nipetraka tany Soisa ny ankamaroan'ny andro niainany. Nampianatra izy fa ny toetran'olombelona voajanahary dia ratsy, ary ny famindram-pon'Andriamanitra ihany no afaka mamonjy azy ireo. Nanoratra fomba fijery maro momba ny Baiboly. Maty tamin'ny 27 Mey 1564.

Fanamarihana

Ho fampahalalana misimisy kokoa momba ireo mpitondra fanavaozana, dia jereo ireto loharano manaraka ireto amin'ny boky ampiasain'ny misiônera: James E. Talmage, *Jesus the Christ,* 692–703; M. Russell Ballard, *Our Search for Happiness,* 26–32.

Tahaka ny nahazoan'ny tontolo Kristianina fahasoavana noho ny herim-po sy ny fomba fijerin'ireo mpitondra fanavaozana, no nahazoan'ireo firenena sy kolotsaina maro hafa ihany koa fahasoavana avy tamin'ireo izay nomena ny ampahan'ny teniny "Izay hitan'[Andriamanitra] fa rariny ny tokony hananan'izy ireo izany" (Alma 29:8). Ny fampianaran'ireo mpitondra fivavahana hafa dia nanampy olona maro ho lasa mahalala fomba sy manana fitsipi-pitondrantena mendrika kokoa.

**Bouddha (Gotama):** Teraka tamin'ny 563 taona talohan'i Kristy, zanaka ampanjaka Hindoa tany Nepal. Niahiahy noho ny fahitany ireo fijaliana manodidina azy. Nitsoaka avy tao amin'ny lapan'ny rainy izay nisy harena nitobaka, nisitaka tamin'izao tontolo izao ary niaina tao anatin'ny fahantrana. Raha nitady fahazavana izy dia nahita ilay antsoiny hoe "lalan'ny fahafahana." Nilaza ho nahatratra ny Nirvanà, izay toe-panahy iray anadinoana ireo fanahiana, na ny fanaintainana, na ny fiainana hita ety ivelany. Lasa mpampianatra tao amina fiombonana pretra manokan-tena.

**Confucius:** Teraka tamin'ny taona 551 talohan'i Jesoa Kristy izy. Kamboty mbola kely. Mpampianatra Sinoa matihanina voalohany. Mpandinika ny ara-môraly sy ny ara-tsôsialy lehibe indrindra tany Sina. Zara raha niresaka ny momba ireo olon'ny fanahy sy ireo hery avy amin'Andriamanitra. Nino fa nampiandraiketin'ny lanitra asa masina ho toy ny tompon-dakan'ny tsara sy ny marina.

**Mohammed:** Teraka tamin'ny taona 570 taorian'i Kristy tany Lameka. Kamboty mbola kely. Niaina tao anaty fahantrana. Nalaza ho mpitandro fandriampahalemana tena hatokisana. Nanambady tamin'ny faha-25 taonany. Nivavaka ary nandinin-tena teny an-tendrombohitr'i Hira tamin'ny taona 610. Nilaza fa niseho taminy ny Anjely Gabriela ary nanome hafatra avy tamin'i Allah (Andriamanitra). Nilaza fa nandray hafatra avy tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Gabriela ny taona 620 ka hatramin'ny 632. Ireo hafatra ireo, izay naveriny tamin'ireo mpianany, dia voasoratra taty aoriana tao anatin'ny Kôrana, ilay boky masin'ny Silamo.

Fanamarihana

# Ny Drafitry ny Famonjena



## Ny Tanjonao

Rehefa mampianatra ianao, dia omano ireo naman'ny Fiangonana mba hahafeno ireo fepetra ilaina ho an'ny batisa izay ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 sy ao amin'ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa. Ny fomba tsara indrindra hahatanteraka izany dia ny fanasana ireo naman'ny Fiangonana hanao sy hitazona ireo fanoloran-tena izay tanisaina eto ambany.

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa**

- Mino ve ianao fa Andriamanitra dia Raintsika Mandrakizay An-danitra?
- Mino ve ianao fa i Jesoa Kristy no ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao?
- Vonona ve ianao hanaja ny Andro Sabata ho masina, ao anatin'izany ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro sy ny fanaovana asa fanompoana ho an'ireo mpikambana namana?

**Fanoloran-tena**

- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa marina ny zavatra nampianarinay?
- Hibebaka amin'ny fahotanao ve ianao?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Vonona ve ianao hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ka hatao batisa amin'ny (daty)?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Fanampiana ny Hafa Hahalala momba an'i Jesoa Kristy

Ny misiônera dia natao hijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ary hanasa ny rehetra hanatona Azy mba hahavoavonjy azy ireo. Ny fampahalalana mazava momba ny Mpamonjy dia zava-dehibe ho an'ireo izay mahalala kely na tsy mahalala na inona na inona momba Azy. Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an'i Jesoa Kristy dia natao mba hanampiana ny olon-drehetra hahalala fa "i Jesoa no Kristy, . . . izay maneho ny tenany amin'ny firenena rehetra" (Pejy misy ny Lohatenin'ny Bokin'i Môrmôna). Ny fomba iray anisan'ny tena mahomby indrindra ampianarana sy ijoroana ho vavolombelona momba ny Mpamonjy dia ny famakiana miaraka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ireo tsongan-dahatsoratra avy amin'ireo boky nankatoavina hafa dia mety manampy ihany koa.

Fanamarihana

Diniho ireo soso-kevitra eto ambany. Afaka ampidirina ao amin'ity lesona ity izany na any amina lesona hafa izany na hatao lesona manokana. Raha manampy dia avereno im-betsaka ity fomba fampianarana ity aloha ary aorian'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

| Ny Pejy misy ny Lohateny sy ny Teny Fanolorana | Manazava ny tanjon'ny boky. |
|---|---|
| 1 Nefia 10–11 | Mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy i Lehia sy Nefia. |
| 1 Nefia 19 | Mitantara ny faminaniana momba ny Asa Fanompoana sy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy i Nefia. |
| 2 Nefia 2 | Mijoro ho vavolombelona i Lehia momba ny Mpamonjy amin'ny maha-Mpanavotra Azy. |
| 2 Nefia 9 | Mijoro ho vavolombelona momba ny Sorompanavotana i Jakôba. |
| 2 Nefia 31–33 | Mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy i Nefia. |
| Enôsa | Miaina ny herin'ny Sorompanavotana i Enôsa. |
| Môsià 2–5 | Mampianatra momba an'i Kristy ny Mpanjaka Benjamina. |
| Môsià 12–16 | Manolotra ny ainy i Abinadia ho fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy. |
| Alma 5, 7 | Mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy i Alma. |
| Alma 17–22 | Mandray ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ny Lamanita. |
| Alma 34 | Mijoro ho vavolombelona momba ny Sorompanavotana i Amioleka. |
| Alma 36 | Miaina ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy i Alma. |
| Alma 40–42 | Mijoro ho vavolombelona momba ny fitsanganana amin'ny maty sy ny Sorompanavotana i Alma. |
| Helaman 5 | Fitaovana teo ampelatanan'Andriamanitra i Nefia sy Lehia mba hijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy. |
| 3 Nefia 9–10 | Manasa ny olona hanatona Azy ny Mpamonjy. |
| 3 Nefia 11–18 | Mampianatra ireo Nefita momba ny Ray sy ny fotopampianarany ny Mpamonjy. |
| 3 Nefia 27 | Mampianatra ny filazantsarany ny Mpamonjy. |
| Etera 3 | Nahita ny Mpamonjy ny rahalahin'i Jareda. |
| Etera 12 | Mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny herin'ny Sorompanavotany i Etera sy Môrônia. |
| Môrônia 7–8 | Mampianatra momba ny fitiavana madion'i Kristy sy ny Sorompanavotany i Môrmôna. |
| Môrônia 10 | Manasa ny rehetra hanatona an'i Kristy sy ho tanteraka ao Aminy i Môrônia. |
| "Ilay Kristy Velona" | Mijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy ireo mpaminany sy ireo apôstôly. |

## Fiainana Talohan'ny nahaterahana: Ny Tanjon'Andriamanitra sy ny Drafiny ho antsika

Maro ny olona no manontany hoe, "Avy aiza isika? Maninona eto isika? Ho aiza isika?" Ny drafitry ny famonjena dia manome antsika ny valin'ireo fanontaniana ireo.

Andriamanitra dia Rain'ny fanahintsika. Zanany ara-bakiteny isika ary tia antsika Izy. Niaina tamin'ny maha-fanahy zanakin'ny Raintsika any An-danitra isika talohan'ny nahaterahantsika teto amin'ity tany ity. Kanefa dia tsy toy ny Raintsika any An-danitra isika sady tsy afaka ho lasa tahaka Azy na oviana na oviana sy higoka ny fahasoavana rehetra izay hananany raha tsy mandalo ny fiainana an-tany miaraka amin'ny vatana.

Ny tena tanjon'Andriamanitra—Ny Asany sy ny Voninahiny—dia ny hanome fahafahana antsika hahazo ny fahasoavany rehetra. Nanome drafitra tonga lafatra Izy mba hanatanterahana ny tanjony. Nahatakatra ary nanaiky io drafitra io isika talohan'ny nahatongavantsika teto an-tany. Ny drafitr'Andriamanitra, ao amin'ny soratra masina, dia antsoina hoe drafitra feno indrafo, drafitry ny fahasambarana, drafitry ny fanavotana ary drafitry ny famonjena.

I Jesoa Kristy no ivon'ny drafitr'Andriamanitra. I Jesoa Kristy dia nahatanteraka ny tanjon'ny Rainy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany, ary nanao izay ahafahantsika tsirairay avy miaina ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay. I Satana na ny devoly dia fahavalon'ny drafitr'Andriamanitra.

Ny fahafahana na fahazoana misafidy dia anisan'ny fanomezana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra ho an'ireo zanany. Ny fivoarantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fampiasantsika io fanomezana io. Tsy maintsy mifidy isika, na hanaraka an'i Jesoa Kristy, na hanaraka an'i Satana.

Tafasaraka amin'Andriamanitra ara-batana isika mandritra ny fiainana eto an-tany, kanefa Izy dia maniry ny hahitan'ny zanany fiadanana amin'ity fiainana ity ary fahafenoan'ny fahasambarana eo anatrehany aorian'izao fiainana izao. Maniry Izy ny mba hahatongavantsika ho toa Azy.

**Fandalinana Soratra masina**

**Zanak'Andriamanitra**

F&F 93:29
Hebreo 12:9
Asan'ny Apôstôly 17:29

**Ny Tanjon'Andriamanitra**

Mosesy 1:39
Jaona 17:3

**Ny Fiainana Talohan'ny nahaterahana**

F&F 138 : 53–56
Mosesy 3:5
Abrahama 3:22–26
Jeremia 1:5
Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Fiainana talohan'ny nahaterahana"

## Ny Fahariana

Nahary ny tany i Jesoa Kristy, teo ambanin'ny fitarihan'ny Ray, mba ho toerana hahafahantsika hiaina sy hahazo traikefa. Mba hahafahantsika mivoatra sy ho tonga tahakan'Andriamanitra dia tsy maintsy mahazo vatana isika ary tsapaina mandritra ny fotoana fisedrana eto an-tany. Rehefa eto an-tany dia tsy eo anatrehan'ny vatan'Andriamanitra isika. Tsy tadidintsika ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana. Tsy maintsy mandeha am-pinoana isika fa tsy amin'ny fahitana.

**Fandalinana Soratra Masina**

1 Nefia 17:36
Alma 30:44
F&F 88:41–47
Mosesy 2:1
Mosesy 6:63
Abrahama 3:24–25
DJS, Jaona 1:1–3
2 Korintiana 5:6–7

Fanamarihana

Fanamarihana

## Ny Fahafahana Misafidy sy ny Fahalavoan'i Adama sy Eva

I Adama sy Eva no zanak'Andriamanitra voalohany tonga teto an-tany. Noharian'Andriamanitra i Adama sy Eva ary napetrany tao amin'ny Sahan'i Edena. I Adama sy Eva dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra, miaraka amina vatana nofo sy taolana. Raha mbola tao amin'ny saha i Adama sy Eva dia mbola niaraka tamin'Andriamanitra ary tokony ho afaka niaina mandrakizay. Niaina tao anatin'ny tsy fananan-tsiny izy ireo ary nomen'Andriamanitra azy ireo izay nilainy.

Nomen'Andriamanitra ny fahafahana misafidy i Adama sy Eva tao amin'ny Sahan'i Edena. Nandidy azy ireo izy tsy hihinana amin'ilay voankazo voarara na ny voan'ilay hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Ny fankatoavana izany didy izany dia nidika hoe afaka mijanona ao amin'ny saha izy ireo, fa tsy afaka mivoatra amin'ny alalan'ny fahalalana ny fifanoherana misy eo amin'ny fiainana an-tany. Tsy afaka nahalala ny fifaliana izy ireo satria tsy afaka niaina ny alahelo sy ny fijaliana.

Nalain'i Satana fanahy i Adama sy Eva hihinana ny voankazo voarara ary nisafidy ny hanao izany izy ireo. Tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra izany. Noho izany safidy izany dia voaroaka tsy ho ao amin'ny saha ary tsy ho eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo. Izany zavatra nitranga izany dia antsoina hoe ny Fahalavoana. Ny fisarahana amin'Andriamanitra dia antsoina hoe fahafatesana ara-panahy. Lasa mety maty i Adama sy Eva—iharan'ny fahafatesan'ny vatana, na ny fisarahan'ny vatana sy ny fanahy. Afaka niaina ny aretina sy ny karazana fijaliana samihafa amin'izay izy ireo. Nanana fahafahana misafidy ara-môraly izy ireo na ny fahafahana mifidy amin'ny tsara sy ny ratsy. Nahafahan'izy ireo nianatra sy nivoatra izany. Lasa afaka nanao safidy ratsy sy nanota ihany koa izy ireo noho izany. Ankoatr'izany dia afaka nanan-janaka izy ireo ka noho izany dia afaka mankety an-tany ireo fanahy zanak'Andriamanitra sisa, mahazo vatana ary ho sedraina. Amin'ny alalan'izany fomba izany ihany no ahafahan'ny zanak'Andriamanitra mivoatra ary ho tonga tahaka Azy.

### Fampianarana momba ny Fahalavoana

Rehefa mampianatra ity fotopampianarana ity amin'ny voalohany dia aza mampianatra ny zavadrehetra izay fantatrao momba izany. Hazavao amin'ny fomba tena tsotra fa nifidy roa tamin'ireo zanany Andriamanitra, dia i Adama sy Eva, mba ho ray aman-dreny voalohany eto an-tany. Taorian'ny fandikan-dalàna nataon'izy ireo dia niharan'ny fahotana sy ny fahafatesana izy ireo. Raha tamin'ny herin'izy ireo fotsiny, dia tsy afaka miverina miaina miaraka amin'ny Ray any An-danitra izy ireo. Niresaka tamin'i Adama ny Tompo ary nampianatra azy ny drafitry ny famonjena sy ny fanavotana amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Afaka mahazo fifaliana eto an-tany sy miverina miara-miaina amin'Andriamanitra indray i Adama sy ny fianakaviany amin'ny alalan'ny fanarahana io drafitra io (jereo Alma 18:36; 22:12–14).

### Fandalinana ny Soratra masina

**Tao amin'ny Saha**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 2 | Mosesy 3:15–17 | Genesisy 1:26–31 |
| Mosesy 2:26–31 | Mosesy 5:11 | Genesisy 2:15–17 |

**Ny Fahalavoana**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 2:25 | Mosesy 4 | Genesisy 3 |
| Alma 12:22–34 | Mosesy 5:10–12 | |

Fanamarihana

## Ny Fiainantsika eto An-tany

Ny fiainana eto an-tany dia tombontsoa ary fahasoavana. Ny tanjontsika amin'ity fiainana ity dia ny hahazo fifaliana sy hiomana hiverina eo anatrehan'Andriamanitra indray. Eto amin'ny fiainana an-tany dia miaina ao anatin'ny toetoetra izay iharan'ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy isika. Andriamanitra dia manana vatana nofo sy taolana izay tanteraka, be voninahitra ary tsy mety maty. Mba hitoviana amin'Andriamanitra sy hiverenana eo anatrehany dia tsy maintsy manana vatana nofo sy taolana izay tanteraka sy tsy mety maty koa isika. Kanefa, noho ny Fahalavoan'i Adama sy Eva dia lasa manana vatana tsy tanteraka sy mety maty ny olona tsirairay ary mbola ho faty any aoriana. Raha tsy noho ny Mpamonjy Jesoa Kristy dia ho nampitsahatra ny fanantenana rehetra momba ny fiainana ho avy miaraka amin'ny Ray any An-danitra ny fahafatesana.

Miaraka amin'ny fahafatesan'ny vatana, dia ny fahotana no sakana lehibe izay manakana antsika tsy hitovy amin'ny Ray any An-danitra sy hiverina eo anatrehany. Eto amin'ity fiainana an-tany mety maty ity dia matetika isika no tratran'ny fakam-panahy, sy mandika ireo didin'Andriamanitra ary manota. Mandritra ny fiainantsika eto an-tany dia manao fahadisoana ny tsirairay avy amintsika. Ny fahotana dia mitondra fahoriana hatrany, na dia toa tsy miseho ho toy izany aza indraindray. Ny fahotana dia miteraka fahatsapan-tena ho meloka sy henatra. Noho ny fahotantsika dia tsy afaka miverina miara-miaina amin'ny Ray any An-danitra isika raha tsy voavela heloka sy voadio.

Rehefa eto amin'ity fiainana an-tany ity isika dia mahazo traikefa izay mitondra fifaliana ho antsika. Mahazo ihany koa isika traikefa izay mitondra fijaliana sy alahelo ho antsika, ny sasany amin'izany dia vokatry ny fahotana nataon'ny hafa. Ireo traikefa ireo dia manome antsika fomba ahafahana mianatra, sy mivoatra, ary manavaka ny tsara amin'ny ratsy ary manao safidy. Andriamanitra dia manentana antsika hanao ny tsara ary i Satana dia maka fanahy antsika hanota. Toy ny amin'ny fahafatesan'ny vatana dia tsy afaka mandresy ny vokatry ny fahotana koa isika amin'ny herintsika manokana. Tsy afaka manao na inona na inona isika raha tsy eo ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

### Fandalinana Soratra masina

**Ny Fotoana Fizahan-toetra na Fitsapana**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 2:21 | Alma 12:21–24 | Abrahama 3:25–26 |
| 2 Nefia 9:27 | Alma 34:31–35 | |
| Môsià 3:19 | Alma 42:2–10 | |

**Ny Safidy**

2 Nefia 2:26–29 — Josoa 24:15

*Jeunes, soyez forts*, "Libre Arbitre et Responsabilité"

**Ny Tsara sy ny Ratsy**

Môrônia 7:12–19

**Ny Fahotana**

Romana 3:23 — 1 Jaona 1:8–10 — 1 Jaona 3:4

**Tsy Afaka Miaraka amin'Andriamanitra Ireo Izay tsy Madio**

1 Nefia 10:20–21 — 3 Nefia 27:19 — Mosesy 6:57

Alma 41:10–11

Fanamarihana

## Ny Sorompanavotana



Talohan'ny nahariana an'izao tontolo izao dia nofidian'ny Raintsika any An-danitra ho Mpamonjy sy ho Mpanavotra antsika i Jesoa Kristy. Ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia ahafahantsika mandresy ny vokatry ny Fahalavoana. Ireo mpaminany rehetra hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao dia nijoro ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy amin'ny maha-Mpanavotra antsika Azy.

Hihatra amintsika rehetra ny fahafatesan'ny vatana, kanefa i Jesoa Kristy dia nandresy ny sakan'ny fahafatesan'ny vatana ho antsika. Raha maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy dia nisaraka tamin'ny vatany ny fanahiny. Ny andro fahatelo dia nitambatra mandrakizay ny fanahiny sy ny vatany ary tsy hosarahana intsony. Niseho tamin'ny olona maro Izy ary nampisehoany azy ireo fa manana vatana nofo sy taolana tsy mety maty Izy. Ny fikambanan'ny vatana sy ny fanahy dia antsoina hoe fitsanganana amin'ny maty ary izany dia fanomezana ampanantenaina antsika tsirairay avy. Noho ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty dia hitsangana amin'ny maty daholo isika, tsy hijerena na nanao ny tsara na nanao ny ratsy teto an-tany. Hahazo vatana nofo sy taolana tanteraka sy tsy mety maty isika, izay tsy hiharan'ny aretina, na fanaintainana na fahafatesana intsony. Ny fitsanganana amin'ny maty dia mamela antsika hiverina any amin'Andriamanitra mba ho tsaraina, fa tsy manome antoka izany fa ho afaka hitoetra eo anatrehany isika. Mba hahazoana izany fahasoavana izany dia tsy maintsy voadio amin'ny ota ihany koa isika.

Nandefa ny Zanany Malalany, Jesoa Kristy, Andriamanitra, mba handresy ny sakan'ny fahotana ankoatry ny sakan'ny fahafatesan'ny vatana. Tsy tompon'andraikitra tamin'ny Fahalavoan'i Adama sy Eva isika fa kosa tompon'andraikitra amin'ny otantsika manokana. Andriamanitra dia tsy afaka hijery fotsiny amin'ny hamoram-po na dia ny fahotana faran'izay bitika indrindra aza, ary ny fahotana dia manakana antsika tsy hitoetra eo anatrehany. Amin'ny alalan'ny fahasoavana sy ny famindram-pon'ny Mpamonjy ihany no ahafahantsika ho voadio amin'ny ota, ka mba hahafahantsika miara-miaina amin'Andriamanitra indray. Afaka ho tanteraka izany rehefa mampihatra ny finoana an'i Jesoa Kristy, mibebaka, atao batisa, mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ary maharitra hatramin'ny farany isika.

Mba hanatanterahana ny drafitry ny famonjena dia nanefa ny sazy vokatry ny otantsika i Kristy. Izy irery ihany no afaka nahavita izany. Voantso sy voaomana tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana Izy. Zanak'Andriamanitra ara-nofo ara-bakiteny Izy. Tsy nanota Izy ary nankato tanteraka ny Rainy. Na dia nalaina fanahy aza Izy dia tsy nianjera tao anatin'ny fakam-panahy. Rehefa nangataka ny Zanany Malalany hanefa ny vidin'ny otan'izao tontolo izao ny Ray dia efa vonona sy nazoto i Jesoa. Ny Sorompanavotana dia ahitana ny Fijaliany tao amin'ny Sahan'i Getsemane sy ny fijaliany ary ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana ary nifarana tamin'ny Fitsanganany tamin'ny maty izany. Na dia nijaly mihoatra ny azo takarina aza Izy—izay tena mafy tokoa ka nipotrapotraka ny ra avy amin'ny mason-kodiny rehetra ary nanontany Izy raha azo atao ny hanesorana Aminy izany enta-mavesatra izany—dia nanaiky ny sitrapon'Andriamanitra ho fanehoany amin'ny fomba lehibe indrindra ny fitiavany an-dRainy sy antsika. Ny fandresen'i Jesoa Kristy ny fahafatesana ara-panahy tamin'ny alalan'ny fijaliany ary ny fahafatesan'ny vatana tamin'ny alalan'ny Fitsanganana tamin'ny maty no antsoina hoe Sorompanavotana.

Fanamarihana

Mampanantena i Kristy fa hamela ny fahotantsika raha toa ka manaiky Azy isika amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoantsika Azy, ny fibebahana, ny fandraisana ny batisa asitrika, sy ny fametrahan-tanana ho an'ny fanomezana ny Fanahy Masina ary amin'ny fiezahana am-pinoana hitandrina ny didin'Andriamanitra mandrapaha-tapitry ny fiainantsika. Amin'ny alalan'ny fibebahana tsy tapaka dia afaka mahazo famelankeloka isika ary ho voadio ny otantsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Afaka amin'ny vesatry ny fahamelohana sy ny henatra isika ary tonga mendrika ny hiverina hitoetra eo anatrehan'Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesoa Kristy.

Raha miantehitra amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika dia afaka manampy antsika hahazaka ny fitsapana, sy ny aretina ary ny fanaintainana Izy. Afaka ho feno fifaliana, sy fiadanana ary fiononana isika. Ireo zavatra rehetra tsy rariny eo amin'ny fiainana dia afaka hahitsy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Raha nanefa ny vidin'ny otantsika nefa ny Tompo, dia tsy nanala ny andraikitrin'ny tenantsika manokana. Tsy maintsy mampiseho isika fa manaiky Azy ary vonona ny hitandrina ny didiny. Amin'ny alalan'ny fanomezan'ny Sorompanavotana ihany no ahafahantsika miverina miara-miaina amin'Andriamanitra.

### Fandalinana Soratra Masina

**Ny Fitsanganana amin'ny maty**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 9:6–7 | F&F 88:27–32 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, |
| Alma 11:42–45 | Lioka 24:1–10, 36–39 | "Fahafatesan'ny vatana," |
| Alma 40:23 | 1 Korintiana 15:20–23 | "Fahafatesana ara-panahy," |
| Helamana 14:15–19 | DJS, 1 Korintiana 15:40–42 | "Fitsanganana amin'ny maty" |

**Ny Sorompanavotana**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 2:6–8 | F&F 19:15–19 | 1 Jaona 1:7 |
| Alma 7:11–13 | F&F 45:3–5 | Torolalana ho an'ny Soratra masina, |
| Alma 34:8–10 | Jaona 3:16–17 | "Manonitra, Sorompanavotana" |

**Ny Filazantsara—Ny Lalana**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 9:1–24 | Alma 11:40 | 3 Nefia 27 |
| 2 Nefia 31 | 3 Nefia 11:31–41 | Môrônia 7:27–28 |

## Ny Tontolon'ny Fanahy

Na dia nandresy ny fahafatesan'ny vatana aza i Kristy dia tsy maintsy ho faty ny olona rehetra satria ny fahafatesana dia anisan'ny dingana handalovana izay hiovantsika avy amin'ny mety maty, ho tonga tsy mety maty. Rehefa maty isika dia mankany amin'ny tontolon'ny fanahy ny fanahintsika. Ny fahafatesana dia tsy manova ny maha-izy azy antsika na ny faniriantsika hanao ny tsara na ny ratsy. Ireo izay mifidy ny hankato an'Andriamanitra eto an-tany dia hiaina ao anatin'ny fahasambarana, sy fiadanana, ary fitsaharana amin'ny olana sy ny zava-manahirana. Ireo izay mifidy ny tsy hankato eto amin'ity fiainana ity ary tsy mibebaka dia hiaina ao anatin'ny alahelo. Ny filazantsara dia toriana any amin'ny tontolon'ny fanahy ho an'ireo izay mbola tsy nankato ny filazantsara na tsy nanana fahafahana haheno izany teto an-tany. Mijanona ao amin'ny tontolon'ny fanahy isika mandrapahatongan'ny fitsanganana amin'ny maty.

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra Masina**

**Ny Filazantsara Toriana amin'ireo izay Efa Maty**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 138 | 1 Petera 3:19–20 | 1 Petera 4:6 |

**Ny Fahatesana sy ny Tontolon'ny Fanahy**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 34:34 | Alma 40:11–14 | Mpitoriteny 12:7 |

## Ny Fitsanganana amin'ny Maty, ny Fitsarana sy ny Tsy fahafatesana

Rehefa mikambana ny vatantsika sy ny fanahintsika amin'ny fitsanganana amin'ny maty dia hoentina eo anatrehan'Andriamanitra isika hotsaraina. Ho tadidintsika tsara ny fahamarinantsika sy ny fahamelohantsika. Raha nibebaka isika dia hahazo indrafo. Homena valisoa isika araka ny asa vitantsika sy ny faniriantsika.

Ho lasa tsy mety maty ny olona rehetra amin'ny alalan'ny fitsanganana amin'ny maty—ary hiaina mandrakizay izy ireo. Ny tsy fahafatesana dia fanomezana maimaimpoana ho an'ny olona rehetra, na marina na ratsy fanahy. Kanefa ny fiainana mandrakizay dia tsy mitovy amin'ny tsy fahafatesana. Ny fiainana mandrakizay dia fanomezana avy amin'Andriamanitra izay omena ireo izay mitandrina ny filazantsarany ihany. Io no dingana avo indrindra afaka takarintsika. Izany dia tonga amin'ireo izay afaka amin'ny ota sy ny fijaliana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy. Izany no hoe fisandrantana izay midika hoe miara-miaina mandrakizay amin'Andriamanitra ho fianakaviana mandrakizay. Izany no hoe mahafantatra an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy ary miaina ny fiainana iainany.

**Ny Fitsanganana amin'ny Maty sy ny Fiverenana ho Vatana sy Nofo**

Mety ampifangaroan'ny olona sasany ny fotompampianaran'ny fitsanganana amin'ny maty sy ny foto-kevitry ny fiverenana ho vatana sy nofo. Ny foto-kevitry ny fiverenana ho vatana sy nofo dia ahitana fahaterahana indray eto an-tany amin'ny endrika hafa ary fotopampianarana diso izany. Ny fotopampianaran'ny fitsanganana amin'ny maty dia ahitana ny fandraisana valisoa maharitra mandrakizay dia vatana nofo sy taolana tsy mety maty. Fotopampianarana marina izany. Makà antoka fa mazava tsara amin' ireo izay ampianarinao ny fotompampianaran'ny fitsanganana amin'ny maty.

## Ireo Fanjakam-boninahitra

Mandritra ny fiainantsika eto an-tany dia manao safidy amin'ny tsara sy ny ratsy isika. Andriamanitra dia manome valisoa antsika arakaraky ny asa vitantsika sy ny faniriantsika. Koa satria Andriamanitra dia manome valisoa ny tsirairay arakarak'izay zava-bita tamin'ny maha-vatana, dia misy ny karazana fanjakam-boninahitra samihafa izay mety handefasana antsika aorian'ny Fitsarana. Ireo izay nibebaka tamin'ny fahotana sy nandray ireo ôrdônansin'ny filazantsara ary nitandrina ny fanekempihavanana mifanaraka amin'izany dia ho voadio amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy. Hahazo ny fisandratana any amin'ny fanjakana avo indrindra izy ireo izay fantatra koa amin'ny hoe ny fanjakana selestialy. Hitoetra eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, ka hitovy

Fanamarihana

Aminy ary hahazo ny fahafenoan'ny fifaliana. Hiara-hiaina mandrakizay amin' ireo olona ao amin'ny fianakaviany izay mendrika izy ireo. Ao anatin'ny soratra masina io fanjakana io dia oharina amin'ny voninahitra na famirapiratan'ny masoandro.

Ireo olona izay tsy nandray ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy nefa nanana fiainana mendrika dia hahazo toerana ao amin'ny fanjakana terestrialy. Io fanjakana io dia oharina amin'ny voninahitry ny volana.

Ireo izay manohy manota ka tsy mibebaka eto amin'ity fiainana ity dia hahazo ny valisoany ao amin'ny fanjakana ambany indrindra, izay antsoina hoe ny fanjakana telestialy. Io fanjakana io dia oharina amin'ny voninahitry ny kintana.

### Fandalinana Soratra Masina

**Ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny Famerenana amin'ny Laoniny**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 9:14–15 | Jakôba 6:8–9 | Alma 42:13–15, 22–23 |

**Ny Fitsarana**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 28:23 | Alma 5:15–21 | F&F 132:12; 137:9 |
| Môsià 3:23–25 | Alma 12:12–14 | Jaona 5:22 |


**Ireo Fanjakam-boninahitra**

| | | |
|---|---|---|
| 3 Nefia 28:10 | F&F 76 | Matio 5:48 |
| F&F 76: Teny Fanolorana | F&F 137 | DJS, 1 Korintiana 15:40<br>1 Korintiana 15:41-42 |

**Ny Fiainana Mandrakizay**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 31:17–21 | F&F 45:8 | Jaona 3:16 |
| F&F 14:7 | F&F 93:19 | Jaona 17:3 |
| F&F 29:43–44 | | |

### Ny Drafitry ny Famonjena




Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia mahatonga ny famonjena ho azo tanterahina.

### Fanasana hatao Batisa

Ny fanasana hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia tokony ho mazava sy mivantana: "Vonona ve ianao hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovana batisa tanterahin' olona iray mihazona ny fahefan'ny fisoronan'Andriamanitra? Hisy fotoam-batisa amin'ny [daty]. Hiomana hatao batisa amin'io daty io ve ianao?"

Lesona 2:
Ny Drafitry ny Famonjena

Fanamarihana

# Hevitra ho an'ny Fampianarana

Ity fizarana ity dia misy hevitra ho anao mba hampiasainao rehefa miomana na hampianatra ity lesona ity. Manaraha amim-bavaka ny Fanahy Masina rehefa manapa-kevitra ny fomba hampiasana ireto hevitra ireto ianao. Ampidiro ao anatin'ny drafitrin'ny lesonao ireo hevitra nofidinao. Ataovy ao an-tsaina fa ireo hevitra ireo dia soso-kevitra — fa tsy zavatra takiana—hanampiana anao hanome fahafahampo an'ireo zavatra ilain'ny olona ampianarinao.

## Drafi-pampianarana Fohy (3–5 minitra)

Ny drafitry ny famonjena dia mampianatra antsika hoe avy aiza isika, maninona eto an-tany isika, ary ho aiza isika aorian'izao fiainana izao. Maneho an-tsary ny diantsika mandrakizay izany avy amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, ny fiainana an-tany, ny fahafatesana, ny fitsanganana amin'ny maty ka hatramin'ny fiainana any amin'ny mandrakizay. Ilay drafitra koa dia manazava izay ataon'ny Raintsika be fitiavana any An-danitra mba hanampiana antsika hahomby amin'io diantsika io mba hahafahantsika hiverina eo anatrehany sy ho tonga tahaka Azy. Ilay drafitra dia mifantoka amin'ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ka nandreseny ny vokatry ny Fahalavoana sy hahafahantsika mahazo ny fiainana mandrakizay. Manasa anao izahay hisaintsaina sy hivavaka momba ity hafatra ity.

- Ny Fiainana Talohan'ny Nahaterahana: Ny Tanjon'Andriamanitra sy ny Drafiny ho Antsika
- Ny Fahariana
- Ny Fahafahana Misafidy sy ny Fahalavoan'i Adama sy Eva
- Ny Fiainantsika eto an-tany
- Ny Sorompanavotana
- Ny Tontolon'ny Fanahy
- Ny Fitsanganana amin'ny maty, ny Fitsarana ary ny Tsy fahafatesana
- Ireo Fanjakam-boninahitra

### Fanoloran-tena

- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa marina ny zavatra nampianarinay?
- Hibebaka amin'ny fahotanao ve ianao?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Vonona ve ianao hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ary hatao batisa amin'ny (daty)?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Drafi-pampianarana Antonontonony (10–15 minitra)

Ny hafatray dia manampy antsika hahatakatra ny tanjon'ny fiainana sy hoe iza moa isika. Manome fanantenana sy manampy antsika hahita fiadanana, sy fifaliana ary fahasambarana izany. Milaza amintsika izany

Fanamarihana

hoe avy aiza isika, maninona eto an-tany isika ary ho aiza isika aorian'izao fiainana izao. Andriamanitra dia Raintsika, ary tia antsika Izy. Zanany isika. Anisan'ny fianakaviany isika ary niara-niaina taminy isika talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany. Manana drafitry ny fahasambarana Izy izay mahatonga antsika ho afaka hiverina any Aminy aorian'ity fiainana ity. Ny fandrosoantsika dia miankina amin'ny fomba fampiasantsika ny fahafahana misafidy na fahazoana misafidy izay nomen'Andriamanitra. Ao anatin'izany drafitra izany koa ny Fahalavoan'i Adama izay nahafahantsika ho tonga teto an-tany, mahazo vatana, mahazo traikefa, ary manana fianakaviana ho antsika manokana. Fa ny Fahalavoana dia nitondra ny fahafatesan'ny vatana izay fisarahan'ny fanahy amin'ny vatana, sy ny fahafatesana ara-panahy, izay fisarahana amin'Andriamanitra.

I Jesoa Kristy no ivon'ny drafitr'Andriamanitra. Ny sorompanavotan'i Kristy dia nandresy na ny vokatry ny fahafatesan'ny vatana na ny fahafatesana ara-panahy. Hitsangana amin'ny maty daholo isika ary hiaina mandrakizay miaraka amin'ny vatana izay tsy handairan'ny fanaintainana sy ny aretina. I Kristy dia nanao ihany koa izay hahafahana handresy ny fahafatesana ara-panahy. Rehefa miaina ny Filazantsarany isika dia hamela ny fahotantsika amim-pamindram-po Izy. Hanasitrana antsika Izy ary hanolo ny fahamelohana sy ny henatra ho fiadanana sy fahasambarana amin'izao fiainana izao.

Araka ny ao anatin'ny drafitra feno indrafon'Andriamanitra dia handalo amin'ny fahafatesan'ny vatana isika rehetra. Hisaraka amin'ny vatantsika ny fanahintsika ary hiaina ao amin'ny tontolon'ny fanahy mandritra ny fe-potoana voafetra. Hitsangana amin'ny maty isika avy eo miaraka amin'ny vatana tsy mety maty, izay fitambaran'ny vatantsika sy ny fanahintsika ho mandrakizay. Ho tsaraina arakaraky ny asa vitantsika sy ny faniriantsika isika. Ireo izay miaina ny filazantsara dia hahazo ny fanomezana lehiben'ny Raintsika any An-danitra, dia ny fanomezana ny fiainana mandrakizay eo anatrehany.

Ny Raintsika any An-danitra dia nampiseho indray ny fitiavany antsika Zanany tamin'ny fanambarany ny drafitry ny fahasambarany. Mianatra ny momba io drafitra lehibe io isika ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna, izay azonao vakiana, sy saintsainina, ary ivavahana ny momba azy. Manasa anao izahay mba hiara-hiangona sy hivavaka aminay.

### Fanoloran-tena:

- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa marina ny zavatra nampianarinay?
- Hibebaka amin'ny fahotanao ve ianao?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Vonona ve ianao hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ary hatao batisa amin'ny (daty)?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

Fanamarihana

### Drafi-pampianarana Feno (30–45 minitra)

- Ny Fiainana Talohan'ny Nahaterahana: Ny Tanjon'Andriamanitra sy ny Drafiny ho antsika
  - Andriamanitra dia Raintsika any An-danitra, ary zanany isika (jereo Asan'ny Apôstôly 17:16–34; Hebreo 12:9).
  - Andriamanitra dia manana drafitra ho an'ny fahasambarantsika. Jesoa Kristy no ivon'izany drafitra izany.
  - Ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny ny fahasambarana dia hahafahantsika miverina ho eo anatrehany (jereo Mosesy 1:39).
  - Ny fivoarantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fampiasantsika ny fahafahantsika misafidy (jereo 2 Nefia 2:27–29).
- Ny Fahariana
  - Nahary ny tany i Jesoa Kristy, teo ambanin'ny fitantanan'ny Ray (jereo Hebreo 1:1–3).
- Ny Fahafahana misafidy sy ny Fahalavoan'i Adama sy Eva
  - Nohariana araka ny endrik'Andriamanitra i Adama sy Eva (jereo Genesisy 1:26–27).
  - Tao amin'ny sahan'i Edena dia tsy nanan-tsiny izy ireo ary niaina teo anatrehan'Andriamanitra.
  - Koa satria nihinana tamin'ilay voankazo voarara izy ireo dia noroahana tsy ho ao amin'ny saha (jereo Mosesy 4:19–31). Izany no antsoina hoe ny Fahalavoana.
  - Lasa mety maty, sy afaka nahazo zanaka izy ireo, ary niharan'ny fahotana sy ny fahafatesana ihany koa (jereo 2 Nefia 2:22–25; Mosesy 5:11).
- Ny Fiainantsika Eto An-tany
  - Ny tanjontsika eo amin'ny fiainana dia ny hahita fiadanana sy fifaliana ary fahasambarana maharitra amin'ny maha-fianakaviana sy ny hiomana hiverina hiaina miaraka amin'Andriamanitra.
  - Tonga teto an-tany isika mba ho sedraina (jereo Abrahama 3:24–25).
  - Nahazo vatana nofo sy taolana isika, nefa niharan'ny fahafatesan'ny vatana.
  - Andriamanitra dia manome didy. Raha mankato isika, dia hahazo fahasoavana. Raha tsy mankato isika dia manota sy mijinja ny vokany.
  - Ny fahotana rehetra dia tsy maintsy onerana, na onerantsika, na oneran'i Kristy (jereo F&F 19:15–20).
  - Samy manao safidy isika ary manota avokoa (jereo Romana 3:23).
  - Mandalo traikefa isika, izay mitondra hafaliana sy fahoriana ihany koa ho antsika.
  - Tsy afaka mandresy na ny fahafatesan'ny vatana na ny fahafatesana ara-panahy isika raha tsy misy an' i Kristy.

Fanamarihana

- Ny Sorompanavotana
  - Koa satria i Jesoa Kristy nandresy ny fahafatesan'ny vatana dia hitsangana amin'ny maty avokoa isika rehetra (jereo Alma 11:41–43).
  - Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy dia afaka ho voadio amin'ny fahotana isika mba hahafahantsika miverina miaina eo anatrehan'Andriamanitra (jereo 2 Nefia 9:8–9).
  - Avelan'i Kristy ny fahotantsika rehefa manana finoana Azy isika, sy mibebaka, sy mandray ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina ary maharitra hatramin'ny farany.
- Ny Tontolon'ny Fanahy
  - Tsy maintsy ho faty daholo ny olona.
  - Mankany amin'ny tontolon'ny fanahy ny fanahintsika rehefa tonga ny fahafatesana.
  - Na isika miaina ao amin'ny fahoriana, na miaina ao amin'ny fiadanana sy fitsaharana, izany dia miankina amin'ny fomba niainantsika teto amin'ity fiainana ity.
- Ny Fitsanganana amin'ny maty, ny Fitsarana, ary ny Tsy Fahafatesana
  - Ny fanahintsika sy ny vatantsika dia hikambana indray any amin'ny fitsanganana amin'ny maty (jereo Alma 11:42–45; 40:23).
  - Hiverina eo anatrehan'ny Ray isika hotsaraina araka ny asa vitantsika sy ny faniriantsika.
  - Raha nibebaka isika dia hahazo famindram-po.
  - Ny fiainana mandrakizay dia fanomezan'Andriamanitra ho an'ireo izay mankato tanteraka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy (jereo F&F 14:7).
- Ireo fanjakam-boninahitra (jereo F&F 76; 137; 1 Korintiana 15:40–42).
  - Mahazo valisoa isika arakaraky ny asa vitantsika sy ny faniriantsika (jereo F&F 137:9).
  - Ireo izay mandray ny filazantsara sy miaina izany amin-kerim-po mandritra ny fiainany dia hahazo ny fanjakana selestialy (jereo F&F 76:50–70).
  - Ireo olona manan-kaja izay "nojambain'ny famitahan'ny olona" ary ireo izay " tsy nahery fo amin'ny tenivavolombelon'i Jesoa Kristy" dia hahazo ny fanjakana terestrialy (jereo F&F 76:76, 79).
  - Ireo izay manota ary tsy mibebaka dia hahazo ny voninahitra telestialy aorian'ny hijaliany noho ny otany sy ny hanefany izany.

### Fanoloran-tena

- Hivavaka ve ianao mba hahafantaranao fa marina ny zavatra nampianarinay?
- Hibebaka amin'ny fahotanao ve ianao?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?

Fanamarihana

- Vonona ve ianao hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ary hatao batisa amin'ny (daty)?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Fanontaniana Apetraka aorian'ny Fampianaranao

- Misy fanontaniana ve momba ny zavatra nampianarinay?
- Ahoana no fahazoanao ny Drafitr'Andriamanitra ho anao sy ho an'ny fianakavianao?
- Araky ny nampianarinay anao, ahoana no fahazoanao ny anjara toeran'i Jesoa Kristy? Midika inona aminao izany?

## Famaritana ireo Teny manan-danja

Ireto manaraka ireto dia teny izay matetika tsy azon'ny olona ny heviny. Ataovy izay hanazavana tsara azy ireo ary fantaro raha azon'ireo izay ampianarinao izany.

- **Fahafatesan'ny vatana:** Fisarahan'ny fanahintsika, izay miaina mandrakizay ary tsy mety maty, amin'ny vatantsika.
- **Fahalavoana (an'i Adama sy Eva):** Rehefa nihinana ny voankazo voarara i Adama sy Eva dia lasa mety maty—izany hoe iharan'ny fahotana sy ny fahafatesana. Lasa ny "nofo voalohany" teto an-tany i Adama (Mosesy 3:7). Ny fanambarana amin'ny Andro farany dia manazava tsara fa ny Fahalavoana dia fahasoavana ary i Adama sy Eva dia tokony omena voninahitra amin'ny maha ray aman-dreny voalohany ny olombelona rehetra azy ireo.
- **Fahatesana ara-panahy:** Fisarahana amin' Andriamanitra sy ny fitarihany; maty raha momba ireo zavatra mikasika ny fahamarinana. Ny fahafatesana ara-panahy dia tonga teto an-tany tamin'ny alalan'ny fahalavoan' i Adama (jereo Alma 42:6–7). Ireo mety maty izay mihevi-dratsy sy miteny ratsy ary manao asa ratsy dia maty ara-panahy na dia mbola velona eto an-tany aza (jereo 2 Nefia 9:39). Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy sy ny fankatoavana ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara dia afaka voadio amin'ny fahotana ary afaka mandresy ny fahatesana ara-panahy ny lehilahy sy ny vehivavy.
- **Famonjena:** Voavonjy amin'ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy. Ny olona rehetra dia hovonjena amin'ny fahafatesan'ny vatana noho ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Ny olona tsirairay koa dia afaka ho vonjena amin'ny fahafatesana ara-panahy noho ny fahasoavan'Andriamanitra, amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy. Io finoana io dia miseho amin'ny fiainana feno fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara ary fanompoana an'i Kristy.
- **Fanavotana:** Ny atao hoe manavotra dia manafaka, mividy, na manonitra, toy ny manafaka olona iray amin'ny fanandevozana amin'ny alalan'ny fandoavam-bola. Ny tiana ambara amin'ny hoe fanavotana dia ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fanafahana tamin'ny ota. Ny Sorompanavotan'i Jesoa dia manavotra ny olombelona rehetra amin'ny fahafatesan'ny vatana. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotany, dia havotana amin'ny fahafatesana ara-panahy ihany koa ireo izay manam-pinoana Azy ka mibebaka.

Fanamarihana

- **Fiainana an-tany:** Ny fotoana manomboka amin'ny fahaterahana ka hatramin'ny fahafatesan'ny vatana.
- **Fiainana talohan'ny nahaterahana:** Amin'ny maha-fanahy zanakin'ny Raintsika any An-danitra antsika dia niaina teo anatrehany isika talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany. Tsy nanana vatana isika tamin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana.
- **Fisandratana:** Fiainana mandrakizay eo anatrehan'Andriamanitra; tonga tahakan'Andriamanitra ary miaina eo anatrehany. Ilay fanomezana lehibe indrindra amin'ireo fanomezan'Andriamanitra. Ny fisandratana dia azo avy amin'ny Sorompanavotan'i Kristy sy ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara rehetra.
- **Fitsanganana amin'ny maty:** Ny fikambanan'ny vatana fanahy sy ny vatana nofo sy taolana indray aorian'ny fahafatesana. Aorian'ny fitsanganana amin'ny maty dia tsy hosarahana intsony ny fanahy sy ny vatana ary tsy mety maty ilay olona. Ny olona tsirairay teraka eto an-tany dia hitsangana amin'ny maty avokoa satria nandresy ny fahafatesana i Jesoa Kristy.
- **Fitsarana:** Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy, Andriamanitra dia hitsara antsika tsirairay mba hahafantarana ny voninahitra mandrakizay izay ho azontsika. Io fitsarana io dia mifototra amin'ny fankatoavantsika ny didin'Andriamanitra, anisan'izany ny fanekentsika ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Handray ny valisoantsika mandrakizay isika arakaraky ny hoe tsara sa ratsy ny asa vitantsika sy ny faniriantsika.
- **Tsy fahafatesana:** Ny toetoetra hiainana mandrakizay amin'ny toe-tena nitsanganana tamin'ny maty, ka tsy iharan'ny fahafatesan'ny vatana.
- **Sorompanavotana:** Araka ny ampiasaina azy ao amin'ny soratra masina, ny atao hoe manonitra dia ny mizaka ny sazin'ny ota iray, ka manaisotra ny vokatry ny fahotana eo amin'ny mpanota mibebaka ary mamela azy ireo hihavana amin'Andriamanitra indray. I Jesoa Kristy dia nijaly tao Getsemane sy teo amin'ny hazo fijaliana. Izy irery ihany no hany afaka nahavita ny sorompanavotana tonga lafatra ho an'ny olombelona rehetra. Nizaka ny sazin'ny otantsika Izy tao Getsemane ary maty teo amin'ny hazo fijaliana. Nitondra teo Aminy ny fanaintainana sy ny fahoriana, ny aretina sy ny fakam-panahy sy ny fijaliana ary ny kilemantsika rehetra Izy (jereo Alma 7:11–12).

### Ireo Teny Hafa Izay Mety Ilàna Fanazavana Fanampiny ho an'ireo Izay Ampianarinao

- Batisa asitrika
- Drafitry ny famonjena
- Fahafatesan'ny vatana
- Fahariana
- Fahotana
- Fanjakam-boninahitra
- Fiainana mandrakizay
- Fifanoherana
- Finoana
- Fisedrana
- Fivoarana mandrakizay
- Hazon'ny Fahalalana ny tsara sy ny ratsy
- Mibebaka
- Sahan'i Edena
- Selestialy
- Telestialy
- Terestrialy
- Tontolon'ny Fanahy
- Voadio [amin'ny fahotana]
- Voankazo voarara
- Voavela [amin'ny heloka]

Lesona 3:
Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy

Fanamarihana

# Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy



## Ny Tanjonao

Rehefa mampianatra ianao, dia omano ireo naman'ny Fiangonanao mba hahafeno ireo fepetra ilaina ho an'ny batisa izay ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 sy ao amin'ny Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa. Ny fomba tsara indrindra hahatanteraka izany dia ny fanasana ireo naman'ny Fiangonana hanao sy hitazona ireo fanoloran-tena izay tanisaina eto ambany.

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa**

- Mino ve ianao fa Andriamanitra dia ilay Raintsika any An-danitra?
- Mino ve ianao fa i Jesoa Kristy dia Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao?
- Mino ve ianao fa ny Fiangonana sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia naverina amin'ny laoniny indray tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith?

**Fanoloran-tena**

- Hanohy hampitombo ny finoanao an'i Jesoa Kristy amin'ny fanohizana ny fianarana momba ny filazantsarany ve ianao?
- Hibebaka sy hivavaka ho an'ny famelana ny fahotanao ve ianao?
- Vonona ny hatao batisa mba ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro farany ve ianao amin'ny (daty)? Vonona ny ho raisina ho mpikambana sy hahazo ny fanomezana ny Fanahy Masina ve ianao?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Afaka Ho Voadio amin'ny Otantsika Isika amin'ny Alalan'i Kristy

Andriamanitra dia nandefa ny Zanaka malalany, Jesoa Kristy, teto an-tany mba hahafahan'ny zanak'Andriamanitra rehetra hiverina hitoetra eo anatrehany aorian'ny fahafatesany. Amin'ny alalan'ny fahasoavana sy ny famindram-pon'ny Mpamonjy ihany

Fanamarihana

no ahafahantsika ho voadio amin'ny fahotana mba hahafahantsika mitoetra eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra. Ny tonga madio amin'ny fahotana dia midika hoe sitrana ara-panahy (jereo 3 Nefia 9:13; 18:32).

Noho ny Sorompanavotan'i Kristy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia hiverina hitoetra eo anatrehan'ny Tompo avokoa ny olona rehetra ary hotsaraina araka ny asa vitany sy ny faniriany (jereo 2 Nefia 9:10–16; Helamana 14:15–18; 3 Nefia 27:14–22; F&F 137:9). Hotsaraina araka ny lalàn'ny fahamarinana sy ny famindram-po isika.

Ny fahamarinana dia ilay lalàna tsy miova izay mitondra ny vokatry ny asa natao—fitahiana noho ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra ary sazy noho ny tsy fankatoavana. Manota daholo isika. Ny fahotana dia mandoto antsika ary tsy misy zavatra tsy madio afaka hiaina eo anatrehan'Andriamanitra (jereo1 Nefia 10:21; 3 Nefia 27:19; Mosesy 6:57).

Ny Mpamonjy dia nanome fahafaham-po ny fitakian'ny fahamarinana ho an'ireo izay mibebaka amin'ny fahotany sy miezaka mitandrina ireo didiny rehetra tamin'Izy nipetraka teo amin'ny toerantsika ary nizaka ny sazin'ny otantsika. Izany asa nataony izany dia antsoina hoe Sorompanavotana. Noho izany fandavan-tena izany dia afaka misolo vava ho antsika eo anatrehan'ny Ray i Kristy. Ny Ray any An-danitra dia afaka maneho famindram-po, mamafa ny sazy amintsika ary mandray antsika ho eo anatrehany. Mampiseho famindram-po ny Raintsika any An-danitra rehefa mamela ny fahotantsika Izy ary manampy antsika hiverina hitoetra eo anatrehany.

Kanefa i Jesoa dia tsy nanala ny andraikitry ny tenantsika manokana. Mamela ny fahotantsika Izy raha manaiky Azy sy mibebaka ary mankato ny didiny isika. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotana sy ny fiainana ny filazantsara dia lasa mendrika ny hitoetra maharitra eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra isika. Tsy maintsy mampiseho fa manaiky an'i Kristy ary manam-pinoana Azy isika amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny sy ny fankatoavana ireo fitsipika sy ôrdônansy voalohan'ny filazantsara.

### Ny Fahotana

Ny fandraisana ny atao hoe "fahotana" dia misy dikany samihafa ao amin'ny kolotsaina sasany. Misy fifandraisany akaiky amin'ny foto-kevitry ny fanaovana heloka izany ho an'ny kolotsaina sasany. Ho an'ny hafa kosa dia rehefa misy olona iray tratra manao zavatra ratsy ary mitondra fahafaham-baraka ho an'ny fianakaviana na ny fiaraha-monina ihany vao ampiharina izany. Hazavao tsara fa ny fahotana dia ny tsy fankatoavana ny didin'Andriamanitra ary mitondra any amin'ny fisarahana amin'Andriamanitra. Andriamanitra dia mahalala izay rehetra ataontsika sy eritreretintsika ary mampalahelo Azy isika rehefa manota. Aza miresaka momba ny fandikan-dalàna vitanao taloha. Aza amporisihina na aza avela hiresaka momba ny fandikan-dalàna vitany ireo naman'ny Fiangonanao.

### Fandalinana Soratra Masina

**Nandefa ny Zanany Andriamanitra**

Alma 11:40 — Jaona 3:16–17

**Ny Famonjena amin'ny alalan'i Kristy**

2 Nefia 2:6–8 — Alma 34:8–9, 14–16
2 Nefia 9:21–24

**I Kristy no Mpisolovava antsika**


F&F 45:3–5

**Ny Famindram-po sy ny Fahamarinana**

Môsià 15:9 — Alma 42:22–25

Fanamarihana

## Ny Finoana an'i Jesoa Kristy



Ny fitsipika voalohan'ny filazantsara dia ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fananana finoana an'i Kristy dia ahitana ny finoana mafy orina fa Izy no ilay Zanaka lahitokan'Andriamanitra ary Mpamonjy sy Mpanavotra izao tontolo izao. Miaiky isika fa amin'ny alalan'ny fianteherantsika amin'ny fahasoavan'ny Zanany sy ny famindram-pony ihany no hahafahantsika miverina miara-miaina amin'ny Raintsika any An-danitra. Rehefa manana finoana an'i Kristy isika dia manaiky sy mampihatra ny Sorompanavotany sy ireo fampianarany. Mahatoky Azy sy izay teneniny isika. Fantatsika fa manana ny hery hitazona ny fampanantenany Izy. Ny Ray any An-danitra dia mitahy ireo izay manam-pinoana hankato ny Zanany.

Ny finoana an'i Kristy dia mitondra any amin'ny asa. Mitondra any amin'ny fibebahana amin-kitsimpo sy maharitra izany. Ny fananana finoana dia mitarika antsika hanandrana arak'izay tratrantsika hianatra momba ny Mpamonjintsika sy hitovy bebe kokoa Aminy. Te-hahafantatra ireo didiny isika ary mankato izany avy eo. Na dia mbola hahavita fahadisoana aza isika dia mampiseho ny fitiavantsika Azy isika amin'ny fiezahana ny hitandrina ny didiny ary hanalavitra ny fahotana.

Mino an'i Kristy isika ary mino fa tiany hitandrina ny didiny rehetra isika. Te-hampiseho ny finoantsika isika amin'ny alalan'ny fankatoavana Azy. Mivavaka am-pinoana isika hangatahana hery handresena ny fakam-panahy. Afaka mampitombo ny finoantsika momba ny fitsipika manokana iray koa isika, toy ny Tenin'ny Fahendrena na ny Fahafolonkarena, amin'ny alalan'ny finoana matanjaka tsara an'i Jesoa Kristy aloha mba hitandremana ny didiny. Rehefa mitandrina didy iray manokana isika dia mahalala ny fahamarinany amin'ny alalan'ny fiainana izany (jereo Jaona 7:17). Mitombo ara-panahy koa isika amin'ny alalan'ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra (jereo Romana 10:17) ary amin'ny alalan'ny famakiana ny tenin'Andriamanitra (jereo Helamana 15:7–8).

Rehefa mankato an'Andriamanitra isika dia mitahy antsika Izy. Manome hery antsika Izy hiatrehana ireo fanamby eo amin'ny fiainana. Manampy antsika Izy hanova ny fanirian'ny fontsika. Amin'ny alalan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy dia afaka manasitrana antsika Izy na ara-batana na ara-panahy.

### Fandalinana Soratra Masina

**Ny Finoana, ny Hery, ary nyFamonjena**

1 Nefia 7:12
2 Nefia 9:23
2 Nefia 25:23
Môrônia 7:33–34
Môrônia 10:7

**Ny Fotopampianaran'ny Finoana**

Alma 32
Efesiana 2:8
Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Finoana"

**Ohatry ny Finoana**

Etera 12
Hebreo 11

**Asa sy Fankatoavana**

1 Nefia 3:7
F&F 130:20–21
Jakoba 2:17–26

**Finoana ho amin'ny Fibebahana**

Alma 34

## Ny Fibebahana

Ny fitsipika faharoan'ny filazantsara dia ny fibebahana. Ny finoantsika an'i Kristy sy ny fitiavantsika Azy dia mitarika antsika hibebaka na hanova ny eritrerintsika, sy ny finoantsika ary ny fitondrantenantsika izay tsy mifanaraka amin'ny sitrapony. Tafiditra ao anatin'ny fibebahana ny fananana fijery vaovao momba an'Andriamanitra, momba antsika, ary momba an'izao tontolo izao. Rehefa mibebaka isika dia malahelo arakan'Andriamanitra ary avy eo dia mijanona tsy manao izay tsy mety fa manohy kosa manao izay tsara. Ny fitondrana ny fiainantsika hifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fibebahana no tanjona lehibe eo amin'ny fiainantsika. Amin'ny alalan'ny famindram-pon'i Kristy ihany no ahafahantsika miverina miara-miaina amin'Andriamanitra Ray ary amin'ny alalan'ny fibebahana ihany no andraisana ny famindram-pon'i Kristy.

Rehefa mibebaka isika dia miaiky ireo fahotantsika ary manenina na malahelo arakan'Andriamanitra. Mibaboka ireo fahotantsika amin'Andriamanitra isika. Mibaboka ireo fahotana lehibe vitantsika koa isika amin'ireo mpitondra ny Fiangonana nomen'Andriamanitra fahefana, izay afaka manampy antsika hibebaka. Mangataka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka isika mba hamela antsika. Manao izay rehetra vitantsika isika mba hamahana ireo olana vokatry ny zavatra nataontsika, izany no antsoina hoe fanonerana. Rehefa mibebaka isika dia miova ny fomba fahitantsika antsika sy an'izao tontolo izao. Rehefa miova isika dia mahafantatra fa zanak'Andriamanitra ary tsy tokony hanohy hamerimberina foana ireny hadisoana ireny. Rehefa mibebaka amin-kitsimpo isika dia miala amin'ny fahotana ary tsy manao izany intsony. Mahatohitra ny faniriana te-hanota isika. Mihamatanjaka sy mihalatsa-paka ny faniriantsika hanaraka an'Andriamanitra.

Ny fibebahana amin-kitsimpo dia mitondra vokany maro. Mahatsapa ny famelan'Andriamanitra sy ny fiadanana isika eo amin'ny fiainantsika. Voafafa ireo fahamelohantsika sy ny alahelontsika. Mahatsapa ny fitomboan'ny fitarihan'ny Fanahy bebe kokoa isika. Ary rehefa miala eto amin'ity fiainana ity isika dia ho vonona kokoa hiara-hiaina amin'ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany.

Na dia nanaiky an'i Jesoa Kristy sy nibebaka amin'ny fahotantsika aza isika dia mety ho lavo ary hanota indray. Tokony hiezaka ny hanitsy hatrany ireny fandikan-dalàna ireny isika. Ankoatr'izay dia tokony hivoatra hatrany isika—mampitombo ireo toetra ananan'i Kristy izay ao amintsika, mitombo amin'ny fahalalana ary manompo amin'ny fomba tsaratsara kokoa. Rehefa mahafantatra bebe kokoa momba izay antenain'ny Mpamonjy amintsika isika dia te-hampiseho ny fitiavantsika amin'ny alalan'ny fankatoavana Azy. Noho izany, rehefa mibebaka isan'andro isika dia hahita fa hiova sy hihatsara ny fiainantsika. Ny fontsika sy ny fitondrantenantsika dia ho lasa hitovy kokoa amin'ny an'i Kristy. Hahatsapa fifaliana lehibe isika amin'ny fibebahana isan'andro.

### Fandalinana Soratra masina

**Manota daholo Isika**

Romana 3:23
1 Jaona 1:7–8

**Ny Fibebahana**

Alma 34:8–17
F&F 58:42–43
F&F 61:2
2 Korintiana 7:9–10
Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Mibebaka, Fibebahana"

**Ny Fanavotana sy ny Famelana**

Helamana 5:10–11


**Ny Famindram-po dia mitaky ny olona hivalo**

Alma 12:32–35
Alma 42:13, 21–24
F&F 18:10–13

Fanamarihana

Fanamarihana

## Ny Batisa, Fanekempihavanantsika Voalohany



Ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana dia manomana antsika amin'ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Ny ôrdônansy dia fombafomba na fomba fanao masina izay mampiseho fa nanao fanekempihavanana tamin'Andriamanitra isika.

Nitaky ny zanany hanao fanekempihavanana hatrany Andriamanitra. Ny fanekempihavanana dia fifanekena mamatotra sy manan-danja eo amin'Andriamanitra sy ny olona iray. Mampanantena Andriamanitra fa hitahy antsika ary mampanantena isika fa hankato Azy. Andriamanitra dia mametraka ny fepetran'ireo fanekempihavanan'ny filazantsara, izay na ekentsika, na lavintsika. Ny fitandremana ny fanekempihavanana dia mitondra fitahiana eto amin'izao fiainana izao ary fisandratana amin'ny fiainana ho avy.

Ny fanekempihavanana dia mametraka adidy lehibe eo amintsika amin'ny hanajana ny fanolorantsika tena amin'Andriamanitra. Mba hitandremantsika ny fanekempihavanantsika dia tokony hajanontsika ireo asa fanao na zava-mahaliana izay manakana antsika tsy hanaja ireo fanekempihavanana ireo. Ohatra, hajanontsika ny fiantsenana sy ny fialam-boly rehefa Alahady mba hahafahantsika mitandrina ny andro Sabata ho masina. Tokony haniry ny handray am-pahamendrehana ny fanekempihavanana izay omen'Andriamanitra isika ary avy eo miezaka ny hitandrina izany. Ny fanekempihavanana dia mampahatsiahy antsika hibebaka isan'andro eo amin'ny fiainantsika. Rehefa mitandrina ny didy sy manompo ny hafa isika dia mahazo sy mitazona ny famelana ny fahotantsika.

Mazàna ny fanekempihavanana dia atao amin'ny alalan'ny ôrdônansy masina toy ny batisa. Ireo ôrdônansy ireo dia tanterahana amin'ny fahefan'ny fisoronana. Ohatra, amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny batisa, dia manao fanekena isika fa hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy ary hahatsiaro mandrakariva Azy sy hitandrina ny didiny. Raha mitandrina ny anjarantsika ao amin'ilay fanekempihavanana isika dia mampanantena ny fiarahan'ny Fanahy Masina amintsika lalandava Andriamanitra, sy ny famelana ny fahotantsika ary ny fahaterahana indray.

Amin'ny alalan'ny ôrdônansy masina toy ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana no hahalalantsika sy hiainantsika ny herin'Andriamanitra (jereo F&F 84:20). Nampianatra i Jesoa fa tsy maintsy atao batisa asitrika isika ho famelan-keloka na famelana ny fahotantsika. Ny batisa dia ôrdônansy tena ilaina ho amin'ny famonjena. Tsy misy olona afaka miditra ny fanjakan'Andriamanitra raha tsy vita batisa. Nampiseho ohatra ho antsika i Kristy tamin'ny alalan'ny fanaovana batisa Azy.

Ny batisa asitrika dia tandindon'ny fahafatesana, sy ny fandevenana ary ny fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty. Maneho ny fiafaran'ny fiainantsika taloha nisy fahotana sy ny fanoloran-tena hanomboka fiainana vaovao amin'ny maha-mpianatr'i Kristy antsika koa izany. Nampianatra ny Mpamonjy fa ny batisa dia fahaterahana

indray. Rehefa atao batisa isika dia manomboka ny dingana amin'ny maha-nateraka indray antsika ary lasa zanakalahy sy zanakavavin'i Kristy ara-panahy (jereo Môsià 5:7–8; Romana 8:14–17).

Tsy maintsy atao batisa isika mba hahatonga antsika ho mpikambana ao amin'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny, Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, ary mba hidirana ao amin'ny fanjakan'ny lanitra any aoriana. Io ôrdônansy io dia lalàn'Andriamanitra ary tsy maintsy tanterahina amin'ny alalan'ny fahefany. Ny eveka na ny filohan'ny misiôna no tsy maintsy manome alalana ny mpihazona ny fisoronana iray hanatanteraka ny batisa na ny fandraisana ho mpikambana.

Tsy mila atao batisa ny ankizy madinika ary voavotra amin'ny alalan'ny famindram-pon'i Jesoa Kristy izy ireo (jereo Môrônia 8:4–24). Tsy atao batisa izy ireo raha tsy tonga amin'ny taona maha-tompon'andraikitra azy, izay amin'ny fahavalo taonany (jereo F&F 68:27).

Alohan'ny batisa dia maneho ny fahavononantsika isika hanao fanekempihavanana mba hitandrina ny didin'Andriamanitra rehetra mandritra ny fiainantsika sisa. Aorian'ny batisa dia mampiseho ny finoantsika isika amin'ny fitandremana ny fanekempihavanantsika. Manavao hatrany ny fanekempihavanana izay nataontsika tamin'ny batisa koa isika amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. Didy ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro. Manampy antsika hijanona ho mendrika hanana ny Fanahy Masina hatrany izany. Mpampahatsiahy antsika isan-kerinandro ireo fanekempihavanantsika izany. Nisantatra ity ôrdônansy ity i Jesoa Kristy niaraka tamin'ireo Apôstôliny taloha kelin'ny Sorompanavotany. Naveriny indray izany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Ny Mpamonjy dia nanome didy fa ireo mpihazona ny fisoronana dia tokony manatanteraka ny fanasan'ny Tompo ho fahatsiarovana ny vatany sy ny rany izay nalatsaka ho antsika. Amin'ny alalan'ny fandraisantsika ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana no mampanantena isika fa hahatsiaro mandrakariva ny sorona nataony, ary manavao ireo fanomezan-tokintsika ary mahazo indray ny fampanantenana fa hiaraka amintsika mandrakariva ny Fanahy.

## Alohan'ny Batisa

"Makà antoka tsara fa nampitombo ny finoany an'i Kristy ireo [naman'ny Fiangonana], nibebaka tamin'ny fahotany ary nitondra fiovana azo tsapain-tanana teo amin'ny fiainany mba ho raisina ho mpikambana araka ny voalaza ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37. Ny naman'ny Fiangonana dia tokony hiaina ny fitsipiky ny fahamendrehana ara-pitondrantena, sy ny Tenin'ny Fahendrena, ary hanolo tena ny handoa fahafolonkarena. Raha mahatsapa ny misiônera fa ilaina ny fiomanana fanampiny, dia tokony hanemotra ny batisa izy ireo mandra-pahafenon'ny naman'ny Fiangonana ny fepetra takiana.

"Alohan'ny batisa dia tokony handray ny [leson'ny] misiônera rehetra ny naman'ny Fiangonana, hihaona amin'ny eveka na ny filohan'ny sampana, ary hanatrika im-betsaka ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo" ("Statement on Missionary Work," Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002).

Fanamarihana

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra Masina**

**Ohatr'i Kristy**

2 Nefia 31:4–18 Matio 3:13–17

**Ny Fanekempihavanan'ny Batisa**

Môsià 5:8–10 F&F 20:37
Môsià 18:8–10

**Ireo Fepetra takiana ho an'ny Batisa**

2 Nefia 9:23 Môrônia 6:1–4
Môsià 18:8–10 F&F 20:37
Alma 7:14–15 Asan'ny Apôstôly 2:37–39
3 Nefia 11:23–27

**Nisantatra ny Fanasan'ny Tompo ny Tompo**

3 Nefia 18:1–18 Lioka 22:15–20

**Ny Fahasoavana hampanantenaina amin'ny Batisa**

Môsià 4:11–12, 26 Jaona 3:5
Môrônia 8:25–26 Romana 6:4

**Vavaky ny Fanasan'ny Tompo**

Môrônia 4 sy 5 F&F 20:75–79

**Ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo**

F&F 27:2 1 Korintiana 11:23–29

**Ny Ilàna ny Fahefana**

F&F 22 Hebreo 5:4

## Ny Fanomezana ny Fanahy Masina

Nampianatra i Jesoa fa tokony hatao batisa amin'ny rano sy amin'ny Fanahy isika. Ny batisan'ny rano dia tsy maintsy arahan'ny batisan'ny fanahy raha tsy izany dia tsy feno izany. Rehefa mandray ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina ihany isika vao afaka mahazo ny famelana ny fahotantsika ary tonga nateraka ara-panahy tanteraka indray. Amin'izay dia manomboka fiainana ara-panahy vaovao isika amin'ny mahampanaradia an'i Kristy antsika.

Rehefa vita batisa amin'ny rano ny olona iray dia misy mpihazona ny fisoronana iray na maromaro izay nahazo alalana mametra-tanany eo ambonin'ny lohan'ilay olona ary mandray azy ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro farany. Avy eo izy ireo dia manome ny fanomezana ny Fanahy Masina.

Ireo izay nahazo ny fanomezana ny Fanahy Masina ka mijanona mendrika dia afaka manana Azy ho namana mandritra ny fiainan'izy ireo. Ny Fanahy Masina dia manamasina sy manadio antsika. Ny Fanahy Masina dia mijoro ho vavolombelona an'i Kristy ary manampy antsika hahafantatra ny fahamarinana. Manome antsika hery ara-panahy ary manampy antsika hanao ny marina Izy. Mankahery antsika Izy mandritra ny fotoampitsapana na alahelo. Mampitandrina antsika Izy amin'ny loza ara-panahy na ara-batana. Ny Fanahy Masina dia manome antsika hery enti-mampianatra sy enti-mianatra. Ny fanomezana ny Fanahy Masina dia anisan'ny fanomezana sarobidy indrindra avy amin'ny Raintsika any An-danitra. Afaka mahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fitarihany isika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Io fanomezana io dia santionany kely amin'ny fifaliana mandrakizay sy fampanantenana ny fiainana mandrakizay.

Ny fahefan'ny fisoronana ilaina nanatanterahana an'izany ôrdônansy izany, izay nesorina nandritra ny taonjato maro lasa noho ny apôstazia, dia naverina indray tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Amin'ny alalan'ny fidirana ho mpikambana ao amin'ny Fiangonana ihany no ahafahan'ny olona iray mahazo ny fanomezana ny Fanahy Masina. Io Fahefana io no mampiavaka ny Fiangonana amin'ireo antokom-pinoana hafa rehetra eto amin'izao tontolo izao. Araka ny fanambaran'ny Tompo manokana dia ity no "hany Fiangonana marina sy velona eto ambonin'ny tany manontolo" (jereo F&F 1:30).

Fanamarihana

## Fitarihana avy amin'ny Fanahy masina

Hazavao amin'ireo izay ampianarinao fa manohitra an'Andriamanitra i Satana ary mitarika ny olona hanota. Mba hitazonana ireo fahatsapana tsara nananan'izy ireo nandritra ny firesahany tamin'ny misiônera dia tokony hamaky ny Bokin'i Môrmôna izy ireo, hivavaka, handeha any am-piangonana, ary hitandrina ny didy. Hazavao fa ny fananana tsy tapaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina dia anisan'ny tombontsoa iray avy amin'ny fanaovana batisa sy fandraisana ho mpikambana.

## Fandalinana Soratra masina

**Ny Toetoetran'ny Fanahy Masina**

F&F 130:22–23
Jaona 3:1–8
Galatiana 5:22–23
Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Fanahy masina"

**Fitahiana sy Fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina**

2 Nefia 32:1–5
2 Nefia 33:1–2
Mosesy 6:61
Jaona 14:26
Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Fanahy masina"

**Ny Maha-zava-dehibe ny Fanomezana ny Fanahy Masina**

2 Nefia 31:11–12, 18, 21
3 Nefia 18:36–37
3 Nefia 19:13
3 Nefia 27:19–20
F&F 19:31
F&F 33:15
Asan'ny Apôstôly 19:1–6

## Maharitra Hatramin'ny Farany

Raha vao mihazo ny lalana tery sy ety isika amin'ny alalan'ny finoantsika an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana sy ny ôrdônansin'ny batisa ary ny fandraisana ho mpikambana, dia tokony ataontsika ny ezaka rehetra hijanonana amin'io lalana io. Ny fanaovana izany dia amin'ny alalan'ny fanohizana ny fampiharana ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny fanaovana fanoloran-tena, ary ny fanarahana ny Fanahy Masina.

Raha vao voavela ny helontsika dia tokony hiezaka isan'andro ny tsy hanota isika mba hahafahantsika manana ny Fanahy Masina miaraka amintsika lalandava. Amin'ny fanekena atao amin'ny batisa dia manome toky an'ny Raintsika any An-danitra isika fa hitandrina ny didiny mandritra ny fiainantsika sisa. Raha lavo isika dia tsy maintsy mibebaka mba hitazonana ireo fahasoavan'ny fanekempihavanana. Manome toky isika fa hanao asa tsara, hanompo ny hafa ary hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy. Izany fanoloran-tena mandritra ny fiainana manontolo izany dia matetika antsoina hoe "maharitra hatramin'ny farany" ao amin'ny soratra masina.

Rehefa manaraka ny lalàn'ny filazantsara isika dia miha-manakaiky an'Andriamanitra, mandresy ny fakam-panahy sy ny fahotana ary mankafy bebe kokoa ny fanomezana ny Fanahy Masina. Rehefa manaraka am-paharetana, am-pinoana, ary mandrakariva io lalàna io isika mandritra ny fiainantsika dia ho mendrika ny fiainana mandrakizay.

Ny Finoana an'i Kristy, ny fibebahana, sy ny fanaovana ary ny fanavaozana sy ny fitandremana ireo fanekempihavanana ary ny fanadiovana amin'ny alalan'ny Fanahy dia lasa fomba fiainana. Ireo zavatra ataontsika amin'ny fiainana andavanandro dia atao mifanaraka sy tantanan'ireo fitsipika ireo. Fiadanana sy fifaliana no tonga amin'ny fanarahana io lalana io ary mitombo miandalana ny fananantsika toetra tahaka ny an'i Kristy. Amin'ny farany, raha manaraka io lalana io isika ka "mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy . . .ary maharitra hatramin'ny farany," dia ampanantenaina hoe "hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo" (2 Nefia 31:20).

Fanamarihana

## Fandalinana Soratra Masina

**Maharitra hatramin'ny Farany**

2 Nefia 9:24 | 3 Nefia 27:16–17 | Matio 10:22
2 Nefia 31:14–20

**Ny Fitahiana ho an'ireo izay Maharitra**

1 Nefia 13:37 | 3 Nefia 15:9 | F&F 14:7

## Fanasana Hatao Batisa

Ny fanasana hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia tokony ho mazava sy mivantana: "Vonona ve ianao hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovan'ny olona iray mihazona ny fahefan'ny fisoronan'Andriamanitra batisa anao? Hisy fotoam-batisa amin'ny [daty]. Hiomana ve ianao hatao batisa amin'io daty io?"

# Hevitra ho an'ny Fampianarana

Ity fizarana ity dia misy hevitra ho anao mba hampiasainao rehefa manomana na mampianatra ity lesona ity. Manaraha amim-bavaka ny Fanahy rehefa manapa-kevitra ny fomba hampiasaina ireto hevitra ireto ianao. Ampidiro ao anatin'ny drafitrin'ny lesonao ireo hevitra nofidinao. Ataovy ao an-tsaina fa ireo hevitra ireo dia soso-kevitra—fa tsy zavatra takiana— hanampiana anao hanome fahafahampo an'ireo zavatra ilain'ny olona ampianarinao.

## Drafi-pampianarana Fohy (3–5 minitra)

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no hany lalana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Ny fitsipika sy ôrdônansy voalohan'ny filazantsara dia ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana, ary ny fanomezana ny Fanahy Masina. Noho izany dia tsy maintsy maharitra hatramin'ny farany isika. Rehefa mampihatra ireo fitsipika ireo isika mandritra ny fiainantsika dia manaraka ny ohatry ny Mpamonjy, ary mianatra miaina ny didiny ary mampivoatra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy. Afaka ho voavela amin'ny fahotantsika isika ary afaka hiverina hiara-hiaina eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra.

- Afaka ho voadio amin'ny fahotana isika amin'ny alalan'i Kristy
- Ny Finoana an'i Jesoa Kristy
- Ny Fibebahana
- Batisa, Fanekempihavanantsika Voalohany
- Fanomezana ny Fanahy Masina
- Maharitra hatramin'ny Farany

### Fanoloran-tena

- Hanohy hampitombo ny finoana an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fianarana ny filazantsarany ve ianao?
- Hibebaka sy hivavaka ho an'ny famelana ny fahotana ve ianao?
- Vonona ve ianao ny hatao batisa ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny (daty)? Vonona ve ianao ny ho raisina ho mpikambana ary handray ny fanomezana ny Fanahy Masina?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Drafi-pampianarana Antonontonony (10–15 minitra)

Ny hafatray dia hafatry ny finoana sy ny fanantenana. Tia sy midera an'i Jesoa Kristy izahay. Izy no ivon'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fahasambarantsika. Ny Sorompanavotan'i Kristy dia ahafahantsika mahazo ny fiainana mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra. Rehefa miaina ny filazantsarany isika dia havelany am-pamindram-po ny fahotantsika. Hanasitrana antsika Izy ary hanolo ny fahamelohana sy ny fahamenarana amin'ny fiadanana sy fifaliana eto an-tany.

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia tsotra. Manomboka amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy izany. Mino sy mahatoky ary miantehitra Aminy isika.

Fanamarihana

Lesona 3:
Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy

Fanamarihana

Ny finoana toy izany dia mitondra antsika any amin'ny fibebahana—mijanona tsy manao ny ratsy ary manohy manao ny tsara. Ny finoantsika Azy koa dia mamporisika antsika haneho ny fitiavantsika amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny, ao anatin'izany ny batisa. Aorian'ny batisa, dia nampanantena Izy ny hanome antsika ny fanomezana ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina dia hitarika antsika, hankahery antsika, ary hanampy antsika hahalala ny fahamarinana. Afaka fantatsika ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika raha miaraka amintsika ny Fanahy Masina. Hahatsapa fiadanana, fitiavana sy fifaliana isika. Te-hanompo ny hafa isika. Hiezaka isika mandritra ny fiainantsika hanao izay hahafaly ny Tompo.

Naverin'i Jesoa Kristy tamin'ny laoniny indray ny filazantsarany tamin'ny alalan'ny mpaminanin'ny andro farany iray. Mianatra momba ny filazantsara isika ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna izay afaka vakianao, sy saintsaininao, ary ivavahanao ny momba izany. Andriamanitra dia hanambara aminao ny fahamarinan'izany avy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Rehefa fantatrao fa marina izany dia te-hibebaka sy hatao batisa ianao mba hahazoanao ny famelana ny fahotana sy ny fanomezana ny Fanahy Masina.

### Fanoloran-tena

- Hanohy hampivoatra ny finoanao an'i Jesoa Kristy ve ianao amin'ny alalan'ny fianarana ny filazantsarany?
- Hibebaka sy hivavaka ho amin'ny famelana ny fahotanao ve ianao?
- Vonona ve ianao hatao batisa ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny (daty)? Vonona ve ianao ho raisina ho mpikambana ary handray ny fanomezana ny Fanahy Masina?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy hafa avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Drafi-pampianarana Feno (30–45 minitra)

- Afaka voadio amin'ny fahotana isika amin'ny alalan'i Jesoa Kristy
  - Nandefa ny Zanany malalany, Jesoa Kristy, teto an-tany Andriamanitra (jereo Jaona 3:16–17).
  - Avy amin'ny alalan'ny fahasoavana sy ny famindram-pon'i Kristy ihany no hahafahantsika ho voadio amin'ny fahotana (jereo 2 Nefia 2:6–8).
  - Isika dia manana andraikitra ny hanaiky an'i Kristy, hibebaka sy hankato.
- Ny Finoana an'i Jesoa Kristy
  - Tokony hino an'i Kristy amin'ny maha-Mpamonjy an'izao tontolo izao Azy isika.

Fanamarihana

  - Tiany ny mba hanekentsika sy ny hanarahantsika ny fampianarany.
  - Mahazo fahasoavana isika rehefa mankato (jereo F&F 130:20–21).

- Fibebahana
  - Ny finoana an'i Kristy dia mitondra any amin'ny fibebahana (jereo Alma 34).
  - Mahatsapa alahelo araka an'Andriamanitra isika (jereo 2 Korintiana 7:9–10).
  - Mijanona tsy manao ny ratsy isika ary manohy manao ny tsara.
  - Mibaboka ireo fahotantsika isika, ary mibaboka ireo fahotana lehibe amin'ireo mpitondra Fiangonana, izay afaka manampy antsika hibebaka (jereo F&F 58:43).
  - Mahazo famelan-keloka isika, ny fahamelohana sy alahelo dia soloana fiadanana (jereo Alma 36:17–21).

- Batisa, Fanekempihavantsika Voalohany
  - Ny atao hoe ôrdônansy dia fomba fanao masina izay hanaovantsika fanekempihavanana amin'Andriamanitra.
  - Ny atao hoe fanekempihavanana dia fifanekena lehibe eo amin'Andriamanitra sy ny zanany.
  - Ny fanekempihavanana dia mitondra fitahiana.
  - Isika dia atao batisa asitrika ho famelana ny fahotantsika (jereo ny Fanekem-pinoana 1:4).
  - Rehefa vita batisa isika dia manomboka fiainam-baovao amin'ny alalan'ny fanoloran-tena ho an'i Kristy (jereo Romana 6:3–8).
  - Ny batisa dia tokony tanterahin'ny olona iray mihazona ny fahefan'ny fisoronana.
  - Manavao ny fanekempihavanantsika isika amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro (F&F 20:77, 79).

- Ny Fanomezana ny Fanahy Masina
  - Ny batisa asitrika dia arahan'ny batisan'ny Fanahy; tsy afaka misaraka izy roa ireo.
  - Ny mpihazona ny fisoronana dia manome ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fametrahan-tanana.
  - Ny Fanahy Masina dia mampianatra antsika, manasa antsika, sy mankahery antsika ary mijoro ho vavolombelona ny fahamarinana, sy mampitandrina antsika ary mitantana antsika (jereo 2 Nefia 32:1–5; Môsià 5:1–6; Môrônia 10:5; F&F 36:2).

- Maharitra hatramin'ny Farany
  - Tsy maintsy manohy ny lalana isika raha vao vita batisa sy noraisina ho mpikambana.
  - Manao izay vitantsika isika mba tsy hanotàna ary mba hahafahantsika manana ny fanomezana ny Fanahy masina.

Fanamarihana

- Rehefa manaraka ny lalam-pilazantsaran'ny finoana, ny fibebahana, ny fanaovana sy ny fitandremana ny fanekempihavanana ary ny fandraisana ny Fanahy Masina isika, dia afaka mahazo ny fiainana mandrakizay (jereo 2 Nefia 31:14–20).
- Tsy maintsy mibebaka hatrany isika mandritra ny fiainantsika (jereo F&F 19:15–20).

Fanoloran-tena

- Hanohy hampivoatra ny finoanao an'i Jesoa Kristy ve ianao amin'ny alalan'ny fianarana ny filazantsarany?
- Hibebaka sy hivavaka ho amin'ny famelana ny fahotanao ve ianao?
- Vonona ve ianao ny hatao batisa mba ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny (daty)? Vonona ve ianao ny ho raisina ho mpikambana ary handray ny fanomezana ny Fanahy Masina?
- Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao?
- Afaka manao fotoana hamangianay anareo amin'ny manaraka ve izahay?
- Didy hafa avy ao amin'ny lesona faha-4 izay nofidinao ampidirina ato.

## Fanontaniana Apetraka aorian'ny Fampianarana

- Misy fanontaniana ve momba ny zavatra nampianarinay?
- Inona no dikan'ny hoe mibebaka?
- Nahoana ny fanomezana ny Fanahy Masina no ampahany manan-danja ao amin'ny filazantsara?
- Nahoana no zava-dehibe ho anao ny hatao batisa sy handraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina?
- Nisy zavatra izay tsy azonao ve nandritra ny fivoriam-piangonanay?
- Inona no zavatra nahafinaritra anao tamin'ny fivoriam-piangonanay?

## Famaritana ireo Teny manan-danja

- **Fahasoavana:** Ilay herim-pahafahana avy amin'i Jesoa Kristy izay mamela antsika hahazo fitahiana eto amin'ity fiainana ity ary hahazo ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana aorian'ny fampiharantsika ny finoana, ny fibebahana, ary ny fanaovantsika izay vitantsika hitandremana ny didy. Izany fanampiana na hery avy amin'Andriamanitra izany dia nomena avy amin'ny famindram-po sy ny fitiavan'i Jesoa Kristy. Mila ny fahasoavan'Andriamanitra isika noho ny fahalavoan'i Adama ary koa noho ny fahalementsika.

- **Famindram-po:** Ny fanahin'ny fangorahana, sy ny fahalemem-panahy ary ny famelana. Ny famindram-po dia toetra iray ananan'Andriamanitra. I Jesoa Kristy dia nanolotra ny famindram-po ho antsika tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany izay tsy maintsy miankina amin'ny fibebahana

- **Fampodiana:** Ny fiverenan'ny zavatra iray izay nesorina na very. Ohatra, ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara dia antsoina hoe fampodiana (jereo Asan'ny Apôstôly 3:19–21). Ny teny hoe famerenana dia misy hifandraisany koa amin'ny fitsanganan'ny vatana amin'ny maty (jereo Alma 41:10–15).

Fanamarihana

- **Fandraisana ho mpikambana:** Fametrahan-tanana ataon'ireo mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka mba hahatongavana ho mpikamban'ny Fiangonana ary hanomezana ny fanomezana ny Fanahy Masina.

- **Fanekempihavanana:** Fifanekena eo amin'Andriamanitra sy ny zanany. Tsy mitovy ny andraikiny sy ny antsika ao anatin'ny fifanekena. Manome ny fepetra arahina amin'ny fanekempihavanana Andriamanitra ary isika dia manaiky izay angatahiny ataontsika. Noho izany dia mampanantena fahasoavana antsika noho ny fankatoavantsika Andriamanitra. Mandray ny ôrdônansy isika avy amin'ny alalan'ny fanekempihavanana. Rehefa manao izany fanekempihavanana izany isika dia manome toky fa hanaja izany. Ny mpikamban'ny Fiangonana ohatra dia manao fanekempihavanana amin'ny Tompo amin'ny alalan'ny batisa ary manavao ireo fanekempihavanana ireo amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. Manao fanekempihavanana misimisy isika any amin'ny tempoly. Ny vahoakan'ny Tompo dia vahoakan'ny fanekempihavanana. Tena mahazo fitahiana betsaka tokoa isika rehefa mitandrina ireo fanekempihavanantsika tamin'ny Tompo.

- **Fiainana Mandrakizay:** Miaina mandrakizay amin'ny maha fianakaviana miaraka amin'Andriamanitra (jereo F&F 132:19–20). Ny fiainana mandrakizay no fanomezan'Andriamanitra lehibe indrindra ho an'ny olona.

- **Filazantsara:** Drafitry ny famonjena, tanteraka tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny filazantsara dia ahitana ny fahamarinana na lalàna mandrakizay, sy ny fanekempihavanana, ary ny ôrdônansy ilaina ho an'ny olombelona mba hiverenany any amin'Andriamanitra.

- **Maharitra hatramin'ny Farany:** Mijanona ho mahatoky amin'ny didin'Andriamanitra na dia eo aza ny fakam-panahy, ny fifanoherana ary ny fahoriana eo amin'ny fiainana.

### Teny Hafa Izay Mety Ilàna Fanazavana Fanampiny Ho an'ireo Izay Ampianarinao

- Fakam-panahy
- Famelana
- Fanasan'ny Tompo
- Fibabohana
- Lalana ety sy tery
- Madio amin'ny fahotana
- Vavaka

Fanamarihana

# Ny Didy

*Fiomanana amin'ny Batisa sy ny Fandraisana ho mpikambana*



**Ny Fampianarana Ity Lesona Ity**

Misy fomba maro azo ampianarana ireo didy ato amin'ity lesona ity. Ohatra, mety mampianatra ny sasany amin'ireo didy ireo ianao ao anatin'ny lesona telo voalohany, na mety mampianatra didy maromaro ianao hatao ho lesona iray. Izay zavatra ataonao dia tokony miankina amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonana sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy.

## Miomana ny Hampianatra

Ny tanjonao amin'ny fampianarana ny didy dia ny hanampy ny olona hiaina ny filazantsara amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ary rehefa miomana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana izy ireo. Rehefa mankato ny didy ny olona dia mitombo ny fijoroany ho vavolombelona momba ny filazantsara, ary mampiseho izy ireo fa manana "fo torotoro sy fanahy manenina," sy manomboka mibebaka amin'ny fahotany rehetra (jereo Môrônia 6:1–4; F&F 20:37).

Ity lesona ity dia tsy mitovy amin'ny firafitry ny lesona telo voalohany. Ny lesona telo voalohany dia manazava ny fotopampianarana niorenan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ity lesona ity dia manazava ireo didy manokana izay nomen'Andriamanitra hanampiana antsika hampihatra ny fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika.

Misy fomba maro azo ampianarana ity lesona ity. Ny fomba fampianaranao dia tokony hiankina amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonana sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy. Mieritrereta sy mivavaha lalandava ny amin'ny fomba hanampianao ny naman'ny Fiangonana hiaina ny filazantsara. Ireto avy ny hevitra:

- Mampianatra didy iray na maromaro ao anatin'ny lesona telo voalohany. Rehefa manao izany dia raiso ilay fitsipika ao amin'i Alma 12:32: "Nomen'Andriamanitra ho azy ny didy, *rehefa* nampahafantariny azy ny drafitry ny fanavotana" (nampiana soramandry). Ny didy sasantsasany toy ny vavaka sy ny fandalinana soratra masina dia mety ampianarina tsara ao anatin'ny lesona telo voalohany. Ny didy hafa dia mety tsara raha ampianarina aorian'ny fametrahanao ny fototra iorenan'ny fotopampianaran'ny filazantsara hita ao amin'ny lesona telo voalohany.

Fanamarihana

- Mampianatra didy roa na telo hatao lesona iray.
- Mampianatra didy iray hatao lesona iray.
- Mampianatra ireo didy araka ny heviny hita ao amin'ny filazantsara. Manaova famerenana fohifohy momba ny lesona miompana amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy alohan'ny ampianarana didy iray na maromaro. Rehefa manao izany ianao dia afaka manampy ny naman'ny Fiangonana hahita izay itoeran'ireo didy ao amin'ny endrika mivelatrin'ny fampiharana ny finoana ao amin'ny Mpamonjy ary ny fibebahana ho fiomanana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Ho voatahy ny fiainan'izy ireo rehefa mahita ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho toy ny fomba fiainana izy ireo.

Mety afaka mampianatra naman'ny Fiangonana sasantsasany ao anatin'ny famangiana vitsivitsy ianao, fa ny sasany dia mety mila famangiana misimisy. Afaka manovaova ny fampianarana ny lesona ianao amin'izay fomba tena tsara hanampiana ny olona hiomana amin'ny batisan'izy ireo sy ny fandraisana ho mpikambana azy. Ny tanjonao dia tsy ny hahavita ny ao anaty boky ihany fa hanampy ny hafa koa hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana, sy ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany.

Mahalana ihany vao tokony hihoatra ny 45 minitra ny lesona iray. Mety hahita ianareo fa fampianarana fohy ihany no vita amin'ilay famangiana hampianarana. Raha izany dia mety mila manao famangiana fohy hampianarana matetitetika ianao mba hampianarana ampahany tsikelikely ao anatin'ny boky.

Maro ireo fomba azonao ampianarana ity lesona ity. Ny didy ampianarinao, sy ny fotoana ampianaranao azy, ary ny halavan'ny fotoana hanaovanao azy dia miankina tanteraka amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonana sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy.

## Mianara momba ny Didy sy ny Fanoloran-tena

Rehefa mandalina ity lesona ity ianao, dia araho ireto dingana eto ambany ireto:

- Halalino ny fizarana izay mamaritra ilay didy dia manorata drafi-pampianarana tsotra izay ahitana hevi-dehibe telo ka hatramin'ny dimy.
- Mampianara drafi-pampianarana mandritra ny roa na telo minitra amin'ny mpiaramitory aminao. Mifanazara amin'ny fomba fanasana amin'ny fanoloran-tena tsirairay sy amin'ny fomba famahana olana.
- Miresaha momba ny fomba hanaraha-maso ny fanoloran-tena tsirairay izay neken'ny naman'ny Fiangonana.

## Ny Fankatoavana

Andriamanitra dia nanome didy antsika ho an'ny tombontsoantsika. Izy ireo dia torolalana avy amin'ny Raintsika any an-danitra izay hanampy antsika hanana fianana misy fifaliana. Nomeny fahafahana misafidy koa isika, na ny fahafahana sy ny fahazoana mifidy ny tsara sy ny ratsy. Rehefa mankato an'Andriamanitra isika, dia manaraka ny fitarihan'ny Fanahy ary mifidy ny hanao ny sitrapony. Ny fankatoavana ny didy dia mitondra fiadanana ho antsika eto amin'ity fiainana ity ary fiainana mandrakizay amin'ny fiainan-ko avy. Ny fankatoavana dia mampiseho ny fitiavantsika an'Andriamanitra. Ny tsy fankatoavana dia mitondra alahelo ho antsika.

Fanamarihana

Fantatry ny Raintsika any an-danitra ny fahalementsika ary manana faharetana amintsika Izy. Mitahy antsika Izy rehefa miezaka mitandrina ny didiny isika. Manantena antsika ny hankato Azy Izy mba hahafahany mitahy antsika.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Fahafahana misafidy**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 2:26–29 | F&F 58:26–29 | Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Safidy" |
| Alma 12:31 | F&F 82:8–10 | |

**Fankatoavana**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 130:20–21 | Jaona 14:15, 21 | Mpitoriteny 12:13 |

**Fanoloran-tena**

- Hankato ireo lalàn'Andriamanitra ve ianao?

## Mivavaha Matetika

Andriamanitra dia nandidy antsika hivavaka Aminy. Afaka mivavaka ianao na rahoviana na rahoviana ary na aiza na aiza. Ny Tompo dia nampianatra antsika handohalika sy hivavaka manokana na miaraka amin'ny fianakaviana maraina sy hariva. Ny Raintsika any an-danitra dia mihaino sy mamaly ny vavaka ataontsika. Mahazo fitarihana sy fitahiana avy amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika isan'andro. Tokony hivavaka amin-kitsimpo foana isika. Tokony hivavaka "am-piniavana" foana koa isika, izay midika hoe manolo-tena ny hanao arak'izay valiny azontsika isika.

Mivavaka am-pinoana amin'ny Raintsika any an-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy isika (jereo Mosesy 5:8). Satria Raintsika Izy ary zanany isika dia hamaly ny vavaka ataontsika Izy. Manomboka ny vavaka ataontsika amin'ny alalan'ny fiantsoana ny anaran'Andriamanitra isika. Faranantsika amin'ny fitenenana hoe, "Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena" izany.

Rehefa mivavaka isika dia miresaka am-pahalalahana sy amin'ny fo madio amin'ny Raintsika be fitiavana any an-danitra. Maneho fankasitrahana sy fisaorana isika noho ireo fahasoavantsika. Mety mampahafantatra ny fitiavantsika Azy isika. Mangataka fanampiana, sy fiarovana ary fitarihana koa isika izay miankina amin'ny zavatra ilaintsika.

Rehefa mivavaka am-pinoana sy amin-kitsimpo ary omban'ny tena finiavana isika dia hahita ny fitarihan'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika. Hitantana antsika izy eo amin'ny fiainantsika andavanandro ary hanampy antsika haka fanapahan-kevitra tsara. Hitahy antsika amin'ny fahatsapana mitondra fankaherezana sy fiadanana Izy. Hampitandrina amin'ny loza Izy ary hanome hery antsika hahatohitra ny fakam-panahy. Hamela ny fahotantsika Izy. Hanakaiky kokoa Azy isika. Tsy maintsy mianatra mahafantatra ny fitarihany eo amin'ny fiainantsika isika. Tsy maintsy mianatra mihaino ny feo malefaka sy tonin'ny Fanahy isika.

Afaka mahafantatra isika rehefa mampianatra antsika ny fahamarinana ny Fanahy Masina. Ny saintsika dia ho feno eritreritra manainga fanahy sy manandratra. Hahazo fahazavana isika na homena fahalalana vaovao. Ny fontsika dia hahazo fahatsapana mitondra fiadanana, sy fifaliana ary fitiavana. Te-hanao ny tsara sy te-hanampy ny hafa isika. Sarotra ny manazava ireo fahatsapana ireo fa afaka mahafantatra azy ireo isika rehefa miaina izany.

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra masina**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 32:8–9 | F&F 6:22–23 | F&F 19:28 |
| Enôsa 1:1–12 | F&F 8:2–3 | 1 Mpanjaka 19:11–12 |
| Alma 34:17–28 | F&F 9:7–9 | Torolalana ho an'ny Soratra, "Vavaka" |
| Môrônia 10:3–5 | | |

**Fanoloran-tena**

- Handohalika sy hivavaka manokana na miaraka amin'ny fianakaviana ve ianao isan'andro?

## Mianara ny Soratra Masina

Ny Soratra masina dia rakitsoratra nosoratana momba ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ireo zanany arak'izay voarakitry ny mpaminany tamin'ny alalan'ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Mampiseho ny finoantsika isika amin'ny alalan'ny fianarana, sy finoana ary fankatoavana ny teny nambaran'Andriamanitra. Mandalina am-pahazotoana ny soratra masina isika mba hahazoana ny fahamarinana. Mivoky amin'izy ireny isika satria manokatra ny varavaran'ny fanambarana ho antsika ary mampiseho antsika ny tokony hataontsika sy izay tokony hahatongavantsika izany. Mianatra ny soratra masina isika mba hahalalantsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Ny finoana an'i Jesoa Kristy dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ary izany dia tonga avy amin'ny fianarana sy fiainana ny teniny sy ny filazantsarany. Ireo soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana, izay antsoina koa hoe boky ampiasain'ny Fiangonana, dia ny Baiboly Masina, ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy lafo vidy. Tokony hianatra ireo boky masina ireo isika isan'andro.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 19:22–23 | 2 Nefia 31:19–20 | Jaona 20:31 |
| 2 Nefia 9:50–51 | 2 Nefia 32:3–5 | 2 Timoty 3:14–17 |
| 2 Nefia 5:26 | Alma 32:28–30 | 2 Petera 1:20–21 |
| 2 Nefia 29:1–13 | Jaona 5:39 | |

**Fanoloran-tena**

- Hamaky ny soratra masina manokana na miaraka amin'ny fianakaviana ve ianao isan'andro?

## Hajao ny Andro Sabata Ho Masina

Ny fitondrantenantsika amin'ny Andro Sabata dia mitaratra ny fanoloran-tenantsika hanaja sy hidera an'Andriamanitra. Rehefa manaja ny andro Sabata ho masina isika, dia mampiseho ny fahavononantsika hitandrina ny fanekempihavanantsika. Isaky ny andro Sabata dia mankany amin'ny Tranon'ny Tompo isika mba hitsaoka Azy. Rehefa any dia mandray ny fanasan'ny Tompo isika ho fahatsiarovana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany. Manavao ny fanekempihavanantsika isika ary mampiseho fa vonona ny hibebaka amin'ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika.

Fanamarihana

Amin'io andro io dia miala sasatra amin'ireo asantsika isika. Rehefa manatrika ny fivoriam-piangonana isika ary miara-mivavaka, dia mifankahery. Lasa olom-baovao isika amin'ny alalan'ny fiarahantsika amin'ny namana sy ny fianakaviana. Lasa matanjaka ny finoantsika rehefa mianatra ny soratra masina isika ary mianatra bebe kokoa ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

Rehefa tsy miraharaha ireo zavatra fanao amin'ny andro Sabata ny fiaraha-monina na ny firenena iray, dia miha-miova ny fiainam-pinoany ary misy fiantraikany ratsy eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainana izany. Ny fitahiana azo avy amin'ny fanajana ny andro Sabata ho masina dia very. Tokony hanajanona ny fiantsenana amin'ny andro Sabata, sy ny fanaovana varotra ary ny fanaovana fanatanjahan-tena isika, izay matetika manazimbazimba ny Sabata amin'izao fotoana izao.

Ny Olomasin'ny Andro Farany dia tokony hanokana io andro masina io, tsy hanaovana asa aman-danonan'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fananana fanahy te-hidera, sy feno fankasitrahana, sy fanompoana ary amin'ny alalan'ny fanaovana fiaraha-mientan'ny fianakaviana izay mety atao amin'ny Sabata. Rehefa miezaka mampifanaraka ny zavatra atao amin'ny andro Sabata amin'izay tadiavin'ny Tompo sy ny Fanahiny ny mpikamban'ny Fiangonana dia ho feno fifaliana sy fiadanana ny fiainan'izy ireo.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| 3 Nefia 18:1–25 | Eksôdôsy 20:8–11 | Isaia 58:13–14 |
| F&F 59:9–15 | Eksôdôsy 31:12–17 | |

**Miaraha mipetraka amin'ny Naman'ny Fiangonana na ny Mpikambana any am-piangonana**

Rehefa manatrika fivoriana fanasan'ny Tompo na fihaonam-ben'ny tsatòka, dia tokony miara-mipetraka amin'ny naman'ny Fiangonana, na olona vao niova fo na mpikambana, ny misiônera mpiara-mitory. Tsy tokony hiara-hipetraka amin'ny misiônera hafa izy ireo.

**Fanoloran-tena**

- Hanaja ny andro Sabata ho masina ve ianao?
- Hiomana handray ny fanasan'ny Tompo am-pahamendrehana ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidiniky ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Inona no fahazoanao ny andro Sabata, ao anatin'izany ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro sy ny fanompoana ny hafa? Vonona ve ianao ny hanaja io lalàna io [alohan'ny batisanao]?

## Ny Batisa sy ny Fandraisana ho mpikambana

Ny fomba hanehoantsika ny faniriantsika hanaraka ny lalan'Andriamanitra dia amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Rehefa atao batisa sy raisina ho mpikambana isika dia manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra fa hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy ary hahatsiaro mandrakariva Azy ary hitandrina ny didiny. Manome toky koa isika fa hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra ary hanampy ireo izay mila fanampiana (jereo Môsià 18:8–9). Ho setrin'izany dia mampanantena ny fiarahan'ny Fanahy Masina tsy tapaka amintsika, sy ny famelana ny fahotana, ary ny fahaterahana indray Andriamanitra.

Fanamarihana

**Fanoloran-tena**

- Vonona ve ianao hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana?
- Hanasa naman'ny Fiangonana hanatrika fotoam-batisa ve ianao?
- Raha mety dia manasà naman'ny Fiangonana hanatrika fanasan'ny Tompo izay handraisana ho mpikambana olona iray.

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Fanontaniana rehetra amin'ny dinidinika amin'ny batisa.

**Fanasana hatao batisa**

Ny fanasana hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana dia tokony ho mazava sy mivantana: "Vonona ve ianao hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fanaovan'ny olona iray mihazona ny fahefan'ny fisoronan'Andriamanitra batisa anao? Hisy fotoam-batisa amin'ny [daty]. Hiomana ve ianao hatao batisa amin'io daty io?"

## Manaraha ny Mpaminany

Ny fahamarinana dia ny fahalalana ny zavatra amin'ny maha-izy azy, sy araka ny naha-izy azy ary araka ny haha-izy. Tsy miova miaraka amin'ny toe-javatra misy na ny fotoana izany. Ny fahamarinana dia tsy miova amin'ny fotoana rehetra sy ho an'ny kolotsaina rehetra. Andriamanitra no loharanon'ny fahamarinana rehetra. Afaka manam-pinoana Aminy isika satria fantatsika fa ny marina ihany no hampianariny antsika. Andriamanitra dia maniry ny hahafantaran'ny zanany ny fahamarinana. Noho izany dia manambara ny fahamarinana ilaina amin'ny famonjena amin'ny alalan'ny mpaminany sy ny apôstôly Izy. Manambara ny fahamarinana amintsika Izy amin'ny alalan'ny soratra masina sy ny fanambarana ho an'ny tena manokana.

Ny mpaminany dia nantsoina sy nofidin'Andriamanitra ary olo-marina sy manam-pinoana lehibe izy. Ny Tompo dia manambara aminy ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Manome didy ny mpaminaniny Izy hampianatra ny fahamarinana amin'ny olona rehetra. Ireo izay mino ny tenin'Andriamanitra izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany dia ho voatahy.

Ny Fiangonan'i Kristy dia natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany izay mitondra ny Fiangonana amin'ny alalan'ny fanambarana. Niantso an'i Joseph Smith ny Tompo ho mpaminany voalohany sy lohan'ity fotoampitantanana farany ity. Ireo mpandimby azy izay mitondra ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'izao fotoana izao dia mpaminany sy apôstôly koa. Ny Filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao dia mpaminany velona. Tokony hanana finoana an'ny mpaminany nofidin'Andriamanitra isika, sy resy lahatra amin'ny antso masiny ary manaraka ny fampianarany.

Manana fahafahana matetika haneho ampahibemaso ny fanohanantsika ny mpitondra ny Fiangonana isika. Ny atao hoe *manohana* dia manampy. Mila miomana isika, amin'izay, rehefa miresaka ny mpaminany sy ny apôstôly, dia manamafy ny fahamarinana ampianarin'izy ireo ny Fanahy Masina ary afaka manapa-kevitra ny hanaraka ny torohevitra izay omen'izy ireo isika.

Ireo izay mihaino sy manaraka ny torohevitry ny mpaminany velona sy ny apôstôly dia tsy hivily lalana. Ny fampianaran'ireo mpaminany velona dia manome fahamarinana

Fanamarihana

mandrakizay tsy miova eto amin'ity izao tontolo izao izay miovaova hasina ity ary manampy antsika hisoroka ny fahoriana sy ny alahelo izany fampianarana izany. Ny fisavorovoroana sy ny adiadin'izao tontolo izao dia tsy handrendrika antsika ary afaka manana fahatokiana isika fa mifanaraka tsara amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny ataontsika.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 15:11–12 | F&F 21:1–7 | Efesiana 2:19–20 |
| Alma 13:1–16 | F&F 136:37–38 | Efesiana 4:11–14 |
| 3 Nefia 12:1–2 | Jaona 15:16 | Hebreo 5:4 |
| F&F 1:37–38 | Asan'ny Apôstôly 10:34–44 | Amôsa 3:7 |

**Fanoloran-tena**

- Vonona ve ianao ny hihaona amin'ny eveka?
- Hanohana sy hanaraka ny torohevitrin'ny mpitondra ny Fiangonana ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Mino ve ianao fa ny [Filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao] dia mpaminanin'Andriamanitra? Midika inona izany aminao?

## Mitandrema ny Didy Folo

Ny Ray any an-danitra dia manome antsika didy mba hahafahantsika mahalala izay tokony hatao sy tokony hosorohintsika mba hahazoana ireo fitahiana tiany homena antsika (fifaliana, fiadanan-tsaina, fahasambarana maharitra). Nambaran'Andriamanitra tamin'i Mosesy ny Didy Folo mba hitarihana ny olony:

- "Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany" (Eksodosy 20:3). "Andriamani-kafa" dia mety ho ny fananana harena, na fahefana na voninahitra.
- "Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao" (Eksodosy 20:4).
- "Aza manonona foana ny anaran'ny Tompo Andriamanitrao" (Eksodosy 20:7).
- "Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasinana azy" (Eksodosy 20:8).
- "Manajà ny rainao sy ny reninao" (Eksodosy 20:12).
- "Aza mamono olona" (Eksodosy 20:13).
- "Aza mijangajanga" (Eksodosy 20:14).
- "Aza mangalatra" (Eksodosy 20:15).
- "Aza mety ho vavolombelona mandainga hanameloka ny namanao" (Eksodosy 20:16).
- "Aza mitsiriritra" (Eksodosy 20:17).

Mbola manan-kery ny Didy Folo amin'izao fotoana izao. Mampianatra antsika hidera sy haneho fanajana an'Andriamanitra izany. Mampianatra ny fomba hifampitondrantsika koa izy ireo.

Fanamarihana

## Tsy misy Andriamani-kafa

Ireo olona avy amin'ny kolotsaina maro dia manana na maneho fanajana an'ireo zavatra izay mampahatsiahy azy ireo an'Andriamanitra na ireo razambeny. Matetika ireo zavatra ireo dia sary vongana, sary fanevan'ny finoana, vatakely misy ny sisan-taolambalon'ny olomasina, izay mety ifantohan'ny fivavahan'izy ireo. Ampio izy ireo hahazo fa ny Tompo dia nandidy antsika tsy hivavaka amin'ny sampy. Amporisiho izy ireo mba hanala ao amin'ny tranony ireo zavatra izay tompoany na ivavahany. Ampio izy ireo hampifantoka ny finoany sy ny fivavahan'izy ireo amin'ny Ray any an-danitra sy amin'i Jesoa Kristy. Ampianaro izy ireo fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny dia mifantoka amin'ilay Kristy velona.

Ao amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny dia nampianatra antsika ny fomba hahatsiarovana Azy ny Tompo. Mahatsiaro Azy isika amin'ny alalan'ny vavaka, sy ny fanasan'ny Tompo, ary ny fivavahana any amin'ny tempoly. Homen'ny filohan'ny misiôna torolalana ianao amin'ny toe-java-mitranga manokana.

## Fandalinana Soratra Masina

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 13 | Matio 22:36–40 | Deotoronomia 5:6–21 |
| F&F 59:5–6 | Eksôdôsy 20:1–17 | |

## Fanoloran-tena

- Hitandrina ny Didy Folo ve ianao?

## Hajao ny Lalàn'ny Fahadiovam-pitondrantena

Andriamanitra dia mifaly amin'ny fahadiovam-pitondrantena ary mankahala ny fahotana avy amin'ny fanaranana ny filan'ny nofo. Ny Fahadiovam-pitondrantena dia ny tsy fanaovana tanteraka firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana ary ny fahatokiana sy fanajana tanteraka ny vady aorian'ny fanambadiana. Ireo izay miaina ny fahadiovam-pitondrantena dia mahazo hery avy amin'ny fifehezan-tena. Mahatsapa fifampitokiana izy ireo eo amin'ny fifandraisan'ny fianakavian'izy ireo. Afaka mahazo bebe kokoa ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainany izy ireo. Ireo izay tsy manaja io lalàna io dia hizaka ny fahamenarana sy fahamelohana izay hanavesatra ny fiainan'izy ireo.

Ny fahadiovam-pitondrantena dia mitaky fahadiovana eo amin'ny eritreritra sy eo amin'ny asa. Tokony hitazona ny fisainantsika ho madio isika ary tokony ho maotina amin'ny fitafy, sy ny fomba fiteny ary ny zavatra ataontsika. Isika dia tokony hanalavitra ny sary sy soratra vetaveta amin'ny endriny rehetra. Isika dia tokony hanaja ny herin'ny fananahana izay nomen'Andriamanitra ary hanaja ny vatantsika ho masina. Ireo olona hatao batisa dia tsy maintsy manaja ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izay mandrara ny firaisana ara-nofo eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ivelan'ny fanambadiana ara-dalàna. Tsy mahazo manala zaza na manao fifampilan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy izy ireo. Ireo izay nanao ny fahotana avy amin'ny fanaranana ny filan'ny nofo dia afaka mibebaka sy voavela heloka.

## Olon-droa Miara-Mipetraka

Ny lehilahy sy ny vehivavy izay miara-mipetraka nefa tsy mivady dia mety tsy ho afaka hatao batisa raha tsy mivady aloha na misara-toerana. Ireo izay manambady mihoatra ny iray dia tsy afaka hatao batisa. Makà hevitra amin'ny filohan'ny misiôna izay hanome torolalana momba ny toe-java-mitranga tsirairay.

Fanamarihana

### Fandalinana Soratra Masina

| | | |
|---|---|---|
| Jakôba 2:28 | 3 Nefia 12:27–30 | Matio 5:27–28 |
| Môsià 13:22 | F&F 42:22–24 | Romana 1:26–32 |
| Alma 39:3–5 | F&F 63:16 | Efesiana 5:3–5 |

### Fanoloran-tena

- Hanaja ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Inona no fahazoanao ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, izay mandrara ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fatotry ny fanambadiana ara-dalàna eo amin'ny lehilahy sy vehivavy? Vonona ve ianao ny hitandrina io lalàna io [mialohan'ny batisanao]?
- Efa nandray anjara tamina fanalan-jaza ve ianao? Na fiarahana amin'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy ? [Fanamarihana: Ny olona izay mamaly hoe eny amin'ny iray amin'ireo fanontaniana roa ireo dia tsy maintsy manao dinidinika miaraka amin'ny filohan'ny misiôna alohan'ny hanaovana batisa azy.]

## Manajà ny Tenin'ny Fahendrena

Ny Tompo dia nanambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith, ny lalàn'ny fahasalamana iray antsoina hoe Tenin'ny Fahendrena. Ity lalàna ity dia mampianatra antsika ireo karazana sakafo sy karazan-javatra izay tokony na tsy tokony horaisintsika mba hitazonantsika ny fahasalaman'ny vatantsika ary mba hisorohantsika ireo fitarihan-dratsy. Mampanantena fitahiana ara-pahasalamana sy hery, sy fiarovana amin'ny ratsy ary fandraisana tsaratsara kokoa ny fahamarinana ara-panahy ny Tompo.

Tadidio fa masina ny vatantsika. Tokony hikarakara izany am-panajana sy am-pitandremana isika. Ny Tenin'ny fahendrena dia mampianatra antsika hihinana sakafo mahasalama. Izany dia mampianatra antsika mazava tsara fa tsy tokony handray toaka, sigara sy paraky, dite, sy kafe isika. Tsy tokony handray zava-mahadomelina manimba, amin'ny endriny rehetra isika. Raha hatao batisa sy raisina ho mpikambana dia tsy maintsy manajanona ireo karazan-javatra ireo izay olona ampianarinao. Ireo olona izay manaja ny Tenin'ny Fahendrena dia mora mandray ny fahamarinana ara-panahy.

Ny filohan'ny misiôna dia hamaly ireo fanontaniana momba ireo karazan-javatra hafa ampiasaina ao amin'ny fomba amam-panaonao raha toa ka tafiditra ao anatin'ny Tenin'ny Fahendrena izany.

### Fandresena ny Fahazaran-dratsy

Afaka manampy tsara ireo izay miady mafy handresena ny fifohana sigara, ny zava-pisotro mahamamo ary fahazaran-dratsy hafa ianao amin'ny alalan'ny fanarahana ireo fitsipika ireo. Ireto torohevitra eto ambany ireto dia natao manokana ho an'ny Tenin'ny Fahendrena kanefa afaka ampiasaina amina fahazaran-dratsy hafa koa.

1. Ampio ny olona hametraka tanjona toy ny hoe rahoviana ary ahoana no hanajan'izy ireo ny Tenin'ny Fahendrena.
2. Mivavaha ho azy ireo mandritra ny vavaka ataonao manokana na rehefa miaraka amin'izy ireo ianao.
3. Mbà mahatoky tena sy mahay manohana—na dia miverina indray amin'ny fahazaran-dratsy taloha aza izy ireo.

4. Tohizo ny fampianarana azy ireo ny filazantsara. Ampianaro ny fomba fampiasana ny vavaka sy ny finoana ho toy ny loharanon-kery izy ireo.
5. Ampio izy ireo mba handeha any am-piangonana foana ary hinamana amin'ny olona izay manaja ny Tenin'ny Fahendrena ary nandresy ny fahazaran-dratsy mitovy amin'ny azy.
6. Manasà azy ireo handray tsodranon'ny fisoronana, raha mety.
7. Amporisiho izy ireo mba hanala ireo karazan-javatra manimba tsy ho ao an-tranony.

Jereo ny fizarana faha-10 ho an'ny torolalana fanampiny mba hanampiana ny olona handresy ny fahazaran-dratsy.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 89 | 1 Korintiana 3:16–17 | 1 Korintiana 6:19–20 |

**Fanoloran-tena**

- Hiaina ny Tenin'ny Fahendrena ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Ahoana no fahazoanao ny Tenin'ny fahendrena? Hanaja io lalàna io ve ianao [alohan'ny batisanao]?

Fanamarihana

## Hajao ny lalàn'ny Fahafolonkarena

Anisan'ny fahasoavana lehibe iray amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fandraisana anjara amin'ny fampiroboroboana ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandoavana ny fahafolonkarena. Ny fahafolonkarena dia lalàn'Andriamanitra efa hatramin'ny taloha. Ohatra, ny mpaminany Abrahama ao amin'ny Testamenta Taloha dia nandoa ny fahafolonkarena tamin'izay rehetra nananany (jereo Alma 13:15).

Ho an'ireo izay mandoa ny fahafolonkarena dia mampanantena ny Tompo fa "Hovahako . . . ny varavaran'ny lanitra, ka hampidinako . . . fitahiana manana amby ampy ho anareo" (Malakia 3:10). Ireo fitahiana ireo dia mety ho ara-nofo na ara-panahy, izay ho tonga amin'ireo izay mankato ity lalàna masina ity.

Ny fahafolonkarena dia midika hoe ampahafolony, ary ny Tompo dia mandidy antsika hamerina ny ampahafolon'izay miditra amintsika, izany hoe ny karama, mba hahazoantsika fitahiana. Ny lalàn'ny fahafolonkarena dia manome fahafahana antsika hanampy amin'ny fananganana ny fanjakany. Ny fahafolonkarenantsika dia masina amin'ny Tompo ary manome voninahitra Azy isika rehefa mandoa ny fahafolonkarena. Andriamanitra dia mampanantena fitahiana maro ho an'ireo izay mandoa fahafolonkarena marina. Ireo izay tsy mandoa ny fahafolonkarena dia mandroba an'Andriamanitra (jereo Malakia 3:8). Tazoniny ho azy ireo ny zavatra izay an'Andriamanitra ara-dalàna. Tokony hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha isika ary ny fahafolonkarena dia fomba anankiray hanaovana izany. Ny fandoavana ny fahafolonkarena dia fanehoana ny finoantsika. Marika ety ivelany ny finoantsika an'Andriamanitra sy ny asany izany.

Ny Vola azo avy amin'ny fahafolonkarena dia ampiasaina amin'ny fanohanana ireo atrik'asa misy ao amin'ny Fiangonana, toy ny fananganana sy fikarakarana tempoly, sy ny trano Fiangonana, ary ny fitoriana ny filazantsara eran'izao tontolo izao, sy ny fanaovana ny asan'ny tempoly sy ny asan'ny tetiarana ary ireo atrik'asa maro hafa

Fanamarihana

eran-tany. Ny fahafolonkarena dia tsy entina handoavana ny karaman'ireo mpitondra Fiangonana eo an-toerana, izay manao fanompoana tsy handraisan-karama.

Ny Mpitondra ny Fiangonana eo an-toerana dia mandefa mivantana isan-kerinandro ny fahafolonkarena any amin'ny Foiben'ny Fiangonana. Ny filankevitra ahitana ny Fiadidiana Voalohany, ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, sy ny Episkôpà Mpiahy dia mandinika ny fomba mazava entina hampiasaina ireo tahirim-bola masina avy amin'ny fahafolonkarena ireo.

### Fandalinana Soratra Masina

**Fahafolonkarena**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 119 | Hebreo 7:1–2 | Levitikosy 27:30–33 |
| F&F 120 | Genesisy 14:18–20 | Malakia 3:7–12 |

**Finoana**

| | |
|---|---|
| 3 Nefia 13:33 | Etera 12:6 |

### Fanoloran-tena

- Hanaja ny lalàn'ny fahafolonkarena ve ianao rehefa vita batisa?

**Fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa izay mifandray amin'izany**

- Ahoana no fahazoanao ny lalàn'ny fahafolonkarena? Vonona ve ianao hanaja io lalàna io?

## Manaja ny Lalàn'ny fifadian-kanina

Fitahiana maro lehibe no azon'ireo izay manaja ny lalàn'Andriamanitra momba ny fifadian-kanina. Ny atao hoe mifady hanina dia tsy mihinana na misotro mandritra ny fotoana voafetra. Araka ny mahazatra dia ny Alahady voalohany isam-bolana no natokana ho fotoana manokana hifadiana sakafo in-droa sy hivavahana ary hijoroana ho vavolombelona. Ny fifadian-kanina sy ny vavaka dia tsy misaraka. Rehefa mifady hanina sy mivavaka am-pinoana isika dia mora mandray ny valim-bavaka sy ny fitahiana avy amin'ny Tompo. Mampanantena Izy fa hitari-dalana antsika foana. Tokony hifady hanina sy hivavaka noho ny antony mazava tsara isika. Ny fifadian-kanina dia ho an'ny tena manokana ary zavatra ara-panahy izany, ary tsy tokony hampiseho ny hafa isika fa mifady hanina.

Ny finoana marina dia ahitana ny fikarakarana ny mahantra. Isika dia natao hanampy azy ireo amin'izay ilainy amin'ny ara-batana sy ara-panahy. Rehefa mifady hanina isika dia manome vola ho an'ny Fiangonana hikarakarana ny mahantra sy ny mila vonjy. Antsointsika hoe fanomezana avy amin' ny fifadian-kanina izany. Manome farafahakeliny ireo vola voatahiry avy amin'ny fifadian-kanina in-droa isika. Nefa, tsy voatery ho voafetra ny vola haloantsika avy amin'ny vidin-tsakafo in-droa. Entanina isika mba ho faran'izay hahalala-tanana arak'izay vitan'ny eo am-pelantanantsika. Rehefa mikarakara ny hafa isika dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa ary mitazona ny famelan-kelontsika.

Fandalinana Soratra Masina

**Fifadian-kanina**

| | | |
|---|---|---|
| Omnia 1:26 | Alma 17:2–3 | F&F 88:76 |
| Alma 5:45–46 | Môrônia 6:5 | Matio 6:1–4, 16–18 |
| Alma 6:6 | F&F 59:12–16 | Isaia 58:6–11 |

**Fikarakarana ny Mahantra**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 4:16–27 | Alma 4:12–13 | Jakoba 1:27 |
| Môsià 18:8–10 | Matio 25:34–46 | Isaia 58:3–12 |

Fanoloran-tena

- Hifady hanina sy hivavaka ho an'izay zavatra ilainao manokana ve ianao amin'ny Alahadin'ny fifadian-kanina ho avy izao?
- Hanome fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina am-pahalalahan-tanana ve ianao [aorian'ny batisanao]?

Fanamarihana

## Ahoana no fomba hanomezana ny Fahafolonkarena sy ny Fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina

Ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina dia tsy aloa ampahibemaso ary aloa an-tsitrapo. Ny mpikambana dia afaka mandoa ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina amin'ny fotoana rehetra, fa matetika dia tsara kokoa raha mandoa ny fahafolonkarena raha vao mandray ny karama ary mandoa ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina amin'ny andron'ny fifadian-kanina. Ny mpikambana dia manome ny fanomezana avy amin'ny alalan'ny famenoana ny taratasy mirakitra ny fanomezana izay alaina ao amin'ny Episkôpà. Tazonin'ny mpikambana ilay taratasy mavomavo ary ataony anaty valopy mihidy tsara ilay taratasy fotsy sy ny fanomezana. Ny valopy dia omena ny iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny Episkôpà. Ireo fanomezana ireo dia raisina ho masina, ary an'Andriamanitra. Ny mpikamban'ny episkôpà iray sy ny mpitam-boky dia manao ny kajy manokana amin'ny fanomezana rehetra ary mitazona izany am-pitandremana sy ho tsiambaratelo.

Manao dinidinika momba ny fahafolonkarena amin'ny eveka ny mpikambana isaky ny faran'ny taona mba hanambarany ny fahavitrihany mandoa ny fahafolonkarena. Amin'io dinika mitokana io dia mahazo tatitra momba ny fanomezana rehetra nataon'izy ireo nandritra ny taona ny mpikambana. Ny mombamomba ny lafiny ara-bola rehetra dia tazonina amin'ny fomba hentitra ho tsiambaratelo.

Ampianaro ny fomba fanomezana ny Fahafolonkarena sy ny Fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina

Ampisehoy ny taratasy firaketana ny fanomezana ary hazavao ny fomba fampiasana azy. Rehefa vita ny batisan'ireo niova fo, dia mety mila fanampiana izy ireo amin'ny famenoana izany taratasy izany.

Fanamarihana

## Mankatoava sy Manajà ny lalàna

Ny Olomasin'ny andro farany rehetra dia mino ny fankatoavana ny lalàn'ny firenena izay misy azy. Ny mpikamban'ny Fiangonana dia toroana hevitra mba ho olom-pirenena tsara, ary handray anjara eo amin'ny fanompoam-pirenena sy ny lafiny ara-pôlitika, ary manao asa fanompoana eo amin'ny fiaraha-monina. Manao izany izy ireo amin'ny maha olom-pirenena mahatsapa tena azy fa tsy amin'ny maha-solontenan'ny Fiangonana azy.

### Fandalinana Soratra masina

F&F 58:21
F&F 98:5
F&F 130:20–21
F&F 134
Fanekem-pinoana 1:12

### Fanoloran-tena

- Hanaja ny lalàn'ny firenena izay ipetrahanao ve ianao?

**Fanontaniana amin'ny dinidinka mialohan'ny batisa izay mifanaraka amin'izany**

- Efa nanao heloka be vava ve ianao? Raha eny dia eo am-panefana ny sazy ve ianao sa nafahana vonjy maika? [Fanamarihana: Ny olona izay mamaly eny amin'ny iray amin'ireo fanontaniana roa ireo dia tsy maintsy manao dinidinika amin'ny filohan'ny misiôna alohan'ny hanaovana batisa azy.]

### Asa atao

Isaky ny didy tsirairay ato amin'ity lesona ity dia ataovy lisitra ireo soratra masina misy fampanantenana hataon'ny Tompo ho an'ireo izay mitandrina ny didy. Raketo ao amin'ny diarim-pianaranao ireo fampanantenana izay niseho teo amin'ny fiainanao.

Fanamarihana

# Ny Lalàna sy Ôrdônansy

*Aorian'ny Batisa sy ny Fandraisana ho mpikambana*



© 1998 Del Parson. Tsy azo adika..

## Miomàna Hampianatra

Rehefa vita batisa sy noraisina ho mpikambana ireo niova fo dia manapa-kevitra ny mpitondra ao amin'ny paroasy raha ny misiôneran'ny paroasy na ny misiônera amin'ny fotoana maharitra no mitarika ny fampianarana ary hafiriana no handraisan'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra anjara. Ity lesona ity dia tokony ampianarina ny mpikambana vaovao fotoana fohy aorian'ny nahavitany batisa sy nandraisana azy ho mpikambana. Afaka manomboka mampianatra azy ireo momba ireo Lalàna sy Ôrdônansy ireo ianao eo anelanelan'ny fotoana nahavitan'ny batisany sy ny fotoana handraisana azy ho mpikambana na alohan'ny batisa aza. Ireo izay hatao batisa dia tokony hahafantatra farafaharatsiny ireo Lalàna sy Ôrdônansy ireo alohan'ny batisa.

Mitovy amin'ny lesona faha-4 ny fampiasana ity lesona ity. Ny fomba fampianarana ho safidianao dia miankina amin'ny zavatra ilain'ireo vao vita batisa sy amin'ny fitarihan'ny Fanahy. Mieritrereta sy mivavaha tsy tapaka momba ny fomba hanampiana ireo vao niova fo hiaina ny filazantsara. Ireto avy ny hevitra:

- Mampianatra ireo mpikambana vaovao Ny Lalàna sy Ôrdônansy tsirairay avy ianao, avy amin'ity lesona ity eo am-pamerenana ny leson'ny "Hafatry ny Famerenana amin'ny Laoniny," "Ny Drafitry ny Famonjena," ary "Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy". Ohatra, rehefa manao famerenana momba ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsara ianao dia mety hampianatra momba ny fisoronana sy ny asa fitoriana ny filazantsara; na rehefa manao famerenana momba ny drafitry ny famonjena ianao dia mety hampianatra momba ny fanambadiana mandrakizay, ny tempoly sy ny asan'ny tetiarana, ary ny fampianarana sy fandalinana ao amin'ny Fiangonana. Rehefa manao famerenana momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao dia mety hampianatra momba ny lalana ety sy tery ary ny fanompoana ao amin'ny Fiangonana.
- Mampianatra Ny Lalàna sy Ôrdônansy roa na telo ho lesona iray.
- Mampianatra lalàna na ôrdônansy iray ho lesona iray.

Miaraha miasa amin'ny mpikambana hanampiana ireo mpikambana vaovao hanaiky sy hanomboka hiaina ny Lalàna sy Ôrdônansy. Ampio ireo mpikambana vaovao hahatsapa fa rehefa mitandrina ny lalàn'Andriamanitra izy ireo dia hihazona ny famelana ny fahotany

Fanamarihana

sy hijanona amin'ny lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay. Hiaina fiadanana sy fifaliana lehibe izy ireo. Hahita ny valin'ireo fanontaniana eo amin'ny fiainana sy hahazo fahatokiana amin'ny fahalalana fa mpikamban'ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy izy ireo. Ny Lalàna sy Ôrdônansy dia natao ho mpitari-dalana mankany amin'ny fiainam-pifaliana miaraka amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fanantenana lehibe amin'ny fahazoana ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Ray any an-danitra.

## Mianara momba ny Lalàna sy Ôrdônansy ary ny Fanoloran-tena

Rehefa mianatra ny "Lalàna sy Ôrdônansy," ianao dia tsara ny manaraka ireto dingana eto ambany ireto.

- Alalino ny fizarana izay manazava ny fotopampianarana ary manorata drafi-pampianarana tsotra izay ahitana hevi-dehibe telo ka hatramin'ny dimy.
- Mampianara drafi-pampianarana mandritra ny roa na telo minitra amin'ny mpiara-mitory aminao. Mifanazara amin'ny fomba fanasana amin'ny fanoloran-tena tsirairay sy amin'ny fomba famahana olana.
- Diniho ireo fomba tsara izay hanaraha-maso ny fanoloran-tena neken'ny olona vao niova fo.

## Ny Fisoronana sy ny Vondrona mpikambana

Ny Fisoronana dia ny hery sy ny fahefana izay omena ny lehilahy hiasany amin'ny anaran'Andriamanitra ho famonjena ny zanany. Mahazo ny ôrdônansin'ny famonjena ary koa ny tsodrano fanasitranana, sy fankaherezana, ary fanoroan-kevitra avy amin'ny alalan'ny fisoronana isika.

Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tarihan'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny apôstôly sy ny mpaminany. Izy ireo dia lehilahy marina izay nantsoin'Andriamanitra ary nomeny ny fisoronana. Nanendry ireo apôstôly i Kristy fahiny ary nanome azy ireo ny fisoronana. Very izany fahefana izany rehefa nandà ny filazantsara sy namono an'i Kristy sy ny Apôstôly ny olona.

Naverina tamin'ny laoniny ny fahefan'ny Fisoronana tamin'ny taona 1829 rehefa niseho tamin'ny Mpaminany Joseph Smith sy i Oliver Cowdery i Jaona Mpanao Batisa. Nametraka ny tanany teo ambonin'ny lohan'izy ireo izy ary nanome azy ireo ny Fisoronana Aharôna (jereo F&F 13). Fotoana fohy taorian'izay i Petera, Jakoba ary Jaona avy amin'ireo Apôstôly voalohany dia nametra-tanana tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery ary nanome azy ireo ny Fisoronana Melkizedeka izay noraisin'i Petera, Jakoba ary i Jaona avy tamin'i Jesoa Kristy (jereo F&F 27:12–13).

Amin'ny alalan'ny fanendrena avy amin'ny fametrahan-tanan'ny olona iray izay manana fahefana ihany no ahafahan'ny lehilahy iray mahazo ny fahefan'ny fisoronana. Ny lehilahy iray izay mandray ny fisoronana dia mahazo tombontsoa lehibe. Manao fanekempihavanana izy mba hanatanteraka ny andraikitra masina, hanompo ny hafa, ary hanampy amin'ny fampandrosoana ny Fiangonana. Tsy maintsy manana ny faniriana hanompo an'Andriamanitra izy ary tsy maintsy tendrena ho amin'io fahefana io (jereo F&F 4:3; 63:57). Tena ilaina koa ho an'ny mpihazona ny fisoronana ny manatanteraka ireo ôrdônansin'ny fisoronana toy ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Rehefa ampiasaina am-pahamendrehana ny fahefan'ny fisoronana dia miseho ny herin'Andriamanitra. Am-pahamarinana sy am-pitiavana ary am-paharetana ihany no ahafahana mampiasa ny fahefan'ny Fisoronana.

Fanamarihana

Ny fisoronana rehetra dia avy amin'Andriamanitra. Misy fisoronana roa ao amin'ny Fiangonana: Ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka. Ny Fisoronana Aharôna no anatanterahana ireo ôrdônansy toy ny batisa sy ny fanasan'ny Tompo. Mahazo ny Fisoronana Aharôna ireo lehilahy mendrika 12 taona no ho miakatra, fotoana fohy aorian'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

Ireo lehilahy feno taona dia hahazo koa ny Fisoronana Melkizedeka na Fisoronana avo. Amin'ny alalan'io fahefan'ny fisoronana io no ahazoan'ny mpikamban'ny Fiangonana fitahiana maro ara-panahy sy ara-batana. Ny mpihazona mendriky ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka manome ny fanomezana ny Fanahy Masina, manendry ny hafa amin'ny fisoronana izay nasaina iandraiketany, manosotra diloilo natokana ho an'ireo marary ary manome tsodrano fanasitranana na fankaherezana. Ireo lehilahy manambady sy ray mendrika izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka manome fitahiana manokana ho an'ny vadiny, sy ny zanany ary ny mpikambana hafa ao amin'ny fianakaviana. Ny mpampianatra isan-tokantrano dia mamangy ireo tokantranon'ny mpikamban'ny Fiangonana ary mikarakara ireo olona tsirairay sy ireo fianakaviana ireo. Ny eveka sy ny filohan'ny tsatòka dia mpitsara ao amin'ny Fiangonana. Manana fahefana hanampy ny Olomasina izay nanota mba hibebaka sy hiaina ny fitahiana feno amin'ny maha mpikamban'ny Fiangonana izy ireo. Manao dinidinika amin'ny olona izy ireo mba hahazoana antoka ny fahamendrehan'izy ireo hiditra ny tempoly.

Ny vondrona mpikambana, eo ambanin'ny fiahian'ny fisoronana dia manampy amin'ny fampaherezana ny mpikambana. Loharano lehibe ho an'ny asa fitoriana ny filazantsara izy ireo rehefa manampy amin'ny fitadiavana sy fampianarana ny naman'ny Fiangonana ary mandray ho namana ireo mpikambana vao vita batisa. Ny vehivavy 18 taona no ho miakatra dia mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana izay manao asa fanompoana ho an'ny fianakaviana, ny olona tsirairay, sy ny fiaraha-monina. Ny zatovovavy 12 taona ka hatramin'ny 18 taona dia mpikambana ao amin'ny fandaharan'asan'ny Zatovovavy. Ny Zatovolahy eo amin'izay taona izay koa dia mandray anjara ao amin'ny fandaharan'asan'ny Zatovolahy. Ny ankizy 3 taona ka hatramin'ny 11 taona dia miditra ao amin'ny fikambanan'ny Kilonga. Ny mpikambana rehetra 12 taona no ho miakatra dia manatrika ny kilasin'ny Sekoly Alahady.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 18:17 | F&F 84:19–20 | Lioka 9:1–6 |
| Alma 13:1–19 | F&F 107 | Jaona 15:16 |
| F&F 20:38–65 | F&F 121:34–46 | Jakoba 5:14–15 |

**Fanoloran-tena**

- Hiomana handray ny Fisoronana Aharôna ve ianao (lehilahy 12 taona no ho miakatra afaka tendrena ary mendrika)?
- Hiomana handray ny Fisoronana Melkizedeka ve ianao (lehilahy feno taona afaka tendrena ary mendrika)?
- Vonona ny handray anjara feno ao amin'ny fandaharan'asan'ny vondrona mpikambana ve ianao?

## Asa Fitoriana ny Filazantsara

Ny mpikambana izay mizara ny filazantsara dia mahazo fifaliana ary manana bebe kokoa ny Fanahin'ny Tompo. Rehefa mizara ny filazantsara isika dia mahatsapa ny maha

Fanamarihana

sarobidy sy ny maha manan-danja izany amintsika ary mahatsapa fitiavana lehibe kokoa ho an'Andriamanitra sy ho an'ny hafa. Nandidy ny mpanara-dia Azy ny Tompo mba hitory ny filazantsara eran-tany, ary hanome fahafahana ny olona tsirairay hanaiky na handà izany. Rehefa vita batisa ny olona dia manao fanekempihavanana mba hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra foana. Nodidiana izy ireo hizara ny filazantsara amin'ireo izay mbola tsy naharay izany. Rehefa miaina ny filazantsara am-pahatokiana izy ireo dia ho lasa ohatra amin'ny alalan'ny fampisehoana amin'ny fianakaviany sy ny namany ireo fahasoavana lehibe azo amin'ny fiainana ny filazantsara. Tokony hanararaotra ireo fotoana ahafahana mamaly fanontaniana, na mizara boky na horonan-tsary sy feo ary manasa ny hafa hianatra momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izy ireo. Ny mpikambana dia tokony hivavaka ho an'ireo izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Tokony hivavaka mba hahazoany fahafahana hitory ny filazantsara izy ireo—hanompo ny hafa izay tsy mitovy finoana amintsika ary hifampizara ny finoana aminy. Nampanantena ny Tompo fa hanampy ny mpikambana hahalala izay tokony holazainy ary hataony rehefa mizara ny filazantsara izy ireo.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | |
|---|---|---|
| Jakôba 5:70–75 | F&F 19:29 | F&F 84:74–76, 88 |
| Môsià 28:3 | F&F 33:8–11 | F&F 88:81 |
| F&F 18:10–16 | F&F 38:40–42 | F&F 100:5–8 |

**Fanoloran-tena**

- Hiomana hanasa namana sy havana izay tsy mpikamban'ny Fiangonana ve ianao mba hihaona amin'ny misiônera hampianarina ny filazantsara?
- Hivavaka ho an'ny misiônera sy hivavaka mba hahazoanao fahafahana hizara ny filazantsara ve ianao?
- Hiomana ny hanao asa fitoriana ve ianao?

## Ny Fanambadiana Mandrakizay

Ny vondrona fototry ny Fiangonana dia ny fianakaviana. Ao anatin'ny fianakaviana, dia miaina ny fifaliana sy ny fahoriana lehibe maro miseho eo amin'ny fiainana ny olona. Voatendrin'Andriamanitra ny fanambadian'ny lehilahy sy ny vehivavy ary ivon'ny drafitra mandrakizain'ny famonjena ny Zanany izany. Ny fomba nahariana ny fiainana an-tany dia avy amin'Andriamanitra ary voaron'ny fanambadiana izany. Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra any ankoatry ny fasana. Ny fanambadiana anefa dia tsy ho mandrakizay raha tsy tanterahan'ny mpihazona ny fisoronana, nahazo fahefana, ny ôrdônansin'ny famehezana any amin'ny tempoly masina, ary rehefa mitandrina ny fanekempihavanana nataony ny mpivady izay efa voafehy tany amin'ny tempoly. Natao hifankatia ny mpivady. Rehefa mitandrina ny didy sy miaina ny fitsipiky ny filazantsara izy ireo dia manaja ny voadin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka (jereo "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign*, Nov. 1995, 102; jereo koa F&F 42:22).

Ny fahasambarana eo anivon'ny fianakaviana dia ho tratra rehefa miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy izany ary rehefa manao ho vaindohan-draharaha ny fiainam-pianakaviany ny ray aman-dreny. "Araka ny fanendren'Andriamanitra, ny ray dia miahy ny fianakiavana am-pitiavana sy am-pahamarinana ary tompon'andraikitra

Fanamarihana

amin'ny fanomezana ireo zavatra ilaina eo amin'ny fiainana sy amin'ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia voatery hifanampy amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy azy ireo" (*Ensign*, Nov. 1995, 102). Ny ray amandreny dia miara-mampianatra ny zanany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary miaramanampy azy ireo hiaina izany.

I Satana dia mifantoka amin'ny fandravana ny fianakaviana. Nanokana ny Alatsinainy hariva ho fotoanan'ny takarivan'ny mpianakavy ny mpitondra ny Fiangonana, taona maro lasa izay. Tokony hampiasa io fotoana io hampianarana ny zanany ny filazantsara, sy hanamafisana ny fifandraisan'izy ireo ary hiarahana mifaly ny ray aman-deny. Fomba hafa hanamafisana ny fianakaviana koa ny vavaky ny mpianakavy isan'andro sy ny fandalinana ny soratra masina, sy ny fandehanana any am-piangonana amin'ny maha-fianakaviana azy ireo ary ny fanompoana ny hafa. Ny lanitra dia fitohizan'ny tokantrano sambatra. Afaka miara-miaina mandrakizay amin'Andriamanitra isika amin'ny maha-fianakaviana antsika amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny fisoronana sy ny fiainana am-pahamarinana.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Fanambadiana**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 42:22 | F&F 132:7 | "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao" |
| F&F 49:15 | Genesisy 2:24 | |
| F&F 131:1–4 | Efesiana 5:25 | |

**Fianakaviana**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 4:14–15 | F&F 130:2 | "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao" |
| 3 Nefia 18:21 | 1 Timoty 5:8 | |

**Ampianaro ny Zanaka**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 56:47 | Mosesy 6:55–62 | Efesiana 6:4 |
| Alma 57:21 | F&F 68:25–30 | Ohabolana 22:6 |

**Fanoloran-tena**

- Hanao takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro, sy vavaky ny mpianakavy, ary hanao fandalinan'ny fianakaviana soratra masina isan'andro sy fiaraha-mientana hafa fanaon'ny fianakaviana ve ianao?
- Hiomana hiditra ny tempoly ve ianao mba (1) handraisanao ny fanafiana masina ?
  (2) hanaovanao fanambadiana mandritra ny androm-piainana sy mandrakizay?
  (3) raha efa manambady dia, hofehezina mandrakizay amin'ny maha-mpivady?
  (4) Ary hamehy ny zanakao miaraka aminao?
- Hiara-hiangona amin'ny maha-fianakaviana anareo ve ianareo amin'ny andro Sabata?
- Hanompo ny hafa ve ianao?

## Ny Tempoly sy ny Tetiarana

Nandidy ny olona Andriamanitra hanangana tempoly. Ao amin'ny tempoly dia manao fanekempihavanana masina isika sy mandray ny fanafiana masina, na omena ny fanomezam-pahasoavan'ny hery sy ny fahalalana avy any ambony. Io hery io dia

Fanamarihana

manampy antsika eo amin'ny fiainantsika isan'andro ary mamela antsika hampiroborobo ny fanjakan'Andriamanitra. Afaka mivady mandritra ny androm-piainana sy mandrakizay koa isika ao amin'ny tempoly ary izany dia manome fahafahana ho an'ny fianakaviana hiaraka mandrakizay amin'Andriamanitra. Farafahakeliny aorian'ny herintaona mahampikambana azy, ny olon-dehibe mendrika dia afaka hahazo ny fahazoan-dalana avy amin'ny evekany handray ny fanafiana masina ho an'ny tenany manokana. Afaka fehezina na mivady mandrakizay ny mpivady rehefa vita ny fanafiana masina azy ireo.

Tia ny olon-drehetra ny Mpamonjy ary maniry ny famonjena azy ireo. Nefa antapitrisany maro ireo olona izay maty tsy nanana fahafahana nihaino ny hafatry ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy na nandray ny ôrdônansin'ny famonjena. Amin'ny alalan'ny fahasoavany sy ny famindram-pony feno fitiavana, ny Tompo dia nanao izay hamonjena ny olona tsirairay izay tsy nanana fahafahana handray sy hahazo ary hankato ny filazantsara nandritra ny fiainany an-tany. Toriana amin'ireo maty ireo ny filazantsara any amin'ny tontolon'ny fanahy. Ny mpikamban'ny Fiangonana eto an-tany dia manatanteraka ireo ôrdônansin'ny famonjena amin'ny alalan'ny fisoloany tena ho an'ireo razam-beny na olon-kafa efa maty. Ireo olona maty mipetraka ao amin'ny tontolon'ny fanahy ireo dia manana fahafahana hanaiky na handà ny filazantsara sy ireo ôrdônansy izay notanterahina tamin'ny anaran'izy ireo.

Noho izay antony izay dia manao fikarohana momba ireo razambeny ny mpikamban'ny Fiangonana. Mameno ny sarin'ny rohim-pihavanana sy ny firaketana momba ny fianakaviana izy ireo ary mandefa ireo anaran'ny havany efa maty izay mila ôrdônansin'ny famonjena hotanterahina amin'ny alalan'izy ireo any amin'ny tempoly masina. Izany no asan'ny tetiarana. Ny mpikambana mendrika 12 taona no ho miakatra, ao anatin'izany ny mpikambana vaovao dia afaka mahazo ny fahazoan-dalana avy amin'ny eveka hanatanteraka ny batisa ho an'ny maty.

### Ny Tetiarana

Asao ny mpikambana vaovao mba hanatona mpikambana iray na handeha ho any amin'ny foiben'ny tetiarana eo an-toerana (raha misy) mba hampahafantarana azy momba ny asan'ny tetiarana sy ireo loharanom-panampiana izay misy ho azy ireo. Omeo tahadikan'ny fitaovana ampiasaina amin'ny tetiarana izy ireo.

### Fandalinana Soratra Masina

| | | | |
|---|---|---|---|
| F&F 43:16 | F&F 128 | F&F 138 | 1 Petera 3:18–21 |
| F&F 95:8–9 | F&F 131 | Salamo 65:4 | 1 Korintiana 15:29 |
| F&F 124:22–42 | F&F 132 | Bokikely, *Welcome to the Family History Center* | |

### Fanoloran-tena

- Hiomana handray ny ôrdônansin'ny tempoly ve ianao? (Fotoana fohy aorian'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, ny mpikambana mendrika 12 taona no ho miakatra dia mahazo fahazoan-dalana ny handeha ho any amin'ny tempoly sy handray anjara amin'ny batisa ho an'ny maty.)
- Handray anjara amin'ny asan'ny tetiarana sy handefa ny anaran'ireo razam-be ve ianao hahazoany ny ôrdônansin'ny famonjena avy amin'ny alalan'ny fisoloana tena?

Fanamarihana

## Asa Fanompoana

Anisan'ny fahasoavana lehibe iray amin'ny maha-mpikambana ao amin'ity Fiangonana ity ny fahafahana manompo. Rehefa manompo am-pitiavana ny hafa isika dia manompo an'Andriamanitra. Rehefa atao batisa isika dia manao fanekempihavanana fa hanao izany asa fanompoana izany (jereo Môsià 18:8–10). Mila mahalala ireo zavatra ara-batana sy ara-panahy ilain'ny hafa isika. Manome ny fotoanantsika sy ny talentantsika ary fomba hafa hanomezana ireo zavatra ilaina ireo isika. Manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika, izay tonga hanompo ny hafa. Mila manao izay nataon'i Jesoa isika mba hitoviantsika aminy.

Fotoana fohy aorian'ny batisa dia mahazo andraikitra hanampy ao am-piangonana avy amin'ny mpitondra ao amin'ny fisoronana ny mpikambana vaovao. Antsoina hoe antso izany. Ny asa rehetra ao am-piangonana dia atao an-tsitrapo. Tsy misy mandray vola amin'izany karazana fanompoana izany. Rehefa manaiky antso isika dia tohanana ampahibemaso mandritra ny fivorian'ny Fiangonana mba hahafantaran'ny mpikambana hafa ny antsontsika ary hanomezany fanohanana. Atokan'ny mpitondra ao amin'ny fisoronana isika ary omena fitahiana manokana mba hahafantsika manatanteraka ny antsontsika. Ny Fiangonana dia mila ireo talenta sy fahaiza-manaon'ny mpikambana tsirairay hamenoana ireo karazan'antso maro. Manan-danja daholo ny antso rehetra ary manampy amin'ny fampiroboroboana ny Fanjakan'Andriamanitra. Mila manaiky ireo antso ireo isika ary milofo amin'ny fianarana sy ny fanatanterahana ny andraikintsika. Rehefa manao izany isika, dia mitombo ara-pinoana, sy mahazo talenta vaovao ary manana fahafahana lehibe kokoa hanompo ary hahazo fitahiana maro hafa.

### Fandalinana Soratra Masina

**Fiantrana**

| | | | |
|---|---|---|---|
| Môrônia 7:43–48 | F&F 88:125 | Matio 22:36–40 | 1 Korintiana 13:1–8 |

**Miahy ny Mahantra**

| | | | |
|---|---|---|---|
| Môsià 4:26 | Alma 34:28–29 | F&F 52:40 | Matio 25:40 |

**Natao hanompo isika**

| | | | |
|---|---|---|---|
| Môsià 2:17 | Môsià 18:8–10 | F&F 42:29 | F&F 107:99–100 |

### Fanoloran-tena

- Hanaiky sy hanatanteraka ny andraikitra ao amin'ny antso ve ianao (ao anatin'izany ny fanendrena ho mpampianatra na mpamangy isan-tokantrano)?
- Hanohana ny hafa amin'ny antsony ve ianao?

## Mampianatra sy Mianatra ao amin'ny Fiangonana

Ny Fiangonana dia narindra mba hahatonga lafatra sy hitahiana ny fiainan'ny mpikambana. Manome antsika fahafahana ny hifampianatra ny filazantsara sy hinamana ary hifanompo izany ary koa hifanohana amin'ny fitadiavantsika ny famonjena. Ny mpikambana tsirairay dia ampianarina ny fotopampianaran'ny filazantsara eo anivon'ny fianakaviana ary amin'ny alalan'ny Fiangonana. Rehefa voantso hampianatra ny mpikambana dia omena fitaovana izy ireo hanampiana azy ireo hahita fahombiazana.

Fanamarihana

**Fandalinana Soratra masina**

F&F 88:77–79 Efesiana 4:11–14

**Fanoloran-tena**

- Handeha hiangona ve ianao?

## Maharitra hatramin'ny Farany

Rehefa miaina ny filazantsara isika dia mihamanakaiky an'ny Raintsika any an-danitra. Mahazo fifaliana sy mankasitraka bebe kokoa ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy isika. Mifanakaiky kokoa ny fianakaviana. Mahatsapa fitiavana, sy fifaliana, ary fiadanana bebe kokoa avy amin'ny Sorompanavotana isika. Miova ny fontsika, ary mahazo fiarovana amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny isika.

Rehefa manohy ny fampiharana ny finoana an'i Kristy sy mibebaka ary manavao ny fanekempihavanantsika isika dia mahazo tsy tapaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Rehefa maharitra hatramin'ny farany isika eo amin'ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fitandremana ny fanekempihavanantsika dia hahazo ny fiainana mandrakizay.

Misy mpikambana vitsy izay tsy maharitra hatramin'ny farany na tsy mijanona ho mafana fo tanteraka. Nefa ny faharetana hatramin'ny farany dia andraikitry ny tena manokana. Isika dia "miasa ho an'ny famonjena antsika" (Filipiana 2:12), ary manompo sy mitia ireo izay nihena ara-pinoana tamin'ny alalan'ny fahalainany.

**Fandalinana Soratra Masina**

| | | | |
|---|---|---|---|
| 2 Nefia 31:20–21 | F&F 20:37 | Jaona 14:15, 21 | Filipiana 2:12 |
| Môrônia 6:4 | Fanekem-pinoana 1:3 | Efesiana 4:11–14 | |

**Fanoloran-tena**

- Hanohy hiaina ny filazantsara amin'ny fitandremana ireo fanekempihavanana natao tamin'ny batisa mandritra ny fiainanao ve ianao?



# Ahoana no Fomba Hamantarako sy Hahazoako ny Fanahy?

Fanamarihana

**Diniho Ireto**

- Maninona aho no mila mahazo fanambarana ho ahy manokana?
- Iza ny Fanahy Masina ary ahoana no fomba fiasany?
- Maninona aho no tsy maintsy mivavaka am-pinoana?
- Inona no anjara asan'ny Fanahy eo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara?
- Ahoana no ahafahako mamantatra ny bitsiky ny Fanahy?

## Ny Fanambarana ho an'ny Tena Manokana

Hoy i Joseph Smith hoe, "Ny famonjena dia tsy afaka tonga raha tsy misy ny fanambarana; zava-poana ny fanompoana tsy miaraka amin'izany" (*History of the Church*, 3:389). Hahomby ianao eo amin'ny asanao rehefa mianatra mandray sy manaraka ny fanambarana ho an'ny tena manokana. Nampianatra koa i Joseph Smith fa andry iankinan'ny asanao andavanandro ny fanambarana: "Izany no fitsipika hitondrana ny fanjakan'ny lanitra—amin'ny alalan'ny fanambarana izay mifanaraka amin'ny toe-javatra iainan'ny zanaky ny fanjakana" (*History of the Church*, 5:135).

Tian'Andriamanitra ianao sy ireo zanany rehetra. Vonona Izy ny hanohana anao amin'ireo fanamby mateti-pitranga sy miavaka. Nampanantenaina fitaomam-panahy ianao mba hahafantarana izay tokony atao ary nomena hery hanaovana izany (jereo F&F 43:15–16). Hanampy anao Izy rehefa miezaka ny mahafantatra sy mahatakatra ny Fanahy Masina ianao amin'ny alalan'ny fandalinanao am-pahazotoana ny soratra masina. Hitarika anao Izy ho any amin'ny olona izay handray ny hafatry ny Famerenana amin'ny

Fanamarihana

laoniny. Hanome hery anao Izy hizaranao ny hafatra sy hijoroanao vavolombelona momba an'i Kristy sy ny Filazantsarany. Handrotsaka ny fitahiany aminao Izy amin'ny alalan'ny fanomezana ny Fanahy Masina. Mangataka Izy ny mba hijanonanao ho mendrika an'izany fanomezana izany ary ny mba hangatahanao sy hitadiavanao ary handondonanao (jereo F&F 4:7; Matio 7:7–8).

Miaina amin'ny andro efa novinanin'ireo mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika—andro izay hahatonga ny olona "hifanditra izy samy izy, ary samy hampianatra ny fahaizany ka handà ny Fanahy Masina izay manome ny fitenenana" (2 Nefia 28:4; jereo koa 3 Nefia 29:6; Môrmôna 9:7–8). Nefa misy olona maro izay maniry zavatra ara-panahy. Rehefa mianatra mandray fanambarana ho an'ny tenanao manokana ianao dia afaka hampianatra amin'ny hery sy ny fahefana (jereo Alma 17:3) satria ny Fanahy Masina dia manome anao hery hitenenana (jereo1 Nefia 10:22).

Mila mikatsaka sy mahazo fanambarana ho an'ny tenanao manokana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ianao rehefa manampy ny olona hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana. Manàna finoana fa hahazo ny fanambarana ho an'ny tenanao manokana ianao mba hitarika anao isan'andro isan'andro. Hanampy anao ny Fanahy Masina amin'ny lafiny rehetra ao amin'ny asanao.

**Asa Atao: Fandalinana Manokana**

Ao amin'ny famaranan'i Môrônia ny fijoroany ho vavolombelona, dia nanoratra "teny vitsivitsy ho famporisihana" izy (Môrônia 10:2). Vakio Môrônia 10 ary soraty amin'ny teninao manokana izay zavatra hamporisihan'i Môrônia ho ataon'ny mpamaky ny Bokin'i Môrmôna. (Ny hoe *Mamporisika* dia midika hoe manentana mafy na manosika olona hanao zavatra iray.)

## Ny Fahazavan'i Kristy

Afaka mahazo fitarihana ara-panahy ny olona iray alohan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Io fitarihana ara-panahy io dia miantomboka amin'ny Fahazavan'i Kristy izay "omena ny olona tsirairay mba hahazoany manavaka ny tsara amin'ny ratsy" (Môrônia 7:16; jereo koa ny andininy 14–19).

Ny Fahazavan'i Kristy dia "tanjaka sy herin'Andriamanitra, na hery fitarihana izay mivoaka avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy ary manome aina sy fahazavana ho an'ny zava-drehetra. Izany no lalàna izay ifehezana ny zava-drehetra any an-danitra sy ety an-tany. Manampy ny olona koa izany hahatakatra ireo fahamarinan'ny filazantsara sy manampy amin'ny fametrahana ny olona amin'ilay lalan'ny filazantsara izay mitondra amin'ny famonjena.

"Ny fahazavan'i Kristy dia tsy tokony hafangaro amin'ny Fanahy Masina. Tsy olona ny fahazavan'i Kristy. Fitaomana avy amin'Andriamanitra izany ary manomana ny olona handray ny Fanahy Masina. Fitaomana ho amin'ny tsara eo amin'ny fiainan'ny olon-drehetra izy.

"Iray amin'ny fisehon'ny fahazavan'i Kristy ny feon'ny fieritreretana izay manampy ny olona hanavaka ny tsara amin'ny ratsy. Mihamaranitra miaraka amin'ny fianarany ny filazantsara ny feon'ny fieritreretan'ny olona. Ny olona izay mihaino ny fahazavan'i Kristy dia voatarika mankany amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahazavana, Fahazavan'i Kristy;" jereo koa F&F 84:46–47).

Hoy ny Filoha Boyd K. Packer hoe, "Zava-dehibe ho an'ny . . . misiônera iray . . . ny fahafantarana fa afaka miasa amin'ny alalan'ny Fahazavan'i Kristy ny Fanahy Masina.

Fanamarihana

Ny mpampianatra ny fahamarinan'ny filazantsara dia tsy mamboly zavatra vahiny amin'ny tena na koa vaovao amin'ny olon-dehibe na ankizy iray. Fa kosa ny misiônera na ny mpampianatra dia manorina fifandraisana amin'ny Fanahin'i Kristy izay efa ao. Tsy ho zava-baovao ho azy ireo ny filazantsara" ("Ny Fahazavan'i Kristy," lahateny natao nandritra ny seminera ho an'ny filohan'ny misiôna vaovao, 22 Jiona 2004, 2).

## Ny Fanahy Masina

**Ny toetoetran'ny Fanahy Masina.** Ny Fanahy Masina dia mpikambana fahatelo ao amin'ny Andriamanitra. Olona Fanahy Izy ary tsy manana vatana nofo sy taolana (jereo F&F 130:22). Izy no Mpampionona izay nampanantenain'ny Mpamonjy fa hampianatra ireo mpanaradia Azy ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro ny zavatra rehetra izay nolazainy tamin'izy ireo (jereo Jaona 14:26).

**Ny herin'ny Fanahy Masina.** Ny vavolombelona manambara izay tonga amin'ny naman'ny Fiangonana tso-po alohan'ny batisa dia tonga amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. "Mety ho tonga amin'ny olona iray mialohan'ny batisa ny herin'ny Fanahy masina mba ho vavolombelona manambara fa marina ny filazantsara" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanahy masina"). Manome ny olona iray fijoroana ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy sy ny asany ary ny asan'ny mpanompony eto an-tany izany. Mijoro ho vavolombelona ny fahamarinana ny Fanahy Masina. Afaka mahalala ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ny olon-drehetra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy masina. "Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra" (Môrônia 10:5).

**Ny fanomezana ny Fanahy Masina.** Ny naman'ny Fiangonana izay mahazo fijoroana ho vavolombelona dia mbola tsy mahazo ny fampanantenana amin'ny fiarahan'ny Fanahy Masina aminy mandrakariva. Hoy i Joseph Smith hoe: "Misy fahasamihafany ny Fanahy Masina sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. I Kornelio dia nandray ny Fanahy Masina talohan'ny nanaovana batisa azy, izay herin'Andriamanitra nandresy lahatra azy ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsara, saingy tsy afaka nahazo ny fanomezana ny Fanahy Masina izy raha tsy taorian'ny batisany. Raha tsy nandray io marika na ôrdônansy io izy, dia ho nandao azy ny Fanahy Masina izay nandresy lahatra azy momba ny fahamarinan'Andriamanitra" (*History of the Church*, 4:555).

"... zon'izay mendrika, ny hanana lalandava ny fitaoman'ny Fanahy Masina, izay fanomezana raisina avy amin'ny fametrahan-tanan'ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka aorian'ny batisa nahazoana alalana hidirana ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy marina (Torolalan'ny Soratra Masina, "Fanahy Masina").

> *"Ny fanomezana ny Fanahy Masina dia tonga rehefa avy mibebaka ary lasa mendrika ny olona iray. . . . Ny Fanahy Masina dia mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana ary mametraka lalim-paka ao anatin'ny fanahy ny tena momba an'Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanaka ka tsy misy hery na fahefana eto an-tany afaka hanasaraka azy amin'izany fahalalana izany."*
>
> – NY FILOHA JAMES E. FAUST
> "THE GIFT OF THE HOLY GHOST—A SURE COMPASS," *ENSIGN*, APR. 1996, 4

Fanamarihana

Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana anao dia nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina avy amin'ny fahefan'ny fisoronana ianao. Io fanomezana io dia mamela anao hanana lalandava ny Fanahy Masina hiaraka aminao raha mijanona ho mendrika an'izany ianao. Mivavaha ho an'ny fitarihan'ny Fanahy, ary manaraha am-pahazotoana ny bitsika izay voarainao.

**Ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana.** Ny Fanahy Masina dia antsoina koa hoe Fanahy Masin'ny Fampanantenana (jereo F&F 88:3). Ny atao hoe fehezin'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia ny fanamafisan'ny Fanahy Masina fa ny asa tsara, sy ny ôrdônansy ary ny fanekempihavanana dia ankasitrahan'Andriamanitra. Ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia mijoro ho vavolombelona amin'Andriamanitra fa notanterahana araka ny tokony ho izy ireo ôrdônansin'ny famonjena ary voatandrina ny fanekempihavanana miaraka amin'izany. Ireo izay fehezina amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia mahazo izay rehetra hananan'ny Ray (jereo F&F 76:51–60; Efesiana 1:13–14). Ny fanekempihavanana sy ny fanatanterahana asa rehetra dia tsy maintsy fehezina amin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana raha tiana hanan-kery aorian'ity fiainana ity (jereo F&F 132:7, 18–19, 26). Ny fandikana ny fanekempihavanana dia mety handrava ny famehezana.

**Ireo Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy.** Ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy dia fitahiana ara-panahy manokana, izay nomen'ny Tompo ho an'ny olona mendrika, ho tombontsoany manokana ary ho ampiasainy hitondrany fitahiana ho an'ny hafa. Ohatra, ny misiônera izay tsy maintsy mianatra fiteny vaovao dia mety hahazo ny fanomezam-pahasoavana hiteny amin'ny fiteny hafa mba hanomezana azy ireo fanampiana masina amin'ny fianarana fiteny iray. Maro ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy hita ao amin'ny Môrônia 10:8–18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:11–33; sy 1 Korintiana 12:1–12. Ohatra vitsivitsy ihany ireo amin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy marobe. Mety hitahy anao amin'ny fomba hafa ny Tompo arakaraky ny fankatoavanao, sy ny zavatra ilainao ary ny zavatra izay ilain'ny olona tompoinao. Tokony haniry ny hahazo fanomezam-pahasoavana ara-panahy ianao ary hikatsaka an'izany tokoa (jereo F&F 46:8; 1 Korintiana 12:31; 14:1, 12). Ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia tonga amin'ny alalan'ny vavaka, ny finoana, ny asa, ary araka ny sitrapon'Andriamanitra (jereo F&F 63:9–12; 84:64–73).

**Asa Atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

Vakio ireto boky hanovozan-kevitra eto ambany ireto:

- Torolalan'ny Soratra Masina, "Fanahy Masina," "Fahazavana, Fahazavan'i Kristy," sy "Fanahy."
- *Our Search for Happiness,* 84–86, 91–92.
- *True to the Faith*, 81–84, 165–67.

Manorata famaritana ny toetoetran'ny Fanahy Masina sy ny anjara asany.

Vakio Asan'ny Apôstôly 4:23–33.

- Ahoana no fomba nitadiavan'i Petera sy Jaona ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy?
- Ahoana no fomba namalian'ny Tompo ny vavak'izy ireo?
- Inona no azonao raisina avy amin'io traikefa io ho an'ny asanao manokana?

Fanamarihana

## Ny Herin'ny Fanahy eo amin'ny Fiovam-po


Ny herin'ny Fanahy Masina dia tena ilaina amin'ny fiovam-po. Miezaha hahatakatra ny fotopampianaran'ny fiovam-po ary koa ny zavatra iainana amin'ny fiovam-po. Nanazava ny anjara asa lehiben'ny Fanahy eo amin'ny fiovam-po ny Loholona Boyd K. Packer:

"Rehefa miseho ny fiovam-po dia amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy izany. Mba hahombiazana eo amin'ny asa fitoriana dia tokony hiseho ireto zavatra telo ireto:

"Mila isika mahatakatra izay tokony ho tsapan'ny naman'ny Fiangonana mba hahazoany fiovam-po.

" Mila isika mahatakatra izay tokony ho tsapan'ny misiônera iray mba hahafahany mampianatra miaraka amin'ny hery mpampiova fon'ny Fanahy.

"Avy eo dia mila isika mahatakatra izay tokony ho tsapan'ny mpikambana iray mba hahombiazany ao amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiainana ny fiovam-po" (fivoriamben'ireo filohan'ny misiôna, 3 Apr. 1985).



Arakaraka ny hahatakaranao tsara ny zavatra tsapan'ny naman'ny Fiangonana, sy ny misiônera ary ny mpikambana, rehefa mahazo ny fijoroana ho vavolombelon'ny Fanahy izy ireo, no hahatakaranao tsara kokoa ny anjara asanao manokana, dia ny:

- Mahazo hery ara-panahy ary manana saina mahiratra rehefa mandalina ny soratra masina na mampianatra ny fotopampianarana.
- Mandamina ny manodidina mba hahafahan'ny Fanahy Masina mijoro ho vavolombelona rehefa mampianatra ianao. Amin'ny alalan'ny fampianarana ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny fijoroana ho vavolombelona momba izany no hanatanterahinao izany. Mampianara araka ny fitarihan'ny Fanahy, ary mijoroa ho vavolombelona fa fantatrao amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa marina izay ampianarinao.
- Manaraka ny fitarihan'ny Fanahy eo amin'ny fampifanarahana ny hafatra amin'izay ilain'ny olona tsirairay.
- Manasa ny olona hiasa. Hitombo ny finoany rehefa mibebaka, sy mitandrina ny didy ary manao sy mitandrina ireo fanekempihavanana izy ireo.

Nilaza momba ny herin'ny Fanahy ny loholona M. Russell Ballard: "Ny fiovam-po marina dia avy amin'ny herin'ny Fanahy. Rehefa mahakasika ny fo ny Fanahy Masina dia miova ny fo. Rehefa mahatsapa ny Fanahy miasa ao aminy ny olona tsirairay, na mahita ny porofon'ny fitiavana sy ny famindram-pon'ny Tompo eo amin'ny fiainany, dia mahazo hery sy tanjaka ara-panahy izy ireo ary mitombo ny finoany Azy. Ireo zavatra iainana miaraka amin'ny Fanahy ireo dia manaraka ho azy rehefa maniry ny hanao araka ny teny ny olona iray. Izany no fomba hahafahantsika *mahatsapa* fa marina ny filazantsara" ("Now Is the Time," *Ensign*, Nov. 2000, 75).

Ny Fanahy masina dia miasa ao am-pon'ny olona mba hitondrana ireo fiovana ireo. Rehefa misafidy ny hitandrina ny fanoloran-tena ny olona dia ho tsapan'izy ireo bebe

Fanamarihana

kokoa ny herin'ny Fanahy Masina ary hitombo ny finoany hankato an'i Kristy. Noho izany, dia tokony hanampy ny olona iandraiketanao ianao hitomboany amin'ny finoana amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hibebaka sy hanao ary hitandrina ny fanoloran-tena.

### Asa Atao: Fandalinana Manokana

- Mamakia andinin-tsoratra masina iray na roa amin'ireto manaraka ireto ary saintsaino izay tokony ho tsapan'ny naman'ny Fiangonana mba hiovany fo. Raketo ao anaty diarim-pianaranao ireo zavatra tsapanao sy ny fihetseham-ponao. Resaho amin'ny misiônera hafa sy ny mpikambana ireo hevitrao ireo.

  2 Nefia 4:16–35; Enôsa 1; Môsià 4–5; 18:7–14; 27–28; Alma 5; 17–22; 32; 36; 38

- Mamakia andinin-tsoratra masina iray na roa amin'ireto manaraka ireto ary saintsaino izay tokony ho tsapanao amin'ny maha-misiônera anao sy amin'ny maha-mpikambana anao raha te-hampianatra miaraka amin'ny herin'ny fiovam-po ianao. Raketo ao anaty diarim-pianaranao ireo zavatra tsapanao sy ny fihetseham-ponao. Resaho amin'ny misiônera hafa sy ny mpikambana ireo hevitrao ireo.

  1 Nefia 8:11–12; Môsià 28:1–4; Alma 26; 29; 31:26–38; 32; Môrônia 7:43–48; F&F 4; 18:10–16; 50:21–22

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no ampianarin'ny soratra masina momba ny herin'ny Fanahy ao amin'ny asanao?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 33:1–2 | F&F 50:13–22 | 1 Korintiana 2:11–14 |
| F&F 42:11–17 | Asan'ny Apôstôly 2:37–38 | Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Fiovam-po, Niova fo" |

**Inona no azonao atao mba hahafahanao manana ny herin'ny Fanahy eo amin'ny asanao?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 32:27–28 | F&F 42:14 | Jaona 7:17 |

**Nahoana no zava-dehibe ny mampianatra izay fantatrao sy izay inoanao?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 5:43–47 | F&F 52:9 | F&F 80:4 |

## Mivavaha am-pinoana


Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy ihany no ahafahanao mampianatra araka ny fomban'ny Tompo, ary amin'ny alalan'ny fivavaky ny finoana no hahazoanao ny Fanahy. Hoy ny Tompo hoe, Ary homena anareo ny Fanahy amin'ny fivavaky ny finoana; ary raha tsy mandray ny Fanahy ianareo dia tsy hampianatra (jereo F&F42:14). Rehefa mangataka fanampiana amin'ny fampianaranao ianao dia ho tantanan'ny herin'ny Fanahy Masina ny fampianaranao "mankany am-pon'ny zanak'olombelona" (2 Nefia 33:1).

Nanome ohatra momba io fitsipika io ny Filoha Gordon B. Hinckley tamin'ny alalan'ny fitantarana zava-niseho tany amin'ny misiônany:

"Tsaroako foana ireo tovolahy roa izay niasa tao amin'ny misiôna nisy ahy. Ny iray dia olona nanan-talenta be. Nanam-pahaizana izy. Natsilo saina izy. Mailamailaka izy. Somary miavona kely izy. Ny iray hafa dia mpanao sary famantarana. Avy amina toeram-pivarotana sary famantarana izy ary tsy dia nianatra loatra fa nahafantatra ny fahalemeny ary niankina tamin'ny Tompo. Rehefa mivavaka izy dia fantatrao fa miresaka amin'ny Tompo. Tsy toy ny tsianjery izany fa tena fifampiresahana eo amin'olon-droa ary nahavita zava-mahagaga maro io tovolahy io, fa ilay tovolahy iray kosa dia nanatanteraka fotsiny izay nasaina nataony. Nibaribary ny hery izay tao amin'ny anankiray ary ny tsy fisian'izany tao amin'ny iray hafa. Antsoy ny Tompo. Izy no nanome ny fanasana ary Izy no hamaly" (*Teachings of Gordon B. Hinckley* [1997], 469).

Fanamarihana

Miezaha hivavaka amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana ary amin'ny "herin'ny fo manontolo" (Mrônia 7:48). Ny vavaka mahomby dia mitaky ezaka lehibe (jereo Môrônia 10:3–4; F&F 8:10; 9:7). Eritrereto tsara ny toetranao sy ny teny ampiasainao. Diniho ireto manaraka ireto rehefa mivavaka ianao:



- Ampiasao ny fomba fiteny natao ho an'ny vavaka, izay mampiseho fitiavana sy fanajana ny Rainao any An-danitra. Mampiasà fiteny madio sy feno fanajana na inona na inona fiteny ampiasainao. Ohatra, amin'ny teny Malagasy, dia mampiasà mpisolo tena toy ny *Ianao*, sy *Anao.*
- Manehoa mandrakariva fankasitrahana noho ireo fitahiana azonao. Ny ezaka hiniana anehoana fankasitrahana dia hanampy anao hahita ny famindram-pon'ny Tompo eo amin'ny fiainanao.
- Mangataha manokana ny fitarihana sy ny fanampian'ny Fanahy Masina. Ampisehoy fa manome hasina io fitahiana io ianao amin'ny alalan'ny fahaizana mahatsapa sy fahatsiarovana ny bitsika ara-panahy. Avy eo dia araho am-paharisihana izany bitsika izany.
- Mivavaha am-pitiavana sy am-piantrana. Mivavaha ho an'ny olona amin'ny alalan'ny fanononana ny anarany. Mangataha aingam-panahy mba hanampy anao hahatakatra izay ilainy sy hanome fahafaham-po azy. Mivavaha ho an'izay hahasoa an'ireo olona natonina, ireo naman'ny Fiangonana, ary ireo olona vao niova fo sy ny mpikambana malaindaina. Mivavaha ho an'ny mpikambana sy ny mpitondra ao amin'ny fisoronana ary ny vondrona mpikambana ao amin'ny faritra misy anao. Mivavaha ho an'ny fianakavianao any an-trano. Mivavaha ho an'ny mpiara-mitory aminao sy ny misiônera hafa ary ny filohan'ny misiônanao. Mivavaha mba hahafantaranao ny fomba hanampiana ny hafa, dia meteza hahafoy tena ho azy ireo.

> *"Isa-maraina . . . , dia tokony handohalika ny misiônera ary hangataka amin'Andriamanitra mba hamaha ny lelan'izy ireo sy mba hiresaka amin'ny alalan'izy ireo ho fitahiana ireo izay hampianarin'izy ireo. Raha manao izany izy ireo dia hisy fahazavana vaovao eo amin'ny fiainan'izy ireo. Hisy firehetam-po lehibe kokoa ho an'ny asa. Ho fantatr'izy ireo amin'ny tena heviny marina tokoa fa mpanompon'ny Tompo izay miresaka amin'ny anarany izy ireo. Hahazo valiny hafa avy amin'ireo izay ampianariny izy ireo. Rehefa manao izany amin'ny alalan'ny Fanahy izy ireo dia hamaly eo ambany fitarihan'izany Fanahy izany ihany ny naman'ny Fiangonana."*
>
> —NY FILOHA PRESIDENT GORDON B. HINCKLEY
> "MISSIONARY SERVICE," *FIRST WORLDWIDE LEADERSHIP TRAINING MEETING,* 11 JAN. 2003, 20

Fanamarihana

- Mivavaha mba hanoroana anao izay tokony haleha sy tokony hatao. Mivavaha mba hitarihana anao hankany amin'ireo izay voaomana handray ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny. Mivavaha mba hahafantaranao azy ireo.
- Fantaro fa ny Rainao any An-danitra dia mahafantatra tsara kokoa izay ilainao noho ianao. Miantehera amin'ny Fanahy mba hahalalana ny vavaka tokony hatao (jereo 3 Nefia 19:24; F&F 46:28, 30).
- Mandritra ny vavakao amin'ny alina dia manaova tatitra amin'ny Tompo momba ny asanao tamin'iny andro iny. Avy eo dia jereo miaraka Aminy ny fandaharam-potoananao ho an'ny andro manaraka. Henoy ny bitsiky ny Fanahy.
- Mivavaha mba handresena ny fakam-panahy. Ny fileferana amin'ny fakam-panahy dia manelingelina ny Fanahy.
- Mivavaha ary rehefa mety dia mifadia hanina ho an'ny fitahiana manokana.
- Mivavaha momba ny soratra masina ary saintsaino lalina izany. Ny soratra masina dia manokatra ny varavarana ho an'ny fanambarana.
- Minoa fa hamaly ny vavakao Andriamanitra. Fantaro fa ny fihevitr'Andraimanitra dia tsy fihevitrao (jereo Isaia 55:8–9), ary matokia an'Andriamanitra fa hamaly ny vavakao amin'ny fombany sy amin'ny fotoanany Andriamanitra.

## Asa Atao: Fandalinana Manokana

Saintsaino ireto fanambarana manaraka momba ny vavaka amin-kitsim-po ireto:

"Ny olana amin'ny ankamaroan'ny vavaka ataontsika dia ataontsika toy ny mandray telefaonina ary manafatra entana izany—mitanisa ny entana hafarana isika, dia mametraka ny telefaonina. Mila mandinika isika sy misaina lalina ary mieritreritra ny momba ny zavatra ivavahantsika sy angatahintsika ary avy eo mila miresaka amin'ny Tompo toy ny firesahan'ny olona iray amin'ny olona iray hafa" (Gordon B. Hinckley, *Teachings of Gordon B. Hinckley*, 469).

"Raha fiantsoana tampoka amin'ny fotoam-pahasahiranana fotsiny ny vavaka, dia tena fitiavan-tena tsotra fotsiny izany, ary mihevitra an'Andriamanitra ho toy ny mpanamboatra ny simba isika na sampan-draharaha manampy antsika amin'ny zava-mitranga tampoka fotsiny. Tokony hahatsiaro an'ilay Avo Indrindra isika na andro na alina—mandrakariva—fa tsy amin'ny fotoana izay tsy nahombiazan'ny fanampiana hafa rehetra fotsiny ka tena mila fanampiana isika" (Howard W. Hunter, *The Teachings of Howard W. Hunter*, ed. Clyde J. Williams [1997], 39).

Tombatombano samirery ny lanjan'ny vavakao, amin'ny alalan'ny fampiasana ity maridrefy manaraka ity. Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ny valin'ny fanontaniana toy ireto: Aiza no hametrahanao ny tenanao amin'io maridrefy io? Aiza no tianao hisy anao eo amin'io maridrefy io? Ahoana no fomba hiovanao?

| | Ratsy — Antonony — Tsara | |
|---|---|---|
| Malemy ny finoana an'i Kristy | ◄ – – – – ► | Matanjaka ny finoana an'i Kristy |
| Tsy misaotra | ◄ – – – – ► | Feno fisaorana |
| Tsy mifantoka amin'ny asa ny saina | ◄ – – – – ► | Mifantoka amin'ny asa ny saina |
| Tsy misy fifandraisana amin'ny asa atao ny vavaka | ◄ – – – – ► | Tanteraka tamin'ny asa natao ny vavaka |
| Miverimberina | ◄ – – – – ► | Mifantoka amin'izay ilaina anio |
| Fahatsapana fahasorisorenana | ◄ – – – – ► | Mitondra hery, mamelombelona |

Fanamarihana

| | | |
|---|---|---|
| Mifantoka amin'ny eritreritra maloto | ◀ - - - ▶ | Mifantoka amin'ny eritreritra madio |
| Mifantoka amin'ny tena | ◀ - - - ▶ | Mieritreritra ny hafa |
| Tsy voafaritra tsara, tsy mazava | ◀ - - - ▶ | Mazava, voafaritra tsara |
| Tsy eo ny Fanahy | ◀ - - - ▶ | Tarihin'ny Fanahy ny vavaka atao |
| Tsy mahafantatra ny valim-bavaka | ◀ - - - ▶ | Mahatoky fa mamaly vavaka |

**Fandalinana Soratra masina**

**Maninona ianao no tsy maintsy mangataka ny Fanahy?**

2 Nefia 32:8–9
F&F 42:14
F&F 50:13–22

**Inona no tokony angatahinao?**

Alma 6:6
Alma 13:28
Alma 34:17–27
Alma 37:36–37
3 Nefia 18:20
3 Nefia 19:9
F&F 50:29–30
Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Vavaka"

## Mianara Mamantatra ny Bitsiky ny Fanahy

Ny Fanahy dia vonona lalandava hitarika sy hitantana anao. Kanefa, ny Fanahy dia miresaka mangina amin'ny alalan'ny fahatsapanao sy ao an-tsainao koa. Fanamby lehibe ho anao sy ho an'ny olona hitorianao ny famantarana ny bitsiky ny Fanahy masina izay misoko mangina.

Nampianatra ny Loholona Boyd K. Packer fa: "Ny feon'ny Fanahy dia voasoritra ao amin'ny soratra masina fa sady tsy 'midridrodridro' no tsy 'mafy.' Tsy 'feon'ny kotrobaratra izany…. na feon'ny tabataba lehibe mirohondrohona.' Fa indro kosa, 'izany dia feo tony sy malefaka tanteraka, toy ny bitsika,' ary izany dia afaka 'nandoaka na dia hatrany amin'ny aty fanahy aza' ary 'mampirehitra [ny fo].' (3 Ne. 11:3; Hel. 5:30; F&F 85:6–7.) Tadidio fa hitan'i Elia fa tsy tao amin'ny rivotra ny feon'ny Tompo, na tao amin'ny horohoron-tany, na tao amin'ny afo fa ' feo nitsoka malefaka.' izany (1 Mpanjaka.19:12.)

"Ny Fanahy dia tsy misarika ny saintsika amin'ny alalan'ny hikiaka na amin'ny alalan'ny famehezana mafy ny tanantsika. Fa mibitsibitsika kosa. Manafosafo moramora izany ka raha variana isika dia mety tsy hahatsapa izany mihitsy. (Tsy mahagaga raha nambara tamintsika ny Tenin'ny fahendrena satria fomba ahoana moa no ahatsapan'ny olona mamo, na andevozin'ny zava-dratsy, ny feo toy izany?)

"Indraindray Izy dia hanery mafy antsika mba hanehoantsika fitandremana. Fa mazàna, rehefa tsy mitandrina ilay feo malefaka isika dia hiala ny Fanahy ary hiandry antsika ambara-pahatonga antsika hanatona hitady sy hihaino ary hiteny amin'ny fombantsika sy ny fanehoantsika ny ao-am-po, toa an'i Samoela fahiny, hoe, 'Mitenena [Jehovah ô] fa mihaino ny mpanomponao.' (1 Sam. 3:10.)" ("The Candle of the Lord," *Ensign*, Jan. 1983, 53).

Maro ireo feo eto an-tany izay mifaninana hisarika ny sainao ary afaka manala mora foana izany fihetseham-po ara-panahy izany raha tsy mitandrina ianao.

Fanamarihana

## Asa Atao: Fandalinana Manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory

Diniho ity tabilao manaraka ity. Eritrereto ireo fotoana izay nananananao ny sasany amin'ireo fahatsapana, na eritreritra na fihetseham-po izay voasoritra ao amin'ireto andinin-tsoratra masina eto ambany ireto. Rehefa mandalina sy mahazo traikefa ianao dia ampio andinin-tsoratra masina hafa ity lisitra ity. Eritrereto ny fomba hahafahanao mampiasa ireo fitsipika ireo mba hanampiana ny hafa hahatsapa sy hamantatra ny Fanahy.

| | |
|---|---|
| F&F 6:23; 11:12–14; Romana 15:13; Galatiana 5:22–23 | Manome fahatsapana fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy, finoana sy fanantenana. |
| F&F 8:2–3 | Mitondra hevitra ao an-tsaina sy fahatsapana ao am-po. |
| F&F 128:1 | Mibahana ny saina ary manery mafy ny fihetseham-po. |
| Joseph Smith—Tantara 1:11–12 | Manampy ny soratra masina hanana fiantraikany mahery vaika. |
| F&F 9:8–9 | Mitondra fahatsapana tsara ampianarina raha marina ny zavatra iray. |
| Alma 32:28; F&F 6:14–15; 1 Korintiana 2:9–11 | Manazava ny saina. |
| Alma 19:6 | Manolo ny haizina ho fahazavana. |
| Môsià 5:2–5 | Manamafy ny faniriana ny tsy hirona hanao ratsy fa hitandrina ireo didy. |
| Jaona 14:26 | Mampianatra ny fahamarinana ary mampahatsiaro izany. |
| Jaona 14:27 | Mitondra fahatsapana fiadanana sy fampaherezana. |
| Jaona 16:13 | Mitari-dalana ho amin'ny marina ary manambara ny zavatra ho avy. |
| Môrônia 10:5 | Manambara ny fahamarinana. |
| F&F 45:57 | Mitari-dalana sy miaro mba tsy ho voafitaka. |
| 2 Nefia 31:18; F&F 20:27; Jaona 16:14 | Manome voninahitra sy vavolombelona manambara an'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy. |
| F&F 42:16; 84:85; 100:5–8; Lioka 12:11–12 | Milaza ireo teny izay tokony holazain'ny mpampianatra manetry tena. |
| Jaona 16:8 | Mampiaiky ny fahotana sy manitsy izany. |
| Môrônia 10:8–17; F&F 46:8–26; 1 Korintiana 12 | Manome fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy. |
| Alma 10:17; 12:3; 18:16, 20, 32, 35; F&F 63:41 | Manampy hahatakarana na hamantarana ny eritreritry ny hafa. |
| F&F 46:30; 50:29–30 | Mampahafantatra izay tokony angatahana ao amin'ny vavaka. |
| 2 Nefia 32:1–5; F&F 28:15 | Mampahafantatra izay tokony hatao. |
| 1 Nefia 10:22; Alma 18:35 | Manampy ireo olo-marina hiteny amin'ny hery sy amin'ny fahefana. |
| F&F 21:9; 100:8; Jaona 15:26 | Mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana. |
| 2 Nefia 31:17; Alma 13:12; 3 Nefia 27:20 | Manamasina ary mitondra famelan-keloka. |
| 1 Nefia 2:16–17; 2 Nefia 33:1; Alma 24:8 | Mitondra ny fahamarinana mankany am-pon'ny mpihaino. |
| 1 Nefia 1:1–3; Eksodosy 31:3–5 | Mampiroborobo ny talenta sy ny fahaiza-manao. |
| 1 Nefia 7:15; 2 Nefia 28:1; 32:7; Alma 14:11; Môrmôna 3:16; Etera 12:2 | Manery (manosika handroso) na manakana (mihazona hiverina). |
| F&F 50:13–22 | Mampivoatra na ny mpampianatra na ny mpianatra. |
| F&F 88:3; Jaona 14:26 | Manome fankaherezana. |
| | |
| | |
| | |
| | |

Fanamarihana

Ho valin'ny fanontaniana hoe "Ahoana no hamantarana ny bitsiky ny Fanahy?" dia namaky an'i Môrônia 7:13, 16–17 ny Filoha Gordon B. Hinckley ary niteny hoe: "Izany no fomba hizahana toetra, rehefa natao sy notenenina avokoa ny zavatra rehetra. Moa ve izany mandresy lahatra ny olona hanao ny tsara, hisondrotra, hijoro, hanao ny marina, ho tsara fanahy, na ho malala-tanana? Raha izany dia ny Fanahin'Andriamanitra izany. . . .

"Raha manasa hanao ny tsara izany dia avy amin'Andriamanitra. Raha manasa hanao ny ratsy izany dia avy amin'ny devoly. . . . Ary raha manao ny marina ianao sy miaina am-pahamarinana dia ho fantatrao ao am-ponao izay lazain'ny Fanahy aminao.

"Ny voka-tsoan'ny Fanahy no hamantaranao ny bitsiky ny Fanahy—izay manazava, izay mampivoatra, izay tsy misy fisalasalana sy manamafy ny marina ary manandratra sy mitarika antsika hanana fisainana tsaratsara kokoa sy fomba fiteny tsaratsara kokoa ary hanao asa tsaratsara kokoa, dia avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra" (*Teachings of Gordon B. Hinckley*, 260–61).

Andriamanitra dia mamaly ny vavakao amin'ny alalan'ny fitaomam-panahy sy fanambarana manokana. Hanampy anao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Izy amin'ny ezaka ataonao hitadiavana olona, rehefa mampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ianao, sy rehefa mankahery ny mpikambana malaindaina sy ny olona vao niova fo. Ny andraikitrao dia ny miaina am-pahamendrehana, ny mivavaka amin-kafanam-po, ary ny mianatra mamantatra sy manaraka amin-kerimpo ny fitarihan'ny Fanahy.

## Miantehitra amin'ny Fanahy

Amin'ny maha-mpanompon'ny Tompo anao dia natao hanao ny asany araka ny fombany sy amin'ny alalan'ny heriny ianao. Misy misiônera sasany mahatoky fa fantany ny fomba hahombiazana. Ny hafa kosa dia tsy manana izany fahatokiana izany. Tadidio anefa fa ny fahatokianao sy ny finoanao dia tokony ho amin'i Kristy fa tsy amin'ny tenanao. Miantehera amin'ny Fanahy fa tsy amin'ny talentanao sy fahaizanao manokana. Matokia ny Fanahy eo amin'ny fitarihany anao amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny asanao. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa ny Fanahy no tena zava-dehibe eo amin'ny fampianarana sy ny fitoriana:

"Tsy misy olona afaka mitory ny Filazantsara raha tsy misy Fanahy Masina" (*History of the Church*, 2:477).

"Nisy vitsivitsy nantsoina sy natokana tamin'ny alalan'ny Fanahin'ny fanambarana sy faminaniana, ka nanomboka nitory rehefa nomen'ny Fanahy fitenenana, ary na dia nalemy aza izy ireo dia nampaherezin'ny herin'Andriamanitra" (*History of the Church*, 4:538).

"Nanohy nanome torolalana ho an'ny loholona momba ny fitoriana ny filazantsara i [Joseph Smith] ary nanantitrantitra tamin'izy ireo ny filàna ny fananana ny Fanahy, mba hahafahan'izy ireo mitory miaraka amin'ny Fanahy Masina izay nampidinina avy any an-danitra" (*History of the Church*, 4:13).

Mandritra ny fotoam-pandrindranao isan-kerinandro sy isan'andro, dia mila manontany fanontaniana fototra sasantsasany ianao isan'andro—im-betsaka mihitsy aza isan'andro (jereo ny tabilao misy ny Fandalinana Soratra Masina manaraka izay ahitana ohatra-na fanontaniana). Mitadiava fitaomam-panahy hamaliana ireo fanontaniana ireo amin'izay fomba mifanaraka amin'ny toe-javatra miseho. Koa dia tokony ampiasaina ao amin'ny fanomananao, ireo valim-panontaniana. Nefa tokony ho vonona hanaraka ny Fanahy koa ianao ary hanova ny drafitrao raha misy toe-javatra tsy voavinavina mitranga.

Halalino ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ary diniho ny fomba hanomezan'izy ireo ny valin'ireo fanontaniana manan-danja izay tokony hapetrakao isan'andro. Diniho ny hevitr'ireo andinin-tsoratra masina ireo eo amin'ny ezaka ataonao

Fanamarihana

amin'ny fitadiavana olona sy ny fotoam-pandrindrana ary ny fandalinana manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory. Diniho ihany koa ny dikan'izany rehefa mampianatra ireo lesona ianao, na manasa ny olona hanao fanoloran-tena, na manara-maso ireo fanoloran-tena, na mankahery ny mpikambana vaovao sy ny mpikambana malaindaina, na rehefa miasa miaraka amin'ny mpikambana.

### Fandalinana Soratra Masina

**Aiza no Tokony Halehako?**

| | |
|---|---|
| Helamana 10:17 | F&F 75:26–27 |
| F&F 31:11 | F&F 79:1–2 |

**Inona no tokony hataoko?**

| | |
|---|---|
| 1 Nefia 4:6 | F&F 28:15 |
| 2 Nefia 32:2–5 | F&F 52:3–4 |

**Inona no tokony holazaiko?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 33:1 | F&F 33:8–10 | Matio 10:19–20 |
| Alma 5:43–46 | F&F 50:13–22 | Marka 13:11 |
| Alma 11:22 | F&F 68:1–4 | 1 Korintiana 2:4–5, 12–13 |
| Helamana 5:18 | F&F 75:3–11 | Eksôdôsy 4:10–12 |
| Helamana 13:3–5 | F&F 100:5–8 | |

**Inona no fomba hanamboarako ny fampianarako mba hifanaraka amin'izay ilain'ny naman'ny Fiangonako?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 12:7 | 3 Nefia 17:2–3 | F&F 84:85 |
| Alma 41:1 | F&F 71:1 | |

**Inona no soratra masina tokony ampiasaiko ary ahoana no fomba tokony ampiasaiko an'izany?**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 18:19–20 | F&F 32:4 | F&F 71:1 |
| Môsià 27:35 | F&F 42:11–17 | F&F 80:4 |
| F&F 18:32–36 | F&F 68:1–4 | Lioka 24:13–32 |

## Teny Fampitandremana

Rehefa mangataka fitaomam-panahy ianao dia tokony hanamafy ihany koa ireo fahatsapana azonao. Ohatra, ampitahao amin'ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo mpaminany velona ny fanapahan-kevitrao. Makà toky tsara fa tsy mifanipaka amin'ny asa ampanaovina anao ny fahatsapana azonao; ohatra, tsy hahazo fanambarana ianao ilazàna ny eveka eo an-toerana ny fomba tokony hanatanterahany ny antsony. Resaho amin'ny mpiara-mitory aminao, sy amin'ny filohan'ny distrikanao ary amin'ny filohan'ny misiôna, ireo fanapahan-kevitra sy fehin-kevitrao raha mety.

Nanome ity torohevitra ity ny Filoha Howard W. Hunter: "Mamelà ahy hanome teny fampitandremana. . . . Mihevitra aho fa raha tsy mitandrina isika . . . , dia mety hanomboka hanandrana hanao hosoka ny tena fitaomana marin'ny Fanahin'ny Tompo isika amin'ny alalan'ny fomba sy tetika tsy mendrika. Mampanahy ahy rehefa heverina fa mitovy amin'ny fisian'ny Fanahy masina ny fihetseham-po mahery vaika na ny ranomaso latsaka ho azy. Marina tokoa fa ny Fanahin'ny Tompo dia afaka mitondra fihetseham-po mahery vaika, ao anatin'izany ny ranomaso, kanefa izany fisehoana ety ivelany izany dia tsy tokony hafangaro amin'ny fisian'ilay tena Fanahy" (*The Teachings of Howard W. Hunter*, 184). Manazava mandrakariva ny Fanahin'ny Tompo.

Fanamarihana

Masina ny fanambarana sy ny traikefa ara-panahy. Tokony hotazonina ho an'ny tena manokana izy ireo ary tsy ho resahina raha tsy amin'ny toe-javatra mahamety izany ihany. Amin'ny maha-misiônera anao, dia mety hahatsapa bebe kokoa ny traikefa ara-panahy ianao raha oharina amin'ny fahatsapanao izany teo amin'ny fiainanao teo aloha. Tohero ny fakam-panahy izay mitaona hiresaka malalaka momba ireo traikefa ireo.

> *"Raha mendrika isika dia afaka mahazo fanambarana ho an'ny tenantsika, ary ny ray aman-dreny ho an'ny zanany ary ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ny antsony. Fa ny fahafahana mahazo fanambarana ho an'ny hafa dia tsy mihoatra ny sehatra iandraiketantsika."*
>
> – NY FILOHA JAMES E. FAUST
> "COMMUNION WITH THE HOLY SPIRIT," *ENSIGN*, MAR. 2002, 4

Nanoro hevitra ny Loholona Boyd K. Packer: "Izaho dia nianatra fa ny traikefa ara-panahy mahery vaika sy manaitra dia tsy miseho amintsika matetika loatra. Ary rehefa mitranga izany dia matetika ho fitaomana amin'ny tsara sy torolalana ary fanitsiana ho antsika manokana. Izany anefa dia tsy manome alalana antsika hanoro hevitra sy hanitsy ny hafa raha tsy hoe angaha voantso tamin'ny alalan'ny fahefana marina hanao izany isika.

"Izaho koa dia mino fa tsy dia mety ny miresaka foana momba ny traikefa ara-panahy tsy dia mahazatra loatra. Tokony ho tazonina am-pitandremana izy ireny ary tsy ho zaraina raha tsy ny Fanahy Masina mihitsy no mibitsika aminao mba hanaovanao izany hitondrana fitahiana ho an'ny hafa" (*Ensign*, Jan. 1983, 53).

### Fandalinana Soratra Masina

Ny fianteherana amin'ny Fanahy dia tena zava-dehibe mihitsy ka mampitandrina mafy antsika ny Tompo ny mba tsy handavantsika na hanakanantsika ny Fanahy. Inona no zavatra ianaranao avy amin'ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto?

| | | |
|---|---|---|
| Jakôba 6:8–9 | Môrmôna 9:7–9 | F&F 11:25–26 |
| 3 Nefia 29:5–6 | Môrônia 10:7–8 | 1 Tesaloniana 5:19–20 |

### Tadidio ireto

- Mivavaha am-pinoana mba hamaliana ny vavaka ataonao.
- Mianara mba hahatakatra sy hahafantatra ary hanaraka ny bitsiky ny Fanahy.
- Mianara miantehitra amin'ny Fanahy mba hanoro anao izay tokony haleha sy tokony hatao ary tokony hotenenina.
- Ampianaro ny hafa ny fomba famantarana ny Fanahy.

Fanamarihana

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

## Fandalinana Manokana

- Raketo ao anatin'ny diarinao ny traikefa ara-panahy azonao. Ohatra, valio ny fanontaniana toy ny hoe: Nisy zavatra azoko kokoa ve rehefa avy nandalina soratra masina aho? Nanana fahafahana manokana tsy mitovy amin'ny mahazatra hahita olona izay afaka nizarako hafatra ve aho? Nomena ireo teny izay tokony holazaiko ve aho tamin'ny fotoana tena nilana izany? Nahatsapa fitiavan-dehibe ho an'ireo olona nihaona tamiko ve aho? Ahoana no namaliana ny vavaka nataoko?

- Zarao roa manaraka ny halavany ny pejy. Asio lohateny manao hoe "Ny nataon'ny Tompo" eo amin'ny andaniny ary "Ny nataon'i Lehia na i Nefia" eo amin'ny ankilany. Vakio ny tantaran'ny Liahôna sy ny tsipìka tapaka (1 Nefia 16:9–30) na ny tantaran'i Nefia nanamboatra sambo (1 Nefia 17:7–16; 18:1–6). Rehefa mamaky ianao dia tanisao ao amin'ny toerana tokony hisy azy ao amin'io pejy io ireo zava-miseho ao amin'ny tantara. Diniho ny fomba ahafahan'ny tantara mampianatra anao momba ny toetoetran'ny fitaomam-panahy.

- Vakio ny diarinao ary tadiavo ireo fotoana izay nitarihan'ny Fanahy anao na nahazoanao fanambarana na fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy. Eritrereto hoe oviana sy taiza ary maninona no nitranga ireo traikefa ireo. Nisy zavatra nataonao manokana ve niomananao tamin'izany traikefa izany? Ahoana no nampiharihary ny fanampian'Andriamanitra tamin'ilay traikefa? Inona no zavatra tsapanao? Inona no azonao hatao mba hahazoanao traikefa mitovy amin'izany? Ny fitadidiana ireo toe-javatra niainanao ireo dia manampy anao hahafantatra sy handray ny Fanahy indray.

- Ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly ao amin'ny Baiboly dia nantsoina hoe "Bokin'ny Asan'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'ny Apôstôly." Vakio ny sasin-tenin'ireo toko ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly ary hazavao ny antony mahamety io lohateny io. Mitadiava fanamarinana hanaporofoana ny fanazavanao.

- Halalino sy saintsaino ity torohevitra manaraka ity. Inona no ifandraisan'izany amin'ny asa fitoriana ataonao isan'andro?

  > "Teneno ireo rahalahy mba hanetry tena sy hanam-pinoana ary hahatoky fa hitazona ny Fanahin'ny Tompo, izay hitarika azy ireo any amin'ny tsara. Mitandrema ary aza odian-tsy heno ilay feo tony sy malefaka; hampianatra azy ireo izay tokony hatao sy tokony haleha izany; hitondra ireo vokatra ao amin'ny fanjakana izany. Teneno ireo rahalahy mba hanokatra ny fony ho an'ny fandresen-dahatra, ka rehefa tonga amin'izy ireo ny Fanahy Masina dia ho vonona ny fony handray izany. Ho fantatr'izy ireo ny Fanahin'ny Tompo ao anatin'ireo fanahy hafa rehetra—hibitsika fiadanana sy fifaliana ho an'ny fanahin'izy ireo izany; hanala ny hasomparana, ny fankahalana, ny adiady sy ny haratsiana amin'ny fon'izy ireo izany, ary ny fanirian'izy ireo manontolo dia ny hanao ny tsara" (quoted in *Juvenile Instructor*, 19 Jolay 1873, 114).

  Nomen'ny Mpaminany Joseph Smith an'i Brigham Young tao anatin'ny nofy io torohevitra io telo taona teo ho eo taorian'ny nahafatesan'i Joseph Smith. Raha ianao no teo amin'ny toeran'i Brigham Young ka nandray io torohevitra io dia inona no nataonao?

- Halalino ny Alma 33:1–12; 34:17–29, 38. Inona no fanontaniana novalian'i Alma? (Avereno jerena Alma 33:1–2.) Ahoana no namalian'i Alma ireo fanontaniana ireo? Inona no fanomezan-toky nomeny, fa mihaino sy mamaly vavaka Andriamanitra?

Fanamarihana

- Nampanantena ny Tompo fa hitarika antsika amin'ny fomba manan-danja maro ny Fanahy. Rehefa mamaky ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto ianao dia jereo ireo lafin-javatra ao amin'ny asanao izay mitaky ny fitarihan'ny Fanahy. Inona no hevitr'ireo didy sy fampanantenana hita ao amin'ireto soratra masina manaraka ireto ho an'ny fandalinanao manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao? ho an'ny fivorian'ny distrika, ny fivoriam-paritra, sy ny fotoam-batisa ary ny fivoriana hafa?

**Ny Fivavahana**

| | |
|---|---|
| 3 Nefia 19:24 | F&F 46:30 |
| F&F 50:30 | Romana 8:26 |

**Ny Fitarihana fivoriana**

| | | |
|---|---|---|
| Môrônia 6:9 | F&F 20:45 | F&F 46:2 |

**Ny Fandraisana an-tsoratra**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 9:9 | F&F 47:4 | F&F 124:4 |
| F&F 24:6 | F&F 104:81 | Mosesy 6:6 |

- Vakio ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto (ao anatin'izany koa ny lohatenin'ireo fizarana).

| | | |
|---|---|---|
| F&F 60:1–5 | F&F 61:1–4, 21–22 | F&F 62:4–8 |

Ao amin'io tantara io, inona no tena zava-dehibe amin'ny Tompo?

Inona no tsy mampaninona an'ny Tompo?

Diniho ity fanambarana nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks manaraka ity:

"[Mety misy olona] manana faniriana lehibe ny hotarihan'ny Fanahin'ny Tompo kanefa . . . manitatra tsy am-pahendrena izany faniriana izany ho lasa fitakiana ny ho tantanana amin'ny zava-drehetra. Ny faniriana hotarihan'ny Tompo dia hery iray, fa ilaina ny mampiaraka izany amin'ny fahatakarana fa avelan'ny Raintsika any an-danitra hiankina amin'ny safidintsika manokana ny fanapahan-kevitra maro. Ny fandraisan'ny tena fanapahan-kevitra dia iray amin'ireo loharanom-pivoarana izay natao hatrehintsika eto amin'ny fiainana an-tany. Ireo olona izay manandrana ny hanilika ny fandraisana fanapahan-kevitra any amin'ny Tompo sy mitady fanambarana amin'ny safidy rehetra, dia hahita toe-javatra izay angatahany fitarihana am-bavaka ka tsy hahazoany izany. Ohatra, mety tena hiseho izany amin'ireo toe-javatra maro izay tsy misy lanjany ny safidy na azo ekena.

"Mila mandinika ireo zavatra ao an-tsaintsika isika ary mampiasa ireo hery entina misaina izay napetraky ny Mpahary ao amintsika. Avy eo isika dia tokony hangataka fitarihana ary hanatanteraka arak'izany raha toa ka mahazo an'izany. Raha tsy mahazo fitarihana isika dia tokony hanatanteraka araka ny fahaizantsika mandanjalanja. Ireo olona izay mikiry ny hitady fitarihana avy amin'ny fanambarana eo amin'ny anton-javatra izay nosafidian'ny Tompo tsy hanomezana fitarihana antsika dia mety hamorona valiny araka ny haitraitrany sy ny fironany, na koa aza mety hahazo valiny amin'ny alalan'ny fanambarana diso" ("Our Strengths Can Become Our Downfall," *Ensign*, Okt. 1994, 13–14).

Inona no ifandraisan'ny fanarahanao ny eritreritrao sy ny fianteheranao amin'ny Fanahy?

Fanamarihana

## Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Resaho ny momba ireo vavaka izay nataonareo amin'ny maha-mpiara-mitory anareo. Notarihan'ny Fanahy Masina ve izy ireo? Nahazo valim-bavaka ve ianareo? Rehefa mivavaka amin'ny maha-mpiara-mitory ianareo, moa ve ianareo:
  - Mino fa hanome izay angatahanareo am-pahamarinana Andriamanitra?
  - Mankasitraka sy manome fisaorana noho ireo valim-bavaka azonareo?
  - Mivavaka ho an'ny olona amin'ny fanononana ny anarany ary mihevitra izay ilainy?
  - Mifampivavaka ary mangataka ny Fanahy mba hitarika anareo?
  - Mahazo valim-bavaka?

  Diniho, amin'ny maha-mpiara-mitory anareo, ny fomba hikatsahana tsara kokoa ny Fanahy.

- Diniho ireo fomba samihafa hamaritan'ny olona ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Soraty ireo fanamarihana nataon'ny naman'ny Fiangonana mikasika ireo traikefany momba ny Fanahy tamin'ny nianarany ny filazantsara sy ny niezahany hitandrina fanoloran-tena. Ahoana no fomba hanampianao ny hafa hahafantatra io fitarihana masina io? Ahoana no fomba hisorohanao ny famitahana rehefa manao izany ianao?

- Diniho sy resaho ny fomba ampiharana ity torohevitra manaraka ity aminao: "Tsy afaka manery ny zavatry ny fanahy ianao. Ireo teny toy ny *mandidy, manery, manindry, manaporitra, mitaky,* dia tsy mamaritra ny fahazoana tombontsoa amin'ny Fanahy. Tsy afaka manery ny Fanahy hamaly ianao toy ny tsy fahafahanao manery ny tsaramaso hitsimoka na ny atody ho foy alohan'ny fotoana. Afaka mikarakara ny toerana manodidina ianao hanampiana eo amin'ny fitomboana, sy hikolokoloana, ary hiarovana; kanefa tsy afaka manery na mandidy ianao fa tsy maintsy miandry ny fitomboana ianao" (Boyd K. Packer, "The Candle of the Lord," *Ensign*, Jan. 1983, 53).

- Resaho ny momba ireto fanambarana manaraka ireto ary ny fomba ahafahan'ireto fitsipika ireto manova ny vavakao sy ny asanao. Ahoana no hampisy fiantraikany ny vavakao eo amin'ny fandrindranao, sy ny fametrahanao tanjona, ary ny asa atao isan'andro?

  "Ny asa vitantsika, amin'ny ankamaroany dia vokatry ny vavaka ataontsika. Rehefa avy mivavaka isika dia manatanteraka; ny fangatahana mitombona ataontsika dia mitarika ny famaritana lalam-pitondrantena marina ho antsika" (Bruce R. McConkie, "Why the Lord Ordained Prayer," *Ensign*, Jan. 1976, 12).

  "Ny fivavaka amin-kitsim-po dia midika fa rehefa mangataka fitahiana na toetra tsara iray isika dia tokony hiezaka isika mba hahazo ilay fitahiana ary hikolokolo ilay toetra tsara" (David O. McKay, *Secrets of a Happy Life*, 114–15).

  "Angataho [Andriamanitra] mba hametraka anao any amin'izay toerana tiany hisy anao, ary mba hilaza aminao izay tiany hataonao, ary mba hahatsapa fa vonona hanatanteraka izany ianao" (Brigham Young, *Discourses of Brigham Young,* sel. John A. Widtsoe [1954], 46).

## Fivorian'ny distrika sy Fivoriam-paritra

- Mampianara lesona momba ny fampiasana fiteny madio sy feno fanajana ao amin'ny vavaka.

Fanamarihana

- Rehefa mety dia asao ireo misiônera hizara tantara na traikefa iray henon'izy ireo tamina fotoana fijoroana ho vavolombelona, na traikefam-pampianarana na fotoana hafa nitranga vao haingana. Ny tantara sy traikefa ara-panahy izay tantarain'ny olona hafa dia afaka manampy anao hampitombo ny finoanao ary hahafantatra fa miseho na aiza na aiza sy matetika ny fitarihan'ny Fanahy.

- Mampisehoa fankasitrahana noho ny fisehon'ny tanan'Andriamanitra teo amin'ny asanao (jereo F&F 59:21). Diniho ny fomba ahafahan'ny fanehoana fankasitrahana manampy anao hahita ny fomba madinika nefa manan-danja hitahian'ny Tompo anao (jereo Etera 3:5).

- Asaivo manao lahateny momba ny misiôna sy ny herin'ny Fanahy Masina ireo misiônera.

- Asaivo miresaka momba ny fomba nitarihan'ny Fanahy azy ny olona vao niova fo iray, tamin'izy mbola naman'ny Fiangonana.

## Ny Filohan'ny Misiôna


- Indraindray dia angataho ny misiônera mba hanoratra traikefa ara-panahy mazava ao anatin'ny taratasin'izy ireo isan-kerinandro ho anao.

- Anontanio ireo misiônera indraindray, mandritra ny dinidinika, ny momba ny vavaka maraina sy hariva ataon'izy ireo. Anontanio izy raha mahatsapa fa misy lanjany ny vavaka ataony.

- Anontanio an'ireo misiônera ny fomba hanampian'izy ireo ny naman'ny Fiangonana hahatsapa sy hamantatra ny Fanahy.

- Amin'ny fotoana mahamety izany, dia lazao amin'ny misiônera ny fomba ahazoanao fanambarana momba ny famindrana toerana ireo misiônera, sy momba ny misiônera izay tsy mankato na mila fanampiana, ary momba izay fotopampianarana tokony hampianarina.

Fanamarihana



# Inona no Anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna?

Fanamarihana


**Diniho Ireto**

- Ahoana no maha-vato ifaharan'ny fivavahantsika ny Bokin'i Môrmôna?
- Ahoana no fomba hamalian'ny Bokin'i Môrmôna ireo fanontaniana manan-danja ananan'ny olona?
- Nahoana ny Bokin'i Môrmôna no mahery vaika ao amin'ny dingan'ny fiovam-po?
- Ahoana no tokony hampiasaiko ny Bokin'i Môrmôna mba hampitomboana ny finoana ary hanampiana ny hafa hanakaiky kokoa an'Andriamanitra?
- Nahoana no zava-dehibe ao amin'ny asa fitoriana ny filazantsara ny fampanantenana ao amin'ny Môrônia 10:3–5?

Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mahery vaika amin'ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy. Porofon'ny Famerenana amin'ny laoniny koa tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith izany. Ny lafiny tena ilaina ao amin'ny fiovam-po dia ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy Masina fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Amin'ny maha-misiônera anao dia voalohany indrindra tsy maintsy manana fijoroana ho vavolombelona manokana ianao fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Io fijoroana ho vavolombelona io dia afaka hitondra any amin'ny finoana lalim-paka sy mafy orina amin'ny herin'ny Bokin'i Môrmôna, mandritra ny fizotran'ny fiovam-po. Manàna fahatokiana fa ny Fanahy Masina dia hijoro ho vavolombelona amin'izay mamaky sy misaintsaina ny Bokin'i Môrmôna ary manontany an'Andriamanitra amin-kitsimpo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy raha marina izany. Ny fijoroana ho vavolombelon'ny Fanahy Masina no tokony hifantohan'ny fampianaranao.

Fanamarihana

## Ny Bokin'i Môrmôna no Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika





Ny Mpaminany Joseph Smith dia nampianatra fa "vato ifaharan'ny fivavahantsika" ny Bokin'i Môrmôna (teny fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna). Nilaza toy izao izy nandritra ny fotoana iray: "Esory ny Bokin'i Môrmôna sy ny fanambarana, dia aiza ny finoantsika? Tsy manana isika" (*Histoire de l'Église*, 2:52).

Ny andohalambo dia rafitra haisoritrano mafy orina izay vita avy amin'ireo singam-bato voarary izay mifampiankina. Ny singa eo afovoany, na ny vato ifaharana dia matetika lehibe kokoa noho ireo singam-bato hafa ary mitazona ireo vato eo amin'ny toerany. Raha niantso ny Bokin'i Môrmôna ho "vato ifaharan'ny fivavahantsika," ny Mpaminany Joseph Smith, dia nampianatra izy fa ny Bokin'i Môrmôna no mihazona ny fivavahantsika mba hitambatra. Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza fa ny Bokin'i Môrmôna dia vato ifaharana noho ny antony telo farafahakeliny:

**Fijoroana ho vavolombelona momba an'i Kristy.** "Ny Bokin'i Môrmôna dia vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, ary Izy no vato fehizoron'ny zava-drehetra ataontsika. Mijoro ho vavolombelona amin-kery sy mazava ny tena momba Azy izany."

**Ny Fahafenoan'ny fotopampianarana.** "Ny Tompo dia nanambara fa ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra 'ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.' (jereo F&F 20:9.) . . . Ho hitantsika ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna ny fahafenoan'ireo fotopampianarana izay takiana ho an'ny famonjena antsika. Ary ampianarina amin'ny fomba mazava tsara sy tsotra izy ireo ka na ny ankizy aza dia afaka mianatra momba ny lalan'ny famonjena sy ny fisandratana."




**Fototra iorenan'ny fijoroana ho vavolombelona.** "Mirodana ny andohalambo raha esorina ny vato ifaharany ary toy izay koa ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna izay mampijoro na mampianjera ny Fiangonana. Takatr'ireo fahavalon'ny Fiangonana tsara izany. Izay no antony ikirizan'izy ireo hilaza sy hanaporofo fa tsy marina ny Bokin'i Môrmôna, satria raha voaporofony fa tsy marina izany dia tsy marina torak'izany koa ny Mpaminany Joseph Smith sy ny fanalahidin'ny fisoronana, sy ny fanambarana ary ny Fiangonana naverina amin'ny laoniny. Nefa kosa raha marina ny Bokin'i Môrmôna—ary an-tapitrisany maro no efa nijoro ho vavolombelona fa manana ny fijoroana ho vavolombelon'ny Fanahy izay milaza fa tena marina izany—dia tsy maintsy hanaiky ny fanambarana momba ny Famerenana amin'ny laoniny sy izay rehetra miaraka amin'izany ny olona" (*A Witness and a Warning* [1988], 18–19).

Ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny Fanahy dia loharano tena matanjaka ho anao amin'ny fiovam-po. Ity no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany (jereo ny teny fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna). Mampianatra mazava tsara ny fotopampianaran'i Kristy izany, indrindra indrindra ireo hita ao amin'ireo lesona izay ampianarinao ny naman'ny Fiangonana. Ampiasao izany ho toy ny loharano voalohany amin'ny fampianarana ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Ireto manaraka ireto dia ohatra-na fahamarinana nampianarina mazava tsara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay hampianarinao ny naman'ny Fiangonana.

| Leson'ny Misiônera | Fotopampianarana | Loharano hanovozan-kevitra |
|---|---|---|
| Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy | Apôstazia, Famerenana amin'ny laoniny, Joseph Smith, fahefan'ny fisoronana | 1 Nefia 12–14<br>2 Nefia 3; 26–29<br>Môsià 18 |
| Ny Drafitry ny Famonjena | Ny "drafitra lehiben'ilay Andriamanitra mandrakizay," ao anatin'izany ny Fahalavoan'i Adama, ny Sorompanavotana, ny Fitsanganana amin'ny maty, ary ny Fitsarana | 2 Nefia 2; 9<br>Môsià 3; 15<br>Alma 12; 40–42 |
| Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy | Finoana an'i Kristy, fibebahana, batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary ny faharetana hatramin'ny farany | 2 Nefia 31–32<br>3 Nefia 11; 27 |
| Ny Didy; Ny Lalàna sy Ôrdônansy | Ny ôrdônansy toy ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanendrena amin'ny fisoronana ary ny fanasan'ny Tompo | 3 Nefia 11:22–28; 18<br>Môrônia 2–6 |

**Asao Atao: Fandalinana Manokana**

Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no fiantraikan'ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fijoroanao ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy?
- Ahoana no fomba ampiasanao ny Bokin'i Môrmôna mba hanampiana hanamafisana ny fijoroana ho vavolombelon'ny hafa?

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no nolazain'ny Mpamonjy momba ny Bokin'i Môrmôna?**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 1:29 | F&F 19:26–27 | F&F 42:12 |
| F&F 3:19–20 | F&F 20:5–16 | Mosesy 7:62 |
| F&F 17:6 | F&F 33:16 | |




Photo courtesy C. Harrison Conroy Co., Inc. Tsy azo adika.

## Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna

Ny tanjona lehiben'ny Bokin'i Môrmôna dia ny mba handresen-dahatra ny olon-drehetra fa i Jesoa no Kristy (Jereo ny pejy misy ny lohatenin'ny Bokin'i Môrmôna). Mijoro ho vavolombelona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanamafisana ny momba ny fiainany, ny asa nanirahana Azy ary ny heriny izany. Mampianatra ny fotopampianarana marina momba ny Sorompanavotana izany—izay fototra iorenan'ny drafitry ny famonjena. Maro amin'ireo olona izay noraketina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny rakitsorany no nahita izy tenany manokana an'i Kristy. Ny rahalahin'i Jarèda, Nefia, sy Jakôba dia nahita an'i Kristy talohan'ny nahafatesany. I Môrmôna sy i Môrônia dia nahita an'i Kristy efa

Fanamarihana

Fanamarihana

nitsangana tamin'ny maty. Ankoatr'izany, vahoaka marobe no nanatrika ny fampianarana fohy nefa tena manan-danja nataon'i Jesoa Kristy teo anivon'ny Nefita (jereo 3 Nefia 11–28). Ireo izay nahalala kely na tsy nahalala mihitsy momba ny Mpamonjy dia hahafantatra Azy amin'ny famakiana, sy fisaintsainana ary ny fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna.

Ny fijoroana ho vavolombelona ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manamafy ny fijoroana ho vavolombelona ao amin'ny Baiboly fa i Jesoa dia Zanaka lahitokan'Andriamanitra ary ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao. Rehefa mampianatra ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ianao dia hijoro ho vavolombelona momba ny Mpamonjy sy ny Mpanavotra an'izao tontolo izao. Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina dia hampianao amin'ny fijoroanao ho vavolombelona velona ny fahamarinan'ity hafatra ity.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona ny antony izay nolazain'ny mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna ho nanoratany ny rakitsorany?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 6:4–6 | 2 Nephi 33:13–15 | Ny Tenin'i Môrmôna 1:3–8 |
| 1 Nefia 9:3–5 | Jakôba 1:4–7 | Alma 37:2, 14 |
| 2 Nefia 4:15–16 | Jakôba 4:1–6, 12 | 3 Nefia 5:14–15 |
| 2 Nefia 25:23–29 | Enôsa 1:13 | Môrmôna 8:35 |
| 2 Nefia 26:15–16 | Jarôma 1:2 | F&F 3:16–20 |
| 2 Nefia 29:11–14 | Ômnia 1:25–26 | F&F 10:46–48 |

## Ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly dia Mifameno

Ny finoan'ny olona momba ny Baiboly dia miovaova be ihany. Ny sasany dia mino fa ny Baiboly dia tena tsy misy kianina sy tsy misy diso ary io ihany no ilaintsika mba hamonjena antsika. Ny sasany dia mihevitra fa ny Baiboly dia asa soratra izay tokony ho vakiana nefa mandà ny porofon'ny maha-Andriamanitra an'i Kristy sy ny fahagagana ary ny fanambarana mivantana avy amin'Andriamanitra izy ireo. Ny sasany dia misafidy ny tsy hiraharaha ny Baiboly, ary ny sasany dia mbola tsy nahita ny Baiboly na mbola tsy namaky izany mihitsy.

Ny Olomasin'ny Andro Farany dia "mino ny Baiboly ho tenin'Andriamanitra araka ny mahamarina ny dikanteny" (Fanekem-pinoana 1:8). Ny Bokin'i Môrmôna dia tsy mifaninana amin'ny Baiboly fa mameno izany izy sy manasa antsika hamaky izany ary hijoro ho vavolombelona ny fahamarinan'ny hafany. Tokony hampiasa ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly ianao hifamenoan'izy ireo.

Ny Bokin'i Môrmôna dia miresaka momba ny fanekempihavanana taloha nataon'Andriamanitra tamin'ny zanany; ny Baiboly dia miresaka momba ireo mpaminany lehibe izay nandray koa ireo fanekempihavanana ireo tamin'ny alalan'ny finoana. Ny Bokin'i Môrmôna dia mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy sy ny Sorompanavotany; ny Baiboly dia mitantara ny nahaterahany, ny asa fanompoany, ny fahafatesany, ny Sorompanavotany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty. Noho izany, ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna dia mifameno sy mifanohana.

Ny boky natontan'ny Olomasina amin'ny Andro Farany toy ny dikan-teny amin'ny teny Anglisin'ny Baibolin'ny Mpanjaka James sy ny Bokin'i Môrmôna dia ahitana fampizahana any amin'ny boky na pejy hafa sy fanampiana amin'ny fandalinana izay mahatonga ny tapa-kazon'i Joda (ny Baiboly) sy ny tapa-kazon'i Josefa (ny Bokin'i Môrmôna) ho iray eo

Fanamarihana

an-tanantsika (jereo Ezekiela 37:15–17; jereo koa 1 Nefia 13:34–41; 2 Nefia 3:12; 29:8). Ataovy lohalaharana ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa mampianatra ianao, fa ampisehoy koa fa mampianatra fitsipika mitovy ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly.

Ampiasao ny Bokin'i Môrmôna mba hanazavana ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Baiboly. Ohatra, Ny Testamenta Vaovao dia milaza fa natao batisa i Kristy "mba hahatanterahan'ny fahamarinana rehetra" (Matio 3:14–15). Ny Bokin'i Môrmôna dia manazava ny dikan'ny fahatanterahan'ny fahamarinana rehetra (jereo 2 Nefia 31:5–9).

Rehefa mampiasa ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly ianao ho toy ny boky soratra masina miara-miasa, dia hanala ny fifandirana sy fotopampianarana sandoka izy ireo (jereo 2 Nefia 3:12).

Ny Baiboly dia mampianatra izao manaraka izao momba ny lalàn'ny tenin'ny vavolombelona: "Amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra" (2 Korintiana 13:1). Arak'io lalàna io dia samy mijoro ho vavolombelona an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly.

**Asao Atao: Fandalinana Manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

Mitadiava fampizahana any amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly momba ireto lohahevitra manaraka ireto. Misy ohatra nomena ao anatin'ny fononteny isaky ny lohahevitra. Manampia andinin-tsoratra masina sy lohahevitra avy any aminao.

- Mpaminany (Amôsa 3:7 sy Jakôba 4:4–6)
- Apôstazia (2 Timoty 4:3–4 sy 2 Nefia 28)
- Famerenana amin'ny laoniny (Asan'ny Apôstôly 3:19–21 sy 1 Nefia 13:34–42)
- Zanak'Andriamanitra (Asan'ny Apôstôly 17:29 sy 1 Nefia 17:36)

**Fandalinana Soratra masina**

**Inona no lazain'ny Baiboly momba ny Bokin'i Môrmôna?**

| | | |
|---|---|---|
| Jaona 10:16<br>Isaia 29:4, 11–18 | Ezekiela 37:15–17 | Torolalana ho an'ny Soratra masina, "Efraima," fanampin-dohateny: *Ny Tapakazon'i Efraima na Josefa* |

**Inona no lazain'ny Bokin'i Môrmôna momba ny Baiboly?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 13:20–29, 40–41<br>2 Nefia 29:3–14 | 3 Nefia 23:1 | Môrmôna 7:8–9 |

**Amin'ny fomba ahoana no andraisana ireo boky ireo ho toy ny fijoroana ho vavolombelona an'i Kristy?**


| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 29:8 | Jaona 20:31 | Asan'ny Apôstôly 10:43 |

## Ny Bokin'i Môrmôna dia mamaly ireo Fanontaniana Ananan'ny olona

Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nilaza fa ny misiônera dia "mila mampiseho fa ny [Bokin'i Môrmôna] dia mamaly ny fanontaniana manan-danja ananan'ny olona" ("Flooding the Earth with the Book of Mormon," *Ensign*, Nov. 1988, 5).

"Ny fanontaniana manan-danja ananan'ny olona" dia mety ahitana ny fanontaniana toy izao: Tena misy ve Andriamanitra? Efa nisy ve aho talohan'ny nahaterahako? Mbola hiaina ve aho aorian'ny fahafatesako? Inona no tanjon'ny fiainana? I Jesoa ve no ilay tena Mpamonjy?

Fanamarihana



Ny fanontaniana sasany dia mety miompana bebe kokoa amin'ny filana ara-batana sy ara-nofo: Ahoana no fomba hanatsarako ny fifandraisako amin'ny vadiko? Ahoana no fomba hanampiako ireo zatovoko hanalavitra ny zava-mahadomelina sy ny fahavetavetana? Ahoana no fomba hahitako asa mba hamelomako ny fianakaviako?

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manampy antsika hamaly ireo karazam-panontaniana roa ireo. Rehefa manana finoana isika fa marina ny Bokin'i Môrmôna, dia afaka manomboka mamaly ireo fanontaniana momba ny tanjon'ny fiainana sy ny fanantenana ho an'ny fiainana mandrakizay. Ny Bokin'i Môrmôna dia mamaritra ny drafitry ny fahasambarana, izay mampisy dikany sy fanantenana ny fiainana. Ny valim-panontaniana toy ny hita manaraka eto dia ampianarina mazava tsara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

- Misy ve Andriamanitra? (Alma 22)
- Inona no antenain'i Jesoa Kristy amiko? (2 Nefia 9)
- Ahoana no fomba hanampian'ny finoana an'i Jesoa Kristy ahy? (Alma 36)
- Misy ve ny fiainana aorian'ny fahafatesana? (Alma 40)
- Inona no tanjon'ny fiainana? (Alma 34)
- Nahoana no mamela ny faharatsiana sy ny fijaliana hitranga Andriamanitra? (2 Nefia 2; Alma 14:9–11; 60:13)
- Mila atao batisa ve ny zanako kely? (Môrônia 8)
- Mahafantatra ahy ve Andriamanitra? (Alma 5:38, 58)
- Mamaly vavaka ve Andriamanitra? (Enôsa 1)
- Ahoana no fomba ahitako fiadanana sy fifaliana? (Môsià 2, 4)
- Ahoana no hahafaly kokoa sy hampiray bebe kokoa ny fianakaviana? (Môsià 2)
- Ahoana no fomba handanjalanjako ny fiainan'ny fianakaviako sy ny asako? (3 Nefia 13)
- Ahoana no fomba hanamafisako ny fifandraisako amin'ny vadiko? (3 Nefia 14)
- Ahoana no hisakanako ny faharatsiana izay mananontanona ny fianakaviako? (Alma 39)
- Ahoana no hisorohako ny fahotana? (Helamana 5)

Rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny fitarihan'ny Fanahy isika dia manampy antsika hamaly ny fanontaniantsika manokana izany. Izy dia mampianatra antsika fa ny vavaka sy ny fanambarana dia fanalahidin'ny famahana olana manokana ary manampy antsika hanana finoana fa hamaly ny vavakintsika Andriamanitra.

Fanamarihana

Ny Bokin'i Môrmôna koa dia manampy antsika hahatakatra fa ny didin'Andriamanitra dia tsy lisitra misy ny fepetran'ny zavatra tokony sy tsy tokony ataontsika fa mpitantana any amin'ny fianam-pifaliana sy fiainana miroborobo izany. Rehefa manomboka mahatakatra isika fa ny fitsipika sy ôrdônansy voalohan'ny filazantsara no mitondra mankany amin'ny fiainana miroborobo dia hankasitrahantsika ireo fitsipika ireo noho izy ireo manampy amin'ny famaliana fanontaniana sy ny fanomezany izay mety ilaina. Ohatra, fantatsika fa ny fibebahana sy ny famelana ary ny fanekempihavanana hanompo ny hafa dia ilaina mba hanatsarana ny fifandraisana eo amin'ny vadintsika. Hitantsika fa ny finoana an'i Kristy sy ny fanekena ary ny fitandremana ny fanekempihavanana sy ny fanarahana ny bitsiky ny Fanahy dia afaka manampy ny zatovo hanohitra ireo fakam-panahy lehibe izay manodidina azy ireo.

> *"Eto amin'ity izao tontolo izao ity izay miha-mampidi-doza . . . Ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy dia manana ny herin'ny famahanana izay manasitrana ny fanahy mosarena eto amin'izao tontolo izao."*
>
> – NY FILOHA BOYD K. PACKER
> "NY BOKIN'I MÔRMÔNA: TESTAMENTA IRAY HAFA MOMBA AN'I JESOA KRISTY," *ENSIGN*, NOV. 2001, 64

Ny filazantsara dia saika afaka mitondra vahaolana amina fanontaniana na zavatra ilaina. Izay no antony hampianaranao ny fitsipiky ny filazantsarako izay ao amin'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna izay ao aminy ny fahafenoan'ny filazantsara (jereo F&F 42:12).

**Asa Atao: Fandalinana manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

Manaova lisitra momba "ireo fanontaniana manan-danja ananan'ny olona" izay napetraky ny naman'ny Fiangonana. Mitadiava andininy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hamaliana ireo fanontaniana ireo. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valiny ary ampiasao izany rehefa mampianatra ianao.

## Ny Bokin'i Môrmôna dia Mampanatona bebe kokoa ny Olona amin'Andriamanitra

Raha mikasika ny Bokin'i Môrmôna dia nilaza ny Mpaminany Joseph Smith fa "hanatona bebe kokoa an'Adriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny anatin'ny boky hafa" (teny fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna). Ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra amin'ny fananana fijoroana ho vavolombelona sy ny fahazoana fanambarana manokana. Ampiasao ny Bokin'i Môrmôna mba hanampiana ny olona hanana traikefa ara-panahy, indrindra fa ny fananana fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny Fanahy masina fa marina ny boky. Rehefa manasa lalandava ny olona hiaina ny fitsipika hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ianao dia manampy azy ireo hampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy sy hanatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra.

Ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanambara an'izao: "Ireo izay namaky am-bavaka [ny Bokin'i Môrmôna] na manan-karena na mahantra izy ireo, na nianatra na tsy nianatra, dia nitombo teo ambanin'ny heriny . . . . tsy am-pihambahambana no hampanantenako anareo fa raha hamaky am-bavaka ny Bokin'i Môrmôna, tsy am-pieritreretana hoe impiry

Fanamarihana

no namakianao azy teo aloha, dia ho tonga ao am-ponao ny . . . Fanahin'ny Tompo. Ho tonga ny fanapahan-kevitra matanjaka ny hankato ny didiny ary ho tonga ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa ny tena momba ny Zanak'Andriamanitra" ("The Power of the Book of Mormon," *Ensign,* Jiona 1988, 6).

## Ampiasao ny Bokin'i Môrmôna mba hamaliana ireo Anton-javatra anoherana

Maro ny olona izay tsy mino ny zava-drehetra ampianarinao. Ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra ny maha-loharano lehibe ny Bokin'i Môrmôna mba hamahana ny olan'izany toe-java-miseho izany:

"Tokony hampiasa ny Bokin'i Môrmôna isika mba hiatrehana ny anton-javatra anoherana ny Fiangonana. . . .

". . . ny anton-javatra anoherana rehetra na ny fanalan-jaza, na ny fampakarana vady maro, na ny fanajana ny andro fahafito, sy ny sisa, dia miankina amin'ilay fototra hoe mpaminanin'Andriamanitra izay mahazo fanambarana masina ve i Joseph Smith sy ireo izay nandimby azy. . . .



*My Servant Joseph* © 2004 Liz Lemon Swindle. Natonta ity sary ity tamin'ny alalan'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Foundation Arts, American Fork, Utah 84003.

". . . Ny hany olana tokony hovahan'ny mpanohitra ho an'ny tenany manokana dia ny hoe marina ve ny Bokin'i Môrmôna. Satria raha marina ny Bokin'i Môrmôna, dia Jesoa no Kristy ary Mpaminany i Joseph Smith, ary ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia marina ary tarihan'ny mpaminany iray izay mahazo fanambarana izany.

"Ny adidintsika voalohany dia ny mitory ny filazantsara ary manao izany am-pahombiazana. Tsy voatery hamaly ny fanoherana rehetra isika. Ny olona rehetra dia miankina amin'ny rindrin'ny finoana ary tsy maintsy manohana izany" (*A Witness and a Warning,* 4–5).

Ohatra, ireo naman'ny Fiangonana izay tso-po dia mety hanohatra izay nampianarinao momba ny Tenin'ny Fahendrena. Ampio izy ireo hahita fa ny tena fanontanian'izy ireo dia ny hoe niresaka toy ny Mpaminanin'Andriamanitra ve i Joseph Smith rehefa nanavao ity didy ity tao amin'ity fotoampitantanana ity. Mety hiteny ianao hoe: "Ny fananana finoana hanaiky ity fampianarana ity dia mitaky ny fahatokiana fa ity didy ity dia tonga tamintsika tamin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra nankany amin'ny Mpaminany Joseph Smith. Ny fomba hahafahana mahalala fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith dia ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna sy ny fivavahana momba izany."

Ny naman'ny Fiangonana dia tokony hamaha ny olany sy ny anton-javatra anoherany. Afaka manampy ianao amin'ny fampifantohana azy ireo amin'ny fomba hanamafisan'izy ireo ny finoany an'i Jesoa Kristy—ny famakiana sy ny fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa manamafy ny fijoroany ho vavolombelona momba ny Famerenana amin'ny laoniny izy ireo dia hanana hery handresena ireo olana sy anton-javatra anoherana.

Rehefa mamaha olana ianao, dia tadidio fa ny fahatakarantsika dia avy amin'ny mpaminany amin'izao fotoanandro izao—Joseph Smith sy ireo izay nandimby azy—Izay mandray fanambarana mivantana avy amin'Andriamanitra. Noho izany, ny fanontaniana

Fanamarihana

voalohany tokony hovalian'ny naman'ny Fiangonana dia ny hoe mpaminany ve i Joseph Smith, ary afaka mamaly izany fanontaniana izany izy amin'ny alalan'ny famakiana sy fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna.

**I Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna**

Ny fomba iray hahafantarana fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith dia amin'ny alalan'ny famakiana sy ny fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna.

**Asa Atao : Fandalinana manokana**

Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ny fomba hampiasainao ny momba an'i Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna mba hamalianao ireto anton-javatra anoherana sy olana manaraka ireto:

- "Tsy mino intsony aho fa mbola miresaka amin'ny olona Andriamanitra"
- "Izaho dia mino fa afaka mivavaka amin'Andriamanitra amin'ny fombako fa tsy amin'ny alalan'ny antokom-pivavahana."
- "Nahoana aho no tsy maintsy manajanona ny fisotroana divay rehefa misakafo rehefa hiditraho mpikamban'ny Fiangonana?"
- "Nahoana aho no mila foto-pinoana?"

## Ahoana no fomba hampiasanao ny Bokin'i Môrmôna?

Maro ireo naman'ny Fiangonana izay na tsy mamaky ny Bokin'i Môrmôna na tsy mahazo izay vakiany. Ireo izay tsy mamaky na tsy mahazo ny Bokin'i Môrmôna dia hanana olana amin'ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona fa marina izany.

**Mamakia ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny Naman'ny Fiangonanao**

Rehefa miara-mamaky ianareo dia mivavaha mba hijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona amin'ny naman'ny Fiangonana fa marina ny Bokin'i Môrmôna.



Afaka manampy ny naman'ny Fiangonana ianao amin'ny famakiana miaraka aminy ny Bokin'i Môrmôna. Mangataha am-bavaka fanampiana rehefa mifidy ireo andinin-tsoratra mikasika ireo olany ianao. Afaka mamaky miaraka aminy ianareo ao anatin'ny fotoam-pampianarana na mandritra ny famangiana fanarahamaso. Afaka mifandamina amin'ny mpikambana ianao mba hamaky hiaraka amin'ny naman'ny Fiangonana.

Ny andinin-tsoratra sasany tena manan-danja dia ny pejy misy ny lohatenin'ny Bokin'i Môrmôna ary ny teny fanolorana (indrindra ny andininy roa farany), ary i Môrônia 10:3–5. Ireo andinin-tsoratra ireo dia manampy ny naman'ny Fiangonana hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna. Entano izy ireo hamaky ny Bokin'i Môrmôna hatramin'ny voalohany ao anatin'izany ny fanambaran'ireo vavolombelona telo sy ny fanambaran'ireo vavolombelona valo ary ny fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith.

Fanamarihana

Vakio sy resaho ny momba ny andinin-tsoratra masina fohy (toy ny 1 Nefia 3:7 na Môsià 2:17) ary andinin-tsoratra masina lavalava na toko iray manontolo (toy ny 2 Nefia 31, Alma 7, na 3 Nefia 18).

Rehefa mamaky miaraka amin'ny naman'ny Fiangonana ianao dia mijanòna matetitetika ary resaho izay vakianareo. Atoroy azy ireo hafatra lehibe sy ireo fotopampianarana manan-danja rehefa mamaky miaraka amin'izy ireo ianao. Mizarà zava-nitranga sy fahatsapana ary fijoroana ho vavolombelona tsara sy traikefa manokana. Ampio ny hafa hahatsapa ny hery ara-panahin'ny Bokin'i Môrmôna. Amin'izay dia afaka mampianatra ny fotopampianarana marina avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ianao. Tohizo ity fampiharana ity amin'ny alalan'ny famangiana matetitetika mba hahafahan'ny olona mampivoatra ny fahafahany mamaky sy mivavaka manokana.

> *"Aza maka antoka fotsiny ny Bokin'i Môrmôna. Mangataha amim-bavaka ny fahitana ny fomba hampiasana am-pahombiazana bebe kokoa ny Bokin'i Môrmôna mandritra ny asa fitorianao. Mampanantena anareo aho fa raha manao izany ianareo dia hatoro ny sainareo ny lalana izay tokony halehanareo."*
>
> – NY LOHOLONA JOSEPH B. WIRTHLIN
> SEMINERA HO AN'NY FILOHAN'NY MISIÔNA, 23 JIONA 1999

Mampianara fitsipika sy fotopampianrana amin'ny alalan'ny fampiasana teny sy fehezan-teny nolazain'ny mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Hazavao ny tantara sy ny votoatin-kevitra momba ny andinin-tsoratra iray. Hazavao ireo teny sy fehezan-teny tsy mahazatra.

"Ampiharo" aminao sy amin'ny naman'ny Fiangonana izay novakianao amin'ny alalan'ny fitadiavana fampiharana izay mety ho anao manokana na ho an'ny naman'ny Fiangonanao (jereo 1 Nefia19:23). Ny atao hoe "mampihatra" dia manorina ao an-tsaina ny fifandraisana eo amin'ny fahatakarana ny fotopampianarana sy ny fiainana ny fotopampianarana. Rehefa mamaky amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana, dia tsy maintsy maniry ny hiasa araky ny fotopampianarana, sy hampiditra izany ao amin'ny fiainanao andavanandro ianao sy izay ampianarinao ary hibebaka rehefa ilaina. Rehefa miaina ny fotopampianarana ianao dia mahazo antoka fa marina izany. Ohatra, mety hiteny an'izao amin'ny naman'ny Fiangonana ianao:

- "Nisedra olana lehibe tahaka anao i Nefia. Fa rehefa nampihatra ny finoana mba 'handeha sy hanao' ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo azy izy dia nahomby. (Vakio 1 Nefia 3:7.) Fantaro fa nanomana lalana mba hahafahanao miaina ny Tenin'ny Fahendrena Andriamanitra."
- "Ry Jaona ô, tsara raha te-ho afaka amin'ny fahatsapan-tena fa meloka ianao. Toy ny nampanantenain'ny Mpamonjy an'ny Nefita hoe, raha mibebaka sy atao batisa ary mahazo ny Fanahy Masina ianao dia ho 'tsisy tsiny eo anoloan'ny Ray.' " (Vakio 3 Nefia 27:16.)

Matokia ny fampanantenana ao amin'i Môrônia 10:3–5. Ny olona tsirairay izay mamaky amin-kitsimpo sy mivavaka momba ity boky ity dia afaka mahafantatra tsy am-pisalasalana ny fahamarinany amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Ataovy izay faran'ny vitanao mba hanampiana ny naman'ny Fiangonana:

- Vakio ny Bokin'i Môrmôna ary saintsaino ny hafatra ao momba an'i Jesoa Kristy.

- Mivavaha amin'Andraimanitra amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona fa marina ny Bokin'i Môrmôna ary i Joseph Smith dia mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Ny mivavaka amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana dia midika hoe vonona ny hanao arak'izay valiny azony avy amin'Andriamanitra izy ireo.

Ianao koa dia tokony hampihatra lalandava io fampanantenana io mba hanamafisana sy hanavaozana ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna. Io fijoroana ho vavolombelona nohavaozina io dia hanampy anao hitazona ny fahatokiana tanteraka fa izay mampihatra io fampanantenana io dia hahazo valiny.

**Ampiasao amin'ny lafin'ny asanao rehetra ny Bokin'i Môrmôna**

Ny Bokin'i Môrmôna dia loharano mahery vaika amin'ny fiovam-po. Ampiasao izany ho toy ny loharano voalohany hampianaranao ny fahamarinana naverina tamin'ny laoniny.

**Tadidio Ireto:**

- Ny Bokin'i Môrmôna dia vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona an'i Kristy, sy ny fotopampianarantsika ary ny fijoroantsika ho vavolombelona.
- Ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra mazava ny fotopampianarana hita ao amin'ny leson'ny misiônera.
- Ampiasao ny Bokin'i Môrmôna mba hamaliana ny fanontaniana ananan'ny olona sy ny anton-javatra anoherana ny Fiangonana.
- Mamakia lalandava ny Bokin'i Môrmôna miaraka amin'ny naman'ny Fiangonanao sy ny olona vao niova fo. Manaova izay faran'ny vitanao mba hanampiana azy ireo hamaky manokana isan'andro ary hampihatra izay nianarany eo amin'ny fiainany.
- Matokia ny fampanantenan'ny Tompo fa ny olona rehetra izay mamaky sy mivavaka amin-kitsimpo momba ny Bokin'i Môrmôna dia hahafantatra ny fahamarinany amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

Fanamarihana

Fanamarihana

## Hevitra ho an'ny Fandalinana sy ny Fampiharana

### Fandalinana Manokana

- Vakio 2 Nefia 2, 9, 30, 31, 32, ary avaho amin'ny loko ny filazana rehetra momba an'i Jesoa Kristy. Manaova lisitry ny karazana anarana sy lohateny momba an'i Kristy izay ampiasaina ao amin'ireo toko ireo. Tsipiho ireo teny nambaran'i Kristy. Avaho amin'ny loko ny toetra nananany sy ny asany. Mety hanohy io fampiharana io ianao rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo.

- Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ny zavatra tsapanao rehefa nahazo vao voalohany ny fijoroana ho vavolombelona ara-panahy ianao fa marina ny Bokin'i Môrmôna.

- F&F 20:17 dia mampiasa ny fehezanteny hoe "ireo zavatra ireo no ahafantarantsika" mba hampidirana ny fotopampianarana ampianarina sy hazavain'ny Bokin'i Môrmôna. Vakio ny F&F 20:15–35 ary manaova lisitra ny fotopampianarana voalaza ao. Mifidiana iray amin'ireo fotopampianarana ireo ary ampiasao ny Torolalan'ny Soratra Masina mba hampitahana ny lisitrao amin'izay ampianarin'ny Baiboly momba ireo fotopampianarana ireo.

- Ampitahao ny Toriteny teo an-tendrombohitra ao amin'ny Matio 5–7 ary ny toriteny tao amin'ny tempoly ao amin'ny 3 Nefia 12–14. Ataovy lisitra ireo zavatra tsotra sy sarobidy izay naverina indray tamin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna.

- Ataovy lisitra ireo fanontaniana napetraky ny naman'ny Fiangonana. Mitadiava andininy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay mamaly ireo fanontaniana ireo ary ampiasao ao amin'ny fampianaranao isan'andro izy ireo rehefa ilaina.

- Mitadiava soratra masina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nampiova ny fiainanao. Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao ny fahatsapanao momba io soratra masina io.

- Mitadiava an' ireo ohatra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay mirakitra ny teny nampiasain'ny olona iray tao anatin'ny fivavahany. Soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ny foto-kevitra iombonana ao amin'ireo vavaka ireo.

- Vakio 2 Nefia 33:10–15 sy Môrônia 10:27–29, 34. Inona no hoteneninao amin'i Nefia sy Môrônia eo amin'ny toeram-pitsarana momba ny fampiasanao ny Bokin'i Môrmôna? Soraty ny valim-panontanianao ary mametraha tanjona mba hivoarana.

- Manomboka amin'ny sasin-tenin'i Mosià 11–16, dia manorata famintinana momba izay nampianarin'i Abinadia. Vakio ireo toko ireo ary hitaro ny famintinanao.

- Manomboka amin'ny sasin-tenin'i Mosià 2–5, dia manorata famintinana momba izay nampianarin'ny Mpanjaka Benjamina. Vakio ireo toko ireo ary hitaro ny famintinanao.

- Rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro ianao dia raketo ao amin'ny diarim-pianaranao ny andininy izay mahasarika ny sainao. Soraty ny fomba hampiharanao izany eo amin'ny fiainanao.

### Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Miaraha-mamaky andininy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Zarao izay nianaranao sy tsapanao. Samia mijoro ho vavolombelona.

- Te-hitovy amin'iza amin'ireo mpaminanin'ny Bokin'i Môrmôna na misiônera ianao ary nahoana ? Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao ny valiny.

Fanamarihana

- Vakio amin'ny maha-mpiara-mitory Alma 26 sy 29. Zarao ny fahatsapanao momba ny asa fitorianao. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny fahatsapanao.

- Vakio Alma 37:9 ary diniho ny maha-zava-dehibe ny soratra masina ho an'i Amôna sy ireo namany mpiara-mitory aminy. Mitadiava soratra masina hanovozan-kevitra izay mamariparitra ny fomba nampiasainy ny soratra masina.

- Vakio miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao Alma 11–14. Ny iray mitana ny anjara milalao an'i Amôna na i Amioleka ary ny iray ireo mpanaratsy. Jereo ny fomba namalian'ireo misiônera ireo ny fanontaniana sarotra.

- Vakio ny tantara tena marina manaraka ary diniho ny zavatra nianaranao momba ny maha-zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna sy ny heriny (novaina ireo anarana).

  "Rehefa nanasa an-dry Snider mivady mba hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana izahay, dia vonona Ranabavy Snider saingy Rahalahy Snider dia nilaza hoe: 'Aza dia manantena be loatra ry Rahalahy. Tsy fantatro raha mba ho afaka hanao izany aho!' Na dia nanaiky ny hampianaranay aza Rahalahy ary na dia tsara fanahy sy feno fitiavana foana aza izy, dia tena niasa saina ny amin'ny mety ho fihetsiky ny fianakaviany raha hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy.

  "Taorian'ireo herinandro maromaro izay nahitanay an'ny Rahalahy Snider niady saina mafy, dia noterem-panahy hamaky an'i 3 Nefia 11 indray niaraka tamin-dry Snider mivady izaho sy ny mpiara-mitory amiko. Tsy hohadinoiko mihitsy izay nitranga tamin'io alina io. Rehefa nanokatra ny Bokin'i Môrmôna izahay dia nanazava izao ny mpiara-mitory tamiko, 'ity toko ity raha tadidinareo, dia mitantara ny namangian'ny Mpamonjy ny olona ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Eto isika dia mamaky ny fitiavan'ny Mpamonjy ireo olona ireo ary ny zavatra nampianariny azy ireo.' Samy namaky tsirairay andininy iray na roa izahay. Taorian'ny famakiana ny andininy faha-5, dia nanajanona ny famakiana ny mpiara-mitory tamiko ary nilaza hoe, 'Manaitra ahy foana ny famaritana omena momba ilay feo izay henon'izy ireo. Tsy midridrodridro ilay feo, sady tsy mafy koa, kanefa na dia tony aza izany feo izany dia nanana hery izay nanindrona mafy azy ireo. Io feo io dia tsy re fotsiny avy tamin'ny sofiny fa niresaka tao am-pony koa.' Nodinihiko ry Snider mivady nandritra ny fihainoan'izy ireo am-pitandremana ny mpiara-mitory tamiko.

  "Taorian'ny resaka momba ny vavaka sy ny fihainoana ny Fanahy, dia anjaran'ny Rahalahy Snider indray no namaky: 'Ary indro, tamin'ny fanintelony, dia azony ilay feo izay reny; ary hoy izany taminy: Indro ny Zanako Malalako izay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako—henoinareo izy.' Nijanona kely Rahalahy Snider sady nijery am-pitandremana ny Bokin'i Môrmônany. Avy eo izy dia nitraka sy nitodika tany amiko nanao hoe, 'Tena nirehareha tamin'ny Zanany ny Ray any an-danitra, sa tsy izany?' 'Eny,' hoy aho. Niverina nijery ny bokiny indray ny Rahalahy Snider ary nandinika am-pieritreretana lalina ireo pejy nisokatra. Ary farany dia niteny izy hoe, 'Te-mba ho reharehan'ny Ray any an-danitra koa aho. Mba mieritreritra ny fomba mety hanehoany izany amiko aho. Ataoko fa, eny e! …. raha tiako hirehareha amiko Izy dia tokony hanao izay tiany hataoko aho.' 'Eny, ataoko fa zava-dehibe izany,' hoy aho namaly. 'Eny,' hoy Rahalahy Snider nanohy. 'Mieritreritra aho fa niahiahy be loatra izay mety ho eritreretin'ny hafa fa tsy izay eritreretin'Andriamanitra.' Taorian'ny fiatoana kely dia nampiseho fihetsika tamin'ny lohany ny Rahalahy Snider ary niaraka tamin'ny fijery feno fanapahan-kevitra matotra dia nilaza izy hoe, 'Mihevitra aho fa tokony hatao batisa.' Tsy nampoizina ny valin-teniny ka toa nivandrandrava fotsiny taminy izaho sy ny mpiara-mitory tamiko. Tamin'ny farany dia hoy ny mpiara-mitory tamiko, 'Eny, izay no zavatra tsara tokony hatao. Aty aoriana tokoa ao amin'ity toko ity, ny Mpamonjy dia mampianatra . . .' raha mbola niresaka ny mpiara-mitory tamiko dia nahatsapa hafanana tao am-poko aho sy fankasitrahana noho ny herin'ny Bokin'i Môrmôna."

Fanamarihana

Ahoana ny fomba nampiasain'ireto misiônera ireto ny Bokin'i Môrmôna? Ahoana no hampiasainao sy ny mpiara-mitory aminao am-pahombiazana izany, ao amin'ny ezaka ataonao amin'ny asa fitoriana?

## Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Ampiharo ny fampiasana ny Bokin'i Môrmôna amin'ireo fomba tsirairay izay nolazaina ao amin'ireo lohateny lehibe ao amin'ity toko ity.
- Manaova lisitra an'ireo fanoherana sy fanontaniana avy amin'ny naman'ny Fiangonana. Samia manazava ny fomba entiny hamaliana ireo fanontaniana ireo amin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna.
- Miaraha mamaky andinin-tsoratra masina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Mifampizarà fahalalana, sy fahatsapana ary fijoroana ho vavolombelona.
- Mampiasà ny Bokin'i Môrmôna mba hanamafisana ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Mifidiana iray amin'ireo misiônera lehibe ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Resaho ny momba izany ary asaivo manao lisitra ny toetran'io misiônera io ny misiônera. Asao ny misiônera tsirairay hametraka tanjona mba hampihatra ny iray amin'ireo toetra ireo. Avereno hatrany ity fampiharana ity amin'ny alalan'ny fampiasana ny Bokin'i Môrmôna.
- Asao ny misiônera mba hizara zava-nitranga niainany izay nanampian'ny Bokin'i Môrmôna ireo naman'ny fiangonany tao amin'ny dingan'ny fiovam-po.
- Asaivo mizara valim-panontaniana ananan'ny olona tiany indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny misiônera.

## Filohan'ny Misiôna

- Ampianaro ny misiônera ny fomba ampiasana ny Bokin'i Môrmôna mba hanamafisana ny fahamarinan'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Vakio miaraka amin'ny misiônera 1 Nefia 1 ary ampitahao amin'ny zavatra niainan'i Joseph Smith izany.
- Omeo tahadika madio ny Bokin'i Môrmôna izay misy pejy tsy misy soratra ny misiônera. Asaivo marihiny amin'ny loko samihafa:
  - Ny soratra masina momba an'i Jesoa Kristy (izay mety ho anarany na mpisolo tena manolo azy).
  - Ny teniny (nolazainy na nolazain'ny mpaminany rehefa miteny izy ireo hoe, "Izao no nolazain'ny Tompo").
  - Ny toetra tsara nananany.
  - Ny fotopampianarana sy fitsipika hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

  Eo amin'ny faran'ny pejy tsirairay dia isao ny isan'ireo zavatra hita rehetra. Mandritra ny dinidinika sy ny fivorian'ny distrika ary mandritra ny roa na telo volana hanavaona ity asa atao ity dia asaivo mifampizara izay nianarany ny misiônera. Mety hanao zavatra mitovy amin'izany ianao eo amin'ny misiôna manontolo, dia ny fanamarihana ireo soratra masina momba ny finoana an'i Jesoa Kristy, fibebahana, batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina na izay fitsipika fototry ny filazantsara.

Fanamarihana

- Mandritra ny dinidinika dia asao ireo misiônera hizara ny soratra masina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nanova ny fiainan'izy ireo.

- Ampio ny misiônera hahita fa ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra ireo fotopampianarana ao amin'ny lesona misiônera. Ohatra, raha Sorompanavotana ny lohahevitra dia soraty eo amin'ny faritra ilany ireo hevi-dehibe tsirairay momba ny Sorompanavotana ampianarina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ao anatin'izany ny soratra masina hanovozan-kevitra. Ary ao amin'ny faritra ilany dia asaivo mitanisa milahatra sy mifanila amin'ny andaniny, ireo hevi-dehibe ireo ihany izay ampianarina ao amin'ny Baiboly izy ireo. Asaivo asian'ny misiônera toerana banga ireo hevi-dehibe izay tsy misy na tsy ampianarina ao amin'ny Baiboly. Ho lasa mazava be ho an'ny misiônera ny maha-vato ifaharan'ny fotopampianarantsika ny Bokin'i Môrmôna. Afaka ampiasaina ity asa atao ity amin'ny fotopampianarana hafa izay ampianarin'ny misiônera.

- Tadiavo ireo fanontaniana ananan'ny olona izay ilaina ho an'ny olona ao amin'ny sahan'ny fitorianao. Asao ny misiônera hitady ny valiny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Fanamarihana



# Ahoana no fomba hananako toetra tahaka ny an'i Kristy?

Fanamarihana

**Diniho ireto**

- Ahoana no hahafahako mampivoatra ireo toetra izay hahatonga ahy ho mpanompo matanjaka sy mahomby kokoa amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?
- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ireo toetra tahaka ny an'i Kristy ireo ahy eo amin'ny fanatanterahako ny tanjoko amin'ny maha-misiônera ahy?
- Inona no toetra izay ilako fivoarana indrindra?

Teo amin'ny fiantombohan'ny asa fanompoany, dia nandalo teny amoron-dranomasin'i Galilia i Jesoa Kristy ary niantso mpanarato roalahy, dia i Petera sy Andrea. "Manaraha ahy," hoy Izy, "ary ho ataoko mpanarato olona ianareo" (Matio 4:19; jereo koa Marka 1:17). Niantso anao ho amin'ny asany koa ny Tompo, ary manasa anao Izy hanaraka Azy. Ny fanasana hanaraka an'i Kristy dia fanasana hanaraka ny ohatra nataony sy ho tonga tahaka Azy.

Ny fizarana sasantsasany ao amin'ny *"Torio ny Filazantsarako"* dia mifantoka amin'izay tokony ho ataonao amin'ny maha-misiônera anao—ny fomba fianarana, ny fomba fampianarana, ny fomba fandaminana ny fotoana am-pahendrena. Kanefa, tahaka ny maha-zava-dehibe ny zavatra ataonao koa no maha-zava-dehibe ny maha-ianao anao.

Ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia manome anao fahafahana ho tonga tahaka ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy. Efa nampiseho ny lalana ny Mpamonjy. Nametraka ny ohatra tonga lafatra Izy, ary mandidy antsika ho tonga tahaka Azy (jereo 3 Nefia 27:27). Mianara momba Azy ary miezaha mampiditra ireo toetrany eo amin'ny fiainanao. Afaka hahatratra izany tanjona izany ianao ary hitarika ny hafa hahatratra izany koa amin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotany.

Fanamarihana

Ny soratra masina dia mamaritra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy izay ilainao ny mampivoatra izany, amin'ny maha-misiônera anao ary mandritry ny fiainanao manontolo. Ianaro ireo andinin-tsoratra masina hita ato amin'ity fizarana ity ary mitadiava ohatra hafa amin'ireo toetra tahaka ny an'i Kristy rehefa mianatra andinin-tsoratra hafa ianao.

Fanomezana avy amin'Andriamanitra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy. Tonga eo aminao izy ireo rehefa mampiasa am-pahamarinana ny fahafahanao misafidy ianao. Mangataha amin'ny Rainao any an-danitra ny hitahiany anao amin'ireo toetra ireo; satria tsy afaka ny hampivoatra izany ianao raha tsy misy ny fanampiany. Noho ny fanirianao hahazo sitraka avy amin'Andriamanitra dia ekeo ireo fahalemenao ary meteza hivoatra an-tsitrapo sy am-pahazotoana.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no lazain'ireto soratra masina ireto mikasika ny fanarahana ny ohatra nataon'i Jesoa Kristy?**

3 Nefia 12:48 — Jaona 13:1–16 — 1 Petera 2:21
3 Nefia 27:21, 27

**Inona no ifandraisan'ireo fitsipika voalohan'ny filazantsara sy ny toetra tahaka ny an'i Kristy?**

Môrônia 8:25–26

## Hevitra ho an'ny Fandalinana ity Fizarana ity

Maro be ny fomba azo hianarana ity fizarana ity. Manandrama iray amin'ireto hevitra ireto:


- Rehefa manatanteraka ny "Fampiharana momba ny Toetra" hita any amin'ny fiafaran'ity fizarana ity ianao dia fantaro ny toetra izay ilainao na tianao hatsaraina. Ianaro ny fizarana mikasika izany toetra izany ary mametraha tanjona mba hampivoarana izany.
- Vakio hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany ny fizarana nefa aza alalinina ireo soratra masina notanisaina, ary fantaro izay toetra tianao hianarana bebe kokoa. Avy eo dia alalino ireo soratra masina manan-danja izay mifanaraka amin'izany toetra izany. Mikaroha soratra masina fanampiny tsy voatanisa ao amin'ny fizarana izay mampianatra mikasika ilay toetra. Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao ireo hevitra momba ny fomba hampivoarana ilay toetra.
- Mitadiava toetra iray izay tianao hianarana. Araho ny drafitra eo ambanin'ny lohateny hoe "Fampivoarana ireo Toetra tahaka ny an'i Kristy" hita any amin'ny faran'ity fizarana ity.

## Ny Finoana an'i Jesoa Kristy

Rehefa manana finoana an'i Kristy ianao dia mino ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy, ilay Lahitokan'ny Ray araka ny nofo. Ekenao ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra anao Azy ary ny hanaraka ny Fampianarany. Mino ianao fa afaka ho voavela ireo otanao amin'ny alalan'ny Sorompanavotany. Ny finoana Azy dia midika fa matoky Azy ianao ary matoky fa tiany ianao.

Fanamarihana

Ny finoana dia mitarika amin'ny asa, ao anatin'izany ny fibebahana, ny fankatoavana, ary ny asa fanompoana an-tsitrapo. Rehefa manana finoana an'i Jesoa Kristy ianao dia manana fahatokiana ampy ny Tompo mba hanarahana ireo Didiny—eny fa na dia tsy azonao tanteraka aza ny anton'izy ireny. Manatanteraka izay tian'ny Tompo ataonao ianao. Manampy amin'ny fitondrana ny tsara eo amin'ny fiainanao sy eo amin'ny fiainan'ny hafa ianao. Afaka mahavita fahagagana araka ny sitrapon'ny Tompo ianao. Ny finoanao dia ho hita taratra amin'ny alalan'ny fahazotoana sy ny asa.



© 1989 Conceptions Unlimited Investments, Inc. Tsy azo adika.

Ny finoana dia fitsipika mikasika ny hery. Miasa amin-kery Andriamanitra, fa ny Heriny dia matetika ampiasaina arakaraky ny finoana (jereo Môrônia 10:7). Miasa arakaraky ny finoan'ireo zanany Izy. Mifanohitra amin'ny finoana ny fisalasalana sy ny tahotra.

Ny finoanao dia hitombo amin'ny alalan'ny fahazotoana mianatra, sy mivavaka, sy manao asa fanompoana an-tsitrapo, ary ny fankatoavana ny bitsiky ny Fanahy Masina sy ireo didy.

Ny finoanao an'i Jesoa Kristy dia hivelatra rehefa mahalala bebe kokoa Azy sy ny fampianarany ianao. Rehefa mikaroka ny soratra masina sy mandalina azy ireo ianao dia mianatra ny Lalany, sy ny Fitiavany ny olon-drehetra, ary ny Didiny.

Tafiditra ao anatin'ny Finoana ny fahatokiana ny asa nanirahana ny Fanahy Masina sy ny heriny. Amin'ny alalan'ny finoana no andraisanao valim-bavaka sy aingam-panahy manokana hitarika anao eo amin'ny asan'ny Tompo.

## Fandalinana Soratra Masina

### Inona no atao hoe Finoana?

| | | |
|---|---|---|
| Alma 32:21 | Hebreo 11:1; jereo ny fanamarihana hanovozan-kevitra *b* | *True to the Faith*, "Finoana," 52–54 |
| Etera 12:6 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Finoana" | |

### Ahoana no fomba hahazoana finoana, ary inona no zavatra azo atao amin'ny alalan'ny finoana?

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 25:29 | Alma 32 | Môrônia 7:33 |
| 2 Nefia 26:13 | Helamana 15:7–8 | Romana 10:17 |
| Môsia 4:6–12 | Etera 12:7–22 | Hebreo 11 |

### Inona avy ireo fitahiana azo avy amin'ny finoana?

| | | |
|---|---|---|
| Môsia 3:17 | Helamana 5:9–12 | Jaona 14:6 |
| Môsia 5:1–15 | | |

Fanamarihana

## Ny Fanantenana

> *"Andao isika, izay nandray fahasoavana tamin'ny fanantenana, amin'ny maha-mpianatra antsika, hanome tanana ireo izay, 'niala tamin'ny fanantenana avy amin'ny filazantsara', na inona na inona antony (Kol. 1:23). Andao isika hanome tanana ka hampatanjaka ireo tanana miraviravy tsy misy fanantenana."*
>
> – NY LOHOLONA NEAL A. MAXWELL
> "BRIGHTNESS OF HOPE," *ENSIGN*, NOV. 1994, 36

Ny fanantenana dia fahatokiana maharitra fa hanatanteraka ny fampanantenany taminao ny Tompo. Miseho amin'ny alalan'ny fahatokiana, ny fiandrandrana ny zavatra tsara, ny fahavitrihana, ary ny faharetana izany. Izany dia midika finoana sy fiandrasana fa hisy zavatra hitranga. Rehefa manana fanantenana ianao dia misedra ny fitsapana sy ny fahasahiranana miaraka amin'ny fahatokiana sy finoana fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa anao. Ny fanantenana dia manampy anao handresy ny fahakiviana. Ny soratra masina dia mamaritra matetika fa ny fanantenana ao amin'i Jesoa Kristy dia toy ny fahatokiana fa handova ny fiainana mandrakizay any amin'ny fanjakana selestialy ianao.

Ny filoha James E. Faust dia nampianatra:

"Ny fanantenana dia vatofantsikin'ny fanahintsika. . . .

"Ny fanantenana dia fahatokiana ny fampanantenan'Andriamanitra, ary finoana fa raha manao zavatra isika izao, dia ho tanteraka amin'ny ho avy ireo fitahiana niriana. . . .

"Ny loharano tsy mety ritra ho an'ny fanantenantsika dia ny maha zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra antsika sy ny hoe namonjy antsika tamin'ny fahafatesana ny Zanany, Jesoa Kristy Tompo" ("Hope, an Anchor of the Soul," *Ensign*, Nov. 1999, 59–60).

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no atao hoe fanantenana ary inona no zavatra antenaintsika?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 31:20 | Môrônia 7:40–48 | Romana 8:24–25 |
| Alma 58:10–11 | F&F 59:23 | Hebreo 6:10–20 |
| Etera 12:4, 32 | F&F 138:14 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanantenana" |

## Ny Fiantrana sy Fitiavana


© 2001 Simon Dewey. Tsy azo adika.

Nisy lehilahy iray nanontany an'i Jesoa hoe, "Ny didy inona moa no lehibe ao amin'ny lalàna?" Namaly Jesoa hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa izay tahaka azy ihany dia, Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Matio 22:36–39).

Ny fiantrana dia "ny fitiavana madion'i Kristy" (Môrônia 7:47). Tafiditra ao anatin'izany ny fitiavana mandrakizay an'Andriamanitra ho an'ny zanany rehetra.

Fanamarihana

Tokony hikatsaka ny hampiseho izany karazam-pitiavana izany isika. Rehefa feno fiantrana ianao dia mankatò ny didin'Andriamanitra ary manao izay rehetra vitanao hanompoana ny hafa sy hanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.

Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny fiantrana. Nilaza ny mpaminany Môrônia fa tokony "hivavaka amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo [isika] mba hahazoana mameno [antsika] amin'izany fitiavana izany" (Môrônia 7:48). Rehefa manaraka izany torohevitra izany ianao sy miezaka ny hanao asa tsara dia hitombo ny fitiavanao ny olona rehetra, indrindra ireo manodidina izay iasanao. Ho lasa hahatsapa fiahiana marina ny fiadanana sy fifaliana mandrakizay ho an'ny olon-kafa ianao. Hahita azy ireo amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy izay manana fahafahana ny ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra ianao ary hiasa ho azy ireo. Hohalavirinao ireo fahatsapana ratsy toy ny fahatezerana, ny fialonana, ny filan'ny nofo, na ny fitsiriritana. Hohalavirinao ny fitsarana ireo hafa, ny fanakianana azy ireo, na ny filazana zavatra ratsy mikasika azy ireo. Hiezaka ny hahazo azy ireo sy hahatakatra ny fomba fijeriny ianao. Hanam-paharetana amin'izy ireo ianao ary hiezaka ny hanampy azy ireo rehefa sahirana sy kivy izy ireo. Mitarika amin'ny asa ny fiantrana, toy ny finoana ihany. Mampiseho fiantrana ianao rehefa mitady fotoana ahafahana manompo ny hafa sy manolotra ny tenanao.

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no atao hoe fiantrana?**

Môrônia 7:45–48 — 1 Korintiana 13 — Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fiantrana"

**Ahoana no fomba nanehoan'i Jesoa Kristy fiantrana?**

1 Nefia 19:9 — Alma 7:11–13 — Etera 12:33–34 — Lioka 7:12–15

**Inona no zavatra ampianarin'ireto andinin-tsoratra masina ireto anao mikasika ny fiantrana?**

2 Nefia 26:30 — Môsia 2:17 — Môsia 28:3 — Alma 7:24 — Etera 12:28 — F&F 88:125 — 1 Timoty 4:12 — 1 Petera 4:8; jereo ny fanamarihana hanovozan-kevitra *a*

## Ny Hatsaran-toetra

Ny hatsaran-toetra dia avy amin'ny eritreritrao sy fanirianao lalina indrindra. Fomba fisainana sy fiainana miorina amin'ny fitsipika ara-môraly ambony izany. Satria ny Fanahy Masina tsy mitoetra amin'ny tabernakely tsy madio, noho izany ny hatsaran-toetra dia fepetra takiana mba hahafahana handray ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Fomba lehibe handrefesana ny hatsaran-toetranao ny zavatra safidianao ho eritreretina sy ho atao rehefa irery ianao ary mieritreritra fa tsy misy mahita.

Ny olona tsara toetra dia madio sy tsy misy pentina ara-panahy. Mifantoka amin'ny fahamarinana sy ny eritreritra madio izy ireo ary manilika tsy ho ao an-tsainy ireo eritreritra tsy mendrika izay mitarika hanao zavatra tsy mety. Mankatò ny didin'Andriamanitra izy ireo ary manaraka ny torohevitr'ireo mpitarika ny Fiangonana. Mivavaka mba hahazoana hery hanoherana ny fakam-panahy ary hanaovana ny marina izy ireo. Mibebaka haingana izy ireo amin'ny ota na fahadisoana rehetra nataony. Miaina am-pahamendrehana ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly izy ireo.

Fanamarihana

Ny fisainanao dia toy ny lampihazo ao amin'ny fijerena tantara an-dampihazo iray; ao amin'ny tantara an-dampihazon'ny fisainanao anefa, dia mpilalao iray ihany no afaka miakatra an-tsehatra. Raha toa ka avela ho foana ny lampihazo dia matetika miditra eo an-tsehatra ny eritreritra maloto sy ny ota mba haka fanahy. Fa tsy hanan-kery kosa ireo eritreritra ireo raha toa ka fenoina eritreritra madio ny lampihazon'ny fisainanao, toy ny fihirana hira masina hay tsianjery na andinin-tsoratra masina iray izay azonao tsaroana mandritra ny fotoana hisian'ny fakam-panahy. Amin'ny alalan'ny fifehezana ny lampihazon'ny fisainanao no ahafahanao manohitra am-pahombiazana ireo fitaomana tsy tapaka hanaraka ny fakam-panahy sy hitolo-batana amin'ny fahotana. Afaka ny ho tonga madio sy tsara toetra ianao.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no dikan'ny hoe tsara toetra?**

F&F 4:6
F&F 25:2
F&F 38:24
F&F 46:33
F&F 121:45–46
Fanekem-pinoana 1:13
2 Petera 1:3–8
Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Hatsaran-toetra"

## Ny Fahalalana

Ny Tompo dia nandidy hoe, "Katsahinareo ny fianarana amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana" (F&F 88:118). Nampitandrina koa Izy fa, "Tsy azo heverina ny hamonjena ny olona ao amin'ny tsy fahalalana" (F&F 131:6). Mikatsaha fahalalana, indrindra indrindra fahalalana ara-panahy. Mandalìna soratra masina isan'andro, ary alalino koa ny tenin'ireo mpaminany velona. Mitadiava fanampiana amin'ireo fanontaniana manokana anananao, sy fanamby, ary fotoana tsara ahafahanao manao zavatra amin'ny alalan'ny fandalinana sy ny vavaka. Mifantoha manokana amin'ireo andinin-tsoratra masina azonao ampiasaina rehefa mampianatra sy mamaly fanontaniana mikasika ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.

Eritrereto ny fomba ahafahanao mampihatra ireo fitsipiky ny filazantsara eo amin'ny fiainanao. Rehefa mianatra am-pahazotoana ianao, sy amim-bavaka, ary amin'ny finiavana madio, dia hanazava ny sainao ny Fanahy Masina, sy hampianatra anao, ary hanampy anao hahatakatra ny hevitry ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo mpaminany velona. Afaka mahazo fahalalana ihany koa ianao amin'ny alalan'ny fijerena sy fihainoana ny hafa, indrindra indrindra ireo mpitarika ny Fiangonana. Tahaka an'i Nefia dia afaka miteny ianao hoe: "Fa ny fanahiko dia finaritra amin'ny soratra masina ary ny foko mandinika ireny. . . . Indro ny fanahiko dia finaritra amin'ny zavatry ny Tompo; ary ny foko mandinika lalandava ny zavatra izay efa hitako sy reko" (2 Nefia 4:15–16).

**Fandalinana Soratra Masina**

**Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fahalalana amin'ny fanatanterahana ny asan'ny Tompo?**

Alma 17:2–3
F&F 88:77–80

**Ahoana no hahafahanao mahazo fahalalana?**

2 Nefia 32:1–5
Môrônia 10:5
F&F 42:61
F&F 76:5–10
F&F 88:118
Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahalalana"

## Ny Faharetana

Ny faharetana dia fahaizana miaritra tsy am-pahatezerana, na am-pahadisoam-panantenana, na am-piahiahiana ny fanemorana, ny olana, ny fanoherana, na ny fijaliana. Izany dia midika fahavitana manao ny sitrapon'Andriamanitra sy fahaizana manaiky ny fandaminam-potoanany. Rehefa maharitra ianao dia mahazaka izay fitsapana mitranga ary afaka miatrika fahoriana amin'ny fo tony sy fanantenana. Ny faharetana dia mifandray amin'ny fanantenana sy finoana—tsy maintsy miandry ny fahasoavana nampanantenain'ny Tompo ho tanteraka ianao.

Mila faharetana ianao eo amin'ny zavatra iainanao andavanandro sy ny fifandraisanao, indrindra indrindra amin'ny misiônera mpiara-mitory aminao. Mila maharitra amin'ny olon-drehetra ianao, sy amin'ny tenanao ihany koa, eo am-piezahana ny handresy ireo hadisoana sy fahalemena.

> *"Feno fahasahiranana ny fiainana, ny sasany kely ary ny hafa dia karazany sarotsarotra kokoa. Tahaka ny misy loharano-na fitsapana tsy manam-petra ho an'ny rehetra. Ny olantsika matetika dia ny fanantenana vahaolana eo noho eo amin'ireny karazana fitsapana ireny, ary manadino fa takiana ilay toetra tsara araka an'Andriamanitra, dia ny faharetana."*
>
> – NY FILOHA THOMAS S. MONSON
> "FAHARETANA—TOETRA TSARA ARAKA AN'ANDRIAMANITRA," *ENSIGN,* NOV. 1995, 59

### Asa atao: Fandalinana Manokana

- Alalino ny Môsià 28:1–9. Inona avy ireo fanirian'ny zanakalahin'i Môsià?
- Inona avy ireo torohevitrin'ny Tompo ho an'ireto misiônera ireto? (Jereo Alma 17:10–11 sy 26:27.)
- Inona no vokatra sasantsasany nateraky ny faharetany sy fahazotoany? (Jereo Alma 26.)

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no maha-zava-dehibe ny faharetana? Inona no ifandraisan'ny faharetana sy ny finoana?**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 23:21 | Alma 34:40–41 | Korintiana 6:1–10 |
| Môsià 24:9–16 | F&F 101:38 | Jakôba 5:10–11 |
| Alma 31:31 | Romana 5:3–5 | Salamo 46:10 |
| Alma 32:41–43 | Romana 8:24–25 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Faharetana" |

Fanamarihana

Fanamarihana

## Ny Fanetrentena



Ny fanetrentena dia ny fahavononana hanaiky ny sitrapon'ny Tompo ary hanome voninahitra ny Tompo tamin'ny zavatra vita. Tafiditra ao ny fankasitrahana tamin'ny fitahiany ary fiekena ny filanao tsy tapaka ny fanampian'Andriamanitra. Ny fanetrentena dia tsy mariky ny fahalemena; fa kosa mariky ny fahatanjahana ara-panahy. Rehefa matoky Azy am-panetrentena ianao ary miaiky ny heriny sy ny indrafony dia afaka hanana antoka fa hahatsara anao ireo didiny. Matoky ianao fa afaka ny hanao izay rehetra takian'ny Tompo aminao raha toa ka mametra-pitokiana Aminy. Matoky ireo mpanompo voafidiny ihany koa ianao ary manaraka ny torohevitr'izy ireo. Ny fanetrentena dia hanampy anao eo am-piezahanao ny mba hankatò sy hiasa mafy ary hanompo tsy am-pitiavan-tena.

Ny mifanohitra amin'ny fanetrentena dia ny fieboeboana, izay heloina ao amin'ny soratra masina. Ny mieboebo dia midika hoe fametraham-pahatokiana be loatra amin'ny tenanao fa tsy amin'Andriamanitra na amin'ireo mpanompony. Midika ihany koa izany hoe mametraka ny zavatr'izao tontolo izao ho ambonin'ny zavatr'Andriamanitra. Ny olona mieboebo dia mandray ny voninahitra ho azy ireo fa tsy mba manome ny voninahitra ho an'Andriamanitra. Ny fieboeboana dia fifaninanana; ireo izay mieboebo dia mikatsaka ny hanana bebe kokoa ary mihevitra ho tsara kokoa noho ny olon-kafa. Ny vokatry ny fieboeboana dia matetika fahatezerana sy fankahalana ary tena vato misakana lehibe izany.

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no dikan'ny hoe manetry tena?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 9:28–29 | Alma 5:26–29 | Matio 26:39 |
| Môsià 4:11–12 | Alma 26:12 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Manetry tena, Fanetrentena" |

**Inona avy ireo fitahiana raisinao rehefa manetry tena ianao?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 32:1–16 | F&F 67:10 | Matio 23:12 |
| Etera 12:27 | F&F 112:10 | |
| F&F 12:8 | F&F 136:32–33 | |

**Ahoana no hahafahanao mahafantatra ny fieboeboana ao anatinao?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 15:7–11 | 2 Timoty 3:1–4 | Ohabolana 15:10 |
| 1 Nefia 16:1–3 | Ohabolana 13:10 | Ohabolana 28:25 |

Fanamarihana

## Ny Fahazotoana

Ny fahazotoana dia ny fiezahana tsy tapaka, tsy mivadika, am-pahamatorana, ary amin-kery hanatanteraka ny asan'ny Tompo. Ny Tompo dia manantena anao hiasa am-pahazotoana—am-paharetana ary amin'ny alalan'ny ezaka sy fitandremana lehibe. Ny misiônera mazoto dia miasa araka ny tokony ho izy sy amin'ny fomba mahomby. Ny fahazotoana amin'ny asa fitoriana ny filazantsara dia fanehoanao fitiavana ho an'ny Tompo sy ho an'ny Asany. Rehefa mazoto ianao dia mahita fifaliana sy fahafaham-po amin'ny asanao.

Manaova zavatra tsara maro amin'ny nahim-ponareo (jereo F&F 58:27). Aza miandry ny mpitarika anao hilaza izay tokony ataonao. Manohiza mandra-pahavitanao izay azonao atao, eny fa na dia reraka aza ianao. Mifantoha amin'ny zavatra manan-danja indrindra ary ialao ny fandaniam-potoana. Mivavaha mba hahazo fitarihana sy hery. Manaova fandaharam-potoana tsy tapaka ary mahomby. Ialao izay zavatra mety hahavariana ny eritreritrao na tsy hampandeha ny asa ataonao.

> *"Nilaza matetika aho hoe ny iray amin'ireo tsiambaratelo lehibe amin'ny asa fitoriana dia ny asa! Raha miasa ny misiônera iray dia hahazo ny Fanahy; ary rehefa mahazo ny Fanahy izy dia hampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy; ary rehefa mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy izy dia hahakasika ny fon'ireo olona ary ho faly. Tsy hisy intsony ny fanembonana te-hody, tsy hiasa saina momba ny fianakaviana, fa ny fotoana sy ny talenta ary ny fahafinaretana rehetra dia mifantoka amin'ny asa fanompoana. Miasa, miasa, miasa—tsy misy azo anoloina izany ka mety mahafa-po kokoa, indrindra indrindra eo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara."*
>
> – NY FILOHA EZRA TAFT BENSON
> *THE TEACHINGS OF EZRA TAFT BENSON* (1988), 200

### Fandalinana Soratra masina

**Inona no dikan'ny hoe mazoto?**

| | | |
|---|---|---|
| Môrônia 9:6 | F&F 107:99–100 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fahazotoana" |
| F&F 10:4 | | |

**Nahoana ny Tompo no manantena anao hazoto?**

| | | |
|---|---|---|
| F&F 75:2–5 | F&F 127:4 | F&F 130:20–21 |
| F&F 123:12–14 | | |

**Ahoana no fomba ifandraisan'ny fahazotoana sy ny fahafahana misafidy?**

| | |
|---|---|
| Môsià 4:26–27 | F&F 58:26–29 |

Fanamarihana

## Ny Fankatoavana

Amin'ny maha-misiônera anao dia andrandraina ianao hankatò ny didy an-tsitrapo sy ny lalàn'ny misiôna ary hanaraka ny torohevitr'ireo mpitarika anao. Ny fankatoavana no lalàna voalohan'ny lanitra. Fanehoam-pinoana izany. Indraindray ianao dia mety takiana hanao zavatra izay tsy azonao tanteraka ny dikany. Rehefa mankatò ianao dia mitombo finoana, fahalalana, fahendrena, fijoroana ho vavolombelona, fiarovana, ary fahafahana. Miezaha ny hankatò ny Tompo sy ny mpaminany velona ary ny filohan'ny misiônanao.

> *"Ny fifehezana hita ao anatin'ny fankatoavana isan'andro sy ny fiainana madio sy marina dia mitondra fitaovam-piarovana ho an'ny tenanao ary ahazoana fiarovana amin'ireo fakam-panahy izay manafika anao mandritra ny famakivakianao ny fiainana an-tany."*
>
> – NY LOHOLONA L. TOM PERRY
> "CALLED TO SERVE," *ENSIGN*, MAY 1991, 39

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no dikan'ny hoe mankatò?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 2:3 | F&F 82:8–10 | Jaona 14:15 |
| Môsià 5:8 | Matio 7:24–27 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fankatoavana, mpankatò, mankatò" |
| Môsià 15:7 | Jaona 7:17 | |

**Inona no azonao ianarana avy amin'ireto soratra masina ireto mikasika ny fankatoavana?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 3:7 | F&F 105:6 | 2 Mpanjaka 5:1–14 |

**Nahoana no nankatò tamin'ny antsipiriany ireo zatovolahy miaramilan'i Helamana? Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana azy ireo?**

| | |
|---|---|
| Alma 56:45–48 | Alma 57:21–27 |

## Fampivoarana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy

Rehefa mianatra sy mikatsaka ny hampivoatra ireo toetra voafaritra ato amin'ity fizarana ity ianao sy ireo toetra hafa hita ao amin'ny soratra masina dia mety hanampy anao ity drafitra manaraka ity:

- Fantaro ilay toetra izay tianao hianarana.
- Soraty ny famaritana sy fanoritana ilay toetra.
- Raketo an-tsoratra ireo fanontaniana mila valiny rehefa mianatra ianao.
- Ataovy lisitra sy alalino tsirairay ireo andinin-tsoratra masina izay mampianatra mikasika ilay toetra.
- Raketo an-tsoratra ny fahatsapanao sy izay ao an-tsainao.
- Mametraha tanjona ary manaova drafitra mba hampiharana ilay toetra eo amin'ny fiainanao.
- Mivavaha mba hanampian'ny Tompo anao hampivoatra ilay toetra.
- Tombatombano matetika ny ezaka vitanao amin'ny fampivoarana ireo toetra tsirairay.

Fanamarihana

## Asa atao: Fandalinana Manokana

Mitadiava toetra iray avy ato amin'ity fizarana ity na avy amin'ny soratra masina. Manaraha ny drafitra izay hita eo ambony mba hahazoana tsara kokoa sy hiomanana hampivoatra ilay toetra.

Jereo ny soratra eo amin'ny famantaran'anarana eo amin'ny tratra. Inona no maha samy hafa ny famantaran'anarana eo amin'ny tratranao amin'ny anaovan'ny mpiasa amina orinasa iray? Mariho fa ny zavatra manan-danja roa dia ny anaranao sy ny anaran'ny Mpamonjy. Ahoana no ahafahanao mahazo antoka fa misolo tena ny Mpamonjy ianao amin'ny maha-mpianany anao? Inona no maha-zava-dehibe ny fampiarahan'ny olona ny anaranao amin'ny an'ny Mpamonjy amin'ny lafiny tsara? Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ireo eritreritrao.




## Fandalinana Soratra masina

**Inona avy ireo toetra voatanisa ao amin'ny soratra masina?**

Môsià 3:19
Alma 7:23
F&F 4
F&F 121:41–45
Fanekem-pinoana 1:13
Filipiana 4:8
2 Petera 1:5–8

## Tadidio Ireto

- Mila ho misiônera tahaka an'i Kristy ianao, fa tsy manao fotsiny ny zavatra fanaon'ny misiônera.
- Ny fianarana ho tahaka an'i Kristy dia ezaka tsy manam-piafarana.
- Manaraka ny ohatr'i Kristy ianao—sy mampivoatra ireo toetra tahaka ny Azy—asa sy fanapahan-kevitra iray isaky ny manao izany.
- Ny fiovana ho tonga tahaka an'i Kristy dia mitaky fampiharana finoana, fibebahana, fitandremana ny fanekempihavanana, fandraisana ny Fanahy Masina bebe kokoa, ary faharetana hatramin'ny farany.

Fanamarihana

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy ny Fampiharana

## Fandalinana Manokana

- Manomàna lahateny maharitra dimy minitra mikasika ny iray amin'ireo toetra izay voadinika ato amin'ity fizarana ity.
- Jereo ny fomba nanehoan'ny Mpamonjy ohatra tamin'ireo toetra voafaritra ato amin'ity fizarana ity amin'ny alalan'ny fampiasana ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina. Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao izay zavatra nianaranao.
- Fenoy matetitetika ny "Fampiharana momba ny toetra" any amin'ny faran'ity fizarana ity.
- Mitadiava toetra iray ao amin'ity fizarana ity. Manontania tena hoe:
  - Ahoana no fomba hampivoarako ity toetra ity?
  - Inona no zavatra mila miova ato am-poko, ato an-tsaiko, ary amin'ny ataoko mba hampivoatra ity toetra ity?
  - Ahoana no fomba ahafahan'ny fitandremako fanekempihavanana hanampy ahy eo amin'ny fampivoarako ity toetra ity?
  - Ahoana no fomba ahafahan'ny fampiavoarako ity toetra ity hanampy ahy ho mendrika ny Fanahy Masina sy ho tonga mpanompo mahery kokoa ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?
- Mitadiava ohatra amin'ireo toetra tahaka ny an'i Kristy teo amin'ny fiainan'ny olona ao amin'ny soratra masina. Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao ny fahatsapanao.

## Fandalinan' ny mpiara-mitory

- Alalino ny mikasika ny toetra tahaka ny an'i Kristy ao amin'ireo boky ampiasain'ny misiônera.
- Diniho ny fifandraisana misy eo amin'ireo karazan-toetra. Ohatra hoe:
  - Ahoana no fomba ifandraisan'ny finoana sy ny fahazotoana?
  - Amin'ny fomba ahoana no mampifandray ny fanetrentena sy ny fitiavana?
  - Ahoana no fomba hanamafisan'ny fahalalana ny faharetana?

## Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Asaivo mifidy iray amin'ireo toetra ato amin'ity fizarana ity na ao amin'ny soratra masina ny misiônera tsirairay ary asaivo manomana lahateny maharitra dimy minitra izy ireo momba izany toetra izany miaraka amin'ireo soratra masina izay nanampy azy ireo, andro maromaro mialohan'ny fivorian'ny distrika na fivoriam-paritra.

  Omeo fotoana ny misiônera vitsivitsy hizarany ny lahateniny mandritra ny fivoriana.
- Zarao ho vondrona telo ireo misiônera ary omeo ireto andraikitra manaraka ireto:

  *Vondrona 1:* Vakio 1 Nefia 17:7–16 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
  - Ahoana no fomba nampiharan'i Nefia ny finoany?
  - Inona no zavatra nataon'i Nefia izay tahaka ny toetran'i Kristy?
  - Inona no fampanantenana nataon'ny Tompo tamin'i Nefia raha toa ka mahatoky sy mitandrina ny didy izy?

Fanamarihana

- Ahoana no fomba hampiharana ity tantara ity eo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara?

*Vondrona 2:* Vakio Jakôba 7:1–15 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
- Nahoana no natanjaka tsara ny finoan'i Jakôba ka ampy nanoherany ny fanafihan'i Serema?
- Ahoana no fomba nampiharan'i Jakôba ny finoany teo am-piresahany tamin'i Serema?
- Ahoana no naha-tahaka ny toetran'i Kristy an'ireo zavatra nataon'i Jakôba?
- Inona no azontsika atao mba hananana finoana tahaka ny an'i Jakôba?

*Vondrona 3:* Vakio Joseph Smith—Tantara 1:8–18, ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:
- Tamin'ny fomba ahoana no nampiharan'i Joseph Smith ny finoana an'i Jesoa Kristy?
- Ahoana no fomba nitsapana ny finoany?
- Inona no zavatra nataony izay tahaka ny toetran'i Kristy?
- Inona no azontsika atao mba hanarahana ny ohatr'i Joseph Smith?

Rehefa nahavita ireo vondrona tsirairay, dia atambaro ireo misiônera ary asaivo mizara ny zavatra nodinihiny izy ireo.

- Mizarà zava-nitranga iray izay nandraisanao fitahiana na aingam-panahy tamin'ny alalan'ny finoan'ny olona iray hafa.

- Asaivo manaraka ny ao amin'ny "Fampiharana momba ny toetra" ireo misiônera. Omeo taratasy kely tsirairay avy izy ireo hanoratany ny valin-teniny.

  Rehefa nahafeno ny taratasiny izy ireo dia asaivo mametraka tanjona manokana.

  Asaivo mizara izay zavatra nianarany sy ny fahatsapany nandritra ny famenoany ilay taratasy ny misiônera vitsivitsy.

  Mijoroa ho vavolombelona mikasika ny maha-zava-dehibe ny fampivoarana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy.

## Ny Filohan'ny Misiôna

- Asaivo mamaky ny iray amin'ny bokin'ny Filazantsara efatra ao amin'ny Testamenta Vaovao na ny 3 Nefia 11–28 ny misiônera. Asaivo tsipihiny izay nataon'ny Mpamonjy ka azon'izy ireo atao koa.

- Ampiasao ny fametrahana tanjona sy fandaharam-potoana mba hampianarana ireo misiônera mikasika ny fahazotoana. Asehoy fa ny fahazotoana hifantoka amin'olona dia fanehoana fitiavana.

- Asaivo miresaka momba ny toetra izay ezahiny hatsaraina ireo misiônera mandritry ny dinidinika.

- Asao ireo misiônera hitantara ireo toetra tahaka ny an'i Kristy izay ankafiziny eo amin'ny mpiara-mitory aminy mandritry ny fivoriam-paritra.

# FAMPIHARANA MOMBA NY TOETRA

Vakio tsara ireto zavatra eto ambany ireto. Jereo ny fahamarinan'ireo filazana mikasika ny momba anao ary fidio amin'ireo valim-panontaniana isafidianana izay valiny mifanentana amin'izany. Soraty ao anaty diarim-pianaranao ny valin-teninao amin'ireo sokajy tsirairay. Ny fitomboana ara-panahy dia lalam-pandrosoana miandalana, ary tsy misy iray izay tanteraka, koa mety hanombatombana ny tenanao ho tsara kokoa amin'ny sokajy sasany ianao mihoatra noho ny amin'ny sokajy hafa.

Valim-panontaniana Isafidianana 1 = tsy ... mihitsy 2 = indraindray 3 = matetika 4 = saika mandrakariva 5 = mandrakariva

## Ny Finoana

____ 1. Mino an'i Kristy aho ary manaiky Azy ho Mpamonjiko. (2 Nefia 25:29)
____ 2. Matoky aho fa tia ahy Andriamanitra. (1 Nefia 11:17)
____ 3. Manam-pahatokiana ampy aho hanekeko ny sitrapon'ny Mpamonjy sy hanaovako izay rehetra asainy ataoko. (1 Nefia 3:7)
____ 4. Mino tanteraka aho fa afaka ho voavela amin'ny otako rehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. (Enôsa 1:5–8)
____ 5. Manam-pinoana ampy amin'i Kristy aho ahafahako mahazo valiny amin'ireo vavaka ataoko. (Môsià 27:14)
____ 6. Mieritreritra ny Mpamonjy aho mandritry ny andro ary mahatsiaro ny zavatra nataony ho ahy. (F&F 20:77, 79)
____ 7. Manana ny finoana ilaina aho ahafahako manao izay hitrangan'ny zavatra tsara eo amin'ny fiainako sy eo amin'ny fiainan'ny hafa. (Etera 12:12)
____ 8. Fantatro tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa marina ny Bokin'i Môrmôna. (Môrônia 10:3–5)
____ 9. Manana finoana ampy an'i Kristy aho hanatanterahako izay tiany ho ataoko—eny hatramin'ny fahagagana aza raha ilaina izany. (Môrônia 7:33)

## Ny Fanantenana

____ 10. Iray amin'ireo faniriako lehibe indrindra ny handova ny fiainana mandrakizay any amin'ny fanjakana selestialin'Andriamanitra. (Môrônia 7:41)
____ 11. Matoky aho fa hahita fifaliana sy fahombiazana amin'ny misiônako. (F&F 31:3–5)
____ 12. Mahatsapa fiadanana sy manantena ny tsara rehetra aho momba ny ho avy. (F&F 59:23)
____ 13. Matoky tanteraka aho fa indray andro any dia honina hiaraka amin'Andriamanitra ary ho tonga tahaka Azy. (Etera 12:4)

## Ny Fiantrana sy Fitiavana

____ 14. Manana faniriana marina aho ny mba hahazoan'ny hafa fahasambarana sy fifaliana mandrakizay. (Môsià 28:3)
____ 15. Rehefa mivavaka aho dia mangataka fiantrana—ilay fitiavana madion'i Kristy. (Môrônia 7:47–48)
____ 16. Miezaka ny hahatakatra ny fahatsapan'ny hafa sy ny hevitry ny hafa aho. (Joda 1:22)
____ 17. Mamela ireo izay nanao ratsy na fahadisoana tamiko aho. (Efesiana 4:32)
____ 18. Miezaka ny hanampy ny hafa aho rehefa sahirana na kivy izy ireo. (Môsià 18:9)
____ 19. Manambara ny fitiavako sy ny firaharahiako ny hafa amin'ny fotoana mahamety izany aho. (Lioka 7:12–15)
____ 20. Mikatsaka ireo fotoana ahafahana manompo ny hafa aho. (Môsià 2:17)
____ 21. Milaza zavatra tsara momba ny hafa aho. (F&F 42:27)
____ 22. Tsara toetra sy maharitra amin'ny hafa aho, eny fa na dia sarotra aza ny mifanaraka amin'izy ireo. (Môrônia 7:45)
____ 23. Mahita fifaliana aho amin'ny fahombiazan'ny hafa. (Alma 17:2–4)

## Ny Hatsaran-toetra

____ 24. Mazava sy madio am-po aho. (Salamo 24:3–4)
____ 25. Tsy manam-paniriana ny hanao ratsy aho fa ny hanao ny tsara. (Môsià 5:2)
____ 26. Azo itokiana aho—ataoko daholo izay nolazaiko ho atao. (Alma 53:20)
____ 27. Mifantoka amin'ny eritreritra marina sy madio aho ary manala ireo eritreritra ratsy tsy ho ao an-tsaiko. (F&F 121:45)
____ 28. Mibebaka amin'ireo fahotako aho ary miezaka ny handresy ireo fahalemeko. (F&F 49:26–28)
____ 29. Mahatsapa ny fiantraikan'ny Fanahy Masina aho eo amin'ny fiainako. (F&F 11:12–13)

## Ny Fahalalana

____ 30. Matoky ny fahalalako ny fotopampianarana sy ny fitsipikin'ny filazantsara aho. (Etera 3:19–20)
____ 31. Mandalina isan'andro ny soratra masina aho. (Jaona 5:39)
____ 32. Mikaroka am-pahazotoana ny hahatakatra ny fahamarinana aho sy ny hahita valiny amin'ireo fanontaniako. (F&F 6:7)
____ 33. Mandray fahalalana sy fitarihana amin'ny alalan'ny Fanahy aho. (1 Nefia 4:6)
____ 34. Tiako sy lalaiko ireo fotopampianarana sy fitsipiky ny filazantsara. (2 Nefia 4:15)

## Ny Faharetana

____ 35. Miandry am-paharetana ny fahatanterahan'ny fitahiana sy ireo fampanantenan'ny Tompo aho. (2 Nefia 10:17)
____ 36. Mahandry ireo zavatra andrandraiko tsy am-pahatezerana na am-pikorontanantsaina aho. (Romana 8:25)
____ 37. Maharitra sy mahari-po amin'ireo fanamby sedraina amin'ny maha-misiônera ahy aho. (Alma 17:11)
____ 38. Maharitra amin'ireo fahadisoana sy fahalemen'ny hafa aho. (Romana 15:1)
____ 39. Maharitra amin'ny tenako aho ary miantehitra amin'ny Tompo eo am-piezahana handresena ireo fahalemeko. (Etera 12:27)
____ 40. Miatrika ireo fizahan-toetra sy fahoriana am-pilaminana sy am-panantenana aho. (Alma 34:40–41)

## Ny Fanetrentena

____ 41. Malemy fanahy aho ary tsy miavona am-po. (Matio 11:29)
____ 42. Miantehitra amin'ny Tompo aho amin'ny fanampiana. (Alma 26:12)
____ 43. Mankasitraka marina ny fitahiana voaraiko tamin'ny Tompo aho. (Alma 7:23)
____ 44. Ny vavaka ataoko dia am-pitalahoana sy amin-kitsimpo. (Enôsa 1:4)
____ 45. Mankasitraka ireo fitarihana avy amin'ny mpitarika sy mpampianatra ahy aho. (2 Nefia 9:28)
____ 46. Miezaka ny hanaiky ny sitrapon'ny Tompo aho, na inona na inona izany. (Môsià 24:15)

## Ny Fahazotoana

____ 47. Miasa am-pahombiazana aho, na dia tsy misy fanerena na fanaraha-maso akaiky ataon'ny tompon'andraikitra aza. (F&F 58:26–27)
____ 48. Mampifantoka ny ezaka ataoko amin'ireo zavatra manan-danja indrindra aho. (Matio 23:23)
____ 49. Manao vavaka manokana aho farafahakeliny in-droa isan'andro. (Alma 34:18–27)
____ 50. Mifantoka amin'ny antsoko amin'ny maha-misiônera ahy ny saiko. (F&F 4:2, 5)
____ 51. Mametraka tanjona sy manao fandaharam-potoana tsy tapaka aho. (F&F 88:119)
____ 52. Miasa mafy aho mandram-pahatanterahako ny asako antsakany sy andavany. (F&F 10:4)
____ 53. Mahita fifaliana sy fahafaham-po amin'ny asako aho. (Alma 36:24–25)

## Ny Fankatoavana

____ 54. Rehefa mivavaka aho dia mangataka hery handresena fakam-panahy sy hanaovana ny tsara. (3 Nefia 18:15)
____ 55. Mitandrina ireo didy takiana aho mba ho mendrika ny fahazoan-dalana hiditra ny tempoly. (F&F 97:8)
____ 56. Mankatò an-tsitrapo ny lalàn'ny misiôna aho ary manaraka ny torohevitr'ireo mpitarika ahy. (Hebreo 13:17)
____ 57. Miezaka ny hiaina mifanaraka amin'ireo lalàna sy fitsipiky ny filazantsara aho. (F&F 41:5)



# Ahoana no Fomba Ianarako Tsara Kokoa ny Fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônako?

Fanamarihana

**Diniho ireto**

- Nahoana aho no tsy maintsy manatsara tsy tapaka ny fahaizako ny fiteny?
- Ahoana no fomba ahafahako manatsara ny fahaizako miteny sy mampianatra amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônako?
- Ahoana no ahafahako mahazo fanomezam-pahasoavana amin'ny fiteny?

## Miomana Ara-panahy

Nilaza ny Tompo hoe, "Handre ny fahafenoan'ny filazantsara amin'ny teniny avy ny olona tsirairay ary amin'ny fiteniny avy, amin'ny alalan'ireo izay voatokana ho amin'izany fahefana izany" (F&F 90:11). Hamafiso ny fijoroana ho vavolombelona ananananao mba hitondra hery manova fo eo amin'ny teninao. Alalino amin'ny tenin-drazanao aloha ny fotopampianarana sy ny lesona. Izany fahatakaranao izany dia hanamafy ny fijoroanao ho vavolombelona sy ny fahaizanao mampianatra sy mijoro ho vavolombelona am-pandresen-dahatra. Rehefa izany dia afaka mianatra ny hampita ny hafatry ny Famerenana ny Filazantsara amin'ny laoniny amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao ianao eo ambany fitarihan'ny Fanahy.

Voatanisa eto ambany ireo fomba izay ahafahanao manamafy ny finoanao fa hanampy anao hampianatra sy hijoro ho vavolombelona amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao ny Tompo:

- Ataovy tsapanao fa nantsoin'Andriamanitra ianao tamin'ny alalan'ny mpaminany.

Sary: GettyImages.com. Tsy azo adika.

Fanamarihana

- Miainà amin'ny fomba mendrika ny fiarahan'ny Fanahy Masina.
- Ankatoavy ny didy sy ireo fitsipiky ny misiônera.
- Mivavaha amin-kitsim-po mba hahazo ny fanampian'Andriamanitra.
- Alalino sy ampiharo ary ampiasao isan'andro ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiôna.

## Aoka Ianao Hanolo-tena sy Hazoto

Mitaky ezaka maharitra ny fianarana mampianatra amin'ny fomba mahomby amin'ny fiteny ampisaina ao amin'ny misiônanao. Aza gaga raha toa ka sahalan'ny mafy izany asa izany amin'ny voalohany. Mila fotoana ny fianarana ny fiteny. Aoka haharitra amin'ny tenanao ianao. Mangataha ny fanampiana avy amin'ny mpiara-mitory aminao, ny mpikambana, sy ny naman'ny Fiangonana, ary ny misiônera hafa.

Aza mitsahatra manatsara ny fahaizanao miteny raha vao manomboka mahazo izay lazainao ny olona. Rehefa mitombo ny fahaizanao miteny dia hihaino kokoa izay lazainao ny olona fa tsy ny fomba ilazanao izany. Hihena ny fanahianao amin'ny fomba hampitanao ny fahatsapana ao am-ponao. Afaka ny hamaly tsara kokoa ny filan'ireo naman'ny Fiangonana sy ny bitsiky ny Fanahy ianao.

Miezaha hifehy ilay fiteny mandritran'ny misiônanao ary aorian'ny fodianao. Nitahy anao fatratra ny Tompo ary mety hisy ilàny izany fahaizanao miteny izany amin'ny fiainanao ho avy. Nanazava ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Izahay dia . . . manantena fa ny misiônera tsirairay izay mianatra fiteny vaovao hitoriana dia hifehy izany amin'ny fomba rehetra izay mety. . . . Ary raha manao izany ianao dia hihatsara ny fahaizanao mitory sy mijoro ho vavolombelona. Handray tsara kokoa anao ireo naman'ny Fiangonana ary hanaitra ara-panahy kokoa azy ireo ianao. . . . Aza mionona amin'ny voambolana fototra ilain'ny misiônera fotsiny. Miezaha hianatra izay rehetra vitanao momba ny fiteny dia hahazo vahana bebe kokoa eo amin'ny fon'ny olona ianao" (fampielezana amin'ny alalan'ny zana-bolana ho an'ny misiônera, Aog. 1998).

Tsy irery ianao eo am-pianarana ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao. Isaky ny manome didy ny Tompo dia manomana lalana hanatanterahana izany (jereo 1 Nefia 3:7). Katsaho ny fanampiany. Milofosa ao amin'ny fandalinanao. Rehefa tonga ny fotoana dia ho azonao ireo fahaizana miteny izay ilaina hanatanterahana ny tanjonao amin'ny maha-misiônera anao.

## Mianara Teny Anglisy

Raha tsy mahay miteny Anglisy ianao dia tokony hianatra izany amin'ny maha-misiônera anao. Hanampy anao izany mandritry ny misiônanao sy mandritry ny fiainanao. Ny fianarana teny Anglisy dia ahafahanao manampy hanangana ny fanjakan'ny Tompo amin'ny fomba hafa ary ho tonga fitahiana ho anao sy ny fianakavianao izany. Hanampy anao ireo soso-kevitra maro hita ato amin'ity fizarana ity. Mifantoha manokana amin'ireto manaraka ireto:

- Mametraha tanjona ny hiresaka amin'ny teny Anglisy amin'ny mpiara-mitory aminao. Raha toa ka efa mahay teny Anglisy ny mpiara-mitory aminao ary miezaka ny mianatra ny fiteninao dia afaka misafidy ny hiresaka amin'ny teny Anglisy ianareo rehefa ao an-trano ary amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiôna rehefa any ivelany.
- Mamakia ny bokin'i Môrmôna amin'ny teny Anglisy miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao. Afaka mifandimby ihany koa ianareo: mamaky andininy iray amin'ny teny

Anglisy ianao ary avy eo ny mpiara-mitory aminao mamaky andininy iray amin'ny fiteny ampisaina ao amin'ny misiôna. Mifanitsia amin'ny fomba fanononana sy ny lantom-peo.

- Mangataha torohevitra amin'ny filohan'ny misiônanao amin'ny fampiasana bokim-pitsipi-pitenenana tsotra amin'ny teny Anglisy raha mbola tsy manana ianao.

## Fitsipi-pianarana ny Fiteny

Ity fizarana ity dia mamaritra ireo fitsipika hanampy anao hianatra sy handalina ny fiteny amin'ny fomba mahomby bebe kokoa.

- **Mandraisa andraikitra.** Mametraha tanjona eo amin'ny fianaranao ny fiteny sy ny drafi-pianaranao na ahitsio tsy tapaka izany. Miezaha mampiasa ny fiteny amin'ny fotoana rehetra.
- **Omeo lanjany ny fianaranao.** Manontania tena hoe: Inona no antony ianarako ity? Ahoana no hanampian'izany ahy hahay hifandray kokoa amin'ny olona? Ampifandraiso amin'ny toe-javatra tena misy sy ny asa atao andavanandro ny zavatra ianaranao. Ianaro ny lafiny sasany amin'ny fiteny izay hanampy anao hilaza izay tianao lazaina. Ohatra, raha toa ka misy tantara ara-tsoratra masina tianao ampidirina ao amin'ny fampianaranao dia ianaro ny voambolana sy fitsipi-pitenenana ilaina hitantarana izany.
- **Miezaha miresaka amin'olona.** Katsaho ny hampifandanja ny fianarana ny fitsipi-pitenenana sy ny rafitry ny fiteny ary ny fianarana amin'ny alalan'ny asa ataonao andavanandro. Tsy misy azo asolo ny firesahana amin'ireo tompon'ny teny.
- **Mianara zava-baovao hatrany.** Afaka ny hahatsiaro sy hampiasa amin'ny fomba mahomby ireo fitsipi-pitenenana ianao raha toa ka mamerina matetika ny zavatra nianaranao ary raha mampihatra izany indray amin'ny toe-javatra vaovao.

## Mamorona Drafi-pianarana ny fiteny

Ny drafi-pianarana ny fiteny dia hanampy na ny misiônera vaovao na ny efa manana traikefa, mba hifantoka amin'ny zavatra azon'izy ireo atao isan'andro hanatsarana ny fahaizany miteny ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônany. Ny drafitrao dia ahitana ny zavatra hianaranao mandritry ny fotoam-pianarana ny fiteny sy ny zavatra hataonao mandritry ny andro.

Raha ilaina dia ampiasao ny fotoam-pianaranao ny fiteny hamoronana na hanitsiana ny drafi-pianaranao. Ary isa-maraina mandritry ny fotoam-pianaranao ny fiteny dia mianara ny fiteny izay ilaina amin'ny asa ataonao amin'io andro io. Ireto torolalana manaraka ireto dia hanampy anao amin'ny famoronana ny drafi-pianaranao manokana ny fiteny:

1. **Mametraha tanjona.** Hanampy anao hianatra ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao ny tanjona isan'andro sy isan-kerinandro. Afantohy amin'ny fanatsarana ny fahaizana miresaka sy mampianatra ireo tanjonao mandritry ny asa efa voalamina ho atao, toy ny fotoam-pampianarana, fotoana fitadiavan'olona, ary ny fivorian'ny filan-kevitry ny paroasy. Avereno dinihina ny fandrosoanao eo amin'ny fanatratrarana ny tanjonao eo amin'ny fiteny. Manontania tena momba izay azonao atao ahafahanao mifandray mazava tsara sy amin-kery kokoa amin'olona mandritry ny asa efa voalamina ho ataonao.

Fanamarihana

**2. Safidio izay fitaovana ampiasaina.** Avereno dinihina ireto fitaovana ianarana ny fiteny manaraka ireto ary safidio izay azonao ampiasaina hanatratrarana ny tanjonao:

- Ireo soratra masina nankatoavina amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.
- Ny leson'ny misiônera amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.
- Rakibolana fanao am-paosy.
- Bokim-pitsipi-pitenenana kely.
- Ireo fitaovana ianarana ny fiteny tany amin'ny Foibe Fanofanana Misiônera.
- Taratasy fandraisana naoty.
- Bokikely fitadidiana fanao am-paosy.




- Fitaovana hafa ampiasain'ny Fiangonana amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.

**3. Mitadidiava voambolana sy andian-teny.** Fantaro ireo voambolana sy andian-teny izay hanampy anao hahatratra ny tanjonao. Ny drafi-pianaranao dia mety ahitana ireto hevitra manaraka ireto:

- Tadiavo ireo voambolana sy andian-teny ao amin'ny lesona, sy ao amin'ireo bokikely, sy ny soratra masina, ary ireo boky hafa navoakan'ny Fiangonana izay azonao ampiasaina rehefa mampianatra.
- Soraty ao anatin'ny bokikely fitadidianao ireo teny na andian-teny tsy hainao. Mitondrà rakibolana kely ary jereo ao ireo teny ireo.
- Mitondrà taratasy fandraisana naoty ianarana mandritry ny tontolo andro. Manorata teny na andian-teny iray eo andaniny ary ny famaritana izany eo ankilany. Atokano ireo teny izay efa hainao. Ianaro ireo teny ambiny mandra-pahaizanao azy rehetra.
- Ampiasao ao anaty fehezan-teny ireo teny na andian-teny mandritry ny fandalinana manokana, mandritry ny fampianarana, ary mandritry ny tontolo andro.
- Manaova fanazarana amin'ny fanononana amin'ny alalan'ny fanononana mafy ireo teny sy andian-teny vaovao.
- Mitadidiava soratra masina manan-danja amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.
- Mitadidiava fanambarana tsotra avy amin'ny lesona na bokikely izay hampitana ireo fitsipiky ny filazantsara manan-danja. Mitadiava fomba hafa entina hilazana ireo hevitra ireo.

**4. Mianara fitsipi-pitenenana.** Ampiasao ireo fitaovana entinao ianarana ny fiteny mba hamantarana ireo fitsipi-pitenenana izay hanampy anao hanatratra ny tanjonao. Raha ilaina dia mangataha fanampiana amin'ny mpiara-mitory aminao na ny misiônera efa manana traikefa na ny mpikambana. Diniho ny fampidirana ny sasany amin'ireto hevitra manaraka ireto:

- Ampiasao ny bokim-pitsipi-pitenenana azonao tany amin'ny Foibe Fanofanana Misiônera na boky nahazoana alalana tamin'ny filohan'ny misiôna hanampiana

Fanamarihana

anao hahazo ny fitsipi-pitenenana sy ireo drafitry ny fehezan-teny hita ao amin'ny lesona, sy bokikely, ary soratra masina.

- Manomàna fehezan-teny ho ampiasaina amin'ny asa efa voalamina ho ataonao izay ampiharana ireo fitsipi-pitenenana ireo. Mizara miteny sy manoratra ireo fehezan-teny ireo.
- Tandremo ny filahatry ny teny amin'ilay fiteny ary koa ireo teny sy ny sokajiny.
- Mitadiava fotoana ahafahana manao fanazarana sy fampiharana ny fitsipi-pitenenana izay ianaranao isan'andro.

**5. Mihainoa amim-pahavitrihana.** Diniho ny fampidirana ireto manaraka ireto:

- Mihainoa tsara ireo tompon'ny teny. Alaivo tahaka izay zavatra renao.
- Raha toa ianao mahare zavatra tsy azonao dia raiso an-tsoratra izany ary fantaro ny dikany. Mizara mampiasa ny voambolana na ny drafitry ny fehezan-teny.
- Rehefa mihaino ianao dia fantaro ireo voambolana sy fomba fiteny izay vao avy nianaranao.
- Raha toa ianao maheno fehezan-teny izay ambara amin'ny fomba hafa noho ny filazanao azy dia raiso an-tsoratra izany ary ampiharo. Kanefa amin'ny mahampanompon'ny Tompo anao dia mampiasà hatrany fiteny mifanaraka amin'izany, fa tsy fitenin-jatovo.
- Manaova lisitr'ireo zavatra mety ho avalin'ny olona aminao mandritry ny asa atao efa voaomanao. Tadiavo ireo teny sy andian-teny mifandray amin'ireo valin-teny ireo. Manomàna sy manaova fampiharana ny fomba izay ahafahanao mamaly ny olona.

**6. Hatsarao ny fahaizanao mamaky sy manoratra.** Vakio amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao ny Bokin'i Môrmôna mba hianaranao voambolana sy andian-teny ary mba hizarana amin'ny fitsipi-pitenenana, ny fanononana, ary ny hakingana miteny. Misy hery lehibe ny fampiasana ny soratra masina ao amin'ny fianaranao ny fiteny. Diniho koa ireto hevitra manaraka ireto:

- Mianara mamaky sy manoratra ny abidia, ny soratra, na ny litera amin'ny fiteninao. Ho an'ny fomba fanoratra mifototra amin'ny litera na kisary dia mifantoha amin'ny fahaizana mamaky, toa ny famakiana soratra masina, izay hanampy anao rehefa mampianatra.
- Mamakia mafy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ireo soratra masina hafa na gazetibokin'ny Fiangonana amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao. Mariho tsara ireo voambolana sy andinin-teny ary fitsipi-pitenenana izay tsy mahazatra anao. Raha toa ka tsy azonao ny dikan'ny teny iray dia miezaha hahatakatra ny dikany avy amin'ny fandinihana ny toe-javatra mitranga ao amin'ny tsongan-dahatsoratra ahitana azy alohan'ny ijerenao izany. Ampidiro ao amin'ny taratasy fandraisanao naoty izany teny izany. Ampiasao miaraka ny soratra masina amin'ny fiteninao sy amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao raha toa ka ilaina izany.
- Makà olona iray ho mpanazatra anao amin'ny fanononana, lantom-peo, ary ny fiatoana rehefa mamaky ianao.
- Mizara manoratra amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao—ohatra, amin'ny fanamarihana sy ny fampahatsiahivana manokana, taratasy, fisaorana an-tsoratra, ary fankaherezana an-tsoratra. Soraty ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay zarainao ny fijoroanao ho vavolombelona.

**7. Mangataha fanampiana amin'ny hafa.** Diniho ny fampidirana ireto hevitra manaraka ireto:

Fanamarihana



- Raha toa ka tompon'ny teny ny mpiara-mitory aminao dia araraoty izany fotoana tsara izany hametrahana fanontaniana matetika sy hangatahana fanitsiana avy aminy.
- Asaivo manitsy anao sy manome soso-kevitra amin'ny fomba ahafahana mivoatra ny mpiara-mitory aminao sy ireo tompon'ny teny. Raha toa ka mampiasa teny tsy azonao izy ireo dia angataho ny hamaritany izany ho anao. Matetika ny ankizy sy ny zokiolona dia vonona hanampy.
- Angataho koa ireo izay hampianarinao mba hanampy anao. Hazavao hoe "Mianatra ny fiteninareo aho. Mba ampio aho azafady. Raha toa ka sahirana aho mitady teny iray dia mba ampio aho amin'izany."
- Aza mihafahafa mangataka fanampiana manokana: "Ahoana no fiteny ny hoe ________ ?" "Ahoana no fanononana ny hoe ________ ?" "Inona no dikan'ny hoe ________ ?" "Mba azonao averina ve izay azafady?" Raiso an-tsoratra ny valiny ary ianaro.
- Mangataha mpikambana hanadina anao amin'ny zavatra noraisanao naoty na ny lisitry ny voambolana ary mba hanampy anao amin'ny famakianao mafy ny soratra masina.

**8. Tombano ary avereno dinihina ny drafi-pianaranao.** Avereno dinihina isan-kerinandro ny drafi-pianaranao ahafahanao manombatombana raha toa ka mety izany. Asao ny mpiara-mitory aminao sy ny mpitarika ao amin'ny misiôna hanoro hevitra amin'ireo lafiny ilana fanatsarana.

Ampiasao foana ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao amin'ny fotoana rehetra ahafahana manao izany. Miresaha lalandava amin'io fiteny io miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao mandritry ny tontolo andro. Mivavaha manokana sy ampahibemaso amin'io fiteny io mba hianarana ny fiteny fampiasa amin'ny vavaka sy mba hianarana mamoaka ny ao am-ponao.

Aza matahotra ny hanao diso. Na iza na iza mianatra fiteny vaovao dia manao diso. Hahazo izany ny olona ary hankasitraka ny ezaka ataonao amin'ny fianaranao ny fiteniny. Ny fitadidiana andian-teny sy soratra masina dia hanampy anao tsy hanao hadisoana kanefa tsy tokony hampiasa fomba fiteny lavabe notadidiana tsianjery sy nomanina mialoha ianao ho fomba hialana amin'ny fanaovana hadisoana.

**Asa atao: Fandalinana Manokana**

Mamoròna drafi-pianarana amin'ny alalan'ny fampiasana ireo torolalana etsy ambony. Avereno jerena miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao na ny mpitarika ao amin'ny misiônanao ny drafitrao.

## Mianara Miaraka amin'ireo Mpiara-mitory Aminao

Ampio ny mpiara-mitory aminao hahita fahombiazana sy hahazo fahatokiana amin'ny fianarana ny fiteny, amin'ny fomba faran'izay haingana. Ankasitraho amin-kitsim-po ary matetika ny mpiara-mitory aminao sy ireo misiônera hafa amin'ny fandrosoan'izy ireo. Mitandrema tsara mba tsy hitenenana na hanaovana zavatra izay mety hampihena ny fahatokiany, kanefa aza dia arovana be loatra izy ireo ka hanjary tsy hianatra. Aza mijanona manampy raha toa ka ilaina izany. Omeo fahafahana ny hampianatra sy hijoro

Fanamarihana

ho vavolombelona am-pahombiazana izy ireo. Diniho ireto hevitra manaraka ireto mba hianaranao miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao:

- Mifampianara ny fitsipi-pitenenana sy ny voambolana izay nianaranareo.
- Mizara mampianatra amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao. Amin'ny voalohany dia mety mampianatra amin'ny fomba tena tsotra ireo misiônera vaovao ary mizara fijoroana ho vavolombelona tsotsotra sy mamerina ireo soratra masina notadidiany. Afaka ny handray anjara feno kokoa amin'ny fampianarana ireo naman'ny Fiangonana izy ireo rehefa mitombo ny fahatokiany sy ny fahaizany.
- Mizara mampiasa ny fiteny hifampiresahana amin'ireo toe-javatra mahazatra iainan'ny misiônera.
- Mifanoroa hevitra amin'ny fomba mahomby sy tsotra am-pahatsaram-panahy. Zava-dehibe ihany koa ny fandraisanao tsy am-pahatezerana ny fanitsiana.

Jereo ny fomba nanampian'ny misiônera iray efa manana traikefa ny mpiara-mitory aminy ao amin'ity tantara marina manaraka ity.

> *Vao tonga teo amin'ny faritra faharoa hitoriako aho dia nolazain'ny mpiara-mitory amiko fa anjarako ny mizara vatsim-panahy amin'ny fotoana raikitra iray iarahana misakafo hariva. Tsy vitan'ny hoe natahotra fotsiny aho tamin'izay. Ny mpiara-mitory tamiko voalohany dia faly foana mampianatra ary zatra mizara ny anjarako kely tamin'ny lesona aho ary avy eo mihaino mandritra ny famelambelarany sy famaliany izay fanontaniana rehetra mipetraka.*
>
> *Niezaka ny nandresy lahatra ny mpiara-mitory amiko aho fa tokony izy no manao izany vatsim-panahy izany, kanefa namporisika ahy izy ny hanaovako izany anjara asa izany. Nanao fampiharana noho ny fanampiany aho.*
>
> *Rehefa tonga ny fotoana dia nosokafako ny soratra masina ary novakiako ny tao amin'ny 3 Nefia 5 sy 7. Sahirana tokoa aho kanefa vitako ny nanazava ny fahatsapako ny maha-zava-dehibe ny andinin-tsoratra masina nofidiako, ary nahatsapa ho maivamaivana aho rehefa vita ny nataoko. Rehefa nisy fanontaniana nipetraka dia nijery ny mpiara-mitory tamiko aho mba hamaliany nefa tsy manoka-bava izy. Talanjona aho tamin'izay raha nahavaly fanontaniana tamin'ny teny Frantsay nazava tsara. Mbola talanjona bebe kokoa aho raha nahita fa tsy nahatsapa akory ilay mpikambana fa tsy nahatoky tena aho teo amin'ny fahaizako miresaka. Nahazo toky aho ary nahafantatra tamin'izay fa tsara mihoatra ny fiheverako azy ny fiteniko ny teny Frantsay.*
>
> *Nandeha ireo herinandro ary navelan'ny mpiara-mitory amiko hampianatra foana aho—na dia nieritreritra aza aho fa mety tsy ho vitako izany ary na dia mety nanontany tena aza izy raha ho vitako izany na tsia. Ary satria namporisihany hiteny sy hihaino ary hampianatra aho dia nanomboka nihatsara haingana ny fahaizako miteny ary tsapako fa tonga fitaovana eo am-pelantanan'ny Raintsika any an-danitra aho fa tsy rahalahy mpiara-mitory izay mangina lava.*

**Asa atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

- Raha toa ka miara-miasa amina misiônera vaovao ianao, ahoana no fomba ahafahanao manampy bebe kokoa ny mpiara-mitory aminao hianatra ny fiteny?
- Raha toa ka misiônera vaovao ianao dia karazana fanampiana manao ahoana no angatahinao amin'ny mpiara-mitory aminao izay efa ela nitoriana?

## Fianarana ny Fomba Amam-panao sy ny Fiteny

Mifandray akaiky ny fiteny sy ny fomba amam-panao. Ny fahafantarana ny fomba amam-panao dia hanampy eo amin'ny fahatakarana ny antony mahatonga ny fiteny ho ampiasaina amin'ny fomba ampiasaina azy ankehitriny. Miezaha mahafantatra ny fombafomban'ny olona mba hahafahanao mampita ny lafiny manokan'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny amin'ny fomba izay ho mazava amin'izy ireo.

Fanamarihana

Fomba iray anisan'ny tsara indrindra ahafahanao mahazo ny fitokiana sy fitiavan'ny olona ny fanarahanao ny fombafombany amin'ny fomba mahamety izany. Misiônera malaza maro no efa nanao izany (jereo 1 Korintiana 9:20–23). Katsaho ny tsy hihafahafan'ny olona aminao sy amin'ny fiteninao.

**Asa atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

- Eritrereto hoe manao misiôna any Asia ianao. Manomana ny hampianatra mikasika ny fitsanganana amin'ny maty ianao ary fantatrao fa mino ny fiverenana ho vatana sy nofo amin'ny endrika hafa ny Bodista. Ahoana no fomba hampianaranao ny fitsanganana amin'ny maty ka hahafahan'ilay naman'ny Fiangonana hahatakatra fa tsy mitovy ary miavaka tsara amin'ny fiverenana ho vatana sy nofo izany fotopampianarana izany? Inona avy ireo teny sy andian-teny ilainao fantatra mba hahafahanao manatanteraka izany asa izany?
- Saintsaino ny fombafomba sy ny finoana niainan'ireo olona ampianarinao. Fantaro ny zavatra iray amin'ny finoana niainan'izy ireo izay mety hahatonga azy ireo tsy hahatakatra ireo fotopampianaran'ny filazantsara. Manomana fomba hampianaranao mazava tsara ireo fotopampianarana ireo.

## Ny Fanomezam-pahasoavana amin'ny Fiteny

Katsaho ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, anisan'izany ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fiteny sy handika fiteny izay tsy mahazatra. Hanampy anao hiteny sy hahazo ny fitenin'ny olona amin'ny misiônanao mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra izany. Tsy hahazo izany fanomezam-pahasoavana izany ianao raha tsy misy ezaka avy aminao; mila mikatsaka izany am-pavitrihana ianao. Anisan'ny fomba fikatsahana ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fiteny ny fiasana mafy sy fikirizana ary ny fanaovana izay rehetra vitanao hianaranao ilay fiteny. Matokia ny Fanahy fa hanampy anao Izy rehefa miaina amin'ny fomba mendrika araka ny tokony ho izy ianao ary manao izay tsara indrindra vitanao. Manàna finoana fa afaka ny hahazo ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fiteny ianao, amin'ny heviny marina sy ho tena azo takarina.

Rehefa mahatsapa ho sahirana amin'ny firesahana ianao ka tsy mazava araka ny tianao ny resakao, dia tsarovy fa afaka miteny ao am-pon'ny zanak'Andriamanitra rehetra ny Fanahy. Ny Filoha Thomas S. Monson dia nampianatra hoe: "Misy fiteny iray. . . izay iraisan'ny misiônera tsirairay—dia ny fitenin'ny Fanahy. Tsy ianarana avy amin'ny boky nosoratan'ny mpanoratra avara-pianarana izany, ary tsy azo avy amin'ny alalan'ny famakiana sy fitadidiana. Ny fitenin'ny Fanahy dia tonga amin'izay mikatsaka amin'ny fony rehetra ny hahafantatra an'Andriamanitra sy hitandrina ireo didiny masina. Ny fahaiza-miteny izany fiteny izany dia ahafahana manala sy mandresy ireo sakana ary mahakasika ny fon'ny olombelona" ("The Spirit Giveth Life," *Ensign*, June 1997, 2).

**Tadidio Ireto**

- Ianaro amin'ny fiteninao aloha ny fotopampianarana sy ireo lesona ampianarinao.
- Mianara maneho ireo fotopampianarana sy ny fahatsapanao momba azy ireo amin'ny fiteny ampiasainao ao amin'ny misiônanao.
- Mamoròna drafi-pianarana ny fiteny ary manandràma hevitra vaovao hatrany eo am-panatsarana ny fiteninao ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.
- Katsaho ny fitarihan'ny Fanahy hanampy anao hahazo sy hifandray amin'ireo olona ao amin'ny misiônanao.

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

Fanamarihana

## Fandalinana Manokana

- Avereno dinihina ireo torohevitra ato amin'ity fizarana ity. Fantaro izay hevitra mbola tsy nandramanao ary mametraha tanjona ampiasana izany mandritry ny andro vitsivitsy ho avy.

- Amin'ny fivorian'ny distrika manaraka dia anontanio ny misiônera iray efa manana traikefa sy mahay tsara ny fiteny momba ny zavatra nataony nianarany ny fiteny.

- Vakio sy iadio hevitra ity filazan'ny Loholona Richard G. Scott manaraka ity: "Rehefa . . . mifanohitra amin'ny fampianaran'Andriamanitra ireo fomban-drazana na fomba amam-panao dia aza manaraka izany. Rehefa mifanaraka amin'ny Fampianarany kosa ireo fomban-drazana sy fomba amam-panao dia tokony hankamamiana izy ireo " ("Removing Barriers to Happiness," *Ensign,* May 1998, 87). Diniho ireo fahasamihafana amin'ny fomba amam-panaonao sy ny fomba amam-panao eo amin'ny faritra hanompoanao. Ataovy ny lisitr'ireo fahasamihafana ireo. Avy eo dia tsipiho ireo izay mifanohitra amin'ny fampianaran'ny filazantsara. Diniho tsirairay ireo izay tavela ary eritrereto ny fomba ahafahanao mandray ireo fombafomba ho toy ny anao.

- Manaova drafi-pianarana hiomananao hanao ny iray amin'ireto zavatra manaraka ireto amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao:
  - Tantarao ny tantaran'i Joseph Smith.
  - Manaova famintinana ny 3 Nefia 11.
  - Manaova famintinana ny Alma 32.
  - Tantarao ny tantaran'i Nefia sy ny takela-barahina (jereo 1 Nefia 3–5).
  - Hazavao ny atao hoe fotoampitantanana.
  - Mizarà traikefa manokana.

- Soraty ao anatin'ny taratasy fandraisana naoty ireo teny izay tsy hainao amin'ny iray amin'ireo lesona. Ento miaraka aminao foana izany mandra-pahaizanao azy ireo.

## Fandalinana Miaraka amin'ny Mpiara-mitory

- Mifampianara ny leson'ny misiônera amin'ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.

- Asaivo mihaino ny fomba fanononanao sy manampy anao hanatsara izany ny mpiara-mitory aminao.

- Misafidiana tantara ara-tsoratra masina na andinin-tsoratra masina izay tianao ampiasaina amin'ny fampianarana. Mizàra mamintina azy ireo amin'ny teny nofidianao manokana.

- Avereno dinihina ireo hevitra ato amin'ity fizarana ity. Diniho ireo soso-kevitra izay azonao ampiasaina amin'ny fandalinana miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao mandritry ny herinandro ho avy.

- Raha manazatra misiônera vaovao ianao dia raiso naoty ireo toe-javatra izay tsy nahazoan'ny olona ny zavatra nolazain'ny mpiara-mitory aminao. Manaova ny lisitr'ireo teny manan-danja, andian-teny na fitsipi-pitenenana izay afaka hanampiana ny mpiara-mitory aminao. Hazavao ny fomba fampiasana ireo zavatra ao anatin'ny lisitry ny asa efa voaomana ho atao amin'ny ho avy ary manaova fampiharana an'izany.

Fanamarihana

## Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Manasà olona tompon'ny teny amin'ny fivoriana. Ataovy izay ampianarana ny misiônera amin'ny vondrona kely maromaro. Asaivo mandray naoty sy mizara ny fahitany ny fitenin'ny misiônera ireo tompon'ny teny.

- Asaivo miomana mialohan'ny fotoana ny misiônera iray na roa mba hitantara momba ireo fahombiazana hitany tamin'ny fianarany ny fiteny. Asaivo mizara ny heviny izy ireo.

- Asaivo mizara fohifohy ny lafiny sasany amin'ny fiteny izay matetika sarotra ho an'ny misiônera ny misiônera iray efa manana traikefa. Manaova ohatra amin'ny fampiasana izany amin'ny fomba mety ary asaivo manao fampiharana ireo misiônera.

- Asaivo mizara fomba fijery manampy amin'ny fahazoana ny fomba amam-panao ny misiônera tompon'ny fomba.

## Ny Filohan'ny Misiôna

- Manaova dinidinika matetika amin'ny fiteny ianaran'ny misiônera.

- Mangataha hevitra amin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana eo an-toerana amin'ny fomba ahafahan'ny misiônera manatsara ny fiteniny.

- Fantaro ireo zavatra diso matetika fanaon'ireo misiônera izay mianatra ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao. Manomeza torolalana amin'ny fomba hanitsiana ireo zavatra diso ireo mandritry ny fivoriam-paritra.

- Ampianaro ny misiônera ny fotopampianaran'ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy.

- Araho maso ireo misiôneranao rehefa mampianatra amin'ilay fiteny.

- Mitadiava fotoana ahafahana mampiasa ilay fiteny amin'ireo misiôneranao.



# Ahoana no Fomba Hampiasako ny Fotoana am-pahendrena?

Fanamarihana

## Diniho Ireto

- Ahoana no ahafahan'ireo tanjona hanampy ahy ho tonga misiônera mahomby kokoa?
- Inona no tokony ifantohan'ireo tanjoko?
- Inona avy ireo fitaovana fandridrana sy loharano ananako, ary ahoana no ampiasako izany?
- Inona no maha-zava-dehibe ny bokim-piraketan'ny faritra?
- Ahoana no fomba hitondrako ireo fotoam-pandrindrana isan'andro sy isan-kerinandro?
- Ahoana no fomba ahafantarako fa manampy amin'ny fampiroboroboana ny asan'ny Tompo ireo tanjoko sy ny drafitro?

Voatendry hanao ny asan'ny Tompo amin'ny faritra iray manokana ianao. Tiany ianao mba hanara-maso am-pitiavana sy am-pitandremana fatratra ny faritra misy anao. Ny tanjonao dia ny hanampy ny hafa hanatona Azy amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

Ataovy izay rehetra vitanao mba hahatonga ny faritra misy anao ho lasa matanjaka kokoa noho ny teo aloha rehefa handao izany ianao. Hanampy anao hanatanteraka izay takian'ny Tompo aminao ireo tanjona manan-danja sy drafitra hentitra. Eo am-panompoanao ireo olona ao amin'ny faritra nanendrena anao, dia ho tompon'andraikitra eo anatrehan'ny Tompo sy ireo mpitariky ny misiôna ianao.

Izao no voalaza ao anatin'ny taratasy fiantsoana anao ho misiônera: "Antenaina ihany koa ianao mba hanokana ny fotoananao sy ny fifantohanao rehetra amin'ny fanompoana ny Tompo, ka handao ireo raharahanao manokana hafa rehetra. Raha manao izany ianao dia hitahy anao ny Tompo ary ho tonga mpisolo vava sy iraka mahomby ho an'ny fahamarinana ianao. Apetrakay aminao ny fahatokianay ary mivavaka izahay mba

Fanamarihana

hanampian'ny Tompo anao hahatontosanao ny andraikitrao eo am-panatanterahana izany fanendrena masina izany." Ity fizarana ity dia hanampy anao ahafantatra fa ny fametrahana tanjona sy ny fanaovana drafitra ary ny fandraisana andraikitra dia afaka manampy olona maro handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

**Asa Atao: Fandalinana manokana na Miaraka amin'ny mpiara-mitory**

Vakio Jakôba 5:11–13, 61–64, 74–75, ary valio ireto fanontaniana ireto:

- Inona no fahatsapana ananan'ny Tompo momba ireo zanany?
- Inona no karazana ezaka takian'ny Tompo amin'ireo mpanompony?

## Mari-pamantaran'ny Fiovam-po

Angamba mety nanontany tena ny momba izay tena zava-dehibe indrindra amin'ireo andraikitrao maro ianao. Mba hahafahana mamaly izany fanontaniana izany, dia tokony ho takatrao ny tanjonao ary tokony ho fantatrao fa ny fampiasana amin'ny fomba mahomby ny fotoana dia hanampy anao hahatratra izany tanjona izany.

Ny tanjonao dia manasa ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany, sy ny fibebahana, sy ny batisa, sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany. Efa nofaritan'ireo mpitarika ny Fiangonana ireo mari-pamantarana, mba hanampiana anao hifantoka amin'izany tanjona izany. Raha mifantoka amin'ireo ianao dia hanampy ireo olona hiroso amin'ny batisa, sy ny fandraisana ho mpikambana, ka hanohy hazoto ao am-piangonana, ary amin'ny fiovam-po maharitra.

**Mari-pamantarana ho an'ny Firaketana sy ny Tatitra**

- Olona niova fo vita batisa sy noraisina ho mpikambana
- Naman'ny Fiangonana manana datin'ny batisa
- Naman'ny Fiangonana izay nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo
- Lesona nampianarina ny naman'ny Fiangonana niaraka tamina mpikambana
- Lesona hafa nampianarina
- Naman'ny Fiangonana mandroso
- Isan'ireo anarana azo tamin'olona sy natonina
- Naman'ny Fiangonana vaovao
- Lesona nampianarina ireo mpikambana vao niova fo sy mpikambana malaindaina

Ireo mari-pamantarana ireo dia manondro ireo trangan-javatra sy fepetra izay maneho ny fandrosoan'ny olona iray ho amin'ny fiovam-po maharitra. Omena eto ambany ny famariparitana fohy an'ireo mari-pamantarana tsirairay:

**Olona niova fo vita batisa sy noraisina ho mpikambana:** Ireo olona rehetra niova fo ka nandray ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

**Naman'ny Fiangonana manana datin'ny batisa:** Ireo naman'ny Fiangonana nanaiky hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana amin'ny daty voatondro.

Fanamarihana

**Naman'ny Fiangonana izay nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo:** Ireo naman'ny Fiangonana izay efa nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo.

**Lesona nampianarina ny naman'ny Fiangonana niaraka tamina mpikambana:** Ny fitambaran'ny isan'ireo lesona nampianarina ireo naman'ny Fiangonana rehetra niaraka tamina mpikambana. Raha ny tokony ho izy, ny lesona dia ahitana ny fampianarana ny fitsipiky ny filazantsara iray na mihoatra avy ao amin'ireo lesona, ary vavaka fanombohana sy famaranana ary fanasana hanao fanoloran-tena. Tsy ilaina ny mampianatra ny fitsipika rehetra ao amin'ny lesona iray vao lazaina ho lesona feno izany. Ny fahombiazan'ny fampianaranao dia azo refesina amin'ny fitomboan' ny finoan'ireo naman'ny Fiangonana ny Mpamonjy, amin'ny fibebahana noho ny fandikany ny lalàna, ary amin'ny fiomanany amin'ny fomba hentitra handray ireo ordônansin'ny batisa sy fandraisana ho mpikambana.

**Lesona hafa nampianarina:** Ny fitambaran'ny isan'ireo lesona nampianarina ny naman'ny Fiangonana tsy niaraka tamina mpikambana. Ity mari-pamantarana ity dia mikasika indrindra ireo fotoana nahafahana nampianatra izay nitranga teny am-pitadiavana olona.

**Naman'ny Fiangonana mandroso:** Ny fitambaran'isan'ireo naman'ny Fiangonana izay nampianarina lesona roa na mihoatra ary manaja ireo fanoloran-tena toy ny mivavaka, mamaky ny Bokin'i Môrmôna, mankany am-piangonana, ary miomana amin'ny batisa sy fandraisana ho mpikambana. Ireo naman'ny Fiangonana izay maniry hanohy hianatra momba ny filazantsara nefa sahirana amin'ny fanajana ireo fanoloran-tena dia tsy atao hoe naman'ny Fiangonana mandroso araka ny voafaritra etoana. Sokajina ho naman'ny Fiangonana vaovao na naman'ny Fiangonana hafa izy ireo.

**Anarana azo tamin'olona sy natonina:** Ny fitambaran'isan'ireo anarana azo tamin'olona izay natoninao sy nampianarinao na nangatahinao fotoana manokana hihaonana. Raha vantany vao natoninao ilay olona, dia esorina tsy ho ao amin'ny vondrona anarana azo tamin'olona intsony ny anarany, ka na sokajina ho naman'ny Fiangonana vaovao izy ary marihina mba ho araha-maso bebe kokoa, na hajanona. Ny anarana azo tamin'olona koa dia heverina ho natonina raha toa ka tsy tratranao mihitsy ilay olona rehefa nanandrana niverina im-betsaka tany ianao na koa hitanao fa diso ilay adiresy. Ireny anarana ireny dia averina any amin'ny biraon'ny misiôna miaraka amin'ny fanamarihana izay manazava ny antony tsy nahatanteraka ny fifanatonana.

Ny fitambaran'ireo anarana azo tamin'olona dia ireo anarana rehetra azo tamin'olona izay tsy mbola natoninao (anarana azo tamin'ny mpikambana, sy tamin'ny naman'ny Fiangonana, ary tamin'ny foiben'ny Fiangonana, sy ny sisa).

**Naman'ny Fiangonana vaovao:** Ny fitambaran'isan'ireo olona izay nahazo lesona iray sy nanaiky nanome fotoana manokana hiverenana.

**Lesona nampianarina ireo mpikambana vao niova fo sy mpikambana malaindaina:** Ny fitambaran'isan'ireo lesona nampianarina ireo mpikambana latsaky ny herintaona na ireo mpikambana malaindaina.

Rehefa mametraka ireo tanjona sy manao drafitra ianao, dia tombatombano izay ataonao eo amin'ny lafin'ny hoe ahoana no ahafahan'ireo ezaka ataonao hampitombo ireo isan'olona voalaza ao amin'ireo mari-pamantarana tsirairay. Ny tokony ho tanjonao dia ny hanana isa mitombo ao amin'ny mari-pamantarana rehetra.

Hanao zavatra betsaka izay tsy voafaritra ao amin'ny mari-pamantarana ianao, toy ny fanatonana olona eny an-dalana na fandalinana manokana na miaraka amin'ny mpiara-

Fanamarihana

mitory. Ireny asa atao manan-danja ireny dia mitondra vokatra ho an'ny mari-pamantarana iray na mihoatra. Ohatra, rehefa mampianatra ireo olona izay hitanao tamin'ny ezaka nataonao manokana ianao, dia mampiditra naman'ny Fiangonana vaovao ao amin'ny vondron'olona ampianarinao ianao. Toy izany ihany koa, ny hatsaran'ny fandalinana manokana na miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao dia hampivoatra ny fahaizanao mampianatra amin'ny alalan'ny Fanahy, izay hitahy ireo naman'ny Fiangonana vaovao na naman'ny Fiangonana mandroso izay ampianarinao. Ny hery entinao mitady olona sy ny fampianaranao dia hisy fiantraikany eo amin'ireo mari-pamantarana rehetra. Tombatombano izay rehetra ataonao raha mampitombo ny isan'olona ao amin'ireo sokajy samihafa izany. Raha toa ka tsy hitanao sy ny mpiara-mitory aminao ny mety ahafahan'ny asa fitoriana atao hanampy hampitombo ny isan'olona ao amin'ny mari-pamantarana iray na mihoatra, dia mila manontany tena ianao hoe mendrika ny handanianao fotoana ve izany asa atao izany.

**Asa Atao: Fandalinan'ny mpiara-mitory**

Tanisao ao anatin'ny diarim-pianaranao ireo asa fitoriana natao rehetra nandritra ny telo andro lasa. Fantaro isaky ny karazana asa atao raha toa ka nisy fiantraikany tamin'ny iray amin'ireo mari-pamatarana izany. Raha nisy izany dia soraty hoe *eny* eo anilany. Raha tsy nisy, dia soraty hoe *tsia*. Ho an'ny asa atao rehetra misy *eny* dia farito ny fiantraikan'izany. Ho an'ny asa atao misy *tsia* kosa dia diniho ny antony nanaovanao izany ary manapaha hevitra raha hanohy izany asa atao izany ianao amin'ny ho avy. Miaraha mandinika ireo lisitrao miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao ary hazavao ny antony nanamarihanao *eny* na *tsia* ireo asa atao. Ary diniho amin'izany izay asa atao tokony atsahatrao.

## Ny Bokim-piraketan'ny Faritra, ary ny Fitaovana Fandrindrana sy fanaovana Tatitra

I Môrônia dia nampianatra toy izao momba ireo izay noraisina tao amin'ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny batisa sy fandraisana ho mpikambana tamin'ny fotoanandrony: "Nalaina ny anarany mba hahatsiarovana azy sy hamahanana azy amin'ny teny soan'Andriamanitra, hitehirizana azy amin'ny lalana tsara." (Môrônia 6:4).

Nomena fitaovana ianao mba hanampiana hiraketanao ny zavatra manan-danja tokony ho fantatra momba ny olona ampianarinao. Ireo fitaovana ireo dia ahafahanao ihany koa mizara ireo tatitra mazava amin'ireo izay mila izany, araka ny aseho amin'ity kisarisary manaraka ity.

| Piramidan'ny Fampitana Tatitra | Fitaovana: |
|---|---|
| Filohan'ny Misiôna | Tatitry ny Misiônera Isan-kerinandro |
| Mpitarika ny Misiôna | Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny antso an-tariby |
| Filankevitry ny Paroasy | Firaketana ny Fandrosoana |
| Misiônera | Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera, Bokim-piraketan'ny Faritra |



Fanamarihana

Ireo fitaovana ireo sy ireo zavatra rehetra ilaina ho fantatra mba hanaovana ny asanao dia raketina ao amin'ny bokim-piraketan'ny faritra sy ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro. Toy izao manaraka izao no firafitry ny bokim-piraketan'ny faritra:

- **Sarintanin'ny Faritra**
  - Sarintanin'ilay faritra misy famaritana mazava ireo fizaram-paritra
- **Firaketana ny Fandrosoana**
  - Taratasy Firaketana ny Fandrosoana
- **Naman'ny Fiangonana manana Datin'ny Batisa sy Fandraisana ho mpikambana**
  - Taratasy Firaketana ny Fampianarana
- **Naman'ny Fiangonana Mandroso**
  - Taratasy Firaketana ny Fampianarana
- **Naman'ny Fiangonana Vaovao sy Namana Hafa**
  - Taratasy Firaketana ny Fampianarana
- **Ireo mety ho Naman'ny Fiangonana**
  - Taratasy Ireo mety ho naman'ny Fiangonana
  - Firaketana ireo anaran'olona azo tamin'ny fampitam-baovao sy anaran'olona azo tamin'ny fomba hafa
- **Naman'ny Fiangonana Taloha**
  - Taratasy Firaketana ny Fampianarana
- **Mpikambana Vao niova fo sy Mpikambana malaindaina**
  - Taratasy Firaketana ny Fampianarana
  - Taratasy mirakitra ny Lisitry ny Asa Atao ho an'ny niova fo
- **Ireo tsara ho fantatra momba ny Paroasy sy Misiôna**
  - Boky mirakitra ireo nomeraon'ny telefaonina sy adiresy ao amin'ny paroasy
  - Lisitry ny antso ao amin'ny paroasy
  - Fotoam-pivorian'ny paroasy sy ny misiônera
  - Lisitr'ireo fianakaviana izay mpikambana ny sasany ao aminy
  - Boky mirakitra ny nomeraon'ny telefaonin'ireo misiônera ao amin'ny distrika na faritra misy anao
- **Mpitarika**
  - Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny antso an-tariby
- **Fampahalalana momba ny Faritra**
  - Fampahalalana momba ny trano fonenana
  - Fitateram-bahoaka
  - Toerana Fihetezana
  - Toerana Fanasan-damba
  - Toerana fiantsenana
  - Toerana tsy azo aleha
  - Fifandraisana samihafa

**Ny Bokim-piraketan'ny Faritra**

Ny faritra hitoriana tsirairay dia manana bokim-piraketana avokoa, izay Iasa firaketana maharitra an'ireo ezaka vitanao isan'andro. Havaozy isan'andro ireo zava-dehibe tsara ho fantatra, avereno dinihina izany eo am-pandaminana ny fandaharam-potoananao isan-kerinandro. Ataovy milamina sy manara-potoana ary mazava tsara izy io mba hahafahan'izay misiônera mpandimby toerana hanohy ny asa feno fitaomam-panahy izay nataonao. Ento amin'ny andron'ny dinidinika na mandritry ny fivoriam-paritra io bokim-piraketan'ny faritra io raha ilaina, mba hahafahan'ireo mpitarika ao amin'ny misiôna hanara-maso izany ary hanoro anao amin'ny fampiasana izany amin'ny fomba mahomby indrindra.


Tokony hijery isan'andro ao amin'ny bokim-piraketan'ny faritra ianao rehefa manavao sy manitsy ny drafitrao. Ento amin'ny fivoriam-paritra sy amin'ny andron'ny dinidinika ny bokim-piraketanao mba hahafahan'ireo mpitarika ao amin'ny misiôna manara-maso izany. Tokony hijanona ao amin'ny trano nonenanao io boky io ao aorian'ny famindran-toerana anao mba hahafahan'ireo misiônera mpandimby toerana mampiasa ireo zavatra tsara ho fantatra ireo.

Fanamarihana

Ataovy mazava sy feno ary manara-potoana ireo tatitra ao amin'ny bokim-piraketanao momba ireo olona rehetra izay iandraiketanao. Ity manaraka ity misy fanazavana an'ireo fitaovana omena.

**Firaketana ny Fampianarana:** Ity taratasy ity dia manampy anao handray amin'ny antsipiriany momba ny fivoaran'ireo naman'ny Fiangonana sy ireo mpikambana vao niova fo ary ireo mpikambana malaindaina izay ampianarinao.

- Filazalazana manokana momba an'ilay olona.
- Datin'ny batisa sy fandraisana ho mpikambana.



NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

**Firaketana ny Fampianarana**

| Faritra itoriana | Paroasy na sampana | Tsatòka na distrika |
|---|---|---|
| | | |

**Filazalazana manokana momba an'ilay olona** (Jereo ao ambadika ho an'ny fanampim-panazavana manokana.)

| Anaran'ilay olona na ny mpivady | *Sokajy | Taona | Daty nanombohan'ny fifandraisana | Datin'ny batisa natolotra | Datin'ny batisa amin'izao fotoana izao | Datin'ny fandraisana ho mpikambana | Anaran'ny ankizy (Azo soratana ao amin'ny faran'ny fizarana Fampahalalana ny Mombamomba ny fanampin'anarana.) | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | Taona | Taona |
| | | | | | | | Taona | Taona |

| Adiresy | Nomeraon'ny telefaonina | Ireo misiônera izay nanomboka ny fampianarana |
|---|---|---|
| | | |

| Anaran' ny mpikambana nandray ho namana sy ny mpamangy na mpampianatra isan-tokantrano | Nomeraon'ny telefaonina | Adiresy |
|---|---|---|
| | | |
| | | |

*Sokajy: N =Naman'ny Fiangonana; OVNF = Olona Vao niova fo; MM = mpikambana malaindaina; M = Mpikambana; FMSA = Fianakaviana izay mpikambana ny sasany ao aminy

**Datin'ny Lesona sy Fitsipika Nampianarina** (Ataovy anaty boribory raha nampianarina niaraka tamina mpikambana.) — **Toerana misy ny Fanoloran-tena na ny Asa atao ho an'ny Naman'ny Fiangonana na ny Lohan'ny Fianakaviana**

| Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny Laoniny | Alohan'ny Batisa | Aorian'ny Batisa | Didy | Alohan'ny Batisa | Aorian'ny Batisa | Nasaina | Manaja | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Andriamanitra dia Raintsika any an-danitra be fitiavana | | | Fankatoavana | | | | | Mamakia avy amin'ny Bokin'i Môrmôna |
| Mitahy ny fianakaviana ny filazantsara | | | Mivavaha matetika | | | | | Mivavaha momba an'i Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna |
| Fotoampitantanan'ny filazantsara | | | Mandalina ny soratra masina | | | | | Manatreha ny Fanasan'ny Tompo sy ny fivoriana hafa |
| Ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teto an-tany | | | Manajà ny andro Sabata ho masina | | | | | Manatrika ny Kilonga, ny Zatovolahy, na ny Zatovovavy ny ankizy |
| Ny Apôstazia Lehibe | | | Batisa sy fandraisana ho mpikambana | | | | | Ampahafantaro ny misiônera ny fianakaviana sy ny namana |
| Ny Famerenana amin'ny laoniny: Joseph Smith | | | Manaraha ny mpaminany | | | | | Manatreha fotoam-batisa |
| Ny Bokin'i Môrmôna | | | Hajao ny Didy Folo | | | | | Mihaonà amin'ny eveka sy ny mpikamban'ny filankevitry ny paroasy |
| Vavaka, Fanahy Masina | | | Iaino ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena | | | | | Ampivelaro ny finamanana amin'ny mpikamban'ny paroasy |
| **Drafitry ny Famonjena** | | | Ankatoavy ny Tenin'ny Fahendrena | | | | | Hajao ny Didy Folo |
| Fiainana talohan'ny fiainana an-tany | | | Hajao ny lalàn'ny fahafolonkarena | | | | | Iaino ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena |
| Ny Fahariana | | | Hajao ny lalàn'ny fifadiankanina | | | | | Iaino ny Tenin'ny Fahendrena |
| Safidy sy ny Fahalavoana | | | Ny fomba fanomezana fahafolonkarena sy fanatitra | | | | | Iaino ny lalàn'ny fahafolonkarena |
| Ny fiainantsika eto an-tany | | | Ankatoavy sy hajao ny lalàna | | | | | Iaino ny lalàn'ny fifadiankanina |
| Ny Sorompanavotana | | | **Lalàna sy Ordônansy** | | | | | Iaino ny lalàna mifehy ny tany |
| Ny tontolon'ny fanahy | | | Fisoronana sy fikambanana manampy | | | | | Nanao dinidinika amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana |
| Fitsanganana amin'ny maty, fitsarana, ary tsy fahafatesana | | | Asa fitoriana ny filazantsara | | | | | Manasà namana sy fianakaviana hanatrika ny batisany sy ny fandraisana azy ho mpikambana |
| Fanjakam-boninahitra | | | Fanambadiana mandrakizay | | | | | Vita batisa sy noraisina ho mpikambana |
| **Filazantsaran'i Jesoa Kristy** | | | Tempoly sy tetiarana | | | | | Mivavaha manokana sy mandalina soratra masina isan'andro. |
| Voadio tamin'ny ota | | | Fanompoana | | | | | Mivavaha sy mandalina soratra masina isan'andro ny mpianakavy |
| Finoana an'i Jesoa Kristy | | | Fampianarana sy fianarana | | | | | Manaova takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro |
| Fibebahana | | | Maharitra hatramin'ny farany | | | | | Mandraisa ny fisoronana |
| Batisa, ny fanekempihavanana nataontsika voalohany | | | **Avereno dinihina ny Fanontaniana amin'ny Dinidinika amin'ny Batisa** | | | | | Mandraisa ny antso ao am-piangonana |
| Ny fanomezana ny Fanahy Masina | | | | | | | | Mandraisa anjara fisolona tena ho an'ny batisa |
| Maharitra hatramin'ny farany | | | | | | | | |


(Jereo ao ambadika ho an'ny fanampim-panazavana manokana)

© 2004 IRI. 7/04. 7/04. Natonta tany Etazonia Amerika. 36987 654

*(Eo Aloha)*


- Firaketana ny fotoana nampianaranao ireo fitsipika avy ao amin'ny lesona dimy ary raha nampianarina niaraka tamina mpikambana izany. Ity fizarana ity dia mamela anao hanaraka maso amin'ny fomba tsotra izay nampianarinao, na manao ahoana na manao ahoana ny filaharana nampianaranao ireo fitsipika.
- Azonao atao ny manara-maso ireo lesona nampianarina talohan'ny batisa sy ireo lesona nampianarina tao aorian'ny batisa.
- Firaketana ny toetoetran'ireo fanoloran-tena tokony ho tandreman'ireo naman'ny Fiangonana. Ao amin'ity fizarana ity no handraisanao ny datin'ny nandrosoanao ny fanasana ary fanamarihana raha maharitra amin'ny fitandremana ny fanoloran-tena izy ireo na tsia.

- Fizarana izay hamariparitanao ny mikasika ilay olona na ilay fianakaviana. Aza asiana momba ny fiainany manokana na fanamarihana ratsy.
- Fizarana izay hamariparitanao ireo zava-dehibe azo tamin'ireo fotoampamangiana nampianaranao. Azonao handraisana ireo olana nambaran'ireo olona izany, sy ireo fanoloran-tena izay mananosarotra azy ny fitandremana izany, ary ireo fahombiazana azony vokatry ny famakiana na ny vavaka. Azonao marihina ao ihany koa raha toa ka nankany am-piangonana izy ireo ary koa izay zavatra vakiany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.
- Fizarana izay hitahirizanao ireo fitsidihana fanaraha-maso raha toa ka miato tsy liana amin'ny Fiangonana intsony ilay olona na ilay fianakaviana.




(Ao Aoriana)

Rehefa feno ny Firaketana ny Fampianarana iray, dia tokony hajanona ao amin'ny bokim-piraketan'ny faritra izany mandra-pahatonga ilay olona na fianakaviana ho lasa mazoto tanteraka ao amin'ny Fiangonana, na mandra-pifindrany monina, na mandra-pahafatiny.




**Firaketana ny Fandrosoana:** Ity firaketana ity dia ahafahanao mamintina ny fandrosoan'ireo naman'ny Fiangonana, sy ireo mpikambana vao niova fo, ary ireo mpikambana malaindaina izay ampianarinao. Ahafahanao ihany koa manao tatitra ao amin'ireo mari-


Fanamarihana

Fanamarihana

pamantarana izany. Ampiasao izany handrindrana ireo ezaka vitanao miaraka amin'ireo mpitarika ao amin'ny paroasy sy ny tsatòka mandritra ny fivoriam-pandrindrana ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny filankevitry ny paroasy. Havaozinao io firaketana io mandritra ny fotoam-panomanana isan-kerinandro na mialohan'ny fivorian'ny filankevitry ny paroasy. Raha azo atao dia omeo tahadika an'io firaketana io isan-kerinandro na araka izay ilaina ny eveka sy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy ary ireo mpikambana hafa ao amin'ny filankevitry ny paroasy. Kendreo mba ho feno tsara sy mazava ary azo vakiana ny tatitra voarakitrao ao amin'ny taratasy Firaketana ny Fandrosoana. Hampiorina ny fahatokian'ny filankevitry ny paroasy anao ny fanaovanao izany.

**Ireo mety ho naman'ny Fiangonana:** Ity taratasy ity dia hanampy anao hihazona firaketana momba ireo olona mety ho lasa naman'ny Fiangonana.

- Ny toerana misy ireo mety ho naman'ny Fiangonana. (Nohadinoina ve izy, ampianarina ve izy amin'izao fotoana izao, sa mila manara-maso azy bebe kokoa ianao?)
- Raha azo tamin'olona ilay namana na hitan'ireo misiônera.
- Ny daty nanatonana ilay namana.
- Fanamarihana tokony ho fantarina.


NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

**Ireo olona mety ho tonga naman'ny Fiangonana**

Raketo an-tsoratra ny mombamomba ilay olona izay voarainao anarana na olona ifandraisanao izay mety hanaiky ny fanasana hianatra momba ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny fifandraisana fanampiny.

Faritra itoriana

Parosy na sampana | Tsatòka na distrika


| *Toerana misy | Anarana | Adiresy | Nomeraon'ny telefaonina | **Sokajim-pifandraisana | Daty nifandraisana | Fanamarihana (fari-pahalinana, fanasana natao, vokatry ny famangiana fanaraha-maso) |
|---|---|---|---|---|---|---|

* N= Nesorina; F = Fampianarana; FM = Fanaraha-maso** OM = Olona aroson'ny mpikambana; ON = Olona aroson'ny naman'ny Fiangonana; TM = Olona aroson'ny tsy mpikambana; OF = Olona aroson'ny Foiben' ny Fiangonana; NM = fifandraisana nataon'ny misiônera

© 2004 IRI. 7/04. 7/04. Natonta tany Etazonia Amerika. Malagasy 36988 654

Adikao ao amin'ny taratasy Ireo mety ho naman'ny Fiangonana ireo zavatra tsara ho fantatra manan-danja avy ao amin'ny fizarana "Ireo mety ho naman'ny Fiangonana" hita ao amin'ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro. Ampiasao izany zavatra tsara ho fantatra izany mba hanomanana ireo fitsidihana fanaraha-maso, mba handinihina miaraka amin'ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy ny asa fitoriana ny filazantsara miaraka amin'ny mpikambana ary mba hanomanana ireo asa atao hafa izay mety hanampy ireo namana ireo hanomboka ho liana amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Io taratasy io koa dia ampiasaina ho firaketana ara-tantara ho an'ireo misiônera voatendry ao amin'io faritra io any aoriana. Rehefa hafindra amin'ny faritra hafa ianao, dia aza hadino ny mandika ireo zavatra tsara ho fantatra rehetra avy ao amin'ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro izay ananananao.

**Tatitra momba ny asa amin'ny Alalan'ny Antso An-tariby:** Ampiasao isan-kerinandro ity fanaovan-tatitra ity mba hanangonana izay zavatra fantatra avy amin'ireo mari-pamantarana tsirairay. Ampiasain'ny Misiônera roa mpiara-mitory ny fanaovana Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny Antso An-tariby hita ao ambadiky ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro mba hampahafantarana an'ny mpitarika ny distrika ireo zavatra ireo. Soratan'ny mpitarika ny distrika eo amin'ny Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny Antso An-tariby ny anaran'ireo misiônera mpiara-mitory tsiroaroa rehetra ao amin'ny distrikany, miampy ireo fitambaran'isa isan-kerinandro ho an'ny mari-pamantarana tsirairay. Ataony avy eo ny kajy fitambarany ho an'ny distrika ka soratany ery ambany.



NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

**Tatitry ny vokatry ny asa amin'ny alalan'ny Antso an-tariby**

**Fiafaran'ny herinandro**

| Anaran'ny vondrona manao ny tatitra (misiônera, distrika, faritra) | Naman'ny fiangonana vita batisa sy noraisina ho mpikambana | | Naman'ny fiangonana manana datin'ny batisa | Naman'ny fiangonana izay nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo | Lesona nampianarina an'ireo naman'ny fiangonana niaraka tamina mpikambana | Lesona hafa nampianarina | * Naman'ny Fiangonana mandroso | Anarana azo tamin'olona | | Naman'ny Fiangonana vaovao | Lesona nampianarina an'ireo mpikambana vao vita batisa sy ireo mpikambana mangatsiaka | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vita batisa | Noraisina ho mpikambana | | | | | | Isa Voaray | Natonina | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| **Fitambarany** | | | | | | | | | | | | |

**Fiafaran'ny herinandro**

| Anaran'ny vondrona manao ny tatitra (misiônera, distrika, faritra) | Naman'ny fiangonana vita batisa sy noraisina ho mpikambana | | Naman'ny fiangonana manana datin'ny batisa | Naman'ny fiangonana izay nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo | Lesona nampianarina an'ireo naman'ny fiangonana niaraka tamina mpikambana | Lesona hafa nampianarina | * Naman'ny Fiangonana mandroso | Anarana azo tamin'olona | | Naman'ny Fiangonana vaovao | Lesona nampianarina an'ireo mpikambana vao vita batisa sy ireo mpikambana mangatsiaka | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vita batisa | Noraisina ho mpikambana | | | | | | Isa Voaray | Natonina | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| **Fitambarany** | | | | | | | | | | | | |

**Fiafaran'ny herinandro**

| Anaran'ny vondrona manao ny tatitra (misiônera, distrika, faritra) | Naman'ny fiangonana vita batisa sy noraisina ho mpikambana | | Naman'ny fiangonana manana datin'ny batisa | Naman'ny fiangonana izay nanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo | Lesona nampianarina an'ireo naman'ny fiangonana niaraka tamina mpikambana | Lesona hafa nampianarina | * Naman'ny Fiangonana mandroso | Anarana azo tamin'olona | | Naman'ny Fiangonana vaovao | Lesona nampianarina an'ireo mpikambana vao vita batisa sy ireo mpikambana mangatsiaka | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | Vita batisa | Noraisina ho mpikambana | | | | | | Isa Voaray | Natonina | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | |
| **Fitambarany** | | | | | | | | | | | | |

* Naman'ny fiangonana mandroso: Naman'ny fiangonana izay nampianarina in-droa na mihoatra ary mihazona ny fanoloran-tena ny hamaky ny Bokin'i Môrmôna ka hivavaka momba izany sy momba ny Mpaminany Joseph Smith, ary handeha any am-piangonana sy ny sisa.

© 2004 IRI. 7/04. 7/04. Natonta tany Etazonia Amerika. 36984 654

Entina miakatra isan'ambaratonga ny tatitra. Omen'ireo mpitarika ny distrika an'ireo mpitarika ny faritra ireo tambatr'isan'ny distrika ireo. Omen'ireo mpitarika ny faritra an'ireo mpanampin'ny filoha ireo tambatr'isan'ny faritra. Ary ny mpanampy ny filoha kosa no manome ny tambatr'isan'ny misiôna an'ny filohan'ny misiôna.


**Ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro:** Ireto manaraka ireto no voarakitra ato amin'ity fitaovana ity:

- Fandaharam-potoana isan'andro ho an'ny herinandro enina, miampy ny herinandro fahafito eo amina pejy talakimaso.
- Ireo pejy ho an'ny tanjona isan-kerinandro.
- Ny famintinana ireo torolalana ho an'ny fandrindrana; ny lisitr'ireo zava-mitranga mitondra ho amin'ny batisa, sy ny fandraisana ho mpikambana, ary ny fahazotoana ao am-piangonana; ny drafitr'ireo leson'ny misiônera; ireo hevitra fitadiavana olona ampianarina; ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa.
- Ny fizarana mikasika ireo natonina sy ny adiresy ary nomeraon'ny telefaonin'ireo naman'ny Fiangonana sy ireo mpikambana.
- Taratasy fanaovana Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny Antso An-tariby hitahirizana ireo vokatra azonao isan-kerinandro.

Fanamarihana

Adikao mandritra ny fotoam-pandrindrana isan-kerinandro ao amin'ny pejy misy ny Tanjona Isan-kerinandro hita ao amin'ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro ireo tanjonao isan-kerinandro, toy ny aseho etsy ambany.

- Tanjona isan-kerinandro ho an'ny mari-pamantarana tsirairay.
- Vokatra tena azo ho an'ny herinandro. Ny vokatra ho an'ny andro tsirairay dia hita ao amin'ny fandaharam-potoana isan'andro. Adika eto ny fitambarany ho an'ny herinandro tsirairay.





- Ny anaran'ireo olona izay tena mety hanampy anao indrindra hanatratrarana ireo tanjonao (ireo naman'ny Fiangonana mandroso, ireo naman'ny Fiangonana vaovao). Mametraha tanjona momba izay irianao hitranga amin'ireo olona ireo (mankany am-piangonana, mamaky ny Bokin'i Môrmôna, manome datin'ny batisa, sy ny sisa).
- Faritra malalaka hanoratana tanjona hafa an'ny tena manokana na iraisana amin'ny mpiara-mitory.

Fanamarihana


Hampiasa isan'andro ny fandaharam-potoana isan'andro ianao rehefa manomana sy miasa, araka ny aseho etsy ambany:

- Fandaharam-potoana isan'andro izay ahafahanao mirakitra ireo fotoana raikitra hampianarana, sy ireo fivoriana ary ireo asa atao hitadiavana olona. Manaova drafitra mba ahafahanao manao asa izay misy lanjany amin'ny ora rehetra ao anatin'ny andro iray. Misy ihany koa toerana natokana ho an'ireo drafitra solony.
- Toerana hitanisana ireo asa rehetra ilaina atao (ireo antso an-tariby, ireo olona hatonina, fanomanan-desona, fanaraha-maso ireo fanoloran-tena, sy ny sisa).




- Toerana hiraketana izay zavatra ianaranao rehefa miomana ho an'ny fotoana hampianaranao.
- Tanjona isan'andro sy ireo vokatra tena azo ho an'ny mari-pamantarana notsongaina.

**Tatitry ny Misiônera Isan-kerinandro:** Ity tatitra ity dia manome fahafahana ho anao hitatitra amin'ny filohan'ny misiônanao momba ireo ezaka fitoriana vitanao sy momba ireo zavatra manokana hafa rehetra tianao ho zaraina aminy. Rehefa manoratra io taratasy io dia aoka ho mazava tsara sy mari-pototra tsara, kanefa aza mieritreritra hoe tsy maintsy fenoinao avokoa ny banga rehetra. Izy irery ihany no olona hamaky io taratasy io, noho izany aza misalasala maneho ny hevitrao.



Fanamarihana

## Ny Fomba Fametrahana Tanjona

Maneho ireo faniriana ao am-pontsika sy ny fahatakarantsika izay mety ho vitantsika ireo tanjona. Amin'ny alalan'ny tanjona sy ny drafitra no ahafahan'ireo fanantenantsika ho tonga asa. Ny fametrahana tanjona sy drafitra dia asan'ny finoana. Apetraho amim-bavaka ireo tanjona izay mifanaraka amin'ny didin'ny Mpamonjy hoe "ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manaova batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray, sy ny [an'ny] Zanaka, ary ny [an'ny] Fanahy Masina" (Matio 28:19).

Mametraha tanjona ho an'ny mari-pamantarana tsirairay. Afaka mametraka tanjona ho an'ny fandrosoanao manokana ihany koa ianao. Ataovy izay rehetra tratry ny herinao hahatratraranao izany tanjonao izany amim-panajana ny safidin'ny hafa. Ny tena fandrefesana ny fahombiazana dia tsy amin'ny fanatratrarana ny tanjona fotsiny ihany, fa amin'ny alalan'ireo asa fanompoana izay ataonao sy ny fandrosoan'ny hafa. Ny tanjona dia fitaovana hanampiana anao hitondra soa fatratra eo anivon'ireo zanaky ny Ray any an-danitra. Tsy natao handraisan-tambiny izy ireny.

> *"Tena resy lahatra tanteraka aho fa raha tsy mametraka tanjona isika eo amin'ny fiainantsika, ary mianatra ny hifehy ireo fomba hiainana hanatratrarana izany tanjona izany, dia afaka ho tratr'antitra ihany isika nefa raha manao jery todika ny fiainana lasa dia hahita fa ny ampahany kely amin'ny fiainana feno tokony hisy antsika ihany no tratrantsika. Rehefa mianatra ny hifehy ireo fitsipika amin'ny fametrahana tanjona ny olona iray, dia afaka mahita ny tena mampiavaka ireo vokatra izay tratrany eo amin'ny fiainany izy."*
>
> NY LOHOLONA M. RUSSELL BALLARD
> LAHATENY NATAO TAMIN'IREO TANORA MPITOVO TAO AMIN'NY VONDROM-PARITR'I SALT LAKE, TAMIN'NY 18 OKT 1981

Ny tanjona nodinihana am-pitandremana dia hanome anao torolalana mazava ary hanampy anao amin'ny famenoana ireo andronao amin'ny asa atao maro izay manampy ireo olona amin'ny fanamafisana ny finoany an'ny Mpamonjy sy amin'ny fandrosoany hankamin'ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana ary amin'ny fahazotoana feno ao am-piangonana. Ny tanjona misy fanamby dia hanampy anao hiasa am-pahombiazana ary hitarika anao hiezaka sy hitombo. Araho ireo torolalana etsy ambany rehefa mametraka tanjona ianao:

- Manaraha ny Fanahy Masina.
- Mifantoha amin'ireo mari-pamantarana.
- Mifantoha amin'ireo olona. Na dia isa aza no ampiasainao, dia aoka ho afaka hanohana ireo isa ireo amin'ny anaran'olona ihany ianao raha azo atao.
- Mbà mazava sy mahalala ny zava-misy, nefa mametraha tanjona izay hahatonga anao hiezaka.
- Mametraha tanjona isan-kerinandro sy isan'andro.
- Mametraha tanjona ho an'ny Fandalinana manokana na miaraka amin'ny mpiara-mitory, anisan'izany ny fianarana fiteny vahiny raha mianatra fiteny hafa ianao.
- Refeso isan'andro, isan-kerinandro ary aorian'ny herinandro enina ny fandrosoanao. Raha toa ka tsy tratranao ny tanjona iray, dia diniho ireo ezaka efa nataonao ary

Fanamarihana

mitadiava fomba maro hanatanterahanao indray ilay tanjona. Raha ilaina dia ovao ireo zavatra tianao hiseho.

Rehefa mandeha ny fotoana dia mety hametraka fenitra avo ireo mpitondranao mba hahatonga anao hijery lavitra sy hampitombo ny finoanao. Ireo fenitrin'ny distrika, ny faritra sy ny Misiôna dia hanampy anao hiezaka, sy hiasa am-pahombiazana, ary hahatratra ny zava-kinendry avoavo kokoa. Tsy natao ho ampiasaina toy ny isa tsy maintsy ho tratrarina izay manery anao sy ny mpiara-mitory aminao hametraka tanjona mazava nefa izy ireny.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Mametraha tanjona isan-kerinandro ho an'ny mari-pamantarana tsirairay. Isaky ny tanjona dia manontania tena hoe:

- Misy anarana mifandraika amin'ilay tarehimarika ve?
- Mazava tsara ve ny tanjona?
- Azo tratrarina ve ilay tanjona?
- Hampivoatra antsika ve ilay tanjona?
- Mififikitra amin'izany tanjona izany ve isika?

Diniho ny tanjona tsirairay. Raha ilaina dia diniho ny mety hanovanao izany sy ny anton'izany.

## Ny Fotoam-pandrindrana Isan-kerinandro

Rehefa avy nametraka tanjona ianao, dia manapaha hevitra momba ny fomba hanatratrarana izany. Tokony hanokana fotoam-pandrindrana isan-kerinandro ianao sy ny mpiara-mitory aminao, amin'ny andro sy fotoana tsy dia ahitana vokatra loatra amin'ny asa fitoriana, toy ny alakamisy na zoma maraina. Ny filohan'ny misiônanao no hanendry ny andro sy fotoana hanaovana ny fotoam-pandrindrana isan-kerinandro. Io fotoam-pandrindrana isan-kerinandro io dia mety handany adiny roa ka hatramin'ny adiny telo.

Tokony hifantoka amin'izay ilain'ny olona sy amin'ny fomba hanampiana azy ireo handroso ny fampianaranao. Mandritra io fotoam-pandrindrana isan-kerinandro io dia avereno dinihina ireo tanjona lasa ary mametraha tanjona vaovao ho an'ny herinandro ho avy. Diniho amin'ny lafiny rehetra ny asa fitoriana ataonao.

Ny alahady hariva no fotoana tsara hanaovana ny tatitra isan-kerinandro amin'ny alalan'ny antso an-tariby. Ny tatitra atao amin'ny alahady hariva no manome ny toe-javatra marina sy ara-potoana indrindra momba ny asa fitoriana ny filazantsara satria ny ankamaroan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana dia atao ny asabotsy na ny alahady.

Koa satria mety ho andro samy hafa ny andro fanaovanao ny fotoam-pandrindranao isan-kerinandro sy ny andro fanaovanao tatitra, dia 10 andro no ataovy ao an-tsaina rehefa manao ny fandrindrana isan-kerinandro ianao. Ohatra, raha alakamisy ny fotoam-pandrindranao isan-kerinandro dia ataovy jery todika ny fivoaran'ireo tanjona napetrakao nandritra io herinandro io, ary hanao drafitra ny amin'izay tokony hataonao hanatratrarana izany ianao hatramin'ny alahady. Avy eo mametraha tanjona ary manaova drafitra ho an'ny herinandro manaraka, ny alatsinainy ka hatramin'ny alahady. Ny alahady hariva ianao no manao ny fitambaran'ny vokatra azo tamin'ny herinandro lasa sy ny tatitra momba izany, ary hanana drafitra vonona ho an'ny herinandro ho avy. Hita etsy ambany ny fanazavana ny fomba fampiarana ireo torolalana drafitra amin'ny fotoam-pandrindrana isan-kerinandro.


1. **Mivavaha hahazo aingam-panahy ary katsaho izany.** Alohan'ny hanombohanao dia ataovy eo akaikinao ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro sy ny bokim-

Fanamarihana

piraketan'ny faritra. Atombohy amin'ny vavaka ny fotoam-pandrindranao. Tadiavo ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo am-pandinihana izay ilain'ny olona ary manomana fomba hanompoana azy sy hanampiana azy handroso amin'ny filazantsara. Mivavaha manokana ho an'ireo naman'ny Fiangonana. Mananà finoana hangataka amin'ny Ray any An-danitra ny mba hitahiany azy ireo amin'ny alalan'ny valin'ireo vavaka izay ataony, sy ny faniriana handeha any am-piangonana, sy ny sisa.

**2. Mametraha tanjona ary manaova drafitra ho an'ireo naman'ny Fiangonana izay hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana amin'ny herinandro ho avy.** Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana ho an'ny olona tsirairay izay nanolo-tena ho atao batisa sy ho raisina ho mpikambana amin'ny herinandro ho avy. Diniho ireo fandaminana ilainao atao ho amin'ny dinidinika amin'ny batisa, sy ny fotoam-bavaka mandritry ny batisa, ary ny fandraisana ho mpikambana. Eo am-pijerena ny Firaketana ny Fampianarana dia mifandiniha momba izay fanoloran-tena mety mananosarotra ireo olona sy momba izay ahafahana hanampy azy ireo. Manomàna fomba hihaonana amin'izy ireo isan'andro. Mifandiniha momba ny fomba ahafahanao manampy ny mpitarika ny Misiôna ao amin'ny paroasy handrindra miaraka amin'ny eveka ny momba ny fandraisana azy ireo ho mpikambana mandritra ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo.

**3. Mametraha tanjona ary manaova drafitra ho an'ireo naman'ny Fiangonana izay manana datin'ny batisa.** Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana ho an'ny olona tsirairay izay hatao batisa amin'ireo herinandro ho avy. Resaho ny momba ireo lesona izay tokony ampianarinao azy ireo. Diniho ny fomba hahafahanao hanampy azy ireo hiomana ho amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Diniho ny momba ireo naman'ny Fiangonana izay tsy vita batisa tamin'ny andro tokony nanaovana azy. Diniho am-pitandremana tsara sy resaho ny momba ireo zavatra ilainy. Mametraha tanjona vaovao ary manomàna drafitra izay hanampy azy ireo handroso hankany amin'ny andro sy fotoana mazava hahafahan'izy ireo hiditra ao amin'ny fanekempihavanan'ny batisa ary handray ny ôrdônansin'ny fandraisana ho mpikambana. Mariho amin'ny pensily hazo ao amin'ny Firaketana ny Fampianarana ireo fitsipika kendrenao ampianarina sy ireo fanoloran-tena izay hanampianao azy mba hotandremany. Farito izay azonao atao hanampiana azy ireo handray ireo lesona ireo sy hitandrina ireo fanoloran-tena ireo.



**4. Mametraha tanjona ary manaova drafitra hanampiana ireo naman'ny Fiangonana mba hanatrehany ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo.** Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana ho an'ny naman'ny Fiangonana tsirairay ary diniho ny momba ny fanatrehany ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo. Momba ireo naman'ny Fiangonana izay manatrika foana ny fivoriana fanasan'ny Tompo, dia diniho ny momba izay tokony ataonao mba hanampiana azy ireo hahatsapa hatrany traikefa ara-panahy izay mitondra hery. Ho an'ireo izay tsy mbola nanatrika fivoriana fanasan'ny Tompo mihitsy, na ireo nanatrika indray monja, na nanatrika nahalana, dia diniho ny momba izay mety manakana azy tsy ho tonga. Ohatra, mety mila fanampiana izy ireo amin'ny fitaterana, na mety atahorany na tsy mahazatra azy ireo ny fivorian'ny Olomasin'ny Andro Farany, na mety nanana

Fanamarihana

traikefa ratsy izy tamin'ny lasa. Diniho ny momba izay azonao atao hanampiana azy ireo handresy ireo sakana ireo. Mametraha tanjona momba ny isan'ireo naman'ny Fiangonana izay antenainao ho ao amin'ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo manaraka. Omano hoe iza no hitondra azy ireo any am-piangonana, iza no hiarahaba azy ireo, ary iza no hiara-hipetraka aminy mandritra ireo fivoriana. Miomàna hiresaka amin'ireo mpitarika ao amin'ny kôlejy sy ao amin'ireo vondrona mpikambana ary amin'ireo mpampianatra tompon'andraikitr'ireo kilasy izay hatrehan'ireo naman'ny Fiangonana. Miomàna ny hampandre ny eveka. Tanisao ao amin'ny Firaketana ny Fandrosoana ireo fomba ahazoan'ny filankevitry ny paroasy manampy. Manaova fandrindrana momba izay tokony ataonao amin'ireo andro tsirairay ao amin'ny herinandro mba hanomanana ireo olona ireo ho any am-piangonana.

**5. Mametraha tanjona ary manaova drafitra momba ireo lesona izay ampianarina ireo naman'ny Fiangonana izay mandroso.** Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana ho an'ireo naman'ny Fiangonana tsirairay izay mandroso ka nampianarina niaraka tamina mpikambana. Miresaha momba ny fomba ahatsapanao hoe maharay ny hafatra izy ireo. Avereno dinihina ireo fanoloran-tena sy fitrangan-javatra ao amin'ny Firaketana ny Fampianarana izay mananosarotra azy ireo ny fitandremana na ny fanatanterahana azy. Diniho ny fomba hanampiana ireo mpikambana ao amin'ny paroasy sy ny filankevitry ny paroasy mba hanohy handray anjara amin'ny fivoaran'izy ireo. Mametraha tanjona momba ireo lesona izay hampianarinao, sy momba ireo fanoloran-tena izay hanampianao azy ireo ny fitandremana izany, indrindra indrindra ny fankanesana any am-piangonana, ary momba izay traikefa manan-danja hanampianao azy ireo mba ho azony ho amin'ireo herinandro maro manaraka.

Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana ho an'ireo naman'ny Fiangonana tsirairay izay mandroso ka tsy nampianarina niaraka tamina mpikambana. Mety ho olona izay hitanao tamin'ny alalan'ny ezakao samirery ireo naman'ny Fiangonana ireo. Diniho ny momba izay mpitarika ao amin'ny fisoronana na ao amin'ny vondrona azo ho taomina mba handray azy ho namana. Avereno dinihina ireo lesona izay hampianarinao sy ireo fanoloran-tena izay hanampianao azy mba ho tandremany. Mametraha tanjona momba ireo lesona izay hampianarinao, momba ny fomba hampandraisanao anjara ireo mpikambana, ary momba ny fomba hanampianao ireo naman'ny Fiangonana ireo hanatrika ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo. Raketo ao amin'ny Firaketana ny Fampianarana ireo tanjona ireo, ary ataovy ireo drafitra ilaina amin'izany.

**6. Mametraha tanjona ary manaova drafitra momba ny lesona izay ampianarina ireo naman'ny Fiangonana hafa rehetra.** Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana ho an'ireo naman'ny Fiangonana tsirairay izay tsy mandroso. Diniho ny momba izay anton'ny tsy hitandreman'ny naman'ny Fiangonana tsirairay ireo fanoloran-tena. Diniho izay fomba hampandraisanao anjara ireo mpitondra ao amin'ny fisoronana sy ao amin'ny vondrona eo amin'ny fandraisana ho namana ireo naman'ny Fiangonana ireo. Diniho avokoa ny momba ireo hevitra natolotra tamin'ny dingana faha-5. Mametraha tanjona ary manaova drafitra hanampiana ireo olona ireo handroso. Soraty ao amin'ny Firaketana ny Fampianarana ireo tanjona ireo.

**7. Mametraha tanjona ary manaova drafitra mba hanatonana sy hampianarana ireo olona azo anarana tamina mpikambana, tamina naman'ny Fiangonana, tamina olona tsy mpikambana ary tamin'ny foiben'ny Fiangonana.** Avereno dinihina ireo taratasy antsoina hoe Ireo mety ho naman'ny Fiangonana. Avereno dinihina ireo anarana rehetra azo tamin'olona voarainao. Avereno dinihina ireo anarana azo tamin'olona izay tsy mbola natoninao. Mametraha tanjona ary manaova drafitra mba hanatonana izay olona rehetra azo anarana mety ho

Fanamarihana

tratra mandritra ny herinandro—raha azo atao dia ireo anarana rehetra. Ireo anarana voaray avy tamin'ny foiben'ny Fiangonana dia tokony hatonina ao anatin'ny 24 ora raha azo atao. Diniho izay fomba azonao hanatonana ny olona na ny fianakaviana tsirairay ary izay hafatra azonao ampianarina. Raha toa ka avy tamin'ny foiben'ny Fiangonana ireo anaran'olona voaray, dia diniho izay fomba hampianaranao ny hafatry ny filazantsara amin'ny alalan'ny horonan-tsary, na ny boky, na ny fitaovana hafa izay notakian'izy ireo. Kendreo mba hanana ilay fitaovana notakiany ianao. Raha mety dia antsoy amin'ny alalan'ny antso an-tariby ilay olona voaray anarana ary manaova fotoana. Diniho izay fanaraha-maso tokony hataonao.

**8. Mametraha tanjona ary manaova drafitra mba hitadiavana olona betsaka kokoa avy amin'ireo mpikambana sy ireo naman'ny Fiangonana ary olona tsy mpikambana.** Fantaro amim-bavaka ireo mpikambana sy naman'ny Fiangonana hafa izay azonao tsidihana. Manaova drafitra momba izay fomba hanampianao azy ireo hanasa ireo namany sy ireo mpikamban'ny fianakaviany hahafantatra momba ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Diniho izay fomba hanasanao azy ireo handray anjara amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Mametraha fotoana raikitra ary ataovy ireo drafitra ilaina amin'izany.

**9. Mametraha tanjona ary manaova drafitra momba ireo lesona izay hampianarinao an' ireo olona vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina.** Avereno dinihina ny Firaketana ny Fampianarana an'ny olona vao niova fo sy mpikambana malaindaina tsirairay izay ampianarinao. Mametraha tanjona ary manaova drafitra momba izay lesona hampianarinao. Fantaro izay fomba hanampianao ireo olona ireo mba hanatrehany ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo sy mba hitandremany fanoloran-tena hafa.

**10. Mametraha tanjona ary manaova drafitra mba hahitana ny naman'ny Fiangonana vaovao.** Avereno dinihina ireo ezaka vita tamin'ny herinandro lasa izay natao ahitana naman'ny Fiangonana vaovao amin'ny alalan'ireo anarana azo avy amin'olona, sy ireo asa fanompoana azo atao, ary ireo asa atao manokana hitadiavana olona. Jereo ireo filazalazana ao amin'ny fizarana "Ireo mety ho naman'ny Fiangonana" ao amin'ny bokim-piraketan'ny faritra. Diniho izay antony mahatonga ny olona sasany ho lasa naman'ny Fiangonana vaovao ary ny sasany tsia. Mametraha tanjona momba izay isan'ny naman'ny Fiangonana vaovao ho hitanao amin'ity herinandro ity. Fantaro ireo olona izay tena mety ho tonga naman'ny Fiangonana. Fantaro ihany koa ireo mpikambana sy ireo fianakaviana izay tsy mpikambana ny sasany ao aminy izay tianao hotsidihana, ireo olona voaray anarana tokony hotsidihana ary ireo asa fanompoana azo atao hotadiavinao. Omano izay fitaovana fitadiavana olona hampiasainao, toy ny karatra fanomezana, kasety video, DVD, soratra masina, na boky kely. Diniho ihany koa izay toerana handehananao hanatonana olona, izay isan'olona hatoninao isan'andro, izay naman'ny Fiangonana ho angatahinao hanome anarana, sy izay naman'ny Fiangonana taloha ho tsidihanao, ary izay fomba ahafahan'ny filankevitry ny paroasy manampy, sy ny sisa. Manaova drafitra mazava ho an'ny andro manaraka. Ampiasao avokoa izay fotoana ambiny rehetra mba hanaovana asa atao hitadiavana olona afaka hanampy anao hahatratra ireo tanjonao. Mametraha tanjona ary miomàna mba hiresaka amin'ny olona rehetra izay apetraky ny Tompo eny amin'ny lalanao. Miadia mafy mba hahitana olona ho ampianarina.

**11. Omano izay fomba iaraha-miasa amin'ny filankevitry ny paroasy.** Ny eveka no manampahefana miahy. Hajao sy omeo voninahitra ny fahefany. Avereno dinihina eo ambany fitarihan'ny eveka ny Firaketana ny Fandrosoana nampiasaina tamin'ny fivoriam-pandrindrana ny

Fanamarihana

asa fitoriana ny filazantsara na ny filankevitry ny paroasy farany. Diniho ireo asa nasaina nataonao avy tamin'ny eveka na tamin'ny mpitarika ny Misiôna ao amin'ny paroasy, manaova tatitra momba ny fahavitanao izany na tsia. Diniho izay fomba hampandraisana anjara ireo hafa izay afaka manampy, toy ny mpitarika ny Misiôna ao amin'ny paroasy, ny mpitarika ao amin'ny fisoronana na ny vondrona sy ireo mpikambana hafa. Manomàna am-pitandremana tsara Firaketana ny Fandrosoana ho an'ny filankevitry ny paroasy na ny fivorian'ny komity mpanatanteraky ny fisoronana, na ny fivoriam-pandrindrana ny asa fitoriana ny filazantsara manaraka. Kendreo mba ho voasoratra tsara izany sy ho madio. Mametraha tanjona ary manaova drafitra mba hiasana am-pirindrana miaraka amin'ireo mpitondra ao amin'ny paroasy. Raha azo atao dia manaova dika mitovy amin'ny Firaketana ny Fandrosoana ho an'ireo mpitondra ao amin'ny paroasy izay hanatrika ny fivoriana.

**12. Apetraho ny fotoana hanaovana ireo fivoriana izay mitranga foana.** Apetraho ao amin'ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro ireo fotoana hanaovana ireo fivoriana izay mitranga foana, toy ny fivorian'ny distrika, ny fivoriam-paritra, ireo tafa sy dinika, ary ireo fivorian'ny Fiangonana. Diniho ny momba ireo asa asaina atao tokony ho vitainao alohan'izany fivoriana izany, ary ampio amin'izay efa noraisinao ao amin'ny Fanamarihana/Lisitry ny Tokony Atao izany.

**13. Ataovy ny fiaraha-midiniky ny mpiara-mitory momba ny fiaraha-miasa.** Zarao amin'ny misiônera mpiara-mitory aminao amin'ny faran'ny fotoam-pandrindrana isan-kerinandro ireo tanjona mety, ary angataho ny fanampiany mba hanatanterahana izany. Resaho miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao ny hamafin'ny fifandraisanareo. Resaho ny momba ireo olana mety hanakana ny fiaraha-miasanareo tsy hisy firaisan-kina na hanakana anareo tsy hankatò. Vahao ireo disadisa. Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao izay fantatrao fa hery ananany. Manontania soso-kevitra momba izay fomba ahafahanao hivoatra. Raha ilaina dia mametraha tanjona izay hanatsara ny fifandraisanareo. Farano amin'ny vavaka.

## Ny Fotoam-pandrindrana Isan'andro

Manaova fotoam-pandrindrana isaky ny fiafaran'ny andro iray. Raha mampianatra lesona ianao dia mety mbola any ivelany hatramin'ny 9 ora sy sasany alina. Fa raha tsy izany dia modia amin'ny 9 ora ary manaova fotoam-pandrindrana hatramin'ny 9 ora sy sasany (Manana fahefana hanova ny fandaharam-potoana ireo filohan'ny Misiôna arakaraky ny zava-mitranga ao an-toerana.) Ampiharo amin'ny fotoam-pandrindrana isan'andro ireo fitsipika sy torolalana izay arahinao amin'ny fotoam-pandrindrana isan-kerinandro fa ataovy amin'ny fomba tsotra kokoa. Aoka mba ho amim-bavaka no handinihanao ireo lesona sy lohahevitra azonao halalinina mandritra ny fotoana Fandalinana manokana na miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao izay hanampy anao amin'ny fandrindranao. Soraty ao amin'ny faritra voatokana amin'izany ao amin'ny fandaharam-potoana isan'andro ireo loha-hevitra ireo. Avereno jerena ny fandaharam-potoananao isan'andro. Manàna Asa Atao mivaingana sy voaomana amin'ny ora rehetra ao anatin'ny andro. Mandritry ny fotoam-pandrindrana ny alahady alina dia ataovy ireo tambatr'isa ao amin'ny Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny Antso An-tariby ka alefaso, soraty ny taratasy fanao isan-kerinandro ho an'ny filohan'ny Misiôna, ary hatsarao faramparany ireo tanjonao ho an'ny herinandro ho avy.

Fanamarihana

Alohan'ny handaozanao ny tranonao ny ampitso dia avereno jerena ireo tanjona, sy drafitra ary fandaharam-potoananao. Manaova famerenana raha ilaina. Mivavaha lalandava mialohan'ny fiainganao ao an-trano. Azonao lazaina fa mahomby ireo drafitrao isan'andro rehefa tsy mila mametra-panontaniana amin'ny ianao hoe: "Inona no tokony ataoko izao?"

## Ny Maha Tompon'andraikitra

Ny maha tompon'andraikitra dia fitsipika fototra ao amin'ny drafitra mandrakizain'Andriamanitra. Hijoro eo anoloan'ny Tompo isika tsirairay amin'ny fitsarana farany ka hanao ny ampamoaka amin'izay rehetra nataontsika tamin'ny fotoana rehetra izay nomeny antsika (jereo Alma 5:15–19; F&F 137:9). Betsaka ny azonao hianarana momba ny maha tompon'andraikitra ao amin'ny misiônanao izay ahitanao tombontsoa mandritra ny fiainanao. Ny fitsipiky ny maha tompon'andraikitra dia hitahy anao raha toa ianao ka:

> *"Rehefa refesina ny zava-bita dia mihatsara ny zava-bita. Rehefa refesina ka anaovana tatitra ny zava-bita dia mihahaingana ny fitomboan'ny fahatsarany"*
>
> – NY LOHOLONA THOMAS S. MONSON
>
> "THOU ART A TEACHER COME FROM GOD," *IMPROVEMENT ERA*, DES. 1970, 101

- Mametraka ireo tanjona sy drafitra amim-bavaka ka mitadidy ao an-tsaina fa hadinin'ireo mpitarika ao amin'ny Misiôna sy ny Tompo amin'ny ezaka rehetra ataonao ianao.
- Mahatsapa ho tompon'andraikitra manokana amin'ny fitokiana masina izay nomen'ny Tompo anao.
- Mametraka tanjona manan-danja.
- Misafidy ny tsy hiandry baiko eo amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny asanao eo anatrehan'ny Tompo sy ireo mpitarika anao ao amin'ny Misiôna. Aza miandry hanontaniana. Aza mitaky ny hafa hanontany anao matetika. Manàna faniriana hanao tatitra ny asanao.
- Manaiky andraikitra feno amin'ny ezaka rehetra ataonao. Tsy mba manameloka ny hafa amin'ireo trangan-javatra sarotra na amin'ny tsy fahampian'ny fandrosoana.
- Maniry ny hianatra amin'ireo mpitarika anao, ary manasa azy hanoro ireo fomba ahafahanao mivoatra.
- Marisika hanao ny asanao tsara indrindra.

Ny maha tompon'andraikitra dia tsy azo amin'ny fiafaran'ny Misiôna ihany akory. Fa fitsipika izay misy fiantraikany amin'ny fomba fanombohanao, amin'ny fomba fieritreretanao sy fahatsapanao momba ny andraikitra izay nomen'ny Tompo anao, amin'ny fomba hanatanterahanao ny asa ary hatraiza ny faharetanao izy io. Ny fihetsika ananao manoloana ny traikefan'ny misiônanao dia taratry ny fitiavanao ny Ray any An-danitra sy ny Zanany ary taratry ny fanajanao ny fisoronana.

Rehefa mivavaka manokana sy miaraka amin'ny mpiara-mitory ianao, dia katsaho ny fitarihan'ny Fanahy Masina amin'izay tokony hataonao isan'andro. Mivavaha ary mangataha ny fitarihan'ny Tompo rehefa manaraka ny drafitrao ianao. Mivavaha ao am-po mandritry ny andro mba hanampian'ny Fanahy Masina anao hahafantaranao izay

haleha sy izay hatao ary izay ho tenenina. Manontania tena hoe "Inona no mbola azoko atao?" Manaova tatitra amim-bavaka momba ny asa vitanao amin'ny fiafaran'ny andro.

Hanao tatitra amin'ireo mpitarika ao amin'ny Misiôna ianao isan-kerinandro amin'ny fampiasana ny Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny Antso An-tariby. Raha toa ka mpitarika ao amin'ny Misiôna ianao dia hahazo ireo vaovao ireo avy amin'ireo misiônera hafa. Asehoy fa liana amin'ny fiainan'izy ireo sy amin'ny fiainan'ireo izay ampianariny ianao fa tsy amin'ireo tarehimarika fotsiny ihany. Aza ampiasaina ho fanaraha-maso sy ho fanararaotana fotsiny ireo fitaovana sy vaovao voarainao ireo. Fa ento hanomezana fotoana ahafahanao handòka ireo misiônera noho ny fanoloran-tenany sy ahitanao fomba hanazarana ho amin'ny ho avy.

## Fandalinana Soratra Masina

**Inona no hevitry ny hoe tompon'andraikitra?**

F&F 58:26–33 F&F 101:78 Ezekiela 33: 1–6

**Inona no antony maha zava-dehibe ny fahafaha-misafidy ao amin'ny maha-tompon'andraikitra?**

2 Nefia 2:26–29 Helamàna 14:30–31

**Ahoana no tokony ho fomba fiaraha-miasan'ny misiônera sy ny mpitarika ao amin'ny Misiôna?**

F&F 38:23–25 Hebreo 13:17–18

## Tadidio Ireto

- Afantohy amin'ny tanjonao ireo ezaka ataonao.
- Mametraha tanjona arakaraka ireo mari-pamantarana.
- Mivavaha amin-kery momba ireo tanjona sy drafitra.
- Ampiasao ny bokim-piraketan'ny faritra sy ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro mba hanampiana ireo olona hitombo finoana, hibebaka, ho atao batisa, handray ny fanomezana ny Fanahy Masina, ary haharitra hatramin'ny farany.
- Isaky ny mari-pamantarana dia mametraha tanjona izay hanampy anao hiezaka, sy hampihatra finoana ary hiasa am-pahombiazana.
- Manaova fotoam-pandrindrana isan-kerinandro sy isan'andro izay mifantoka amin'ny fanampiana ny hafa handroso ao amin'ny filazantsara.
- Manaova tatitra amin'ny Tompo sy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Misiôna momba ireo ezaka vitanao.

Fanamarihana

Fanamarihana

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

## Fandalinana manokana

- Manorata fehezan-teny iray isaky ny fanontaniana ao amin'ny "Diniho Ireto" ao anatin'ny diarim-pianaranao.

- Manokàna fotoana kely hieritreretana ny andronao farany ao amin'ny sahan'ny Misiôna. Rehefa tonga izany andro izany dia:
  - Inona no tianao ho lazaina momba ny amin'ny zava-bitanao tamin'ny naha-misiônera anao?
  - Te ho tonga tahaka ny inona ianao?
  - Inona ny fiovana tianao ho tsikaritry ny hafa eny aminao?

  Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valin'ny fanontaniana tsirairay. Farito izay ilainao hatao amin'izao fotoana izao mba hanatanterahana ireo tanjonao ireo. Soraty ireo hevitra tonga ao an-tsaina.

## Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Ampiasao ny bokim-piraketan'ny faritra ka valio ireo fanontaniana etsy ambany:
  - Moa ve manara-potoana sy mazava tsara ary mora vakiana ireo tatitra voaray rehetra?
  - Raha mamaky ny bokim-piraketan'ny faritra ve ny misiônera iray vaovao ao amin'ny faritra dia afaka hahafantatra ny fandrosoana ara-panahin'ireo olona sy izay mbola ilaina hatao hanampiana azy ireo?
  - Afaka hahita tombontsoa amin'ireo ezaka vitanao mba hahitana namana vaovao ve ny misiônera vao tonga ao amin'ny faritra?
  - Alao sary an-tsaina ianao mampiseho amin'ny Tompo ny bokim-piraketan'ny faritra raha manao tatitra ny fomba nikarakaranao ireo olona ao amin'ny faritra nisy anao. Ho afa-po amin'ireo ezaka vitanao ve ny Tompo?

- Diniho ny momban'ny iray amin'ireo naman'ny Fiangonana. Jereo ny pejy mitondra ny lohateny hoe "Ireo Trangan-javatra Izay Mitondra ho amin'ny Batisa, ny Fandraisana ho Mpikambana, sy ny Fahazotoana ao Am-piangonana" ao amin'ny Bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera. Mifidiana tranga iray ka manaova lisitr'ireo zavatra ilainao atao mba hahatanteraka izany. Diniho ny fomba ahafahanao manomana ireo asa ireo mba hahatanteraka izany araka izay haingana indrindra.

- Resaho miaraka amin'ny namana mpiara-mitory aminao ity tantara fanoharana manaraka ity. Tombatombano ny fotoana maha ao anaty rano ny haran-jononao isan'andro.

  "Tsy misy amintsika tokony ho tahaka ilay mpanjono izay mihevitra fa nanjono mandritry ny tontolo andro kanefa raha ny marina dia nandany ny ankamaroan'ny fotoanany amin'ny firobohana sy fivoahana ny rano, amin'ny fisakafoana ary amin'ny fikarakarana ny fitaovany izy. Ny fahombiazana amin'ny fanjonoana dia miankina amin'ny fotoana maha ao anaty rano ny haran-jononao, fa tsy amin'ny fotoana handaozanao ny trano. Ny mpanjono sasany dia mandao ny tranony mandritra ny roambinifolo ora ary mampiasa ny haran-jonony ho ao anaty rano mandritra ny ora folo. Ny hafa kosa mandao ny tranony mandritra ny roambinifolo ora kanefa mampiasa ny haran-jonony ho ao anaty rano ora roa monja. Ity karazany farany ity dia tokony hanontany tena izay antony tsy ahitany fahombiazana tahaka ny hafa.

Fanamarihana

"Izany fitsipika izany dia mihatra koa amin'ireo misiônera, izay nantsoin'ny Tompo hoe 'mpanarato olona.' Ny haran-jonon'ny misiônera dia tokony haroboka ao anaty rano vantany vao mandao ny tranony izy" (Dallin H. Oaks, seminar for new mission presidents, 20 Jona 2000).

## Ny Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Vakio amin'ireo misiônera ny iray amin'ireto zava-mitranga manaraka ireto. Zarao ho vondrona vitsivitsy ireo misiônera ka asaivo mifandinika momba ireo tanjona sy drafitra izay hanampy ireo olona ao amin'ireto ohatra ireto mba handroso hankamin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Asao hizara ny heviny ny vondrona tsirairay.

  *Tranga voalohany:* Nihaona tamin-dRakoto sy Rasoa ianareo raha nanao asa fanompoana tao amin'ny akany fizaran-tsakafo ho an'ny mahantra izy ireo. Nampianatra lesona iray azy ireo ianareo ary te hahalala misimisy kokoa izy ireo ankehitriny. Tsy mahafantatra mpikamban'ny Fiangonana mihitsy izy ireo. Kristianina Rasoa, fa Rakoto kosa dia tsy manana antokom-pinoana manokana. Tsy mpivady izy ireo fa kosa miara-mipetraka. Miasa manomboka amin'ny 4 ora hariva ka hatramin'ny 12 ora alina Rakoto. Rasoa indray dia miasa atoandro.

  *Tranga faharoa:* Efa nandray ireo lesona rehetra i Rija ary mankany am-piangonana indroa isam-bolana farafahakeliny. Mino izy fa mpaminany i Joseph Smith ary marina ny Bokin'i Môrmôna. Katôlika hiringiriny ny fianakaviany ary tsy mankasitraka ny fihaonany amin'ireo misiônera.

  *Tranga fahatelo:* Mpianatra any amin'ny ambaratonga ambony i Niry. Manana namana mpikamban'ny Fiangonana izy. Nanasa azy izy io mba hihaona aminareo. Nampianatra azy lesona roa ianareo. Nanatrika izany io mpikambana namany io. Tsy mbola nankany am-piangonana izy ary sahirana lava amin'ireo enti-modiny ka sarotra aminy ny hamaky ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

- Asao ireo misiônera mba hizara ireo traikefa tamin'ny alalan'ny fametrahana tanjona sy fanaovana drafitra, ka ahafahan'izy ireo manampy olona mba:
  - Hampitombo bebe kokoa ny finoany ny Mpamonjy.
  - Hibebaka sy hiova izay mampanatona azy bebe kokoa an'Andriamanitra.
  - Handray ny fanekempihavanan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.
  - Hiverina any am-piangonana ka hanavao ireo fanekempihavanan'ny batisa.

- Zarao ho vondrona telo ireo misiônera. Hazavao fa hahazo anjara asa lehibe ny vondrona tsirairay. Ary omeo iray avy amin'ireto asa ireto ny vondrona tsirairay:
  - Manokafa faritra iasana vaovao.
  - Manomàna fotoam-panofanana amin'ny fivoriam-paritra momba ny fampahafantarana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny naman'ny Fiangonana.
  - Ampidiro ao amin'ny tontolon'ny paroasy ny fianakaviana iray naman'ny Fiangonana. Misy ankizy telo ao amin'io fianakaviana io: ankizy vavy 8 taona, ankizy vavy 12 taona ary ankizy lahy 16 taona.

  Ambarao amin'ireo misiônera fa manana valo minitra izy ireo hanaovana drafitra. Tokony handray an-tsoratra ny drafitra ny iray amin'ireo misiônera, ao anatin'izany ireo Asa Atao isan'andro.

  Asaivo mizara ny drafiny avy ireo vondrona tsirairay. Aorian'ny fifampizarana dia anontanio hoe:

Fanamarihana

– Inona no ilain'ireo misiônera fantarina ao amin'ny tranga tsirairay?

– Inona no mety ho vokatra raha tsy manao drafitra-na asa atao izay manandanja ianareo na tsy manao drafitra mihitsy?

Aorian'ny fizarana rehetra dia anontanio hoe:

– Ahoana no maha asa am-pitiavana sy asam-pinoana ny fametrahana tanjona sy ny fanaovana drafitra?

## Ny Filohan'ny Misiôna

- Asaivo mitondra ireo bokim-piraketan'ny faritra ireo misiônera amin'ny fivoriam-paritra na amin'ny fotoanan'ny dinidinika. Ankoatran'ny fijerenao manokana ireo bokim-piraketan'ny faritra dia diniho koa ny hamakian'ireo mpitarika ao amin'ny Misiôna na ny vadinao ireo boky ireo.

- Jerijereo indraindray ny fotoam-pandrindrana isan-kerinandro na isan'andro ataon'ny misiônera.

- Ataovy any an-tranon'ny misiônera indraindray ny dinidinika. Rehefa manao izany ianao dia asao ny vadinao na ireo mpanampy ny filoha hijery ireo bokim-piraketan'ny faritra sy ireo bokim-pandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro.

- Araho maso matetika ireo bokim-pandaharam-potoanan'ireo misiônera.

- Manatreha ny fivorian'ny filankevitry ny paroasy indraindray.



# Ahoana no Fomba Hahitako Olona hampianarina?

Fanamarihana

**Diniho Ireto**

- Inona no hevitry ny hoe "mahita an'ireo izay handray anareo" (F&F 42:8)?
- Ahoana no hampitomboako ny finoako mba hahitana olona hampianarina?
- Nahoana aho no tokony hampandray anjara ireo mpikambana amin'ny fiezahako hahita olona?
- Inona no anjara asan'ireo anaran'olona azo tamin'ny fampitam-baovao sy ny foiben'ny Fiangonana?
- Inona no fifandraisan'ny fitadiavana olona sy fampianarana?
- Inona no anjara toeran'ny asa fanompoana eo amin'ny fitadiavana olona hampianarina?
- Inona avy ireo hevitra fitadiavana olona hampianarina izay mbola tsy nandramako?

## Fampitomboana ny Finoana mba hahitana Olona

Ireo fotopampianarana sy fitsipika ao amin'ity fizarana ity dia hanamafy ny finoanao fa ny Tompo dia manomana olona handray anao sy ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Hitantana anao ho any amin'izy ireo Izy na hitantana azy ireo ho any aminao Izy. Tsy mitovy ny fahitana olona amin'ny faritra tsirairay manerana izao tontolo izao. Mila mahay mampifanaraka ny toe-javatra misy ireo misiônera sy filohan'ny misiôna. Na eo aza anefa ireo fahasamihafana, dia iraisan'ny rehetra ireo fitsipiky ny fitadiavana olona.

**Ny Fianakavian'Andriamanitra.** Mpikambana tao amin'ny fianakavian'Andriamanitra avokoa ny olona rehetra tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana (jereo Asan'ny Apôstôly 17:26–29; Hebreo 12:9). Anisan'ny fianakavian'Andriamanitra isika mandritra ity fiainana ity ary afaka mahazo fahasoavana lehibe kokoa amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny fianakaviany antsika amin'ny fiainan-ko avy. Mpirahalahy sy mpirahavavy avokoa isika

© 1990 Del Parson. Tsy azo adika.

Fanamarihana

ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra. Ny fahafantarana izany dia hahatsapantsika ny maha-izy antsika sy ny fiaviantsika. Manome antsika fanantenana hahazo ny fiainana mandrakizay eo anatrehan'Andriamanitra izany. Takatsika ireo fahamarinana fototra ireo noho ny Famerenana amin'ny laoniny. Mampianatra ireo fahamarinana naverina amin'ny laoniny an'ireo rahalahy sy anabavinao no andraikitrao sy fahasoavanao. Toa an'i Alma izay nikatsaka ny hanampy ireo Zôramita nihemotra, dia afaka mivavaka toy izao ianao: "Tompo ô, hotovinao aminay anie ny hahazoanay fahombiazana amin'ny fitondrana azy ireo indray hankany aminao ao amin'i Kristy. Indro, Tompo ô, sarobidy ny fanahiny . . . ; noho izany, omeo anay Tompo ô, ny fahefana sy ny fahendrena mba ahazoanay mitondra indray ireto rahalahinay ireto hankany aminao" (Alma 31:34–35).

**"Tadiavo Ireo Izay Handray Anareo."** Tokony hanorina ny Fiangonana ianareo amin'ny alalan'ny fitadiavana "ireo izay handray anareo" (F&F 42:8). Ny olona toy izany dia hahafantatra fa mpanompon'ny Tompo ianareo. Ho vonona ny handray ny hafatra entinareo izy ireo. Betsaka tamin'ireo olona ireo no "voasakana tsy ahita ny fahamarinana noho ny tsy fahafantarany izay ahitana izany [fotsiny]" (F&F 123:12).

Mazàna tsy fantatrareo hoe iza ireo olona ireo. Mety tsy hahafantatra avy hatrany izy ireo fa mpanompon'ny Tompo ianareo. Mety tsy hahafantatra izy ireo fa azo avy amin'ny alalan'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ny fiadanana sy ny fitarihana bebe kokoa ary ny fahafantarana ny tanjon'ny fiainana fa tsy avy amin'ny zavatra hafa. Matetika izy ireo tsy tonga saina fa mitady ny filazantsara naverina amin'ny laoniny mandra-pahitany an'izany. Niteny toy izao ohatra ny olona niova fo iray: "Rehefa nandre ny filazantsara aho, dia nameno ilay banga tao am-poko izany, banga izay tsy fantatro akory ny fisiany." Ny hafa indray dia nilaza hoe "Vitako ilay fikarohana izay tsy tsaroako ho nataoko."

Na aiza na aiza toerana hanendrena anao hanompo, dia tsarovy fa ny Tompo dia "efa namela anareo ho tonga eto amin'ity toerana ity; satria nilaina tao [Aminy] izany ho famonjena ireo olona." Miasà am-pahombiazana mba "[hanandratra] amin'ity vahoaka ity ny feonareo; teneno ny eritreritra izay hapetraky [ny Tompo] ao am-ponareo." Raha manao izany ianao dia hahazo ny fampanantenana hoe "dia tsy hangaihay eo anoloan'ny olona ianareo," ary "homena anareo . . . amin'izany fotoana izany indrindra izay ho lazainareo" (F&F 100:4–6). Ny fitadiavana olona miaraka amin'ny Fanahy dia zava-dehibe toy ny fampianarana amin'ny alalan'ny Fanahy. Toy ny amin'ny fampianarana, ireo ezaka ataonao amin'ny fitadiavana olona dia hahomby raha tarihin'ny Fanahy ianao. Manàna finoana fa ho fantatrao izay ampianarinao sy ataonao mba hahitana ireo izay handray anao.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Betsaka amin'ireo mpikambana izay tsidihanao no mety ho niova fo ao amin'ny Fiangonana. Manomàna fotoana hanontaniana azy ireo izay fomba nahafantarany ny Fiangonana sy nahalalany fa nampianatra azy ireo ny fahamarinana ireo misiônera. Fintino ao anatin'ny diarim-pianaranao ny zavatra niainan'izy ireo.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Ahoana no hanomanana sy hitarihana ireo zanak'Andriamanitra ho amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 13:24 | F&F 29:7 | F&F 84:45–47, 88 |
| Alma 16:16–17 | F&F 33:6 | F&F 136:32–33 |

Fanamarihana

## Miresaha amin'ny Olona Rehetra



Raha nandeha lakana niaraka tamin'ny vondrona misiônera tao amin'ny renirano Missouri ny mpaminany Joseph Smith, dia nanambara ny Tompo hoe "Tsy ilaina ny hisosan'[ny] . . . loholoko . . . faingana . . . raha ny mponina amin'ny andaniny roa kosa ho faty ao amin'ny tsy finoana" (F&F 61:3). Rehefa mizotra amin'ny fanatanterahana ireo asa efa voalamina ho atao ianao dia mivavaha mba ho afaka hahita fotoana malalaka hanompoana sy hampianarana ireo izay mety "ho faty ao amin'ny tsy finoana." Mivavaha mba hananana fahatsapana ara-panahy hahafantarana izany fotoana izany. Ho hitanao fa apetrak'Andriamanitra eny amin'ny lalanao ireo zanany izay efa voaomana handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

Tsy misy zava-mitranga amin'ny asa fitoriana ny filazantsara mandra-pahitanao olona hampianarina. Miresaha amin'ny olona betsaka araka izay azonao atao isan'andro. Tsy mahagaga raha somary matahotra ianao raha hiresaka amin'olona, fa afaka mivavaka ianao mba hanana finoana sy hery ho sahy kokoa hanokatra ny vavanao hanambara ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Andramo ampiharina ireto hevitra manaraka ireto rehefa mikasa ny hiresaka amin'ny olona rehetra izay mihaona aminao ianao:

- Miresaha aminy momba ny fianakaviany. Ampio izy ireo hahita ny fahasoavana mety ho azon'ny fianakaviany amin'ny alalan'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.
- Mitadiava hevitra—toy ny fitaovana ao an-trano na ao an-tokontany, soratra eo amin'ny akanjo, na zavatra mampahafantatra ny fisian'ny ankizy—hanampy anao hahafantatra izay fomba hitarihan-dresaka amin'ny olona.
- Henoy am-pahatsorana izay tenenin'ny olona aminao.
- Aoka ho tsara fanahy, meteza ho namana sy feno fifaliana. Manolora-tena hanampy.
- Matokia ny Fanahy hametraka ao am-ponao sy ny sainao izay ho ampianarinao.
- Asao ny tsirairay hianatra momba ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.
- Manomeza karatra misy fampahafantarana mikasika ny Fiangonana izay zaraina aman'olona.
- Manontania anaran'olona mifandray amin'izy ireo izay mety ho liana amin'ny hafatra entinao.

Rehefa mamaky ity tantara marina manaraka ity ianao dia jereo ny fomba niomanan'ilay olona handray ireo misiônera sy ny fomba nampiasan'ireo misiônera ny fotoana tsy nampoizina mba hampianarana azy ny filazantsara.

*Tsy nampianarina hamaky Baiboly mihitsy aho tamin'ny fahazazako. Mankany am-piangonana ihany aho isaky ny alahady, kanefa tsy nandray anjara sady tsy nahatsapa na inona na inona tamin'izany. Diso fanantenana tamin'ny antokom-pivavahana nisy ahy aho. . . . Nitady . . . an'Andriamanitra aho—tamin'ny faniriana ny hahafantatra raha tena misy Izy. Nangetaheta ny hahafantatra Azy sy ireo Teniny aho. Kanefa ohatra ny toa tsy nahita izay notadiaviko.*

*Nisy fotoana nahatsapako fa efa ho afaka ny hetahetako. Tamin'ny fotoana voalohany nitrotroko ny voalohan-janako, vavy izy io, dia nanana fahatsapana aho fa tena misy marina Andriamanitra.*

Fanamarihana

*Taona maro taty ao aoriana, raha teraka indray ny rahavaviny, dia nanana izany fahatsapana izany indray aho. . . . Matetika anefa dia nisy havizanana tsy hay fantarina nitambesatra tamin'ny fanahiko. Nangetaheta ara-panahy fatratra aho nefa tsy nahita toerana hanalana izany hetahetako izany.*

*Tamin'ny volana aprily 1994 aho dia nipetraka tao amin'ny tananan'i Monterrey, any Meksika, mpamily fiara karetsaka no fivelomako tamin'izany. Indray andro, nirotsaka nandritra ny ora maro ny orana ka niteraka riaka nikoriana avy eny an-tendrombohitra. Rehefa avy nihodikodina tamin'ny fiara nandritra ny ora maro tao anatin'ny filatsahan'ny orana aho, dia tonga tamina tanana kely iray tokony ho 8 kilometatra miala an'i Monterrey. Efa ho . . . ora fodiana tamin'izay. Tampoka teo anefa dia nahita zatovolahy roa nandeha tongotra aho. Nanao pataloha mainty sy lobaka fotsy izy ireo ary toa hotsaka hatrany an-tampon-doha ka hatrany am-paladia.*

*Raha nanatona azy ireo aho dia novohaiko ny varavaran'ny fiara ary niantso aho hoe "Midira! Ho any Monterrey aho."*

*Namaly ilay iray lavabe, izay toa mazava fihodirana, nanao hoe "Tsy manam-bola izahay."*

*"Tsy mila mandoa", hoy aho namaly.*

*Niditra haingana tao amin'ny fiara izy ireo.*

*Sady namily aho no niresaka izahay. Nanontany izy ireo raha afaka mizara hafatra momban'i Jesoa Kristy amiko. Nanaiky aho ary nanome azy ireo ny adiresiko.*

*Rehefa tonga tany an-trano aho, dia nofohaziko ny vadiko ary nitantara taminy ny momba ireo zatovolahy roa aho. "Fifandrifian-javatra koa izany," hoy aho. "Meksikana ny iray ary ny iray hafa kosa Amerikana, nefa samy Elder ny anaran'izy roalahy."*

*"Misiônera no dikan'ny hoe Elder," hoy ny vadiko namaly, fa nahafantatra kely fotsiny momba ny Fiangonana izy.*

*Nahatsapa zavatra nampihetsim-po lalina aho. Namela fahatsapana tsara nahatalanjona tao am-poko ireo zatovolahy roa ireo. Nahatsapa aho fa efa akaiky ho hitako ilay rano izay hanafaka ny hetahetako, ary efa azo takarina izany.*

*Tonga tao an-tranonay ireo misiônera ny 5 jona, ary faly aho nihaino azy ireo. Tapa-bolana taty aoriana, ny 19 Jona, dia natao batisa aho. Natao batisa ny vadiko efa-bolana taty aoriana, ny volana oktobra. Nanaraka fiofanana ara-pivavahana tany an-tsekoly moa ny zanakay vavimatoa tamin'izany. Raha vao nankany am-piangonana voalohany izy dia nitomany, ka nanao hoe "Dada, tena tsara lavitra kokoa noho izay ianarako any am-pianarana ity!" Natao batisa ihany koa izy ny volana oktobra.*



© 2001 Simon Dewey. Tsy azo adika.

*Ny volana desambra 1995 dia nofehezina ho fianakaviana ho amin'ity fiainana ity sy ho amin'ny mandrakizay tao amin'ny Tempolin'i Mexico, ary Meksika izahay. Fianakaviana miaina ao anatin'ny firaisankina sy fiadanana ary fahasambarana izahay ankehitriny. Fantatray izay derainay. Fantatray izay niavianay sy izay alehanay. Tianay ny tenin'Andriamanitra, indrindra ny Bokin'i Môrmôna, ary tianay ny Fiangonany, dia ny Fiangonan'i Jesoa Kristy an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tamin'ny alalan'ireo fanomezana ireo no nahitanay ilay loharano velona izay notenenin'ny Mpamonjy tamin'ilay vehivavy Samaritana nanao hoe: "Fa na iza na iza no misotro ny rano izay omeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay omeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay" (Jaona 4:14). [Victor Manuel Cabrera, "Thirsting for the Living Water," Liahona, Aogositra 2001, 60–61]*

### Asa Atao: Fandalinana manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory.

- Ahoana ny fomba niomanan'ilay lehilahy ho amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny?
- Inona no nitranga raha toa ka tsy nanokatra ny vavany mihitsy ireo misiônera hizara ny hafatry ny filazantsara?

Fanamarihana

- Avereno dinihina izay nataonao omaly. Niresaka tamin'ny olona betsaka araka izay azonao natao ve ianao? Raha tsia, dia manaova drafitra ary mametraha tanjona hahavitana izany anio.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no ambaran'ny Tompo momba ny fanokafana ny vava? Inona no tokony ampianarinao? Inona no ampanantenaina anao?**

F&F 24:12
F&F 28:16
F&F 33:7–15
F&F 60:2–3, 7–8

## Mampianara Rehefa Mahita Olona Hampianarina, ary Mitadiava Olona Rehefa Mampianatra.

Asa atao mifandray sy mifameno ny fitadiavana sy ny fampianarana olona. Rehefa mihaona amin'olona ianao dia aoka ho vonona ny hampianatra famintinana fohy momba ny fahamarinana naverina amin'ny laoniny mba hahafahan'ny Fanahy Masina hijoro ho vavolombelona fa mpanompon'ny Tompo ianareo. Ao anatin'ny toe-javatra maro samihafa dia tokony ho afaka hanolotra hafatra iray ao anatin'ny iray minitra na latsak'izany ianao. Zatra mihaino hevitra fohy sy mafonja ny olona. Ohatra, afaka mijoro ho vavolombelona momba ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny amin'ny alalan'ny fehezan-teny roa na telo fotsiny ianao:

> *Rehefa very nandritra ny taonjato maro ireo fahamarinana fototra momba an'Andriamanitra (ny filazantsaran'i Jesoa Kristy) dia naverin'ilay Andriamanitra be fitiavana amin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny mpaminany velona iray izany. Manana porofon'izany izahay, izay azonao tsapain-tanana sy vakiana, ary azonao saintsainina ao am-po, sy hivavahana ihany koa mba hahafantaranao manokana ny fahamarinan'izany. Omenao alalana ve izahay mba . . .*

Raha misy fotoana lavalava kokoa, dia afaka miresaka bebe kokoa ianao:

> *Tsotra ny hafatray. Raintsika Andriamanitra. Zanany isika. Anisan'ny Fianakaviany isika. Tia antsika Izy. Hatramin'ny fiandohan'izao tontolo izao dia nanaraka drafim-pitiavana sy firaharahiana hatrany Izy. Im-betsaka Izy no naninjitra ny tanany am-pitiavana hanambara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy mba hahafantaran'ireo zanany ny fomba iverenany any Aminy. Nambarany tamin'ireo mpaminany izany, toa an'i Adama, Noa, Abrahama ary Mosesy. Kanefa nisy hatrany ireo olona izay nisafidy ny handà izany filazantsara izany. Roa arivo taona lasa, dia i Jesoa Kristy mihitsy no nampianatra ny Filazantsarany. Tsy nampino, fa na i Jesoa aza dia nolavin'ny olona. Amin'ny fotoana rehetra izay tsy hiraharahian'ny olona na hanovan'ny olona ireo fotopampianarana sy ôrdônansy marina dia esorin'Andriamanitra ny fahefany hitantanana ny Fiangonana.*
>
> *Ny fanasanay anao dia ny ampitomboanao ireo fahamarinana izay efa anananao. Diniho ny mahamarina ny hoe naninjitra ny sandriny am-pitiavana indray tamin'ireo zanany ny Raintsika any an-danitra ka nanambara tamina mpaminany ireo fotopampianarana sy ôrdônansy marina. Joseph Smith no anaran'io mpaminany io. Ny porofon'izany fahamarinana lehibe izany dia hita ao amin'ny boky iray—ny Bokin'i Môrmôna. Azonao tsapain-tanana sy vakiana izany, ary saintsainina ao an-tsainao sy ao am-ponao ny fahamarinan'izany.*

Ialao ny fironana hilaza zavatra toy ny hoe "Manana minitra vitsy va ianao ahafahanay hampianatra hafatra momba ny . . ." Fa kosa, manàna fahazarana manomboka mampianatra sy mijoro ho vavolombelona avy hatrany raha vao mihaona amin'ny olona ianao. Hahita olona betsaka kokoa hampianarina ianao raha mijoro ho vavolombelona sy mamela azy hahatsapa ny herin'ny Fanahy Masina.

Fanamarihana

Na ahoana na ahoana fomba nitarihanao ny resaka, dia ampifandraiso haingana sy amin'ny fomba tsotra amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara izany, fa izany no hany hafatra entintsika ho an'izao tontolo izao. Matetika ireo izay ampianarinao dia manana namana na havana izay voaomana handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Amin'ny fotoam-pampianarana rehetra—toy ny fitadiavana olona, ny fampianarana naman'ny Fiangonana, fiaraha-miasa miaraka amin'ny mpikambana—dia manontania hoe "Iza no fantatrao fa mety ho liana sy hahazo tombontsoa avy amin'ity hafatra ity?" Rehefa avy nahazo anarana tamin'olona dia manontania indray hoe "Iza ihany koa no mbola mety hahita tombontsoa avy amin'ny hafatra entinay?" Aza misalasala ny hanontany izany hatrany hatrany amin'ny fihaonana manaraka. Rehefa mahatsapa ireo fitahiana avy amin'ny filazantsara ireo izay ampianarinao, dia hitombo ny faniriany hizara izany (jereo 1 Nefia 8:12). Mety hahazo namana vaovao hatrany izy ireo mandritra ny fianarany ny filazantsara. Ireo misiônera izay mampihatra izany fitsipika izany mazàna dia manana olona maro ampianarina.

**Asa Atao: Fandalinana miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

- Manomàna hafatra iray minitra mifototra amin'ny iray amin'ireo lesona. Eritrereto ireo fomba ampianarana io lesona io mandritra ny fitadiavana olona.
- Fantaro ny fomba ahafahanao mampifandray haingana io hafatra io amin'ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao io hafatra io.
- Mametraha tanjona hampianatra io hafatra io amin'ny fotoana mahamety azy anio mba hampitomboana naman'ny Fiangonana iray vaovao ao amin'ny vondron'olona ampianarinao.

---

- Avereno dinihina ny lisitr'ireo olona izay ampianarinao amin'izao fotoana izao. Ataovy ny lisitr'ireo olona izay efa nangatahinao anaran'olona sy ny an'ireo izay tsy mbola nangatahanao. Manaova fampiharana momba ny fomba handrosoanao fanasana olona hanome anarana ao amin'ny vondrona tsirairay. Mariho ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao izany fanasana izany ho ampiasaina amin'ny fitsidihanao manaraka.

## Firesahana momba ny Maha-zava-dehibe ny Fianakaviana



Ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mitahy ny fianakaviana. Amin'ny alalan'ny fiainana ireo fitsipiky ny filazantsara naverina amin'ny laoniny dia mihamafy ny fianakaviana ary afaka mahazo fiadanana, hafaliana ary mahafantatra ny fiaviana sy ny maha-izy azy.

Hanampy anao hahita olona hampianarina ny firesahanao momba ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana amin'ireo izay mihaona aminao isan'andro. Manana fahalinana voajanahary momba ny fianakaviana ny ankamaroan'ny olona. Amin'ny fotoana rehetra hitadiavana olona dia afaka mampifandray haingana izay fiheveran'ny olona momba ny fianakaviana amin'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ianao. Rehefa mahita olona ianao dia afaka miteny toy izao manaraka izao:

Fanamarihana

*Amintsika dia tsy misy zava-dehibe mihoatra noho ny fianakaviana. Mampifamatotra antsika tsirairay ny fianakaviana, manome anarana antsika, ary manampy antsika hahatsapa ho ilaina ary tiana. Nandova toe-tsaina, sy toetra manokana, ary toe-batana avy amin'ny fianakaviana isika izay manome ny maha-izy antsika manokana.*

*Ny fananana fianakaviana matanjaka sy sambatra no laharam-pahamehana ambony indrindra ho an'ny ankamaroan'ny olona manerana izao tontolo izao. Sarotra matetika ny manatanteraka izany tanjona izany. Ny fanabeazana ireo zanaka sy ny fananana fanambadiana mafy orina amin'izao tontolo iainantsika ankehitriny izao dia ohatran'ny tsy ho azo tanterahina eo anivon'ireo ratsy manodidina antsika.*

Afaka tohizinao amin'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny izany avy eo:

*Ireo fahatsapana fitiavana sy fahalinana izay ananantsika ho an'ireo fianakaviantsika dia maharitra mandrakizay sy lalim-paka ao amin'ny fanahintsika. Mifantoka amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra izy ireny. Anisan'ny fianakavian'Andriamanitra ianao efa hatramin'ny talohan'ny nahaterahanao. Raintsika Izy. Koa satria Raintsika Izy, dia mpirahalahy sy mpirahavavy isika. Tian'ny Ray any an-danitra ny hiverenantsika hiaina hiaraka Aminy indray mba ho isan'ny Fianakaviany. Ireo fianakaviana ety an-tany dia mifamatotra amin'ny fianakavian'Andriamanitra. Afaka miara-miaina mandrakizay ny fianakaviana aorian'ity fiainana ity. Fantatsika izany satria rehefa very nandritra ny taonjato maro ireo fotopampianarana marina sy ireo ôrdônansy toy ny batisa asitrika dia nampodian'ilay Andriamanitra be fitiavana amin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny mpaminany velona iray. Ireo fahamarinana naverina amin'ny laoniny ireo dia tsy manampy antsika ahafantatra ny toerantsika eo anivon'ny fianakavian'Andriamanitra fotsiny ihany fa fanantenana lehibe indrindra ho antsika izany hahazoana fianakaviana matanjaka sy sambatra eto amin'ity fiainana ity. Moa ve izahay afaka mampianatra anao bebe kokoa momba ny . . .*

Azo ampiharina amin'ireo lohahevitra hafa toy ny fahasambarana, ny fahoriana, ny tanjon'ny fiainana na ny fahafatesana ihany koa izany. Na ahoana na ahoana fomba nitarihanao ny resaka, dia aza adino ny mampifandray izany haingana amin'ilay hafatra tokana entintsika ho an'izao tontolo izao.

## Ny Maha-zava-dehibe ny Mpikambana

Miaraha miasa amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hitadiavana olona hampianarina. Ny toe-javatra tsara indrindra dia rehefa manasa olona hampianarina ny mpikambana ary manatrika ny fampianarana azy izy ireo. Rehefa manao izany ny mpikambana dia maro kokoa ny olona atao batisa sy mijanona ho mazoto ao am-piangonana. Zava-dehibe ny fiaraha-miasa amin'ireo mpikambana satria manalefaka ny fon'ireo olona izany ary mazàna mitarika azy ireo ho liana amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Midika izany mazàna fa voatarika ao anatin'ny faribolan'ny naman'ireo mpikamban'ny Fiangonana izy ireo, izay misy ireo mpikambana mazoto sy malaindaina, ireo vao niova fo, ary ireo olona izay mpikambana ny sasany ao amin'ny fianakaviana.

Nampianatra toy izao ny Filoha Gordon B. Hinckley: "Maro amintsika no mihevitra ny asa fitoriana ny filazantsara ho firesahana amin'olona fotsiny ihany. Ireo rehetra izay mahalala io asa io dia mahafantatra fa misy fomba hafa tsara kokoa noho izany. Izany fomba izany dia amin'ny alalan'ny mpikamban'ny Fiangonana. Rehefa misy mpikambana mampahafantatra naman'ny Fiangonana iray, dia misy avy hatrany ny fomba fanampiana. Mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'izany asa izany ilay mpikambana. Tsy andriny ny hahazoan'ilay namany ny fahasambarana. Lasa faly dia faly izy rehefa mandroso amin'ny fianarana ny filazantsara io namany io.

> *"Ao aorian'izay efa voalaza rehetra, ny adidy lehibe sy manan-danja indrindra dia ny mitory ny Filazantsara."*
>
> – NY MPAMINANY JOSEPH SMITH
> *ENSEIGNEMENTS DU PROPHÈTE JOSEPH SMITH*, 87

Fanamarihana

"Mety ho ny misiônera amin'ny fotoana maharitra no manao ny tena fampianarana, kanefa ny mpikambana dia hanohana izany fampianarana izany amin'ny fanolorany ny tokantranony ho toerana hanatanterahana io asa fitoriana ny filazantsara io araka izay azo atao. Hijoro ho vavombelona amin-kitsimpo ny maha-asan'Andriamanitra ity asa ity izy. Hamaly ireo fanontaniana izy rehefa tsy eo ny misiônera. Ho naman'ny olona niova fo izay mandalo fiovana lehibe sy matetika sarotra izy. . . . Ny fitarihana olona vaovao ho ao amin'ny Fiangonana dia tsy andraikitr'ireo misiônera samirery. Mahomby kokoa izy ireo rehefa ny mpikambana no lasa loharano nahitana ireo naman'ny Fiangonana" (Liahona, Jolay 1999, 119–20).

Ny eveka no fototra iatombohan'ny fanorenana fifandraisana mafy orina amin'ny mpikambana. Manolora fanampiana sy fanompoana amin'ny fomba tsara rehetra amin'izay ampanaoviny. Manontania tena matetika manao hoe "Moa ve aho fitahiana sa enta-mavesatra ho an'ny eveka?" Mahaiza mampivelatra ilay toetra hoe "Inona no azoko hanampiana?" Raha tadiavinao ireo fotoana ahafahanao mitia sy manompo ary mampianatra, dia ho mora kokoa amin'ny eveka sy ireo mpikambana ao amin'ny paroasy ny hametraka ny fitokiany aminao momba ireo fianakaviany sy ireo namany.

Diniho ity ampahany tamin'ny zavatra izay nosoratan'ny misiônera iray ity ho an'ny filohan'ny misiônany:

> *Ry Filoha Malala,*
>
> *Niantso ahy ireo mpanampin'ny filoha androany nilaza tamiko fa hafindra toerana aho. Tsapako fa tokony hanoratra sy hisaotra anao aho tamin'ny nanendrenao ahy amin'ity faritra ity. Toa ohatran'ny vao omaly no nilazanao tamiko ny momba ireo fanamby izay miandry ahy.*
>
> *Ny alahadinay voalohany dia nanamafy izay nolazainao tamiko. Tsy dia nafana loatra ny fandraisana anay tao amin'ny paroasy. Ny hany zavatra nahafinaritra tamin'io alahady voalohany io dia i Scott izay mpitarika vaovaon'ny misiôna ao amin'ny paroasy. Notendrena ho any amin'ny tobin'ny Tafika an'ny habakabaka izy iray volana talohan'io ary nanompo ho mpitarika ny misiôna tato amin'ny paroasy efa ho tapa-bolana. Nanasa anay nisakafo hariva tany an-tranony izy io alahadinay voalohany io mba handinihina izay azo atao hampandeha ny asa. Tao aorian'ny sakafo dia nandohalika nivavaka sy nangataka ny fitarihan'ny Ray any an-danitra izahay. Nandritra ny vavaka dia nahatsapa fiadanana sy fahavononana izahay. Voamarinay fa ny fomba tsara indrindra hampandrosoana ny asa dia ny fahazoana ny fitokian'ireo mpikambana. Nanapa-kevitra ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Amôna izahay ka hanompo azy ireo.*
>
> *Natombokay tamin'ny eveka izany. Noho ny tsy fahampian'ny batisa tao amin'ny faritra sy ny tsy fahampian'ny ezaka avy amin'ireo misiônera teo aloha, dia tsy nahagaga raha tsy dia taitra loatra tamin'ny fiangavianay hihaona taminy izy. Taty aoriana dia nanasa anay nisakafo hariva tany an-tranony izy. Tsikaritray fa niomana ny hanala ny karipetra tao amin'ny efitra fandraisam-bahiny izy ary hanamboatra ny gorodona teo ambanin'izany. Nanolo-tena ny hanampy azy izahay ary nanaiky izy. Teo am-pamaranana ny asa dia nanasa anay hanao lahateny amin'ny fivoriana Fanasan'ny Tompo izy. Noraisinay ho toy ny porofo izany fa nanomboka natoky anay izy.*
>
> *Narahinay izany fomba fanompoana izany rehefa nihaona tamin'ny mpikambana hafa izahay. Nahita fotoana hanampiana azy ireo tamina fomba tsotra samihafa izahay. Rehefa tsy any amin'ireo mpikambana izahay dia mandondom-baravarana ary miresaka amin'ny olona betsaka arak'izay azonay atao momba ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Notahiana izahay noho ireo olona ampianarinay ary hitan'ireo mpikambana izahay nitondra olona tany am-piangonana izay hitanay tamin'ny ezakay manokana. Nanomboka niova ny fihetsiky ny paroasy manontolo. Nisy fitomboana goavana ny fahazotoana teo amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Vantany vao natoky anay ireo mpikambana dia niroborobo ny asa. Batisa maro no vokatr'izany.*



Manana tahotra ny amin'ny fanaovana asa fitoriana ny filazantsara ny mpikamban'ny Fiangonana maro. Betsaka no tsy mahatoky tena ny amin'ny fomba hanombohana na amin'izay ho tenenina. Betsaka no matahotra fa ho very namana akaiky izy ireo raha manandrana mizara ny filazantsara amin'izy ireny. Misy fomba maro afaka hanampiana ireo mpikambana. Ohatra, fanampiana azy ireo hanorina ny finoany amin'ny fampianarana azy ireo ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny sy ireo fotopampianarana hafa ao amin'ny lesona. Ampio izy ireo hahatsapa ny Fanahy Masina sy ny herin'ny hafatra entintsika. Ny fanamafisana ny fahazoan'izy ireo ny fotopampianaran'i Kristy dia hampitombo lavitra ny fahatokian'izy ireo anao ary hanorina bebe kokoa ny fahazotoany hanao asa fitoriana ny filazantsara noho izay rehetra hafa azonao atao. Ampio izy ireo hahatakatra fa ny fizarana ny filazantsara naverina amin'ny laoniny dia hikoriana mora kokoa avy amin'ny alalan'ny fifandraisana izay hikatsahany ny hitia sy hanompo ireo fianakaviany sy ireo namany. Ampianaro azy ireo ny fitsipika ao amin'ny fizarana "Mandehana Manao Soa" ao amin'ity fizarana ity. Amporisiho ireo mpikambana mba "hiombona amin'ny fifadian-kanina sy ny faherezana mivavaka ho fiadanan'ny fanahin'ireo izay tsy [mahalala] an'Andriamanitra" (Alma 6:6). Amin'ny zavatra rehetra izay ataonao miaraka amin'ny mpikambana dia katsaho ny hampitombo sy hanorina ny finoany mba hanampy azy ireo hanao asa fitoriana ny filazantsara.

Ho fanampin'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpikambana mazoto, dia mikatsaha hahita olona hampianarina amin'ny alalan'ireo rahalahy izay azo tendrena ho loholona amin'ny ho avy sy ireo mpikambana malaindaina ary ireo mpikambana vaovao. Ireny mpikambana ireny dia mety manana namana maro avy amin'ny finoana hafa ary hotahiana izy ireo raha mizara ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ireo ao amin'ny fianakaviany sy ireo namany.

Isaky ny fitsidihana ireo mpikambana dia ataovy izay rehetra azonao atao hamporisihina azy ireo:

- Hivavaka sy hanaraka ny Fanahy.
- Hanao asa fanompoana.
- Hanatsara ny finamanana.
- Hanokatra ny vavany hizara ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.
- Hanasa ny hafa hanao ireo zavatra izay mampitombo ny finoan'izy ireo an'i Kristy.

Ireo anaran'olona rehetra azonao avy amin'ny mpikambana dia tokony ho raisina ho toy ny zavatra sarobidy. Rehefa omen'ny mpikambana anaran'olona ho antsoina na tsidihina ianao dia tanteraho haingana izany ary manaova tatitra any amin'ilay mpikambana momba izay vokany.

Fanamarihana

Fanamarihana

## Hevitra ho Fanampiana ireo Mpikambana

Misy fomba maro amporisihana ireo mpikambana handray anjara bebe kokoa amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Diniho ireto hevitra manaraka ireto:

- Mitadiava torolalana avy amin'ny eveka sy ireo mpitarika hafa ao amin'ny paroasy. Jereo ny fizarana faha-13 ho fanampiana hafa eo amin'izany lafiny izany.
- Ampianaro ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny sy lesona hafa ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ireo mpikambana.
- Ampianaro hitia sy hanompo ireo mpifanolo-bodirindrina aminy sy ireo namany izy ireo.
- Amporisiho hifady hanina sy hivavaka ho an'ny fotoana hahafahana manao asa fitoriana ny filazantsara izy ireo.
- Amporisiho izy ireo hitsidika ireo mpifanerasera aminy izay nandalo trangan-javatra izay nanova ny fiainany tato ho ato (fahaterahana, fahafatesana ao amin'ny fianakaviana, fanambadiana, na fifindra-monina vao haingana).
- Asao hanampy anao hampianatra izy ireo. Ny tsara indrindra dia ny miaraka amin'ny mpikamban'ny Fiangonana izay niray fiangonana tamin'ilay naman'ny Fiangonana teo aloha.
- Ampio izy ireo hametraka daty hanasan'izy ireo ny namany hianatra momba ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Ampisehoy zavatra azo omena ny hafa izy ireo, toy ny Bokin'i Môrmôna, horonan-tsary, sy karatra misy fampahafantarana mikasika ny Fiangonana izay zaraina aman'olona.
- Amporisiho izy ireo hanasa ireo namany hanatrika any am-piangonana na ny takarivan'ny mpianakavy, hijery ireo horonan-tsary novokarin'ny Fiangonana, na handray anjara amina ady hevitra momba ny filazantsara.
- Ampio izy ireo mba hanao fanazaran-tena amin'izay ho teneniny amin'ireo namany.
- Ampianaro azy ireo ny anton'ny maha-sarobidy ny fizarana ny filazantsara tsy am-piheverana izay mety ho vokany.

Misy fomba maro hafa hanampiana ireo mpikambana handray anjara bebe kokoa. Tadiavo izay hampitomboana io lisitra io mandritra ny misiônanao. Zarao amin'ireo misiônera hafa ireo hevitrao.

## Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory

Avereno dinihina miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao izay nataonao mba nanompoana ny eveka sy ireo mpitarika hafa ary ireo mpikambana nandritra ny volana lasa. Diniho ary omano izay azonao atao mandritra ny volana ho avy mba hampivelatra fifandraisana mafy orina kokoa amin'izy ireo.

---

Avereno dinihina ireo hevitra voatanisa ao amin'ny faritra misy ny "Hevitra ho Fanampiana ireo Mpikambana". Fantaro ireo hevitra izay mbola tsy nampiharinao. Manaova drafitra sy manandrama ireo hevitra ireo amin'ny alalan'ny fampiasana ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro mandritra ny herinandro manaraka.

## Anarana Azo avy amin'ny Fampitam-baovao sy ny Foiben'ny Fiangonana

Ireo anarana azo dia loharano hafa amin'ny fitadiavana ireo izay voaomana handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Ankoatr'ireo anarana azo tamin'ny mpikambana, dia miasa fatratra amin'ny fomba maro ny Fiangonana mba hanatonana ireo zanak'Andriamanitra. Ny Fiangonana dia misarika ny olona ho liana amin'ny alalan'ireo ezaka toy ny fampahafantarana amin'ny fampitam-baovao, foibe ho an'ireo mpitsidika, toerana manan-tantara, asa fanasoavana sy fanampiana olona ary ny

Fanamarihana

Internet (www.mormon.org, www.lds.org, www.familysearch.org). Ireo anarana azo avy amin'ny fampitam-baovao sy avy amin'ny foiben'ny Fiangonana dia ireo olona izay nanaiky ny fitsidihan'ireo solotenan'ny Fiangonana hanolotra zavatra azy ireo (toy ny Baiboly na ny Bokin'i Môrmôna) ary nanaiky ny hahafantatra bebe kokoa momba ny Fiangonana. Ireo fotoana ahafahana mampianatra ireo dia tokony ho raisin'ireo misiônera ho andraikitra masina.

Alohan'ny hitsidihanao olona iray voaray anarana, dia kendreo mba tsy ho vaovao aminao intsony ilay zavatra nangatahana. Manomàna lesona fohy mba hidirana avy amin'io zavatra io mankany amin'ny fampianarana ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny. Indraindray dia ireo olona voaray anarana ireo no hitondra anao mankany amin'ireo olon-kafa izay omanin'Andriamanitra. Raha toa ka tsy liana ilay olona natoninao dia anontanio izy raha mahafantatra olona mety ho liana. Resaho ihany koa ireo mpikambana hafa ao amin'ny ankohonana sy ireo mpifanolo-bodirindrina amin'izy ireo. Anontanio ny tsirairay amin'izy ireo momba ny olona izay mety ho liana koa amin'ny hafatrao. Angamba mety ho voatarika ho any amin'io olona io ianao satria misy olon-kafa izay vonona handray ny filazantsara ao an-tranony na manodidina azy.

Rehefa miasa ho an'ireo olona voaray anarana dia tsarovy:

- Ny mifandray amin'izy ireo ao anatin'ny 24 ora.
- Ny miantso mialoha, raha azo atao, mba handrindrana fotoana hitsidihana. Raha tsy ao an-trano izy ireo dia manandrama miantso amin'ny fotoana hafa amin'io andro io.
- Ny manome izay zavatra notadiaviny, ary mampahatsiahy azy fa izy no nangataka ny ho tsidihanareo. Vorio avokoa ireo rehetra ao amin'ny ankohonana mba hihaino.
- Ny mampianatra ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Ny mandroso fanasana izay hanorenany ny finoany ao amin'i Kristy.
- Ny mangataka anaran'olona.
- Ny mandrindra ny fotoam-pitsidihana manaraka.
- Ny miomana hiasa ho an'ireo manodidina ny olona ampianarina aorian'ny fotoana.
- Raha tsy tratra ao an-trano ilay olona hampianarina dia miresaha amin'ireo mpifanolo-bodirindrina aminy.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Tadiavo ireo olona voaray anarana rehetra tamin'ny volana lasa ao amin'ny faritra misy anao. Fantaro izay olona mbola tsy natonina, ary tsidiho izy. Manapaha hevitra ny amin'izay olona efa notsidihanao teo aloha ka mbola tokony hotsidihana indray.

## Ny Tantaram-pianakaviana

Ny tantaram-pianakaviana na tetiarana dia manome fomba iray hafa ahafahanao mitady olona hampianarina. Anisan'ny fialam-boly miely patrana indrindra eran'izao tontolo izao ankehitriny ny fanaovana tetiarana. Ny Fanahin'Elia dia manentana olona an-tapitrisany manerana izao tontolo izao hikaroka an'ireo razambeny. Maro ny maniry fifandraisana mafy kokoa amin'ireo havany. Mety hitarika amin'ny faniriana hitady fifandraisana sy firaisana amin'ny fianakavian'Andriamanitra izany.

Fanamarihana

Fantaro ireo loharano azo anaovana tetiarana misy ao amin'ny faritra misy anao. Ohatra, azonao asaina ireo olona ho any amin'ny foibe fanaovana tetiarana eo an-toerana na mampahafantatra azy mpikambana izay afaka hanampy azy hanomboka hikaroka ireo razambe niavian'izy ireo. Tsy dia mila mahafantatra betsaka loatra momba ny tetiarana ianao vao afaka hanao io asa fanompoana io raha misy mpikamban'ny Fiangonana manampy anao. Amin'ny ankamaroan'ny faritra manerana izao tontolo izao dia misy mpikambana izay afaka manampy ny hafa hikaroka ireo fototra niavian'ny fianakaviany. Ampandraiso anjara ireo mpikambana mba hahafahan'ireo olona izay mety ho tonga naman'ny Fiangonana hifanena amin'olona izay mety handray azy ho namana. Hazavao fa maimaim-poana ny fampiasana ireo foibe fanaovana tetiarana.

> *"Manantena aho ny hahita antsika handrava ireo sakantsakana ataon'ny olona izay matetika hanasarahana ny asa fitoriana ny filazantsara amin'ny asa any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tetiarana, satria samy asa fanavotana lehibe iray ihany ireo!"*
>
> – NY FILOHA SPENCER W. KIMBALL
> "THE THINGS OF ETERNITY—STAND WE IN JEOPARDY?" *ENSIGN*, JAN. 1977, 3

Rehefa mitady olona hampianarina ianao dia azonao atao ny manome azy karatra misy fampahafantarana mikasika ny Fiangonana izay zaraina aman'olona momba ny tetiarana izay misy nomeraon'ny telefaonin'ny foiben'ny tetiarana, ary manolotra maimaim-poana fanombohana hikarohana ireo fototra niavian'ny fianakaviany. Manaova fihaonana hafa hanaraha-maso, ny ampitso na roa andro ao aoriana any amin'ireo trano izay nametrahanao ilay karatra. Zarao karatra maromaro ireo naman'ny Fiangonana izay afaka manome izany amin'ireo havany na ireo namany. Hevitra tsara ihany koa ny mitondra ny sarin'ny rohim-pihavananao manokana misy ny taranaka efatra nifandimby ho ohatra ary zarao amin'ireo izay mety mitovy anarana aminao izany.

Ho fanombohana, dia diniho ny hanaovana ireto manaraka ireto:

- Mitsidika foiben'ny tetiarana raha misy izany ao amin'ny faritra misy anao.
- Resaho amin'ny eveka sy ny filankevitry ny paroasy ny fanirianao hanolotra fanampiana momba ny tetiarana amin'ireo izay mifanena aminao isan'andro.
- Resaho amin'ireo mpitarika ao amin'ny paroasy izay fomba handrindrana tsara kokoa izany ezaka izany:
  - Eken'ny eveka ve ny fanoloranao fanampiana ireo mpikambana ao amin'ny paroasy?
  - Iza ireo mpikambana ao amin'ny paroasy izay manao asa fanompoana ao amin'ny foiben'ny tetiarana na manana traikefa amin'ny fanaovana tetiarana?
  - Ahoana no fomba tsara indrindra ahafahanao mangataka fanampiana avy amin'ireo mpikambana?
  - Iza no afaka miaraka aminao rehefa mizara sarin'ny rohim-pihavanana na firaketana momba ny fianakaviana ianao?

Vakio ity tantara manaraka nambaran'ny misiônera efa ela nitoriana iray ity. Mariho ny anjara toerana nananan'ny fanaovana tetiarana teo amin'ny fiovam-pon'ireo mpivady.

*Mpikambana mavitrika tao amin'ny fiangonana nisy azy i Mildred Schultz. Raha nandondona teo ambaravarany ireo misiônera, dia tsy nahagaga raha tsy nihambahamba izy nampandroso azy ireo mba*

Fanamarihana

*ahafahany mampianatra azy ireo ny "fahamarinana." Rehefa nampianatra ireo misiônera dia nampihetsi-po azy ny fahamarinan'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ka dia natao batisa izy. Nandritra ireo fotoana fampianarana dia nisafidy ny tsy hihaino i Franck vadiny.*

*Tamin'io fotoana io aho no niditra an-tsehatra. Nampahafantarin'ireo Rahalahy misiônera an'ny Rahavavy Schultz izahay. Nanampy azy hanomboka ny tetiarany izahay ary nanasa azy hihaona aminay any amin'ny foiben'ny tetiarana. Tonga ny andro hihaonanay ka nanontany i Frank raha afaka mandeha koa izy mba hahafahany mikaroka ihany koa ireo razambeny. Mazava ho azy fa faly Rahavavy Schultz tamin'izany hevitra izany, ary dia nankany amin'ny foibe izy ireo.*

*Niomana ny hihaona taminay ireo misiônera io andro io. Talohan'ny hahatongavan'izy ireo dia nasehonay an'i Frank sy i Mildred ny tranom-boky ary nampahafantarinay an'ny Rahavavy Wright izy ireo. Manam-pahaizana manokana momba ny tantaram-pianakaviana Rahavavy Wright, ary nanolo-tena ny hanampy hitady ny mombamomban'ny rain'i Frank izy. Hitany tao anaty boky iray ny anarany ary afaka nanome sarintanin'i Alemaina an'i Frank izy, izay nahitana ny toerana nahaterahan-drainy. Tena nientam-po aok'izany izy noho ireo zavatra hita ireo ka rehefa tonga ireo misiônera dia nasainy hisakafo hariva hiaraka aminy sy mba hanehoany ireo sary ary hizarany ny tantaram-pianakaviany. Nahakasika sy nanalefaka ny fony ny Fanahin'i Elia ka nanokatra ny varavaran'ny filazantsara mba hameno ny fiainany.*

*Tamin'io hariva io dia nandinika lalina izay mety ho lazainy hanampiana an'i Frank ho liana kokoa amin'ny filazantsara i Mildred. Tonga tao an-tsainy ny fanontaniana iray. "Frank," hoy izy nanomboka, "tianao ve ny hiaraka amiko mandrakizay, eny na dia ao aorian'ity fiainana ity aza? Tehanana fianakaviana mandrakizay ve ianao?" Namaly faingana i Frank nanao hoe "Ô, Mildred, mazava ho azy fa tiako. Fa ahoana no ahafahako hanao izany?" Io fanontaniana io no efa nangatahin'i Mildred tamim-bavaka. "Henoy izay ho lazain'ireo misiônera," hoy izy namaly. Nanaiky i Frank. Rehefa nampianatra ireo misiônera, dia nandrava ireo ahiahy sy tahotra nananany ny hafanan'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny. Nanaiky mora foana ireo fahamarinana nozarain'ireo misiônera izy. Nekeny ny fanasana mba hatao batisa. Hatramin'izay dia natanjaka sy nazoto tao amin'ny Fiangonana i Frank sy Mildred.*

*Niasa mafy i Frank sy i Mildred mba hamita ny asa fikarohana ahafahana manao ireo ôrdônansin'ny famonjena ho an'ireo fianakaviany. Nampientam-po ilay andro izay nanaovana batisa azy ireo ho fisoloana tena ireo mpikambana ao amin'ny fianakaviany. Nandritra ny fanatanterahana ny asan'ny tempoly dia nanofy momba an-drainy i Rahalahy Schultz. Hitany ny rainy tao amin'ilay saha izay nisy ny fonenany fahazaza. Nijoro teo anilan'ny seza teo an-davarangany ny rainy, niakanjo fotsy ary naninjitra ny tanany ho an'ny zanany. Taitra tamin'ny nofiny tamim-pitomaniana i Frank. Fantany tamin'izay fa nanaiky ny asa nataon'izy ireo ho azy ny rainy.*

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

- Inona no nisarika an'i Frank hanapa-kevitra ny hanaiky ireo misiônera hampianatra azy?
- Ahoana no fomba ahafahanao mampifandray tsara kokoa ny fanaovana tetiarana amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fianakaviana?
- Ahoana no hampiasainao ny tetiarana ho fitaovana hitadiavana olona? Inona avy ireo fomba ahafahanao manolotra ny torolalana momba ny tetiarana an'ireo olona izay mihaona aminao isan'andro? Manaova drafitra hanombohana ny fampiasana ny tetiarana ho fitaovana lehibe kokoa amin'ny ezaka fitadiavana olona ataonao.

Ny tetiarana dia loharano mahery ampiasaina hitadiavana ireo izay nomanin'ny Tompo handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Mivavaha mba hahafantarana ireo fotoana ahafahana mampiasa ny tetiarana amin'ireo ezaka fitadiavana olona ataonao. Tena manana fahatsapana ara-panahy ny olona rehefa miresaka momba ny

Fanamarihana

fianakaviana. Mahatsapa ny Fanahy ihany koa ny olona rehefa ampianarina momba ny fotopampianarana mikasika ny anton'ny hanaovantsika ny asan'ny tetiarana. Ho fanampin'izany, mihatsara ny fihazonana ireo niova fo rehefa afaka mikaroka ireo fianakaviana niaviany ireo mpikambana vaovao ary manatanteraka ireo ôrdônansy masina ho fisoloan-tena ireo razambeny.

### Fandalinana Soratra Masina

**Inona no naverin'ny Tompo amin'ny laoniny teto an-tany tamin'ny alalan'i Elia?**

F&F 110:14–16
F&F 128:16–18
F&F 138:32–34
Malakia 4:5–6

### Asa Atao: Fandalinana Manokana sy miaraka amin'ny Mpiara-mitory

Mandamìna fotoana hitsidihana foiben'ny tetiarana eo an-toerana miaraka amina mpikambana iray manana traikefa amin'ny fanaovana tetiarana. Rehefa mitsidika ilay foiben'ny tetiarana ianareo dia fantaro ireo karazana fanampiana azo ampiasaina. Fantaro koa ireo zavatra hafa toy ny fotoana fisokafan'ny foibe, sy ireo izay manompo ao ary inona no afaka hatolotra ireo izay mihaona aminao isan'andro.

Manaova fampiharana amin'ny fomba hanoloranao fanampiana momba ny tetiarana an'ireo olona mihaona aminao. Manaova drafitra momba ny fomba hampidirana ny fanaovana tetiarana mandritra ireo ezaka fitadiavana olona ataonao.

Vakio ary diniho ny "Fanaovana Tantaram-pianakaviana sy Tetiarana" ao amin'ny *True to the Faith* mba hananana fahalalana matanjaka kokoa momba ny fanaovana tantaram-pianakaviana. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao izay nianaranao.

## Naman'ny Fiangonana teo Aloha


© 2001 Del Parson. Tsy azo adika.

Ireo naman'ny Fiangonana teo aloha dia loharano lehibe ahitana olona hampianarina. Misy antony maro mahatonga ny olona mijanona tsy hanaraka ny Fiangonana. Anisan'ny antony dia ny famindran-toerana ireo misiônera, ny fandehanan'ireo naman'ny Fiangonana hiala sasatra, ny fiatoan'ny fitsidihan'ireo misiônera na dia mbola manantena izany aza ireo naman'ny Fiangonana, ary ny fiheveran'ny naman'ny Fiangonana fa tsy manana zava-baovao hampianarina azy ireo misiônera. Maro ny naman'ny Fiangonana izay milaza fa maniry ny hihaona amin'ireo misiônera indray.

Avereno dinihina matetika ny bokim-paritrao mba hahafantarana ireo naman'ny Fiangonana teo aloha. Diniho amim-bavaka izay voarakitra ao amin'ny bokim-paritra mikasika ny fomba nahafantaran'ireo naman'ny Fiangonana voalohany ny Fiangonana, ny zavatra nampianarina azy ireo, ny fomba fandraisan'izy ireo izany ary ny antony nialan'izy ireo tsy ho liana amin'ny filazantsara intsony. Raha nisy mpikambana nandray anjara tamin'ny fampianarana sy ny fandraisana ho namana ireo naman'ny Fiangonana teo aloha, dia anontanio ilay mpikambana amin'izay tadidiny momba izany traikefa izany. Avy amin'ireo zavatra fantatrao ireo dia manaova drafitra hanatonana indray ireo naman'ny Fiangonana.

Fanamarihana

Raha misy olona ampianarinao izay misafidy ny tsy hanohy intsony ny fahalinany amin'ny filazantsara, dia raketo ao amin'ny bokim-paritrao izay tsara ho fantatra mba hanampy ireo misiônera izay hanatona azy any aoriana.

Eo am-pamakianao ity traikefa manaraka ity dia diniho ny herin'ny fanatonana naman'ny Fiangonana teo aloha.

*Tsy nampoiziko fa tao amin'ilay misiôna izay nanompoan'ny zokiko vavy ihany, herintaona lasa izay, no niantsoana ahy hanompo. Afaka volana vitsivitsy teo amin'ny sahan'ny misiôna dia notendrena ho any amin'iray tamin'ireo faritra izay nanompoan'ny anabaviko aho. Rehefa nahare ny fanendrena ahy ny anabaviko dia nanoratra tamiko izy ary nangataka ahy mba hitsidika fianakaviana iray izay nampianariny sy ny mpiara-mitory taminy. Nambarany tamiko ny fitiavany sy ny firaiketam-pony tamin'ny fianakaviana Norman ary ny fahadisoam-panantenany raha nitsahatra tsy ho liana amin'ny Fiangonana intsony izy ireo.*

*Hitanay sy ny mpiara-mitory tamiko ny toerana nisy ny fianakaviana Norman ary noraisin'izy ireo tamin-kafanam-po izahay. Neken'izy ireo ny fanasanay azy ireo hihaino indray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Tsy fantatro mazava izay niova tamin'ity indray mitoraka ity fa tena vonona tanteraka izy ireo ny hanaiky ny hafatra nentinay. Natao batisa sy noraisina ho mpikambana avokoa ny fianakaviana manontolo.*

*Tao aorian'iny traikefa iny dia nanontany tena momba ireo naman'ny Fiangonana teo aloha hafa izay niandraiketan'ny anabaviko aho. Nieritreritra aho hoe "Raha mety tamin-dry Norman izany dia angamba ho mety koa amin'ireo olona hafa izay nampianariny." Nanapa-kevitra aho ny hanoratra an'ny anabaviko momba ny hevitra hoe hanatona ireo olona hafa izay nampianariny. Nikaroka tao amin'ny diariny izy ary dia nandefa ny anaran'ireo naman'ny Fiangonana teo aloha izay tao amin'ilay faritra.*

*Ny fanatonana ireo olona ireo no nandanianay sy ny mpiara-mitory tamiko ny herinandro manaraka an'io. Faly izahay fa mila ho ny antsasak'izy ireo no nanaiky ny fanasanay hihaino indray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Maro tamin'io vondrona io no natao batisa sy noraisina ho mpikambana. Rehefa nihaona tamin'ireo naman'ny Fiangonana teo aloha ireo izahay dia nangataka ihany koa ny anaran'ireo namany na olona mifandray aminy izay nety ho liana amin'ny hafatra entinay. Ny vokatr'izany dia nahita olona hampianarina fanampiny indray izahay. Izany vanim-potoana izany no naha-be atao ahy indrindra nandritra ny misiônako.*

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

- Fantaro ireo naman'ny Fiangonana teo aloha rehetra ao amin'ny bokim-paritrao.
- Manaova drafitra mba hihaona amin'ny faran'izay betsaka amin'izy ireo ao anatin'ny 24 ora manaraka.

## Mitady Olona amin'ny alalan'ny Ezakao Manokana

Katsaho ny hanamafisana ny finoanao fa manomana ireo zanany Andriamanitra mba handraisan'izy ireo ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny. Rehefa manao izay rehetra vitanao ianao eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina mba ahitana olona hampianarina, dia hapetraky ny Tompo eo amin'ny lalanao izany olona izany.

Misy fomba mendrika maro ahitana ireo izay efa voaomana ho amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Mila manao izay rehetra vitanao ianao mba hifanenanao amin'ireo izay efa voaomana. Hitan'ireo misiônera fa nanampy azy ireo ireto hevitra manaraka ireto ka nahitany, tamin'ny alalan'ny ezak'izy ireo manokana, olona hampianarina. Eo am-pandinihinao ity lisitra ity dia manaova drafitra hanandramanao ny sasany amin'ireo hevitra izay vaovao aminao. Ity lisitra ity dia azo ampiasaina ihany

Fanamarihana

koa ho ohatra fanombohana ho anao mba hieritreretanao fomba mendrika hafa ahitana olona hampianarina.



- Miaraha miasa amin'ny eveka sy ny filankevitry ny paroasy mba hahafantarana sy hanatonana ireo olona izay vao tera-bao na vao nifindra tao amin'ny faritra na nitrangam-pahafatesana tao amin'ny fianakaviany.
- Mitadiava fotoana hanaovana asa fanompoana tsotsotra.
- Ampianaro ny mpikambana—ao anatin'izany ireo mpikambana mazoto sy malaina, ireo vao niova fo, ary ireo fianakaviana izay mpikambana ny sasany ao aminy—ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny. Iangavio izy ireo mba hampahafantatra anao ireo olona izay azonao ampianarina.
- Mandamìna fotoana hanaovana dinidinika amorom-patana miaraka amin'ireo mpikambana izay ahafahan'izy ireo mitondra ny namany na ahafahanao mampianatra filazantsara sy mangataka anaran'olona hatonina.
- Ampianaro ny fomba fanatanterahana ny takarivan'ny mpianakavy ny olona.
- Ento hitsidika ny trano fiangonana eo an-toerana ireo izay mihaona aminao.
- Mandamìna fihaonana miaraka amin'ny eveka.
- Asao ny olona hitsidika ny www.mormon.org.
- Manangàna kilasy Fandalinana Soratra Masina.
- Mampianara teny Anglisy ho toy ny teny fampiasa faharoa.
- Asao araka ny sokajin-taonany ireo olona hanatrika seminera na institut.
- Mandehana mitety trano na miresaka amin'ny olona eny an-dalana.
- Mampiasà karatra misy fampahafantarana mikasika ny Fiangonana izay zaraina aman'olona, ireo kapila DVD, horonan-tsary, sy bokikely.
- Mangataha anarana avy amin'ireo naman'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao, ireo naman'ny Fiangonana teo aloha, ireo mpikambana malaina, ireo rahalahy izay azo tendrena ho loholona amin'ny ho avy sy ireo olona rehetra izay mihaona aminao.
- Miaraha miasa akaiky amin'ny solontenan'ny Fiangonana amin'ny serasera eo an-toerana mba hahazoana mamoaka vaovao an-gazety ao an-toerana momba ny asa fanompoana ataon'ny misiônera.
- Asao hanatrika fivoriam-piangonana sy fiaraha-mientana ary varavarana misokatra ny olona.
- Asao hanatrika fotoam-batisa ny olona. Manome fomba tsara ampahafantarana ny Fiangonana izany ary ahitan'ireo naman'ny Fiangonana fotoana tsara ahatsapana ny fiasan'ny Fanahy Masina.

## Mandehana Manao ny Soa

Ny finoanao hahita olona hampianarina dia hita taratra amin'ny asa ataonao. Nandritra ny asa fanompoany tamin'ny fiainana an-tany dia "[naka] ny endriky ny mpanompo" ny Mpamonjy (Filipiana 2:7). Nandehandeha "nanao ny soa" (Asan'ny

Fanamarihana

Apôstôly 10:38) sy "nitory ny filazantsara" (Matio 4:23) Izy. Raha manaraka izany ohatra izany ianao dia hahita ireo izay handray anao.

Amin'ny alalan'ny asa fanompoana dia tafahaona amin'ny fomba misy aingam-panahy mahery ianao sy ireo izay voaomana ho amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Ny asa tsara ataonao dia hanampy ireo olona hahafantatra fa mpanompon'Andriamanitra ianao ary hiteraka fotoana hahafahana mampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny izany.



Betsaka amin'ireo traikefan'ny misiônera amin'ny asa fanompoana nataony talohan'ny misiôna no ahitana ireo "tetik'asa fanompoana" efa voaomana, toy ny fanampiana olona izay mifindra trano, na fanaovana asa fanompoana ao amina tany fambolena sy fiompian'ny Fiangonana, na fanadiovana tokontany. Amin'ny maha-misiônera anao dia hanolotra asa fanompoana efa voaomana toy izany ianao isan-kerinandro (ho fanazavana fanampiny dia jereo ny *Missionary Handbook*).

Ny karazana asa fanompoana voafaritra ato amin'ity fizarana ity dia mifantoka amin'ny fotoana tsy nomanina. Ity karazana asa fanompoana ity dia ahitana ny fihainoana ny Fanahy mba hahafantarana ireo fotoana ahafahana manolotra fanehom-pitiavana kely sy tsotra amin'ireo zanak'Andriamanitra. Mivavaha ary manàna fahatsapana mba hahafantatra ireo fotoana ahafahana manao soa mandritry ny andro. Rehefa mikatsaka ny hanao ny soa ianao dia ho voatarika mankany amin'ireo izay voaomana ho amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

Rehefa mamaky ity tantara manaraka ity ianao dia diniho ny fomba "nanaovan'[ireo misiônera] soa" sy nitoriany ny filazantsara.

*Tonga nanatrika tsy tapaka ny kilasy fianarana teny Anglisy i Pablo. Lehilahy nisotro ronono izy ary nianatra teny Anglisy mba hanadinoany ny fiasan'ny sainy noho ny vadiny tsy salama. Indray herinandro izay izy dia tsy tonga. Toa tsy nisy nahafantatra izay antony. Tokony ho iray volana taty aoriana, dia tonga nanatrika kilasy indray izy. Toa niova izy. Nihanahia izy ary toa kivikivy. Tsy nandray anjara tao an-dakilasy toy ny fanaony taloha izy, ary tsy mbola afaka niresaka taminy izahay dia efa lasa izy.*

*Nandritra ny herinandro manaraka, dia nivavaka izaho sy ny mpiara-mitory amiko mba hiverenan'i Pablo hanatrika ny kilasy ka ahafahanay hiresaka aminy. Voavaly ny vavakay fa tonga nanatrika ny kilasy manaraka izy. Raha niresaka taminy izahay tao aorian'ny fianarana, dia nitantara izy fa nodimandry ny vadiny. Nitantara kely momba izany traikefa izany taminay izy ary naneho fiaraha-miory izahay. Nolazainay taminy fa naniry ny hanampy azy izahay mba hahafantarany ny fomba ahafahany ho tafaraka amin'ny vadiny indray. Nitraka izy dia nijery anaty masoko, sady feno ranomason'alahelo sy fahatezerana, ary nilaza hoe "Raha tena te-hanampy ahy ianareo, dia ho tonga any an-tranoko ka hanampy ahy hamerina ny fiainako amin'ny laoniny. Tsy izany ve no fanaon'ny misiônera? Mila fanampiana aho handamina ny tranoko sy ireo raharahako."*

> *"Te-ho sambatra ve ianao? Adinoy ny tenanao ary manolora tena amin'ity asa lehibe ity. Ampindramo ny herinao hanampiana olona. . . . Meteza ho tanteraka kokoa, areno ireo izay osa, tohano ireo izay miraviravy tanana. Iaino ny filazantsaran'i Jesoa Kristy."*
>
> – NY FILOHA GORDON B. HINCKLEY
> *TEACHINGS OF GORDON B. HINCKLEY*, 597

Fanamarihana

*Tsy nampoizinay ary nampanetry tena anay ny fanamarihan'i Pablo. Nanolotra sosokevitra ny hanampy azy amin'izay rehetra ilainy izahay. Heveriko fa io no fotoana nanombohany nahatoky tamin'ireo fikasanay. Nilaza taminay izy ny mba hahatongavanay any an-tranony ny ampitson'io hanampy azy handrantsana ireo hazony. Nankany an-tranony izahay tamin'ny fotoana voatondro ary nanomboka niasa niaraka taminy. Nandritra ireo volana nikarakarany ny vadiny dia tsy nahatandrina loatra ireo raharaha tao an-tokantrano sy tao an-jaridaina izy. Betsaka ny asa niandry anay telo. Lasa fotoana hanaovana asa fanompoana isan-kerinandro tao an-tranony izany. Norantsananay ny hazo, nongotanay ny ahi-dratsy ary niotazanay ny voankazo. Mbola tsy nanomboka nampianatra izahay—isaky ny manandrana manomboka izahay dia ahodiny avy hatrany ny resaka. Nahazo aina kokoa izy rehefa miresaka momba ny fiainany sy ny fianakaviany izahay. Mihaino azy fotsiny aza no tena ataonay.*

*Tokony ho iray volana sy tapany taty aoriana dia nanaitra anay ny fanontanian'i Pablo nanao hoe "Mbola hahita marina ny vadiko indray ve aho?" Namaly azy tamim-pifaliana izahay fa hahita azy izy. Nijoro ho vavolombelona momba ny fianakaviana mandrakizay izahay ary nanao izay mety hamaliana ireo fanontaniany.*

*Nampianarinay ny drafitry ny famonjena i Pablo. Nampihetsi-po azy ny fotopampianarana. Alohan'ny nandehananay dia nanana lisitra fanontaniana tiany ho valiana izy toy ny hoe "Hanana vatana ve ny vadiko rehefa hahita azy indray aho?" sy ny hoe "Ho afaka amin'ny aretina sy ny fanaintainana ve isika?" Namaly ireo fanontaniany izahay ary nametraka fotoana hafa mba hiresahana ny momba ireo fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay naverina amin'ny laoniny.*

*Fotoana fohy taorian'io, dia niova ny endrik'i Pablo. Nitsiky matetika izy ary toa nanana fiadanana kokoa. Raha ny marina dia nanana "[fanantenana] ny tontolo tsaratsara kokoa" izy (Etera 12:4). Nanampy azy hahatoky ireo zavatra nampianarinay ny asa fanompoana nataonay.*

**Asa Atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

- Tamin'ny fomba ahoana no nanaovan'ireo misiônera "ny soa" ao amin'io tantara io?
- Inona no anjara toeran'ny asa fanompoana teo amin'ny fanapahan-kevitr'i Pablo mba ho ampianarina ny filazantsara?
- Mikaroka ireo fotoana hanaovan-tsoa ve ianao isan'andro? Afaka mivoatra ve ianao eo amin'izany sehatra izany?

Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao na iresaho amin'ny mpiara-mitory aminao ny fomba ahafahanao manao ny soa kokoa mandritra ny andro mba hahitana olona maro hampianarina.



Minoa fa ny olona izay voaomana handray ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny dia hapetraka eny amin'ny lalanao. Hapetrak'Andriamanitra ihany koa ianao eny amin'ireo toerana izay ahafahan'ny asa tsara sy ny teny tsara ataonao hanomana ny olona handray ireo misiônera sy ireo mpikamban'ny Fiangonana. Amin'ireo ezaka rehetra ataonao hitadiavana olona dia mivavaha ary mitadiava fotoana hanompoana, hanampiana ary hampitrakàna ny hafa. Rehefa manao asa fanompoana ianao dia miresaha amin'izay rehetra mihaona aminao. Manàna finoana fa afaka hizara ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ianao.

Amin'izay fomba rehetra hanompoanao dia tokony hanao izany noho ny fitiavanao ireo rahalahy sy anabavinao ianao, koa tokony hanantena, hivavaka, ary hanana faniriana matotra ny hampianatra azy ireo ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

Fanamarihana

**Torolalana**

**Tadidio ireto torolalana ireto rehefa mikatsaka hanao ny soa ianao:**

- Miaraha lalandava amin'ny mpiara-mitory aminao.
- Hajao ny toetra maha masina ny antsonao.
- Hajao ireo fitsipika mifehy ny misiônera, ary aza manao fanomezana na mampiasa ny volanao.
- Jereo ny *Missionary Handbook* momba ireo torolalana mikasika ny asa fanompoana ny fiaraha-monina isan-kerinandro.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no anjara toeran'ny asa fanompoana teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy?**

3 Nefia 17:7, 21
Matio 8:1–4
Matio 9:1–8
Marka 1:21–28
Jaona 4:46–54

**Inona no anjara toeran'ny asa fanompoana teo amin'ny misiônan'i Amôna sy Aharôna?**

Alma 17:19–25
Alma 18:8–10
Alma 22:3

**Inona no asain'ny Tompo ataonao?**

3 Nefia 27:21

## Tsy Misy Ezaka Very Maina

Raha misafidy ny tsy ho liana amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ny olona dia tsy ho very maina ny asanao. Ny ezaka tsy miato ataonao amin'ny fanompoana sy fampianarana olona betsaka araka izay tratranao dia fomba iray hanomanan'Andriamanitra ireo zanany handray ireo mpanompony any aoriana. Matetika izy no maninjitra ny tanany amin'ireo zanany amin'ny alalanao. Na dia tsy manaiky ny hianatra ny filazantsara aza ny olona dia porofon'ny fitiavan'Andriamanitra azy ireo ny asa fanompoana sy ny teny ataonao ary mety hamafy masomboly izay hojinjain'ireo misiônera any aoriana sy ireo mpikamban'ny Fiangonana izany.

Aza manary toky rehefa tsy manaiky ny filazantsara ny olona. Nanandratra ny feon'ny fampitandremana ianao. Nanome azy ireo safidy mazava. Ny mpianatr'i Kristy dia mahatsapa alahelo rehefa misafidy ny tsy hibebaka ny olona, nefa mahatsiaro izy hoe iza moa izy ary inona no ataony. Manohy mandroso am-pahazotoana hatrany izy ireo.

Fanamarihana

## Tadidio Ireto

- Aoreno amin'ny alalan'ny fitadiavana "ireo izay handray anao" ny Fiangonana (F&F 42:8)
- Tadiavo sy araho ny Fanahy rehefa mitady olona.
- Voaomana handray ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ireo olona ao amin'ny faritra misy anao.
- Ny mpikamban'ny Fiangonana—ao anatin'izany ireo mazoto, sy ireo malaina, ireo rahalahy izay azo tendrena ho loholona amin'ny ho avy, ary ireo vao niova fo—no loharano tsara indrindra ahitanao olona hampianarina, atao batisa, ary raisina ho mpikambana.
- Manangàna fifandraisana mafy orina amin'ny eveka sy amin'ireo mpikambana.
- Mampianàra rehefa mahita olona hampianarina, ary mitadiava olona rehefa mampianatra.
- Aoka hahatandrina ireo fotoana tsy voaomana azo hitadiavana olona ianao.
- Mivavaha ho an'ireo fotoana hanaovana ny soa sy hitoriana ny hafatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay naverina amin'ny laoniny.
- Misy fomba maro hitadiavana olona hampianarina. Ialao ny fifantohana amin'ny hevitra iray na roa monja.

# Hevitra Ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

Fanamarihana

## Fandalinana Manokana

- Vakio ity taratasy manaraka ity izay nosoratan'ny misiônera iray ho an'ireo ray aman-dreniny: "Nampianatra vehivavy iray mahafinaritra aho teny ambony fiara fitaterana. Nody avy nanatrika fivorian'ny distrika izahay, iray sisa no toerana banga ka dia nipetraka aho ary nanomboka nijery ireo taratasiko. Mazava ho azy fa ny voalohany hovakiana dia ny anareo izay misy ny sarin'i Evan kely. Tsikaritro fa nijery ireo sary ihany koa ny mason'ilay olona teo akaikiko, koa nitraka aho ary nifanojo tamin'ny mason'ny ramatoa iray efa zokin-jokiny ny masoko. Somary nitsiky kely tamiko izy dia nitodika nijery tany am-baravarakely. Nikipy izy nony avy eo tahaka ny hoe andeha hatory. Nivavaka aho, 'Ry Ray izay any an-danitra, te-hiresaka aminy aho. Miangavy aho mba ampio.' Afaka iray minitra dia nosokafany ny masony ary nipetraka mahitsy tsara izy. Niteny haingana aho nanao hoe 'Tsy hitanao mahafatifaty ve izy?' sady nampiseho ireo sarin'i Evan kely aho ary nanomboka niresaka momba ny fianakaviana taminy. Nanontany azy momba ireo zanany aho dia nanganohano ny masony sady nitantara ny fomba hankahalan'ny zanany vavy azy sy ny tsy firaharahian'io zanany io azy izy. Nitomany izy, ary niara-nitomany taminy aho. Nambarako taminy ny momba ny drafitry ny famonjena ary ahoana ny fahafantaran'ny Ray any An-danitra azy sy ny fahafantarany izay mahazo azy. Nitomany aho niteny taminy fa fantatro fa tia azy ny zanany satria zanaka vavin'ny reny iray izay tia ahy koa aho, sady tiako izy. Nazavaiko taminy fa mandray fanapaha-kevitra ratsy ny olona indraindray ary manana fahafahana misafidy ny zanany. Niteny tamiko tamim-pitsikiana izy nanao hoe 'Mino aho fa tena malahelo anao ny reninao ary tsy hamela anao handeha intsony izy rehefa mahita anao indray.' Nisaotra ahy izy tamin'ny resaka nifanaovanay ka nanome ahy ny adiresiny mba hahafahanay mizara ny filazantsara aminy. Rehefa nidina ny fiara izy dia niteny hoe 'Tsy izy ny zotra nandehanako kanefa tsy nidina aho. Tsy nisy olona nipetraka teo anilako mandra-pahatonganao . . . dia jereo ny zava-nitranga.' Tonga lafatra ny drafitr'Andriamanitra!"

  Inona avy ireo fitsipika avy amin'ity fizarana ity izay hitanao tao amin'ny tantara? Avereno dinihina ny fizarana ary manaova lisitra ao anatin'ny diarim-pianaranao. Inona amin'ireo fitsipika ireo no azonao handramana hampiharina anio?

- Vakio Jaona 15:12–13; 21:15–17; 1 Tesaloniana 2; ary Môsià 18:8–10. Ahoana ny fomba fanatanterahanao ny andraikitrao hitia sy hanompo ny hafa? Ahoana no fomba hanatsaranao izany? Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valinteninao.

- Ahoana no ahafantaran'ny olona fa mpanompon'ny Tompo ianao? Rehefa mandalina io fanontaniana io ianao dia saintsaino ny Môrônia 7:3–5; Matio 7:20; Jaona 13:34–35. Raketo ao amin'ny diarim-pianaranao izay noeritreretinao.

- Vakio 3 Nefia 18:31–32; Alma 8:16; Alma 24:7–8; ary Alma 32:41. Diniho izay ampianarin'ireo andininy ireo momba ny fiaraha-miasa amin'ireo naman'ny Fiangonana teo aloha. Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao izay nianaranao tamin'izany ary ampianaro ny mpiara-mitory aminao izany.

## Fandalinan'ny Mpiara-Mitory

- Manaova drafitra mba hihaonana amin'ireo vao niova fo amin'ny fampiasana ny bokim-pandaharam-potoana. Iangavio izy ireo hizara ny fomba niomanany ho amin'ny filazantsara. Mametraha fanontaniana toy ny hoe "Oviana no nahafantaranao voalohany ny Fiangonana? Inona no tena naharesy lahatra anao hihaona tamin'ireo misiônera? Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao izay nianaranao tamin'izany.

Fanamarihana

- Jereo tsirairay ireto lohahevitra manaraka ireto. Amin'ny fampiasana ireo lesona dia manomàna fomba tsotra fanatonana olona. Manaova fampiharana momba ny fampianarana amin'ny fotoana fitadiavana olona ary ampifandraiso haingana amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny lohahevitra tsirairay.
  - Fahatsapana ny filàna fitarihana sy tanjona bebe kokoa eo amin'ny fiainana.
  - Faniriana ny hanakaiky kokoa an'Andriamanitra.
  - Filàna fanampiana amin'ireo fanapahan-kevitra manan-danja.
- Vakio ny pejy faha 66–68 ao amin'ny *Our Search for Happiness* sy ny pejy faha 59–64 ao amin'ny *True to the Faith* mba hahazoana bebe kokoa ny fototry ny fampianarana momba ny fanaovana tetiarana. Manomàna lahateny mikasika ny fanaovana tetiarana ka zarao amin'ny mpiara-mitory aminao izany.
- Eritrereto hoe ianao sy ny mpiara-mitory aminao dia hafindra ho any amin'ny faritra vaovao. Hitanao ho ara-dalana tsara ny bokim-paritra, kanefa tsy manana naman'ny Fiangonana mihitsy ianareo. Inona no azonao atao ahitana olona haingana araka izay azo atao hampidirina ao amin'ny vondron'olona ampianarinao? Manomàna fomba hampiharana ny sasany amin'ireto hevitra ireto anio.
- Ity hevitra manaraka ity dia nahomby tamin'ny misiônera sy mpikambana maro. Vakio ary halalino miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao izany.
  - Ampio ireo mpikambana hanao ny lisitr'ireo namana, havana sy olom-pantatra izay azony hizarana ny filazantsara. Diniho miaraka amin'ireo mpikambana izany lisitra izany, ary ampio izy ireo hifidy olona amim-bavaka izay tiany homanina hihaino ny filazantsara.
  - Ampio izy ireo hanendry andro iray izay *(a)* hiezahany mba hahatonga ilay olona na ilay fianakaviana ho vonona ny ho ampianarina ao an-tranony na *(b)* hanaovany hetsika hafa fandraisana ho namana mba hanomanana azy ireo. Ny fametrahana daty dia manome tanjona an'ireo mpikambana ary manampy azy ireo hampihatra finoana.
  - Ampio izy ireo hanomana izay ho ataony manomboka anio ka hatramin'ilay daty napetrany.
  - Manaova fanaraha-maso matetika mba hanohanana sy hamporisihina azy ireo. Asao izy ireo hizara ireo fahombiazany sy ireo ahiahiny.

  Diniho izay fomba ahafahana mampihatra io hevitra io ao amin'ny faritra izay hanompoanao.

### Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Vakio ary diniho ny fizarana "Mitady Olona amin'ny alalan'ny Ezakao Manokana."
  - Diniho ny fomba nahafahan'ireo hevitra ireo nanampy ireo misiônera hahita olona hampianarina.
  - Ataovy lisitra eo amina solaitra be ireo hevitra hafa hitadiavana olona hampianarina. Asao ireo misiônera hanamarina ireo heviny.
  - Asao ireo misiônera hametraka tanjona ho azy manokana mba hanatsarana ny ezaka fitadiavana olona ataony.
- Mamorona lisitr'ireo toe-java-miseho azo ahitana olona.
  - Omeo iray amin'ireo toe-javatra ireo ny misiônera tsirairay. Omeo 5 minitra ny misiônera tsirairay hanomanany izay fomba hampianarany ny hafatry ny

Fanamarihana

Famerenana amin'ny laoniny. Asaivo mijery ao amin'ny lesona hoe "Ny Hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy" izy ireo raha ilaina.

- Tsindrio manokana ny maha-zava-dehibe ny fitandroana ny halavan'ny hafatra hifanaraka amin'ny toe-java-miseho. Ohatra, lava kokoa ny fotoana azon'ireo misiônera laniana raha any an-tranon'ny mpikambana no mampianatra noho ny ao amina fivarotana.
- Avelao hampianatra ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ireo misiônera rehetra eo amin'ny toe-java-miseho nanendrena azy araka ny habetsaky ny fotoana.

- Ampianaro ireo fitsipika hita ao amin'ny fizarana "Mampianara Rehefa Mahita Olona ho Ampianarina, ary Mitadiava Olona Rehefa Mampianatra."
  - Tendreo ny misiônera tsirairay hanomana hafatra iray minitra izay azony ho zaraina amin'ny fotoana fitadiavana olona. Tokony hifototra amin'ny fotopampianarana hita ao amin'ireo leson'ny misiônera ireo hafatra ireo.
  - Asao ireo misiônera hanao fampiharana amin'ny fizarana ny hafatra iray minitra amin'izy samy izy. Mety haniry hamorona karazana toe-javatra azo ahitana olona ianao, toy ny fampianarana any an-tranon'ny mpikambana, ny fampianarana eo an-tokonam-baravarana, ny fampianarana eny an-tsisin-dalana, na fanatonana olona voaray anarana. Ataovy izay hanaovan'ireo misiônera fanazarana amin'ireo toe-java-miseho tsirairay ireo.

## Ny filohan'ny Misiôna

- Manomeza ohatra momba ny asa fitoriana ny filazantsara ataon'ny mpikambana ao amin'ny fianakavianao. Zarao amin'ny misiônera sy ny mpikambana ny traikefa azonao tamin'izany.

- Milà hevitra amin'ny mpitondra ao amin'ny fisoronana momba ny fomba tsara indrindra ahitan'ireo misiônera olona hampianarina ao amin'ny misiônanao.

- Mandrindrà dinidinika amorom-patana izay ahafahanao miresaka amin'ireo naman'ny Fiangonana ao amin'ny misiônanao. Mifandrindrà amin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana eo an-toerana mba hahafahan'ireo mpikambana hitondra ireo namany hanatrika izany dinidinika izany. Manasà mpikambana vao niova fo hijoro ho vavolombelona sy hitantara ny fomba niovany fo alohan'ny handraisanao fitenenana ao anatin'izany dinidinika izany. Afantohy amin'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny fanamarihana ataonao.

- Zarao amin'ny misiônera ny sarin'ny rohim-pihavananao izay misy ireo taranaka efatra mifandimby ary hazavao ny fomba fampiasanao izany amin'ny ezaka fitadiavana olona ataonao.

- Mandehana miaraka amin'ny misiônera indraindray mba hanampy azy ireo hitady olona hampianarina.

Fanamarihana



# Ahoana no Fomba Hanatsarako ny Fahaizako Mampianatra?

Fanamarihana

## Diniho Ireto

- Ahoana no fomba hampianarako avy amin'ny soratra masina?
- Inona no antony tokony hametrahako fanontaniana rehefa mampianatra?
- Karazam-panontaniana inona no tokony apetrako?
- Ahoana no fomba hihainoko bebe kokoa ireo olona ampianariko sy ny Fanahy Masina?
- Ahoana no fomba hahafahako manampy ireo olona hamaha ny olany?
- Ahoana no fomba hahafahako manampy ny hafa handresy ireo fahazaran-dratsy?

Voantso hampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny an'ireo olona rehetra izay handray anao ianao. Ny fampianarana no ivon'ny zavatra rehetra ataonao. Mba hahafahana mampianatra amin'ny hery mandresy lahatra dia mampitombo ireo toetra tahaka ny an'i Kristy sy mandalina ireo leson'ny misiônera sy mampitombo ny fahaizanao miteny amin'ny fiteny ampiasaina amin'ny misiônanao, ary miantehitra amin'ny Fanahy Masina ianao. Tamin'ny fomba tena tsotra no nilazan'ny Tompo izany toy ny didy miaraka amin'ny fampanantenana:

"Katsaho aloha ny hahazo ny teniko, ary amin'izay dia hovahana ny lelanao; amin'izay raha irinao, dia hanana ny Fanahiko sy ny teniko ianao, eny, ny fahefan'Andriamanitra ho fandresen-dahatra ny olona " (F&F 11:21).

"Aza manahy mialoha koa amin'izay holazainareo; fa raketo lalandava ao an-tsainareo ny tenin'ny fiainana, dia homena anareo amin'izany ora izany ny ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay " (F&F 84:85).

Fanamarihana

Nilaza ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy hoe "Ny tanjonay dia ny hampianatra ny hafatry ny filazantsara naverina amin'ny laoniny amin'ny fomba izay mamela ny Fanahy hitarika ireo misiônera sy ireo olona izay ampianarina. Zava-dehibe ny mahay ireo [leson'ny misiônera] nefa tsy tokony ho tsianjery ny fomba ampianarana azy ireo. Tokony tsy hisalasala ny misiônera hampiasa ireo teniny manokana araka izay bitsiky ny Fanahy. Tsy tokony hanome lesona notadidiana tsianjery izy fa hiteny avy ao am-po amin'ny fampiasana ny teniny manokana. Afaka tsy manaraka ny filaharan'ireo lesona izy, ka manome ny lesona araka izay aingam-panahiny, arakarak'izay mahaliana sy ny filàn'ny naman'ny Fiangonana. Rehefa miteny amin'ny finoany manokana izy ary mampiasa ny teniny manokana dia tokony hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny fampianarany" ("Statement on Missionary Work, " Taratasy nosoratan'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002).

Mianara miantehitra amin'ny Fanahy izay manome anao izay tokony ho teneninao sy hataonao. Amin'ny fandalinana sy ny fampivoarana ary ny fampiasana ireo fahaiza-mampianatra hita ao amin'ity fizarana ity dia ho lasa fitaovana mahomby kokoa eo am-pelatanan'ny Tompo ianao. Ny Fanahy dia hampiasa ny fahalalanao sy fahaiza-manaonao ho toy ny loharano mba hanampiana anao hampianatra amin-kery bebe kokoa. Ny hatsara sy ny herin'ny fampianaranao dia hanampy ny hafa hahatakatra sy hahatsapa ny maha-zava-dehibe ny filazantsara naverina amin'ny laoniny ho azy ireo. Ny famendrehanao manokana dia hisy fiantraikany amin'ny fahatakaran'izy ireo. Ny hatsaran'ny fifantohanao amin'izy ireo, sy ny hatsaran'ny fanazavanao ny filazantsara, ny fampiasanao ny soratra masina, ny fizaranao ny fijoroanao ho vavolombelona, sy ny fametrahanao fanontaniana ary ny fanasanao azy ireo hanao sy hitandrina fanoloran-tena dia hisy fiantraikany ihany koa eo amin'ny fahatakaran'izy ireo.

**Manaraha ny Fanahy**

"Ny Fanahy no singa tokana manan-danja indrindra amin'ity asa ity. Afaka manao fahagagana ho an'ny Tompo ianao ao amin'ny sahan'ny misiôna miaraka amin'ny Fanahy izay manome hery amin'ny antsonao. Raha tsy misy Fanahy dia tsy hahita fahombiazana mihitsy ianao *na inona na inona* talenta sy fahaizana anananao" (Ezra Taft Benson, seminera ho an'ireo filohan'ny misiôna vaovao, 25 Jona 1986).

**Manasà ny Fanahy**

Rehefa mampianatra ianao dia hanampy anao hanasa ny Fanahy ireto torohevitra manaraka ireto:

- Mivavaha.
- Mampiasà ny soratra masina.
- Mijoroa ho vavolombelona.
- Mizarà traikefa.
- Manehoa fitiavana ny Tompo sy ny hafa.

## Ahoana no fomba hanombohana ny Fampianarana

Zava-dehibe ilay fotoana fohy voalohany iarahana amin'ireo naman'ny Fiangonana. Tokony mianatra mahatoky anao izy ireo. Atombohy amin-kafanam-po sy am-panajana ary am-pahatsoram-po ny fitsidihanao voalohany. Mametraha fanontaniana tsotra vitsivitsy mba hanampy anao hahatakatra ny tena foto-pinoan'izy ireo sy izay antenainy amin'ny fitsidihanao. Ohatra, anontanio ny hoe: "Inona no anjara toeran'ny finoana eo amin'ny fiainanao?" Kanefa aza mametraka fanontaniana mikasika ny momba azy ireo manokana izay mety tsy hahazoany aina.

Fanamarihana

Alohan'ny hanombohanao dia asao avokoa ireo olona rehetra eo mba hanatrika ny lesona miaraka aminao. Amporisiho izy ireo hamono ny fahitalavitra sy hanala ireo zavatra hafa rehetra mety mahavariana mba tsy hahatonga ny Fanahin'ny Tompo ho voahelingelina.

Hazavao fa tianao ny manomboka sy mamarana ny lesona tsirairay amin'ny vavaka. Manomeza soso-kevitra fa ianao no hanolotra ny vavaka fanombohana. Ataovy tsotra nefa amin-kafanam-po ny vavaka ataonao mba hitahian'ny Tompo ireo olona izay ampianarinao amin'ny lafim-piainan'izy ireo tsirairay avy ary indrindra mba hahatsapan'izy ireo ny fahamarinan'ny zavatra izay hampianarinao.

Manehoa fahalinana tsotra sy fitiavana ho an'ireo naman'ny Fiangonana ary finoana amin'ny hery mandresy lahatry ny filazantsara (jereo Môrônia 7:4–48). Rehefa tarihin'ny Fanahy ianao dia afaka maneho eritreritra tahaka izao manaraka izao amin'ireo naman'ny Fiangonanao:

- Koa satria Raintsika any an-danitra Andriamanitra dia mpirahalahy sy mpirahavavy avokoa isika rehetra. Tianay raha hifampitondra toy ny mpirahalahy sy mpirahavavy aminareo izahay.
- Manana ny fanambiny sy ny olany manokana avokoa ny olona tsirairay izay ampianarinay. Na inona na inona ireo filànao sy ny olana ananananao dia hanampy anao ny Mpamonjy sy ireo fampianarany—dia ny Filazantsara.
- Hahafahanao hanatsara ny fiainanao ny hafatra entinay. Ary hanampy anao koa izany hamaha ireo olana sy fanamby izay atrehantsika rehetra eo amin'ny fiainana.
- Ny hafatra entinay, izay mifototra amin'i Jesoa Kristy, dia sarobidy sy manan-danja.
- Manao fahadisoana avokoa isika rehetra eo amin'ny fiainana, ary ireo fahadisoana ireo dia miteraka fahatsapana ho meloka sy henatra. Ireo fahatsapana ireo dia tsy ho afaka raha tsy misy ny fibebahana sy ny famelan-keloka. Afaka ho sitranina tanteraka izy ireo amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Kristy.
- Tsy afaka ho hay indray miaraka avokoa ny hafatra entinay. Ny fahatakarana izany dia ho tonga miandalana amin'ny alalan'ny vavaka, sy ny fandalinana, sy ny traikefa, ary amin'ny fitandremana ireo didin'Andriamanitra.
- Manana fahalemena tahaka ny olon-drehetra izahay. Mety tsy afaka miteny ny fiteninareo tsara na tsy afaka mamaly ireo fanontanianareo tsara ihany koa. Kanefa voantson'ny mpaminanin'Andriamanitra izahay hizara izay fantatray. Fantatray fa marina ny hafatra izay entinay.
- Ho mpanoro lalana izahay mba hahafahanareo hianatra ny fahamarinan'ny hafatra entinay amin'ny tenanareo manokana. Anareo ny misafidy ny hanaiky sy hampihatra ny hafatra. Noho izany dia tokony tsy hihafahafa ianareo hametraka fanontaniana.
- Raha mikatsaka am-pahatsorana ianareo hahatakatra ny hafatra entinay, dia mety hifanehatra amin'ny fitsapana ianareo, nefa hanampy anareo Andriamanitra.
- Rehefa manaiky ny hafatra entinay ianareo, dia hianatra ny fomba fanaovana fanekempihavanana, na fampanantenana amin'Andriamanitra. Hianatra ny fomba fiovana mba hitondrana ny fiainanareo hirindra mifanaraka kokoa amin'ny fampianarany ianareo. Haniry ny hanaraka ny fampianaran'i Jesoa Kristy ary hatao batisa amin'ny fahefana tena izy ianareo (jereo Jaona 3:5).

Mialohan'ny ampianarana ireo fotopampianarana ao amin'ny lesona iray, dia manaova ny topy maso tsotsotra an'ireo lesona izay hampianarinao. Ampio ny olona hahita fa hisy


Fanamarihana

dikany aminy manokana izany. Maro amin'ireo naman'ny Fiangonana ampianarinao no efa voaoman'ny Tompo (jereo Alma16:16–17). Raha miaraka mifampizara traikefa ianareo amin'ny fihaonana voalohany dia ho raisin'izy ireo ho mpanompon'ny Tompo.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Manaova fampiharana miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao amin'ny fomba hanombohana ny lesona amin'ny alalan'ny fampiasana ny sasantsasany amin'ireto soso-kevitra manaraka ireto.

## Ataovy Mifanaraka amin'izay Ilaina ny Fampianaranao



Ny olona na ny fianakaviana tsirairay ampianarinao dia manana ny mampiavaka azy. Na dia tsy ho takatrao avokoa aza ny mahaliana azy, sy ny fahombiazany, sy ireo filàny, ary ny olany dia tokony hiezaka ny hahatsapa izay mitranga eo amin'ny fiainan'izy ireo ianao. Na inona na inona ireo filàna na olana, dia mahazo fanampiana tsara indrindra ny olona rehetra rehefa mandray sy miaina ny filazantsara. Ho afaka manitsy ny fampianaranao ianao rehefa mihaino ireo fitaoman'ny Fanahy.

Afaka manova ny filaharan'ireo lesona ianao araka ny fitaoman'ny Fanahy mba hifanaraka amin' izay mahaliana sy izay ilain'ireo naman'ny Fiangonana. Afaka mampiasa fotoam-pampianarana mihoatra ny in-dray ianao hampianarana ireo fitsipika hita ao anaty lesona iray, ary indraindray azonao ampianarina ao anatin'ny fotoana iray ny ao anatin'ny lesona roa. Fantatr'Andriamanitra Ray ireo zanany, koa miantehera amin'ny fiasan'ny Fanahy raha mandray ireo fanapaha-kevitra ireo ianao rehefa mampianatra. Mivavaha mba hananana ny fanomezam-pahasoavana hamantatra, ary henoy tsara ireo eritreritra tonga ao an-tsainao na fahatsapana azonao momba izay ho ampianarina.

Ilainao ny manitsy ny fampianaranao mba hanomezana lanja kokoa ireo fanoloran-tena izay sarotra kokoa amin'ny naman'ny Fiangonana ny fitandremana izany. Ohatra, mety hanaiky mora foana ny Bokin'i Môrmôna ho tenin'Andriamanitra ny olona iray, nefa mety manahirana ny iray hafa kosa ny fanekena ny zavatra hafa rehetra ankoatran'ny Baiboly. Mety ho olana amin'ny iray ny fialana amin'ny sigara nefa mety hanaiky mora foana ny lalàn'ny fahafolonkarena izy.

Rehefa mandamina ny fotoana ampianarana ireo fotopampianarana sasany ianao, dia aoka hahatsapa ny habetsakin'ny zava-baovao izay zarainao. Mampianara amin'ny hafainganana izay mety amin'ny naman'ny Fiangonana. Mety hivoatra haingana kokoa na miadana kokoa noho ny hafa ny sasany. Makà antoka fa ampy ny fanontaniana apetrakao ary nihaino tsara ireo valin-teny ianao mba hahatakaranao tsara ny hafainganana sy ny hatsaran'ny fandalinana sy ny fampiharan'ireo naman'ny Fiangonana ireo fotopampianarana atolotrao.

Aoka hahatsikaritra ny fandehan'ny fotoana ianao. Ny ankamaroan'ireo fotoana ampianarana dia tsy tokony haharitra miohatra ny 45 minitra. Kanefa azo vitaina ao

anatin'ny 15 na 20 minitra ny famangiana ampianarana iray raha ilaina. Raha 15 minitra monja no fotoana hananan'ilay olona dia amboary ny fampianaranao mba hanajana io fetra io.

Matokia amin'ny fampanantenana fa omen'ny Fanahy anao "amin'izany ora izany indrindra, eny, amin'izany fotoana izany indrindra izay holazainareo" (F&F 100:6).

Fanamarihana

**Asa Atao: Fandalinana Manokana**

Alaivo sary an-tsaina ianareo mandeha eny an-dalana ary mahatsikaritra lehilahy efa antitra miezaka mampiditra harona mavesatra misy fako ao anaty fanariam-pako. Nanampy azy ianao sy ny namanao, vokatr'izany dia nanontany ny momba anareo izy. Taorian'ny resadresaka kely dia nanasa anareo ho any aminy izy ary nanaiky ny hihaino ny hafatra entinareo. Mandritra ny resadresaka fampidirana voalohany dia nilaza izy fa:

- Maty herintaona lasa izay ny vadiny, ary tena malahelo azy izy.
- Mora reraka izy noho ny aretim-pony.
- Manontany tena kokoa izy izao mihoatra ny taloha raha misy Andriamanitra na tsia.

Inona no azonao ampianarina azy? Ahoana no fomba hanamboaranao ny fampianaranao mba hifanaraka tsara amin'izay ilainy sy ny olany?

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no hevitry ny hoe manome "ampahany voafatra ho an'ny olona tsirairay"?**

Alma 29:8 — F&F 84:85

**Inona no nampanantenain'ny Tompo ireo misiônera mahatoky?**

F&F 68:2–4 — F&F 100:5–8 — Matio 10:19–20

## Mampianara Am-piraisankina Miaraka amin'ny Mpiara-mitory aminao



Nandidy ny Tompo hoe "Ary handeha tsiroaroa amin'ny anarako ianareo, amin'ny herin'ny Fanahiko, hitory ny filazantsarako" (F&F 42:6). Hahery sy hahaliana kokoa ny fampianaranao raha toa ka miara-miasa am-piraisankina ianao sy ny mpiara-mitory aminao. Rehefa manomana drafitra sy mandalina isan'andro ianao dia diniho ny fomba fampianaranao mba hahafahanareo miray hina sy mampianatra amin'ny feo iray.

Hahery kokoa ny fampianaranao raha mifandimby manome ny ampahany fohy ao amin'ny lesona ianao sy ny mpiara-mitory aminao. Ialao ny manao fahazarana fotsiny rehefa mizara ireo hafatra. Tohano ny namanao amin'ny alalan'ny fizarana fijoroana ho vavolombelona fanindroany momba ny fahamarinana izay nijoroany. Araho ny fihetsem-ponao rehefa manery anao hiteny zavatra ny Fanahy. Amin'ny maha-mpiara-mitory dia mivonòna ny hifanaraka miaraka mba tsy hanakananareo ny fitarihan'ny Fanahy. Rehefa miteny ianao dia kendreo ny hijery ny mason'ny naman'ny Fiangonana. Rehefa tsy anjaranao kosa no miteny dia mivavaha ho an'ny mpiara-mitory aminao ary diniho am-pitandremana ny valin-tenin'ny naman'ny Fiangonana.

Fanamarihana

## Fandalinana Soratra Masina

**Ahoana no fomba hifanohanan'ny mpiara-mitory?**

Alma 12:1 F&F 42:6 F&F 52:9–10

## Asao ny Mpikambana hanampy anao Hampianatra

Asao hanampy anao hampianatra amin'ny fotoana rehetra ny mpikambana, tsaratsara kokoa raha ireo vao niova fo izany. Ny tena tsara indrindra dia ny miantso ireo mpikambana nitovy Fiangonana teo aloha tamin'ireo naman'ny Fiangonana. Asehoy ireo mpikambana ny lesona, ary hifampiresaho aminy izay tianao ho ampianariny. Diniho ny fomba iarahanareo miasa. Ohatra, asaivo zarain'ny mpikambana, raha mety, ny fomba nahafahany nianatra sy nanaiky ary niaina ny fitsipika iray manokana tao amin'ny lesona. Asaivo hazavainy koa ny fomba nanapahany hevitra nidirany ho mpikamban'ny Fiangonana. Rehefa manatrika ny fampianarana ny mpikambana dia hanana fotoana hahatsapana fifaliana amin'ny asa misiônera izy ireo. Manome namana ireo naman'ny Fiangonana ihany koa izany. Nampianatra toy izao ny filoha Thomas S. Monson:

> *Mandritra ny fizotran'ny fampianarana dia afaka mahazo tombontsoa ireo naman'ny Fiangonana avy amin'ny herin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ny mpivady mpikambana izay nandalo ny dingan'ny batisa sy noraisina ho mpikambana vao taona vitsivitsy izay. Tao amin'ny Misiôna Kanadiana any Ontario sy Quebec izay niainan'ny fianakavianay fony aho nitarika ny misiôna, dia hitanay fa ny ankamaroan'ny mponina angamba dia tao anatin'ireto finoana telo lehibe ireto: Katôlika Romana, Anglikana ary ny Fiangonana Mitambatra Kanadiana. Isaky ny tanàna iray tao amin'ny misiôna dia nataonay izay hisian'ny fianakaviana vao vita batisa izay avy tamin'ireo finoana telo ireo mba hahafahan'ny misiônera, izay eo andalam-pampianarana naman'ny Fiangonana vaovao, hiaraka amina mpivady mpikambana na amin'ny famangiana faharoa na fahatelo.*
>
> *Azonao ankasitrahana ve, ohatra, ny herin'ny fijoroana ho vavolombelon-dRahalahy sy Rahavavy William Stoneman, izay avy tamin'ny Fiangonana Mitambatra Kanadiana, rehefa mampianatra ireo olona avy amin'ny Fiangonana Mitambatra Kanadiana ireo misiônera. Niteny toy izao Rahalahy Stoneman, mpanonta boky, "Tamin'ny fotoana nidirako tamin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia lehiben'ny fanontam-boky tao amin'ny Fiangonana Mitambatra aho. Very asa aho. Fa nahita asa tsaratsara kokoa. Fa ny zava-dehibe tsara lavitra noho izany, dia ny nahitako ny fahamarinana manontolo. Afaka manao izany fiovana izany koa ianao. Ary afaka mandray fanapahan-kevitra toy izany. Raha ny marina dia, aleo alainay ianareo amin'ny alahady maraina mba ho afaka hiara-hipetraka isika ao am-piangonana. Ka ianareo mihitsy no afaka handre sy hahatsapa. Ho eo anilanareo izahay. "*
>
> *Lasa mpivady mpandray ho namana an'ireo izay avy amin'ny Fiangonana Katolika Romana koa i Anthony sy Edith Belfiglio. Tsy nisy hafa tamin'izany ny vokatra azo. Azo tanterahina izany. Ary hitazona ny fijoroana ho vavolombelony ireo niova fo. Ho fanampin'izany, dia hametraka ny fakany ho lalindalina kokoa ao amin'ny tany lonaky ny filazantsara ireo mpivady voafidy hanatanteraka izany andraikitra izany. Samy notendrena ho patriarika avokoa Rahalahy Stoneman sy Rahalahy Belfiglio. Ny fiaraha-mientan'ny mpikambana sy ny misiônera amin'ny fiaraha-miasa manokana toy izany dia mamokatra fanangonana fanahy sarobidy maro (fanofanana misiônera tamin'ny alalan'ny zanabolana, 25 April 2003).*

## Asa Atao: Fandalinana Manokana

Eritrereto hoe manana fotoana voalohany hampianatra lesona ho an'ny fianakaviana iray any antokantranon'ny mpikambana ianao. Manapaha hevitra amin'ny fomba izay hanomananao ireto mpikambana tsirairay manaraka ireto mba hanampy anao amin'ny fampianarana.

- Misiôneran'ny paroasy iray izay niverina vao haingana avy nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana maharitra.


Fanamarihana

- Mpisorona iray
- Mpikambana vao niova fo iray
- Ny Eveka

## Ampiasao ny Soratra Masina

Ireo soratra masina nankatoavin'ny Fiangonana no loharano fototra entinao mampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny. Afaka mampiasa ireo tenin'ny mpaminany velona ihany koa ianao. Maro ny antony manokana ampiasana ireo soratra masina ho fototry ny fampianaranao.

- Ny Tompo sy ireo mpaminaniny dia nampianatra antsika hanao izany (jereo F&F 42:12, 56–58; 71:1). Ny mpaminany iray amin'izao andro farany izao dia nanoro hevitra hoe, "Ireo teny sy fomba nampiasain'ny Tompo azy ireo tao amin'ny Bokin'i Môrmôna . . . no tokony hampiasaintsika ihany koa amin'ny fampianarana ireo fitsipiky ny filazantsara" (Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon and the Doctrine and Covenants, "*Ensign*, May 1987, 84)
- Ny soratra masina dia manasa ny Fanahy Masina ho eo mandritra ny fampianaranao. Nampianatra ny tenin'Andriamanitra tamin-kery izy ireo (jereo Alma31:5).
- Ny soratra masina dia mamaly ireo fanontaniana lehiben'ny fanahy (jereo 2 Nefia 32:3; Jakôba 2:8).
- Ny soratra masina dia manome fahefana sy fanamarinana ny fampianaranao, na dia any amin'ireo faritra tsy misy Kristianina aza.


© Greg K. Olsen. Tsy azo adika.

Ny fahaizanao mampianatra amin-kery avy amin'ny soratra masina amin'ny ankapobeny dia azo amin'ny alalan'ny fotoana izay lanianao amin'ny fandalinanao manokana azy ireny. Raha mivoky amin'ny tenin'i Kristy isan'andro ianao dia hihatsara ny fahaizanao mampianatra avy amin'ny soratra masina. Ho fanampin'izany ihany koa, ireo fanasanao olona hianatra sy handalina ny soratra masina dia hanan-kery kokoa satria ampiharinao eo amin'ny fiainanao izany zavatra izany. Ampio ny olona hahazo finoana avy amin'ny soratra masina—indrindra avy amin'ny Bokin'i Môrmôna—mba ho loharanon'ny fahamarinana voambara. Rehefa manomboka mino ny soratra masina ny olona, dia ho afaka hanampy azy ireo tsaratsara kokoa hatrany ianao hahatakatra marina ireo fotopampianarana. Afaka manampy amin'izany ireto soso-kevitra manaraka ireto.

**Ampahafantaro ny soratra masina.** Faripartito fohifohy ny fototra ijoroana sy ny votoatin-kevitry ny andinin-tsoratra masina izay hampiasainao. Asao ireo naman'ny Fiangonana mba hikaroka ireo zava-dehibe manokana ao amin'ilay andininy. Rehefa mampianatra olona tsy dia manana fahalalana loatra momba ny soratra masina ianao, dia tsara raha

Fanamarihana

manomboka izany amin'ny famariparitana ny votoatin'ny andininy ianao amin'ny fampiasana teny tsotra izay azony. Eto ambany misy ohatra amin'ny fampahafantarana ny soratra masina:

- "Eto amin'ny tantaran'i Joseph Smith dia hitantsika ireo tenin'i Joseph izy tenany izay manambara ny zava-nitranga taminy raha nandeha nivavaka tany anaty ala kely izy. Hoy izy: 'Dia nahita andrim-pahazavana . . . '
- "Eto amin'ity andininy ity indray ny mpaminany Alma dia nampianatra ireo olona izay mahantra hampihatra ny finoany amin'ny tenin'Andriamanitra. Nampitaha ny tenin'Andriamanitra tamin'ny voa iray izay afaka hambolena ao am-pontsika izy. Afaka manomboka mamaky ny andininy faha . . . ve ianao?"

**Vakio ny andininy.** Vakio mafy ireo andininy na iangavio ny naman'ny Fiangonana hamaky izany mafy. Aoka hahatsikaritra ireo izay manana fahasarotana amin'ny famakiana ianao. Raha sarotra amin'izy ireo ny mahatakatra izay voalaza ao amin'ny andininy, dia mamakia miadana miaraka aminy ary ampio izy hahatakatra izay tena teny sarotra. Na omeo andininy tsotsotra ihany koa izy ho vakiany. Afaka faritanao ihany koa ireo teny na andian-teny sarotra.

- "Aoka izy hangataka amin'Andriamanitra izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra, sady tsy mandatsa [ny dikan'ny hoe: 'tsy mandatsa' dia hoe: tsy manome tsiny na mandiso Andriamanitra] ary dia omena azy izany" (Jakôba 1:5).

Ny andalan-tsoratra masina sasany dia efa mazava ary tsy mila fanazavana intsony. Ny hafa kosa dia mila handanianao fotoana ny fanazavana izay novakiana.

**Ampiharo ny soratra masina.** "Ampiharo" amin'ny tenanao sy amin'ireo naman'ny Fiangonana ireo soratra masina amin'ny fanehoana ny fomba hifandraisan'ireo fitsipika ireo amin'izao androntsika izao (jereo 1 Nefia 19:23). Atoroy ny naman'ny Fiangonana ny fomba hampiharany ireo fitsipika eo amin'ny fiainany. Raha manao izany izy ireo dia hanomboka hahafantatra fa marina ny fotopampianarana. Mijoroa ho vavolombelona momba ireo fitsipika ary ampanantenao fitahiana izy ireo. Ohatra:

- "Toa anao, ny vahoakan'i Alma dia nanana enta-mavesatra teo amin'izy ireo, efa mila hihoatra noho izay zakany. Kanefa rehefa nampihatra ny finoany izy ireo ary 'niantso mafy an'Andriamanitra, 'dia nankahery azy Izy mba ahafahan'izy ireo miharitra ireo fitsapana ary avy eo dia nanafaka azy ireo tamin'ireo fahoriany Izy. Tahaka ny nataony tamin'ireo vahoaka ireo dia fantatro fa hanampy anao amin'ireo fitsapana mahazo anao Izy raha toa ianao ka . . . "
- "Ny fampianaran'i Alma ho an'ny vahoakany teo amin'ny ranon'i Môrmôna dia mihatra amintsika ankehitriny. Jaona; vonona ve ianao ny . . . "

Ny olona izay ampianarinao dia hanana fahasamihafana betsaka eo amin'ny fomba fijerin'izy ireo ny lahatsoratra masina, eo amin'ny fomba fahalalan'izy ireo ny Baiboly, eo amin'ny fomba fahatakaran'izy ireo tsara ihany koa ny fiteny ara-tsoratra masina ary eo amin'ny halalin'ny finoany fa mirakitra ny tenin'Andriamanitra ny Baiboly. Ampio ny naman'ny Fiangonana tsirairay mba hahazo fankafizana ny soratra masina. Amin'ny alalan'ny fampiasanao tsara ny soratra masina mandritra ny fampianaranao no ahafahanao manampy ny naman'ny Fiangonana hanomboka hianatra manokana ny soratra masina. Isaky ny aorian'ny famangiana, dia omeo azy ireo ny toko na andininy nofidiana manokana mba ho vakian'izy ireo. Afaka manome fanontaniana ihany koa ianao mba hodinihin'izy ireo eo am-pamakiana, ka afaka ho resadresahanareo amin'ny

Fanamarihana

fihaonana manaraka. Hamporisika azy ireo handalina ny soratra masina isan'andro ao an-tranony izany ary hamporisika azy handray anjara amin'ny fivoriam-piangonana sy amin'ny kilasy izay ampiasana ny soratra masina.

**Fomba fijery ara-kolotsaina ny Soratra Masina**

Ny ankabeazan'ny antokom-pivavahana dia manana lahatsoratra masina na boky soratra masina, fa ny fampiasany sy ny fahitany azy ireny dia mety samy hafa amin'ny fomba fijerin'ny mpikamban'ny Fiangonana ny soratra masina. Afaka manazava ianao ohatra fa ny fanaovanao marika ny soratra masinao dia manambara ny fanirianao te-hahatakatra sy hampihatra ny fampianarana avy amin'izany soratra masina izany fa tsy mariky ny tsy fanajana velively. Ampio ireo olona ampianarinao hahafantatra fa ny soratra masina nankatoavina dia zava-dehibe satria misy ny tenin'ny Tompo izay nosoratan'ireo mpaminanin'Andriamanitra izy ireny ary ekentsika ho marina izany.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

**Avereno dinihina ny iray amin'ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto. Eritrereto ny fomba ataonao mba:**

- Hampahafantarana ilay andininy.
- Hanehoana ny fototra ijoroana sy ny votoatiny.
- Hamakiana ny andininy sy hanazavana izay dikany.
- Hanazavana ireo teny sarotra.
- Hanampiana ireo naman'ny Fiangonana hampihatra izany eo amin'ny fiainany.

Ny pejy misy ny lohateny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, 3 Nefia 11; Môrônia 10:3–8; Jaona 17:3; Romana 8:16–17; 1 Korintiana 15:29; Jakôba 1:5; 1 Petera 3:19–20; Amosa 3:7

**Fandalinana Soratra Masina**

**Nahoana no zava-dehibe ny mampianatra avy amin'ny soratra masina?**

| | | |
|---|---|---|
| 1 Nefia 19:23 | F&F 20:7–12 | 2 Timoty 3:15–17 |
| 2 Nefia 4:15–16 | | |

## Mampianara mba hitondra Fahatakarana

Mora mino kokoa ny hafatry ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara ny olona rehefa mahatakatra ny hafatra. Niteny toy izao ny Filoha James E. Faust: "Mianara, mandalìna, ary mampianara avy amin'ny soratra masina, indrindra avy amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Testamenta vaovao. Fantaro tsara ny fahamarinana mba hahafahanao manambara izany mazava. B. H. Roberts dia nanoratra toy izao, 'Mba hahafantarana ny fahamarinana, dia tsy maintsy ambara izany, ary arakaraka ny mampazava sy mahafeno kokoa ny fanambarana no mahatsara kokoa ny fotoana ahafahan'ny Fanahy Masina hijoro ho vavolombelona amin'ny fanahin'ny olona fa

> *"Faharanitan-tsaina marina ho an'ny olona iray ny maka lohahevitra iray izay mifono zava-miafina sy lalina, ka mamelabelatra sy manatsotra izany mba ho azon'ny ankizy takarina."*
>
> – NY FILOHA JOHN TAYLOR
> *THE GOSPEL KINGDOM,* NOFANTENAN'I G. HOMER DURHAM (1943), 270.

Fanamarihana

marina ilay asa.' [*New Witnesses for God*, 3 vols. (1909), 2:vii]. Tsy afaka manova ny fon'ny olona ianao raha tsy efa niova fo" ("What I Want My Son to Know before He Leaves on His Mission, " *Ensign*, May 1996, 41).

Nodidiana ianao mba handahatra sy hamelabelatra avy amin'ny soratra masina rehefa mampianatra. (jereo F&F 68:1). Ny hoe *mamelabelatra* dia manitatra sy manazava mazava. Ny Famelabelarana ny filazantsara dia midika fa manazava ny hevitry ny fotopampianarana sy ny andalan-tsoratra masina amin'ny fomba tsotra sy mazava ianao, amin'ny alalan'ny fitokiana amin'ny Fanahy Masina mba hitarika anao amin'izay lazainao. Mampiasà teny mendrika nefa teny azo hifampiresahana tsara ianao mba hanampiana ny olona hahatakatra ny fitsipiky ny fotopampianarana. Mametraka fanontaniana ianao mba hanampiana azy ireo hieritreritra ny momba ireo fitsipika ary mba hahitana raha takany sy ekeny izay nampianarinao.

Misy lisitr'ireo teny izay mety tsy mahazatra an'izay ampianarinao isaky ny fiafaran'ny lesona telo voalohany ao amin'ny fizarana faha-3. Anisan'ny fomba fampianarana mitondra fahatakarana ny fahazoanao antoka fa manazava ireo teny, fehezan-teny, ary hevitra ianao mba hahafahan'ireo olon-kafa hahatakatra tsara izay lazainao. Afaka hatsarainao ny fahaizanao manazava ny filazantsara amin'ny alalan'ny:

- Fahatakarana ireo teny izay ampiasainao.
- Famaritana ireo teny izay mety tsy ho azon'olon-kafa. Maro ireo teny izay manan-danja manokana ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana izay nofaritana tsotsotra ao amin'ny Ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina sy ny *True to the Faith (Marina amin'ny Finoana)*.
- Fametrahana fanontaniana amin'ny olona toy ny hoe: "Azonao ve ny tianay lazaina rehefa miteny izahay hoe . . . ?" na koa hoe: "Afaka averinao lazalazaina amin'izay fomba nahazoanao azy ve ireo zavatra vao noresahintsika teo?"

Rehefa mianatra ny fotopampianarana ao amin'ny fizarana faha-3 ianao dia fantaro izay teny heverinao ho sarotra amin'ny naman'ny Fiangonana ny fahatakarana azy. Rehefa mampianatra ny fotopampianarana ao amin'ny fizarana faha-3 indray dia mariho ireo teny, fehezan-teny, ary ireo hevitra izay ilàn'ireo naman'ny Fiangonana fotoana ela ny fahatakarana azy. Fariparito ireo teny ireo amin'ny fampiasana ireo loharano nomena tetsy ambony. Andramo hampiharina amin'ny naman'ny Fiangonana sy ireo vao niova fo ny famaritana nataonao.

## Fandalinana Soratra Masina

**Nahoana no tokony hamelabelatra na hanazava am-pitandremana ireo fotopampianarana isika?**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 8:3 | Alma 12:1 | F&F 68:1–5 |
| Môsià 27:35 | 3 Nefia 26:1 | F&F 71:1 |

**Ahoana no fomba fianarantsika? Nahoana no zava-dehibe ny fanambarana na fanehoana tsikelikely ny momba ny zavatra iray?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 28:30 | Môsià 2:9 | F&F 98:11–12 |
| Jakôba 4:13 | | |

**Nahoana no zava-dehibe ny miresaka mazava tsara?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 25:4, 7, 28 | Alma 13:23 | Nehemia 8:8 |
| 2 Nefia 32:7 | | |

**Ahoana no fomba fifandraisan'ny Tompo amin'ireo zanany?**

| | |
|---|---|
| 2 Nefia 31:3 | F&F 1:24 |

Fanamarihana

## Mametraha fanotaniana



Mazàna i Jesoa Kristy no mametraka fanontaniana mba hanampiana ny olona handalina sy hampihatra ireo fitsipika. Niteraka fieritreretana sy fikarohan'ny fanahy ary fanoloran-tena izany fanontaniany izany.

Ny fanontaniana tsara dia mety hanampy anao hahatakatra ny fahalinana, ny olana na ny fanontanian'ireo olon-kafa. Hanampy amin'ny fanatsarana ny fampianaranao ihany koa izany, sy hanasa ny Fanahy Masina ary hanampy ireo naman'ny Fiangonana ampianarinao hianatra.

Ny fanontaniana ratsy dia mampahatahotra, mahatezitra, ary mandratra ireo naman'ny Fiangonana. Mety hahatonga anao tsy hahafehy intsony ny fampianarana izany. Manontania fanontaniana izay:

- Tsotra sy mora takarina.
- Manampy ny olona hieritreritra izay ampianarinao.
- Manampy anao hahafantatra ny fomba fahazoan'ny naman'ny Fiangonana izay zavatra ampianarinao.
- Manampy ny olona hampihatra izay nianarany.

Raha mamaly ireto karazana fanontaniana ireto ireo izay ampianarinao, dia hahatsapa izy ireo fa ho afaka miteny am-pihambahambana. Ny fanontaniana tsara dia mitarika ireo naman'ny Fiangonana hametra-panontaniana aminao rehefa misy tsy azony, rehefa manana olana na rehefa te-hahafantatra izay tokony ataony izy. Ny fanontaniana tsara ihany koa dia hanampy ireo izay ampianarinao hizara ny fahatsapan'izy ireo ka eo am-panaovana izany dia hahita fijoroana ho vavolombelona mitombo izy. Ohatra amin'ny fanontaniana mahomby ireto:

- Manana fanontaniana ve ianao momba izay zavatra nampianarinay?
- Mino ve ianao fa tia anao ny Ray any An-danitra? Nahoana?
- Amin'ny endrika manao ahoana no fisehon'ny fanaovantsika fahadisoana tahakan'ireo olona ao amin'ity tantara ity indraindray?

Mba hanampiana ireo izay ampianarinao hiomana hamaly fanontaniana, dia mety te-hiteny toy izao ianao, "Rehefa manazava ny maha-zava-dehibe ny fanajana ny andro Sabata ho andro masina aho, dia manontania anakam-po hoe, 'Midika inona amiko izany didy izany?' " Ialao ny fametrahana fanontaniana izay:

- Mahakasika hevitra mihoatra ny iray.
- Mifandray amin'ireo fotopampianarana tsy mbola nampianarinao.
- Tsy mitondra tanjona mazava.
- Manadihady sy misikotra rehefa tsy ilaina.

Ny fametrahana fanontaniana be loatra, indrindra amin'ny famangiana voalohany dia mahatonga ny eritreritra fa "manao fanadihadihana" ianao. Aza terena ireo naman'ny

Fanamarihana

Fiangonana hanome valin-teny mikasika antsipirian-javatra tsy dia manan-danja loatra na efa mazava. Mety hahatonga ilay fotoam-pampianarana tsara ho lasa karazana kilalao ankamatatra izany. Raha mila valim-panontaniana mazava ianao, dia tsara ny mametraka fanontaniana mifototra amin'ny zava-misy na mampahafantatra ny tianao hambara amin'ny fomba hafa. Ialao ny fanontaniana izay mety hahavahotra ny hafa raha tsy mahafantatra ny valiny izy. Ny fanontaniana dia tena ilaina kokoa raha apetraka aorian'ny nampianaranao sy nijoroanao ho vavolombelona momba ny fitsipika manan-danja iray. Ohatra amin'ireo fanontaniana tsy dia fametraka loatra ireto manaraka ireto:

- Iza no mpaminany voalohany? (Nanontaniana talohan'ny fampianarana ny lesona momba ireo fotoampitantanana.)
- Fomba ahoana no ahafahan'ny fitandremana ny vatantsika hadio hanampy antsika hanana ny Fanahy Masina sy hampiseho fa vonona ny hanaraka ny mpaminanin'Andriamanitra isika? (Hevitra mihoatra ny iray)
- Zava-dehibe ve ny mahafantatra ny momba ny didin'Andriamanitra? (Valiny Eny-tsia sady diso mazava loatra.)
- Ahoana ny fahatsapanao momba ny Bokin'i Môrmôna? (Alohan'ny hamakian'izy ireo izany.)
- Inona no zavatra tokony ataontsika isan'andro mba hanampy antsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra? (Fanontaniana tsy dia voasoritra tsara izay mitaky valiny mazava: mivavaka)
- Iza no mpaminany tao aorian'i Noa? (Mangataka azy ireo haminavina.)

Mianara mametraka fanontaniana avy amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Ny karazana fanontaniana tsara amin'ny fotoana tena mety dia tena manampy ireo izay ampianarinao hianatra ny filazantsara ary hahatsapa ny Fanahy Masina. Torak'izany koa, ny karazana fanontaniana ratsy na fanontaniana apetraka amin'ny fotoana tsy mety dia mety hisy fiantraikany amin'ny fianaran'izy ireo. Ny fahaizana mametraka fanontaniana tsara sy amin'ny fotoana mety dia mitaky ny fifandraisanao tsara amin'ny Fanahy Masina, sy ny fihainoanao ireo izay ampianarinao ary ny fifantohanao mandritra ilay fotoam-pampianarana manontolo. Mety ho asa mafy ny fampianarana mahomby ary mitaky fifantohana sy ezaka avy aminao sy avy amin'ny mpiara-mitory aminao.



© Robert T Barret. Tsy azo adika.

### Asa Atao: Fandalinana Manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory

Inona no mety hitranga eo amin'ny fivoaran'ny naman'ny Fiangonana iray raha mifanehitra amin'ireto toe-javatra manaraka ireto izy kanefa tsy nanadihady izany mihitsy ianao?

- Mpiara-mitory izay zatra maniratsira ny zavatry ny fanahy.
- Mpikamban'ny fianakaviana izay mpikambana matanjaka any amina fiangonana hafa.
- Namana izay mihevitra fa fivavahana tsy Kristiana ny Môrmôna.

Fanamarihana

- Traikefa ara-panahy tamin'ny famakiana tao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Eritrereto ny fanontaniana izay tokony apetrakao mba hianarana bebe kokoa momba ireo toe-javatra tsirairay eo ambony ireo. Soraty ao anaty diarim-pianaranao ireo fanontanianao. Diniho miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao ny fomba mety hanatsaranao ireo fanontaniana izay nosoratanareo tsirairay avy ho an'ity asa atao ity.

## Mihainoa

Rehefa mihaino am-pitandremana ireo hafa ianao, dia hahazo azy ireo tsara. Raha fantany fa zava-dehibe aminao ny fiheviny sy ny fahatsapany, dia ho mora handray kokoa ny fampianaranao izy, hizara ny traikefany manokana ary hanao fanoloran-tena. Raha mihaino ianao, dia ho hainao ny mampifanaraka marina ny fampianaranao amin'izay ilainy sy amin'izay mahaliana azy ireo.

Mihainoa indrindra indrindra ny bitsiky ny Fanahy Masina. Rehefa mizara ny fahatsapany aminao ny hafa, dia misy eritreritra na hevitra mety ho tonga ao an-tsainao izay notarihan'ny Fanahy Masina. Ho afaka hahatakatra izay ezahin'ny hafa haseho ihany koa ianao.

Rehefa miresaka aminao ny olona iray, dia aza mirona amin'ny fieritreretana izay ho lazainao. Meteza hifantoka tsara amin'ny olona izay miteny fa tsy manomana izay havalinao. Nampianatra toy izao ny Loholona Jeffrey R Holland: "Zava-dehibe kokoa ny mihaino noho ny miteny. Ireo olona ireo dia tsy zavatra tsy manan'aina sy tsy misy lanjany raha toa ka tsy ao anatin'ny isan'olona atao batisa. Zanak'Andriamanitra izy ireo, sady rahalahy sy anabavintsika, ary mila izay ananantsika. Aoka ho tsotra ianao. Miezaha hifandray amin-kitsimpo. Anontanio ireo namana ireo izay tena manan-danja amin'*izy ireo*. Inona no ankafiziny ary inona no sarobidy aminy? Ary mihainoa avy eo. Raha mety dia azonao anontaniana izay atahoran'izy ireo, izay mampijaly azy ireo na izay tsapany fa tsy ampy eo amin'ny fiainany. Mampanantena anareo aho fa *hisy zavatra* ho lazainy izay hamaritra *hatrany* fahamarinana iray ao amin'ny filazantsara izay azonao hijoroana ho vavolombelona ary azonao hitondrana fanazavana misimisy kokoa. . . . Raha mihaino am-pitiavana isika, dia tsy mila manontany tena amin'izay ho lazaina. Omena antsika—amin'ny alalan'ny Fanahy Masina sy ireo namantsika—izany" ("Witnesses Unto Me," *Ensign*, May 2001, 15; soramandry nataon'ny mpamorona).

Mampita hafatra ihany koa ny olona amin'ny fomba fipetrany, amin'ny endriky ny tarehiny, amin'ny fihetsiky ny tànany, amin'ny ahavon'ny feony ary amin'ny fitsipalotry ny masony. Fantaro ireny hafatra avy amin'ny fihetsika ireny, fa hanampy anao hahatakatra ny fahatsapan'ireo izay ampianarinao izany. Tandremo ihany koa ireo fihetsikao. Mampità hafatra mahaliana sy mahafaly amin'ny fihainoana amin-kitsimpo.

Aza matahotra ny fahanginana. Mila fotoana hieritreretana sy hamaliana fanontaniana ny olona matetika na hanehoana izay fahatsapany. Afaka miato kely ianao rehefa avy mametraka fanontaniana, rehefa avy mizara traikefa ara-panahy, na rehefa manana fahasarotana hamoaka ny heviny ny olona. Meteza hanome fotoana ny olona hamitany izay heritreretiny alohan'ny hamalianao, ary aza manapaka azy raha mbola miteny izy.

Rehefa tsapanao fa azonao izay voalaza, dia manaova fanamarihana izay mampiseho fa azonao izany, toy ny hoe "Izany hoe ny tianao lazaina dia hoe ___________ . Tena izany ve?" na koa hoe "Raha azoko tsara izany dia mahatsapa ianao fa ___________ ." Raha tsy mahatoky ianao fa azonao izay voalaza, dia mangataha fanazavana amin'ilay olona.

Mety misy olona zatra mibahana fotoana mandritra ny fifampiresahana ka tsy ahafahanao mampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Mila mianatra

Fanamarihana

mifehy am-pahalalam-pomba ny toe-javatra toy izany ianao. Tahaka izao ohatra, "Tianay be ny zavatra zarainao aminay, fa lohahevitra mbola tianay horesahina aoriana kely izany. Asaiko mandray an-tsoratra izany ny namako mba tsy ho adinontsika ny miresaka momba izany amin'ny famangianay any aoriana." Tsarovy fa ny fampianaranao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no tena manampy ny olona.

Raha mihaino am-pitandremana ianao dia hanampy anao ny Fanahy Masina hahafantatra izay ho lazainao. Mila ezaka sy fifantohana ny fihainoana. Nisy misiônera iray nizara izao traikefa marina manaraka izao (novaina ireo anarana):

> *Nampianatra ny fianakaviana Sanchez izaho sy ny mpiara-mitory tamiko. Nafana be ny andro ary nitabataba fatratra ireo ankizy. Nanontany ny Rahavavy Sanchez momba ny famakiany ny Bokin'i Môrmôna aho. Raha vao nanomboka nanazava izy dia tsikaritro fa norombahin'ny zanany ny kahien'ny namako, ary nihazakazaka nanodidina ny efitrano izy nanofahofa izany. Na dia nijery an-drahavavy Sanchez aza aho dia tany an-kafa ny saiko. Nieritreritra anankam-po aho hoe "Mafana ny andro, ary tiako raha mba mipetraka io zanany io. Tsy handeha mihitsy ity zavatra ity." Raha lasa saina iny aho dia tsikaritro ny fahasahiranan- drahavavy Sanchez miresaka. Nisy fahatsapana kely tonga tao an-tsaiko mba hihaino. Niady aho mba handresy ny hafanana sy ny fitabatabana. Nodinihiko tsara ny endriny raha niteny izy. Niondrika nijery ambany izy, ary avy eo nitraka nijery ahy sy ny namako indray. Niezaka nampangina ny zanany tamin'alahelo ny vadiny. Nisy fahanginana kely aloha, ary avy eo dia nangovitra ny feon'ilay rahavavy niteny hoe "Nataoko izay nampanaovinareo ahy, novakiako ireo fizarana izay tianareo ho vakiako, ary nivavaka aho." Niato sy niondrika indray izy. Nitodika tany amin'ny zanany izy ary nifanojo ny masonay avy eo. "Nahazo valim-bavaka aho," hoy izy tamim-pitsikiana sy tamin'ny maso nanganohano. "Marina izany, fantatro fa tena marina izany." Nanenika ny efitrano ny Fanahy Masina. Feno fankasitrahana ny foko satria nihaino azy aho ary nitsika aho sady niteny hoe "Eny, tena marina."*

### Asa Atao: Fandalinana Manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory

Rehefa avy nandinika ny tantara tetsy ambony dia na soraty ao amin'ny diarim-pianaranao ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto na diniho miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao izany.

- Inona no mety nitranga raha nieritreritra bebe kokoa momba izay hahazoany aina manokana na ny kahien'ny mpiara-mitory aminy izy?
- Hatraiza ny fitahiana azon'io naman'ny Fiangonana io noho ny fihainoan'ilay misiônera?

---

Valio ireo fanontaniana etsy ambany:

| | |
|---|---|
| A = Tsy marina mihitsy izany | D = Marina izany matetika |
| B = Marina izany indraindray | E = Marina foana izany |

- Rehefa miresaka amin'ny hafa aho, raha tokony hihaino azy tsara dia aleoko mieritreritra traikefa toy ny azy izay azoko zaraina.
- Rehefa miresaka amiko momba izay fahatsapany ny hafa, dia miezaka mipetraka eo amin'ny toerany aho mba hahitako izay mety ho tsapako.
- Rehefa mampianatra ny naman'ny Fiangonana aho, dia miasa saina amin'izay ho lazaiko sy ho ampianariko manaraka.
- Tsy mahazo aina aho rehefa miteny be loatra ny naman'ny Fiangonana.
- Sahirana aho manaraka sy manakatra izay ezahin'ny olona ambara amiko.
- Matetika dia mivezivezy ny saiko rehefa mampianatra ny namako.
- Tezitra aho rehefa misy miresaka amiko ka misy olon-kafa manapaka na manelingelina ny fifantohako.
- Mahazo fitarihana ara-panahy aho hilaza na hanao zavatra, fa tsinontsinoaviko izany.


Fantaro izay azonao atao mba hanatsarana ny fahaizanao mihaino.

Fanamarihana

**Manorena Fifandraisana Tsara amin'ireo naman'ny Fiangonana**

Mba hialana amin'ny fahamenarana, dia misy olona sasany izay hamaly fanontaniana amin'ny valin-teny heveriny hoe andrasanareo, fa tsy mizara ny tena fahatsapany marina. Katsaho ny fanorenana fifandraisana izay mahatonga azy ireo hahazo aina amin'ny fizarana ny fahatsapany marina aminareo.

## Ampio ny Olona Hamaha Ireo Olany


Tsy azo adika.

Ny sasany amin'ireo izay ampianarinao dia tsy ampy finoana hitandremana ireo fanoloran-tena, ny sasany indray dia hiatrika fifanoherana, ary ny hafa dia tsy hanaiky avokoa izay rehetra hozarainareo. Tsy maintsy maneho ny safidiny manokana izy ireo, kanefa te-hanao izay rehetra azonao atao ianao mba hamaliana ny fanontanian'izy ireo, mba hanampiana azy hamaha ny olany ary mba handresena ny fifanoherana.

Tahakan'ny vaingan-dranomandry ny ahiahin'ny olona indraindray. Ampahany kely fotsiny no tazana mitsingevana. Mety ho mafy sy saro-bahana ireo olana ireo. Noho izany antony izany no ilanao hanarahana ny Fanahy Masina sy hamaliana amin'ny fomba mety indrindra an'ilay toe-javatra. Mivavaha mba hahazoana ny fanomezam-pahasoavana hamantatra ary araho ny fahatsapana azonao. Fantatry ny Ray any an-danitra ny ao am-po sy ny traikefan'ny olona tsirairay (ilay vongan-dranomandry manontolo) ary hanampy anao hahafantatra izay tsara indrindra ho an'ny olona tsirairay Izy.

Rehefa manampy ny hafa hamaha ireo olany ianao, dia katsaho aloha ny hahatakatra ny olana amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana sy ny fihainoana. Matokia ny Fanahy Masina mba hanampy anao hahafantatra ny fomba hamahana ny olan'izy ireo. Ohatra, afaka mampiasa ny soratra masina ianao mba hiresahana momba ny olana mikasika ny filàna ny batisa, na afaka mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananananao momba ny Mpaminany Joseph Smith ihany koa.

Matetika ny olana dia mirona kokoa amin'ny ara-piaraha-monina noho ny ara-potopampianarana. Ohatra amin'izany, ireo naman'ny Fiangonana dia mety hatahotra ny fanoheran'ny fianakaviany raha miditra amin'ny Fiangonana izy ireo. Na koa mety hatahotra ny fanarian'ireo namany mpiara-miasa aminy izy. Na inona na inona ilay olana, dia mety nanana traikefa efa nitranga na fiantraikan-javatra hafa izay mifandray amin'ilay olana tsy takatrao ilay naman'ny Fiangonana. Amin'ny toe-javatra maro dia mety afaka hanampy anao hahatakatra sy hanampy amin'ny olan'izy ireo ny mpikambana.

Ny fomba hamahanao ny olan'ny naman'ny Fiangonana dia miankina amin'ny toetoetran'izany olana izany. Fantaro raha nitranga noho ny tsy fananan'ilay olona fanamafisana ara-panahy momba ny fahamarinan'ny Famerenana amin'ny laoniny ilay olana, na raha tsy maniry hanolo-tena hiaina fitsipika marina izy. Ny fahazoana ny

Fanamarihana

fototry ny olana amin'izany fomba izany dia manampy anao hahafantatra raha tokony hifantoka amin'ny fijoroana ho vavolombelona na amin'ny fanoloran-tena ianao.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Mifidiana fanasana hanolo-tena iray ho atolotrao rehefa mampianatra ireo lesona ianao. Fantaro avy eo ireo karazana olana izay mety hanakana ny olona tsy hanaiky na tsy hanatanteraka io fanoloran-tena io. Diniho ary manaova fampiharana ny amin'ny fomba tsara indrindra hanampiana ny olona rehefa miezaka mamaha ireo olany izy ireo.

## Fibebahana sy Fialana amin'ny Fahazaran-dratsy

Ny fibebahana dia fomba ara-panahy izay ilàna fanetrentena, fiekena, famerenana amin'ny laoniny, ary fialàna amin'ny fahotana. Fiovan'ny eritreritra sy ny fihetsika maharitra izany. Raha ny tokony ho izy ny fibebahana amin'ny fahotana iray mazava dia tokony indray mandeha fotsiny ihany. Kanefa raha miverimberina ilay fahotana, dia azo ampiasaina ny fibebahana ho fomba fanasitranana (jereo Môsià 26:30; Môrônia 6:8; F&F 1:31–32).

Mety ho tafiditra ao amin'ny fibebahana ny fihetsem-po sy ny ara-batana. Tsy maintsy manatsahatra ireo fomba fanao tsy mety mahazatra sy raikitapisaka ny olona. Ny fihetsika tsy tsara dia tsy maintsy soloina fitondran-tena mahasalama sy mendrika.

Raha izany dia mety mila fotoana na ny fibebahana na ny fahasitranana. Indraindray ireo olona vao niova fo, na dia manana ireo faniriana tsara indrindra aza, dia lavon'ny fakampanahy raha eo andalan'ny fananana fifehezan-tena matotra kokoa izy ireo. Amin'ny toejavatra toy izany dia miara-miasa amin'ireo mpitondra ao amin'ny fisoronana ireo vao niova fo, fa tsy amin'ny misiônera, rehefa mikatsaka ny hanohitra ny fakam-panahy sy hibebaka tanteraka izy ireo.

Amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana no handraisan'ny olona ny fanomezana ny Fanahy Masina, izay hanamafy ny fahaizan'izy ireo mandresy ireo olana ireo. Nefa mety tsy hahafoana tanteraka ireo fihetsem-po sy fitaomana ara-batana miaraka amin'ireo fitondran-tena ireo ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Na dia mahazo fahombiazana am-boalohany aza ny olona iray, dia mety ilaina ny fahasitranana bebe kokoa ara-pihetseham-po mba hibebahana tanteraka sy hahasitranana.

**Asa Atao: Fandalinana Manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

- Mieritrereta naman'ny Fiangonana, na olona vao niova fo, na mpikambana malaina iray izay miezaka mandresy fahazaran-dratsy.
- Avereno dinihina "Ny Finoana an'i Jesoa Kristy" sy "Ny Fibebahana" ao amin'ny lesona "Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy" ao amin'ny fizarana faha-3.
- Inona ao amin'io lesona sy fizarana io no azonao ampianarina an'io olona io ka hanampy azy handresy ny fahazaran-dratsy?
- Mamorona drafitra-na lesona hanampiana io olona io.

## Fanampiana ny Naman'ny Fiangonana sy ny Mpikambana vao vita batisa hahatakatra ny Fibebahana sy ny Fialana amin'ny Fahazaran-dratsy.

Mety iangaviana hamaly fanontaniana sy hamaha olana mikasika ny fahazaran-dratsy ianao. Hanampy ny olona hitady valiny amin'ny fanontaniana sarotra mifandray amin'io olana io ihany koa ianao. Mety hanampy amin'izany ireto hevitra manaraka ireto:

Fanamarihana

- Zarao ny fijoroana ho vavolombelona ananana izay mikasika ny toetra manasitran'ny filazantsara, indrindra fa ny Sorompanavotana. (Jereo Alma 7:11–13).
- Mijoroa ho vavolombelona fa Andriamanitra irery ihany no afaka manatanteraka ny fahagagana momba ny fahasitranana ara-panahy (jereo Salamo 147:3).



© 2000 Simon Dewey. Tsy azo adika.

- Hazavao fa ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana dia mahakasika ny vatana sy ny fanahy.

Anisan'ny dingana fototra izay manampy ny olona amin'ny fahasitranana ara-pihetseham-po ireto:

- Fahafantarana sy fiekena ny olana. Mitaky fandinihan-tena am-pitandremana sy am-pahamarinana izany.
- Fiekena fa manimba ilay fitondran-tena. Miantefa amin'ny hafa izany ary mitaky fiovana.
- Fetezana hanetry tena sy ny fahatsapana alahelo.
- Fikatsahana famelan-keloka amin'ny olona nanaovana ratsy, ary fianarana mamela heloka ny tena ihany koa.
- Fanatsaharana ireo asa ratsy mahazatra ary fanombohana hanao zavatra mahasoa.
- Fitoerana ho mahatoky—fanajana ireo fanekena amin'ny batisa, fanaovana asa fanompoana, fangatahana fanampiana avy amin'ny Fanahy Masina, ary fanehoana faniriana hitandrina ny didin'Andriamanitra.
- Fahatakarana fa ho tia lalandava ireo zanany ny Tompo—na dia manao fahadisoana aza izy ireo ary miverina amin'ny fahazarany teo aloha. Azo arahina foana ny fibebahana sy ny lalana mankamin'ny fahasitranana.


## Ny Drafitra Handresena ny Fahazaran-dratsy

Ny naman'ny Fiangonana ary ny mpikambana vaovao sy malaina dia mety hanontany izay afaka ataon'izy ireo handresena ny fahazaran-dratsiny. Matoky ny fahaizanao manome torolalana sy fanohanana izy ireo. Mety hanampy amin'izany ireto soso-kevitra manaraka ireto:

- Asao izy ireo hanamarika ny fotoana, ny toerana, ary ny olona voakasika tamin'izany fitondran-tenany izany. Ento ireo lisitra mba ho dinihina miaraka amin'ny vadiny, ny eveka, ny misiônera'ny paroasy, na ireo namana hafa mahatoky. Resaho ny mikasika izay tokony hataon'izy ireo mba hiovany na ialàny amin'izay voatanisa tao anaty lisitra.
- Asao izy ireo handray an-tsoratra izay tsy ananany ankehitriny noho ilay fitondran-tena, ary raha tsy ahitsy izany, inona no tsy ho ananany ao aoriana.

Fanamarihana

- Asao izy ireo handray an-tsoratra ireo zavatra samihafa izay azony atao mba ialàna na iadiana amin'ny fitondran-tena tsy mendrika. Mety ho tafiditra amin'izany ny firesahana amin'ny vady, fiantsoana ny eveka na namana hanampy, sy fanazarana, ary ireo asa atao maro izay manampy azy ireo hiala amin'ny fakam-panahy.
- Amporisiho izy ireo mba hivavaka lalandava, hianatra ny soratra masina, hihaino mozika tsara, ary hamaky boky mahasoa.



- Amporisiho izy ireo mba hangataka tsodranon'ny fisoronana.
- Amporisiho izy ireo mba hanohy ny fahazotoany ao am-piangonana, izay hanampy azy ireo handresy ireo olany sy hampanatona azy akaiky kokoa ny Tompo.
- Amporisiho izy ireo hanatrika fikambanana mpanohana sahaza azy na hitady fanampiana avy amin'ny olona matihanina. Eny amin'ny toerana sasany dia azo hatonina ny LDS Family Services (Tetik'asan'ny Olomasin'ny Andro Farany ho Fanohanana ny Fianakaviana).
- Amporisiho izy ireo mba tsy hilofika na oviana na oviana! Hiaraka aminy foana ny Tompo na mila fotoana betsaka aza izany.

Ny Olomasin'ny Andro farany mazoto dia afaka ho tonga fanampiana tsara indrindra ho an'ny mpikambana vaovao ho tonga mazoto amin'ny alalan'ny finamana amin'izy ireny. Tokony handray an-tànana ireo naman'ny Fiangonana sy ireo mpikambana vaovao amin-kafanam-po sy amin'ny fihetsika tsara ny mpikambana. Hamaly izany tsara ireo naman'ny Fiangonana sy ireo mpikambana vao niova fo rehefa arahabaina am-pitsikiana, rehefa anontaniana tsara hoe manao ahoana izy ireo, rehefa misy miara-mipetraka aminy mandritra ny fivoriana, ary raha asaina misakafo miaraka amin'ny mpianakavy izy ireo na amin'ny takarivan'ny mpianakavy.

Koa satria mety hisy ny hiverina amin'ny fahazaran-dratsy, dia tsy tokony ho tohina na kivy ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana na ireo mpikambana raha maheno fa mety miady amin'izany olana izany ny naman'ny Fiangonana iray na ny mpikambana vaovao iray. Tokony haneho fahatokisana an'ilay olona izy ireo fa tsy hitsara raha toa ka miverina amin'ny fahazarana teo aloha ilay olona. Tokony horaisiny ho toy ny fahalavoana mandalo sy azo heverina izany. Ny fanamelohana ilay naman'ny Fiangonana na ilay olona  vao niova fo manana fahazaran-dratsy dia tsy manampy azy na oviana na oviana fa mety hitondra azy amin'ny fahakiviana, tsy fahombiazana ary fahalainana. Ny olona iray vao niova fo izay mijanona tampoka amin'ny fanatrehana any am-piangonana dia mety miverina amin'ny fahazaran-dratsiny teo aloha ary mahatsapa tena ho tsy mendrika sy kivy. Ny famangiana avy hatrany hanomezana fankaherezana sy fanohanana dia afaka manampy ilay olona hahomby. Tokony haneho amin'ny teny sy fihetsika ireo mpikambana fa mandray ireo niova fo (jereo 3 Nefia 18:32).

Ny fijanonana ho mazoto ao am-piangonana sy ny fiadiana mba ho mahatoky no zava-dehibe indrindra afaka ataon'iza na iza amin'ny fandresena ireo fahazaran-dratsy.

Fanamarihana

**Asa Atao: Fandalinana Manokana.**

Eritrereto ireo fahazarana sasany anananao—zavatra fanaonao matetika, izay tsy eritreretinao akory, toy ny hoe: manapoaka tànana, manitsy solomaso, mahery mihinan-kanina, na matory maraina. Manandrama tsy manao izany na indray mandeha aza ao anatin'ny andro iray avy eo. Raha nahomby tamin'izany ianao dia manandrama tsy manao izany indray mandritra ny herinandro. Diniho miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao ny traikefa azonao. Ary avy eo dia andramo alaina sary an-tsaina ny hasarotan'izany ho an'ny naman'ny Fiangonana izay miady amin'ny fahazaran-dratsy toy ny paraky sy sigara na fisotroana toaka.

## Mamelà Zavatra Rehefa Mandao

Isaky ny fiafaran'ny famangiana ampianarana, dia omeo zavatra ho vakiana sy halalinina ho an'ny fiomanana amin'ny fihaonana manaraka ny naman'ny Fiangonana. Azonao omena toko avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izy ireo. Azonao omena bokikely milaza izay nampianarina na misy izay hampianarinao amin'ny famangiana manaraka na fitaovana hafa na fampisehoana horonan-tsary izy ireo. Raha manana fahafahana mijery Internet izy ireo dia amporisiho hitsidika ny www.mormon.org. Tokony mahazo zavatra ho eritreretina, halalinina, ary hivavahana hatrany izy ireo. Mety ho lasa lohahevitra fanombohana amin'ny fampianarana amin'ny fihaonana manaraka izany.

**Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory**

Avereno jerena ireo fitaovana izay afaka avelanao amin'ny naman'ny Fiangonana toy ny bokikely sy ny horonan-tsary. Mbola misy hafa tokony ilainao ve mba hahafahanao mizara izany amin'ny naman'ny Fiangonana ampianarinao? Ataovy lisitra ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao ireo fitaovana mbola ilainao hafarana.

Diniho tsirairay ireo naman'ny Fiangonana nomaninao hampianarina amin'ity herinandro ity. Fizarana fahafiry ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no hanampy azy ireo indrindra? Fitaovana toy inona no hahasoa azy ireo? Raiso ao amin'ny faritra misy ny Fanamarihana/Lisitry ny Atao ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao izay hatolotrao ny naman'ny Fiangonana tsirairay ary izay hataonao ho fanaraha-maso amin'ny famangianao manaraka.

## Ampianaro ny filazantsara naverina amin'ny laoniny Ireo izay tsy Avy amin'ny Finoana Kristianina.

Ny sasany amin'ireo olona izay hampianarinao dia mety tsy hino ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy na hanana fomban-drazana Kristianina. Na izany aza anefa dia maro amin'izy ireny no manana fiheverana sy fomba ary toerana izay heveriny ho masina. Amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra, dia ilaina ny fanehoanao fanajana mendrika ny zavatra inoany sy ny fombafombam-pivavahany. Aza manao zavatra maneho tsy fanajana an'izay zavatra raisin'izy ireo ho zava-dehibe.

Mety hanontany tena ny amin'izay fomba tokony hanitsianao ny fomba hampianaranao ireo olona ireo ianao. Tena hanampy anao ny fahatsiarovana fa ny zanak'Andriamanitra rehetra, na inona na inona finoana niaviany, raha hiova fo, dia tsy maintsy mampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy, mibebaka, mahazo ireo ordônansin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, ary maharitra hatramin'ny farany amin'ny fitandremana ireo didy sy fanaovana asa fanompoana. Mitovy avokoa ireo fitsipika izay manampy ny hafa hanorina ny finoany an'i Jesoa Kristy amin'ny karazana kolotsaina rehetra.

Fanamarihana

Afaka manampy ny olona hahazo fahalalana marina an'Andriamanitra amin'ny maha-Raintsika any an-danitra azy, sy hampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy ianao amin'ny fanampiana azy ireo hanana traikefa ara-panahy manokana fa tsy amin'ny filazana amin'izy ireo fotsiny ny momba ny toetoetran'Andriamanitra. Ohatra, hanampy ireo olona hahazo izany fahatakarana izany ianao raha toa izy ireo ka:

- Mahazo faharesen-dahatra ara-panahy fa Andriamanitra Ray sy ny Zanany, Jesoa Kristy, dia niseho tamin'i Mpaminany Joseph Smith.
- Maheno ny fampianarana sy ny fijoroana ho vavolombelona tsotra ataonao momba ny filazantsara, anisan'izany ny antony nifidiananao ny hanaraka an'i Jesoa Kristy.
- Maheno matetika anao na ny mpikambana hafa miresaka amin'ny Ray any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka tsotra sy tena avy ao am-po.
- Maheno ny fijoroana ho vavolombelona mahery ataonao.
- Mivavaka miaraka aminao sy mivavaka manokana.
- Lasa mahafantatra ny fomba fahatsapanao ny soratra masina rehefa mamaky sy mandinika izany ianao.
- Mamaky isan'andro ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny soratra masina (indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna).
- Manatrika any am-piangonana mba hahafahan'izy ireo mahita ny fomba fiderantsika ny Tompo.
- Mihaona amin'ny mpikamban'ny Fiangonana izay afaka manazava ny fomba nahatonga azy hino ny Ray any an-danitra sy an'i Jesoa Kristy.
- Mitandrina ny didy.

Hitondra tombontsoa ho an'ny olona rehetra izay ampianarinao ireo asa atao ireo, fa tena zava-dehibe indrindra izany rehefa mampianatra ireo izay tsy manana fahalalana kristianina, satria sarotra kokoa ho an'ireo olona ireo ny hanana ireo traikefa ireo tany aloha.

Maro amin'ireo olona niova fo avy tamina finoana tsy kristianina no mitatitra fa tsy dia azon'izy ireo loatra ny zavatra nambaran'ireo misiônera nefa nahatsapa ny Fanahy Masina izy ireo ary naniry ny hanao izay nampanaovin'ny misiônera azy. Tsy maintsy manao izay azonao atao rehetra ianao hanampiana ny naman'ny Fiangonana hahatakatra ny fotopampianaran'ny filazantsara. Mbà maharitra sy mpanohana, satria mety mila fotoana ny olona mba hahaizany mamantatra sy maneho ny fahatsapan'izy ireo ao anaty. Mety mila manitsy ny hafainganana sy ny halalin'ny fampianaranao ianao mba hanampiana azy ireo hahatakatra. Rehefa miomana ny hampianatra ireo olona tsy manana fahalalana kristianina ianao, dia mety hanampy anao amin'izany ireto soso-kevitra manaraka ireto:

- Manomàna topy maso sy famerenana tsotsotra ho an'ny lesona tsirairay.
- Iangavio izy ireo hilaza aminao izay takany sy izay niainany.
- Makà fotoana hamaritana ireo teny sy fitsipika manan-danja indrindra. Mety tsy zatra amin'ny teny maro hampiasainao ireo izay ampianarinao rehefa mampianatra ianao.
- Miverena amin'ny lesona efa nampianarina teo aloha mba hampianarana mazava kokoa ny fotopampianarana. Mety ilaina foana izany mandritra ny fotoana rehetra fizotran'ny fampianarana.

Fanamarihana

## Ohatra Ara-Tsoratra Masina

Ny soratra masina dia ahitana ohatra-na misiônera izay nampianatra ireo tsy nino an'Andriamanitra na ireo tsy nahazo tsara ny tena toetrany marina ao amin'ny soratra masina. Halalino ireo andinin-tsoratra masina etsy ambany, ary avy eo dia hazavao amin'ny mpiara-mitory aminao na raketo an-tsoratra ao anatin'ny diarim-pianaranao ny fomba nanampian'ireo misiônera ireo ny olona hahazo fijoroana ho vavolombelona fa misy Andriamanitra.

- Alma sy Amioleka (Alma 9–12; 15)
- Amôna sy Aharôna (Alma 17–22)
- Alma (Alma 30)
- Alma sy ireo hafa (Alma 31–35)
- Paoly (Asan'ny Apôstôly 17:16–34)

## Asa Atao: Fandalinan'ny Mpiara-mitory

Raha mety dia mamantara olona niova fo iray izay tsy nanana fombafombam-pivavahana Kristianina talohan'ny fihaonany tamin'ny misiônera. Mandamina fotoana hihaonana aminy ary anontanio azy ny traikefany tamin'ny fiovany fo. Ohatra, afaka manontany ny zavatra nisarika io olona io hino an'Andriamanitra ianao, ny fotoana voalohany nivavahany, ny fotoana voalohany nahatsapany valim-bavaka, ny anjara toeran'ny soratra masina eo amin'ny fiovam-pony, ary nanao ahoana izany hoe fanatrehana ny fivoriana alahady izany. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao izay voarainao tamin'izany.

## Tsarovy Ireto

- Rehefa nampianarina ny filazantsara naverina amin'ny laoniny sy miaina izany ny olona, dia azony izay nilainy.
- Mandamìna fotoana ary mianara isan'andro miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao mba ho iray sy hampianatra amin'ny feo tokana.
- Zarao matetika ny fijoroana ho vavolombelona anananao.
- Ny soratra masina, indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna, no loharano fototry ny fampianaranao.
- Mivavaha mba hahazoana ny fanomezam-pahasoavana hamantatra mba hahafantarana ny fotoana ampiasana ireo fitaovana nofaritana ato amin'ity fizarana ity.

# Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

## Fandalinana Manokana

- Eritrereto hoe apetraka amin'ireto toe-javatra manaraka ireto ianao. Ahoana no fomba ahafahanao mampiasa ireo fitsipika sy fitaovana nomena amin'ity fizarana ity mba hanampiana ireto olona ireto handroso? Omano izay mety ampiharanao azy ireo amin'ny toe-javatra tsirairay.
  - Raha nandeha namakivaky ny valan-javaboahary ianao dia nahita vehivavy sy zazalahy kely iray nipetraka irery teo ambony dabilio. Mitomany ilay vehivavy.
  - Tonga tany an-tranon'ny naman'ny Fiangonana izay miomana ho amin'ny batisa ianao, ary niteny taminao izy ireo fa tsy te-hihaona aminao intsony.
  - Mihaona fanimpitony amin'ny naman'ny Fiangonana iray izay efa nampianarina misiônera nandritra ny roa taona ianao. Vitsy, raha nisy, ny famantarana mampiseho fandrosoana tamin'izany.
  - Manomboka mampianatra hafatra iray ao amin'ny filazantsara amina fianakaviana iray mpikambana ianao, ary nilaza izy ireo hoe: "Efa nanasa ireo olom-pantatray rehetra izahay mba hihaona amin'ny misiônera, fa nandà avokoa izy rehetra."

- Misafidiana iray amin'ireo leson'ny misiônera. Mamarita andinin-tsoratra masina iray na roa avy amin'ny fitsipika fototra tsirairay. Manaova fampiharana fampianarana avy amin'ireo andininy ireo araka ny voasoritra ao amin'ny fizarana "Ampiasao ny Soratra Masina ato amin'ity fizarana ity.

- Avereno dinihina mandritra ny herinandro maro ireo fampianaran'ny Mpamonjy ao amin'ny Filazantsara (Matio, Marka, Lioka, Jaona) ary ny 3 Nefia. Ataovy lisitra ao anatin'ny diarim-pianaranao ireo fanontaniana izay napetrany. Ampitahao amin'ireo fanontaniana fametrakao matetika izany.

- Vakio ny tantaran'i Amôna sy ny Mpanjaka Lamônia ao amin'ny Alma 18 sy ny tantaran'i Aharôna ao amin'ny Alma 22:4–18. Rehefa mamaky izany ianao dia fariparito izay nataon'i Amôna sy Aharôna:
  - Nanarahana ny Fanahy Masina sy nampianarana am-pitiavana.
  - Nanombohana nampianatra.
  - Nampifanarahana ny fampianarana hifanaraka amin'izay ilaina.
  - Nijoroana ho vavolombelona.
  - Nampiasana ny soratra masina.
  - Nametrahana fanontaniana, nihainoana, ary namahana ireo olana.
  - Namporisihana ireo izay nampianariny mba hanaovana fanoloran-tena.

- Halalino ity fanambaran'i Filoha Harold B Lee manaraka ity izay mikasika ny fampianarana mikendry ny fahatakarana. Tombatombano ny fomba fampianaranao ny fotopampianaran'ny filazantsara raha mazava na tsia. Raketo ao anatin'ny diarim-pianaranao izay voasintonao avy amin'izany.

  "Aoka hitoetra hifanaraka amin'ny toe-javatra ao amin'ny soratra masina ianao ary hanatsotra izany amin'ny fampiasana teny azo takarina" (*The Teachings of Harold B. Lee,* sel. Clyde J. Williams [1996], 444).

  "Ankehitriny ianareo, amin'ny maha-mpampianatra anareo, dia tsy nirahina hivoaka hampianatra fotopampianarana vaovao. Natao hampianatra ny fotopampianarana fahiny ianareo, tsy hoe amin'ny fomba feno mba hahafahany mahatakatra fotsiny, fa tsy maintsy mampianatra ny fotopampianaran'ny Fiangonana amin'ny fomba tena feno ianareo mba tsy hisy olona ho diso fandray" (*The Teachings of Harold B. Lee,* 458).

Fanamarihana

## Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Avereno dinihina ny fanomanan-desona nataonao tamin'ny lesona farany izay nampianarinao. Manorata fanontaniana iray isaky ny fitsipika lehibe voasoritra ao amin'ny fanomananao. Avy eo dia avereno dinihina koa ireo fanontaniana mba ahitana raha mifanaraka tsara amin'izay ampianarina amin'ity fizarana ity izany. Avy eo dia valio ny fanontaniana tsirairay toy ny hoe ianao no naman'ny Fiangonana. Amboary ireo fanontanianao raha ilaina izany. Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao ireo fanontaniana. Tombatombano miaraka ny fanontaniana hitanareo.

  Hevero izay zavatra ilain'ny naman'ny Fiangonana iray izay ampianarinao. Diniho ny fomba mety hamaliany ireo fanontanianao. Diniho ihany koa ny fomba ahafahan'ireo fanontaniana manasa ny Fanahy Masina sy manampy ilay naman'ny Fiangonana hianatra ny filazantsara.

- Eritrereto ny momba ireo naman'ny Fiangonana vaovao tsirairay izay ampianarinao. Diniho izay azonao atao hanampiana azy ireo ho tonga naman'ny Fiangonana mandroso. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ireo hevitra hitanao ary manaova drafitra ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro.

## Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Asao ho any amin'ny fivorianareo ny mpikambana na ireo naman'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao. Hazavao amin'ilay vondrona fa tianao hanatsara ny fahaizany mizara ilay hafatra lehibe ireo misiônera. Misafidiana lesona sy fahaizana enti-mampianatra iray. Asaivo ampianarin'ireo misiônera amin'ireo mpikambana na ny naman'ny Fiangonana mandritra ny 20 minitra ilay lesona nofidinao, ka hifantoka amin'ny fahaizana enti-mampianatra iray izay nosafidianao. Asaivo mifamadika izy ireo afaka 20 minitra. Rehefa avy nahazo fotoana hampianarana ireo misiônera, dia atambaro avokoa ilay vondrona ary avelao ireo mpikambana sy naman'ny Fiangonana hilaza amin'ireo misiônera izay tena nahomby indrindra ary inona no fomba iray ahafahan'izy ireo mihatsara.

- Mampisehoa ohatra amin'ny horonan-tsary mampiseho misiônera mampianatra sy manatona olona. Mifidiana fahaizana enti-mampianatra iray ary diniho miaraka ny fomba nampiharan'ireo misiônera tamin'ny horonan-tsary ireo fitsipika mifehy izany fahaizana enti-mampianatra izany.

- Misafidiana fahaizana enti-mampianatra iray, na endrika lehibe iray ao amin'ny fahaizana enti-mampianatra iray, ary fantaro ny fotopampianarana sy andinin-tsoratra masina izay manohana izany fahaizana enti-mampianatra izany. Ampianaro ireo misiônera ny fotopampianarana iorenan'io fahaizana enti-mampianatra io.


## Ny Filohan'ny Misiôna

- Miaraha amin'ny misiônera indraindray rehefa mampianatra izy ireo. Alamino miaraka amin'izy ireo ny fomba handraisanao anjara amin'ny fampianarana.

- Amporisiho ny mpitarika ao amin'ny fisoronana, rehefa manao ny famangiana ampianarana tokony ataony, mba hiaraka amin'ny misiônera ary manaova tatitra momba izay vokatr'izany.

- Asehoy ny fampiasana am-pahombiazana ny soratra masina sy ny fanontaniana ary ny fihainoana rehefa mampianatra ireo misiônera mandritra ny fivoriam-paritra sy ny dinidinika.

Fanamarihana



# Ahoana no Anampiako ny Olona Hanao sy Hanaja ireo Fanoloran-tena?

Fanamarihana

**Diniho Ireto**

- Nahoana no tokony hifantoka amin'ny fanasana ny olona hanao fanoloran-tena aho?
- Ahoana no ifandraisan'ny fanoloran-tena amin'ny fiovam-po?
- Ahoana no ahafahako mijoro ho vavolombelona am-panetren-tena?
- Inona no fitahiana azoko ampanantenaina?
- Nahoana no zava-dehibe amiko ny manao fanaraha-maso rehefa manao fanoloran-tena ny olona?

## Mandrosoa fanasana amin'ny Fanoloran-tena

Amin'ny maha-misiônera anao dia maniry ny famonjena ny fanahy ianao (jereo Môsià 28:3). Fantatrao fa afaka manatona an'i Kristy ny olona ary tsy ho voavonjy raha tsy amin'ny alalan'ny fibebahana ihany (jereo F&F 18:10–16). Ny Fomba iray hanatanterahana ny fanirianao dia ny fitoriana ny fibebahana (jereo Alma 5:49; F&F 15:6; 16:6) ary entano am-pahasahiana ny olona hanana finoana amin'ny fibebahana, hatao batisa amin'ny rano sy ny Fanahy ary haharitra am-pinoana hatramin'ny farany (jereo 3 Nefia 27:16–20; Môrmôna 7:10).

Ampahany tena ilaina amin'ny fibebahana ny fanoloran-tena. Izany dia ny fanerena ny tena hanao zavatra ary rehefa izany dia manatanteraka am-pahazotoana an'ilay fanapahan-kevitra. Rehefa tena manolo-tena marina ny olona, dia manana finiavana marina, izay midika fa maniry tanteraka ny hanao izay zavatra nanolorany tena ho ataony izy.

© 2002 Del Parson. Tsy azo adika.

Fanamarihana

Mandray fanapahan-kevitra matotra sy haingana izy ireo mba hiova. Lasa manolo-tena ho an'i Kristy izy ireo ary manokan-tena amin'ny filazantsarany. Ny fanajany ny fanoloran-tena nataony dia ny fomba anehoany marina amin'ny asany fa efa nandray tamin'ny Fanahin' i Kristy izy ireo ho famelana ny fahotany (jereo F&F 20:37). Rehefa mangataka ny hanaovana fanoloran-tena ianao ao amin'ny fampianaranao, dia asainao ny naman'ny Fiangonana hibebaka.

Iray amin'ny fomba tena tsara hanampiana ny olona hanao sy hanaja ny fanoloran-tena dia ny mandroso fanasana hanolo-tena. Zava-dehibe ny mandroso fanasana sy manaramaso ny fanasana hanolo-tena satria:

- Lasa miova fo ny olona rehefa miaina ny fitsipika ianarany (jereo Jaona 7:17) ary mahatsapa ny Fanahy izay manamafy fa mahafinaritra ny Ray any an-danitra ny zavatra ataony.
- Ny fibebahana sy ny fiovana dia hanampy ny olona handresy ny olana, sy hialany amin'ny henatra sy ny fahamelohana ary hiaina fahasambarana sy fifaliana amin'ny famelan'Andriamanitra.


© 2001 Simon Dewey. Tsy azo adika.

- Manomana ny olona hanao sy hanaja ny fanekempihavanana masina ny fanajana ny fanoloran-tena.

Azonao atao ny maneho ny fitiavanao ny olona sy ny finoanao ny fampanantenan'Andriamanitra amin'ny fanohizanao manampy azy ireo hibebaka sy hanaja ny fanoloran-tenany.

Voatanisa ao amin'ny lesona efatra voalohany ireo fanoloran-tena takiana amin'ny batisa. Voatanisa ao amin'ny lesona faha-5 ireo fanoloran-tena mifandray amin'ny fivoarana ara-panahy aorian'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Aoka hifantoka tsy tapaka amin'ny filàna manasa olona hanao zavatra izay hanamafy orina ny finoany an'i Kristy ianao. Tsarovy ireto fitsipika manaraka ireto:

- Ny fotoana rehetra ahafahana mitady olona —miaraka amin'ny mpikambana, na anarana azo tamin'olona, na olona natonina manokana —dia tokony hitarika amin'ny fanasana hanao zavatra, matetika dia ny hianatra bebe kokoa momba ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny.
- Mahalana, raha hisy, ny hiresahanao amin'ny olona na hampianaranao azy ireo ka tsy hanaovanao fanasana azy ireo hanao zavatra izay hanamafy orina ny finoany an'i Kristy.
- Mifantoha amin'ny fanoloran-tena iray na maromaro rehefa mampianatra ianao. Raha tsy manasa olona hanao ireo fanoloran-tena ireo ianao dia tsy miangavy azy ireo hibebaka na hanatona an'i Kristy.
- Rehefa manomana hampianatra lesona ianao amin'ny fandalinan'ny mpiara-mitory, dia diniho ny zavatra ilain'ny naman'ny Fiangonana sy ny mombamomba azy ireo tsirairay ka ampidiro ao amin'ny drafitry ny lesonao ny fanoloran-tena iray na maromaro.

Fanamarihana

- Mandritry ny lesona dia mety entanim-panahy ianao handroso fanasana fanoloran-tena hafa noho ireo efa nomaninao. Asao mandrakariva ny olona hibebaka.
- Mbà sahy sy matoky tena rehefa manasa olona hanao fanoloran-tena (jereo Alma 38:12). Ny fahasahinao dia maneho ny finoanao fa mitondra fitahiana ny fankatoavana ny didin'ny Tompo.
- Tsy hiova mihitsy ny olona raha tsy asaina hanao izany.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Nahoana no tena ilaina ny mandroso fanasana hanolo-tena?**

Alma 5:62
Môrônia 7:13

**Nahoana no zava-dehibe ny fanoloran-tena?**

2 Nefia 31
Môsià 2:41
Alma 7:14–16
Alma 32:27
F&F 14:7
F&F 20:37
Jaona 7:17

## Mametraha Fanontaniana Mivantana

Matetika ny fanasana hanolo-tena dia manana endrika fanontaniana manao hoe "vonona ve ianao", izay mitaky valiny *eny* na *tsia*. Tokony ho mari-pototra, mivantana ary mazava ny fanasana. Manasa na mitarika ny olona izy ireny hanapa-kevitra hanao zavatra. Mitaky azy hanao fanoloran-tena sy haneho finoana arahan'asa ao amin'ny fitsipika nampianarinao azy izy ireny.

Ohatra fanasana tsara ireto manaraka ireto, arahin'ny fiatombohan'ny fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona:

- Vonona ve ianao ny hamaky ny [3 Nefia 11, Môrônia 10:3–5, ity bokikely ity] alohan'ny hahatongavanay rahampitso amin'ny 7 ora hariva? Fantatro fa ny fanaovana izany dia . . . Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna dia . . .
- Hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra ve ianao raha mpaminany i Joseph Smith na tsia? Fantatro fa raha mivavaka amin'Andriamanitra ianao dia . . . Fantatro fa mpaminany i Joseph Smith . . .
- Hiara-hiangona aminay ve ianao amin'ny Alahady izao amin'ny 9 ora maraina? Raha manao izany ianao dia . . . Fantatro fa naverina tamin'ny laoniny ny Fiangonan'i Kristy. . .
- Vonona ve ianao izao hanomboka hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena araka ny nanazavanay izany? Ny miaina io lalàna io dia . . . Amin'ny maha-mpanompon'ny Tompo ahy, dia mijoro ho vavolombelona aho fa ny miaina fiainana madio dia . . .
- Hanasa an'i [anarana] ve ianao alohan'ny Zoma mba hihaona aminay sy hanomboka hianatra momba ny filazantsara? Hanampy anao ny Fanahy . . . Hitahy ny fiainanao ny mizara ny filazantsara . . .
- Azonay atao ve ny mankany an-tranonareo ary hilazanay bebe kokoa aminao ny momba ny niantsoan'Andriamanitra mpaminany amin'izao androntsika izao tahaka ny nataony tamin'ny andro taloha? Ho tonga eo amin'ny fiainanao ny tanjona sy fitarihana ary fiadanana bebe kokoa hatrany raha takatrao . . . Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamanitra dia mbola niantso indray . . .

Fanamarihana

**Asa Atao: Fandalinana manokana sy miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

Manorata fanasana tsotra sy mivantana ary mazava ho an'ny fanoloran-tena tsirairay ao amin'ny lesona ao anatin'ny diarim-pianaranao. Raha efa nanao io zavatra io ianao teo aloha, dia avereno izany ary ampitahao amin'ny fanasana vaovao nataonao ireo taloha. Manontania tena raha nihatsara na tsia ny fahaizanao mandroso fanasana.

Avereno dinihina miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao ny fanasana nosoratanao. Ho an'ny fanasana tsirairay, dia diniho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Moa ve hazavaiko ny fitahiana nampanantenain'ny Tompo rehefa mandroso fanasana aho? Raha tsia, inona no antony?
- Moa ve nataoko izay tsy hanolorana io fanasana io? Raha eny, inona no antony?
- Moa ve aho mahatsiaro hafahafa rehefa mandroso io fanasana io? Ahoana no ahafahako manatsara izany?
- Ahoana no maha-zava-dehibe io fanasana io ho ahy manokana?
- Hafiriana aho matetika no mahatsiaro ny hanara-maso ireo fanasana izay narosoko ireo? Ahoana no ahafahako manatsara izany?

Eritrereto ny naman'ny Fiangonana na ny mpikambana malaindaina fantatrao, ary manaova fanazarana amin'ny fandrosoana ireo fanasana ireo rehefa miteny azy ireny tsirairay.

Raha ilaina, dia avereno dinihina ireo fanasana ao amin'ny drafi-pampianaranao. Mametraha tanjona izay hanampy anao handroso fanasana ao anatin'ny andro manontolo sy ny herinandro.

## Ampanantenao Fitahiana ny Olona

Mila antony ny olona mba hanovany ny fisainany sy ny fanaony. Manome risi-po mahery vaika hankato an'Andriamanitra matetika ny fampanantenana fitahiana. Rehefa manome didy ny Tompo, dia matetika mampanantena fitahiana amin'ny fanajana izany didy izany Izy (jereo F&F 130:20–21). Raha manomana olona hankatò didy manokana ianao, dia ampianaro azy fa:

- Mampiseho fitiavana an'Andriamanitra sy ny Zanany ny fiainana ny didy.
- Asehon' izy ireo ny fahatokiany an'Andriamanitra rehefa mankatò ny didiny izy ireo.
- Ho setrin'izany, dia handray ireo fitahiana nampanantenainy izy ireo.

Rehefa mijoro ho vavolombelona ny amin'ny didy iray ianao, dia resaho ny momba ny fitahiana efa azonao avy amin'ny fiainana izany. Ampanantenao ireo izay ampianarinao fa afaka mahazo fitahiana mitovy amin'izany koa izy ireo.

Raha miezaka manaja ny fanoloran-tena ny olona, dia angataho izy ireo hiresaka momba ny fitahiana izay efa nomen'ny Ray any an-danitra azy ireo. Omeo toky izy fa na dia eo aza ny fahasahiranana ho tonga eo amin'ny fiainany, dia hitohy ny fitahiana avy amin'ny Ray raha manao ny sitrapony izy ireo.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona no lazain' ny Tompo momba ny faniriany hitahy antsika?**

| | | |
|---|---|---|
| Alma 37:17 | F&F 1:37 | F&F 76:5–10 |

Fanamarihana

**Asa Atao: Fandalinana manokana**

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10 sy ny 130:20–21. Rehefa izany dia halalino ireto soratra masina manaraka ireto. Zarao roa ny pejy iray ao amin'ny diarim-pianaranao. Soraty eo amin'ny faritra andaniny ny didy hitanao ao amin'ny andininy tsirairay ary soraty eo amin'ny ankilany ny fampanantenana amin'ny fanajana ilay didy.

| | | |
|---|---|---|
| F&F 11:21 | F&F 89:18–21 | F&F 100:5–8 |
| F&F 84:85 | F&F 95:8–9 | Malakia 3:10–12 |

Avereno dinihina ireo fanoloran-tena voatanisa ao amin'ny iray amin'ny leson'ny misiônera. Isaky ny fanoloran-tena, dia valio ireto fanontaniana ireto:

- Inona ny fitahiana nampanantenain'ny Tompo an'ireo izay manaja io fanoloran-tena io?
- Ahoana no hanampy ny olona hahazo finoana sy fijoroana ho vavolombelona ny fankatoavana io fitsipika io?
- Ahoana no hanampian'io fanoloran-tena io ny olona hibebaka sy hiraika bebe kokoa amin'ny Fanahy?

## Mijoroa ho vavolombelona Matetika

Ny fijoroana ho vavolombelona dia porofo ara-panahy sy fahatokiana omen'ny Fanahy Masina. Ny mijoro ho vavolombelona dia manome fanambarana tsotra sy mivantana ny amin'ny finoana— ny fahatsapana, ny fahatokiana, ny faharesen-dahatra amin'ny fahamarinan'ny filazantsara. Ny fizarana ny fijoroana ho vavolombelona anananao matetika dia iray amin'ny fomba tena mahery vaika hanasana ny Fanahy ary hanampiana ny hafa hahatsapa ny Fanahy. Manampy ny fijoroana ho vavolombelona anananao amin'izao fotoana izao momba ny fahamarinana izay nampianarinao avy amin'ny soratra masina izany. Ny tena misiônera dia mampianatra sy mijoro ho vavolombelona ary manasa ny hafa hanao zavatra izay manorina finoana ao amin'i Jesoa Kristy. Anisan'izany ny manao fampanantenana izay azo avy amin'ny fiainana ny fitsipika marina. Ohatra, mety hiteny ny misiônera iray hoe: "Fantatro fa raha mitandrina ny Sabata ho masina ianao, dia hahita fiadanana bebe kokoa ao am-ponao."

> *"Raha dinihina ny fijoroana ho vavolombelona ananan' olona iray, dia tsarovy fa ilay anankiray zaraina an-tsitrapo dia voatahiriny, fa ilay tazoniny amim-pitiavan-tena kosa dia ho very. . . Mampianara ary mijoroa ho vavolombelona. Tsy misy zavatra tsara kokoa azo ampiarahana mihoatra izany."*
>
> – NY LOHOLONA THOMAS S. MONSON
> *PATHWAYS TO PERFECTION* [1973], 100–101

Mba hampandresy lahatra ny fijoroanao ho vavolombelona dia tsy maintsy tso-po ianao. Tsy miankina amin'ny fahaizana miteny na ny hamafisan'ny feonao ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika, fa miankina amin'ny faharesen-dahatry ny fonao. Miezaha isan'andro hanamafy orina ny fahatakaranao sy ny faharesen-dahatra anananao amin'ireo fotopampianarana sy fitsipika ampianarinao. Mijoroa ho vavolombelona matetika mba hamehy ny fahamarinan'ny fitsipika na fotopampianarina ampianarinao. Mampianara matetika arak'izay azo atao, rehefa izany dia mijoroa ho vavolombelona ary mijoroa ho vavolombelona rehefa mampianatra.

Fanamarihana



Ataovy tsotra dia tsotra ny fijoroanao ho vavolombelona toy ny hoe: "I Jesoa Kristy dia Zanak'Andriamanitra" na koa hoe "Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna." Azonao atao koa ny mizara traikefa fohy momba ny nahazoanao io fahalalana io. Mijoroa ho vavolombelona im-betsaka isaky ny lesona, fa tsy any am-pamaranana fotsiny. Mijoroa ho vavolombelona fa avy amin'Andriamanitra izay zavatra nampianarin'ny mpiara-mitory aminao. Mijoroa ho vavolombelona fa ny fitsipika ampianarinao dia hitahy ny fiainan'ny naman'ny Fiangonana raha toa ka manaraka izany izy ireo. Resaho ny fomba nitahian'ny fiainana ny fitsipika ny fiainanao.

Indraindray ny olona dia mety hametraka fanontaniana hitsapana ny fahalalanao amin'izay ampianarinao, kanefa sarotra ny manontany momba ny fijoroana ho vavolombelona tsotra sy vokatry ny fo. Rehefa mijoro ho vavolombelona ianao, dia mivavaha mba ho tsapan'ireo ampianarinao ny fijoroana ho vavolombelona izay hamafisin'ny Fanahy Masina. Rehefa mijoro ho vavolombelona ianao, dia manampy manorina tontolo hahatsapan'ny naman'ny Fiangonana ny Fanahy Masina izay manamafy ny fijoroanao ho vavolombelona amin'ny fahamarinana. Manomana azy ireo hanaiky ireo fanoloran-tena harosonao izany.

Tsy vita batisa tao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasina amin'ny Andro Farany i Brigham Young nandritra ny taona voalohany nianarany momba ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Hoy izy anefa mikasika ny fiovam-pony: "Raha nalefa tany amiko niaraka tamin'ny Bokin'i Môrmôna avokoa ny talenta, ny fahaiza-manao, ny fahendrena ary ny fahaiza-mihaingon'izao tontolo izao, ary nambara tao anatin'ny fahaiza-miteny tena fatratra misy eto an-tany ny fahamarinan'izany, ka natao ny hanaporofoina izany tamin'ny alalan'ny fianarana sy ny fahendren'izao tontolo izao, dia ho toy ny setroka izany tamiko, izay mipololotra ka hanjavona fotsiny. Nefa rehefa nahita lehilahy tsy nanana fahaiza-miteny na talenta aho izay niteny nanoloana vahoaka, ary tsy niteny afa-tsy hoe, 'Fantatro amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa marina ny Bokin'i Môrmôna, fa mpaminanin'ny Tompo i Joseph Smith,' dia nanazava ny saiko tamin'ny alalan'io olona io ny Fanahy Masina, ka nanoloana ahy ny fahazavana, sy ny voninahitra ary ny tsy fahafatesana. Nodidinin'izy ireny aho, feno azy ireny, ary fantatro tao am-poko fa marina ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ilay lehilahy" (tao amin'ny *Journal of Discourses,* 1:90

**Asa Atao: Fandalinana manokana**

Ny andinin-tsoratra masina eto ambany dia ohatra amin'ny fijoroana ho vavolombelona. Vakio ny fanontaniana sy ny soratra masina tsirairay. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valin-teninao.

- Momba ny inona amin'ireo andininy ireo no ijoroan'ny apôstôly sy ny mpaminany vavolombelona?

Fanamarihana

- Manao ahoana ny finoany tanteraka ireo izay lazainy? Ahoana no ahafahanao milaza fa resy lahatra ny amin'ny fahamarinana izy ireo?
- Rehefa miteny ianao hoe: "Fantatro fa ________ marina," inona no tianao lazaina amin'izany? Inona koa ny teny hafa azonao ampiasaina mba hilazana ny faharesenao lahatra?

| | | |
|---|---|---|
| Jakôba 7:7–12 | F&F 76:22–24 | Asan'ny Apôstôly 2:14–38 |
| Alma 5:45–48 | Jaona 3:3–11 | Asan'ny Apôstôly 10:34–44 |
| Alma 34:1, 8 | | |

**Fandalinana Soratra Masina**

**Inona avy ireo fitsipika sy fampanantenana amin'ny fijoroana ho vavolombelona?**

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 33:1 | F&F 84:61 | Jaona 15:26 |
| F&F 62:3 | F&F 100:5–8 | |

## Manaraha maso

Ny fandrosoana fanasana tsy misy fanaraha-maso dia mitovy amin'ny manomboka dia lavitra tsy misy fiafarana na mividy karatra amina fampisehoana kanefa tsy miditra mijery akory. Raha tsy feno ny atao, dia zava-poana ny fanoloran-tena.

Mety ho mafy ny fiovana. Manampy ny olona ho mafy orina amin'ny fanapaha-keviny hiova no anjaranao. Tokony hataonao izay azonao atao mba hanampiana ny olona hanaja ny fanoloran-tenany.

Ny fibebahana marina dia miseho amin'ny alalan'ny fihetsika marina mandritra ny fotoana voafetra, indrindra ho an'ny didy toy ny fahadiovam-pitondrantena, ny Tenin'ny Fahendrena ary ny fahafolonkarena. Rehefa miasa miaraka amin'ny olona ianao sy ny mpitarika ny paroasy mba hanampiana azy ireo hanaja ny fanoloran-tenany, dia manehoa fahazoana an-tsaina ny zava-mitranga. Aoka hanana faharetana nefa tsy milefitra. Tsy mbola vita ny asa fanompoanao mandra-piainan'ny olona ireo fanoloran-tena, na amin'ny teny hafa, mandra-pibebahany (jereo 3 Nefia 18:32). Indraindray dia mila manao famangiana maromaro ianao mba hanampiana ny olona hatanjaka ara-pinoana amin'ny fitsipika hitarika amin'ny fibebahana.

Ny fanaraha-maso dia manomboka rehefa mamangy voalohany sy mampianatra ny olona ianao:

- Asaivo soratany amin'ny zavatra apetrakao aminy ny fanoloran-tena ataony, toy ny bokikely na karatra kely misy ny anaranao sy ny nomeraon'ny telefaoninao.
- Makà antoka fa fantatry ny olona fa famangiana fohy isan'andro no ataonao eny anelanelan'ny fotoana hampianarana nifanomezana. Hazavao fa ny tanjonao dia ny hanohana sy hanampy azy ireo. Ampahafantaro azy ireo ny zavatra hataonao mandritra ireo famangiana ireo.
- Manaova fanamarihana manokana ao amin'ny faritra fanaovana Fanamarihana/Lisitry ny Atao ao amin'ny bokim-pandaharam-potoanao mba hanaovana fanaraha-maso ny ampitso amin'ny fanasana fanoloran-tena rehetra izay narosonao ny omalin'iny.

Mifandraisa matetika, isan'andro raha azo atao, mba hahitana ny fivoaran'ny olona amin'ny fanoloran-tena nataony, ary mamalia fanontaniana sy mampianara fanampin-desona, ary miaraha mamaky ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, mizarà andinin-tsoratra

Fanamarihana

masina, na mampiasà fitaovana haino aman-jery. Rehefa mamangy olona matetika ianao, dia hanamafy orina ny fahatsapany ara-panahy ianao rehefa nampianatra azy ireo ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Tena manan-danja io fanohanana avy amin'ny Fanahy io. Mety hisy fotoana iantsoanao ireo naman'ny Fiangonana amin'ny telefaonina mba hampahatsiahivina sy hankaherezana azy hanaja ilay fanoloran-tena.

Ampio ny naman'ny Fiangonana hamantatra ny fitahiana voarainy tamin'ny nanajany ny fanoloran-tena nataony. Ampio izy ireo indrindra indrindra hilazalaza ny fihetseham-pony rehefa nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ilay hafatra ny Fanahy.

Arahabao sy ankaherezo ny olona izay nanohy nanaja ny fanoloran-tenany. Eo am-panovàna ny fiainany ny naman'ny Fiangonana. Manana zavatra maro ianarana sy atao izy. Dokafy an-kitsimpo sy matetika izy ireo. Manehoa fankasitrahana azy ireo tamin'ny ezaka nataony sy ny fahatokianao fa afaka mahomby izy ireo. Ankaherezo izy isaky ny tafaraka aminy ianao.

Manehoa alahelo sy fahadisoam-panantenana rehefa tsy mahavita manaja ny fanoloran-tena nataony izy ireo ka noho izany dia very ny fitahiana ho azy ireo.

### Asa Atao: Fandalinana manokana na miaraka amin'ny Mpiara-mitory

Soraty ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro ny lamina apetrakao isan'andro hifandraisana amin'ny naman'ny Fiangonana tsirairay. Omano andro maromaro mialoha ny zavatra hataonao mba hanarahanao maso ny naman'ny Fiangonana.

Mifidiana fanasana fanoloran-tena iray harosonao rehefa mampianatra ny lesona ianao. Rehefa izany, dia fantaro ny olana samihafa izay mety misakana ny olona tsy hanaiky na hanaja izany fanoloran-tena izany. Diniho ary manaova fampiharana amin'ny fomba ahafahanao manampy tsara kokoa ny olona rehefa mifofotra hamaha ny olany izy.

### Tadidio Ireto

- Mifantoha amin'ny fanasana olona hanao fanoloran-tena amin'ny fotoana fitadiavana olona na fampianarana, amin'ny olona izay tsy mpikamban'ny Fiangonana sy amin'ny mpikamban'ny Fiangonana.
- Mandrosoa fanasana fanoloran-tena hanampiana ny olona hiaina fiovam-po.
- Mampanantenà fitahiana.
- Mijoroa ho vavolombelona.
- Manaraha maso hatrany mba hanampiana ny olona hanaja ny fanoloran-tena.

# Hevitra ho an'ny Fampianarana sy ny Fampiharana

Fanamarihana

## Fandalinana manokana

- Mitadiava didy iray voatanisa na ao amin'ny lesona faha-4 na ao amin'ny faha-5. Eritrereto ny fitahiana azonao avy amin'ny fankatoavana io didy io, ary soraty ao anatin'ny diarinao izy ireny.
- Anontanio an-taratasy ny olona ao amin'ny fianakavianao momba ny nitahiana azy tamin'ny fankatoavana didy iray manokana (ohatra, ny fahafolonkarena).
- Soraty ny fahatsapanao momba ny fandrosoana fanoloran-tena. Sahisahy ve ianao sa menamenatra? Matoky ve ianao fa hotahiana ny olona, sa misy mampanahy anao? Moa ve ianao matotra, maharitra ary vonon-kanampy rehefa manao fifandraisana isan'andro? Fantatry ny olona ve fa tianao izy ireo? Ahoana no hanitsianao ny lesoka tamin'ny fanasana nataonao?
- Avereno dinihina ny drafi-pampianarana nataonao isaky ny lesona. Mampiditra fanoloran-tena manokana ve ianao? Mitarika mazava amin'ny fanoloran-tena ve ny drafi-pampianarana nataonao?

## Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Avy amin'ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro dia ataovy ny lisitry ny olona nifandraisanao tao anatin'ny roa andro farany, tafiditra amin' izany ny naman'ny Fiangonana sy ny mpikambana. Ho an'ny olona tsirairay, soraty ny fanoloran-tena nataony sy ny fanasana hafa azonao na tokony narosonao. Diniho ny antony nahafahanao nahazo fanoloran-tena avy amin'ny sasany amin' ireo olona ireo ary inona no nisakana anao tsy hahazo fanoloran-tena avy amin'ny hafa. Inona no hataonao hanarahanao maso ireo fanoloran-tena ireo?
- Jereo ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro, ka soraty ny anaran'ny naman'ny Fiangonana manokana hampianarinao ao anatin' ny andro iray na roa manaraka. Diniho izay didy voatanisa ao anatin' ny lesona faha-4 sy faha-5 izay asainao iainany. Diniho ny fomba handrosoanao ny fanoloran-tena sy ny fitahiana hampanantenainao noho ny fankatoavana.
- Diniho ny fampisehoana ny naman'ny Fiangonana ny Firaketana ny Fampianarana mba hamela azy ireo hahafantatra izay zavatra handrasanao aminy. Raha mety, dia omeo tahadika iray izy ireo.
- Avereno dinihina indray ny Fanamarihana/Lisitry ny Atao ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao izay niseho tao anatin' ny telo andro lasa mba hijerena raha nosoratanao ny asa hanaraha-maso amin'ny fanasana rehetra narosonao.

## Fivorian'ny distrika sy Fivoriam-paritra

- Resaho ireo hevitra tsara sy mahomby hifandraisana amin'ny naman'ny Fiangonana isan'andro. Ahoana no fomba mahomby niarahan'ny misiônera niasa tamin'ny mpikambana? Inona no fitaovana vita printy na haino aman-jery azo ampiasaina? Inona no azonao atao raha tsy ao an-trano ilay olona na tena sahirana handray anao?
- Diniho ireo fomba mahomby nampianaran'ny misiônera ny didy ao amin'ny lesona faha-4 sy faha-5.
- Diniho ny olana manokan'ny naman'ny Fiangonana sasany amin'izao fotoana izao? Inona no toetoetran'izany olana izany? Inona no azon'ny misiônera hatao hamahana ilay olana?

Fanamarihana

## Ny Filohan'ny Misiôna

- Miaraha mampianatra tsindraindray amin'ny misiônera. Ampio izy ireo hifantoka amin'ny fanampiana ny olona hanao sy hanaja ireo fanoloran-tena.
- Ampaherezo ny mpitarika ny fisoronana sy ny mpikambana mba handray anjara mavitrika amin'ny fifandraisana isan'andro amin'ny naman'ny Fiangonana.
- Aoka ho modely amin'ny fandrosoana fanasana amin'ny ezaka fitoriana ataonao ary amin'ireo misiônera iandraiketanao ianao.



# Ahoana no Fomba hanomanako ny Olona amin'ny Batisa sy ny Fandraisana ho Mpikambana?

Fanamarihana

## Diniho Ireto

- Inona no tokony hataoko hanampiako ny olona hiomana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana?
- Ahoana no hitondrako dinidinika mahomby amin'ny batisa?
- Ahoana no fomba hanomanako sy hitarihako fotoam-batisa hahatsapana ny fanahy?
- Ahoana no fomba hiarahako miasa akaiky amin'ny eveka mba hahazoana antoka fa noraisina ho mpikambana ireo niova fo?
- Maninona no zava-dehibe ny mameno ny firaketana ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana?

## Omano amin'ny Batisa sy ny Fandraisana ho Mpikambana ny olona

Ny tanjon'ny fampianaranao dia ny hanampy ny hafa hampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy ary hibebaka amin'ny fahotany. Araka ny fampianaran'i Môrmôna, "ny vokatra voalohan'ny fibebahana dia ny batisa" (Môrônia 8:25). Ny dinidinika amin'ny batisa no fomba napetraky ny Fiangonana hiantohana fa ny olona tsirairay izay hatao batisa dia manaraka ny fepetran'ny Tompo ho an'ny batisa ary vonona handray ny fanomezana ny Fanahy Masina. Amin'ny alalan'io dinidinika io no hanatanterahan'ny olona izay hatao batisa ny zavatra takian'ny soratra masina, fa mijoro ho vavolombelona

© 1988 Greg K. Olsen. Nahazo alalana tamim-panajana tamin'ny Mill Pond Press sy ny Dr. Gerry Hooper. Tsy azo adika.

Fanamarihana

manoloana ny manam-pahefana misolo tena ny Fiangonana izy fa nibebaka marina tamin'ny fahotany rehetra (jereo F&F 20:37). Ny fanoloran-tena izay ataon'ny naman'ny Fiangonana dia manomana azy ireo hanao sy hitandrina ny fanekempihavanan'ny batisa. Ny olona izay nitana ny fanoloran-tenany nasainao hataony dia ho vonona tsara amin'ny dinidinika sy ho tonga mpikambana ary hazoto ao am-piangonana.

Rehefa mampianatra ny naman'ny Fiangonana ianao ary manomana azy ireo amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana dia ataovy azo antoka fa vitany ireo zavatra takiana amin'ny batisa.

## Zavatra Takiana amin'ny Batisa

**Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37:**

- Manetry tena manoloana an'Andriamanitra.
- Maniry atao batisa.
- Manatona miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina.
- Mibebaka amin'ny fahotany rehetra.
- Mandray an-tsitrapo ny anaran'i Kristy eny aminy.
- Manapa-kevitra hanompo an'i Kristy hatramin'ny farany.
- Maneho amin'ny asany fa efa nandray ny Fanahin'i Kristy izy mba ho famelana ny fahotany.

**Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Roambinifololahy:**

- Manao fanovana ampy eo amin'ny fiainany mba hirosoana araka izay didiana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
- Mampitombo ny finoana an'i Kristy.
- Mibebaka amin'ireo fandikan-dalàna.
- Miaina ny fitsipiky ny fahamendrehana ara-pitondrantena.
- Miaina ny Tenin'ny Fahendrena.
- Manolo-tena handoa ny fahafolonkarena.
- Mandray ny leson'ny misiônera rehetra [lesona 1–4 ao amin'ny Firaketana ny Fampianarana sy ny fanoloran-tena miaraka aminy]
- Mihaona amin'ny eveka na ny filohan'ny sampana.
- Manatrika fivoriana fanasan'ny Tompo maromaro.

("Statement on Missionary Work," taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002)

Rehefa mametraka daty raikitra ho an'ny batisa ny naman'ny Fiangonana, dia manaova fandaharam-potoana hahavitanao ny zavatra rehetra izay hitondra amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana araka ny voasoratra ao amin'ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro. Jereo tsara ny Firaketana ny Fampianarana mba ho azo antoka fa efa nampianarinao ny fotopampianarana fototra ary vonona hamaly ny fanontaniana tsirairay ao amin'ny dinidinika amin'ny batisa ny olona izay hatao batisa. Avereno dinihina miaraka amin'ilay olona io fandaharam-potoana io amin'ny fivorianao manaraka. Raha azo atao, dia tokony hanatrika fotoam-batisa iray ilay olona alohan'ny batisany.

Raha tsapanao fa mbola mila fiomanana fanampiny ilay olona ampianarinao dia aza mbola manao fotoana ho an'ny dinidinika aloha mandra-pahatanterahan'ny naman'ny Fiangonanana ny fepetra. Raha mbola tsy ampy taona ilay olona izay hatao batisa, dia ataovy azo antoka fa nanome alalana azy ho atao batisa ny ray aman-dreny na ny mpiahy azy, ary tsara izany raha atao an-tsoratra.

Fanamarihana

Rehefa manampy olona hiomana amin'ny dinidinika amin'ny batisany ianao, dia resaho aminy ny tanjon'izany dinidinika izany. Ampianaro azy ary mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fahamasinan'ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina. Hazavao fa tianao ho azo antoka fa takany ny fitsipika nampianarinao azy sy ny fanekempihavanana hataony. Hazavao koa fa ny dinidinika dia fotoana tsara ahafahany mijoro ho vavolombelona manoloana ny solontenan'ny Tompo fa vonona izy amin'ireo ôrdônansy masina ireo. Raha mitandrina ny fanekempihavanana natao tamin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana izy ireo, dia handray ny famelan-keloka. Zarao aminy ny fanontaniana izay hapetraky ny mpanao dinidinika, momba ny finoany ny fotopampianarana lehibe, ny fibebahany ny fahotana vita taloha sy ny fahavononany hanao fanekena fa hankatò an'i Jesoa Kristy izy mandritra ny androm-piainany. Hamafiso fa tsy feno ny batisan'ny rano raha tsy miaraka amin'ny fandraisana ho mpikambana sy ny fanomezana ny Fanahy Masina.

**Asa atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

- Vakio tsirairay ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto, ary manaova lisitra famintinana ireo zavatra takiana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

| | | |
|---|---|---|
| 2 Nefia 9:23; 31:4–13 | 3 Nefia 27:13–21 | F&F 20:37 |
| Môsià18:8–10 | Môrônia 6:1–4 | F&F 22 |
| Alma 7:14–15 | Môrônia 8:25–26 | Asan'ny Apôstôly 2:37–39 |

- Mandritra ny dinidinika amin'ny batisa, dia anontaniana ny olona izay hatao batisa raha toa ka vonona ny handray ny anaran'i Kristy eny aminy izy. Inona no azonao atao mba hanampiana azy ireo hahatakatra io fanontaniana io? Eo am-pisaintsainanao io fanontaniana io, dia halalino ireto soratra masina manaraka ireto.

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 4–5 | Môsià 26:18, 21–27 | 3 Nefia 27:1–10 |
| Môsià 18:1–11 | | |

Azonao atao koa, raha tianao, ny mitady andinin-tsoratra masina hafa hanampy anao hahatakatra io fitsipika io.

## Ahoana no Hitondrana ny Dinidinika?

Tokony hampiasa ny fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa ny olona manao izany dinidinika izany, miaraka amin'ny fitarihan'ny Fanahy, mba hamaritana raha toa ka mahafeno ny zavatra takiana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 ilay olona izay hatao batisa. Tokony hataony mifanentana amin'ny taona sy ny fahamatoran'ny olona izay hatao batisa koa ny fanontaniana.

Raha tsy mahafeno izay takiana araka ny fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa ny olona izay hatao batisa, dia tokony hahemotra ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Tokony handray fanampim-pampianarana avy amin'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra sy avy amin'ny mpikambana nandray azy ho namana avy amin'ny paroasy ilay naman'ny Fiangonana.

Ny mpitarika ny distrika na ny faritra izay mitondra ny dinidinika dia tokony:

- Hanao ny dinidinika amin'ny toerana ahazoana aina sy mitokana izay mitarika fahatsapana ny Fanahin'ny Tompo. Tokony ho eo akaiky eo ny mpiara-mitory amin'ny mpanao dinidinika.
- Hanomboka amin'ny vavaka.
- Hanampy ny olona izay hatao batisa hahazo aina.

Fanamarihana

- Hanao ny dinidinika ho toy ny traikefa mitondra hery ara-panahy.
- Hanao izay ahazoana antoka fa takatry ny olona izay hatao batisa ny tanjon'ny dinidinika.
- Hametraka ireo fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa. Hampiasa ireo fanontaniana fanamafisana mba hahatsapana ny fahamafisan'orin'ny fijoroana ho vavolombelon'ilay olona sy ny fibebahany amin-kitsimpo.
- Hamaly ny fanontanian'ny olona izay hatao batisa.
- Hanasa ilay olona hijoro ho vavolombelona sy hilaza izay tsapany.
- Raha manana olana amin'ny fijoroana ho vavolombelona na ny fahamendrehana ilay olona, dia hazavao fa tsara raha hahemotra ny batisa mandra-pahavonony tsara kokoa.

## Fanontaniana amin'ny Dinidinika amin'ny Batisa

1. Mino ve ianao fa Andriamanitra dia Raintsika Mandrakizay? Mino ve ianao fa i Jesoa Kristy no ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra an'izao tontolo izao?
2. Mino ve ianao fa naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny mpaminany Joseph Smith ny Fiangonana sy ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy? Mino ve ianao fa [Ny filohan'ny Fiangonana amin'izao fotoana izao] dia mpaminanin'Andriamanitra? Midika inona aminao izany?
3. Inona no dikan'ny hoe mibebaka aminao? Tsapanao ve fa nibebahanao ireo fandikan-dalàna lasa vitanao?
4. Efa nanao heloka be vava ve ianao? Raha eny dia eo am-panefana ny sazy ve ianao sa nafahana vonjy maika? Efa nandray anjara tamina fanalan-jaza ve ianao? Na fiarahana amin'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy ?
5. Nampianarina anao fa tafiditra ao amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasina ny Andro Farany ny fiainana ny fitsipiky ny filazantsara. Milaza inona aminao ireto fitsipika manaraka ireto? Vonona ve ianao ny hankatò izany?
   a. Ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, izay mandrara ny firaisana ara-nofo ivelan'ny fatotry ny fanambadiana ara-dalàna eo amin'ny lehilahy sy vehivavy.
   b. Ny lalàn'ny fahafolonkarena.
   c. Ny Tenin'ny Fahendrena.
   d. Ny Andro Sabata, anatin'izany ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro sy ny fanompoana ny mpikambana namana?
6. Rehefa atao batisa ianao, dia manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra fa vonona handray eny aminao ny anaran'i Kristy sy hitandrina ny didiny mandritra ny androm-piainanao. Vonona ve ianao hanao io fanekempihavanana io sy hiezaka ny tsy hivadika amin'izany?

Eo am-pamaranana ny dinidinika nahomby, dia arahabao ilay olona izay hatao batisa. Mandehana any amin'ireo misiônera hafa, ary hazavao izay hitranga amin'ny fotoam-batisa.

Hazavao fa hatao eo ambany fitarihan'ny eveka amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo ao amin'ny paroasy misy azy ireo ny fandraisana ho mpikambana.

Rehefa ilaina ny manemotra ny batisa, dia tokony handray an-tanana am-pahendrena sy mitokana ny toe-javatra ny mpitarika ny distrika na ny faritra sy ny misiônera hafa. Omeo toky ilay olona izay hatao batisa fa afaka hahomby izy, ary hazavao fa misy fandikan-dalàna sasany izay mitaky fotoana misimisy kokoa ny fibebahana amin'izany. Hazavao fa ny toetra masina ananan'ilay ôrdônansy dia mitaky fepetra fahamendrehana ambony. Omeo toky izy fa hanao izay rehetra vitanao ianao sy ny hafa mba hanohanana azy. Rehefa izany dia tanteraho am-pinoana hatramin'ny farany ny fitandremanao ny fampanantenanao.

Fanamarihana

## Batisa sy Fandraisana ho Mpikambana: Fanontaniana sy Valiny

**Iza no mitondra ny dinidinika amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana?**

Raha ny tokony ho izy dia ny mpitarika ny distrika no midinidinika amin'ny olona izay hatao batisa izay nampianarin'ny misiônera ao amin'ny distrikany, tafiditra amin'izany koa ny olona izay hatao batisa izay nampianarin'ny mpitarika ny faritra. Ny mpitarika ny faritra no manao dinidinika amin'ny olona izay hatao batisa izay nampianarin'ny mpitarika ny distrika. Ny filohan'ny misiôna na olona notendreny no tsy maintsy manao ny dinidinika amin'ny olona nahavita fahotana lehibe. Tsy manao dinidinika amin'ny olona atao batisa ivelan'ny distrika na ny faritra misy azy ny mpitarika ny distrika na ny faritra raha tsy hoe ny filohan'ny misiôna angaha no manendry azy hanao izany.

**Inona no dikan'ny hoe batisan'olona niova fo?**

Ny atao hoe batisan'olona niova fo dia batisan'ny:

- Olona sivy taona no ho miakatra izay tsy mbola natao batisa sy noraisina ho mpikamban'ny Fiangonana mihitsy teo aloha.
- Zaza valo taona izay samy tsy mpikambana ny ray aman-dreniny, na atao batisa sy raisina ho mpikambana amin'ny fotoana hanaovana batisa sy handraisana ho mpikambana koa ireo ray aman-dreniny.

**Mila fahazoan-dalana ve aho mba ahafahana manao batisa zaza tsy ampy taona?**

Alohan'ny hahafahanao mampianatra sy manao batisa naman'ny Fiangonana iray izay tsy mbola feno taona araka ny lalàna, dia tsy maintsy mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny ray aman-dreniny na ny mpiahy azy eo anatrehan'ny lalàna ianao, ary tsara raha atao an-tsoratra izany. Fanampin'izany, dia tokony hanana antony tsara ianao ahafahanao hino fa takatr'ilay zaza ny fanekempihavanan'ny batisa ary hanao ny ezaka rehetra izy hitandremana izany amin'ny alalan'ny fankatoavana ny filazantsara, anatin'izany ny fanatrehana am-pahazotoana ny fivoriam-piangonana.

**Mila ny fahazoan-dalan'ny vadiny ve aho mba ahafahana manao batisa ilay rangahy na ilay ramatoa?**

Eny. Aza manao batisa olona manambady raha tsy nahazo ny fankatoavan'ny vadiny.

**Raha tsy vonona ny atao batisa ny raim-pianakaviana, dia tokony hanao batisa ilay fianakaviana ve aho sa hiandry mandra-pahavonon'ilay ray?**

Raha tsy vonona hatao batisa sy ho raisina ho mpikambana ny raim-pianakaviana, nefa vonona ny olona hafa ao amin'ny fianakaviana, dia azonao atao ny miteny ilay ray fa aleonao tsy manao batisa ilay fianakaviana tsy miaraka aminy satria hajain'ny Fiangonana ny loham-pianakaviana ary satria hivoatra tsaratsara kokoa ao amin'ny filazantsara ireo mpikamban'ny fianakaviana ao anatin'ny vondron'ny fianakaviana. Raha manohy mandà ilay ray, dia azonao atao ny manao batisa sy mandray ho mpikambana ny olona hafa ao amin'ny fianakaviana raha ankatoaviny.

**Hevitra tsara ve ny mampandroso avy hatrany ny ray amin'ny fisoronana Aharôna aorian'ny batisa mba ahafahany manao batisa ny olona hafa ao amin'ny fianakaviany?**

Tsia. Tsy maintsy raisina ho mpikambana mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo ilay raim-pianakaviana, aorian'ny dinidinika amin'ny eveka, ary tohanana vao afaka handray ny Fisoronana Aharôna. Tsy tokony hahemotra ny batisan'ny fianakaviana noho ny antony hoe mba hahafahan'ilay ray manatanteraka ny batisa.

**Afaka mampianatra sy manao batisa olona izay efa voaroaka ve aho?**

Tsy batisan'ny olona niova fo ny batisan'ny olona voaroaka, ary tsy manao dinidinika amin'ny batisan'ny olona toy izany ny misiônera. Eo ambany fiahiana akaiky ny filohan'ny misiôna sy ny eveka ihany vao afaka miasa ho an'ny olona toy izany ianao.

Fanamarihana

**Inona no atao raha manana datin'ny batisa raikitra ny olona iray nefa tsy nitandrina ny fanoloran-tena rehetra?**

Raha tsapanao fa mila fiomanana fanampiny ny olona iray ampianarinao, dia aza manao fotoana hanaovana dinidinika amin'ny batisa mandra-panajan'ny naman'ny Fiangonana ny fanoloran-tenany ary mandra-pahafenony ny fepetra.

**Inona no ataoko raha te-hatao batisa ny olona roa nefa miara-mipetraka tsy mbola vita fanambadiana?**

Ny lehilahy te-hatao batisa izay miara-mipetraka amina vehivavy, na ny mifamadika amin'izany, kanefa tsy anatin'ny fanambadiana ara-dalàna, dia tsy maintsy na manambady na mitsahatra tsy miara-mipetraka, izay vao azo atao batisa.

**Ny fanontaniana faha-4 ao amin'ny dinidinika amin'ny batisa dia milaza fa raha efa nahavita fahotana lehibe ilay olona, toy ny fanalan-jaza, ny fiarahan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy, na ny heloka be vava. Inona no tokony hataoko raha mibaboka amin'ny fahotana toy izany ilay olona?**

1. *Toromarika ho an'ny misiônera mampianatra*. Indraindray dia mety hanome fanazavana an-tsitrapo momba ny fahotana toy izany ny naman'ny Fiangonana raha mampianatra momba ireo didy ianao ary manasa azy hanolo-tena. Nefa kosa, raha tsy milaza na inona na inona izy kanefa ianao mihevitra fa mety hanana olana amin'izany izy, dia omano amin'ny dinidinika amin'ny batisa izy amin'ny alalan'ny fanontaniana azy raha toa ka efa nandray anjara tamin'iray amin'ireo ota ireo izy. Raha fantatrao ny fisiana fahotana lehibe, dia aza manontany ny antsipiriany momba izany. Aza mametraka datin'ny batisa na manao fampanatenana mikasika ny hoe hahazo alalana ho atao batisa sy ho raisina ho mpikambana izy na tsia. Asehoy ny fitiavanao ary avereno dinihina ny fitsipiky ny fibebahana. Hazavao azy ampitiavana fa lehibe ireo fahotana ireo ka olona manana fahamatorana sy traikefa bebe kokoa (ny filohan'ny misiônanao na olona tendreny) no hiresaka aminy ary hanampy azy amin'ireo zavatra ireo. Rehefa izany, dia alefaso mivantana any amin'ny filohan'ny misiôna ny fangatahana dinidinika amin'ny batisa.
2. *Toromarika ho an'ny olona manao ny dinidinika amin'ny batisa sy fandraisana ho mpikambana*. Raha nampianatra ara-dalàna ny olona izay hatao batisa ny misiônera talohan'ny dinidinika amin'ny batisa, ary raha misy ireo olana ireo, dia tokony halefa any amin'ny filohan'ny misiôna. Raha mitranga izany, dia asehoy ny fitiavanao ary avereno dinihina ny fitsipiky ny fibebahana. Hazavao am-pitiavana fa lehibe ireo fahotana ireo ka olona manana fahamatorana sy traikefa bebe kokoa (ny filohan'ny misiônanao na olona tendreny), no hiresaka aminy ary hanampy azy amin'ireo zavatra ireo. Rehefa izany, dia alefaso mivantana any amin'ny filohan'ny misiôna ny fangatahana dinidinika amin'ny batisa.

### Asa atao: Fandalinana Manokana

Eritrereto izay mety hotsapanao raha atao dinidinika ianao. Diniho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Lafiny inona ao amin'ny dinidinika no mety ho hafahafa aminao? Inona no azon'ny mpanao dinidinika atao mba hahazoanao aina?
- Ahoana no fomba tianao hifandraisan'ny mpanao dinidinika aminao?
- Ahoana no fihetsika tianao hataon'ny mpanao dinidinika aminao raha maneho ahiahy na tsy fifankahazoan-kevitra ianao na raha nibaboka fahotana lehibe ianao?

Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valin-teninao amin'ireo fanontaniana ireo.

Fanamarihana

## Fenoy ny Firaketana ny Batisa sy ny Fandraisana ho Mpikambana

Tokony hameno ny taratasy firaketana ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana amin'izao fotoana izao ny misiônera izay manao ny dinidinika. Tokony manaraka ny toromarika ao amin'ny taratasy firaketana izy ary maka antoka fa nofenoina izany ary tsy misy diso. Tokony hohazavainy fa ny firaketana ny batisa no hanamboarana ny firaketana ny maha-mpikambana izay ahitana filazalazana manan-danja mikasika ny mpikambana vaovao sy ireo ôrdônansy noraisiny. Na oviana na oviana no mifindra monina ny mpikambana dia alefa any amin'ny vondrona vaovao ny firaketana ny maha-mpikambana azy mba ahafahan'ny evekany vaovao manolotra mpikambana handray azy ho namana sy ho fanampiana azy. Tokony asain'ny misiônera manamarina izay voasoratra ao amin'ny taratasy firaketana ny olona izay hatao batisa mandritra ny dinidinika.


Raha tsy manana firaketana ny maha-mpikambana ny olona iray dia tsy afaka mahazo fahazoan-dalana hiditra ny tempoly.

**Asa atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

Halalino ny Môsià 6:1–3 sy ny Môrônia 6:1–4. Ahoana no fomba ifandraisan'ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ny andraikitrao hitandro ny firaketana ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana tsy hisy diso?

## Ny Fotoam-batisa

Tena miseho amin-kery ny Fanahy eo am-panatanterahana ny ôrdônansy masin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Ny fotoam-batisa sy ny fandraisana ho mpikambana izay manaraka izany dia tokony ho fahatsapana ara-panahy miavaka ho an'ny olona vao niova fo. Tokony hanao izay rehetra vitanao ianao sy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy mba ahafahanao mahazo antoka fa mirindra, sy entanim-panahy ary mendrika hotsaroana ny fotoam-batisa. Tokony hanamafy orina ireo olona vao niova fo amin'ny fanoloran-tenany hijanona ho mazoto ireo fotoana ireo.



Asao hanatrika ny fotoam-batisa ny episkôpà, ny mpitarika ao amin'ny kôlejy sy ao amin'ny vondrona mpikambana ary ny mpampianatra sy ny mpamangy isan-tokantrano (raha efa voatendry). Tokony asaina hanatrika ny fotoam-batisa sy ny fivoriana fanasan'ny Tompo any amin'ny toerana hanaovana ny fandraisana ho mpikambana ireo tapaka sy naman'ny olona niova fo sy ireo naman'ny Fiangonana rehetra iandraiketanao amin'izao fotoana izao. Hanampy azy ireo hahatsapa ny Fanahy sy hanomana azy ireo hanaiky ny fanasana hianatra bebe kokoa momba ny filazantsara ireo traikefa ireo. Miaraha miasa amin'ny olona izay hatao batisa sy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy mba hanasàna ny tapaka sy naman'ny olona izay hatao batisa mba hanatrika izany. Rehefa izany dia tohizo aorian'ny fotoana ny firesahana ny traikefa niainany ary asao izy hianatra ny antony nisafidianan'ny namany atao batisa.

Mifandamina amin'ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy ny misiônera izay nampianatra ny olona izay hatao batisa, handrindràna ny fotoam-batisa. Hazavao

Fanamarihana

amin'ny olona izay hatao batisa ny zavatra omanina sy ny anton'izany. Resaho ny akanjo fanao, tafiditra amin'izany ny fomba hanomezana akanjo fotsy azy hanaovany amin'ny batisa. Ifanaraho ny toerana sy ny fotoana anaovana ny batisa. Raha ny tokony ho izy dia mpikambana ao amin'ny episkôpà na ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy no mitarika ny fotoana. Ireto manaraka ireto dia zavatra tena ilaina harindra sy halamina.

Ny fotoam-batisa dia mety hisy:

1. Feon-kira sava ranonando.
2. Fiarahabana tonga soa fohy ataon'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana izay mitarika ny fotoana (mpikambana ao amin'ny episkôpà no tokony hiahy).
3. Hira sy vavaka fanokafana.
4. Lahateny fohy iray na roa mikasika ny lohahevitra ara-pilazantsara, toy ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina.
5. Mozika voafantina.
6. Fanatanterahana ny batisa.
7. Fotoam-panehoana fanajana mandritra ny fisoloan'ireo olona izay nandray anjara tamin'ny batisa akanjo hafa. Mety ho tafiditra amin'izany ny fihainoana mozika fanelanelanana, ny fikaloana fihirana sy hiran'ny Kilonga hain'ny rehetra, ny fandefasana horonan-tsary novokarin'ny Fiangonana na ny fijoroana ho vavolombelona.
8. Fotoana tsara ahafahan'ireo olona vao niova fo hijoro ho vavolombelona, raha tiany.
9. Hira sy vavaka famaranana.
10. Feon-kira famaranana.

## Ny Fandraisana ho Mpikambana



Mandray ny ôrdônansin'ny fandraisana ho mpikambana ny olona iray aorian'ny fahavitan'ny batisany (jereo ny F&F 20:41). Raisina ho mpikamban'ny Fiangonana ny olona vao niova fo iray rehefa vita ny ôrdônansin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana (jereo Jaona 3:5; F&F 33:11). Raisina ho mpikambana mandritra ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo ao amin'ny paroasy izay ipetrahany ny olona vao niova fo fa tsy amin'ny fotoam-batisa. Tompon'andraikitra ny eveka hijery fa atao haingana araka izay azo atao aorian'ny batisa ny fandraisana ho mpikambana. Mandray anjara amin'ny fandraisana ho mpikambana ny eveka na ny iray amin'ny mpanolotsainy. Azon'ny eveka atao ny manasa ireo misiônera rahalahy izay nanampy nampianatra ny olona niova fo, mba handray anjara amin'ny fandraisana ho mpikambana. Miaraha miasa akaiky amin'ny eveka sy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy mba hahazoana antoka fa ho atao io ôrdônansy tena ilaina io.

Fanamarihana

## Aorian'ny Batisa sy ny Fandraisana ho Mpikambana

Eo ambany fitarihan'ny eveka, dia azon'ny misiônera tohizana ny manao ho namana ny mpikambana vaovao. Tohizo ny fampianarana azy ireny ary avereno dinihina izay zavatra efa nampianarina azy. Entano sy tohano izy ireny, miaraha mamaky ny Bokin'i Môrmôna aminy ary ampio izy hizara ny filazantsara amin'ny ankohonany sy ny namany. Tohizo mandritra ny fiainanao, araka izay azo atao, ny mifandray amin'ireo izay nampianarinao sy ny manentana ary ny manohana azy.

Aorian'ny fandraisana ho mpikambana, dia tohizo ny mampiasa ny Firaketana ny Fampianarana hanoratana ny fivoaranao amin'ny fampianarana indray ny lesona 1–4 sy ny fampianarana ny lesona faha-5. Miaraha miasa akaiky amin'ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy sy ny mpitarika ao amin'ny paroasy mba hanampiana ireo olona vao niova fo hijanona hazoto sy handray ireo fitahiana rehetra avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

### Tadidio Ireto

- Omano araka ny tokony ho izy amin'ny dinidinika amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ny olona izay hatao batisa.
- Ataovy azo antoka fa mahafeno ny fepetra izay takiana amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ny olona izay hatao batisa.
- Manampia mba ahazoana antoka fa mitondra hery ara-panahy ny fotoam-batisa.
- Ampiasao ho fotoana hitadiavana olona ny fotoam-batisa sy fandraisana ho mpikambana.
- Fenoy tsy misy diso ny taratasy firaketana ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

Fanamarihana

## Hevitra ho an'ny Fandalinana sy Fampiharana

### Fandalinana Manokana

- Ataovy lisitra ireo fitsapana izay mety atrehin'ny olona hatao batisa. Nahoana no zava-dehibe ny hahatsapan'ny olona izay hatao batisa ny fitiavana sy finaman'ny mpikamban'ny Fiangonana?

- Halalino ny Môrônia 6 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:68–69. Inona no lesona tsoahinao avy amin'ireo andininy ireo mikasika ny fanomanana olona amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana? Soraty izay nianaranao ary zarao amin'ny mpiara-mitory aminao ny hevitrao mandritra ny fandalinan'ny mpiara-mitory.

### Fandalinan'ny Mpiara-mitory

- Nanazava ny maha-zava-dehibe ny fepetra ambony ny Loholona Henry B. Eyring. Iaraho dinihina amin'ny mpiara-mitory aminao io torohevitra io ary tombano ny fahatsapanao momba ny fanampiana am-pahasahiana ireo olona ireo hanaraka ireo fepetra ireo. "Mametraka ny fepetrany ny Tompo mba hahafahany mitahy antsika. Eritrereto ireo fitahiana ireo: Mampanantena ny fanampian'ny Fanahy Masina ho an'ireo izay manaraka ny fepetra Izy. Mampanantena fiadanana manokana Izy. Mampanantena ny fahafahana mandray ireo ôrdônansy masina any amin'ny tranony Izy. Ary mampanantena ireo izay maharitra miaina ny fepetrany Izy fa hahazo ny fiainana mandrakizay izy ireo. . . . Koa satria tiantsika ny olona tompointsika, dia te-hanao ny tsara vitantsika isika mba hampisandratra ny zanaky ny Raintsika any an-danitra amin'ny finoana sy fahadiovana ilainy mba hahazoany ny fitahiana rehetra avy amin'ny Tompo. . . . Ianao dia manomboka amin'ny fanandratana avo mazava tsara, sy tsy misy fanafana ny fepetran'ny Tompo. Ary raha mainka miala amin'izy ireny hatrany izao tontolo izao ary maneso azy ireny dia mainka koa isika manao izany am-pahasahiana kokoa" ("Standards of Worthiness," *First Worldwide Leadership Training Meeting,* Jan. 2003, 10–11).

- Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao ny zavatra azonao avy amin'io fizarana io momba ny fanomanana olona amin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

- Avereno dinihina ny fotoam-batisa farany natrehanao. Ampitahao amin'ny torolalana ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Ny Fotoam-Batisa" izany. Inona no nizotra tsara? Inona no azo hatsaraina? Diniho ny fomba hahazoanao antoka fa ny fotoana nomaninao dia ho ara-panahy sy hitondra hery.

- Manaova fampiharana amin'ny fomba hanomananao naman'ny Fiangonana manokana amin'ny dinidinika amin'ny batisa.

- Avereno dinihina ny fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa. Diniho ny fomba hitantananao toe-javatra samihafa, toy ireto manaraka ireto:
  - Tsy niteny taminao ny olona izay hatao batisa fa anaty fahafahana vonjimaika izy noho ny heloka vitany taloha.
  - Tsy nahazo valim-bavaka mahafa-po ilay olona fa mpaminany i Joseph Smith.
  - Nifoka sigara ny olona izay hatao batisa roa andro lasa izay.
  - Misalasala ilay olona izay hatao batisa raha nahazo valiny na tsia tamin'ny vavaka nataony.
  - Nahatsiaro fanerena avy amin'ny namany ilay fianakaviana ka misalasala raha vonona hatao batisa na tsia.

- Avereno dinihina ny Firaketana ny Batisa sy Firaketana ny Fandraisana ho mpikambana ary ny taratasy Fanamarinana ny Batisa sy ny Fandraisana ho

Fanamarihana

mpikambana. Ahoana no fomba ahazoanao antoka fa marina sy feno ny filazalazana nomenao?

### Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Avereno dinihina ny maha-zava-dehibe ny dinidinika amin'ny batisa. Diniho ny fomba tokony hanomanan'ny misiônera ny naman'ny Fiangonana amin'ny dinidinika.

- Diniho ny fomba ampiasana ny fotoam-batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ho fotoana fitadiavana olona.

### Ny Filohan'ny Misiôna

- Miaraha miasa amin'ny mpitarika ny fisoronana eo an-toerana hahazoana antoka ny fampiasana ara-dalana ny Firaketana ny Fivoarana.

- Mitariha tsindraindray dinidinika voalohany amin'ny batisa.

- Ampianaro ny mpitarika ny distrika sy ny mpitarika ny faritra ny fomba hitarihana ny dinidinika amin'ny batisa.

- Atoroy ny mpikambana ao amin'ny fiadidian'ny misiôna sy ny mpitarika ao amin'ny fisoronana ny fomba hitarihana ny dinidinika amin'ny batisa ho an'ny olona hatao batisa izay nahavita fahotana lehibe.

Fanamarihana



# Ahoana no Fomba Iarahako Miasa amin'ny Mpitarika ao amin'ny Tsatòka sy ny Paroasy?

Fanamarihana

**Diniho Ireto**

- Inona no ilain'ireo olona vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina mba hahatonga azy ireo ho mpikamban'ny Fiangonana mafana fo?
- Inona no andraikitry ny mpitarika ao amin'ny tsatòka sy ny paroasy amin'ny asa fitoriana ny filazantsara, sy amin'ny fitazonana ary fampahavitrihana ny olona?
- Ahoana no fomba ahafahako manampy ny mpitarika ao amin'ny paroasy mba hampiorenana ny Fiangonana?
- Inona no tokony hitranga amin'ny fivoriana fandrindrana isan-kerinandro miaraka amin'ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy?

Manana tombony lehibe manokana ianao hiasana miaraka amin'ny mpitarika sy ny mpikambana maro mandritra ny misiônanao. Hiara-hanamafy sy hanorina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ianareo. Hitahy anao mandritra ny androm-piainanao sisa ny fifandraisana aorinao miaraka amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana. Manan-danja izany fifandraisana izany eo ampikatsahanao sy ny mpikamban'ny Fiangonana hitondra ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny eo amin'ireo zanaky ny Ray any an-danitra. Hanampy anao hiroso amin'ny fifantohana sy amin-kery lehibe kokoa hatrany ny fahatakaranao ny fitsipika fototra mikasika ny fomba fiasa ao anatin'ny lamin'ny paroasy.

© 2003 Simon Dewey. Tsy azo adika.

Fanamarihana


## Fanamafisana orina ny Mpikambana Vaovao sy ny Malaindaina

Rehefa atao batisa sy raisina ho mpikambana ireo olona niova fo, dia manao fampanantenana masina fa hankatò sy hanompo an'Andriamanitra sy ny hafa mandritra ny androm-piainany sisa. Lasa mpilatsaka hofidina mba hahazo ny famonjena any amin'ny fanjakana selestialy izy ireo. Mba handraisana ireo fitahiana nampanantenaina, dia tsy maintsy maharitra hatramin'ny farany ao amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy izy ireo. Ilaina dia ilaina ny fanampian'ny mpikamban'ny Fiangonana ireo olona vao niova fo hitoetra ho mafana fo sy mahatoky.

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Tsy misy antony hanaovana asa fitoriana ny filazantsara na kely aza raha tsy mifikitra amin'ny vokatr'izany ezaka izany isika. Tsy azo sarahina ireo zavatra roa ireo. . . . Andraikitra lehibe sy mafonja ny olona niova fo tsirairay" ("Find the Lambs, Feed the Sheep," *Ensign*, Mey 1999, 108).

Eo ambany fitarihan'ny eveka, dia tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanamafisana orina ny mpikambana vaovao sy ny mpikambana malaindaina ny filankevitry ny paroasy. Ataon'izy ireo izay ahazoana antoka fa manana namana sy voafahana amin'ny tenin'Andriamanitra ary mahazo antso sy andraikitra ireo olona vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina. Azony atao ny mangataka misiônera amin'ny fotoana maharitra hanampy amin'ny fampianarana isan-tokantrano (na ny rahavavy misiônera amin'ny famangiana isan-tokantrano) sy amin'ny famangiana mpikambana vaovao, sy mpikambana malaindaina ary ireo rahalahy azo tendrena ho loholona amin'ny ho avy. Tsara raha miaraka tsiroaroa amin'ny mpikambana iray ianareo amin'ny fitsidihana toy izany.

Mbola tompon'andraikitra ny amin'ireo olona ireo ihany koa ianareo. Hoy ny Filoha Hinckley hoe: "Ianareo misiônera . . . dia anisan'ny manana andraikitra hamatotra ireo namanareo niova fo amin'ny Fiangonana. Mety tsy hahavita hanohy hamangy azy ireo ianareo, nefa azonareo atao tsara ny manoratra amin'izy ireo tsindraindray ary mankahery azy ireo. . . . Rehefa mody ianareo dia aza hadinoina izy ireo. Aoka ianareo hanana fiainana mendrika ny fitokisany amin'ny fotoana rehetra. Manorata aminy tsindraindray, hanamafisanareo ny fitiavanareo azy" (*Ensign*, Mey 1999, 109).



Rehefa manatrika fivoriam-piangonana, dia tokony hiara-mipetraka amin'ireo naman'ny Fiangonana na ireo mpikambana noraisinareo ho namana ianareo mba hanohanana sy hanamafisana orina azy ireo. Tsy tokony hiara-mipetraka amina andiana misiônera hafa ianareo.

Ampahany lehibe dia lehibe ao amin'ny misiônanareo ny mampiorina ny Fiangonana sy manamafy ny vondrona izay hanompoanareo. Anisan'ny fanatanterahanareo izany ny fanampiana ireo olona vao niova fo hitoetra ho mafana fo sy ny fanampiana ireo malaindaina hiverina ho mafana fo. Iray amin'ny adidinareo ny miaraka amin'ny misiôneran'ny paroasy mba hampianatra indray ny lesona efatra voalohany sy ny lesona faha-5. Afaka manampy mampianatra ireo fitsipika ireo koa ny misiôneran'ny paroasy, sy ny mpampianatra isan-tokantrano ary ny mpamangy isan-tokantrano.

Nitantara izao manaraka izao momba ny fitsapana atrehin'ireo vao niova fo ny Filoha Gordon B. Hinckley:

Fanamarihana

*Nandray taratasy tena nahaliana aho indray andro. Taratasy avy amina vehivavy iray niditra ho mpikamban'ny Fiangonana herintaona lasa izay. Toy izao no nosoratany:*

*"Ny lalana nodiaviko tato amin'ny Fiangonana dia tena fitsapana ary tsy manam-paharoa. Taona tena faran'izay mafy indrindra tsy mbola nisy teo amin'ny fiainako iny taona lasa iny. Izany koa anefa no tena nahazoam-balisoa be indrindra. Amin'ny maha-mpikambana vaovao ahy, dia mbola tsy mitsahatra miatrika fitsapana aho isan'andro.*

*Nanohy nilaza izy fa rehefa tafiditra mpikamban'ny Fiangonana, dia tsy mba nahatsapa fanohanana avy amin'ny mpitarika tao amin'ny paroasiny izy. Toa tsy niraharaha azy tamin'ny maha-mpikambana vaovao azy ny evekany. Noho izy nahatsapa ho tsy noraharahiana, dia niverina tany amin'ny filohan'ny misiôna izy, izay nanampy azy.*

*Nolazainy fa "tsy fantatry ny mpikamban'ny Fiangonana hoe toa inona izany atao hoe mpikambana vaovao izany. . . . Noho izany, dia mila ho tsy azo heverina ny hahatakaran'izy ireo ny fomba hanohanana anay."*

*Manao fanamby aminareo aho ry rahalahy sy anabavy isany, fa raha tsy fantatrareo hoe toa inona izany, dia ezahonareo ny maka sary an-tsaina ny hoe toa inona izany. Mety ho tena manirery izay tsy izy izany. Mety ho mahakivy izany. Mety ho mampatahotra izany. Mihoatra lavitra noho izay fiheverantsika azy ny tsy fitoviantsika ato amin'ity Fiangonana ity amin'izao tontolo izao. Hoy ihany ity vehivavy ity nanohy: "Rehefa lasa mpikamban'ny Fiangonana izahay naman'ny Fiangonana, dia gaga raha nahita fa niditra tao anaty tontolo hafa mihitsy, tontolo izay manana ny fombany, ny kolontsainy ary ny fiteniny. Hitanay fa tsy misy olona na iray aza na toerana na iray aza fianteherana ka azonay itodihana ahazoana fitarihana amin'ny dia ataonay ao anatin'ity tontolo vaovao ity. Mampientanentana ny dia amin'ny voalohany, na ny fahadisoanay aza mahatsikaiky, rehefa izany dia lasa mahasorena ary, amin'ny farany, dia mivadika fahatezerana ilay fahasorenana. Ary eo amin'io dingan'ny fahasorenana sy fahatezerana io no miala izahay. Miverina any amin'ny tontolo izay niavianay izahay, toerana izay nahafantaranay hoe iza izahay, toerana nandraisanay anjara biriky, ary toerana nahafahanay miteny ny fiteny". [Ensign, Mey 1999, 108].*

**Asa atao: Fandalinana Manokana na Miaraka amin'ny Mpiara-mitory**

Vakio ilay tantara teo aloha. Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto, na iaraho dinihina amin'ny mpiara-mitory aminao izany. Mametraha tanjona sy manaova drafitra araka ny tokony ho izy.

- Arak'io tantara io, inona ireo zavatra sasany mahasarotra ny hijanonan'ny mpikambana vaovao ho mafana fo?
- Nahoana no afaka manampy ny fiatrehana ireo fitsapana ireo ny fisian'ny mpikambana mandray anjara hatrany am-piandohan'ny fampianarana?
- Eritrereto ireo izay ampianarinao. Ahoana no fomba ahafahanao mampandray anjara tsara kokoa ny mpikambana mba hanampiana ireo naman'ny Fiangonana hanomboka ny fifindrana ara-tsôsialy rehefa miditra ao amin'ny Fiangonana?

## Fampianarana sy Famangiana Isan-tokantrano

Ny filohan'ny Tsatòka sy ny eveka, mifandamina amin'ny filohan'ny misiôna dia afaka mampiasa misiônera hamangy ireo malaindaina sy ireo fianakaviana izay mpikambana ny sasany ao aminy. Amin'ny fotoana mahamety azy, dia afaka mangataka misiônera amin'ny fotoana maharitra izy ireo handray anjara amin'ny fampianarana sy famangiana isan-tokantrano. Ireo fotoam-pampianarana ireo dia tokony hanamafy orina ny mpikambana, hampitombo ny fahaizan'ny misiônera mampianatra ary hanampy ny misiônera hahazo anaran'olona hampianarina (jereo " Statement on Missionary Work," taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Des. 2002).

Fanamarihana

## Miaraha miasa amin'ny Filankevitry ny Paroasy mba Hanamafisana Orina ireo Mpikambana Vaovao sy Malaindaina



© 1999 Greg K. Olsen. Nahazo alalana tamim-panajana avy tamin'ny Courtesy Mill Pond Press. Tsy azo adika.

Eo ambany fitarihan'ny filohan'ny misiônanao ny fampianarana sy ny fanaovana batisa ny naman'ny Fiangonana. Na izany aza, dia handroso amin-kery kokoa ny fitoriana ny filazantsara raha mampirindra ny ezaka ataony ary miara-miasa anaty firaisankina ny misiônera amin'ny fotoana maharitra sy ny mpikambana. Mety hasaina matetika ianao hanatrika ny filankevitry ny paroasy sy ny fivorian'ny komity mpanatanteraky ny fisoronana. Ny laharam-pamehanao voalohany dia ny mahazo antoka fa mankany am-piangonana ny naman'ny Fiangonana iandraketanao. Matetika dia hidika izany fa hanotrona azy ireo ianao. Raha misy fifanindriana eo amin'ny fanatrehana ny fivorian'ny filan-kevitry ny paroasy sy ny fitondrana olona ho any am-piangonana, dia ilay farany atao. Raha izany, dia omeo ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy ny tahadikan'ny Firaketana ny Fandrosoana ary ataovy azo antoka fa ananany avokoa ny zavatra tokony ho fantatra ilain'ny filan-kevitry ny paroasy na ny komity mpanatanteraky ny fisoronana.

Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley:

"Zavatra telo no ilain'ny olona vao niova fo tsirairay:

"1. Namana ao am-piangonana izay azony itodihana hatrany, izay handeha eo anilany, izay hamaly ny fanontaniany, izay hahatakatra ny olana mahazo azy.

"2. Andraikitra. Ny fiaraha-mientana no mampiavaka ity Fiangonana ity. Izany no fomba mampivoatra antsika. Ny finoana sy ny fitiavana ny Tompo dia toy ny hoza-tsandriko. Raha ampiasaiko izy ireny dia hitombo hery. Raha ataoko anaty samboady, dia ho tonga marefo. Mendrika andraikitra ny olona niova fo tsirairay. . . .

"3. Tsy maintsy 'fahanana amin'ny teny soan'Andriamanitra' ny olona tsirairay niova fo (Môrô. 6:4). Tsy maintsy atao izay hahatonga azy ho voaray ho isan'ny mpikamban'ny kôlejin'ny fisoronana iray na ny Fikambanana Ifanampiana, ny Zatovovavy, ny Zatovolahy, ny Sekoly Alahady, na ny Kilonga. Tsy maintsy ampaherezina izy ho tonga amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo mba handray ny fanasan'ny Tompo, mba hanavao ny fanekempihavanana nataony tamin'ny fotoan'ny batisa" (*Ensign*, Mey 1999, 106).

Ny filankevitry ny paroasy no handray an-tanana ny fanomezana namana, andraikitra ary sakafom-panahy ho an'ireo vao niova fo. Hanampy azy ireo ianareo araka izay ilainy. Ny mpitarika ao amin'ny Fisoronana sy ny mpikambana no handray azy ireo ho namana miaraka amin'ny fanampianareo.

Fanamarihana

### Finamanana



- Alohan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, dia ataovy azo antoka fa atrehan'ny mpikambana ny lesona tsirairay, raha azo atao. Tokony hiaraka matetika amin'ny naman'ny Fiangonana ireo mpikambana ireo mba hamaly ny fanontaniany, hahatakatra ny olana ananany ary hankahery azy.
- Asao ny mpikambana hanatrika ny fotoam-batisa ary hiarahaba ireo olona vao niova fo tonga soa ao amin'ny paroasy. Manampy ireo vao niova fo hahazo aina amin'ny fivoriam-piangonana samihafa ny mpikambana. Tokony hampahafantariny ny mpikambana hafa koa izy ireo.
- Ampahafantaro haingana araka izay azo atao ny eveka, sy ny mpanolotsainy, ny filohan'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana, ary ireo mpitarika hafa ao amin'ny paroasy ireo naman'ny Fiangonana. Hazavao ny anjara asan'ny eveka sy ireo mpitarika hafa ao amin'ny paroasy.

### Fotoana Ahafahana Manompo

- Ampio ny lehilahy vao niova fo hahatakatra sy hiomana handray ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka. Hazavao fa ireo kôlejin'ny fisoronana dia manome fotoana ahafahana miara-mianatra sy midera ary manompo.
- Ampandraiso anjara ireo vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina amin'ny fotoana ahafahana manao asa fanompoana toy ny fanampiana mananotena iray na olona iray izay marary na fandraisana anjara amina tetik'asa fanasoavana.
- Alefaso any amin'ny mpanoro hevitra momba ny tetiarana ireo niova fo mba hahafahany mameno ny firaketana momba ny fianakaviana sy ny sarin'ny rohim-pihavanana. Raha mamela izany ny toe-javatra misy, dia ampio izy ireo hiomana ho atao batisa any amin'ny tempoly ho an'ireo razambeny efa nodimandry.
- Asao ireo olona niova fo hanomana ny olona ao amin'ny fianakaviany sy ny namany mba hampianarin'ny misiônera. Tokony hangataka anaran'olona ho ampianarina avy amin'ireo olona vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina ny misiônera.

### Famahanana amin'ny Teny soan'Andriamanitra

- Vitao ny fampianarana ireo fitsipika ao amin'ny lesona faha-5, "Lalàna sy ôrdônansy."
- Ampahatsiahivo ireo vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina ny fanoloran-tena nataony talohan'ny batisa sy ny fanekempihavanana nataony tamin'ny fotoana nanaovana batisa sy nandraisana azy ireo ho mpikambana.
- Entano izy ireo hivavaka samirery isan'andro, sy hivavaka isan'andro miaraka amin'ny fianakaviany.
- Entano izy ireo handalina ny soratra masina isan'andro, indrindra ny Bokin'i Môrmôna.

Fanamarihana

- Hamafiso orina ny fijoroana ho vavolombelon'ny olona vao niova fo momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Avereno dinihina ireo lesona nampianarinao talohan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, ary ampifanaraho amin'ny zavatra ilainy amin'izao fotoana izao ny fanasana azy hanolo-tena.
- Tohizo ny fampianarana ny maha-zava-dehibe ny fanatrehana any am-piangonana isak'Alahady sy ny fandraisana amim-pahamendrehana ny fanasan'ny Tompo. Manatreha ary miaraha mipetraka amin'ny olona vao niova fo na ny mpikambana malaindaina.
- Asao izy ireo hanatrika ny kilasin'ny Fitsipiky ny Filazantsara mandritra ny Sekoly Alahady.
- Ampianaro azy ireo ny fanaovana takarivan'ny mpianakavy isaky ny Alatsinainy hariva amin'ny fampiasana ny *Recueil d'Idées pour la soirée familiale*.
- Amporisiho izy ireo hizara amin'ny hafa ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.
- Ampio izy ireo hisoratra anarana amin'ny kilasin'ny seminera sy institut.
- Ampahafantaro azy ireo ny loharanom-pahalalana momba ny Fiangonana toy ny www.mormon.org sy ny www.lds.org ary ny www.familysearch.org.

**Fandalinana Soratra Masina**

**Mamahana amin'ny Teny soan'Andriamanitra**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 18:18–20 | Alma 31:5 | Môrônia 6:4 |

**Asa Fanompoana**

| | | |
|---|---|---|
| Môsià 2:17 | Matio 25:40 | Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanompoana" |

## Inona ny anjara asan'ny Filohan'ny misiôna amin'ny Fotoana Maharitra?

Mihazona ny fanalahidin'ny batisan'ny olona niova fo ny filohan'ny misiôna amin'ny fotoana maharitra. Eo ambany fitarihany, dia andraikitra voalohan'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra ny mampianatra ireo naman'ny Fiangonana. Na eo aza izany, dia miantoka ny fivoaran'ny naman'ny Fiangonana sy ny fananan'izy ireo namana ny eveka mandritra ny fampianarana azy ireo. Tanterahina eo ambany fahefam-piahian'ny eveka ny drafitrin'ny misiônan'ny paroasy. Mihaona tsy tapaka amin'ny filohan'ny tsatòka ny filohan'ny misiôna mba hahazoana antoka fa miara-miasa amin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana eo an-toerana ny misiônera amin'ny fotoana maharitra. Arindrany ny ezaka amin'ny fitoriana ary manolo-tena izy hanampy ny filohan'ny tsatòka hanome torolalana amin'ny fitsipika sy ny fanao amin'ny asa fitoriana ny filazantsara.

## Inona ny Andraikitry ny Mpitarika ao amin'ny Tsatòka sy ny Paroasy?

Ny mpitarika ny Fiangonana eo an-toerana sy ny mpikambana no namanao tsara indrindra. Hajao izy ireo ary miezaha hanorina fifandraisana tsara amin'izy ireo. Rehefa miara-miasa amin'ireo mpitarika ireo ianao, dia tsarovy fa manana andraikitra hafa izy ireo ao amin'ny antsony. Ataovy izay hahatonga anao ho fitahiana fa tsy ho enta-

Fanamarihana

mavesatra ho an'ny mpitarika ao amin'ny tsatòka sy ny paroasy misy anao. Ny fihetsikao dia tokony ho manao hoe: "Ahoana no ahafahanay manampy?" Mifandiniha amin'ny eveka sy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy momba ny drafitrao sy ny asa ataonao. Ataovy azo antoka fa hanohana ny drafitrin'ny misiônan'ny paroasy ny zavatra ataonao.

Voasoritra eto ambany ny anjara asan'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana eo antoerana momba ny asa fitoriana ny filazantsara. Hanampy anao hiara-hiasa tsaratsara kokoa amin'izy ireo ny fahatakaranao ny anjara asany.

### Ny Filohan'ny Tsatòka

Manara-maso ny eveka eo amin'ny andraikiny momba ny asa fitoriana, ny fihazonana ary ny fampahavitrihana ny olona, ny filohan'ny tsatòka. Mandritra ny dinidinika ataony amin'ny eveka isam-bolana, dia miresaka momba ny drafitra sy ny fivoaran'ny naman'ny Fiangonana sy ny mpikambana manokana izy. Ataony azo antoka fa ampianarina tsy tapaka amin'ny fivorian'ny tsatòka sy ny paroasy ny fotopampianarana momba ny asa fitoriana ny filazantsara ary hofanina momba ny andraikiny amin'ny asa fitoriana ny filazantsara ny mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny hafa.

Mivory tsy tapaka miaraka amin'ny filohan'ny misiôna ihany koa ny filohan'ny tsatòka mba hampirindrana ny ezaka amin'ny fitoriana, ao anatin'izany ny fanofanana ny mpitarika sy ny mpikambana, ny fampiasana sy ny fametrahana any amin'ny toerana hanendrena ireo misiônera amin'ny fotoana maharitra ary ny fanampiana amin'ny ezaka fampahavitrihana ny olona.

### Ny mpanolotsaina Avo

Manendry mpanolotsaina avo iray ny fiadidian'ny tsatòka mba hampivoatra ny asa fitoriana ny filazantsara, ny asa fihazonana ary ny asa fampahavitrihana ny olona ao amin'ny tsatòka. Manao tatitra tsy tapaka momba io asa io amin'ny fiadidian'ny tsatòka izy. Maka antoka ihany koa izy fa mandray fiofanana ara-dalàna momba ny andraikiny ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy, ao anatin'izany ny fanomanana ny drafitrin'ny misiônan'ny paroasy.

### Ny Eveka



Tompon'andraikitra amin'ny ezaka eo amin'ny asa fitoriana, fihazonana ary fampahavitrihana ny olona ao amin'ny paroasy ny eveka. Tena ilaina ny fandraisany anjara manokana sy ny fitarihany. Ho fanampiana amin'ny fanatanterahana io asa io, dia miantso mpihazona ny fisoronana Melkizedeka mendrika iray ny eveka mba ho mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy. Miantso misiôneran'ny paroasy maromaro koa izy mba hahafa-po ny zavatra ilain'ny paroasy.

Ampiasain'ny eveka ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy mba handrindrana ny ezaka amin'ny fitoriana, sy ny fihazonana ary ny fampahavitrihana ny olona. Omeny ny toromarika hamolavolana sy hanatanterahana ny drafitrin'ny misiônan'ny paroasy.

Fanamarihana

**Asa atao: Fandalinan'ny Mpiara-Mitory**

Manomàna fotoana hihaonana amin'ny eveka. Katsaho ny fitarihany amin'ny fomba tsara indrindra ahafahanao manompo ao amin'ny paroasy.

### Ny Mpitarika ao amin'ny Fisoronana sy ny Vondrona Mpikambana

Tokony hanara-maso tsy tapaka ny mombamomba ny mpikambana vaovao sy ny mpikambana malaindaina ny mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ao amin'ireo vondrona mpikambana ary manao drafitra momba ny fomba handraisana ho namana sy hanamafisana orina azy ireny. Tokony hiara-hiasa akaiky amin'ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy izy ireo handrindrana ny ezaka amin'ny fitoriana, sy ny fihazonana ary ny fampahavitrihana ny olona miaraka amin'ny misiôneran'ny paroasy sy ny misiônera amin'ny fotoana maharitra.

### Ny Mpitarika ny Misiôna ao amin'ny Paroasy

Eo ambany fitarihan'ny eveka, ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy dia:

- Manome ohatra amin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny hafa ka mandray ho namana ny naman'ny Fiangonana, ny olona vao niova fo ary ny mpikambana malaindaina.
- Mandrindra ny asan'ny misiôneran'ny paroasy sy ny misiônera amin'ny fotoana maharitra amin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana, sy ny mpitarika ao amin'ny vondrona mpikambana ary ny mpikambana.
- Mampiasa ny Firaketana ny Fandrosoana, ny Lisitry ny Asa atao ho an'ny Niova fo, ary ny Lisitry ny Asa sy ny Dinidiniky ny Episkopà mba hanarahanamaso ny fivoaran'ny naman'ny Fiangonana, ny olona vao niova fo ary ny mpikambana malaindaina mandritra ny fivorian'ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy.
- Mitarika fivoriana fandrindrana ny asa fitoriana isan-kerinandro.
- Mikarakara ny fotoam-batisa ho an'ny olona miova fo ao amin'ny paroasy miaraka amin'ny fiaraha-miasan'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra. Matetika dia ny mpikambana ao amin'ny episkopà na ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy no mitarika ireo fotoana ireo.

Miasa ao amin'ny komity mpanatanteraky ny fisoronan'ny paroasy, ny filankevitry ny paroasy ary ny komitin'ny fifanampian'ny paroasy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy ary manatrika ny fivorian'ny mpitarika ao amin'ny fisoronan'ny tsatòka.

### Ny Misiôneran'ny Paroasy

Antsoina ho misiôneran'ny paroasy ireo rahalahy sy anabavy mendrika. Ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy no manara-maso azy ireo.

Mitady, mandray ho namana ary mampianatra ireo naman'ny Fiangonana ny misiôneran'ny paroasy. Mampianatra sy mandray ho namana ireo vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina ihany koa izy.

Azo antsoina ho mpanampy ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy ny misiôneran'ny paroasy iray mihazona ny fisoronana Melkizedeka.

Fanamarihana

#### Fandrindrana ny Asa Fitoriana ny Filazantsara

Raha ny tokony ho izy, dia arindra ao anatin'ny fivorian'ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy, amin'ny alalan'ny fampiasana ny Firaketana ny Fandrosoana izay omen'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra. Ny tanjon'ny misiônera amin'ireo fivoriana ireo dia ny mitatitra, mandrafitra ary mandrindra ny asa mba hitadiavana, hampianarana, handraisana ho namana ary hampahavitrihana araka ny voasoritra eo amin'ny andalana manaraka.

*Mitady olona hampianarina.* Mandinika ny drafitra fanomanana ireo olona manokana ho ampianarin'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy. Mandinika ny fivoaran'ny mpikambana manokana ao amin'ny paroasy izy ireo amin'ny fanomanana ny olona tsirairay sy ireo fianakaviana amin'ny fandraisana ny lesona.

*Mampianatra sy manao batisa.* Ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy dia mijery ny Firaketana ny Fandrosoana isan-kerinandro, izay milazalaza ny fivoaran'ny olona tsirairay nampianarin'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra. Arindran'izy ireo ihany koa ny drafitra hampianarana any an-tokantranon'ny mpikambana, handraisana ho namana ireo naman'ny Fiangonana ary hahazoana antoka amin'ny fandraisana anjaran'ny mpikambana amin'ny fotoam-batisa.

*Mandray ho Namana sy Mampianatra Mpikambana Vaovao.* Ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy dia mijery ny Lisitry ny Asa atao ho an'ny Niova fo mba hanaraha-maso ny fivoaran'ny mpikambana vaovao tsirairay. Resahana ihany koa ny fomba handraisana ireo mpikambana vaovao ho namana. Araka ny fangatahan'ny eveka, dia manolotra antso mety ho an'ny olona vao niova fo izy ireo.

*Mandray ho Namana sy Mampianatra ireo Mpikambana Malaindaina.* Ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy dia mandrindra ny ezaka fampahavitrihana ny olona ataon'ireo kôlejin'ny fisoronana sy ny misiônera amin'ny fotoana maharitra. Arindrany koa ny fomba handraisana ireo mpikambana malaindaina ho namana, indrindra indrindra amin'ny fanasana azy ireo manokana amin'ny fivoriana sy fiaraha-mientan'ny Fiangonana.

#### Fandrindrana Fanampiny miaraka amin'ny Mpitarika ny Misiôna ao amin'ny Paroasy

Raha ny tokony ho izy, dia ao amin'ny fivorian'ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy no arindra ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy. Raha ilaina ny fandrindrana fanampiny, dia afaka manao fivoriana fandrindrana ny asa fitoriana ny filazantsara miaraka amin'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra ny mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy. Ireo olon-kafa hafa izay azo asaina hanatrika io fivoriana io dia ireo misiôneran'ny paroasy, mpanampy iray ao amin'ny fiadidiana ny vondron'ny mpisorona avo, mpanolotsaina iray avy amin'ny fiadidiana ny kôlejin'ny loholona ary mpanolotsaina iray avy amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana.

Afaka mamerina mandinika sy mitatitra momba ny asa nasaina natao sy ny tanjona tamin'ny fivoriana teo aloha ireo izay manatrika io fivoriana io, ary mandinika ny drafitra ho an'ny herinandro ho avy. Raha ilaina, dia azon'izy ireo atao koa ny mandrindra ireo asa asaina ataon'ny misiôneran'ny paroasy mba hiara-hiasa amin'ny misiônera amin'ny fotoana maharitra, ary ny mandinika ny fomba hampahomby kokoa ny fiombonan'ny ezaky ny misiôneran'ny paroasy sy ny misiônera amin'ny fotoana maharitra.

Fanamarihana

### Ny Drafitry ny Misiônan'ny Paroasy

Paroasy maro no nahatsapa fa mampivoatra ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy ny fanaovana ny drafitry ny misiônan'ny paroasy. Ny drafitra toy izany dia mety ahitana tanjona sy soso-kevitra ary fiaraha-mientana mba hanampiana ny mpikamban'ny paroasy hanasa olona hihaino ny filazantsara. Mahazo tombontsoa avy amin'ny fanaovana drafitra toy izany koa ny tsirairay sy ny fianakaviana mba hanoro azy ireo amin'ny ezaka fitoriana ataony.

Tokony hampiasa ny fomba tsara rehetra ny mpikambana mba ahitana olona izay vonona hihaino ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny. Tokony hamafisiny ny fitadiavana ray, reny ary ankizy izay hiditra ao am-piangonana amin'ny maha fianakaviana azy. Ireto manaraka ireto no soso-kevitra tsara hodinihina rehefa mamolavola drafitry ny misiôna.

- Mivavaha mba hanomanan'ny Tompo ny fon'ny olona mazava tsara hihaino ny filazantsara. Mivavaha koa mba hahalalana ireo izay nomaniny (jereo Alma 6:6). "Ho andro lehibe izany", hoy ny fampianaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley, "rehefa tsy mivavaka fotsiny ho an'ny misiônera eran-tany ny olontsika, fa mangataka amin'ny Tompo koa ny mba hanampiany azy ireo hanotrona ny misiônera izay miasa ao amin'ny paroasiny" ("Missionary Service," *First Worldwide Leadership Training Meeting,* Jan. 2003, 19).
- Fantaro ny fotoana tsara ahafahana manatona ny hafa. Mahaiza mandray olona ary hatony am-pitiavana ny olon-drehetra.
- Miangavia namana na mpiara-monina mba hiara-hiasa amin'ny mpikambana amin'ny zavatra toy ny fanomezan-tanana amin'ny fiaraha-monina, fanomezana sakafo izay sahirana, fampianarana kilasy kely amin'ny fivoriana fampivoarana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, fanampiana amin'ny fiaraha-mientan'ny paroasy, fanampiana ny olona izay mifindra monina, miasa ao amin'ny skoto ary manampy amin'ny tetiarana na amin'ny tetik'asa fanasoavana.
- Asao ireo havana sy namana ary mpiara-monina izay tsy mbola mpikambana hanatrika ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ary ny fanendrena ho amin'ny fisoronana an'ilay olona vao niova fo.
- Asao ny tsy mpikambana hanotrona amin'ny fotoana manokana, toy ny sakafo maraina amin'ny andro tsy fiasana iray eo amin'ny firenena.
- Manaova fivoriana, fiaraha-mientana, dinidinika amorom-patana ary varavarana misokatra ao amin'ny paroasy tsara rindra sy mahaliana mba hananan'ny mpikambana hetaheta hanasa ny olom-pantany hanatrika.
- Manasà olona amin'ny takarivan'ny mpianakavy.
- Mamangia olona izay niaina fiovana teo amin'ny fiainany, toy ny fanambadiana, fahaterahana na fahafatesana.
- Vangio ary ampio ny olona izay nifindra monina ho eo amin'ny manodidina. Mizarà vaovao mikasika ny fiaraha-monina, ny manodidina ary ny Fiangonana.
- Araraoty ny fotoana rehetra ahafahana miresaka momba ny filazantsara. Miresaha mikasika ny lohahevitra toy ny Mpamonjy, ny Bokin'i Môrmôna, ny Baiboly, ny tanjon'ny fiainana, ny fianakaviana ary ny tetiarana.

Fanamarihana

- Asao ny tanora hinamana amin'ny tanora hafa ary asao izy ireny amin'ny fivoriana sy hetsiky ny Fiangonana.
- Miaraha miasa amin'ny fianakaviana izay ny sasany ao aminy ihany no mpikambana.
- Manomàna fivoriana fanasan'ny Tompo izay mitondra hery ara-panahy.

**Asa atao: Fandalinan'ny Mpiara-Mitory**

- Vakio sy diniho miaraka amin'ny mpiara-mitory aminao ny pejy 34–37 ao amin'ny *True to the Faith,* "Church Administration."
- Zarao amin'ny mpiara-mitory aminao ary soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao izay nianaranao.
- Diniho ny fomba ahafahan'ny fijerinao hisy fiantraikany amin'ny fomba fiarahanao miasa amin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana.

## Ny Fanoloran-tena Hijanona ho Mafana Fo ao amin'ny Fiangonana

Lehibe dia lehibe ny vokatry ny asa fitoriana ny filazantsara rehefa manao sy mitandrina ny fanoloran-tenany hijanona ho mafana fo ao amin'ny Fiangonana amin'ny androm-piainany manontolo ny olona. Tsy ampy ho an'ny olona ny miditra tsotra fotsiny ao amin'ny Fiangonana. Tsy maintsy miditra izy mba hijanona. Tokony hifantoka amin io tanjona io ny fampianarana sy ny fanasana rehetra ataonao. Mba ahafahany mandray ny fitahiana rehetra izay natokan'ny Raintsika any an-danitra ho azy ireo, dia tsy maintsy manohy miaina ny filazantsara sy mafana fo ao am-piangonana ny mpikambana.

Hoy i Nefia nampianatra: "Ary ankehitriny ry rahalahiko malala, rehefa nihazo ny lalana ety sy tery ianareo, dia mba te hanontany anareo aho raha toa ka efa vita ny zava-drehetra. Indro lazaiko anareo, Tsia; . . . tsy maintsy mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy ianareo . . . ary maharitra hatramin'ny farany, dia indro, izao no lazain'ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo" (2 Nefia 31:19–20).

Ataovy ny ezaka tsara indrindra vitanao mba hanampiana ny olona ho tafita amin'ny fiainana mandrakizay, izay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan'Andriamanitra rehetra (jereo F&F 14:7).

**Tsarovy Ireto**

- Manorena fifandraisana mafy orina amin'ny eveka sy ny mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy.
- Mandraisa anjara amin'ny fomba ara-dalàna mandritra ny fivorian'ny komity mpanatanteraky ny fisoronana sy ny filankevitry ny paroasy.
- Mivonòna hanampy ny filankevitry ny paroasy. Rehefa mangataka ny fanampianao ny mpikambana ao amin'ny filankevitra dia:
  - Mivononà handray ho namana ireo olona niova fo sy ireo mpikambana malaindaina, hanampy azy ireo amin'ny antsony sy ny fotoana tsara ahafahany manompo ary hamerina hampianatra azy ireo ny lesona misiônera.
  - Ampianaro ny lesona "Lalàna sy Ôrdônansy" miaraka amin'ny mpikambana ireo olona vao niova fo.

Fanamarihana

## Hevitra ho amin'ny Fandalinana sy Fampiharana

### Fandalinana Manokana

- Manaova drafitra amin'ny alalan'ny fampiasana ny bokim-pandaharam-potoananao isan'andro mba hiresahana amin'ny olona vao niova fo sy ireo mpikambana vao nampahavitrihana, mikasika ny fanovan'izy ireo ny fiainany sy ny fanatrehany any am-piangonana. Inona no tena nanampy azy indrindra? Soraty ao anatin'ny diarim-pianaranao ny hevitrao momba ny zavatra niainany. Inona no azonao tsoahina ka hanampy anao amin'ny asanao amin'ny naman'ny Fiangonana iandraiketanao amin'izao fotoana izao?

- Alalino ny 2 Nefia 31:18–20; Alma 26:1–7 sy 32:32–43; ary Môrônia 6. Soraty izay lesona azonao tsoahina avy amin'ireo andininy ireo momba ny fanamafisana orina ireo olona vao niova fo.

### Fandalinan'ny Mpiara-Mitory

- Anontanio ny eveka, mandritra ny fivorian'ny filankevitry ny paroasy, raha misy mpikambana malaindaina izay tiany hovangianao amin'io herinandro io ao amin'ny faritra misy anao. Rehefa mamangy ireo mpikambana malaindaina ireo ianao, dia tadiavo izay anorenana ny finoany amin'i Jesoa Kristy. Mangataha anaran'olona azonao hampianarina avy aminy.

- Alalino ny Korintianina Voalohany 3:2; Hebreo 5:12; ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:22. Inona ilay ronono tiana lazaina eo? Inona ilay hena? Ampitahao amin'ny fotopampianarana ao amin'ny fizarana "Inona no Ianarako sy Ampianariko?" ireo valinteninao. Nahoana ianao no tsy maintsy manome ronono sy hena amin'ny fotoany avy sy amin'ny habetsahany sahaza? Ahoana no anaovanao izany?

- Vakio ity teny notsongaina manaraka ity, izay ahitana ny Filoha Joseph F. Smith milaza ny zavatra tsapany tamin'ny fotoanan'ny batisany:

  "Ny fahatsapana tonga tamiko dia ny fiadanana madio, ny fitiavana ary ny fahazavana. Tsapako tao amin'ny fanahiko fa raha nanota aho— ary azo antoka fa nanota aho—dia navela heloka tamin'izany fahotana izany aho; fa nodiovina marimarina tokoa tamin'ny ota aho; tohina ny foko, ary tsapako fa toa tsy hahavita hanao ratsy ny bibikely faran'izay bitika eo ambanin'ny faladiako aho. Tsapako ho toy ny naniry hanao soa n'aiza n'aiza amin'ny olon-drehetra sy amin'ny zava-drehetra aho. Nahatsapa fiainam-baovao aho, sy faniriam-baovao hanao izay tsara. Tsy nisy faniriana na ampahany kely akory aza hanao ratsy tafajanona tao amin'ny fanahiko. . . Izany no fahatsapana tonga tamiko, ary fantatro fa avy amin'Andriamanitra izany ary porofo velona tamiko, ary lasa porofo velona hatramin'izay, fa nanaiky ny Tompo aho" *Gospel Doctrine*, 5th ed. [1939], 96).

  Vakio indray izao ny voalazan'ny Filoha Smith momba ny fahatsapany fotoana maro taorian'ny batisany:

  "Ô! inay anie aho afaka nitahiry ilay fanahy sy ilay faniriana mivaivay tao am-poko tamin'ny fotoana rehetra teo amin'ny fiainako hatramin'ny [andron'ny batisako] ka hatramin'izao. Kanefa maro amintsika, izay nandray izany fijoroana ho vavolombelona izany, izany fahateraham-baovao izany, izany fiovam-po izany, rehefa avy diso fijery na nanao fahadisoana maro, ary matetika angamba tsy naharaka ny fenitra marina teo amin'ny fiainantsika, no nibebaka tamin'ny ratsy vita ary nikatsaka ombieny ombieny ny famelan-keloka teo ampelan-tanan'ny Tompo; koa hatramin'izao andro izao, dia mbola mibahan-toerana ao am-pontsika, ilay faniriana sy tanjona izay nameno ny fanahintsika fony isika natao batisa sy nandray ny famelana ny heloka vitantsika, ary mbola izany no fahatsapana sy fientanam-po manjaka amin'ny fanahintsika" (Gospel Doctrine, 96).

Fanamarihana

- – Inona no lesona notsoahinao manokana tamin'ny Filoha Smith momba ny fijoroana ho vavolombelona anananao sy ny fanoloran-tenanao hiaina ny filazantsara?
- – Inona no lesona notsoahinao momba ny zava-tsarotra izay atrehan'ireo olona vao niova fo, eny na dia ireo izay ho lasa mpaminany any aoriana aza, aorian'ny batisa?
- – Raha mieritreritra momba ireo vao niova fo sy ireo mpikambana malaindaina ianao, dia inona no azonao atao hanampiana azy ireo hanana indray ilay "faniriana sy tanjona" nananany fahiny?

## Fivorian'ny Distrika sy Fivoriam-paritra

- Asao ny eveka hiresaka momba ny olana rehefa miandraikitra ny olona vao niova fo sy ny mpikambana malaindaina. Iangavio izy hanindry manokana ny fomba ahafahan'ny misiônera manampy amin'ireo olana ireo.
- Diniho ny tantaran'ilay ondry very, sy ilay farantsa very ary ilay zanaka adala (jereo Lioka 15).

## Ny Filohan'ny Misiôna

- Miaraha miasa amin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana eo an-toerana mba hanentanana azy ireo hanampy ireo olona vao niova fo:
  - – Ho voatendry ao amin'ny fisoronana.
  - – Handray ireo mpampianatra isan-tokantrano.
  - – Hanomana ny anaran'ny razambeny iray hoentina any amin'ny tempoly ary ho atao batisa ho an'ny maty.
  - – Handray ny lesona "Lalàna sy Ôrdônansy" izay atrehan'ireo mpampianatra isan-tokantrano.
- Ampianaro ny mpitarika eo an-toerana ny fomba ampiasana ny misiônera ao amin'ny filankevitry ny paroasy.
- Ampianaro ny mpitarika eo an-toerana ny tanjona sy ny azo ampiasana ny Firaketana ny Fandrosoana.
- Iangavio tsindraindray ny misiônera hampiseho anao ny tahadikan'ny Firaketany ny Fandrosoana.
- Araho maso tsindraindray ny momba ny olona vao niova fo amin'ny hoe, manao ahoana izy ireo ary ahoana no fomba ahafahan'ny misiônera sy ny mpikambana manampy azy ireo.
- Asao ny mpitarika ao amin'ny tsatòka sy ny paroasy hiresaka amin'ny misiôneranao mba hanazavana ny fomba ahafahan'ny misiônera hitondra fanampiana tena lehibe.
- Asao ireo olona vao niova fo hiresaka amin'ny misiônera ary hitantara ny zavatra iainany amin'ny maha-mpikambana vaovao azy ao amin'ny Fiangonana.
- Asao tsindraindray ny mpikambana, izay vao niova fo, hizara ny zavatra niainany tamin'ny fiovam-pony mandritra ny fivoriam-paritra.

Fanamarihana

## A

Anarana azo tamin'olona, torolalana amin'ny fampiasana ny, 194
Andriamanitra, fampianarana ny tsy Kristianina momba ny, 36
Andriamanitra, fomba fiderana marina an', 91
Andriamanitra, Raintsika any an-danitra, 36, 56
Andriamanitra Ray, niseho tamin'i Joseph Smith, 43
Andro sabata, fitandremana ny, ho masina, 86
Anglisy, ilaina ianarana ny teny, 154
Anjara asan'ny misiônera amin'ny fiovam-po, 113
Ankizy tsy ampy taona, sy ny batisa, 248
Antso, ao amin'ny Fiangonana, 101
  *Jereo koa* Antso ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara,
Antso ho amin'ny asa fitoriana, sy andraikitra, 4
  hery sy fahefan'ny, 4–5
  hampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny, 207
Apôstazia, famaritana, 39
  Lehibe, 41–42
Asa fanaovana tetiarana, 101–02
Asa fanompoana, amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana, 103
  loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana, 200–01
Asa fitoriana, mpikambana tokony hanao, 98–100
Asa hampiandraiketana, hampianatra ny filazantsara naverina amin'ny laoniny, 1
Atrik'asa momba ny toetra, fanombanan-tena, 152

## B

Baiboly, manohana ny Bokin'i Môrmôna, 126
Ballard, M. Russell, momba ny tanjona, 174
  momba ny herin'ny Fanahy, 108
Batisa, fanasana ho amin'ny, 75
  ilaina mba hahatongavana ho mpikamban'ny Fiangonana, 74
  tsy ilaina ho an'ny zaza madinika, 74
  an'ny afo, 75
  an'ny olona atao batisa tsy nahafeno ny fepetra, 74
  fanekempihavanana voalohany ataontsika, 74–75
  fanomanana ho amin'ny, 243–44
  zavatra takiana amin'ny, 244
Batisa ho an'ny maty, 101
Batisa sy fandraisana ho mpikambana, 10
  fanontaniana sy valiny momba ny, 247–48
  firaketana, 248
Batisan'olona niova fo, famaritana, 247–48
Benson, Ezra Taft, mamaly ny fanontaniana
  momba ny Bokin'i Môrmôna, 127–28
  momba ny maha-vato ifaharana ny Bokin'i Môrmôna, 124
  momba ny fanontaniana lehibe izay ananan'ny olona, 127
  momba ny maha-zava-dehibe ny Fanahy, 211
  momba ny fitondrana ny filazantsara ho eo amin'izao tontolo izao, 2
  momba ny asa, 147
Bokim-pandaharam-potoan'ny misiônera isan'andro, fanazavana ny, 172–73
Bokim-paritra, fanoritsoritana ny, 167–69
  ampiasao hitadiavana naman'ny Fiangonana taloha, 199
Bokin'i Môrmôna, mamaly ireo fanontaniana
  izay ananan'ny olona, 127–28
  ho vato ifaharana, 124
  mamaky ny, mba hianarana ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiôna, 156
  manohana ny Baiboly, 126
  mijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy, 125
  mitarika ny olona ho any amin'Andriamanitra, 129
  porofon'ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy, 123
  porofon'ny Famerenana amin'ny laoniny, 7, 45–46, 123
  fomba famakiana ny, miaraka amin'ny naman'ny Fiangonana, 130–31
  fomba fampiasana, 130–31
  tanjon'ny, 44
Bouddha (Gotama), 54

## C

Cabrera, Victor Manuel, tantaran'ny fiovam-pon'i, 187–88
Calvin, John, 53
Confucius, 54

## D

Diarim-pianarana, fanazavana ny, x
Didy, 84–97
  fomba handalinana ireo, 85
  fomba ampianarana momba ny, 84–85
Didy Folo, fankatoavana ny, 90
Dinidinika amin'ny batisa, fomba fanaovana ny, 246–48
  manomana ny naman'ny Fiangonana ho amin'ny, 244
  fanontaniana amin'ny, 247
  iza no manao ny, 247
Drafitry ny famonjena, 57–64
  kisary, 63
Drafitry ny misiônan'ny paroasy, 262

## E

Eveka, 177–78
  sy ny asa fitoriana ny filazantsara, 193
  mitantana ny ezaka amin'ny asa fitoriana ny filazantsara ao amin'ny paroasy, 256
  adidin'ny, amin'ny asa fitoriana, 261

## F

Fahadiovam-pitondrantena, lalàn'ny, 91
Fahadisoam-panantenana, 11–12
Fahafahana misafidy, 57, 5, 10
Fahafatesana ara-panahy, 68
Fahafatesan'ny fanahy, famaritana, 66
Fahafatesan'ny vatana, famaritana, 68
Fahafolonkarena sy fanomezana, fanomezana, 94
Fahafolonkarena, lalàn'ny, 93–94
Fahaizana manovanova, ny fomba fandalinana, vii
  ny fomba fampianarana, vii
Fahalalana, 239
Fahalavoan'i Adama sy i Eva, 58
  famaritana, 67
Faharetana, 145
Fahariana, ny tany, 58
Fahasoavana, famaritana, 82
Fahazavan'i Kristy, 106–07
Fahazotoana, 147
Fahefana, an'ny misiônera, 4

Fahombiazana, famaritana, 11–12
Fahombiazan'ny asa fitoriana, 11–12
Fahotana, ny fomba fandraisana ny, amin'ny kolontsaina samihafa, 71
Famangiana isan-tokantrano, 257
Famaritana, ny teny tsy mahazatra, 24
Famerenana amin'ny laoniny ny, 43–45, 98
Famerenana amin'ny laoniny, hafatry ny,
  nohazavaina, 7–9
  ny filazantsara, 43–44
Fametrahana tanjona, 163
Famindram-po, famaritana, 82
Famonjena, natao ho an'ny rehetra, 102
  famaritana, 68–69
  drafitry ny, 55–62
Fampianarana, amboarina hifanaraka amin'ny
  ilaina, 212–13
  sy ny fitadiavana olona, 189–90
  sy ny fihainoana, 221–22
  sy ny fitadidiana, vii
  amin'ny alalan'ny Fanahy, 4
  torohevitry ny Fiadididana Voalohany
    mikasika ny, 210–11
  fomba anombohana, 211–12
  ao amin'ny antso ao am-piangonana, 103
  halavan'ny fotoana, 213
  halavan'ny lesona, vii
  olona tsy manana fahalalana Kristianina, 226–27
  ny filazantsara amin'ny maha-misiônera, 209
  miaraka amin'ny mpiara-mitory, 213–14
  miaraka amin'ny mpikambana, 214
  miaraka amin'ny fanontaniana, 219–20
  miaraka amin'ny soratra masina, 215–17
Fampiasam-potoana, mahomby, 142
  fampiasana ny, amin'ny fampianarana, 219–20
  fampiasana ny, rehefa mampianatra, 221
Fampitam-baovao, anaran'olona azo avy
  amin'ny, 197
Fampitandremana, amin'ny fandraisana
  fanambarana, 112–13
Fampodiana amin'ny laoniny, famaritana, 84
Fanafiana masina, 102
Fanahin'i Elia, 194–97
Fanahy Masina, fanomezana ny, 108
  fianarana amin'ny alalan'ny, 21
  ny toetoetran'ny, 107
  herin'ny, 107
Fanahy Masin'ny Fampanantenana, 108
Fanahy, herin'ny, amin'ny fiovam-po, 107–8
  bitsiky ny, 112–13
  tokony hitarika ny fampianarana, 210
  mampianatra amin'ny alalan'ny, 3–4
Fanalan-jaza, sy fahamendrehana ho an'ny
  batisa, 243–51
Fanambadiana mandrakizay, famaritana, 100–01
Fanambaran'ny mpamimany momba ny asa
  fitoriana, 13–14
Fanambarana manokana, 105–06
Fanantenana, 142
Fanaraha-maso, sy fanoloran-tena, 237
Fanarahana ny mpaminany, 86
Fanasan'ny Tompo, 75
Fanavaozana, 42
Fanavotana, famaritana, 68
Fandaharam-potoanan'ny misiônera
  isan'andro, viii
Fandaharam-potoana. *Jereo* Fandaharam-
  potoanan'ny misiônera isan'andro,
Fandalinan'ny mpiara-mitory, tanjona, ix
  fandaharam-potoana, viii
Fandalinana manokana, tanjona, viii–ix
  fandaharam-potoana, viii
Fandalinana, boky nankatoavina ho an'ny, 29–30
Fandalinana soratra masina, didy, 75, 78
Fandraisana ho mpikambana, 76
  famaritana, 48
  fomba hanatanterahana ny, 253
  fanomanana amin'ny, 243–44
  *Jereo koa* Batisa sy Fandraisana ho mpikambana
Fandraisana ho namana, ny mpikambana
  vaovao, 253
Fandrindrana ny asa fitoriana, 262
Fanekempihavanana, famaritana, 74
  Fanazavana ny, 72
Fanetrentena, 146
Fanjakam-boninahitra, 62
Fanjakana selestialy, 62
Fanjakana telestialy, 62
Fanjakana terestrialy, 62
Fankatoavana, 147
  ny didy, 76
Fanoherana, fomba hamaliana ny, amin'ny
  Bokin'i Môrmôna, 130
Fanoloran-tena, fanasana hanao, 233–34
Fanoloran-tena, sy fitahiana, 235–36
  sy fanontaniana mivantana, 235
  sy fanaraha-maso, 239
  mampitombo ny finoana, 239
  ampahany ilaina amin'ny fibebahana, 238
Fanoloran-tena, tanjon'ny, 9
  fanomanana amin'ny, 243–44
Fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, 108
Fanomezam-pahasoavana amin'ny fiteny tsy
  fantatra, 159
Fanomezana ny Fanahy Masina, 76, 107
Fanontaniana ananan'ny olona, sy ny Bokin'i
  Môrmôna, 128–29
Fanontaniana, sy fanoloran-tena, 235
  fomba hamaliana ny, amin'ny Bokin'i
    Môrmôna, 130
  fampiasana ny, amin'ny fampianarana, 219–20
Fanorenana ny Fiangonana, 11
Faritra ahitana ny zavatra tsara ho fantatra, ao
  amin'ny *"Torio ny Filazantsarako,"*
Faust, James E., momba ny fanantenana, 140
  momba ny fampianarana amin'ny fomba
    mazava, 217–18
Fiadidiana Voalohany, momba ny asa fitoriana ny
  filazantsara, 36–37
Fiainana eto ambonin'ny tany, 58
Fiainana mandrakizay, famaritana, 83
Fiainana talohan'ny nahaterahana, 56
  famaritana, 68
Fiainana talohan'ny nahaterahana, famaritana, 69
Fialana amin'ny fahazaran-dratsy, 223–27
"Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo
  izao, Ny", 3, 100–01
  amin'ny alalan'ny Fanahy, 3–4, 184
  ampahany ilaina amin'ny fibebahana, 233
  an'i Jesoa Kristy, 72, 139–40
  Anjara asan'ny Fanahy amin'ny, 107
  ao amin'ny antso ao am-piangonana, 104
  bitsiky ny, 110–11
  drafi-pianarana, 155
  drafitry ny, 55–62
Fianakaviana : Fanambarana ho an'izao tontolo
  izao, Ny, 3, 83

Fianakaviana, tahian'ny filazantsara, 37
mitahy ny, ny filazantsara naverina amin'ny laoniny, 3
mampianatra ny maha-zava-dehibe ny, 190–91
Fianakaviana, tanjon'ny, 100
Fianakavian'Andriamanitra, 36–37, 153
Fiainana an-tany, 59
famaritana, 69
tanjon'ny, 36–37, 182
Fianarana, fomba iray handraisana fanambarana, 20
amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana, 102
amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, 20
Fianarana ny fiteny, sy fitsipi-pitenenana, 157
sy fitadidiana, 155–56
tanjona amin'ny, 155
fitsipiky ny, 155
drafi-pianarana, 155–56
fitaovana ho an'ny, 156
miaraka amin'ny mpiara-mitory, 158–59
Fiangonana, 256
ho fanomanana hampianatra, 20–23
Fiantrana, 146
Fiarahan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy, sy ny famendrehana ho amin'ny batisa, 247–48
Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany, 44
Fibebahana, 72–73, 123–27
sy fanoloran-tena, 234
Fifadiankanina, lalàn'ny, 95
Fifampiresahana, hevitra amin'ny, miaraka amin'ny hafa, 185
fitaovana fitadiavana, 183–86
Fihainoana, hanatsarana ny fahaiza-miteny, 156
fampiasana ny, rehefa mampianatra, 221–22
Fijoroana ho vavolombelona, mijoro matetika, 237–38
Fikambanana Ifanampiana, 99
Filankevitry ny paroasy, 177–79, 258–60
sy ny finamanana amin'ireo vao niova fo, 259
sy ny fanampiana ny vao niova fo hanatanteraka antso, 260
sy famahanana ireo vao niova fo, 260–61
tompon'andraikitra amin'ny fandraisana ho namana, 256
Filazantsara, 71–77
mitahy ny fianakaviana ny, 3, 38
famaritana, 5–6, 74
mamaly izay ilain'ny olona ny, 1–2
tanjon'ny, 7
Filazantsaran'i Jesoa Kristy. *Jereo* Filazantsara
Filohan'ny Fiangonana, momba ny asa fitoriana, 13–15
Filohan'ny misiôna, adidin'ny, 260
Filohan'ny tsatòka, adidin'ny, 260
Finoana, sy fitadiavana olona hampianarina, 185
sy vavaka, 107–9
an'i Jesoa Kristy, 72, 139–40
Fiovam-po, anjara asan'ny misiônera amin'ny, 107
Anjara asan'ny Fanahy amin'ny, 107
Firaketana ny Fampianarana, fanazavana ny taratasy, 168–69
Firaketana ny fandrosoana, fanazavana ny taratasy, 169
Firaketana, ho an'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, 249
Fisandratana, 63
famaritana, 69
Fisoronana Aharôna, naverina amin'ny laoniny, 44
Fisoronana Melkizedeka, naverina amin'ny laoniny, 44
Fisoronana sy vondrona mpikambana, 98–99
Fisoronana, Aharôna, 98
famaritana, 38
Melkizedeka, 98
famerenana amin'ny laoniny ny, 44, 98
Fisoronana, very, 42
naverina amin'ny laoniny, 43
Fitadiavana naman'ny Fiangonana, soso-kevitra momba ny, 199
Fitadiavana olona hampianarina, 185
Fitadiavana, sy fampianarana, vii, 189–90
amin'ny alalan'ny Fanahy, 186
miaraka amin'ny mpikambana, 192–94
Fitahiana, sy ny fanoloran-tena, 236–37
fitaovana fitadiavana, 186–88
fitaovana ho an'ny, 156
Fiteny ampiasaina ao amin'ny misiôna, sy fitenim-pirenena, 153
fiomanana hianatra, 153
mitaky fahafoizan-tena, 154
Fiteny tsy fantatra, fanomezam-pahasoavana hiteny, 160
Fitiavana, 143
Fitsanganana amin'ny maty, 62
famaritana, 60, 69
Fitsarana, famaritana, 69
ny, farany, 62
Fiverenana ho vatana sy nofo, sy fitsanganana amin'ny maty, 62
Fivoriam-paritra, sy fandalinana, viii
Fivorian'ny distrika, sy fandalinana, viii
tanjona, ix
Foiben'ny Fiangonana, anaran'olona azo avy tamin'ny, 195
Foiben'ny Tetiarana, loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana, 196
Fomba amam-panao, ilaina ianarana, 159
fomba anombohana, 211–12
fomba hamaliana ny, amin'ny Bokin'i Môrmôna, 134
fomba hanatanterahana ny, 251
Fotoam-batisa, fomba hitarihana ny, 249–50
Fotoam-pandrindrana isan-kerinandro, fomba hanaovana ny, 174–77
Fotoam-pandrindrana ny fandaharam-potoanan'ny misiônera isan'andro, 177
Fotoam-pitantanana, 37–39
Fotoam-pitantanana, famaritana, 38
halavan'ny fotoana, 214
halavan'ny lesona, vii
herin'ny, 104

## H

Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, v
Hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny, 34
sy ny fianakaviana, 190–91
fanazavana ny, 6–8
Hevitra ho an'ny fandalinana sy fampiharana, fomba ampiasana, xi
Hatsaran-toetra, 141
Hazon'aina, Asa atao, 2
Heloka be vava, sy fahamendrehana amin'ny batisa, 247–48
Hinckley, Gordon B., misiônera tokony hamatotra ny olona niova fo amin'ny momba ny fihazonana ny olona niova fo, 257

momba ny finoana sy ny vavaka, 107–08
momba ny mpikambana manampy ny misiônera, 191–92
momba ny fomba fivavaky ny misiônera, 107–08
momba izay ilain'ny olona vao niova fo, 258–59
momba ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna amim-bavaka, 128
momba ny famantarana ny Fanahy, 111
momba ny asa fanompoana, 200
Holland, Jeffrey R., momba ny fianarana ny fiteny, 154
momba ny fihainoana, 221
momba ny fampianarana amin-kery, 9
Hunter, Howard W., momba ny famantarana ny Fanahy, 113

**I**

Ireo olona mety ho tonga naman'ny Fiangonana, fanazavana ny taratasy, 171
Ireo rahalahy azo tendrena ho loholona amin'ny ho avy, loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana ireo, 200

**J**

Jesoa Kristy, niseho tamin'i Joseph Smith, 43
ho Mpanavotra, 60–61, 70–71
Sorompanavotan'i. *Jereo* Sorompanavotana
asa fanompoan'i, teto an-tany, 40
fanampiana olona hianatra momba an'i, 55–56

**K**

Kilonga, fikambanana, 99
Kimball, Spencer W., momba ny asa fitoriana sy ny asan'ny tempoly, 191
momba ny fanokanana, 4
Kristy, Fahazavan'i, *Jereo* Fahazavan'i Kristy
Kristy. *Jereo* Jesoa Kristy

**L**

Lalàm-pirenena, ankatoavy sy hajao ny, 96
Lalàna, mankato sy manaja ny, 96
Lalàna sy ôrdônansy, aorian'ny batisa, 97–104
fomba handalinana ireo, 97
fomba hampianarana momba ny, 97
Lee, Harold B., momba ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana, 3
momba ny fianarana ho amin'ny fifankahazoana, 230
Lesona, ho an'ny mpikambana vaovao, 33
hampianarana ny naman'ny Fiangonana, 33
ampiasaina amin'ny fandalinana sy fiofanana, 33
Luther, Martin, 53

**M**

Maha-tompon'andraikitra, 178–79
Manao ny soa, 199–201)
Maharitra hatramin'ny farany, 77
famaritana, 82–83
Manorina ny Fiangonana, 181
Marika, fanaovana, amin'ny soratra masina, 26
Mari-pamantarana ny fandrosoan'ny asa misiônera, famaritana, 164–65
ho amin'ny fiovam-po, 164–65
fametrahana tanjona mikasika ny, 174
Maxwell, Neal A., momba ny fanantenana, 142
Misiôneran'ny paroasy, adidin'ny, 262
fomba ampiasana ny *"Torio ny Filazantsarako"*, xi
Mohammed, 54
Monson, Thomas S., momba ny fijoroana ho vavolombelona, 237
momba ny fitenin'ny Fanahy, 159
momba ny fandrefesana ny fahaizana, 176
momba ny faharetana, 145
momba ny fampianarana miaraka amin'ny mpikambana, 215
Mpaminany, fanazavana, 40
anjara asan'ny, 38–39
Mpampianatra isan-tokantrano, 257
Mpiara-mitory, fiaraha-midiniky ny, momba ny fiaraha-miasa, 178
Mpikambana, matahotra hanao asa fitoriana, 200
manampy hitady naman'ny Fiangonana, 199–200
fomba hanampiana ny, amin'ny asa fitoriana, 199
Mpikambana malaindaina, loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana, 200
fanamafisana orina, 256
Mpikamban'ny Filankevitra Avo ao amin'ny tsatòka, adidin'ny, 261
Mpikambana vaovao, loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana, 194
ny misiônera dia tokony handray ho namana ireo, 250
mandray lesona, 33
fanamafisana orina ny, 255–56
tokony handray lesona indray, 250
Mpikambana voaroaka, hatao batisa sa tsia, 247
Mpitarika ao amin'ny tsatòka, sy ny asa fitoriana, 256
adidin'ny, 260
Mpitarika ao amin'ny fisoronana, adidin'ny, 260
Mpitarika ao amin'ny vondrona mpikambana, adidin'ny, 260–61
Mpitarika ao amin'ny paroasy, sy ny asa fitoriana, 255
adidin'ny, 260
Mpitarika ny misiôna ao amin'ny paroasy, adidin'ny, 261–62
Mpitondra fanavaozana, 53

**N**

Naman'ny Fiangonana, ny misiônera dia tokony hanomana ny, ho amin'ny dinidinika amin'ny batisa, 244
mametraka tanjona ho an'ny, 185–88
hamaky ny Bokin'i Môrmôna, 130
Naman'ny Fiangonana taloha, loharano fitadiavana olona hampianarina, 198

**O**

Olana, mila vahàna ny, ananan'ny naman'ny Fiangonana, 223
Oaks, Dallin H., momba ny fanasana ny hafa hanatona an'i Kristy, 10
Ôrdônansy, famaritana, 70

**P**

Pablo, tantara-na fiovam-po tamin'ny alalan'ny asa fanompoana, 200–01
Packer, Boyd K., momba ny batisan'ny rano sy ny afo, 10

momba ny fanerena ny zava-panahy, 124
momba ny famantarana ny Fanahy, 111, 113
momba ny Fanahy eo amin'ny fiovam-po, 107
momba ny traikefa ara-panahy, 113
momba ny fahafahan'ny fandalinana hanova ny fihetsika, 23
momba ny hery mahavoky ny Bokin'i Môrmôna, 112
momba ny fahazavan'i Kristy, 104
Perry, L. Tom, momba ny fankatoavana, 148
Piramidan'ny fampitàna tatitra, 168

## R

Ray, adidin'ny, 100–01
Ray any an-danitra, 36–37, 56
Reny, adidin'ny, 100–01

## S

Sahan'i Edena, 57
Sampy, 91
Schultz, Frank sy Mildred, tantara-na fiovam-po, 196–97
Smith, Hyrum, momba ny fampianarana ireo fitsipika voalohany, 6
Smith, Joseph, sy ny Fahitana Voalohany, 44
sy ny Famerenana amin'ny laoniny, 43–44
momba ny batisan'ny rano sy ny Fanahy Masina, 10
momba ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharana, 126
momba ny fitoriana ny filazantsara, 192
momba ny fianteherana amin'ny Fanahy, 111–12
momba ny fampianarana izay rehetra azo ampianarina, 184
momba ny fanomezana ny Fanahy Masina, 105
momba ny filàna fanambarana, 93
Smith, Joseph F., momba ny zavatra tsapany rehefa natao batisa izy, 266
Snider, tantaran'ny fianakaviana, 135
Soratra masina, manisy marika ny, 28
fampiasana ny, amin'ny fampianarana, 216–18
Sorompanavotana, 36–38, 70–71
famaritana, 68
Voadio amin'ny fahotana, 2, 5–6, 70–71

## T

Tanjon'ny misiônera, hisolotena an'i Jesoa Kristy, 2
Tatitra isan-kerinandro mikasika ny asa fitoriana, fanazavana ny taratasy fanaovana ny, 173
Tanjona, amin'ny maha-misiônera, 1
Tatitra momba ny asa amin'ny alalan'ny Antso an-tariby, taratasy natokana ho fanaovana ny, 171
Tetiarana, loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana, 195–97
Takarivan'ny mpianakavy, 100–01
Tetiarana, loharano fitadiavana naman'ny Fiangonana, 195–97
Tanjona, sy fotoam-pandrindrana isan-kerinandro, 175-78
fomba fametrahana, 174
Taylor, John, momba ny fampianarana amin'ny fomba tsotra, 218
Toetra, ahoana no handalinana ny, 140
an'i Kristy, 139
Toetra tahaka ny an'i Kristy, fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra, 139
fomba ampivoarana ny, 148–49
Tempoly, fiderana ao amin'ny, 101–02
Tenin'ny Fahendrena, 92
Tontolon'ny fanahy, 71
*"Torio ny Filazantsarako"*, ampiasain'ny misiônera sy mpitarika ao amin'ny paroasy, xi
fomba ampiasana ny, vii
*True to the Faith,* 26
Tsy avy amin'ny Finoana Kristianina, fampianarana filazantsara ny olona, 227–28
Tsy fahafatesana, famaritana, 68
fanazavana, 62
Tyndale, William, 53

## V

Vaingandranomandry, mitovy amin'ny, ny olana, 224
Vavaka, didy, 87
sy finoana, eo amin'ny fiovam-po, 107–9
mari-drefy fanombanana, 109
fomba anolorana, 46
fitaovana hianarana ny fahamarinana, 46
anjara asan'ny, 46
soso-kevitra ho an'ny, 108–9

## W

Wirthlin, Joseph B., momba ny fampiasana ny Bokin'i Môrmôna, 132
Wycliffe, John, 53

## Y

Young, Brigham, momba ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona, 238

## Z

Zatovolahy, fikambanan'ny, 99

## *Tadidio Ireto ...*

- Ny tanjonao dia ny hitondra fanahy ao amin'i Kristy.
- Omano ny olona hahafeno ireo fepetra ilaina ho an'ny batisa ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 sy ao amin'ny fanontaniana amin'ny dinidinika amin'ny batisa.

---

- Mivavaha matetika ho anao sy ho an'ny hafa.
- Miankina amin'ny Fanahy amin'ny fanoroana anao izay haleha, sy izay hatao ary izay hotenenina.
- Mba mpankatò tanteraka.
- Ianaro isan'andro ny fiteny ampiasaina ao amin'ny misiônanao.

---

- Manaova drafitra isan'andro ary mifantoha amin'ireo mari-pamantarana.
- Miasà am-pahombiazana mandritra ny andro manontolo, isan'andro.

---

- Mangataha amin'ny ***olon-drehetra*** anaran'olona mba hampianarina.
- Mampianara rehefa mahita ianao; ary mitadiava rehefa mampianatra.

---

- Miaraha mamaky ny Bokin'i Môrmôna amin'ireo izay ampianarinao.
- Ampianaro ny olona fa ny fomba tena tsara ahafantarana fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith dia amin'ny alalan'ny famakiana sy fivavahana momba ny Bokin'i Môrmôna.
- Mifandraisa amin'ny naman'ny fiangonana isan'andro.
- Mijoroa ho vavolombelona matetika.
- Manàna mpikambana iray isaky ny lesona raha azo atao.
- Mametraha daty sy fotoana mazava ho an'ny lesona manaraka.
- Asao amin'ny fotoam-batisa ny naman'ny fiangonana rehetra.
- Aorian'ny lesona tsirairay, dia omeo zavatra vakiana sy ho saintsaininy ny naman'ny fiangonana ho fanomanana ny fihaonana manaraka.

---

- Manorena fifandraisana amin'ny mpikambana amin'ny alalan'ny fanompoana azy ireo sy amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny mpitarika ao amin'ny paroasy.
- Ampio ny mpitarika ao amin'ny paroasy amin'ny asa atao ho fihazonana sy fampahavitrihana ny olona.

---

- Ampio ny olon-drehetra izay ampianarinao hanao fanoloran-tena izay hitondra azy ireo amin'ny fibebahana ary hampatanjaka ny finoan'izy ireo an'ny Mpamonjy.
- Tiavo ny Tompo ary manompoa azy araka izay vitanao.

NY FIANGONAN' I

JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY

ANDRO FARANY

MALAGASY

4 02366 17654 0

36617 654